**BOKY TOROLALANA**

# FIANGONAN'NY NAZAREANA
# 2005-2009

# BOKY TOROLALANA

FIANGONAN'NY NAZAREANA
2005-2009

TANTARA

LALAM-PANORENANA

FITONDRANA

FOMBA AMAM-PANAO

TRANO FAMOAHAM-BOKY NAZAREANA
Kansas City, Missouri

Zon'ny mpandika 2005
Trano Famoaham-boky Nazareana

Natonta teo ambany fahefan’ny Fivoriambe Fahenina
amby roapolo natao tany Indianapolis, Indiana, Etazonia
Jiona 26-30, 2005

Komitin’ny Fanontana amin'ny teny Anglisy

DEAN G. BLEVINS
CURTIS LEWIS JR
FRANK M. MOORE
JACK STONE

Komitin'ny Fanontana amin'ny teny Malagasy

DELYNA HERREN
DAVID T. JOHNSON
RENE RAKOTOMANGA
LOVATIANA N. RAMIANDRISOA
G. PATRICE RATOVOARILALA
THERESE RAVELOMANANTSOA
RICHARD RAVELOMANANTSOA
ALICE RAVONINAHITRINIARIVO
FELANIAINA RAZAFIMANANTSOA

ISBN 083-412-2529 (Fonony Mafy) (Cloth)
ISBN 083-412-2537 (Fonony Malemy) (Kivar)
ISBN 083-412-2545 (Fonony Hoditra) (Leather Cover)

*Natontan'ny Biraon'ny Literatiora Madagasikara*

Ny andinin-tsoratra Masina rehetra dia nalaina avy amin’ny “Ny Baiboly”, navoakan'ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy, 1965.

LALAM-PANORENAN'NY FIANGONANA
SY FITSIPIKA MANOKANA
(Laharana 1-99)

FITONDRANA EO AN-TOERANA
(Laharana 100)

FITONDRANA ISAKY NY DISTRIKA
(Laharana 200)

FITONDRANA FOIBE
(Laharana 300)

FIANARANA AMBONY
(Laharana 380)

ASA FANOMPOANA KRISTIANA
(Laharana 400)

FITANTANANA ARA-PITSARANA
(Laharana 500)

FOMBA FANAO
(Laharana 800)

LALAM-PANORENANA FANAMPINY
(Laharana 800)

TARATASY
(Laharana 800)

FANAMPINY
(Laharana 900)

# TENY MIALOHA

"Ny iraky ny Fiangonan'ny Nazareana dia mamaly ny Iraka Lehibe an'i Kristy manao hoe: 'Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra'" (Matio 28:19). "Hampandroso ny Fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiarovana sy fanapariahana ny fahamasinana Kristiana araka izay hita ao amin'ny Soratra Masina no tanjona voalohan'ny Fiangonan'ny Nazareana."

"Ny tanjona izay iriana fatratra ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ny fiombonana masin'ny Kristiana, ny fiovam-pon'ny mpanota, ny fahamasinana tanteraky ny mpino, ny fitomboany amin'ny fahamasinana ary ny fahatsoram-piainana sy hery ara-panahy nisy tamin'ny Fiangonana Voalohany tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, miaraka amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra." (25)

Hanompo amin'ny maha-fitaovana fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra azy amin'ny alalan'ny fitoriana filazantsara sy fampianarana manerana izao tontolo izao no antom-pisian'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ny iraka ataontsika izay voafaritra mazava tsara dia ny hitazona sy hanaparitaka ny fahamasinana Kristiana araka ny voalazan'ny Soratra Masina, amin'ny alalan'ny fiovam-pon'ny mpanota, famerenana ireo niverin-dàlana, ary ny fanamasinana manontolo ny mpino.

Ny tanjontsika dia tanjona ara-panahy, izany hoe, ny hitory ny filazantsara ho fanatanterahana ny Iraka Lehibe izay nomen'ny Tompontsika hoe "mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Matio 28:19, jereo koa Jaona 20:21; Marka 16:15). Mino isika fa izany tanjona izany dia azo tanterahina tsara amin'ny alalan'ny fitsipika sy fomba fiasa ifanarahana, ahitana ny foto-pampianarana amin'ny finoana sy ny haavo amin'ny fahamendreham-pitondrantena ary fomba fiainana voasedra araka ny vanim-potoana.

Ity edisiona 2005-2009 amin'ny *Boky Torolàlana* ity dia ahitana ny filazalazana fohy ara-tantara momba ny fiangonana; ny Lalàm-panorenan'ny fiangonana, izay mamaritra *ny Teny Finoana*, ny ahafantarantsika ny momba ny fiangonana, ny Fanekena momba ny Toetra Kristiana ho amin'ny fiainam-pahamasinana, ary ny Fitsipika fototra amin'ny fandaminana sy fitondrana; ny Fitsipi-pitondran-tena Kristiana, izay milaza ireo andinindininy manome ny vaha-olana eo amin'ny fiaraha-monina; ary ny fitsipiky ny fitondram-piangonana eo amin'ny sehatry ny fiangonana eo an-toerana, ny distrika, ary ny fandrindrana ny fiangonana foibe.

Ny Fivoriambe no fahefana ambony indrindra amin'ny famolavolana ny foto-pampianarana sy ny fanovana lalàna eo amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ity *Boky Torolàlana* ity dia ahitana ireo fanapahan-kevitra sy fitsarana ny asa fanompoana nataon'ireo mpanompo sy laika tao amin'ny Fivoriambe Fahenina amby roapolo, izay natao tao Indianapolis, Indiana, Etazonia, ny 26-30 Jiona 2005, ary noho izany dia manam-pahefana ho toy ny torolàlana ho enti-miasa. Satria ity no fanambarana ofisialy ny amin'ny finoana sy ny fomba fanao amin'ny fiangonana sady mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Soratra Masina, dia manantena isika fa ireo olona ao amintsika any amin'ny toerana rehetra dia hanaiky ny foto-pampianarana sy ny torolàlana ary ny fanampiana ho amin'ny fiainana feno fahamasinana ao anatin'izy ity. Ny tsy fahavitana izany, taorian'ny fanaovana voady ny amin'ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, dia manimba ny fijoroana vavolombelon'ny fiangonana, sy mandika ny feon'ny fieritreretany, ary mampisaraka ny fiombonan'ny olona atao hoe Nazareana.

Manana ny mampiavaka azy ny fitondram-piangonan'ny Nazareana. Raha lazaina amin'ny teny tsotra dia hoe fitondrana amin'ny alalan'ny solontena izany–sady tsy tena episkôpaly no tsy tena kôngregasiônaly. Koa satria ny laika sy ny mpanompo dia manana fahefana mitovy

lenta eo amin'ny fandinihana sy fanaovana lalàna ao amin'ny fiangonana, hita ao ny fifandanjan-kery izay ilaina sady mahomby. Tsy amin'ny maha sehatra ahafahana mandray anjara sy manompo ao amin'ny fiangonana fotsiny ihany no ahitantsika azy ity fa koa amin'ny maha adidy tsy maintsy atao sahanin'ny laika sy ny mpanompo azy.

Zava-dehibe ny fanoloran-tena sy ny tanjona mazava tsara. Saingy ny olona izay kinga saina sy tsy nahazo fahalalana ka mifanaraka tsara amin'ireo fanao sy fomba fiasa ifaneken'ny rehetra no mampandroso haingana kokoa ny Fanjakan'Andriamanitra ary manatsara ny fijoroany vavolombelona ho an'i Kristy. Noho izany, dia anjaran'ny mpikambana ny mifankazatra sy mamantatra ity torolàlana ity – ny tantaran'ny fiangonana sy ny foto-pampianarana ary ny fomba fiainan'ny tena Nazareana. Ny fifikirana amin'ireo zavatra izay voasoratra dia mamelona ny fahatokiana an'Andriamanitra sy ny fiangonana ary hampitombo ny fahombiazana sy fandairan'ny ezaka ara-panahy ataontsika.

Miaraka amin'ny Baiboly izay torolàlana ambony indrindra ho antsika, hazavain'ny Fanahy Masina, sy ny *Boky Torolàlana* izay fanambarana ofisialy ny finoana ekentsika, fitsipiky ny fiangonana sy ny endrim-pitantanana no hiandrandrantsika amim-pifaliana sy amin'ny finoana marina sy tsy miovaova ao amin'i Jesosy Kristy ny efa-taona ho avy indray.

*Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe*

| | |
|---|---|
| JAMES H. DIEHL | JESSE C. MIDDENDORF |
| PAUL G. CUNNINGHAM | NINA G. GUNTER |
| JERRY D. PORTER | J.K. WARRICK |

**FIZAHAN-TAKILA**

Teny Mialoha 6

FIZARANA I

Filazana ara-tantara 12

FIZARANA II

LALAM-PANORENAN'NY FIANGONANA

Savaranonando 22
Ny Teny Finoana 22
Ny Fiangonana 28
Toko momba ny fandaminana sy fitondrana 30
Fanitsiana 32

FIZARANA III

NY FANEKENA AMIN'NY FITONDRAN-TENA KRISTIANA

A. Ny Fiainana Kristiana 34
B. Fanambadiana sy Fisaraham-panambadiana ary/na ny Fanafoanana ny Fanambadiana 36
C. Ny Fahamasinan'ny fiainan'olombelona 38
D. Ny Firaisana ara-nofon'ny olombelona 40
E. Fitantanana Kristiana 41
F. Ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana 42
G. Fitsipi-pandaminana 42
H. Fanitsiana ny Fanekena amin'ny Fitondran-tena Kristiana 42

FIZARANA IV

FITONDRANA

Savaranonando 44
I. NY FIANGONANA EO AN-TOERANA 44
A. Fandrindrana, Anarana, Fampitambarana, Fananana, Fetra tsy azo ihoarana, Fiombonana, Faharavana 44
B. Mpikambana 48
C. Komitin'ny Fitoriana Filazantsara sy Komitin'ny Fidirana ho Mpikambana Ao amin'ny Fiangonana 50
D. Fifindran'ny Mpikambana 50
E. Fampijanonana ny maha Mpikambana 50
F. Ny Fivoriam-piangonana 51
G. Ny Taonam-piangonana 53
H. Fiantsoana ny Mpitandrina 53
I. Ny fifandraisana eo amin'ny Mpitandrina sy ny Fiangonana 55
J. Fanavaozana indray ny fifandraisana amin'ny Fiangonana sy ny Mpitandrina 55
K. Ny Biraom-piangonana 57
L. Ireo mpitandrim-panahy 61
M. Ny Mpitandrim-pananana 62
N. Ny Birao ny Sekoly Alahady 62

O. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana/ Filan-kevitry ny TIN 66
P. Ny Akany fitaizana/Sekoly Nazareana (Vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa) 67
Q. Ny Iraka Iraisam-pirenana Nazareana eo an-toerana 68
R. Fandrarana ny Fitadiavana Fanampiana ara-bola 68
S. Fampiasana ny Anaran'ny Fiangonana 69
T. Fikambanana tohanan'ny Fiangonana 69
U. Ireo Mpiara-miasa ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana 69
II. NY FIHAONAN'NY DISTRIKA 71
A. Faritra sy Anarana 71
B. Ny Mpikambana sy ny Fotoam-pivoriana 73
C. Ny Andraikitry ny Fivorian'ny Distrika 74
D. Ny Fitanana an-tsoratra ny Fivorian'ny Distrika 78
E. Ny Mpitantana ny Distrika 78
F. Ny Mpitantsoratry ny Distrika 82
G. Mpitahiry volan'ny Distrika 83
H. Ny Biraon'ny Mpanolo-tsaina ny Distrika 83
I. Ny Birao mpanome taratasy Fanamarinana ho amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika 86
J. Ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika 87
K. Ny Birao misahana ny Fitoriana ny Filazantsara ao amin'ny Distrika na ny Talen'ny Fitoriana ny Filazantsara 89
L. Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika 89
M. Ny Komitin'ny Vola ao amin'ny Fivorian'ny Distrika 90
N. Ny Filoha Mpitaiza ara-panahy ao amin'ny Distrika (Aumonerie) 90
O. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika 90
P. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana ao amin'ny Distrika 92
Q. Ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana ao amin'ny Distrika 93
R. Ny Mpanampy karamain'ny Distrika 93
S. Ny Faharavan'ny Distrika 94
III. NY FIHAONAMBE 95
A. Asa sy Fandrindrana 95
B. Ny mpikambana ao amin'ny Fihaonambe 95
C. Ny Fotoana sy ny Toerana Ivoriana 96
D. Fotoam-pivoriana Manokana 96
E. Ny Komity Mpandamina ao amin'ny Fihaonambe 97
F. Ny Andraikitry ny Fihaonambe 97
G. Ny Mpitantana Foibe 98
H. Ny Mpitantana Foibe amim-boninahitra sy Misotro Ronono 99
I. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe 100
J. Ny Sekretera Jeneraly 102
K. Ny Mpitahiry vola Foibe 103
L. Ny Birao Foibe 103
M. Ny Birao Mifandray amin'ny Fiangonana Foibe 109
N. Ny Komitin'ny Asa Kristiana 110

O. Ny Komity Mpiahy ireo Evanjelistra voaantson'Andriamanitra 110
P. Ny Komity Mpanolotsainan'ny fampianarana Iraisam-pirenena 111
Q. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana Foibe 111
R. Ny Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe 112
S. Birao Nasionaly 112
T. Ny Faritra 113
IV. FAMPIANARANA AMBONY 116
A. Ny Fiangonana sy Kolejy/Oniversite 116
B. Ny Filan-kevitra Iraisam-pirenen'ny Fampianarana Ambony 117
C. Ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana 117
D. Ny Mpiandraikitra ny Fanabeazana 118

FIZARANA V

## NY ASA FANOMPOANA SY NY FANOMPOAM-PIVAVAHANA KRISTIANA

I. NY ANTSO SY NY TOETRA TAKIANA AMIN'NY MPANOMPO 120
II. SOKAJY SY ANJARA ASA AMIN'NY ASA FANOMPOANA 122
A. Ny Mpanompo Laika 122
B. Ny Asa fanompoan'ny mpitondra Fiangonana na Klerjy 122
C. Ny Mpitantan-draharaha 123
D. Ny Mpitaiza ara-panahy 123
E. Ny Dorkasy 124
F. Ny Mpanabe 124
G. Evanjelistra 124
H. Ny Mpanompo misahana ny Fanabeazana Kristiana 125
I. Ny Mpanompo misahana ny Mozika 125
J. Ny Misionera 126
K. Ny Mpitandrina 126
L. Ny Mpitory Filazantsara an-kira 129
M. Ny Asa Fanompoana Manokana 129
III. FANABEAZANA HO AN'NY MPANOMPON'ANDRIAMANITRA 130
A. Ho an'ny Mpanompo 130
B. Tari-dalana ankapobeny ho an'ny fanomanana ho amin'ny Asa Fanompoana Kristiana 133
IV. FITSIPIKA MOMBA NY TARATASY FANAMARINANA SY NY ASA FANOMPOANA 134
A. Ny asa fanompoana eo an-toerana 134
B. Ny Mpanompo nomena fahazoan-dalana 135
C. Ny Diakona 137
D. Ny Loholona 138
E. Ny Fanekena ho ara-dalàna ny fanomezan-dalana 139
F. Ny Mpanompo Misotro Ronono 140
G. Fifindran'ny Mpanompo 140
H. Fandaminana Ankapobeny 141
I. Ny fialana na fanesorana amin'ny Asa Fanompoana 145

J. Ny Famerenana indray ny mpikambana ao amin'ny Klerjy amin'ny maha-mpikambana azy amin'ny fiangonana sy amin'ny toerana tsara 146

FIZARANA VI
## FITANTANANA ARA-PITSARANA

I. FAMOTORANA MIKASIKA NY METY HO FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA SY NY FITSIPI-PIFEHEZAN'NY FIANGONANA 150
II. NY ATAO MANOLOANA NY METY HO FITONDRAN-TENA RATSY 150
III. FAMALIANA NY FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA ATAON'NY OLONA IRAY NAMETRAHAM-PITOKISANA NA MANAM-PAHEFANA 151
IV. FITSIPI-PIFEHEZANA TOHERIN'NY OLONA LAIKA IRAY 152
V. FITSIPI-PIFEHEZANA TOHERIN'NY MPITONDRA FIANGONANA IRAY 152
VI. FITSIPIKA NY AMIN'NY DINGANA ARAHINA 155
VII. FITSARANA AMBONIN'NY DISTRIKA 155
VIII. FITSARANA AMBONY FOIBE 155
IX. FITSARANA AMBONIM-PARITRA 156
X. ANTOKA NY AMIN'NY ZO 156

FIZARANA VII
## FOMBA FANAO AMIN'NY FOTOANA MANOKANA

I. NY SAKRAMENTAN'NY BATISA 159
A. Ny Batisan'ny Mpino 159
B. Ny Batisan-jaza na ankizy madinika 160
C. Ny Fanoloran-jaza na ankizy 161
D. Ny Fanoloran-jaza na ankizy (fomba arahina ho an'ny Ray na Reny na Mpiantoka tokana) 162
II. NY FANDRAISANA MPIKAMBANA AO AMIN'NY FIANGONANA 163
III. NY SAKRAMENTAN'NY FANASAN'NY TOMPO 166
IV. NY FANAMBADIANA 167
V. NY FOTOAM-PIVAVAHANA AMIN'NY FANDEVENANA 169
VI. FAMETRAHANA MPIANDRAIKITRA 172
VII. NY FANOKANANA TRANO FIANGONANA 174

FIZARANA VIII
## LALAM-PANORENANA FANAMPINY

I. NY SATAN'NY TANORA IRAISAM-PIRENENA NAZAREANA 176
II. NY LALAM-PANORENAN'NY IRAKA IRAISAM-PIRENENA NAZAREANA 207
III. NY FITSIPIKA MIFEHY NY SEKOLY ALAHADY 221

FIZARANA IX
## TARATASY HOFENOINA

I. NY FIANGONANA EO AN-TOERANA 232
II. NY FIHAONAMBEN'NY DISTRIKA 235
III. NY TARATASIM-PIAMPANGANA 235

FIZARANA X

## FANAMPINY

I. NY MPIANDRAIKI-DRAHARAHA FOIBE 237
II. NY BIRAO MPITANTANA, NY FILAN-KEVITRA, SY NY RAFIM-PANABEAZANA 238
III. NY FITSIPI-PITANTANANA 243
IV. NY ADI-HEVITRA ARA-MORALY SY ARA-TSOSIALY MISY ANKEHITRINY 247

FIZARANA I

# Filazana ara-tantara

# FILAZANA ARA-TANTARA

## Ny tantaran'ny Fivavahana Kristiana sy ny Lova ara-pahamasinana Wesleyana

*Finoana Masina iray*. Ny Fiangonan'ny Nazareana, hatramin'ny niandohany, dia niaiky ny amin'ny maha rantsan'ny fiangonana "iray, masina, maneran-tany, ary apostolika" azy ary nikatsaka ny ho mahatoky amin'izany. Nekeny ho toy ny azy ny tantaran'ireo olon'Andriamanitra izay voarakitra an-tsoratra ao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao, ary izany tantara izany dia nitohy hatramin'ny andron'ny apostoly ka mandraka ankehitriny. Amin'ny maha-olony azy ireo, dia mahakasika indrindra ny olon'Andriamanitra tao anatin'ny fotoana maro izy, dia ireo izay navotana tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, na inona na inona endrika isehoan'ilay fiangonana iray ahitana azy ireo. Mandray ny fanekem-pinoana Kristiana eokominikan'ny taonjato dimy misesy izay ho fanehoany ny finoany. Raha mamaly ny fiantsoana azy manokana mba hanambara ny foto-pampianarana sy ny traikefan'ny fanamasinana manontolo ny Fiangonan'ny Nazareana, dia mitandrina fatratra ny hitazona sy hamelona ny fitoviana amin'ny tantaran'ny fiangonana amin'ny fitoriany ny Teny, ny fitantanany ny sakramenta, ny fiezahany hanangana sy hitazona ny asa fanompoana izay tena apostolika amin'ny finoana sy ny fanao, ary ny fitehirizana ny fitsipi-pitondran-tena ho amin'ny fiainana manahaka an'i Kristy sy ny fanompoana ny hafa.

*Ny Fifohazana Wesleyana*. Nandray io finoana Kristiana io ny Nazareana tamin'ny alalan'ireo zava-niseho ara-pivavahana teo amin'ny tantara ary indrindra indrindra tamin'ny alalan'ny fifohazana Wesleyana tamin'ny taon-jato faha-18. Tamin'ny taona 1730 dia niseho tany Angletera ny Fifohazana Evanjelika lehibe, izay notarihin'i John Wesley, sy ny rahalahiny Charles, ary George Whitefield, mpitondra fiangonana tao amin'ny Fiangonan'i Angletera. Tamin'ny alalan'ny zavatra nataon'izy ireo, dia lehilahy sy vehivavy hafa maro no niala tamin'ny fahotana ary nahazo hery ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Ity hetsika ity dia voamarika tamin'ny fitorian-teny, ny fijoroana vavolombelona, ny fitsipi-pitondrantena nataon'ny laika, ary tamin'ny fivondronan'ireo "mpianatra" tena mahatoky nantsoina hoe "fiaraha-monina," "kilasy," ary "vondrona." Amin'ny maha-hetsika ara-panahy azy, ireo teo aloha dia nahitana ny Piétisme Allemande, izay namantarana an'i Philip Jacob Spener; Hetsika amin'ny Finoana an'Andriamanitra tamin'ny taon-jato faha-17; ary ny fifohazam-panahy tany Nouvelle Angleterre izay notarihan'i Jonathan Edwards teolojiana mpitandrina.

Ny vanim-potoanan'ny fifohazana lehibe Wesleyana dia voamarika tamin'ny fototra teolojika telo: ny fahaterahana indray amin'ny fahasoavana amin'ny alalan'ny finoana; ny fahatanterahana Kristiana, na fanamasinana, dia toy izany koa ny fahasoavana amin'ny alalan'ny finoana; ary ny fijoroana vavolombelona ataon'ny Fanahy ho fahazoana antoka ny amin'ny fahasoavana. Amin'ireo fandraisana anjara miavak'i John Wesley dia ny fanindriany mafy ny fanamasinana manontolo amin'izao fiainana izao ho toy ny fanomezan'Andriamanitra feno fahasoavana ho an'ny Kristiana. Ny asa amin'ny iraka fitoriana filazantsara nataon'ny Metodisma Anglisy taloha dia nanomboka nanaparitaka izany hevitra ara-teolojia izany nanerana izao tontolo izao. Tany Amerika Avaratra, Ny Fiangonana Episkopaly Metodista dia voarindra tamin'ny taona 1784. Ny tanjona napetrany dia hoe,

“Hitondra fanavaozana ho an’ny Kaontinanta, ary hanaparitaka ny fahamasinana voalazan’ny Soratra Masina manerana ireo tany ireo.”

*Ny Fihetsehana ara-pahamasinana tamin’ny taon-jato faha-19.* Tamin’ny taon-jato faha-19 dia nanomboka tao amin’ny faritra Atsinanan’i Etazonia ary niparitaka nanerana ny firenena iray manontolo ny fanavaozana indray ny fanindriana ny fahamasinana Kristiana. Timothy Merritt, izay mpitondra fiangonana Metodista sady mpandaha-teny mpamorona ny “*Guide to Christian Perfection,*” (Tari-dalana Ho Amin’ny Fahatanterahana Kristiana), no isan’ireo mpitarika ny fifohazam-pahamasinana. Ny olona nalaza tao anatin’izany fihetsehana izany dia i Phoebe Palmer tao New York City, mpitarika ny Fivoriana isan-Talata ho Fampahafantarana ny Fahamasinana ka mpitondra fiangonana Metodista sy mpanabe ary mpitondra fivavahana hafa no nivondrona niaraka tamin’ny vondrom-behivavy nisy hatrany am-boalohany izay mikatsaka ny fahamasinana. Nandritra ny efa-polo taona no nitarihan-dRamatoa Palmer ny vanim-potoana Metodista momba ny Fihetseham-pahamasinana tamin’ny alalan’ny kabary imasom-bahoaka, ny asa soratra, ary amin’ny maha-mpandaha-teny azy tao amin’ny “*Guide to Holiness*” (Tari-dalana ho amin'ny fahamasinana) izay nahasarika olona.

Ny Fifohazam-pahamasinana dia niparitaka ivelan’ny faritry ny Metodisma. Charles G. Finney sy Asa Mahan, izay samy tao amin’ny Oberlin College, no nitarika ny fanavaozana indray ny fanindriana ny fahamasinana tao amin’ny sehatry ny Presbyteriana sy ny Kongregasionalista, tahaka ny nataon’ilay mpitarika amin'ny fifohazana William Boardman. Ilay evanjelistra Baptist A. B. Earle dia anisan’ireo mpitarika ny Fihetseham-pahamasinana tao anatin’ny antokom-pinoana nisy azy. Hannah Whitall Smith, izay mpitarika amin'ny fifohazana malaza be, dia namoaka ny “*The Christian's Secret of a Happy Life*” (1875) (Zava-Miafin’ny Fiainana Kristiana Feno Fifaliana), lahatsoratra filamatra momba ny fiainana ara-panahin’ny Kristiana.

Tamin’ny taona 1867 ireo mpanompo Metodista toa an’i John A. Wood, John Inskip, ary ireo hafa koa dia nanomboka, tao Vineland, New Jersey, ny voalohany tamin’ireo lasy fivoriana nasionaly mifampitohitohy. Tamin’izany fotoana izany koa izy ireo dia nandamina ny Fikambanan’ny Fivoriana Lasy Nasionaly ho Fampandrosoana ny Fahamasinana, izay fantatra amin’ny hoe fikambanan’ny Fahamasinana Kristiana Nasionaly (amin’izao fotoana izao dia lasa hoe Fiaraha-miasa amin'ny Fahamasinana Kristiana). Hatramin’ireo taona voalohan'ny taon-jato faha-20, izany fikambanana izany no namatsy ny lasy fivoriana momba ny Fahamasinana nanerana an’i Etazonia. Niseho koa avy eo ireo fikambanana ara-pahamasinana teo an-toerana sy isam-paritra, ary ny famoaham-boky ara-pahamasinana lehibe dia namoaka gazety sy boky maro.

Nanana anjara asa lehibe nisy heviny samihafa ny fijoroana vavolombelona momba ny fahamasinana Kristiana teo amin’ny fiorenan’ny Fiangonana Metodista Wesleyana (1843), ny Fiangonana Metodista Tsy Miankina (1860), ary tany Angletera dia ny Tafiky ny Famonjena (1865). Tamin’ny taona 1880 dia maro no teraka ireo fiangonam-pahamasinana niavaka, izay nahitana ny Fiangonan’Andriamanitra (Anderson, Indiana) ary ny Fiangonan’Andriamanitra (Fahamasinana). Maro ireo fombam-pivavahana efa tranainy no voasariky ny Fihetseham-pahamasinana, ahitana ireo antoko sasany toy ny antokon'ny Menonita, antokon'ny Mpirahalahy, ary ny antokon'ny Namana izay nandray ny fomba fijery ara-pahamasinana Wesleyana ny amin’ny fanamasinana manontolo. Ohatra tamin’izany fifangaroan’ny fomba fanao ara-panahy izany ny Fiangonana “Brethren in Christ” (Mpirahalahy ao amin'i Kristy)

ary ny Fiangonana "Evangelical Friends Alliance" (Fiombonan'ny mpinamana ara-evanjelika).

**Ny Fampiraisana ireo Antokon'ny Fahamasinana**

Tamin'ny taona 1890 dia nisy ny fitobahan'ireo antokon'ny Fahamasinana tsy miankina niara-niforona. Nahitana ny fiangonana tsy miankina, ny misiona ho an'ny tanan-dehibe, ny trano ho an'ny traboina, ary ny fikambanana misionera sy evanjelika izany. Naniry ny firaisana ho amin'ny fiangonana fahamasinana nasionaly ny sasany tamin'ireo olona izay tao anatin'izany fikambanana izany. Avy amin'izany tosika izany no nipoiran'ny Fiangonan'ny Nazareana.

*Ny Fikambanan'ny Fiangonana Pentekotista tany Amerika*. Tamin'ny 21 Jolay 1887, dia nijoro ny Fiangonana evanjelikan'ny vahoaka izay nahitana mpikambana 51 tao Providence, Rhode Island, notarihin'ny mpitandrina Fred A. Hillery. Ny taona manaraka an'io dia nijoro ny Fiangonana Misiona tao Lynn, Massachussetts, narindran'i C. Howard Davis amin'ny maha mpitandrina azy. Tamin'ny 13 sy 14 Marsa 1890, dia nivory tao Rock, Massachussetts ny solontenan'ireo sy ny fiangonana maro hafa tsy miankina, ary nanangana ny *Central Evangelical Holiness Association* (Fikambanam-pahamasinana Foiben'ny Evanjelika) niaraka tamin'ireo fiangonana tao Rhode Island, New Hampshire, ary Massachussetts. Tamin'ny taona 1892, ny Central Evangelical Holiness Association dia nanokana an'i Anna S. Hanscombe, izay ninoana ho voalohany tamin'ireo vehivavy maro notokanana ho amin'ny asa fanompoana Kristiana tao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana reniny.

Tamin'ny volana Janoary 1894, dia nanangana misiona iray tao Brooklyn ilay mpandraharaha William Howard Hoople, ary narindrany indray izany ho Utica Avenue Pentecostal Tabernacle ny volana Mey nanaraka an'iny. Tamin'ny faran'ny taona tamin'ny taona nanaraka an'io, dia nitsangana koa ny Bedford Avenue Pentecostal Church sy ny Emmanuel Pentecostal Tabernacle. Tamin'ny volana Desambra 1895, dia nanangana lalàm-panorenana, famintinana ireo foto-pampianarana, ary nanangana ny Fikambanan'ny Fiangonana Pentekotista tany Amerika araka ny lalàna misy eo amin'ilay toerana ireo solontena avy amin'ireo fiangonana telo ireo.

Tamin'ny 12 Novambra 1896, dia nivory tao Brooklyn ny komity avy amin'ny Central Evangelical Holiness Association sy ny Fikambanan'ny Fiangonana Pentekotista tany Amerika ary nanao planina ho amin'ny firaisana, ary notazonina ny anaran'ity farany ho an'ilay fikambanana vaovao nitambatra. Ireo mpiasa tena niavaka tamin'izany antokom-pinoana izany dia Hiram F. Reynolds, H. B. Hosley, C. Howard Davis, William Howard Hoople, ary, taty aoriana, E. E. Angell. Ny sasany tamin'ireo dia laika mpitory teny tany am-piandohana izay notokanan'ny fiangonany ho mpanompo taty aoriana. Nanapa-kevitra ny hanao iraka fitoriana filazantsara io fiangonana io, izay teo ambany fitarihan'i Hiram F. Reynolds, misionera sekretera, niditra tamin'ny fandaharan'asa momba ny fijoroana vavolombelona Kristiana tany amin'ireo nosy any Cape Vert, sy Inde, sy tany amin'ireo toeran-kafa koa. Natonta ny "The Beulah Christian" ho gazety ofisialin'izy ireo.

*Ny Fiangonam-pahamasinan'i Kristy*. Tamin'ny volana Jolay 1894, dia nandrindra ny Fiangonana Testamenta Vaovaon'i Kristy tao Milan i R. L. Harris, ary tao Tennessee fotoana fohy talohan'ny nahafatesany. Mary Lee Cagle, vady navelan'i R. L. Harris no nanohy ny asa ary lasa mpitarika nalaza indrindra. Ity fiangonana ity, izay tena kongregasionaly mihitsy, dia niely nanerana an'i Arkansas sy tany amin'ny faritra andrefan'i Texas, niaraka tamin'ireo fiangonana niely nanerana an'i Alabama sy Missouri. Notokanana ho ao amin'ny kilasy

voalohany amin’ny mpitarika tamin’ny taona 1899 i Mary Cagle sy Ramatoa E. J. Sheeks mpiara-miasa taminy.

Nanomboka tamin’ny taona 1888, dia nitsangana ny kongregasiona vitsivitsy nitondra ny anarana hoe Fiangonam-pahamasinana tao Texas ka ireo mpanompo toa an’i Thomas sy Dennis Rogers avy any California no nanangana azy.

Tamin’ny taona 1901 dia niforona ny fiangonana voalohany an'ny Fiangonam-pahamasinana tsy miankina tao Van Alstyne, Texas, naorin’i Charles B. Jernigan. Tany am-piandohana, dia niaraka tamin’izany fiangonana izany i James B. Chapman, ary nitombo haingana sy nihamaro izany. Tamin’ny fotoana iray, dia nifandray tamin’ny Fiangonan'ny Fahamasinana tsy miankina ireo fiangonana izay notarihin’i Dennis Rogers.

Tamin’ny volana Novambra 1904, ireo solontenan’ny Fiangonana Testamenta Vaovaon’i Kristy sy ny Fiangonan’ny Fahamasinana tsy miankina dia nivory tao Rising Star, Texas, izay nifanarahan’izy ireo ny momba ny fitsipika ho amin'ny firaisana, ary namorona *Torolàlana* iray, ka nifidy ny anarana hoe Fiangonam-pahamasinan’i Kristy. Izany fampiraisana izany dia nofaranana tamin’ny taona manaraka tamin’ny Filan-kevitra lehibe nahitana ireo solontena avy amin’ny tsirairay natao tao Pilot Point, Texas. Ny “Holiness Evangel” no gazety ofisialin’ny fiangonana. Ireo mpanompo mpitarika hafa dia nahitana an’i William E. Fisher, J. D. Scott, ary J.T. Upchurch. Anisan’ireo mpitarika laika fototra koa ry Edwin H. Sheeks, R. B. Mitchum, ary Ramatoa Donie Mitchum.

Maro tamin’ireo mpitarika tao amin'izany fiangonana izany no nandray anjara mavitrika tao anatin’ny Fikambanam-pahamasinana tao Texas, izay fikambanana nampiray antokom-pinoana maro samy hafa lehibe izay nanohana ny Sekoly ambony iray tao Peniel, ao akaikin’i Greenville, any Texas. Ny fikambanana koa dia nanohana ny “*Pentecostal Advocate*,” gazety malaza momba ny Fahamasinana tany Atsimo Andrefana, izay lasa an’ny Nazareana tamin’ny taona 1910. Ny mpanompo iray atao hoe E. C. DeJernett, sy C. A. McConnell, laika, no mpiasa nalaza indrindra tao amin’izany fikambanana izany.

*Ny Fiangonan’ny Nazareana.* Tamin’ny volana Oktobra 1895, Phineas F. Bresee, D. D., ary Joseph P. Widney, M.D., niaraka tamin’ireo 100 hafa koa, ahitana an’i Alice P. Baldwin, Leslie F. Gay, W. S. sy Lucy P. Knott, C. E. McKee, ary ireo fianakavian’i Bresee sy Widney, no nanangana ny Fiangonan’ny Nazareana tao Los Angeles. Tamin’izany no nahitan’izy ireo an’ity fiangonana ity ho voalohany amin’ireo antokom-pinoana izay nitory ny maha-marina ny fanamasinana manontolo azo avy amin’ny finoana an’i Kristy. Nohazonin’izy ireo mafy fa ny Kristiana izay nohamasinina tamin’ny finoana dia tokony hanaraka ny ohatr’i Kristy ary hitory ny filazantsara amin’ny mahantra. Tsapan’izy ireo fa voaantso manokana ho amin’izany asa izany ny tenany. Nino izy ireo fa ny fanaingoana sy ny fanomezana endrika ny trano fiangonana dia tsy ilaina loatra sy tsy maneho ny fanahin’i Kristy fa ny fanahin’izao tontolo izao, ary ny fandanian’izy ireo ny fotoana sy ny vola dia tokony ho any amin’ny asa fanompoana toy izay nataon’i Kristy ho famonjena ny fanahin’olona sy ho fanomezana ho an’ireo izay mila fanampiana. Narindran’izy ireo nifanaraka tamin’izany ny fiangonana. Nanao fitsipika ankapobeny, fanambarana ny finoana, endri-pitondrana mifototra amin’ny fitantanana voafetra, fomba atao ho amin’ny fanokanana diakona sy fanokanana loholona, ary fombafomba. Ireo dia natonta ho *Boky Torolàlana* nanomboka tamin’ny taona 1898. Nanonta gazety koa izy ireo izay fantatra amin’ny hoe “*The Nazarene*” sy ny hoe “*The Nazarene Messenger*.” Ny Fiangonan’ny Nazareana dia niely indrindra nanaraka ny morontsiraka andrefana, tamin’ireo fiangonana niely tany atsinanan’ny Tendrombohi-bato (Rocky Mountains) ka hatrany Illinois.

Anisan'ireo mpanompo izay nisafidy ny ho isan'ny ao amin'ity fiangonana vaovao ity ry H. D. Brown, W. E. Shepard, C. W. Ruth, L. B. Kent, Isaiah Reid, J. B. Creighton, C. E. Cornell, Robert Pierce, ary W. C. Wilson. Anisan'ireo izay notokanan'ity fiangonana vaovao ity voalohany ry Joseph P. Widney, Elsie sy DeLance Wallace, Lucy P. Knott, ary E. A. Girvin.

Ny traikefan'i Phineas F. Bresee nandritra ny 38 taona tamin'ny maha-mpitandrina, mpitantana, mpanonta boky azy, ny maha-mpikambana tao amin'ny biraon'ny Kolejy, ary amin'ny maha-mpitory teny any amin'ny lasy fivoriana azy tany amin'ny Metodisma, sy ny fananany manokana ilay hery manintona olona no niditra tao amin'ny fahaiza-mitondra fiangonana izay nampiombonany ireo Fiangonam-pahamasinana maro ho fiangonana nasionaly iray.

*Ny Taona Fampiraisana: 1907-1908.* Ny Fikambanan'ny fiangonana Pentekotista any Amerika, ny Fiangonan'ny Nazareana, ary ny Fiangonam-pahamasinan'i Kristy dia nitambatra ho fikambanana iray tamin'ny alalan'i C. W. Ruth, mpanampin'ny Mpitantana Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana, izay nanana fifandraisana maro nandritry ny Fihetseham-pahamasinana Wesleyana. Ireo solontena avy tamin'ny Fikambanan'ny Fiangonana Pentekotista any Amerika sy ny Fiangonan'ny Nazareana dia nifanaiky hanao Fivoriambe tao Chicago, ny 10 ka hatramin'ny 17 Oktobra 1907. Ireo antoko roa niombona ireo dia nifanaiky ny amin'ny fitondram-piangonana izay nampifandanja ny filàna fitantanana isian'ny fahaleovan-tenan'ny fiangonana eo an-toerana. Ny mpitantana dia natao hamahana sy hikarakara ireo fiangonana efa tafaorina, sy natao handrindra sy hamporisika ny fandrindrana Fiangonana amin'ny toerana rehetra saingy ny fahefan'izy ireo dia tsy natao hifanindry amin'ny asa mahaleo tena ataon'ny fiangonana efa voarindra tsara. Ankoatra izany, ny Fihaonambe dia namorona anarana iray ho an'izany fiombonana vaovao izany izay nalaina avy tamin'ireo fikambanana roa ireo: Ny Fiangonana Pentekotista Nazareana. Phineas F. Bresee sy Hiram F. Reynolds no voafidy ho Mpitantana Foibe. Nisy koa ireo solontena mpanara-maso avy tamin'ny Fiangonan'ny Fahamasinan'i Kristy izay nanatrika sy nandray anjara tamin'ny asa tao amin'ny fivoriana.

Nandritra ny taona manaraka, dia nisy firotsahana ho ao anatin'ny fikambanana roa nitranga. Tamin'ny volana Aprily 1908, P. F. Bresee dia nandrindra kongregasionan'ny Fiangonana Pentekotista Nazareana tao Peniel, Texas, ka nitondra tao am-piangonana ireo anarana malaza tamin'ny Fikambanam-pahamasinana tany Texas ary nanamboatra lalàna koa ho an'ireo mpikambana hafa hiditra tao. Tamin'ny volana Septambra, ny konferansan'ny Fiangonam-pahamasinana Kristiana tao Pennsylvania, taorian'ny nahazoany alalana avy amin'ny Konferansa Foibe, dia rava ho azy ary nikambana tamin'ny Fiangonana Pentekotista Nazareana teo ambany fitarihan'ny H. G. Trumbaur.

Ny Fivoriambe faharoan'ny Fiangonana Pentekotista Nazareana dia natao tamin'ny fotoana nivorian'ny Filan-kevitra foiben'ny Fiangonam-pahamasinan'i Kristy ny 8 ka hatramin'ny 14 Oktobra 1908 tao Pilot Point, Texas. Ny taona nanaovana ny fampiraisana dia nifarana ny Talata maraina, 13 Oktobra, raha nanaiky ka nanangana ny tanany i R. B. Mitchum ary nomba azy i C. W. Ruth tamin'ilay hevitra naroso manao hoe: “Dia lany ary izao ny fampiraisana ny fiangonana roa.” Maro no niteny tamim-pankasitrahana izany. Phineas Bresee dia niezaka hatrany mba hahatongavana any amin'ity hevitra nivoaka tao ity. Tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, tao anatin'ny hafanam-po lehibe, no nandraisana tamin'ny alalan'ny fifidianana niraisan'ny be sy ny maro ny fandrosoana ho amin'ny fampiraisana.

*Ny Fiovan'ny Anaran'ny Fiangonana*. Ny Fivoriambe tamin'ny taona 1919, ho famaliana ny fangatahan'ny fihaonan'ny distrika 35, dia nanova ho ren-tany ren-danitra ny anaran'ny fikambanana ho "Fiangonan'ny Nazareana" noho ny fisian'ny hevitra vaovao izay nentin'ny anarana hoe "Pentekotista."

**Firotsahana taty aoriana**

Taorian'ny taona 1908 dia maro ireo fikambanana hafa no nikambana tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana:

*Ny Misiona Pentekotista*. Tamin'ny taona 1898 J. O. McClurkan, evanjelistra Presbyteriana iray avy any Cumberland, dia nitarika ny fiforonan'ny Fanekem-pihavanana Pentekotista tao Nashville, izay nanambatra ny olon'ny Fahamasinana avy ao Tennessee sy ireo fanjakana hafa nifanakaiky. Izany fiangonana izany dia tena misionera tokoa teo amin'ny toe-tsaina ananany ka nandefa mpitandrina sy mpampianatra tany Cuba, Guatemala, Mexique, ary Inde. McClurkin dia maty tamin'ny 1914. Ny taona manaraka izany ny antokony, izay fantatra amin'ny anarana hoe Misiona Pentekotista, dia nikambana tamin'ny Fiangonana Pentekotista Nazareana.

*Fiangonana Pentekotista tany Ecosse*. Tamin'ny taona 1906, George Sharpe, izay tao amin'ny Fiangonana kongregasionaly any Parkhead, Glasgow dia nesorina tamin'ny toerany noho ny nitoriany ny foto-pampianarana Wesleyana momba ny Fahamasinana Kristiana. Mpikambana miisa 80 no niala niaraka taminy ka nanangana avy hatrany ny Fiangonana Pentekotista tany Parkhead. Nisy koa fiangonana hafa narindra ka tamin'ny taona 1909 dia nitsangana ny Fiangonana Pentekotista tany Ecosse. Nitambatra tamin'ny Fiangonana Pentekotista Nazareana izany fiangonana izany tamin'ny volana Novambra 1915.

*Fikambanam-pahamasinana Laika.* Ny fikambanam-pahamasinana laika dia niorina teo ambany fitarihan'i S. A. Danford tamin'ny taona 1917 tao Jamestown, Dakota Avaratra, mba hampisy ny fifohazam-pahamasinana Wesleyana tany amin'ny faritry Dakota Avaratra sy Atsimo, sy Minnesota, ary Montana. Izany antoko izany dia namoaka gazety iray atao hoe "*The Holiness Layman*." J. G. Morrison dia voafidy ho filoha tamin'ny taona 1919 ary nitondra ny fikambanana niaraka tamin'ireo evanjelistra hafa miisa 25 ary koa mpiasa. Tamin'ny taona 1922, i Morrison niaraka tamin'ny ankamaroan'ireo mpiasa sy mpikambana miisa 1000, no nitambatra tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

*Fikambanam-pinoana Misionera Hephzibah*. Ity fikambanana misionera ity, izay nanana foibe tao Tabor, Iowa, izay narindran'i George Weavers, loholona tamin'ny taona 1893, dia nandefa mpiasa miisa 80 ho any amin'ny firenena maherin'ny enina. Teo ho eo amin'ny taona 1950 ny asa natao tao Tabor, ny misiona tany Afrique du Sud, ary ny ampahany sasany tamin'ny fikambanana dia nitambatra tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

*Misionam-pahamasinana Iraisam-pirenena*. David Thomas, mpandraharaha sady laika mpitory, no nanangana ny Misionan'ny Fahamasinana tao Londres tamin'ny taona 1907. Nivoatra tany amin'ny faritra Atsimon'i Afrika ny asa iraka fitoriana filazantsara maro teo ambany fitarihan'i David Jones, ary ny fiangonana dia nomena anarana vaovao hoe "Misionam-pahamasinana Iraisam-pirenena" tamin'ny taona 1917. Nitambatra tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana izany tamin'ny 29 Oktobra 1952, niaraka tamin'ny fiangonana niisa 28 amin'ny mpikambana miisa 1000 mahery tao Angletera teo ambany fiandreketan' i J. B. Maclagan, miampy ireo asa maro nataon'ireo misionera miisa 36 avy any Afrika.

*Fiangonam-pahamasinan'i Kalvary*. Tamin'ny taona 1934 Maynard James sy Jack Ford, izay nitarika ny fitoriana filazantsara mitety faritra maro tao amin'ny Misionam-

pahamasinana Iraisam-pirenena, dia nanorina ny Fiangonam-pahamasinan'i Kalvary. Tamin'ny 11 Jiona 1955, dia nisy ny firaisana tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ka nitondra fiangonana miisa 22 ary mpikambana mihoatra ny 600 ho ao amin'ny fiangonana. Ny fidiran'ny Misionam-pahamasinana Iraisam-pirenena sy ny Fiangonam-pahamasinan'i Kalvary dia tao anatin'ny vina sy ezaky ny Mpitantana Distrika Nazareana Ingahy George Frame.

*Fiangonan'ny Mpiasan'ny Filazantsara tao Kanada*. Ity fiangonana ity izay naorin'i Frank Goff tao Ontario tamin'ny taona 1918, dia niainga avy amin'ny antoko iray nantsoina hoe Mpiasan'ny Fahamasinana. Nitambatra tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana izany tamin'ny 7 Septambra 1958, ka nanampy fiangonana miisa 5 sy mpikambana miisa 200 ho ao amin'ny Distrika Afovoany tany Kanada.

*Fiangonan'ny Nazareana (Nigeria)*. Tamin'ireo taona 1940 ny fiangonam-pahamasinana Wesleyana iray dia nijoro tao Nigeria tamin'ny alalan'ireo mpitarika teo an-toerana. Nandray ny anarana hoe Fiangonan'ny Nazareana izy, ka naka ny foto-pampianarany sy ny anarany avy tamin'ny ampahany tao amin'ny *Boky Torolàlan*'ny Fiangonan'ny Nazareana Iraisam-pirenena. Teo ambany fitarihan'i Jeremiah U. Ekaidem, dia nitambatra tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana izy tamin'ny 3 Aprily 1988. Noforonina ny Distrika vaovao izay nahitana fiangonana 39 tamin'ny mpikambana 6500.

**Mankany amin'ny Fiangonana Maneran-tany**

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia nanana habeny iraisam-pirenena hatramin'ny fiandohany. Tamin'ny fivoriana fampitambarana tamin'ny taona 1908, ny Nazareana dia nanompo sy nijoro vavolombelona tsy tany Amerika Avaratra ihany fa koa tamin'ny asa fitoriana filazantsara tany Mexique, tany amin'ireo nosy tany Cape Vert, Inde, Japon, ary Afrika Atsimo–fijoroana vavolombelona velona tamin'ny akon'ny fiaraha-mientan'ny misiona tamin'ny taonjato faha-19 teo amin'ity fikambanam-pivavahana ity izay nampiorina ny Fiangonan'ny Nazareana ankehitriny.

Ny fitarana ho any amin'ireo toerana vaovao eto amin'izao tontolo izao dia nanomboka tany Asia tamin'ny 1898 tamin'ny alalan'ny Fikambanan'ny Fiangonana Pentekotista tany Amerika. Niasa tany Amerika Afovoany ny Misiona Pentekotista tamin'ny taona 1900, tany Karaiba tamin'ny taona 1902, ary tany Amerika Atsimo tamin'ny taona 1909. Taty Afrika, tamin'ny 1907 dia nekena ho misionera miankina amin'ny antokom-pinoana ireo Nazareana navitrika niasa taty aoriana kely.

Ny fitarana nanaraka izay tany Australie sy Pasifika atsimo dia nanomboka tamin'ny 1945 ary tany amin'ny Kaontinanta Eoropeana tamin'ny taona 1948. Tamin'ireo tranga ireo ny Fiangonan'ny Nazareana dia niditra tamin'ny alalan'ny fampitoviana ny tenany tamin'ireo mpitarika eo an-toerana izay efa nitory sy nampianatra ny Fahamasinana Wesleyana: A. A. E. Berg avy any Australie sy Alfredo del Rosso avy any Italie.

Tamin'ny fampandrosoana ny asa fanompoana ankapobeny, ny Fiangonan'ny Nazareana, ara-tantara, dia niankina indrindra tamin'ny herin'ireo mpiasa eo an-toerana izay niara-niasa tamin'ireo misionera tamin'ny asa fitoriana ny filazantsara sy fampianarana ny tenin'ny fahasoavana. Tamin'ny taona 1918 dia nisy misionera iray tany Inde izay nahita fa ireo mpiara-miasa eo an-toerana ireo dia ahitana mpitoriteny telo, mpampianatra efatra, mpampiely hafatra efatra, ary vehivavy mpampianatra Baiboly dimy. Tamin'ny taona 1936 ny salan'isan'ny mpiasa eo an-toerana raha oharina amin'ireo misionera ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana manerana izao tontolo izao dia mihoatra ny dimy isaky ny iray.

Ny toerana eto amin'izao tontolo izao izay nidiran'ny Fiangonana dia nahatratra 150 tamin'ny taona 2005. Mpanompo anarivony sy mpiasa laika no nanamboatra ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana ho tena mifanaraka amin'ny kolontsain'izy ireo tsirairay avy, ary amin'ny alalan'izany no andraisana anjara amin'ny fampitambarana ny maha izy azy ny tsirairay ka manome ny fiombonana iraisam-pirenena.

*Ny mampiavaka ny asa Fanompoana Iraisam-pirenena*. Ara-tantara, ny asa fanompoana ankapobeny Nazareana dia nifantoka tamin'ny fitoriana filazantsara, asa fanompoana fiantrana, ary ny fanabeazana. Hita teo amin'ny fiainan'i H. F. Schmelzenbach, L. S. Tracy, Esther Carson Winans, Samuel Krikorian, ary ny anaran'ireo hafa maro koa izay namaritra ny haben'ny asa fanompoana ny hery manosika ho amin'ny fitoriana ny filazantsara. Mitohy amin'ny fanehoana toetra mitondra fifohazana sy fitoriana ny filazantsara ireo Fiangonan'ny Nazareana sy ireo distrikany manerana izao tontolo izao.

Mipetraka eo amin'ny fanohanana amin'ny fanafahana ny mosary sy fanampiana ny asa fitaizana kamboty tany Inde ny fototra iraisam-pirenen'ny asa fanompoana fiantrana Nazareana teny am-piandohana. Izany tosika izany dia nohamafisin'ny Fiombonan'ny Misionera misahana ny fahasalamana Nazareana izay nijoro tamin'ny voalohandohan'ny taona 1920 mba hananganana ny Hopitaly ho fahatsiarovana an'i Bresee tao Tamingfu, Chine. Niroborobo ny asa fitsaboana malalaka tany Swaziland, ary asa fanompoana fiantrana hafa koa no niroborobo nanerana izao tontolo izao.

Ny fanabeazana no endrika iray amin'ny asa fanompoana atao manerana izao tontolo izao nasehon'ny Sekoly Fanantenana ho an'ny Tovovavy naorin-dRamatoa Sukhoda Banarji tao Calcutta tamin'ny taona 1905 ary noraisin'ny Fiangonan'ny Nazareana ny taona manaraka. Any ivelan'i Amerika Avaratra dia nanangana sekoly fanabeazana fototra maro sy sekoly fanofanana manokana mpanompo ny Nazareana. Nisy koa seminera ambony tany Costa Rica, Filipina ary Etazonia; toeram-pampianarana ambony momba ny literatiora na zava-kanto any Afrika, Kanada, Korea ary Etazonia; kolejy iray ho an'ny adolantseto any Japana; kolejy fampianarana iray any Afrika; sekoly fianarana ho mpitsabo mpanampy telo any Afrika, Inde ary any Papua Nouvelle Guinée; ary sekoly fianarana Baiboly/Teolojia 37 manerana izao tontolo izao.

Niha-niroborobo ny fiangonana rehefa nandroso ireo zavatra rehetra tao anatin'ny misiona ireo. Tamin'ny taona 2005 dia nanana mpikambana miisa 1 496 296 miely amina fiangonana miisa 13 600 ny Fiangonan'ny Nazareana eran-tany.

Vokatr'izany fandrosoana ara-tantara izany, ity fiangonana ity ankehitriny dia manana fandaharan'asa tsy mbola tontosa dia ny fifindrana avy amin'ny "fisiana iraisam-pirenena" ho amin'ny "fiaraha-monina iraisam-pirenena" amin'ny finoana. Ny fahafantarana izany no nahatonga ny fihaonambe tamin'ny 1976 hanome fahefana ny Komisiona tamin'ny fanovana ho iraisam-pirenena, ka ny tatitra nataony tamin'ny fihaonambe tamin'ny taona 1980 dia nitarika ho amin'ny famoronana lamina vaovao momba ny fitsinjaram-paritra eto amin'izao tontolo izao. Niova nanomboka tamin'izay ny isa sy ny fetran'ny faritra eto amin'izao tontolo izao teo aloha. Ireo faritra misy amin'izao fotoana izao dia ny: Faritra Afrika, Faritra Azia-Pasifika, Faritra Kanada, Faritra Caraiba, Faritra Eurasia, Faritra Mexique sy Amerika Afovoany, Faritra Amerika Atsimo, ary ireo faritra valo any Etazonia[1].

---

[1]Ny tantara feno momba ny Fiangonan'ny Nazareana dia azo jerena ao amin'ny Timothy L. Smith "*Called unto Holiness vol. 1: The Formative Years (1962*); W.T Purkiser, *Called unto Holiness vol.2: The Second 25 Years (1983*) ary J. Fred Parker, *"Mission to the World" (1988*)

FIZARANA II

# Lalàm-panorenan’ny Fiangonana

**NY TENY FINOANA**

**NY FIANGONANA**

**TOKO MOMBA NY FANDAMINANA SY FITONDRANA**

**FANITSIANA**

## SAVARANONANDO

Mba hitehirizantsika ny lova nomen'Andriamanitra antsika, dia ny finoana izay natolotra ny olona masina indray mandeha, ary indrindra ny foto-pampianarana sy ny traikefa ny amin'ny fanamasinana manontolo ho toy ny asa faharoan'ny fahasoavana, ary koa mba hiarahantsika miasa amim-pahombiazana amin'ireo sampana hafan'ny Fiangonan'i Jesosy Kristy eo amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra; isika; mpanompo sy mpikambana tsotra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, araka ny fitsipiky ny fanaovan-dalàna fototra napetraka teo anivontsika, dia manao izany, amin'ny alalan'ny fanokanana, fandraisana ho an'ny tena, ary amin'ny alalan'ny fametrahana etoana ny *Teny Finoana*, ny Fanekena ny Toetra Kristiana, ary ny Andininy mikasika ny Fandaminana sy ny Fitondrana ho toy ny lalàna fototra na koa lalàm-panorenan'ny Fiangonan'ny Nazareana, izany hoe :

## NY TENY FINOANA

### I. Andriamanitra Telo Izay Iray

**1.** Mino an'ilay Andriamanitra tokana misy hatrizay hatrizay isika, ilay tsy manam-pahataperana, ilay tsy refesi-mandidy eo amin'izao tontolo izao; izay hany Andriamanitra, mpamorona sy mpitantana, ary masina araka ny natiorany, sy ny toetrany, ary ny tanjony; fa Izy amin'ny maha-Andriamanitra Azy, dia Telo Izay Iray, ary aseho amin'ny hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.

(Genesisy 1; Levitikosy 19:2; Deotoronomia 6:4-5; Isaia 5:16; 6:1-7; 40:18-31; Matio 3:16-17; 28:19-20; Jaona 14:6-27; 1 Korintiana 8:6; 2 Korintiana 13; 14; Galatiana 4:4-6; Efesiana 2:13-18)[1]

### II. Jesosy Kristy

**2.** Mino an'i Jesosy Kristy isika, ilay Persona Faharoa ao amin'Andriamanitra Telo Izay Iray; ilay niaraka tamin'Andriamanitra hatrizay hatrizay; izay tonga nofo Izy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina ary naterak'i Maria virijiny, mba hahatonga ny natiora anankiroa izay tanteraka, dia ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona, ho iray ao amin'ny Persona iray izay tena Andriamanitra sy tena olombelona, dia ilay Andriamanitra-olona izany.

Mino isika fa Jesosy Kristy dia maty noho ny fahotantsika, ary tena nitsangana tamin'ny maty tokoa Izy ary naka indray ny tenany niaraka tamin'ireo zavatra rehetra mifandray amin'ny fahatanterahan'ny natioran'olombelona, izay nentiny niakatra any an-danitra sy nidirany ho amin'ny fanelanelanana antsika.

(Matio 1:20-25; 16:15-16; Lioka 1:26-35; Jaona 1:1-18; Asa 2:22-36; Romana 8:3; 32-34; Galatiana 4:4-5; Filipiana 2:5-11; Kolosiana 1:12-22; 1 Timoty 6:14-16; Hebreo 1:1-5; 7:22-28; 9:24-28; 1 Jaona 1:1-3; 4:2-3, 15)

### III. Ny Fanahy Masina

**3.** Mino ny Fanahy Masina isika, ilay Persona Fahatelo ao amin'Andriamanitra Telo Izay Iray, izay manatrika sy miasa mahery amim-pahombiazana ao anatiny sy miaraka amin'ny Fiangonan'i Kristy, ary mandresy lahatra izao tontolo izao ny amin'ny fahotana, sy

[1] Ireo andinin-tSoratra Masina dia anohanana ny Teny Finoana ary napetraka eto tamin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny fivoriambe 1976 saingy tsy natao ho isan'ny lahatsoratry ny Lalàm-panorenana.

mahatonga ireo izay mibebaka sy mino ho teraka indray, manamasina ny mpino, ary mitari-dalana ho amin'ny fahamarinana rehetra izay ao amin'i Jesosy.

(Jaona 7:39; 14:15-18; 16:7-15; Asa 2:33; 15:8-9; Romana 8:1-27; Galatiana 3:1-14; 4:6; Efesiana 3:14-21; 1 Tesaloniana 4:7-8; 2 Tesaloniana 2:13; 1 Petera 1:2; 1 Jaona 3:24; 4:13)

## IV. Ny Soratra Masina

**4.** Mino isika ny amin'ny maha tsindrimandry tanteraka ny Soratra Masina, ka avy amin'ny alalany no nahazoantsika ny boky 66 ao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao, nomena teo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, manambara tsy misy fahadisoana ny sitrapon'Andriamanitra mikasika antsika ny amin'ny zavatra rehetra ilaina ho amin'ny famonjena antsika ka ny zavatra rehetra izay tsy ao anatin'izany dia tsy ampidirina ato ho toy ny teny finoana.

(Lioka 24:44-47; Jaona 10:35; 1 Korintiana 15:3-4; 2 Timoty 3:15-17; 1 Petera 1:10-12; 2 Petera 1:20-21)

## V. Ny ota, Tany am-boalohany sy An'ny Tena Manokana

**5.** Mino isika fa ny ota dia tonga teto amin'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny tsy fankatoavan'ny ray aman-drenintsika voalohany, ary ny ota no nahatonga ny fahafatesana. Mino isika fa ny ota dia misy karazany roa: ny ota tany am-boalohany na fahasimbana tanteraka, sy ny fahotana atao na ny an'ny tena manokana.

**5.1.** Mino isika fa ny ota tany am-boalohany, na fahasimbana tanteraka, dia ny fahasimban'ny natioran'ny taranak'i Adama rehetra ka noho izany antony izany dia lasa lavitra dia lavitry ny fahamarinana tany am-boalohany na ny fahadiovana nananan'ireo ray aman-drenintsika voalohany tamin'ny fotoana namoronana azy ireo ny olona rehetra, manohitra an'Andriamanitra, tsy manana fiainana ara-panahy, mirona amin'ny ratsy mandrakariva, ary toy izany hatrany hatrany. Mino koa isika, ambonin'izany rehetra izany fa ny ota tany am-boalohany dia misy foana ihany eo amin'ny fiainam-baovaon'ny olona nateraka indray, mandra-pahadio tanteraka ny fony amin'ny alalan'ny batisan'ny Fanahy Masina.

**5.2.** Mino isika fa ny ota tany am-boalohany dia miavaka amin'ny fahotana atao noho izy ahitana fandovana fironana ho amin'ny fahotana atao fa tsy misy azo atao tompon'andraikitra ny amin'izany raha tsy hoe ny vahaolana nomen'Andriamanitra ny amin'izany no tsinotsinoavina na lavina.

**5.3.** Mino isika fa ny fahotana na ny fahotana ataon'ny tena manokana dia fandikana an-tsitrapo ny lalàn'Andriamanitra izay efa fantatra, ataon'ny olona mahatsiaro saina ara-moraly. Noho izany tsy tokony afangaro amin'ny tsy fahatanterahana tsy niniana natao sy tsy azo nialana, ny fahalemena, ny fahadisoana, ary ny tsy fahombiazana na izay fialana amin'ny fitsipi-pitondrantena tonga lafatra, vokatry ny fahalavoana izy io. Na izany aza, dia tsy ao anatin'ny zavatra tsy miankina amin'ny tena toy izany ny fihetsika na valin-teny mifanohitra amin'ny Fanahin'i Kristy, izay angamba antsoina hoe fahotan'ny fanahy. Mino izahay fa ny fahotana ataon'ny tena manokana, voalohany indrindra sy amin'ny maha izy azy dia fandikana ny lalàn'ny fitiavana; ary eo amin'ny fifandraisana amin'i Kristy, ny fahotana dia azo faritana hoe tsy finoana.

(Fahotana hatrany am-boalohany: Genesisy 3; 6:5; Joba 15:14; Salamo 51:5; Jeremia 17:9-10; Marka 7:21-23; Romana 1:18-25; 5:12-14; 7:1-8:9; 1 Korintiana 3:1-4; Galatiana 5:16-25; 1 Jaona 1:7-8

(Fahotana ataon'ny tena manokana: Matio 22:36-40 {miaraka amin'ny 1 Jaona 3:4}; Jaona 8:34-36; 16:8-9; Romana 3:23; 6:15-23; 8:18-24; 14:23; 1 Jaona 1:9–2:4; 3:7-10)

## VI. Ny asa fanavotana

**6.** Mino isika fa Jesosy Kristy, tamin'ny alalan'ny fijaliany, sy ny fandatsahany ny rany, sy ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana, dia nanao asa fanavotana feno ho an'ny fahotan'ny olombelona, ary izany asa fanavotana izany no hany fototry ny famonjena, ary ampy izany ho an'ny tsirairay amin'ny taranak'i Adama. Ary omena am-pahasoavana ho famonjena ireo tsy tompon'andraikitra sy ireo ankizy ao anatin'ny tsy fananany tsiny izany saingy ho famonjena kosa ireo izay efa mahatratra ny taona maha-tompon'andraikitra azy dia mandaitra izany raha toa ka mibebaka sy mino izy ireo.

(Isaia 53:5-6, 11; Marka 10:45; Lioka 24:46-48; Jaona 1:29; 3:14-17; Asa 4:10-12; Romana 3:21-26; 4:17-25; 5:6-21; 1 Korintiana 6:20; 2 Korintiana 5:14-21; Galatiana 1:3-4; 3:13-14; Kolosiana 1:19-23; 1 Timoty 2:3-6; Titosy 2:11-14; Hebreo 2:9; 9:11-14; 13:12; 1 Petera 1:18-21; 2:19-25; 1 Jaona 2:1-2)

## VII. Ny Fahasoavana mialoha

**7.** Mino isika fa tao anatin'ny famoronana ny olombelona ho araka ny endrik'Andriamanitra dia ahitana ny fahafahany misafidy ny tsara na ny ratsy, ary amin'izany ny olombelona dia natao tompon'andraikitra ara-moraly; ary tamin'ny fahalavoan'i Adama dia simba tanteraka ireo ka tsy afaka miverina sy manomana ny tenan'izy ireo amin'ny alalan'ny herin'ny tenany sy ny asa ataon'izy ireo ho amin'ny finoana sy ny fiantsoana an'Andriamanitra. Nefa mino koa isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy dia omena maimaim-poana ho an'ny olona rehetra, ka mahatonga ny rehetra izay te-hiala amin'ny fahotana ho amin'ny fahamarinana, hino an'i Jesosy Kristy ho amin'ny famelan-keloka sy ny fanadiovana ho afaka amin'ny ota, sy hanao asa tsara izay ankasitrahana sy azo ekena eo imasony.

Mino isika fa ny olona rehetra, na dia manana ny traikefa ny amin'ny fahaterahana indray sy ny fanamasinana manontolo aza, dia mety ho lavo hiala amin'ny fahasoavana ary hanohitra izany, ka raha tsy mibebaka amin'ny fahotany ireo, dia tsy hisy fanantenana ka ho very mandrakizay.

(Ny fitoviana amin'Andriamanitra sy ny andraikitra ara-moraly: Genesisy 1:26-27; 2:16-17; Deotoronomia 28:1-2; 30:19; Josoa 24:15; Salamo 8:3-5; Isaia 1:8-10; Jeremia 31:29-30; Ezekiela 18:1-4; Mika 6:8; Romana 1:19-20; 2:1-16; 14:17-12; Galatiana 6:7-8

(Tsy fahafahana araka ny natiora: Joba 14:4; 15:14: Salamo 14:1-4: 51:5; Jaona 3:6a; Romana 3:10-12; 5:12-14, 20a; 7:14-25)

(Fahasoavana maimaim-poana sy ny asan'ny finoana: Ezekiela 18:25-26; Jaona 1:12-13; 3:6b; Asa 5:31; Romana 5:6-8, 18; 6:15-16, 23; 10:6-8; 11:22; 1 Korintiana 2:9-14; 10:1-12; 2 Korintiana 5:18-19; Galatiana 5:6; Efesiana 2:8-10; Filipiana 2:12-13; Kolosiana 1:21-23; 2 Timoty 4:10a; Titosy 2:11-14; Hebreo 2:1-3; 3:12-15; 6:4-6; 10:26-31; Jakoba 2:18-22; 2 Petera 1:10-11; 2:20-22)

## VIII. Fibebahana

**8.** Mino isika fa ny fibebahana, izay tena amin'ny fo sy amin'ny alalan'ny fiovan'ny saina tanteraka manoloana ny fahotana, isian'ny fahatsapan-tena amin'ny fahamelohana sy fialana an-tsitrapo amin'ny fahotana, dia takiana amin'ny rehetra izay lasa mpanota tamin'Andriamanitra na tamin'ny fikasana izany na tamin'ny zavatra natao. Ny Fanahin'Andriamanitra no manome an'ireo izay maniry ny hibebaka ny fanampiana feno fahasoavana hananany fo mibebaka sy fanantenana ny famindrampo, mba hinoan'ireo ny famelan-keloka sy ny fiainana ara-panahy.

(2 Tantara 7:14; Salamo 32:5-6; 51:1-17; Isaia 55:6-7; Jeremia 3:12-14; Ezekiela 18:30-32; 33:14-16; Marka 1:14-15; Lioka 3:1-14; 13:1-5; 18:9-14; Asa 2:38; 3:19; 5:31; 17:30-31; 26:16-18; Romana 2:4; 2 Korintiana 7:8-11; 1 Tesaloniana 1:9; 2 Petera 3:9)

## IX. Fanamarinana, Fahaterahana indray, ary Fananganana anaka

**9.** Mino isika fa ny fanamarinana dia asan'Andriamanitra feno fahasoavana sy amin'ny fitsarana izay anomezany famelan-keloka feno tamin'ny heloka rehetra sy fahafahana tamin'ny sazy noho ny ota natao, ary fanekena ho marina ho an'izay rehetra mino an'i Jesosy Kristy sady mandray Azy ho Tompo sy Mpamonjy.

**10.** Mino isika fa ny fahaterahana indray, na ny fahateraham-baovao, dia asan'Andriamanitra feno fahasoavana eo amin'ny natioran'ny fitondran-tenan'ny mpino nibebaka, izay nofohazina ara-panahy mba hananany fiainam-panahy miavaka ho afaka mino sy mitia ary mankatò.

**11.** Mino isika fa ny fananganana anaka dia asan'Andriamanitra feno fahasoavana ka hametrahany ny mpino nohamarinina sy nateraka indray ho zanak'Andriamanitra.

**12.** Mino isika fa ny fanamarinana, fahaterahana indray, ary ny fananganana anaka dia miara-mitranga eo amin'ny traikefa niainan'ireo mpitady an'Andriamanitra ary azo avy amin'ny finoana, ialohavan'ny fibebahana; ary koa amin'izany asa sy fahasoavana izany no ijoroan'ny Fanahy Masina vavolombelona.

(Lioka 18:14; Jaona 1:12-13; 3:3-8; 5:24; Asa 13:39; Romana 1:17; 3:21-26; 28; 4:5-9, 17-25; 5:1, 16-19; 6:4; 7:6; 8:1, 15-17; 1 Korintiana 1:30; 6:11; 2 Korintiana 5:17-21; Galatiana 2:16-21; 3:1-14, 26; 4:4-7; Efesiana 1:6-7; 2:1, 4-5; Filipiana 3:3-9; Kolosiana 2:13; Titosy 3:4-7; 1 Petera 1:23; 1 Jaona 1:9; 3:1-2, 9; 4:7; 5:1, 9-13, 18)

## X. Ny Fanamasinana manontolo

**13.** Mino isika fa ny fanamasinana manontolo dia ilay asan'Andriamanitra, aorian'ny fahaterahana indray, izay anafahana ny mpino ho afaka amin'ny fahotana tany am-boalohany, na fahasimbana tanteraka, ka ho tonga amin'ny fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra, ary natao tanteraka ilay fankatoavam-pitiavana masina.

Tanteraka amin'ny alalan'ny batisan'ny Fanahy Masina izany, ary mametraka ao anaty traikefa iray ny fanadiovana ny fo ho afaka tamin'ny fahotana, sy ny fitoeran'ny Fanahy Masina sy ny fanatrehany ary ny fanomezany hery ny mpino ho amin'ny fiainana sy asa fanompoana.

Ny fanamasinana manontolo dia nomena tamin'ny alalan'ny ràn'i Jesosy, tanterahana eo no ho eo amin'ny alalan'ny finoana, ialohavan'ny fanoloran-tena tanteraka; ary amin'izany asa sy toetry ny fahasoavana izany no ijoroan'ny Fanahy Masina vavolombelona

Ity traikefa ity dia fantatra amin'ny teny maro mampiseho ireo dingana samy hafa toy ny "fahatanterahana Kristiana," "fitiavana tanteraka," "fahadiovam-po," "batisan'ny Fanahy Masina," "fahafenoam-pitahiana," ary "fahamasinana Kristiana."

**14.** Mino isika fa misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny fo madio sy ny toetra matotra. Ilay voalohany dia azo ao anatin'ny fotoana fohy, vokatry ny fanamasinana manontolo; ilay farany kosa dia vokatry ny fitomboana amin'ny fahasoavana.

Mino isika fa ny fahasoavan'ny fanamasinana manontolo dia ahitana ny faniriana lalina hitombo amin'ny fahasoavana. Na izany aza, izany faniriana lalina izany dia tsy maintsy fahanana amim-pitandremana, ary tsy maintsy kajiana am-pahamalinana ny zavatra ilaina sy ny fizotry ny fitomboana sy fihatsarana ara-panahy amin'ny itovizana amin' i Kristy eo amin'ny toetra sy ny maha-izy azy. Raha tsy misy ny ezaka ombam-pikasana toy izany dia mety ho simba ny fijoroana vavolombelona ataon'ny olona iray ary hanahirana azy ny fahasoavana noho izany ka ho very.

(Jeremia 31:31-34; Ezekiela 36:25-27; Malakia 3:2-3; Matio 3:11-12; Lioka 3:16-17; Jaona 7:37-39; 14:15-23; 17:6-20; Asa 1:5; 2:1-4; 15:8-9; Romana 6:11-13, 19; 8:1-4, 8-14; 12:1-2; 2 Korintiana 6:14–

7:1; Galatiana 2:20; 5:16-25; Efesiana 3:14-21; 5:17-18; 25-27; Filipiana 3:10-15; Kolosiana 3:1-17; 1 Tesaloniana 5:23-24; Hebreo 4:9-11; 10:10-17; 12:1-2; 13:12; 1 Jaona 1:7, 9)

(“Fahatanterahana Kristiana,” “fitiavana tanteraka”: Deotoronomia 30:6; Matio 5:43-48; 22:37-40; Romana 12:9-21; 13:8-10; 1 Korintiana 13; Filipiana 3:10-15; Hebreo 6:1; 1 Jaona 4:17-18“Fahadiovam-po”: Matio 5:8; Asa 15:8-9; 1 Petera 1:22; 1 Jaona 3:3
“Batisan’ny Fanahy Masina”: Jeremia 31:31-34; Ezekiela 36:25-27; Malakia 3:2-3; Matio 3:11-12; Lioka 3:16-17; Asa 1:5; 2:1-4; 15:8-9

“Fahafenoam-pitahiana”: Romana 15:29

“Fahamasinana Kristiana”: Matio 5:1-7:29; Jaona 15:1-11; Romana 12:1–15:3; 2 Korintiana 7:1; Efesiana 4:17–5:20; Filipiana 1:9-11; 3:12-15; Kolosiana 2:20-3:17; 1 Tesaloniana 3:13; 4:7-8; 5:23; 2 Timoty 2:19-22; Hebreo 10:19-25; 12:14; 13:20-21; 1 Petera 1:15-16; 2 Petera 1:1-11; 3:18; Joda 20-21)

## XI. Ny Fiangonana

**15.** Mino ny fiangonana isika, dia ny fiombonan’ireo izay manaiky an’i Jesosy Kristy ho Tompo, ireo olon’ny faneken’Andriamanitra nohavaozina tao amin’i Kristy, ny tenan’i Kristy nantsoina ho iray tamin’ny Fanahy Masina tamin’ny alalan’ny Teny.

Nantsoin'Andriamanitra ny fiangonana mba hanambara ny fiainany ao amin’ny firaisana sy ny fiarahana amin’ny Fanahy; ao amin’ny fanompoam-pivavahana amin’ny alalan’ny fitoriana ny Teny, fanarahana ny sakramenta, sy ny asa fanompoana amin’ny anarany; amin’ny fankatoavana an’i Kristy sy ny fifampitokisana.

Ny iraky ny Fiangonana eto amin’izao tontolo izao dia ny mba hanohy ny asam-panavotana nataon’i Kristy ao amin’ny herin’ny Fanahy amin’ny alalan’ny fiainana masina, fitoriana ny filazantsara, ny fanaovana mpianatra, ary ny asa fanompoana.

Ny Fiangonana dia zavatra tena misy tokoa ara-tantara, izay miforona mifanaraka amin’ny endri-kolontsaina misy, ary misy izy amin'ny maha-fiangonana eo an-toerana sy amin'ny maha fiangonana maneran-tany azy; izy koa dia manokana olona nantsoin’Andriamanitra ho amin’ny asa fanompoana manokana. Nantsoin'Andriamanitra ny fiangonana mba hiaina eo ambanin’ny fanapahany eo am-piandrasana ny fiafaran’izao tontolo izao amin’ny fiverenan’i Jesosy Kristy Tompontsika.

(Eksodosy 19:3; Jeremia 31:33; Matio 8:11; 10:7; 16:13-19, 24; 18:15-20; 28:19-20; Jaona 17:14-26; 20:21-23; Asa 1:7-8; 2:32-47; 6:1-2; 13:1; 14:23; Romana 2:28-29; 4:16; 10:9-15; 11:13-32; 12:1-8; 15:1-3; 1 Korintiana 3:5-9; 7:17; 11:1, 17-33; 12:3, 12-31; 14:26-40; 2 Korintiana 5:11–6:1; Galatiana 5:6, 13-14; 6:1-5, 15; Efesiana 4:1-17; 5:25-27; Filipiana 2:1-16; 1 Tesaloniana 4:1-12; 1 Timoty 4:13; Hebreo 10:19-25; 1 Petera 1:1-2, 13; 2:4-12, 21; 4:1-2, 10-11; 1 Jaona 4:17; Joda 24; Apokalypsy 5:9-10)

## XII. Batisa

**16.** Mino isika fa ny batisa Kristiana, izay nandidian’ny Tompo dia sakramenta manambara ny fanekena ny fitahiana avy amin’ny asa fanavotana nataon’i Jesosy Kristy, ary tanterahina amin’ny mpino mba ho fanambarany ny finoany an’i Jesosy Kristy ho Mpamonjy azy, ary fikasam-pankatoavana feno amin'ny fahamasinana sy ny fahamarinana.

Ny Batisa amin’ny maha-mariky ny fanekena vaovao azy, dia azo atao batisa ny zaza madinika, araka ny fangatahan’ny ray aman-dreny na mpitaiza izay hiantoka azy ireo amin’ny fitaizana Kristiana ilaina.

Ny Batisa dia azo atao amin’ny alalan’ny famafazana rano, fandrarahana rano, na fanitrihana anaty rano, araka izay safidin’ilay olona hatao batisa.

(Matio 3:1-7; 28:16-20; Asa 2:37-41; 8:35-39; 10:44-48; 16:29-34; 19:1-6; Romana 6:3-4; Galatiana 3:26-28; Kolosiana 2:12; 1 Petera 3:18-22)

## XIII. Ny Fanasan'ny Tompo

**17.** Mino isika fa ny Latabatra iraisana sy natao ho fahatsiarovana izay napetrak'ilay Jesosy Kristy Tompontsika sy Mpamonjy dia tena sakramentan'ny Testamenta Vaovao tokoa, manambara ny amin'ny fahafatesam-pisoronany izay nahatonga ny mpino hanana fiainana sy famonjena ary ny fanantenana ny amin'ny fitahiam-panahy rehetra ao amin'i Kristy. Izany dia natao manokana ho an'ireo izay niomana ho amin'ny fankasitrahana feno fanajana ny maha-zava-dehibe izany, ary amin'ny alalan'izany no anehoan'izy ireo ny fahafatesan'ny Tompo mandra-pihaviny. Amin'ny maha-fanasana iraisana azy, dia ireo izay manana finoana an'i Kristy sy fitiavana ny olona masina ihany no antsoina mba handray anjara amin'izany.

(Eksodosy 12:1-14; Matio 26:26-29; Marka 14:22-25; Lioka 22:17-20; Jaona 6:28-58; 1 Korintiana 10:14-21; 11:23-32)

## XIV. Ny Fanasitranana avy amin'Andriamanitra

**18.** Mino isika ny amin'ny foto-pampianaran'ny Baiboly momba ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ary amporisihantsika ny olontsika mba hikatsaka ny hivavaka amin'ny finoana ho fanasitranana ny marary. Mino koa isika fa Andriamanitra dia manasitrana amin'ny alalan'ny fahaizana ara-pitsaboana amin'ny fanafody vita ara-tsiansa.

(2 Mpanjaka 5:1-19; Salamo 103:1-5; Matio 4:23-24; 9:18-35; Jaona 4:46-54; Asa 5:12-16; 9:32-42; 14:8-15; 1 Korintiana 12:4-11; 2 Korintiana 12:7-10; Jakoba 5:13-16)

## XV. Ny Fiverenan'i Kristy Fanindroany

**19.** Mino isika fa Jesosy Kristy Tompo dia hiverina indray; ka isika izay velona amin'ny fotoana iverenany dia tsy hialoha làlana ireo izay efa nodimandry ao amin'i Kristy Jesosy akory; fa, raha mitoetra ao Aminy isika, dia ho entina miaraka amin'ireo olo-masina mitsangana ireo mba hihaona amin'ny Tompo eny amin'ny rahona, mba hiarahantsika amin'ny Tompo mandrakizay.

(Matio 25:31-46; Jaona 14:1-3; Asa 1:9-11; Filipiana 3:20-21; 1 Tesaloniana 4:13-18; Titosy 2:11-14; Hebreo 9:26-28; 2 Petera 3:3-15; Apokalypsy 1:7-8; 22:7-20)

## XVI. Fitsanganana, Fitsarana, ary Fiafarana

**20.** Mino isika ny amin'ny fitsanganan'ny maty, ka ny vatan'ny marina sy ny tsy marina dia samy hitsangana ary hitambatra amin'ny fanahiny–"Ireo izay nanao ny tsara dia ho any amin'ny fitsanganana amin'ny maty ho amin'ny fiainana fa ireo nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fahaverezana mandrakizay."

**21.** Mino isika ny amin'ny fitsarana ho avy izay isehoan'ny olona rehetra eo anatrehan'Andriamanitra mba hotsaraina araka ny zavatra vitany teto amin'ity fiainana ity.

**22.** Mino isika fa ny fiainana be voninahitra sy mandrakizay dia azo antoka ho an'ireo izay mino sy nanaraka tamim-pankatoavana an'i Jesosy Kristy Tompontsika; ary ireo izay tsy nibebaka mihitsy dia hijaly mandrakizay any amin'ny helo.

(Genesisy 18:25; 1 Samoela 2:10; Salamo 50:6; Isaia 26:19; Daniela 12:2-3; Matio 25:31-46; Marka 9:43-48; Lioka 16:19-31; 20:27-38; Jaona 3:16-18; 5:25-29; 11:21-27; Asa 17:30-31; Romana 2:1-16; 14:7-12; 1 Korintiana 15:12-58; 2 Korintiana 5:10; 2 Tesaloniana 1:5-10; Apokalypsy 20:11-15; 22:1-15)

## NY FIANGONANA

### I. Ny Fiangonana Ankapobeny

**23.** Ny Fiangonan'Andriamanitra dia ahitana ireo olona rehetra nateraka indray ara-panahy, ireo izay voasoratra any an-danitra ny anarany.

### II. Ny Fiangonana isanisany

**24.** Ny fiangonana isanisany dia ahitana ireo olona nateraka indray ka noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy noho ny fitarihan'ny Fanahy Masina, dia lasa tafaray ho amin'ny fiombonana sy ho amin'ny asa fanompoana masina izy ireo.

### III. Ny Fiangonan'ny Nazareana

**25.** Ny Fiangonan'ny Nazareana dia ahitana ireo olona izay efa nanaiky an-tsitrapo ny hikambana ho iray araka ny foto-pampianarana sy ny fitsipik'io fiangonana voalaza io, sy ireo izay mikatsaka ny fiarahana Kristiana feno fahamasinana, sy ny fiovam-pon'ny mpanota, ny fanamasinana tanteraky ny mpino, ny fiorenana tsara amin'ny fahamasinana, ary ny fahatsorana sy hery ara-panahy nisy tamin'ny fiangonana voalohany tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, miaraka amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra

### IV. Fanambarana ny fiaikem-pinoana

**26.** Ny fiaikena fa ny zo sy ny tombontsoan'ny olona amin'ny maha mpikambana azy ao amin'ny fiangonana dia mipetraka amin'ny hoe tena nateraka indray tokoa ve izy, koa dia takiantsika ho zava-dehibe fototra amin'ny traikefa Kristiana ny fanambarana ny finoana toy izany. Heverintsika noho izany, fa ampy ireto filazana voafintina manaraka ireto. Isika dia mino:

**26.1.** An'Andriamanitra tokana–Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.

**26.2.** Fa ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao, dia nomena tamin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra tanteraka, ary ahitana ny fahamarinana rehetra ilaina ho amin'ny finoana sy ny fiainana Kristiana.

**26.3.** Fa ny olombelona dia teraka amin'ny toetram-pahalavoana, ka noho izany dia mirona any amin'ny ratsy, ary mitohy hatrany hatrany izany.

**26.4.** Fa ny olona tsy nibebaka mihitsy dia tsy hisy fanantenana ary ho very mandrakizay.

**26.5.** Fa ny asa fanavotana tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy dia natao ho an'ny taranak'olombelona rehetra; ka na iza na iza mibebaka sy mino an'i Jesosy Kristy Tompo dia hamarinina ary ateraka indray ary voavonjy amin'ny fanapahan'ny ota.

**26.6.** Fa ny mpino dia natao hohamasinina tanteraka, aorian'ny fahaterahana indray, amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompo.

**26.7.** Fa ny Fanahy Masina no mijoro vavolombelona manambara ny amin'ny fahateraham-baovao, ary koa ny amin'ny fanamasinana manontolo ny mpino.

**26.8.** Fa ny Tompontsika dia hiverina indray, ary ny maty dia hatsangana, ary hisy ny fitsarana farany.

## V. [Fitsipika Ankapobeny] *Fanekena ny amin'ny Toetra Kristiana*[2]

**27.** Ny hamantarana ny maha iray amin'ny fiangonana hita maso no tombontsoa feno fitahiana sy adidy
masina ho an'ireo rehetra izay voavonjy tamin'ny fahotana ka mikatsaka ny fahafenoana ao amin'i Jesosy Kristy. Takiana amin'ireo rehetra izay te-hiditra amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ka te-hiara-mamindra akaiky amintsika amin'izany ny hanehoan'izy ireo ny porofo mivaingan'ny famonjena azy tamin'ny fahotany, amin'ny alalan'ny fandehanana araka an'Andriamanitra sy amin'ny finoana sy fanajana Azy; ary koa ho voadio, na haniry fatratra ny ho voadio amin'ny ota mitoetra ao anaty. Hampiseho ny fanoloran-tenany ho an'Andriamanitra izy ireo–

**27.1**. VOALOHANY. Amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny zavatra voasoratra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, izay fitsipika mifehy antsika ny amin'ny finoana sy ny fanaovan-javatra, dia ny:

(1) Fitiavana an'Andriamanitra amin'ny fo rehetra, saina rehetra, fanahy rehetra, hery rehetra, ary fitiavana ny namana tahaka ny tena (Eksodosy 20:3-6; Levitikosy 19:17-18; Deotoronomia 5:7-10; 6:4-5; Marka 12:28-31; Romana 13:8-10).

(2) Manaitra ny sain'ireo mbola tsy voavonjy amin'ny fanambarana ny filazantsara, manasa azy ireo mba ho ao an-tranon'ny Tompo, ary miezaka ny hitondra azy ireo amin'ny famonjena (Matio 28:19-20; Asa 1:8; Romana 1:14-16; 2 Korintiana 5:18-20).

(3) Miezaka ny hihavana amin'ny olona rehetra (Efesiana 4:32; Titosy 3:2; 1 Petera 2:17; 1 Jaona 3:18).

(4) Miantra ireo mpianakavin'ny finoana, ka mifampitondra amim-pitiavana (Romana 12:13; Galatiana 6:2, 10; Kolosiana 3:12-14).

(5) Miezaka manao ny tsara ho an'ny tena sy ny fanahin'ny olona, mamahana ny noana, mampitafy ireo izay mitanjaka, mamangy ireo izay marary sy any am-ponja, ary manohana ireo izay tsy manana, araka izay tombony sy fahafahana nomena anao (Matio 25:35-36; 2 Korintiana 9:8-10; Galatiana 2:10; Jakoba 2:15-16; 1 Jaona 3:17-18).

(6) Mandray anjara amin'ny fanohanana ny asa fanompoana sy ny fiangonana ary ny asa ataony amin'ny alalan'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra (Malakia 3:10; Lioka 6:38; 1 Korintiana 9:14; 16:2; 2 Korintiana 9:6-10; Filipiana 4:15-19).

(7) Mankatò am-pahatokiana ny didin'Andriamanitra, sy ny lalam-pahasoavana, ao anatin'izany ny fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra iarahan'ny rehetra (Hebreo 10:25), ny fitoriana ny Teny (Asa 2:42), ny sakramentan'ny Fanasan'ny Tompo (1 Korintiana 11:23-30); ny fandinihana sy ny fisaintsainana ny Soratra Masina (Asa 17:11; 2 Timoty 2:15; 3:14-16); ary ny fanokanana fotoana ho an'Andriamanitra ataon'ny tena manokana na miaraka amin'ny fianakaviana (Deotoronomia 6:6-7; Matio 6:6).

**27.2.** FAHAROA. Fialana amin'ny karazan-dratsy rehetra, ao anatin'izany ny:

(1) Fanononana foana ny anaran'Andriamanitra (Eksodosy 20:7; Levitikosy 19:12; Jakoba 5:12).

(2) Fanaovana tsinontsinona ny andron'Andriamanitra amin'ny fanaovana ny fanaon'izao tontolo izao izay tsy ilaina akory, amin'ny alalan'ny fanaovan-javatra izay

[2] Ny fanovana ny lalàm-panorenana neken'ny fihaonambe tamin'ny 2005 dia eo ambany fanitsiana izay ataon'ny fivorian'ny distrika amin'ny fotoana nanaovana printy izany. Araka izay fanovana natao, ny sora-mandry dia teny vaovao ary ny teny ao anaty fonosana [ ] dia teny nofoanana.

manimbazimba ny fahamasinan'izany andro izany. (Eksodosy 20:8-11; Isaia 58:13-14; Marka 2:27-28; Asa 20:7; Apokalypsy 1:10).

(3) Faharatsiana eo amin'ny firaisana ara-nofo, toy ny firaisana ara-nofo mialoha sy any ivelan'ny fanambadiana, faharatsiana amin'ny endriny rehetra, na tsy fahaizana mitondra tena tsara (Eksodosy 20:14: Matio 5:27-32; 1 Korintiana 6:9-11; Galatiana 5:19; 1 Tesaloniana 4:3-7).

(4) Ny fahazarana na fanao izay manimba ny vatana sy ny saina. Ny Kristiana dia tokony hihevitra ny tenany ho toy ny Tempolin'ny Fanahy Masina (Ohabolana 20:1; 23:1-3; 1 Korintiana 6:17-20; 2 Korintiana 7:1; Efesiana 5:18).

(5) Ny fifandirana, ny famaliana ratsy ny ratsy, ny fifosana, ny fanendrikendrehana, ny fampielezana fanaratsiana ny hafa (2 Korintiana 12:20; Galatiana 5:15; Efesiana 4:30-32; Jakoba 3:5-18; 1 Petera 3:9-10).

(6) Ny tsy fahamarinana, ny fanararaotana amin'ny fividianana sy ny fivarotana, ny fijoroana vavolombelona mandainga, ny fitiavana ny asan'ny maizina (Levitikosy 19:10-11; Romana 12:17; 1 Korintiana 6:7-10).

(7) Ny fisian'ny fireharehana amin'ny fitafy na amin'ny fomba fiaina. Ny olontsika dia natao hitafy amim-pahatsorana sy am-pahamendrehana izay manjary lasa fahamasinana (Ohabolana 29:23, 1 Timoty 2:8-10; Jakoba 4:6; 1 Petera 3:3-4; 1 Jaona 2:15-17).

(8) Mozika, literatiora, ary fialamboly izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra (1 Korintiana 10:31; 2 Korintiana 6:14-17; Jakoba 4:4).

**27.3**. FAHATELO. Amin'ny fitoerana amin'ny fifandraisana am-po amin'ny fiangonana, tsy manohitra fa manolo-tena tanteraka ho amin'ny foto-pampianarana sy ny fampiasana azy ary mandray anjara mavitrika amin'ny fijoroana vavolombelona sy ny fanatrarana ny hafa amin'ny fampielezana ny filazantsara (Efesiana 2:18-22; 4:1-3; 11-16; Filipiana 2:1-8; 1 Petera 2:9-10).

********

## TOKO MOMBA NY FANDAMINANA SY FITONDRANA

### Andininy I. Endriky ny Fitondrana

**28**. Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manana endrika fisoloan-tena eo amin'ny fitondrana.

**28.1.** Manaiky isika ny amin' ny ilana ny fisian'ny mpitantana izay hameno sy hanohana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fanatanterahany ny iraka sy ny zava-kendreny. Ny mpitantana dia hampiorina ny fitondran-tena tsara, hanome risi-po, hanome tanana amin'ny fitantanana sy ny fanampiana amin'ny fomba fiasa, ary mandrindra sy mamporisika ny fandrindrana ny fiangonana vaovao sy ny fanefana iraka amin'ny toerana rehetra.

**28.2.** Manaiky isika fa ny fahefana izay nomena ny mpitantana dia tsy natao hanelingelina ny asa manokana ataon'ny fiangonana efa voarindra tsara. Ny fiangonana tsirairay dia hanana ny zony hifidy ny mpitandriny, ho eo amban'izany fankatoavana izany araka izay heverin'ny fihaonambe ho fahendrena ny amin'izay hapetraka eo. Ny fiangonana tsirairay dia tokony hifidy solontena ho amin'ireo fivoriana isan-karazany, hitantana ny volany samirery, ary hiandraikitra ny zavatra rehetra amin'ny fiainany eo an-toerana sy ny asany.

### Andininy II. Fiangonana eo an-toerana

**29.** Ny maha mpikambana ny fiangonana eo an-toerana iray dia ahitana ireo olona rehetra izay efa voarindran'ireo nomena fahefana hanao izany ho fiangonana ary efa noraisin'ireo

izay manana fahefana manokana ho amin'izany, aorian'ny fanambarany am-pahibemaso ny traikefany ny amin'ny famonjena, ny finoany ny amin'ny foto-pampianarantsika, ary ny fahavononany hanaiky ny fitondrantsika (100-107)

### Andininy III. Fivorian'ny Distrika

**30.** Ny Fihaonambe dia handrindra ny mpikambana amin'ny fiangonana ho fivorian'ny distrika, amin'ny fanolorana ireo solontena avy amin'ny laika sy ny mpanompo ho ao anatin'izany araka izay itsaran'ny Fihaonambe azy ho ara-drariny sy marina, ary hamariparitra ny toetra takiana amin'ny solontena toy izany raha toa ireo mpanompo voatokana sy voatendry rehetra ireo dia mpikambana ao amin'ny fivorian'ny distrika. Ny Fihaonambe ihany koa dia hametraka fetra amin'ny fizaram-paritry ny distrika, ary hamaritra ny hery sy ny adidin'ny fivorian'ny distrika. (200-5.6)

### Andininy IV. Ny Fihaonambe

**31.1. Ahoana no mandrafitra azy.** Ny Fihaonambe dia ahitana ireo solontena laika sy ireo mpanompo amin'ny isa mitovy, izay voafidin'ny fivorian'ny distrikan'ny Fiangonan'ny Nazareana ho ao amin'izany; ny mpikambana avy hatrany izay mazàna tendren'ny Fihaonambe; ary koa ireo solontenan'ny distrika izay eo ambany fitantanan'ny Misiona Maneran-tany sy ny komitin'ny Iraka/Fitoriana filazantsaran'ny Fiangonan'ny Nazareana any Kanada sy ETAZONIA izay nofidiana araka izay tapaka tamin'ny fihaonambe.

**31.2. Fifidianana solontena.** Ao amin'ny fihaonan'ny distrika, ao anatin'ny 16 volana mialohan'ny hanaovana ny Fihaonambe na ao anatin'ny 24 volana amin'ny toerana izay ilàna fikarakarana ny fahazoan-dalana amin'ny fivezivezena na ilàna fiomanana manokana, dia fidiana amin'ny isa mitovy ny solontena laika sy mpanompo eo an-toerana, araka izay mety hatolotry ny Fihaonambe, raha toa ny solontena mpanompo ka mpanompo efa voatokana sy manana andraikitra eo amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ny fizaram-paritry ny distrika tsirairay ao amin'ny dingana fahatelo dia anomezana alalana farafahakeliny mpanompo iray sy laika iray ho solontena, ary ny solontena fanampiny tahaka izany dia ny isan'ny mpikambana ao aminy no hamerana azy araka izay fepetra takiana amin'ny fisoloana tena izay apetraky ny Fihaonambe. Ny fizaram-paritry ny distrika tsirairay dia hifidy solontena mpisolo toerana tsy mihoatra ny isan'ireo. (203.23, 301-1.1)

**31.3. Ny taratasy Fanamarinana.** Ny mpitantsoratra amin'ny fihaonan'ny distrika tsirairay dia tsy maintsy hanome taratasy fanamarinana ny fifidianana amin'ireo solontena sy solontena mpisolo toerana izay nofidina ho any amin'ny Fihaonambe, ary koa handefa taratasy fanamarinana izany fifidianana izany avy hatrany any amin'ireo sekretera jeneralin'ny Fiangonan'ny Nazareana aorian'ny fifaranan'ny fihaonan'ny distrika.

**31.4. Ny Isa tratrarina (Quorum).** Rehefa mandeha ny Fihaonambe, ny maro an'isa amin'ireo solontena voafidy ho amin'izany no mandrafitra ny isa tratrarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny zavatra dinihina. Rehefa voapetraka ilay isa tratrarina, na vitsy aza ny olona tonga amin'ny fivoriana manaraka dia afaka manao ny fankatoavana amin'ny zavatra sisa mbola tsy nodinihana izy ireo, ary mirava ny fivoriana avy eo.

**31.5. Ny Mpitantana Foibe.** Hifidy Mpitantana Foibe betsaka araka izay mety hilaina amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina avy amin'ireo loholon'ny Fiangonan'ny Nazareana ny Fihaonambe, izay handrafitra ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Izay mety ho fahabangan-toerana ao amin'ny biraon'ny Mpitantana Foibe eo amin'ny fotoana manelanelana ny

fihaonambe dia hofenoina amin’ny roa ampahatelon’ny vato amin'ny fifidianana ataon’ny Birao Foiben’ny Fiangonan’ny Nazareana. (305.2, 316)

**31.6. Ny Filoha mpitarika ny fivoriana.** Ny Mpitantana Foibe izay voatendrin’ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia hitarika ny fivoriana isan’andro amin'ny Fihaonambe. Saingy raha tsy tonga na tsy nisy Mpitantana Foibe voatendry dia hifidy ny iray amin’ireo mpikambana ao aminy izy ireo ho mpitarika vonjy maika ny Fihaonambe. (300.1)

**31.7. Fitsipi-pandaminana.** Ny Fihaonambe dia hametraka fitsipi-pandaminana hitondrana ny fomba fandrindrana, ny fomba fanaovan-draharaha, ny komity, ary ireo zavatra hafa rehetra izay mifandraika amin’ny fitondrana mirindra ny raharaha. Izy io no ho mpitsara amin'ny fifidianana sy amin'ny toetra ilaina ho an'ny mpikambana ao aminy. (300.2-0.3)

**31.8. Fitsarana Ambony Foibe.** Hifidy ny fitsarana ambony foibe avy amin’ireo mpikambana ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana ny Fihaonambe ary hamaritra ny fahefampitsarany sy ny heriny. (305.7)

**31.9. Fahefana sy Fetra tsy azo ihoarana.**

(1) Ny Fivoriambe dia hanana fahefana amin'ny fanaovana lalàna ho an’ny Fiangonan’ny Nazareana, ary hanao fitsipika sy fandaminana ho an’ny sampana rehetra mifandray na miaramiasa aminy amin’ny endriny rehetra, kanefa tsy mifanohitra amin'ity Lalàm-panorenana ity. (300, 305-5.9)

(2) Tsy misy Fiangonana eo an-toerana izay tsy manana zo hiantso izay ho mpitandriny, izay mbola fankatoavana ary raha hitan'ny Fihaonambe fa mahasahana izany asa izany izy. (115)

(3) Ny fiangonana rehetra eo an-toerana, ireo tompon’andraikitra, ireo mpanompo, ireo laika dia hanana zo hiatrika ny fitsarana ara-drariny ary hampiakatra fitoriana.

## FANITSIANA

**32.** Ny fanolorana ity Lalàm-panorenana ity dia azo ovaina na ahitsy raha eken’ny roa ampahatelon’ny vato amin'ny fifidianana ataon'ny mpikambana [rehetra] *tonga manatrika sy mandatsa-bato* ao amin’ny Fihaonambe, ary raha eken’ny tsy latsaky ny roa ampahatelon’ny fihaonan’ny distrika rehetra ao amin’ny dingana Fahatelo sy ny Dingana Faharoa ao amin’ny Fiangonan'ny Nazareana. Samy afaka manapa-kevitra na ny Fihaonambe na ny fivorian’ny distrika ao amin’ny dingana Fahatelo na ny dingana Faharoa ny amin’ny fonoloran-kevitra amin'ny [fanamboarana na] fanitsiana toy izany. Raha vao nekena [ny fanamboarana na] ny fanitsiana araka izay natolotra, dia hambara ny vokatry ny fifidianana ka ny Birao Mpitantana Foibe no manambara izany mba hanankery sy hihatra avy hatrany izany [fanamboarana na] fanitsiana izany.[3]

[3] Ny fanovana ny lalàm-panorenana neken’ny fihaonambe tamin’ny 2005 dia eo ambany fanitsiana izay ataon’ny fivorian’ny distrika amin’ny fotoana nanaovana printy izany. Araka izay fanovana natao, ny soramandry dia teny vaovao ary ny teny ao anaty fonosana [ ] dia teny nofoanana

FIZARANA III

# Ny Fanekena amin'ny Fitondran-tena Kristiana

**NY FIAINANA KRISTIANA**

**FANAMBADIANA SY FISARAHAM-PANAMBADIANA ARY/NA NY FANAFOANANA NY FANAMBADIANA**

**NY FAHAMASINAN'NY FIAINAN'OLOMBELONA**

**FIRAISANA ARA-NOFON'OLOMBELONA**

**FITANTANANA KRISTIANA**

**IREO MPIANDRAIKITRA AO AMIN'NY FIANGONANA**

**FITSIPI-PANDAMINANA**

**FANITSIANA NY FANEKENA AMIN'NY FITONDRAN-TENA KRISTIANA**

## A. Ny Fiainana Kristiana

**33.** Manambara am-pifaliana ny vaovao mahafaly ny fiangonana fa isika dia mety ho afaka amin'ny fahotana rehetra ho amin'ny fiainana vaovao ao amin'i Kristy. Amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra, isika Kristiana dia natao "hiala ny toetra taloha"–ilay fitondran-tena taloha sy ny fisainana ara-nofo taloha–ary natao "hitafy ny toetra vaovao"–ilay fomba fiainana vaovao sy masina ary koa ny fisainan'i Kristy. (Efesiana 4:17-24)

**33.1.** Ny tanjon'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ny hampifandray ny fahamarinana ara-Baiboly amin'ny fiaraha-monina ankehitriny amin'ny fomba izay mahatonga ny foto-pampianarana sy ny faneken'ny fiangonana ho fantatra sy ho azo any amin'ny toerana maro sy any amin'ny kolontsaina samihafa. Tazoninay koa ny hevitra milaza fa ny Didy Folo, izay voalaza indray ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia mamaritra ny etika Kristiana fototra ka tsy maintsy hankatoavina amim-pitandremana fatratra.

**33.2.** Ekena ihany koa fa misy ny fahamarinana eo amin'ny fomba fijery ny amin'ny feon'ny fieritreretana Kristiana itambarana araka ny fanazavana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Ny Fiangonan'ny Nazareana, amin'ny fiheverana iraisan'ny rehetra azy ho Tenan'i Kristy, dia manaiky ny andraikiny amin'ny fikatsahana làlana hahatonga ny fiainana Kristiana hiavaka mba hitarika ho any amin'ny etikan'ny fahamasinana. Ny fenitry ny fiangonana ara-etika sy ara-tantara dia voambara ao amin'ireto loha hevitra manaraka ireto. Tokony arahina tsara amim-pitandremana izy ireo ho toy ny tari-dalana sy fanampiana ho amin'ny fiainana masina. Ireo izay mandika ny feon'ny fieritreretan'ny fiangonana dia hanao izay hahavery ny tenany sy hahasimba ny fijoroana vavolombelon'ny fiangonana. Ny fanamboarana manaraka fepetra sy ara-kolotsaina dia tsy maintsy ampifanarahina sy ankatoavin'ny Biraon'ny mpitantana foibe.

**33.3.** Amin'ny fanaovana lisitra ireo fanao izay tsy maintsy ialana dia ekentsika fa tsy misy boky mahalaza, izay azo antenaina hahafaoka ny endri-paharatsiana rehetra eto amin'izao tontolo izao. Noho izany dia zavatra tsy azon'ny olontsika ialana ny mikatsaka fatratra ny fanampian'ny Fanahy amin'ny fambolena ao anaty ny tsy fahazakana ny ratsy izay mihoatra lavitra ny maha-soratra fotsiny ny lalàna; amin'ny fitadidiana izao fananarana izao: "Fantaro ny zavatra rehetra; hazony mafy izay tsara. Fadio ny fanao ratsy rehetra." (1 Tesaloniana 5:21-22)

**33.4.** Ny mpitarika sy ny mpitandrina ao amintsika dia antenaina fa hanindry mafy ao amin' ireo gazety isan-kerin'andro sy eny amin'ny pilipitra ny fahamarinana ara-Baiboly fototra toy izany mba hampivelatra ny fahaizana manavaka ny ratsy sy ny tsara.

**33.5.** Ny fanabeazana no zava-dehibe indrindra amin'ny fahatsaran'ny fiaraha-monina ara-tsôsialy sy ara-panahy. Manana adidy ny hanabe ny olon-drehetra ny sekolim-bahoaka. Voafetra anefa ireo, raha ny amin'ny fahafaha-manaon'izy ireo ary raha ny marina dia voararan'ny lalàn'ny fitsarana ny fampianarana zavatra fototra momba ny Finoana Kristiana. Ny seha-panabeazana sy fampianarana Nazareana toy ny Sekoly Alahady, ny fampianarana isan'andro, ny fianarana ambony, sy seminera, dia antenaina hampianatra ny ankizy, ny tanora, ary ny olon-dehibe ny fitsipika fototra ara-Baiboly sy fenitra ara-etika mba ahafahana mampahafantatra ny foto-pampianarantsika. Izany fanao izany no hasolo na hanampy ny sekolim-bahoaka izay matetika mampianatra ny fanindrahindrana ny maha-olona amin'ny fijerin'izao tontolo izao ka tsy mahavita mampianatra ny hevi-dehibe momba ny fiainana feno fahamasinana. Ny fanabeazana avy amin'ny sekolim-bahoaka dia tokony hofenoina amin'ny

fampianarana momba ny fahamasinana any an-tokatrano. Ny Kristiana koa dia tokony amporisihina mba hiasa eny amin'ny toeram-panabeazam-bahoaka sy hiara miasa amin'izy ireny ka hijoro vavolombelona sy hitarika ireny toerana ireny ho amin'ny fanjakan'Andriamanitra. (Matio 5:13-14)

**34.** Hifikirantsika tsara fa ireto fanao manaraka ireto dia tokony hialàna:

**34.1. Ny fialam-boly izay manimba ny etika Kristiana**. Ny olontsika, amin'ny maha-Kristiana azy manokana sy ny maha ao amin'ny fianakaviana Kristiana azy, dia tokony hitondra ny tenany amin'ny alalan'ny foto-kevitra telo. Ny voalohany dia ny fahaiza-mitantana Kristiana eo amin'ny fotoana fialam-boly. Ny foto-kevitra faharoa dia ny fiheverana ny tsy maintsy hampiharan'ny Kristiana ny fenitra ara-moraly ambony indrindra eo amin'ny fiainana Kristiana. Satria miaina ao anatin'ny andron'ny fikorontanan'ara-moraly lehibe isika izay iatrehantsika ny herin'ny firongatry ny ratsy amin'izao andro izao hiditra ao amin'ny tontolo anatin'ny tokatranontsika masina sy madio amin'ny alalan'ny karazan-javatra maro tahaka ny literatiora misy amin'izao fotoana, ny radio, ny televiziona, ary ny solosaina, sy ny Internet, dia zava-dehibe ny fisian'ny fiarovana mafy mba hiarovana ny tokatranontsika tsy ho tonga toy ny an'izao tontolo izao. Na izany aza dia tazonintsika fa tokony hamafisina sy hamporisihana ny fialamboly izay manambara sy mamporisika ny fiainam-pahamasinana ary milaza mazava ny mahasarobidy ny Soratra Masina. Amporisihantsika manokana ny tanorantsika hampiasa ny fanomezam-pahasoavany amin'ny fitaovan-tserasera sy amin'ny tao-kanto mba hisarika amin'ny hevitra tsara ity ampahan-kolontsaina izay mahahenika sehatra mivelatra ity. Ny foto-kevitra fahatelo dia ny tsy maintsy hijoroana vavolombelona hanoherana ny zavatra rehetra manao tsinontsinona sy maniratsira an'Andriamanitra, ary toy izany koa ny faharatsiana ara-tsôsialy toy ny hery setra, ny zavatra manetsika ny filàn'ny nofo, ny pôrnôgrafia, ny faniratsirana ny zavatra masina sy ny fanafinafenan-javatra, toy izay hita any amin'ny indostria, manao raharaham-barotra mikasika ny fialam-boly amin'ny endriny rehetra sy ny tsy maintsy hiezahana ny hampitsaharana ny orinasa izay mamokatra ny fialam-boly tahaka izany. Ao anatin'izany ihany koa ny fandosirana ny karazam-pialamboly rehetra sy ny zavatra izay vokarin'ny haino aman-jery ka mamokatra sy mampiroborobo na maneho herisetra, ny fanetsehana ny filàna ara-nofo, ny pôrnôgrafia, ny faniratsirana ny zava-masina, ny fanafinafenan-javatra na maneho na manantitra ny filôzôfian'izao tontolo izao ny amin'ny fifotorana amin'ny zavatra tsy momba ny fivavahana, fitiavana ny fanetsehena ny filàna ara-nofo, sy ny fitiavan-karena ary manao tsinontsinona ny fenitra apetrak'Andriamanitra momba ny fahamasinan'ny fo sy ny fiainana.

Mila ny fampianarana sy fitoriana ireo fenitra ara-moraly ny amin'ny fiainana Kristiana izany, ka tokony hampianarina ny olontsika mba hampiasany ny fandanjalanjana feno vavaka, amin'ny alalan'ny fisafidianana hatrany ny "làlana ambony" ho an'ny fiainana masina. Noho izany dia manao antso amin'ireo mpitarika sy mpitandrina isika mba hanindry mafy any amin'ny gazety sy eny amin'ny pilopitra ny fahamarinana fototra toy izany mba hampivelarana ny foto-pisainana enti-manavaka ny ratsy sy ny tsara ny amin'ny zavatra hita ao amin'ireny haino aman-jery ireny.

Manolo-kevitra isika fa ny fenitra nomen'ny renin'i John Wesley azy, izay amin'ny ankapobeny dia hoe "na inona na inona mampahalemy ny fisainanao, manimba ny fahalemem-panahin'ny feon'ny fieritreretanao, manamaizina ny fahatsapanao an'Andriamanitra, na manaisotra ny hatsaran'ny zavatra ara-panahy eo aminao, na inona na inona mampitombo ny fahefan'ny vatanao amin'ny sainao, izany zavatra izany dia ota

aminao," no mandrafitra ny fototra ho amin'ity fampianarana momba ny fanavahan-javatra ity. (33.2-33.4, 903.12-3.14)

(Romana 14:7-13; 1 Korintiana 10:31-33; Efesiana 5:1-18; Filipiana 4:8-9; 1 Petera 1:13-17; 2 Petera 1:3-11)

**34.2.** Ny loteria sy izay mety ho manana endrika filokana, na ara-dalàna na tsy ara-dalàna. Ny fiangonana dia mitazona fa manimba ny isam-batan'olona sy ny fiaraha-monina ny fiafaran'ireny fanao ireny.

(Matio 6:24-34; 2 Tesaloniana 3:6-13; 1 Timoty 6:6-11; Hebreo 13:5-6; 1 Jaona 2:15-17)

**34.3.** Ny maha mpikambana amin'ny fikambanana na fiaraha-monina miafina voafatotry ny fianianana. Ny fikambanana izay toa manana endri-pivavahana toy izany dia manakana ny fanoloran-tenan'ny Kristiana, ary ny fitazonany ny zava-miafina ao aminy dia mifanohitra amin'ny fijoroana vavolombelona Kristiana izay manana toetra misokatra sy mikasika ny olona manodidina.

(1 Korintiana 1:26-31; 2 Korintiana 6:14-7:1; Efesiana 5:11-16; Jakoba 4:4; 1 Jaona 2:15-17)

**34.4.** Ireo karazana dihy izay mampiala amin'ny fandrosoana ara-panahy sady mamono ny mpisakana sy mpihazona ara-moraly ny olona amin'ny zavatra tsy tokony atao.

(Matio 22:36-39; Romana 12:1-2; 1 Korintiana 10:31-33; Filipiana 1:9-11; Kolosiana 3:1-17)

**34.5.** Ny fampiasana ireo ranon-javatra mahadomelina ho fisotro, na ny fivarotana azy; ny fitarihana ho amin'izany, ny fanaovana fifidianana hankatoavana izany, na ny fanomezana toerana hivarotana izany; amin'ny fandraisana sy fivarotana zava-mahadomelina tsy ara-dalàna; fampiasana paraky amin'ny endriny rehetra.

Amin'ny fanamarinan'ny Soratra Masina sy ny traikefan'ny olona momba ny voka-dratsin'ny fampiasana ny toaka ho zava-pisotro, ary araka ny fahitan'ny fikarohana ara-pitsaboana fa misy fihantraikany manimba ny saina sy ny vatana na ny toaka na ny sigara, dia heverintsika fa tsara raha tsy mandray ireo zava-mahadomelina ireo mihitsy fa tsy hoe mandray ihany fa atao amin'ny antonony. Ampianarin'ny Soratra Masina fa Tempolin'ny Fanahy Masina ny tenantsika. Amin'ny fiheverana am-pitiavana ny tenantsika sy ny hafa, no hanangaintsika ny olontsika mba tsy hikasika ny zava-mahadomelina rehetra.

Ankoatra izany, ny andraikitsika ara-tsosialy amin'ny maha Kristiana antsika dia miantso antsika amin'ny fomba ara-drariny sy ara-dalàna mba hampienana faran'izay kely ny fahazoan'ny hafa zava-pisotro misy alikaola sy ny paraky na sigara. Ny fipariahan'ny fahafahana misotro be loatra zava-pisotro misy alikaola eto amin'ny tontolo misy antsika dia mitaky antsika handray ny toerana izay ijoroantsika amin'ny maha-vavolombelona antsika eo anatrehan'ny hafa. (903.12-3.14)

(Ohabolana 20.1; 23:29–24:2; Hosea 4:10-11; Habakoka 2:5; Romana 13:8; 14:15-21; 15:1-2; 1 Korintiana 3:16-17; 6:9-12, 19-20; 10:31-33; Galatiana 5:13-14, 21; Efesiana 5:18)

(Ny divay tsy nalona ihany no tokony ampiasaina amin'ny sakramentan'ny Fanasan'ny Tompo.) (413.11, 427.7, 428.2, 429.1, 802**)**

**34.6.** Ny fampiasana fanafody manatony saina na manaitaitra na mampitony tsy misy taratasin'ny dokotera na ny fampiasana ny fanafody nomen'ny dokotera amin'ny fatra tsy mety na diso be loatra. Tokony araka ny toro-hevitra omen'ny dokotera manam-pahaizana ihany sy eo ambany fanaraha-maso no hihinanantsika ireny fanafody ireny.

(Matio 22:37-39; 27:34; Romana 12:1-2; 1 Korintiana 6:19-20; 9:24-27)

## B. Fanambadiana sy Fisaraham-panambadiana ary/na ny Fanafoanana ny Fanambadiana [2]

---

[2]Ny hevitry ny fisaraham-panambadiana eto amin'ity fitsipika ity dia ahitana ny "fanafoanana ny fanambadiana" rehefa ampiasaina ara-panjakana ho solon'ny fisaraham-panambadiana izany.

**35.** Ny fianakaviana Kristiana, mifamatotra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, dia sehatry ny fitiavana, fifandraisana, ary fanompoana an'Andriamanitra izay tokony hampandrosoina fatratra ao amin'ny fiaraha-monina izay ahitana fatoram-pianakaviana mora mivaha. Amporisihintsika eo amin'ny asa fanompoana sy amin'ny olona ao amin'ny fiangonana ny fampianarana sy ny fanao toy izany mba hampahatanjaka sy hampivelatra ny fifamatorana eo amin'ny fianakaviana. Raha faritana manokana, dia amporisihintsika eo amin'ny asa fanompoana ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fampianarana sy ny fitoriana mazava ny planina ara-Baiboly ny faharetan'ny fanambadiana.

Ny fanorenana ny fanambadiana dia nataon'Andriamanitra tamin'ny fotoana tsy nananan'ny olombelona tsiny, ary araka ny fahefan'ny apostoly, izany dia "hanan-kaja amin'ny olona rehetra". Izany dia fifandraisana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray amin'ny fiarahana, fifanampiana, sy ho fampitohizana ny taranaka. Ny olontsika dia tokony hankamamy izany fananana voatokana ho azy izany rehefa tonga Kristiana izy, ary tsy tokony hiditra amin'izany raha tsy ao aorian'ny fivavahana ny amin'ny fitarihan'Andriamanitra, sy rehefa nekena fa ny faniriana hifandray dia mifanaraka amin'izay takian'ny Soratra Masina.

Izy ireo dia tokony hikatsaka mafy ny fitahiana izay nomen'Andriamanitra mifandraika amin'ny fanambadiana, izany hoe, ny fifandraisana masina, ny maha-ray aman-dreny, ary ny fifankatiavana–izany hoe izay ilaina amin'ny fanorenana tokantrano. Ny fanekena eo amin'ny fanambadiana dia fifamatorana ara-moraly raha samy mbola velona ny mpivady, ka ny fandikana izany dia fanimbana ny planin'Andriamanitra momba ny faharetan'ny fanambadiana.

(Genesisy 1:26-28, 31; 2:21-24; Malakia 2:13-16; Matio 19:3-9; Jaona 2:1-11; Efesiana 5:21–6:4; 1 Tesaloniana 4:3-8; Hebreo 13:4)

**35.1.** Ao amin'ny fampianarana ara-Baiboly, ny fanambadiana dia ny fanoloran-tenan'ny lahy sy ny vavy mba hiaraka ho amin'ny fiainana, ka mampiseho ny fitiavan'i Kristy lalina ny Fiangonana. Na izany aza anefa, ny fanambadiana dia natao haharitra, ary ny fisarahana dia fandikana ny fampianaran'i Kristy. Ny fandikana izany anefa dia ihoaran'ny fahasoavan'Andriamanitra izay mamela heloka rehefa katsahina amin'ny fibebahana, finoana, sy ny fanetren-tena. Ekena koa fa misy ny olona sasany izay nandalo fisaraham-panambadiana, tsy noho ny sitrapony na voatery nanao izany ho fiarovan-tena araka ny lalàna na ara-batana.

(Genesisy 2:21-24; Marka 10:2-12; Lioka 7:36-50, 16:18; Jaona 7:53–8:11; 1 Korintiana 6:9-11; 7:10-16; Efesiana 5:25-33)

**35.2.** Ireo mpanompo ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ampianarina mba hihevitra ny amin'ny fombafomba atao mba hahatonga ny fanambadiana ho ara-dalàna. Izy ireo dia hikatsaka, amin'ny fomba rehetra azo atao, mba hampita amin'ny mpiangon'izy ireo ny maha-masina ny fanambadiana Kristiana. Hanome toro hevitra mialohan'ny fanambadiana amin'ny fomba rehetra izy ireo mialohan'ny hanatanterahana ny mariazy, ao anatin'izany ny fitarihana ara-panahy araka ny tokony ho izy ho an'ireo izay efa niaina tamin'ny fisaraham-panambadiana. Ireo koa dia hitso-drano ny mariazy ho an'ny olona izay manana fototra ara-Baiboly momba ny fanambadiana ihany. (107-7.1)

**35.3.** Ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia natao hikatsaka ambavaka ny vaha olana ho enti-manavotra ny fanambadiana tsy ahitana fifaliana, mifanaraka amin'ny voady sy ny fampianaran'ny Soratra Masina, ka ny tanjona dia ny hamonjy ny tokantrano sy hiaro ny anarana tsaran'i Kristy sy ny Fiangonany. Ny mpivady izay manana olana lehibe eo amin'ny fanambadiana dia angatahina mba hikatsaka toro-hevitra sy fitarihana avy amin'ny mpitandrina sy/na ireo mpitarika ara-panahy hafa. Ny tsy fanaovana izany fomba

izany amin'ny finoana tsara sy ny fahazotoana hikatsaka ny vahaolana Kristiana, ka arahan'ny fisian'ny fisaraham-panambadiana sy ny fanambadiana indray, dia mahatonga ny mpivady ho fehezin'ny fitsipika araka ny voalaza ao amin'ny 504-4.2 sy 505.5.12.

**35.4.** Noho ny tsy fahalalana, ny ota ary ny fahalemen'ny olombelona, dia maro amin'ireo fiaraha-monina misy antsika no tsy mahatakatra ny planin'Andriamanitra. Mino isika fa Kristy dia afaka manavotra ireo olona ireo tahaka ny nataony tamin'ilay vehivavy tao amin'ny fantsakana tao Samaria, ary izany fahotana manohitra ny nanaovan'Andriamanitra ny fanambadiana izany dia tsy mametraka ny olona iray tsy ho azon'ny fahasoavan'Andriamanitra izay mamela heloka ho takarina ao amin'ny filazantsara. Amin'ny fotoana izay aharavan'ny fanambadiana arahan'ny fanambadiana indray, ireo mpivady ireo dia miaraka mikatsaka ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanampiany izay mitondra fanavotana ho an'ny fifandraisan'izy ireo ao amin'ny fanambadiana. Ny olona tahaka izany dia azo raisina ho mpikambana ao amin'ny fiangonana amin'izany fotoana izany raha toa ka hita eo amin'ny fiainany ny maha nateraka indray azy sy ny ny fahazoany ny hevitry ny fahamasinan'ny fanambadiana Kristiana. (27, 107.1)

### C. Ny Fahamasinan'ny fiainan'olombelona

**36.** Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mino ny fahamasinan'ny fiainan'olombelona ary miezaka ny hiaro azy amin'ny fanoherana ny fanalan-jaza, hanao fikarohana amin'izay mety atao eo anatrehan'ny zaza an-tsoson-koditra, famonoana ny olona efa ho faty, ary ny fandavana ny fanomezana fitsaboana ho an'ny olona manan-takaitra na zokiolona.

**Fanalan-jaza iniana atao.** Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manambara ny fahamasinan'ny fiainan'ny olombelona araka ny nanaovan'Andriamanitra Mpamorona ary mino fa izany fahamasinana izany dia miitatra hatrany amin'ny zaza mbola any am-bohoka. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny fiainana. Ny fiainan'olombelona rehetra, tafiditra ao anatin'izany ny fiainana mitombo ao an-kibo, dia noforonin'Andriamanitra hitovy endrika Aminy, ary noho izany dia mila kolokoloina, tohanana ary arovana. Manomboka amin'ny fotoana izay vao mampitsaika ny zaza iny, dia efa olombelona izy, ary miankina amin-dreniny izany fiainany izany mandritra ny fitomboany miandalana. Noho izany, mino isika fa tsy maintsy hajaina ny fiainan'ny olombelona ary mila arovana manomboka amin'ilay izy vao mitsaika iny. Toherintsika ny fomba rehetra fanalan-jaza iniana atao, rehefa ampiasaina ho an'ny tena hampetipety ny fiainana na ho famehezana ny isan'ny zaza ateraka. Toherintsika ireo lalàna izay manome alalana ny fanalan-jaza. Ny fahatsapana fa vitsy nefa misy ny fepetra ara-pitsaboana izay ahitana fa tsy afaka ny ho velona ilay reny na ilay zaza ao am-bohoka na izy roa miaraka, dia tokony hatao aorian'ny fifanoloran-tsaina eo amin'ny mpitsabo sy mpanompo ny fampitsaharana ny vohoka.

Ny andraikitra amin'ny fanoherana ny fanalan-jaza dia mitaky ny fanoloron-tenantsika ho amin'ny fanombohana sy fanohanana fandaharan'asa natao mba hikarakarana ny reny sy ny zaza. Miantso ny fivondronan'ny mpino (ny ambara eto dia ireo izay tokony ampahafantarina momba ny olana) ny olan'ny vohoka tsy niriana, mba hanolotra torohevitra momba ny fitiavana, vavaka ary fanampiana amin'ny famahana ny olana. Amin'izany, dia hanana endrika toy ny ivotoerana fanomezana torohevitra ny fanohanana, trano ho an'ny reny miandry vohoka, ary koa ny fanorenana na fampiasana sampan-draharaha misahana ny fananganan-jaza Kristiana.

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mahafantatra fa ny fiheverana ny hanala zaza ho fomba hampijanona ny vohoka tsy nahy dia matetika mitranga satria ny fenitra Kristiana momba ny

andraikitra eo amin’ny firaisana ara-nofo dia natao tsinontsinona. Noho izany ny fiangonana dia miantso ny olona mba hanaraka ny etika ao amin’ny Testamenta Vaovao araka izay anehoany ny momba ny firaisana ara-nofon’ny olombelona ary hijery akaiky ny momba ny fanalan-jaza amin’ny fametrahana izany ao anatin’ny sehatry ny foto-pisainana ara-baiboly izay mitari-dalana ho amin’ny fanapahan-kevitra ara-moraly.

(Genesisy 2:7, Eksodosy 20:13; 21:12-16; Levitikosy 18:21; Joba 31:15; Salamo 22:9; 139:3-16; Isaia 44:2, 24; 49:5; Jeremia 1:5; Lioka 1:15, 23-25; 36-45; Romana 12:1-2; 1 Korintiana 6:16; 7:1ff; 1 Tesaloniana 4:3-6)

Ny Fiangonan'ny Nazareana koa dia mahita fa maro no efa niharan'ny loza tamin'ny fanalan-jaza. Amporisihana ny mpino sy ny fiangonana eo an-toerana tsirairay mba hampita ny hafatry ny famelan-kelok'Andriamanitra ho an'ny olona tsirairay efa nanala zaza. Ho fiaraha-monim-panavotana sy fanantenana ho an'ireo mangirifiry ara-batana, ara-pihetseham-po ary ara-panahy izay vokatry ny fampijanonana ny vohoka tamim-panahiniana ny fiangonantsika eo an-toerana.

(Romana 3:22-24; Galatiana 6:1)

**Fikarohana sy fanasitranana ara-pananahana.** Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manohana ny fampiasana ny fikarohana ara-pananahana mba hanatanterahana ny fitsaboana azy. Manaiky isika fa ny fitsaboana ara-pananahana dia afaka mitondra amin'ny fisorohana sy fanasitranana ny aretina, ary koa misoroka sy manasitrana ny firafitry ny vatan'olombelona sy fikorontanana ara-tsaina. Toherintsika ny fampiasana ny fikarohana ara-pananahana izay mampitombo ny tsy rariny eo amin'ny fiaraha-monina, manao tsinontsinona ny maha-olona ny olona, na izay fiezahana hanatanteraka fanavakavahana sy fanamboniantena mihoatra noho ny hafa ara-poko, ara-tsaina, na ara-piaraha-monina Toherintsika ny fanombohana fianarana momba ny A.D.N izay mamporisika na manohana ny fanalan-jaza eo amin'ny olombelona ho vahaolana hampijanonana fahaterahan-jaza mba tsy ho velona. Amin'ny lafiny rehetra, ny fanetren-tena, ny fanajana ny fahamendrehan'ny fiainan'ny olombelona tsy tokony ho setrasetraina, ny fitovian'ny olombelona eo anatrehan'Andriamanitra, ary ny fanoloran-tena ho amin'ny famindram-po sy fahamarinana no tokony hitondra ny fikarohana ara-pananahana sy fitsaboana izany.

(Mika 6:8)

**Fikarohana momba ny sela nalaina tamin'ny zaza vao mitsaika sy ezaka ara-tsiansa momba ny fitsaboana izay manimba ny ain'olombelona aorian'ny fotoana nampitsaika azy.** Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mamporisika mafy ny fikambanan'ny mpahay siansa mba hanohy mafy ny fandrosoan'ny teknôlôjia eo amin'ny lafin'ny sela nalaina avy tamin'ny loharano toy ny nofon'ny olon-dehibe, ahitra, ràn'ny tadim-poitra, zavatra avy amin'ny biby, ary zavatra tsy avy amin'ny zanak'olombelona. Manana ny tanjony tsara izy io amin'ny ezaka ataony hitondrana fanasitranana ho an'ny be sy ny maro, kanefa tsy hoe manimba ny fahamasinan'ny fiainan'ny olombelona. Ny zavatra ijoroantsika eo anoloan'ny fikarohana ny amin'ny sela nalaina tamin'ny zaza vao mitsaika dia mivoaka avy amin'ny fanambarantsika fa ny zaza any am-bohoka dia olona natao araka ny endrik'Andriamanitra. Noho izany, toherintsika ny fampiasana sela avy amin'ny zaza am-bohoka ho an'ny fikarohana, fitsaboana ho amin'ny fanasitranana, ary tanjona hafa.

Satria mahatonga ny teknôlôjia vaovao ho azo ampiasaina ny fandrosoana ara-tsiansa ho avy, dia tohanantsika mafy io fikarohana io rehefa tsy manimba ny fahamasinan'ny ain'olombelona na ireo lalàna ara-tsaina na ara-Baiboly. Na izany aza, toherintsika ny fanapotehana zaza am-bohoka na inona na inona tanjona na karazana fikarohana izay manaisotra ny ain'olombelona aorian'ny fotoana nampitsaika azy. Manamafy izany fijery

izany, dia lavintsika ny fampiasana ireo sila-nofo avy amin'ny zaza am-bohoka nesorina na inona na inona antony.

**Fanamboarana Olombelona.** Toherintsika ny fanamboarana olombelona. Andriamanitra izay manome lanja ny taranak'olombelona, no mamorona antsika araka ny endriny, ary ny fanamboarana olombelona dia fanaovana izany olona izany ho toy ny zavatra tsy dia misy lanjany loatra, ka zary fandavana ilay fahamendrehan'ny tsirairay sy ny lanjany izay nomen'ny Mpamorona antsika izany.

(Genesisy 1:27)

**Fanafainganana ny fahafatesan'ny olona iray noho ny aretina (Ao anatin'izany ny famonoan-tena miaraka amin'ny fanampian'ny mpitsabo).** Mino isika fa ny fanafainganana ny fahafatesan'ny olona iray na (famonoana olona iniana atao izay marary eo ambavahaonan'ny fahafatesana, na olona iray manana aretina mahalasa adala azy ary tsy azo sitranina kanefa mbola tsy mahafaty azy avy hatrany, mba hamaranana ny fanaintainany), dia tsy afaka miara-dalana amin'ny finoana Kristiana. Mihatra izany rehefa takiana ny euthanasie na eken'ilay olona marary efa ho faty (fanafainganana ny fahafatesan'ny olona iray iniana atao) ary rehefa tsy afaka misaina ilay olona marary efa ho faty mba hanaiky (fanafainganana ny fahafatesan'ny olona iray tsy iniana atao). Mino isika fa ny fandavana ny euthanasie araka ny tantara teo amin'ny fiangonana Kristiana dia hamafisin'ny faharesehan-dahatry ny Kristiana izay avy amin'ny Baiboly ary mifototra amin'ny fiaikem-pinoan'ny fiangonana an'i Jesosy Kristy ho Tompo. Manimba ny fitokian'ny Kristiana amin'Andriamanitra ho Tompo mpanapaka eo amin'ny fiainana amin'ny alalan'ny fitakiana ny hanapahana ny fiainan'ny tena samirery, manimba ny andraikitsika amin'ny maha mpitandrina eo anatrehan'Andriamanitra izany; manana anjara amin'ny firodanan'ny lanja izay apetraky ny Baiboly eo amin'ny fiainana sy fiaraha-monin'ny zanak'olombelona; manisy lanjany be loatra amin'ny fampitsaharana ny fanaintainana izany; ary maneho taratra ny avonavon'olombelona eo anatrehan'ny fiandrianan'Andriamanitra feno fahasoavana. Mandrisika ireo olontsika isika mba hanohitra ny ezaka rehetra hahatonga ny euthanasie ho ara-dalàna.

**Famelana ho faty.** Rehefa tena antomotra ny fahafatesan'ny olona dia inoantsika fa ny fanalana na ny tsy fampiasana ireo fomba fitazonana aina vitan'ny sain'olombelona dia azo atao iray laharana amin'ny finoana Kristiana sy ny fanaony. Mihatra amin'ny olona izay efa ela tsy afa-nihetsika intsony izany toe-javatra izany, ary koa amin'ireo ampiasana fomba hafa kely mba hanalavana ny fahavelomany nefa tsy hita izay fanantenana hahasitrana azy. Mino isika fa rehefa antomotra ny fahafatesana, dia tsy misy na inona na inona ao amin'ny finoana Kristiana mitaky ny fanemorana ny fizorana ho any amin'ny fahafatesana amin'ny zavatra izay ataon'ny olombelona. Amin'ny maha Kristiana, dia matoky ny tsy fiovaovan'Andriamanitra isika ary manana fanantenana ny amin'ny fiainana mandrakizay. Mahatonga ny Kristiana hanaiky ny fahafatesana ho fanehoana ny finoana an'i Kristy izay nandresy ny fahafatesana ho antsika izany ka nandroba izany amin'ny fandreseny.

### D. Ny firaisana ara-nofon'ny olombelona

**37.** Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mijery ny firaisana ara-nofon'ny olombelona ho toy ny fanehoana ny fahamasinana sy ny fahatsarana izay noeritreretin'Andriamanitra Mpamorona ho an'izay noforoniny. Izany dia iray amin'ireo fomba hanamafisana sy hanehoana ny fifanekena eo amin'ny mpivady. Ny Kristiana dia natao hahazo fa ny firaisana ara-nofo ao amin'ny fanambadiana dia azo sy tokony hamasinin'Andriamanitra. Ny firaisana ara-nofon'ny olombelona dia tsy tanteraka raha tsy mampiseho fitiavana sy fahatokiana. Ny

mpivady Kristiana dia tokony hijery ny firaisana ara-nofo ho anisan'ny fanoloran-tena eo amin'izy roa bebe kokoa ary koa ho an'i Kristy izay iaingan'ny fiainana.

Ny tokantrano Kristiana dia tokony ho toerana iray hianaran'ny ankizy ny toetra masina momba ny firaisana ara-nofo sy hanehoana azy ireo ny fahatanterahan'ny hevitr'izany ao anatin'ny fitiavana, fahatokiana, ary faharetana. Ny mpanompo sy ny mpanabe Kristiana eo amintsika dia tokony hilaza mazava ny fahalalana Kristiana momba ny firaisana ara-nofo, ka hamporisika ny Kristiana mba hankalaza ny fahatsarany marina, ary hiambina mafy eo anatrehan'ny mety ho fiviliana na ny fanovana ny hevitr'izany.

Ny firaisana ara-nofo dia tsy tonga amin'ny tanjona natao ho azy raha heverina ho tanjona ho tratrarina amin'ny maha firaisana ara-nofo azy fotsiny izy na koa rehefa zimbazimbaina amin'ny alalan'ny fampiasana olona hafa hanomezana fahafaham-po amin'ny filàna ara-pornografia sy ny fahasimban-tsaina eo amin'ny firaisana ara-nofo. Ny fahitantsika ny endri-piraisana ara-nofo rehetra izay mitranga ivelan'ny fanambadian'ny lahy sy ny vavy dia fahadisoan-kevitra feno fahotana ny amin'ny fahamasinana sy ny fahatsarana nokendren'Andriamanitra ho amin'izany.

Ny firaisana ara-nofo eo amin'ny lehilahy samy lehilahy na vehivavy samy vehivavy dia fomba iray izay maneho ny fahasimban'ny firaisana ara-nofo. Tsapantsika ny halalin'ny fahasimban-tsaina izay mitarika ho any amin'ny fanao toy izany, saingy ambarantsika marina ny hevitry ny Baiboly ny amin'izany; fa izany dia tena fahotana ary mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra. Mino isika fa ny fahasoavan'Andriamanitra dia ampy handresy ny fanaovana izany karazam-piraisana izany (1 Korintiana 6:9-11). Mampahonena antsika tokoa ny amin'ny zavatra atao na fanambarana izay toa milaza ny fetezan'ny fitondran-tena Kristiana sy ny fanaovana ity karazam-piraisana ara-nofo ity. Amporisihinay ny fitoriana sy fampianarana mazava momba ny fenitry ny Baiboly ny amin'ny fanarahana ny lalànan'Andriamanitra momba ny firaisana ara-nofo.

(Genesisy 1:27; 19:1-25; Levitikosy 20:13; Romana 1:26-27; 1 Korintiana 6:9-11; 1 Timoty 1:8-10)

## E. Fitantanana Kristiana

**38. Ny Hevitry ny Fitantanana**. Ny Soratra Masina dia mampianatra fa an'Andriamanitra ny olona rehetra sy ny zavatra rehetra. Noho izany dia mpitantana ny fiainana sy ny zavatra izay ananany isika. Tsy maintsy ekena fa an'Andriamanitra ny zavatra rehetra ary isika no mpitantana, satria ampamoahina eo anatrehan'Andriamanitra isika tsirairay araka izay fitantanana nataontsika. Andriamanitra, amin'ny maha-Andriamanitry ny filaminana sy ny rafitra Azy amin'ny fombany rehetra, efa nametraka fomba fanaovana fanatitra izay mampiseho ny maha Tompon'ny zavatra rehetra ananan'ny olombelona Azy sy ny fifandraisany amin'izany. Noho izany ny zanany rehetra dia tokony hanolotra ny fahafolon-karena amim-pahatokiana sy fanatitra ho fanohanana ny filazantsara. (140)

(Malakia 3:8-12; Matio 6:24-34; 25:31-46; Marka 10:17-31; Lioka 12:13-24; 19:11-27; Jaona 15:1-17; Romana 12:1-13; 1 Korintiana 9:7-14; 2 Korintiana 8:1-15; 9:6-15; 1 Timoty 6:6-19; Hebreo 7:8; Jakoba 1:27; 1 Jaona 3:16-18)

**38.1. Ny Fanangonana ny Fahafolon-karena**. Ny toeram-panangonana ny fahafolon-karena dia ara-tSoratra Masina ary zavatra natao ho tanterahina eo amin'ny fiainana sy hatao fahazarana ny amin'ny ametrahan'ny mpikambana amim-pahatokiana ao amin'ny fiangonana misy azy ny ampahafolony amin'izay ananany. Noho izany, ny fanohanana ara-bola ny fiangonana dia hifototra amin'ny planin'ny fanolorana fahafolon-karena, ary ny Fiangonan'ny

Nazareana eo an-toerana dia tokony heverin'ny olona rehetra ao aminy ho trano firaketana. Ireo rehetra izay ao anatin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia amporisihina handray anjara mahatoky amin'ny alalan'ny ampahafolon'ny zavatra izay ananany ho toy ny kely indrindra amin'ny adidy ara-bola ho an'ny Tompo ary koa ny fanomezana araka ny zotom-pony ho fanampin'izany araka izay nitahian'Andriamanitra azy avy ho fanohanana ny fiangonana iray manontolo, eo an-toerana, ny distrika, ny fari-panabeazana, ary ny foibe. Ny fahafolon-karena omena ny Fiangonan'ny Nazareana dia raisina ho laharana voalohany amin'ny fomba fanomezana hafa rehetra izay apetrak'Andriamanitra ao am-pon'ireo mpitantana mahatoky eo anatrehany, ao anatin'ny fanohanana ny fiangonana iray manontolo

**38.2. Ny Fanangonam-bola sy ny Fitsinjarana**. Araka ny fampianaran'ny Soratra Masina mikasika ny fanomezana fahafolon-karena sy rakitra ho fanohanana ny filazantsara sy ho fananganana trano fiangonana, dia tsy misy Fiangonan'ny Nazareana na iray aza izay tokony hirotsaka amin'ny fomba fanangonam-bola izay mitarika azy ireo hiala amin'izany fitsipika izany, sy manakana ny hafatry ny filazantsara, mandoto ny anaran'ny fiangonana, manavakavaka ny mahantra na mamilivily ny herin'ny olona tsy ho any amin'ny fampandrosoana ny filazantsara.

Amin'ny fanangonana vola hamenoana izay takiana amin'ny fandaharan'asan'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana, eo amin'ny distrika, eo amin'ny faritra, ary eo amin'ny sehatra foibe, ny fiangonana eo an-toerana dia amporisihana mba hanaraka ny fampiharana ny planina fitsinjaram-bola, ka hanome isam-bolana any amin'ny foibe, sy fari-panabeazana, ary any amin'ny distrika ny fitsinjarana ho an'ireo tsirairay. (130, 154, 155-55.2, 413.21)

**38.3. Ny fanohanana ny Asa Fanompoana**. Toy izany koa, ny Tompo dia nibaiko fa ireo izay mitory ny filazantsara dia tokony hivelona amin'ny filazantsara (1 Korintiana 9:14). Ny fiangonana dia tsy maintsy manohana ireo mpanompo ao aminy, izay nantsoin'Andriamanitra, ary amin'ny maha-eo ambany fitarihan'ny fiangonana azy, efa nanolo-tena tanteraka ho amin'ny asan'Andriamanitra. Noho izany dia amporisihantsika ny mpikambana ao amin'ny fiangonana mba hanolo-tena an-tsitrapo ho amin'ny asa fanohanana ny asa fanompoana amin'ny fanangonana vola isan-kerinandro ho an'izany raharaha masina izany mba hanomezana ara-dalàna ny karaman'ny mpitandrina isan-kerinandro. (115.4)

**38.4. Ny Fanomezana avy amin'ny Fidiram-bola, fanomezana voalamina sy voahaja**. Zava-dehibe amin'ny fampiharana ny fitantanana Kristiana ny fieritreretana amim-pitandremana fatratra ny amin'izay hatao amin'ny vola miditra sy ny fananana izay nanaovan'Andriamanitra ny Kristiana ho mpitantana mandritra ny fiainany rehetra. Ny Fiangonan'ny Nazareana, noho ny fahatsapana ny filàna fintantanana mahatoky amin'izao fiainana izao, ary koa ny fananana vina avy amin'Andriamanitra mba hamela lova ho amin'ny ho avy, dia nametraka ny Fanorenan'ny Fiangonan'ny Nazareana mba hampandroso ny fitantanana Kristiana amin'ny alalan'ny fanomezana voalamina sy voahaja. Ny lalàna ara-panjakana matetika dia tsy manome fomba fitsinjarana fananana amin'ny fomba izay manome voninahitra an'Andriamanitra. Ny Kristiana tsirairay dia tokony hijery tsara ny fanomanana ny didim-pananany farany sy ny didy miafina izay ataony amim-pitandremana sy amin'ny fomba ara-dalàna, ka ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny alalan'ny asa fanompoana isan-karazany misy ao aminy toy ny misiona, fitoriana filazantsara, fanabeazana, ary ny fanaovana asa an-tsitrapo tsy handraisan-karama–eo an-toerana, eo amin'ny distrika, eo amin'ny faritra, ary ny foibe–dia angatahana mba hihevitra ny amin'izany.

### F. Ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana

**39.** Tarihintsika ny fiangonana eo an-toerana mba tsy hifidy olona ho mpiandraikitra amin'ny fiangonana afa tsy ireo olona izay manambara ny fandalovany teo amin'ny fanamasinana manontolo ihany ka ny fiainany dia mitondra vavolombelona ho an'ny rehetra ny amin'ny fahasoavan'Andriamanitra izay miantso antsika ho amin'ny fiainam-pahamasinana; izay mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana, fitondran-tena tsara, ary fanao ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana; ary manohana ny fiangonana eo an-toerana amim-pahatokiana amin'ny alalan'ny fanatrehana ny fotoana sy amin'ny fanaovana ny fahafolon-karena sy fanatitra. (113.9-13, 127, 145,146)

### G. Fitsipi-pandaminana

**40.** Araka ny lalàna manan-kery, araka ny andininy amin'ny lalàm-panorenana amin'ny fiaraha-monina ary araka ny satan'ny fitondrana ao amin'ny *Boky Torolàlana,* ny fivoriana sy ny fiara-midiniky ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, eo an-toerana, ao amin'ny distrika, ary ao amin'ny sehatra foibe ary koa ny komitin'ny fanomanana dia hofehezina sy harahi-maso*,* araky ny *Fitsipika sy Fandaminana nataon'i Robert izay vao nohavaozina* (edisiona farany) (*Robert's Rules of Order Newly Revised* (latest edition)) ny amin'ny fomba fanao ao amin'ny parlemanta. (113, 203, 300.3)

### H. Fanitsiana ny Fanekena amin'ny Fitondran-tena Kristiana

**41.** Ny fametrahana ny Fanekena amin'ny Fitondran-tena Kristiana dia azo amboarina na ahitsy raha eken'ny roa ampahatelon'ny fifidianana ataon'ny mpikambana tonga sy mifidy amin'ny Fihaonambe iray.

FIZARANA IV

# Fitondrana

**NY FIANGONANA EO AN-TOERANA**

**NY FIHAONAN'NY DISTRIKA**

**NY FIHAONAMBE**

**FAMPIANARANA AMBONY**

## SAVARANONANDO

Ny asan'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ny mampahafantatra ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra manova zavatra amin'ny alalan'ny famelana ny fahotana sy ny fanadiovana ny fo ao amin'i Jesosy Kristy. Ny iraka voalohany sy lehibe indrindra amintsika dia ny "manao mpianatra," mba hampiombona ny mpino hanana fifandraisana akaiky sy ho mpikambana (ao amin'ny Fiangonana), sy hampitao (hampianatra) ireo rehetra izay mandeha amin'ny finoana ho amin'ny asa fanompoana. Ny tanjona farany ny amin'ny "mpianakavin'ny finoana" dia ny hahatonga ny olona rehetra ho tanteraka ao amin'i Kristy (Kolosiana 1:28) amin'ny andro farany.

Ao amin'ny fiangonana eo an-toerana no hiainan'ny olona ny famonjena, ny fanatanterahana, ny fampianarana, ary ny fanatontosana ny iraka ampanaovin'i Kristy. Ny fiangonana eo an-toerana, izay Tenan'i Kristy, no fanehoana ny finoantsika sy ny iraka ataontsika. Ireo fiangonana ireo dia mivondrona ho distrika sy faritra ara-pitantanana.

Ny fototry ny maha-iray ny Fiangonan'ny Nazareana dia ireo zavatra inoana, ireo politikam-pitondrana, ireo famaritana, ireo fomba fiasa, izay velabelarina ao amin'ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonana Nazareana.*

Ny votoatin'izany maha-iray izany dia ambara ao amin'ny *Teny Finoana* ao amin'ny *Boky Torolàlana*. Amporisihintsika ny fiangonana amin'ny faritra rehetra sy amin' ny fiteny rehetra mba handika–hizara an-kahalalahana–ary hampianatra ireo zavatra inoana ireo any amin'ny mpikambana. Izany no kofehy volamena izay tenomina ho lamba ka manome ny maha isika antsika sy ny ataontsika amin'ny maha Nazareana antsika.

Amin'ny alalan'ny fihaonambe no ahitana taratra mazava izany firaisana izany, izay "mpamolavola fara-tampony ny foto-pampianarana, mpanao lalàna, ary manam-pahefana amin'ny fifidianana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana." (300)

Ny zavatra ahitan-taratra izany faharoa dia ny Birao Foibe Iraisam-pirenena, izay maneho ny fiangonana iray manontolo.

Ny zavatra fahatelo itarafana izany dia ny Biraon'ny Mpitantana Foibe izay afaka mandika ny *Boky Torolàlana*, manome ny fankatoavana amin'ny fanamboarana atao araka ny kolontsaina, ary manao ny fanokanana ho amin'ny asa fanompoana.

Ny fitondran'ny Fiangonan'ny Nazareana dia amin'ny alalan'ny solontena, ary izany dia ialàna amin'ny fironana mankamin'ny tendron'ny mpitondra fivavahana (episkôpaly) etsy andaniny sy ny fahefan'ny mpiangona (kôngregasiônalista) etsy ankilany.

Amin'ny faritra eto amin'izao tontolo izao, anaovan'ny fiangonana ny asa fanompoana, izay ahitana fahasamihafana ara-kolotsaina sy ara-pôlitika, ka mety hitaky fampifanarahana amin'izay misy dia azo atao ny manao fanamboarana ny fitondram-piangonana eo an-toerana, isaky ny distrika, ary isam-paritra araka izay hita ao amin'ny Fizarana IV, Toko I, II, ary III. Ny fangatahana ho an'izany fanamboarana izany dia hatolotra an-tsoratra sy hankatoavin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

TOKO I

## NY FIANGONANA EO AN-TOERANA

### A. Fandrindrana, Anarana, Fampitambarana, Fananana, Fetra tsy azo ihoarana, Fiombonana, Faharavana

**100. Fandrindrana.** Ny fiangonana eo an-toerana dia azon'ny mpitantana ny distrika na ny Mpitantana Foibe miadidy ho amin'izany, na izay loholona nomen'ny iray tamin'izy ireo fahefana harindra. Ireo tatitra ôfisialy momba ny fiangonana vaovao dia apetraka any amin'ny biraon'ny sekretera jeneraly amin'ny alalan'ireo birao manam-pahefana ho amin'izany. (29, 107, 208.1, 307.8, 433.12)

**100.1. Ny Fiangonana ahitana kongregasiona samihafa.** Ny fiangonana eo an-toerana izay voarindra dia afaka mampitombo ny asa fanompoany amin'ny fananganana kilasy fampianarana Baiboly amin'ny fiteny maro amin'ny fampiasana ireo efitrano maro ao amin'ny trano fiangonana. Ireo kilasy fampianarana Baiboly ireo dia mety hivelatra ho lasa fiangonana manana endrika misiona na koa ho lasa fiangonana voarindra tanteraka (100). Izany dia mety hiafara amin'ny anaram-piangonana iray izay ahitana Kongregasiona maromaro, araka izay ankatoavan'ny mpitantana ny distrika azy. Ao amin'ny fiangonana isian'ny mpiangona samy hafa toy izany izay ahitana fa tsy ho lasa fiangonana tena voarindra avokoa akory ny Kongregasiona rehetra ao, ny Birao mpanolo-tsaina ny Distrika, eo ambany fankatoavan'ny mpitantana ny distrika sy ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany dia afaka manome ny zo sy ny tombontsoa ananan'ny Fiangonana eo an-toerana voarindra ny fiangonana toy izany fa kosa eo ambanin'ireto fepetra manaraka ireto:

1. Ny fiangonana toy izany dia tsy mahazo mitsangana ho fikambanana misaraka amin'ny fiangonana eo an-toerana izay efa voarindra.
2. Ny fiangonana toy izany dia tsy manana alalana mba hanana ny fananany manokana misaraka amin'ny fiangonana eo an-toerana izay efa voarindra.
3. Ny fiangonana toy izany dia tsy mahazo mitrosa raha tsy mahazo ny fankatoavana avy any amin'ny mpitantana ny distrika, ny biraom-piangonana eo an-toerana efa voarindra, ary ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.
4. Ny fiangonana toy izany dia tsy afaka miala hitokana toy ny tena iray avy amin'ny fiangonana eo an-toerana voarindra na manapaka ny fifandraisana raha tsy avy amin'ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika tamin'ny fifampidinihana tamin'ny mpitandrina ny fiangonana eo an-toerana.

**101. Anarana**. Ny anaran'ny fiangonana voarindra vaovao iray dia hofaritan'ny fiangonana eo an-toerana miaraka amin'ny fifampidinihana amin'ny Mpitantana ny Distrika sy ny fankatoavan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

**101.1. Fanovana Anarana.** Ny Fiangonana Nazareana eo an-toerana dia mahazo manova ny anarany amin'ny alalan'ny latsa-baton'ny maro an'isa amin'ny fivoriana fanao isan-taona na amin'ny fivoriana manokana ataon'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana. Ny fomba fanaovana ny fanovana dia ho toy izao: *(a)* Ny biraom-piangonana eo an-toerana no manolotra ny fanovana any amin'ny mpitantana ny distrika izay hahazo ny fankatoavana an-tsoratry ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika; *(b)* Mifidy ny fiangonana eo an-toerana; *(c)* Manao tatitra ny fiovana any amin'ny fivorian'ny distrika ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ary ny fivorian'ny distrika koa dia mifidy toy izany.

**102. Ny Fampitambarana**. Amin'ny toerana rehetra izay azo ampiharana ny sata, ireo mpitandrim-pananana dia tokony hitondra ny fiangonana eo an-toerana ho amin'ny fampitambarana, ary ireo voalaza ho mpitandrim-pananana ireo sy ireo mpandimby azy dia ho mpitandrim-pananan'ny fikambanana. Amin'ny fotoana izay tsy mampifanaraka izany amin'ny lalàna misy (sivily), ny Toko momba ny Fampitambarana no hametraka ny herin'ny fikambanana ary ny fikambanana dia tokony ho eo ambanin'ny fitondran'ny Fiangonan'ny Nazareana, izay omena fahefana sy ambara hatrany hatrany ao amin'ny *Boky Torolàlana*

amin'ny alalan'ny fivoriamben'izany fiangonana voalaza izany. Ny fananana rehetra an'ny fikambanana dia hotantanana sy ho eo ambany fanaraha-mason'ireo mpitandrim-pananana araka ny fankatoavan'ny fiangonana eo an-toerana.

**102.1**. Raha misy fananana novidina ary nampitomboin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ho an'ny fiangonana eo an-toerana na koa raha misy fiangonana vaovao miforona, amin'ny fandoavan'ny fiangonana eo an-toerana ny vola naloan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia heverina fa tsara raha afindran'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ho an'ny fiangonana eo an-toerana ilay anarana.

**102.2.** Raha ampidirina amin'ny fampitambarana ny fiangonana eo an-toerana iray, ny fananana rehetra azo dia alefa avy hatrany any amin'ny fiangonana amin'ny anaran'ny fikambanana raha vao azo atao izany.(102.6)

**102.3.** Ny mpitandrina na ny sekreteran'ny Biraom-piangonana no ho filoha sy sekreteran'ny fiangonana, natambatra na tsy natambatra, ary hanatanteraka sy hanao sonia ny mombamomba ny fananana, ny findramam-bola sy ny fanefana izany, ny fifanarahana, sy ireo taratasy ara-dalàna hafa ao amin'ny fiangonana izay mbola tsy nomena ao amin'ny *Boky Torolàlana* sy eo ambanin'ny fetra hita ao amin'ny 104-4.3.

**102.4.** Ny Toko momba ny Fampitambarana ny fiangonana eo an-toerana tsirairay dia ahitana ireto zavatra manaraka ireto:

1. Ny anaran'ny fikambanana dia ahitana ny teny hoe "Fiangonan'ny Nazareana." Ny anarana hoe "Fiangonan'ny Nazareana" dia tokony ho hita amin'ny soratra na marika manambara ny fiangonana, ny taratasy ôfisialy, ary ny boky na gazety avoaky ny fiangonana.
2. Ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana* no ho sata mifehy ny fikambanana.
3. Ny Toko mikasika ny Fampitambarana dia tsy ahitana ireo zavatra hafa izay mety hanakana ny fiangonana eo an-toerana tsy handoa hetra natao ho an'ny fiangonana izay samy amin'izany faritra izany ihany.
4. Amin'ny fotoana haharavana, ny fananan'ny fikambanana dia hozaraina amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

Ny Toko momba ny Fampitambarana dia mety ahitana zavatra hafa fanampiny raha sahaza ny lalàna eo an-toerana. Na izany aza, dia tsy misy zavatra hafa ao anatin'izany izay mety hahatonga ny fananan'ny fiangonana eo an-toerana hiparitaka hiala amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. (101-1.1, 104.3, 106.1-6.3)

**102.5.** Amin'ny fiangonana izay ahitana Kongregasiona samy hafa, izay ahitana fiangonana voarindra mihoatra ny iray mizara ny trano ao, ny fampitambarana dia mety atao amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny vondrona hafa raha avelan'ny lalàna eo an-toerana izany.

**102.6.** Eo amin'ny toerana izay tsy azo anaovana ny fampitambarana, dia hampidirina ao amin'ny anaran'ny fiangonana ny teny hoe "Fiangonan'ny Nazareana" amin'ny firaketana ara-panjakana rehetra ka tsy ho voafetran'ny didim-pananana na didim-pitokisana kosa anefa. (102.2)

**103. Fananana.** Ny fiangonana eo an-toerana izay mieritreritra ny hividy zavatra azo tsapain-tanana ho fananany, ny fananganana trano fiangonana na trano mifandray amin'ny fiangonana, na fanavaozana izany, na fivarotana fananana noho ny antony manokana, dia tsy maintsy manolotra ny heviny any amin'ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon'ny Mpiandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika mba hojereny, hanoroany hevitra, ary ho ekeny. Tsy misy fifanarahana fitrosana azo atao amin'ny fividianana trano na

tany na amin’ny fanorenana trano na fanavaozana izany, na misy antoka na tsia raha tsy amin’ny fankatoavan’ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon’ny Mpiandraikitra ny Fananan’ny Fiangonana ao amin’ny Distrika. (234-35.5)

**103.1.** Amin’ny fotoana izay tsy isian’ny fifanarahana eo amin’ny Biraom-piangonana sy ny mpitantana ny distrika ary ny Biraon’ny Mpiandraikitra ny Fananan’ny Fiangonana ao amin’ny Distrika, izany zavatra izany dia azo atolotra ny Mpitantana Foibe izay miadidy ho amin’izany hanaovana fanapahan-kevitra. Na ny fiangonana na ny mpitantana ny distrika dia afaka mitondra izany fanapahan-kevitra izany any amin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe hanaovana fanapahan-kevitra farany. Ny fitoriana rehetra toy izany, na ny fandavana ny fitoriana, na koa ny adihevitra mifandraika amin’izany, na izy halefa any amin’ny Mpitantana Foibe manana ny fahefana ho amin’izany na any amin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe dia hatao an-tsoratra. Ny dika mitovy amin’ny fitoriana, fandavana ny fitoriana na ny hevitra mifandraika amin’izany izay ataon’ny biraom-piangonana na ny mpitantana ny distrika dia tsy maintsy alefa any amin’ny ankilany voakasik’izany. Ny firaketana ny fitoriana ataon’ny biraom-piangonana dia ahitana ny vaha olana ny amin’ny fitoriana, sy ny hevitra enti-manohana izany, ary ny firaketana ireo fifidianana natao.

**104. Ny Fetra tsy azo ihoarana.** Ny fiangonana eo an-toerana dia tsy afaka mividy trano na tany, na mivarotra, na manao fifanarahana findramam-bola, manao fifanakalozana, na mametraka fanana ho antoka raha tsy amin’ny alalan’ny fifidianana eken’ny roa ampahatelon’ny mpikambana tonga amin’ny fivoriana fanao isan-taona, na amin’ny fivoriana manokana izay natao hanatanterahana izany, ary raha tsy eken'ny biraom-piangonana amin'ny alalan'ny fifidianana eken'ny roa ampahatelon'ny mpikambana tonga sy nifidy, ny fananana izay omena ho amin'ny tanjona manokana amin'ny famatsiana vola ho an'ny fiangonana an-toerana, ary koa raha tsy mahazo ny fanekena an-tsoratra avy amin’ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpiandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana amin'ny Distrika. (113.3, 13.4, 113.7, 113.14, 234.3)

**104.1.** Ny trano na ny tany ananan’ny fiangonana eo an-toerana dia tsy tokony haofa mba hahazoana vola ho amin’izay ilaina.

**104.2.** Raha mivarotra na mametraka ho antoka fananana na mandray onitra avy amin'ny fananana ny fiangonana eo an-toerana iray, dia amin'ny fividianana na fanatsarana fananana na fandoavana trosa tamin'ny fananana hafa ihany no azony hampiasana izany vola izany. Raha misy zavatra hafa tiana hampiasana ny vola dia tsy maintsy ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika ihany no manome ny fankatoavana.

**104.3.** Ireo mpitandrim-pananana sy/na ny fiangonana eo an-toerana iray dia tsy afaka mampiasa ny fananana ankoatra izay ampiasan’ny Fiangonan’ny Nazareana azy. (113.13.1)

**104.4. Ny Fialan’ny Fiangonana**. Tsy misy fiangonana eo an-toerana mahazo miala amin’ny Fiangonan’ny Nazareana, na manapaka ny fifandraisany, raha tsy amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Fihaonambe, ary amin’ny fepetra sy planina nifanekena. (106.2-6.3)

**105. Fiombonana.** Fiangonana eo an-toerana roa na maromaro no afaka miombona aorian’ny fifidianana andresen’ny roa ampahatelon’ny mpikambana tonga sy mifidy amin’ny fivoriana manokana ataon'ny fiangonana voakasika raha toa ka: eken'ny maro an'isa tamin'ny alalan'ny latsa-bato nataon'ny mpikambana rehetra ao amin'ny biraom-piangonana isanisany ny fampiombonana, ary ny fiombonana koa dia hahazo fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny mpitantana ny distrika, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ary ny Mpiandraikitra Foibe miadidy amin’izany.

Ny fampiombonana dia hifarana amin’ny fivoriana manokan’ny fiangonana vaovao izay natao hifidianana mpiandraikitra sy handaminana ny raharaha ara-pitandremana. Ny mpitantana ny distrika, na ny loholona izay notendren’ny mpitantana no hitarika izany fivoriana izany.

Ny fikambanana izay tafajoro amin’izany dia hanambatra ny isan’ny mpikambana tao amin’ny fiangonana teo aloha, hanambatra ny isan'ny mpikambana tamin'ny fitsinjarana rehetra tamin'ireo fiangonana ireo, ary afaka manambatra ny ampahany na ny zavatra rehetra ananan’ny fiangonana eo ambany fankatoavan’ny mpitantana ny distrika, ny Birao Mpanolo-tsaina ny distrika, ary ny Mpitantana Foibe miadidy amin’izany koa izy. Ny fiombonana koa dia hanambatra ny fandraisana anjara ara-bola any amin’ny foibe, eo amin’ny faritra sy any amin’ny distrika.

Amin’ny fampandrenesana ataon’ny mpitantana ny distrika, ny sekretera jeneralin’ny Fiangonan’ny Nazareana dia mahazo alalana hanala ny anaran’ny fiangonana tsy mavitrika tsy ho ao anatin'ny lisitry ny fiangonana.

**106. Ny fanambarana ny fiangonana ho tsy mavitrika/rava.** Ny fiangonana dia azo ambara hoe tsy mavitrika ao anatin’ny fotoana tetezamita iray araky ny fanapahan-kevitry ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

**106.1.** Mety ho rava ny fiangonana eo an-toerana avy amin’ny fanambarana ataon'ny mpitantana ny distrika sy ny roa ampahatelon'ny latsa-bato nataon’ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Tsy ho tanterahina izany raha tsy avy naka hevitra niaraka tamin'ny Mpitantana ny distrika ary nandray ny valin-teny manaiky izany avy amin'ny mpitantana foibe miadidy.

**106.2.** Raha toa ka rava ny rafi-pandaminan'ny fiangonana iray eo an-toerana, na koa miala na mikasa ny hiala amin'ny Fiangonan'ny Nazareana (araka ny fanamarinan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika), ny fananan’ny fiangonana rehetra izay mety hisy dia tsy azo alefa amin’ny zavatra hafa, fa hafindra amin’ny Birao Mpanolo-tsaina ny distrika izany, ka ireo no miasa ho toy ny solontena ao amin'io distrika voalaza io, izay efa nampiombonana taminy rahateo, na koa ireo mpiasan'ny distrika hafa izay efa nomena fahefana ny amin'ny fampiasana izany fananana izany ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny lafiny rehetra, araka ny fitarihan'ny fihaonan'ny distrika; ary ny mpitandrim-pananana izay mihazona ny fananan'ilay fiangonana rava no hivarotra na hampiasa ilay fananana eo ambanin'ny fanapahana sy fitarihan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, na izay mpiasa hafa voatendry tamin'ny fihaonan'ny distrika, ary izany dia ampiarahina amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy natao an-tsoratra; na hanolotra izany fananana izany ho eo an-tanan'ny hafa na manome ny vola azo tamin'ny varotra araka ny toro-mariky ny fihaonan'ny distrika na ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrikany.

**106.3.** Tsy misy amin’ireo mpitandrim-pananana ao amin’ny fiangonana rava, na fiangonana niala na mikasa ny hiala amin'ny Fiangonan'ny Nazareana mahazo mamily fananana tsy ho ampiasain'ny Fiangonan’ny Nazareana. (104.4, 141-44, 222.17)

**106.4.** Ireo fiangonana izay fantatra amin’ny fomba ôfisialy fa rava ihany no azo hesorina ao amin’ny rakitra an-tsoratra nataon’ny sekretera jeneraly.

**106.5.** Rehefa voambara fa tsy miasa mavitrika ny fiangonana eo an-toerana iray, ny mpanao sonia momba ny volam-piangonana sy/na ny fiantohana ara-bola dia tsy maintsy mamindra ny fomba fiasa ny amin'izany amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ho antoka mipetraka. Ny fandavana izany dia manome fahefana ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika handray fanapahan-kevitra hanakatona ny raharaham-bola rehetra sy handray fahefana ara-panjakana ny amin'ny fananana rehetra araka ny lalàna manan-kery.

### B. Mpikambana

**107. Mpikambana feno.** Ny olona rehetra izay narindra ho ao amin'ny fiangonana eo an-toerana nataon'ireo manam-pahefana hanao izany, sy ireo izay noraisin'ny mpitandrina ampahibemaso, ny mpitantana ny distrika, na ny mpitantana foibe, taorian'ny fanambarany ny fahazoany antoka amin'ny famonjena, sy ny finoany ny foto-pampianaran'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary ny faniriany ny hanaiky ny fomba fitondrana ao, no ho lasa mpikambana feno eo amin'ny fiangonana eo an-toerana; na izany aza anefa dia ireo mpikambana mavitrika ao amin'ny fiangonana ihany izay nahatratra ny faha-15 taonany ihany no afaka mifidy amin'ny fivoriana fanao isan-taona na manokana ataon'ny fiangonana. (29, 35.4, 111, 113.1, 413.3, 417, 427.8, 433.8-33.9)

**107.1.** Raha misy olona te-hikambana ao amin'ny fiangonana, dia hazavain'ny mpitandrina azy ireo ny tombontsoa sy ny andraikitra amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny fiangonana azy, ary koa ny *Teny Finoana*, ny zavatra takian'ny Fanekena ny Toetra Kristiana sy Fanekena ny Fitondran-tena Kristiana, ary ny tanjon'ny Iraky ny Fiangonan'ny Nazareana.

Aorian'ny fanontaniana ny hevitry ny Komitin'ny fitoriana ny filazan-tsara sy ny Komitin'ny maha mpikambana, ny mpanompo dia handray ireo izay te-hirotsaka ho mpikambana ao amin'ny fiangonana azo ekena, mandritry ny fotoam-pivavahana ampahibe-maso sady hampiasa ny taratasy misy fankatoavana ho fandraisana mpikambana amin'izany (801). (27, 33-39, 110-10.4, 225)

**107.2. Ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana Miendrika Misiona**. Amin'ny fotoana izay tsy mbola ahavitan'ny fandrindrana ny fiangonana eo an-toerana, dia hisy Fiangonana miendrika misiona iray handray sy hanao tatitra momba ny maha mpikambana ao amin'ny fiangonana araka ny 107 sy 107.1 ao amin'ny antontan'isa isan-taona.

**108. Mpikambana vao miroso.** Araka izay omen'ny distrika azy, ny fiangonana eo an-toerana dia mety hanana mpikambana vao miroso izay hahazo ny tombontsoa rehetra amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny fiangonana azy, afa-tsy ny fahafahana mifidy sy ny fitazonana andraikitra ao amin'ny fiangonana. (203.24)

**108.1.** Ny mpikambana vao miroso dia azo raisina ho mpikambana feno na esorina amin'ny fotoana rehetra, araka izay heverin'ny mpitandrina sy ny komitin'ny fitoriana filazantsara sy ny komitin'ny maha mpikambana azy.

**109. Mpikambana tsy miasa**. Ny fiangonana eo an-toerana iray dia afaka manondro olona ho "mpikambana tsy miasa" noho ny antony voalaza eo amin'ny 109.1 sy 109.2.(112.3, 133)

**109.1.** Ny mpikambana iray ao amin'ny fiangonana eo an-toerana izay nifindra ho amin'ny toerana iray hafa ka nijanona tsy manao zavatra ao amin'ny fiangonana naha-mpikambana azy dia tokony amporisihina mba hanaraka ny Fiangonan'ny Nazareana any amin'izany toerana izany ary hangataka fifindran-toerana ho amin'izany fiangonana izany.

**109.2**. Raha misy mpikambana ao amin'ny fiangonana tsy tonga amin'ny fanompoam-pivavahana rehetra ataon'ny fiangonana mandritra ny enim-bolana misesy saingy tsy misy antony mitombina mazava araka ny fitsaran'ny Biraom-piangonana azy, ary efa nisy ny ezaka natao hamporisihana azy mba hahatongavany ho mpikambana mavitrika raha azo atao, dia azo ambara ho mpikambana tsy miasa izany olona izany araka ny fangatahan'ny Komitin'ny Fitoriana ny Filazantsara sy Komitin'ny maha Mpikambana ao amin'ny fiangonana sy ny fanapaha-kevitry ny biraom-piangonana. Izany olona izany dia ampandrenesina amin'ny taratasy iray enti-manavotra azy avy amin'ny mpitandrina ao anatin'ny fito andro

nandraisan'ny biraom-piangonana fanapahan-kevitra. Aorian'izany hetsika nataon'ny biraom-piangonana izany, dia hametraka eo anilan'ny anaran'ilay mpikambana ny mpitandrina hoe "Napetraka ho eo amin'ny toeran'ny mpikambana tsy miasa araka ny fanapahan-kevitry ny Biraom-piangonana tamin'ny (daty)." 120 andro natao hiandrasana, ao anatin'izany ny vavaka sy fifonana no hanaraka izany fotoana izany ka mandritr'izany no ahafahan'ilay mpikambana tsy miasa manao fangatahana an-tsoratra ny hamerenan'ny Biraom-piangonana indray ny anarany ho ao amin'ny lisitry ny mpikambana mavitrika ao amin'ny fiangonana. Ny fangatahana dia tsy maintsy ahitana ny fanamafisana indray ny voady fidirana ho mpikambana sy fanavaozana ny fandraisana anjara eo amin'ny asa fanompoana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana. Ny Biraom-piangonana dia hamaly ny fangatahana ao anatin'ny 60 andro. Ny maha mpikambana feno dia azo averina indray amin'izany olona izany amin'ny alalan'ny fangatahan'ny Komitin'ny Fitoriana ny Filazantsara sy ny Komity maha Mpikambana ao amin'ny fiangonana ary ny fanapahan-kevitry ny biraom-piangonana.

**109.3**. Ny mpikambana tsy miasa dia hampidirina ho mpikambana feno ao amin'ny fiangonana eo an-toerana miaraka amin'ireo mpikambana mavitrika. Ny mombamomba ny maha mpikambana dia atao tatitra any amin'ny fivorian'ny distrika amin'ny fisokajiana mitokana, izany hoe (1) mavitrika sy (2) mpikambana tsy miasa.

**109.4.** Ny mpikambana tsy miasa dia tsy azo fidiana hifidy amin'ny fivoriana fanaon'ny fiangonana isan-taona na manokana ary tsy afaka mandray ny toeran'ny tompon'andraikitra ao amin'ny fiangonana.

### C. Komitin'ny Fitoriana Filazantsara sy Komitin'ny Fidirana ho Mpikambana Ao amin'ny Fiangonana

**110.** Ny Biraom-piangonana dia hamolavola Komitin'ny Fitoriana Filazantsara sy Komitin'ny Fidirana ho mpikambana ao amin'ny fiangonana izay ahitana olona tsy latsaky ny telo hanoro-hevitra ny mpitandrina, izay ho lehibe mpitarika. Ny adidin'izy ity dia ny:

**110.1.** Mampandeha ny fitoriana ny filazantsara ao amin'ny fiangonana eo an-toerana sy hikatsaka ny hitehirizana ny vokatry ny fitoriana filazantsara. (107-7.1, 129.24)

**110.2.** Mandinika sy manolotra fomba entina hanindriana ny fitoriana ny filazantsara eo amin'ny fiainan'ny fiangonana iray manontolo.

**110.3.** Mampihatra ny fandaharan'asam-pitoriana ny Filazantsara avy amin'ny Foibe sy ny Distrika amin'ny maha komity eo an-toerana azy.

**110.4.** Mandrisika ireo vao niova fo mba hiditra ho mpikambana ao amin'ny fiangonana amin'ny alalan'ny fiainana feno fanoloran-tena, fianarana Baiboly sy ny *Boky Torolàlana*, manaraka ny kilasy fampianaran'ny mpitandrina miaraka sy/na atao tsirairay, ka hahatsiaro fa ny mpikambana noraisina tamin'ny alalan'ny fanambarany ny finoana dia manampy amin'ny fitazonana ny vokatra azo tamin'ny fitoriana ny fitoriana filazantsara. (26-27, 35.4)

**110.5.** Miezaka hitarika ny mpikambana vaovao ho amin'ny fifandraisana feno sy ho amin'ny fanompoana ao amin'ny fiangonana.

**110.6.** Miasa miaraka amin'ny mpitandrina amin'ny fampivelarana fandaharan'asa mitohy eo amin'ny fitarihana ara-panahy ny mpikambana vaovao.

**110.7.** Manolo-kevitra ny amin'ireo evanjelistra hanao ny fitoriana filazantsara eo an-toerana any amin'ny biraom-piangonana, amin'ny alalan'ny fanendrena ataon'ny mpitandrina. Takiana hitarika fitoriana filazantsara farafahakeliny indray mandeha isan-taona ny evanjelistra iray nahazo iraka sy voatendry ho amin'izany.

**110.8.** Tsy misy ho raisina ho mpikambana feno ao amin'ny fiangonana eo an-toerana raha tsy efa nifampidinika amin'ny komitin'ny fitoriana ny filazantsara sy ny komitin'ny maha mpikambana izay voakasiky ny fandraisana izany olona izany aloha ny mpitandrina. (107.1)

### D. Fifindran'ny Mpikambana

**111. Fifindrana.** Ny mpitandrina, rehefa angatahin'ny mpikambana iray, dia afaka manome fanamarinam-pifindrana ny maha mpikambana (jereo ny taratasy 813.4) any amin'ny Fiangonana eo an-toerana Nazareana izay mety ho voalaza, izany famindrana izany dia tsy manan-kery afa-tsy telo volana ihany. Rehefa neken'ny fiangonana eo an-toerana izay mandray ny fifindrana dia hijanona ny maha mpikambana an'io olona io any amin'ny fiangonana eo an-toerana nisy azy teo aloha. (813.5)

**111.1. Fanamarinana laza tsaran'ny toetra.** Ny mpitandrina, rehefa angatahin'ny mpikambana iray, dia afaka manome fanamarinana momba ny laza tsaran'ny toetra (jereo taratasy 813.2) any amin'ny fiangonana evanjelika hafa izay mety ho voalaza anarana, ka aorian'izany dia hijanona avy hatrany ny maha-mpikambana ilay olona ao anatin'ilay fiangonana manome ny fanamarinana. (112.2)

### E. Fampijanonana ny maha Mpikambana

**112. Ireo Mpanompo.** Raha lasa mpikambana na nanao asa fanompoana any amin'ny fiangonana hafa noho ny Fiangonan'ny Nazareana ny mpanompo nahazo fanomezan- dàlana na efa notokanana, ny mpitandrina ao amin'ny fiangonana eo an-toerana izay maha mpikambana ilay mpanompo dia hampandre avy hatrany ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika ny amin'izany toe-javatra izany. Ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana kosa dia hanadihady sy hanamafy ny toerana misy ilay mpikambana ao amin'ny fitondram-piangonana. Raha toa ka hesorina tsy ho ao amin'ny lisitry ny Mpanompo ilay mpikambana ao amin'ny fitondram-piangonana, ny mpitandrina ao amin'ilay fiangonana eo an-toerana koa dia hanaisotra ny anaran'ilay olona tsy ho ao amin'ny lisitry ny maha mpikambana ao amin'ny fiangonana sady hanoratra toy izao eo anilan'ny anaran'ilay olona "Nesorina noho ny fifindrana any amin'ny antokom-pinoana hafa". (427.9, 433.10-33.11)

**112.1. Laika.** Rehefa manaiky ny hiditra ho mpikambana, handray fanomezan-dàlana hitory teny, na hotokanana any amin'ny fikambanam-pivavahana hafa, na mandray anjara amin'ny asa mahaleo tena ataon'ny fiangonana na asan'ny misionera ny mpikambana laika iray ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, dia hitsahatra avy hatrany ny maha mpikambana azy ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, noho izay antony izay, afa-tsy hoe nanisy antoka ny fankatoavana an-tsoratra isan-taonan'ny biraom-piangonana eo an-toerana izay nilazana fa notazonina ny maha mpikambana azy ary koa ny fankatoavana an-tsoratra isan-taona avy any amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika misy izany fiangonana izany.

**112.2. Fampiatoana ny maha-mpikambana**. Ny mpitandrina rehefa angatahin'ny mpikambana iray, dia afaka manome taratasy fampiatoana (jereo taratasy 813.2), izany dia hampijanona avy hatrany ny maha-mpikambana izany olona izany. (111.1, 112)

**112.3.** Roa taona aty aorian'ny andro nilazana ny maha mpikambana ny olona iray ho ao anatin'ny lisitry ny tsy miasa, ny anarany dia azon'ny biraom-piangonana hesorina tsy ho ao amin'ny lisitry ny fiangonana. Aorian'izany fanapaha-kevitry ny biraom-piangonana izany dia hanoratra toy izao ny mpitandrina eo anilan'ny anaran'ilay olona, "Nesorin'ny Biraom-piangonana tamin'ny (daty)." (109, 133)

## F. Ny Fivoriam-piangonana

**113.** Ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ho amin'ny konferansa sy ho an'ny fandraharahana no atao hoe fivoriam-piangonana. Eo ambanin'ny fahefan'ny lalàna azo ampiharina, ireo andininy momba ny fiombonana sy ireo satan'ny fitondrana ao amin'ny *Boky Torolàlana*, ny fivoriana sy fomba fiasan'ny mpikamban'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana, eo amin'ny distrika, ary ny foibe, ary koa ny Komitin'ny Fiombonana dia hamboarina ho ara-dalàna sy harahi-maso araky ny *Fitsipika sy Fandaminana nataon'i Robert izay vao nohavaozina* (edisiona farany) (*Robert's Rules of Order Newly Revised* (latest edition)) ho an'ny asan'ny parlemanta. (40, 104, 113.7, 115, 415)

**113.1.** Ireo olona izay mpikambana mavitrika sady mahatratra 15 taona ihany no afaka mifidy ao amin'ny fivorian'ny fiangonana. (107, 109-9.4)

**113.2.** Tsy misy zavatra azo atao ho an'ny tsy tonga mifidy ao amin'ny fivorian'ny fiangonana.

**113.3. Dini-draharaha.** Ny fandraharahana, ao anatin'izany ny fifidianana, izay mifanaraka amin'ny toe-tsaina sy ny fandaminan'ny fiangonana, ary tsy atao amin'ny fomba hafa, dia azo dinihina ao anatin'ny fivorian'ny fiangonana.

**113.4. Fampifanarahana amin'ny lalàna sivily.** Amin'ny tranga rehetra izay hitakian'ny lalàna sivily ny fomba fanatontosana manokana eo amin'ny fiantsoam-pivoriana sy ny fitarihana azy dia tokony arahina an-tsakany sy an-davany izany fomba izany.

**113.5. Mpiandraikitra izay mitarika.** Ny mpitandrina, izay ho filohan'ny fiangonana eo an-toerana avy hatrany, na ny mpitantana ny distrika, na ny Mpitantana Foibe miadidy ho amin'izany, na olona iray voatendrin'ny mpitantana ny distrika na ny mpitantana foibe no hitarika ny fivorian'ny fiangonana fanao isan-taona na manokana. (210.1, 307.9, 413.23)

**113.6. Sekretera.** Ny sekreteran'ny biraom-piangonana no ho sekreteran'ny fivoriana rehetra ataon'ny fiangonana; amin'ny fotoana tsy maha-eo azy dia hisy sekretera vonjy maika hofidiana.(135.4)

**113.7. Fivoriana fanao isan-taona**. Ny fivoriana fanao isan-taona dia atao ao anatin'ny 90 andro mialoha ny fivorian'ny distrika. Ny fampahafantarana ny be sy ny maro ny amin'ny fivoriana fanao isan-taona dia tsy maintsy hambara eny amin'ny pilipitra farafahakeliny ny alahady roa mialoha ny fivoriana. Izany fivoriana fanao isan-taona izany dia azo atao mihoatra ny indray andro na mihoatran'ny fanompoam-pivavahana indroa amin'ny fankatoavan'ny biraom-piangonana.

**113.8. Tatitra.** Ny mpitandrina (413.15), ny mpitantana ny Sekoly Alahady (146.6), ny Filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (151.4), ny filohan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana (153.2), ny dorkasy (406), ny mpanompo eo an-toerana (426.1), ny sekretera (135.2), ary ny mpitam-bolan'ny biraom-piangonana (135.5) dia hanome tatitra mandritry ny fivorian'ny fiangonana fanao isan-taona.

**113.9. Komity Mpanolotra**. Komity mpanendry iray no ampiasaina mba hanolotra mpiandraikitra, birao, ary solontena any amin'ny fivorian'ny distrika, izay tsy voatolotra ho amin'ny toeran-kafa.

Ny komity mpanolotra izay ahitana olona tsy latsaky ny telo ary tsy mihoatra ny fito avy amin'ny mpikambana amin'ny fiangonana, ao anatin'izany ny mpitandrina, dia hatsangana amin'izay mety ho fomba natolotry ny Biraom-piangonana. Ny mpitandrina no ho filoha mpitarika ny komity. Ny olona rehetra natolotry ny komity dia hanamafy fa mahatanteraka

izay fepetra ilaina rehetra takiana amin'ny tompon'andraikitra ambony ao amin'ny fiangonana ao amin'ny paragrafy 39.

**113.10. Fifidianana.** Hatao amin'ny fivorian'ny fiangonana fanao isan-taona amin'ny alalan'ny latsa-bato ny fifidianana ny mpitandrim-panahy (136), ny mpitandrim-pananana (141, 142.1), ny mpitantana ny Sekoly Alahady (146), ary ireo mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady (145), mba hanompo mandritra ny taom-piangonana manaraka sy mandra-pifidy sy mandrapahitana izay handimby azy ireo. Ireo rehetra izay voafidy ho tompon'andraikitry ny fiangonana dia ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana izay misy azy.

Tarihintsika ny fiangonana eo an-toerana mba tsy hifidy olona ho mpiandraikitra eo amin'ny fiangonana afa-tsy izay olona manambara ny traikefan'ny fanamasinana manontolo, ary hita koa fa ny fiainany dia vavolombelona ampahibemason'ny fahasoavan'Andriamanitra izay miantso antsika ho amin'ny fiainana masina; izay mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana, lalàm-panorenana sy ny fanaon'ny Fiangonan'ny Nazareana; ary koa manohana am-pahatokiana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fahatongavana tsy tapaka sy fanaovana ampahafolony sy fanatitra. (39, 127, 145, 146)

**113.11**. Raha eken'ny lalàna, ary raha ny fombafomba hanaovana ny fifidianana sy ny isan'ny olona ho fidiana dia nankatoavin'ny vato maro an'isan'ireo mpikambana tonga, ny biraom-piangonana dia azo fidiana ary ampahany amin'izany no tendrena ho mpitandrim-panahy sy mpitandrim-pananana, mifanaraka amin'ny 137 sy ny 141. Rehefa voafidy tamin'izany fomba izany ny biraom-piangonana, ny birao dia hizarazara ho komity mba hanatanterahany ny andraikitra nanendrena azy. Raha nifidy Komity misahana ny fanabeazana ho ampahany ao anatin'ny Birao ary mifanaraka amin'ny 145 ny fiangonana, izany komity izany dia ho lasa Komitin'ny Fanabeazana ao amin'ny Biraom-piangonana.(145-45.10) Mety ho ampiasain'ny fiangonana an-toerana iray ny birao iray hafa sy ny rafitry ny komity, eo amin'ny fandaminany ho amin'ny asa fanompoany sy ny hetsika fanefany iraka, raha tahiny ka nekena an-tsoratra tamin'ny alalan'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ary manaraka ny takian'ny lalàna tsotra izany rafi-pandaminana izany.

**113.12**. Raha eken'ny lalàna, ary raha ny fombafomba hanaovana ny fifidianana dia nankatoavin'ny vato maro anisan'ireo mpikambana tonga ao amin'ny fivoriana fanao isan-taona taorian'ny fandraisana ny fankatoavana an-tsoratra avy any amin'ny mpitantana ny distrika, ny fiangonana iray dia afaka mifidy ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny biraom-piangonana ho amin'ny taom-piasana mandritry ny roa taona, na koa ny ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny biraom-piangonana ho amin'ny taom-piasana mandritry ny telo taona, ny tranga tsirairay amin'ireo no hanendrena olona ho fidiana amin'ny isa mitovy. Rehefa voafidy tamin'izany fomba izany ny biraom-piangonana, ny isan'ny mpitandrim-panahy sy ny mpitandrim-pananana izay fidiana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny 137 sy ny 141.

**113.13.** Hisy ny fifidianana amin'ny alalan'ny latsa-bato ny solontena laika halefa any amin'ny fivorian'ny distrika mifototra amin'ny fisoloantena napetraky ny Fihaonambe araka ny 201-1.2.

**113.14.** Azon'ny mpitandrina na koa ny biraom-piangonana atao ny miantso fivoriana manonkan'ny fiangonana, aorian'ny fahazoana ny fankatoavan'ny mpitandrina na ny mpitantana ny distrika na ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany. (104)

**113.15.** Ny fampahafantarana ny be sy ny maro ny fivoriana manokan'ny fiangonana dia tokony holazaina mandrakariva eo amin'ny pilipitra farafahakeliny ao anatin'ny fanompoam-

pivavahana mahazatra indroa misesy na araka izay takian'ny lalàna misy (115-15.1, 122, 137, 139, 142.1, 144)

### G. Ny Taonam-piangonana

**114.** Ny taonan'ny fitantanan-draharaha dia hiaraka amin'ny taona fanisan'ny fiangonana eo an-toerana ary ho fantatra amin'ny hoe taonam-piangonana.

**114.1**. Ny taona fanisana dia hifarana ao anatin'ny 90 andro mialoha ny fisokafan'ny fihaonan'ny distrika, ary ny taona fanisana vaovao dia hanomboka amin'ny hikatonan'izany. Ny tena daty fisokafana sy fikatonan'ny taona fanisana ao anatin'ireo fetra ireo dia apetraky ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (222.1)

### H. Fiantsoana ny Mpitandrina

**115.** Ny loholona iray na ny mpanompo nahazo alalana (412) dia azo antsoina mba hitandrina fiangonana iray amin'ny fifidianana latsa-bato aneken'ny roa ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana izay mahatratra ny taona ahafahana mifidy sady mifidy amin'ny fivoriana fanao isan-taona na manokana ataon'ny fiangonana, raha toa ka ny loholona na mpanompo toy izany dia efa voatendrin'ny biraom-piangonana ho ao amin'ny fiangonana, saingy taorian'ny fifampiresahany tamin'ny mpitantana ny distrika no anaovany ny fanendrena toy izany ary amin'ny alalan'ny roa ampahatelon'ny vato lany tamin'ny latsa-bato nataon'ny mpikambana rehetra ao aminy; ary raha toa koa ka ankatoavin'ny mpitantana ny distrika ilay fanendrena. Izay loholona na mpanompo nahazo alalana mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana iray dia tsy ho azo atao mpitandrina ao amin'izany fiangonana izany raha tsy nahazo fankatoavana avy any amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Izany fiantsoana izany dia mila averina jerena indray sy tohizana araka izay voambara momba izany. (118, 121-23, 129.2, 160.8, 208.9)

**115.1**. Ny fanekena ny fiantsoana ho amin'ny toeran'ny asa fitandremana dia omen'ilay mpanompo tsy taran'ny 15 andro aorian'ny fivorian'ny fiangonana nanaovana fifidianana momba ilay antso.

**115.2.** Ny Biraom-piangonana sy ny mpitandrina dia tokony hifampizara tsara ny tanjona kendreny sy izay andrasany amin'ny tsirairay avy amin'ny alalan'ny taratasy ifandefasana. (121, 129.3-29.4)

**115.3.** Araka izay azo atao aorian'ny fanombohan'ny mpitandrina ny asany, ny mpitandrina sy ny fiangonana dia afaka manao lanonana fametrahana azy eo amin'ny toerany na fanompoam-pivavahana ho fandraisana azy. Ny tanjona amin'izany fotoana izany dia ny fanandratana ny firaisana sy ny fitarihana ho amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Raha azo atao dia ny mpitantana ny distrika no hitarika.

**115.4**. Amin'ny fotoana fiantsoana, ny fiangonana eo an-toerana dia hamaritra ny karama aroso. Ny sandan'izany karama izany dia ho faritan'ny biraom-piangonana. Rehefa misy ny fifanarahana eo amin'ny fiangonana na ny biraom-piangonana sy ny mpitandrina, dia heverina ho toy ny zavatra tsy maintsy ataon'ny fiangonana ny fandoavana ny karaman'ny mpitandrina feno. Na izany aza raha misy ny fotoana tsy ahavitan'ny fiangonana ny fandoavana ny karaman'ny mpitandrina izay efa nifanekena, izany tsy fahatanterahana izany dia tsy ampy itorian'ny mpitandrina ny fiangonana ary koa ny fiangonana dia tsy ho tompon'andraikitra manoloana ny lalàna ny amin'ny fanangonana sy fandoavana ny ampaham-bola tsy voaloa tamin'ny karaman'ny mpitandrina amin'ny faran'ny fotoam-piasany, vola izay tsy voaloan'izy ireo teo amin'ny fotoam-piasany.

Ny Fiangonana eo an-toerana koa dia tokony hiantoka ny lany amin'ny dia ataon'ny mpitandrina sy ny fivezivezeny. (38-8.3, 129.8-29.9)

**115.5.** Ny karaman'ny mpitandrina dia tokony hanomboka ny Alatsinainy mialoha ny Alahady ofisialy anaovana ny fanompoam-pivavahana voalohany ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

**116**. Ny mpitandrin'ny fiangonana izay mbola tsy ampy dimy taona akory no nahavoarindra azy, na manana mpikambana latsaky ny 35 nifidy tamin'ny fivorian'ny fiangonana fanao isan-taona farany, na mandray fanampiana ara-bola avy amin'ny distrika, dia azo tendrena na tendren'ny mpitantana ny distrika indray, araka ny faneken'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (208.1-8.3, 208.5, 208.16)

**117.** Amin'ny fotoana isian'ny tsy fifanarahana eo amin'ny biraom-piangonana sy ny mpitantana ny distrika mikasika ny fandrindrana ny fitandremana, ny biraom-piangonana na ny mpitantana ny distrika dia afaka mitondra ny raharaha ho eo amin'ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany ho amin'izay fanapahan-kevitra ho raisiny. Avy amin'izany fanapahan-kevitra izany dia, na ny biraom-piangonana na ny mpitantana ny distrika dia samy afaka manao fitoriana any amin'ny Birao Mpitantana Foibe. Ny fitoriana rehetra toy izany, na ny fandavana ny fitoriana, na ny adi-hevitra mikasika izany izay atao any amin'ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany na any amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia atao an-tsoratra. Ny dika mitovy amin'izany, izay nataon'ny biraom-piangonana na ny mpitantana ny distrika dia tsy maintsy alefa any amin'izay voakasik'izany. Ny taratasy fampakarana ny raharaha izay ataon'ny biraom-piangonana dia ahitana ny vahaolana mikasika izany, ny hevitra manohana izany, ary ny firaketana ireo fifidianana natao. Raha manala ny anarany ny mpanompo izay voalaza teo na hita fa tsy azo raisina ny olona iray izay te-hirotsaka ho mpitandrina, dia ajanona avy hatrany ny fanaovana ny fitoriana, ary ny mpitantana ny distrika sy ny biraom-piangonana no hanohy ny raharaha ara-pitandremana.

**118.** Ny fiantsoana ny mpitandrina izay mpanompo nahazo alalana dia hijanona amin'ny faran'ny fihaonan'ny distrika raha toa ka tsy nohavaozina ilay taratasy fanomezana alalana azy.

**119.** Tsy misy mpitandrina afaka mijanona tsy hitondra fiangonana raha tsy efa nametraka taratasy fialana any amin'ny biraom-piangonana sy ny mpitantana ny distrika farafahakeliny 30 andro mialoha ny ijanonan'ny asa fitandremana, ary raha tsy efa neken'ny biraom-piangonana ary nankatoavin'ny mpitantana ny distrika an-tsoratra izany. Raha nekena ny fialana dia azo ekena ao anatin'ny 30 andro ny fampijanonana.

**119.1.** Ny mpitandrina izay nametra-pialana dia hiara-miasa amin'ny mpitan-tsoratry ny biraom-piangonana mba hikarakara ny lisitr'ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana miaraka amin'ny adiresiny. Izany lisitra izany dia tsy maintsy mifanaraka amin'izay isan'ny natontan'ny distrika farany mampiseho izay novonoina sy nanampy, ho amin'izany taona izany.

**120**. Avy amin'ny fampahalalan'ny biraom-piangonana sy ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika, dia mety hifidy mpitandrina mpanampy ny fiangonana mahaleo tena iray (kongregasiona) mba hanompo ao. Amin'izay tranga izay, dia hampiharina ireto fepetra manaraka ireto:

1. Hiara-hiasa amin'ny biraom-piangonana ireo mpitandrina mpanampy, ho eo ambany fitarihan'ny mpitantana ny distrika izany, mba hampivelarana planina manokana ho an'ny fizarana asa ny amin'ny andraikitra sy fahefana.

2. Na dia mitovy aza ireo mpitandrina mpanampy eo amin’ny raharaham-pitandremana dia hisy mpitandrina iray hotendren'ny biraom-piangonana ho tompon’andraikitra mpitarika ka hanompo ho toy ny filohan'ny fiombonana sy ho lehiben'ny biraom-piangonana.
3. Ny fizotran'ny fijerena ny amin'ny mpitandrina dia ho tarihin'ny *Boky Torolàlana* andininy 122.

**120.1** Aorian'ny fialana no fitsaharan'ny mpitandrina mpanampy iray, ny mpitandrina mpanampy tafajanona dia mety ho voatendrin'ny mpitantana ny distrika mba hanompo ho mpitandrin'ny fiangonana; raha tahiany anefa ka, ao anatin'ny enimpolo andro, hatolotra eo an-tanan'ny biraom-piangonana ny olana momba ny fifandraisana amin'ireo mpitandrina, amin'izay fotoana izay, dia hanaraka ny fomba fanao voasoritra ao amin'ny andininy 115 ny fiangonana.

### I. Ny fifandraisana eo amin’ny Mpitandrina sy Fiangonana

**121.** Isan-taona, ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana dia hitarika fivoriana fanaovana drafitra hanavaozana ireo zavatra antenaina sy ny tanjon'ny fiangonana sy ny mpitandrina. Ny fahalalana an-tsoratra an'ireo tanjona, planina sy fenitra tratrarina eo amin'ny fiangonana sy ny mpitandrina dia havaozina araka ny fotoana. Izany fahalalana voarakitra an-tsoratra izany dia hotehirizin'ny mpitantana ny distrika. (115.2, 129.4)

**121.1.** Ny mpitandrina sy ny fiangonana dia hikatsaka fifanarahana mazava ny amin’ny zavatra antenain’ny tsirairay avy ary hanaraka amim-pahatokiana ny fahamarinanaa ara-Baiboly mba hamahana ny fahasamihafana amin’ny alalan’ny fanahin’ny fampihavanana ao amin’ny fiangonana. Ny fahamarinana ara-Baiboly hamahana ny fahasamihafana ao amin’ny Matio 18.15-20 sy Galatiana 6:1-5 dia ahitana ny hoe:

1. Katsaho ny hamahana ny tsy fitovian-kevitra amin’ny alalan’ny firesahana amin’izy ireny ampahibemaso.
2. Raha tsy mahomby ny firesahana ampahibemaso, dia mitadiava fanampiana avy amin’ny olona iray na roa hafa hamahàna ny tsy fitovian-kevitra.
3. Arosoy eo amin’ny biraom-piangonana ny tsy fitovian-kevitra rehefa lany haika tamin’ny fifampifanatrehana sy ny ezaka nataon’ny antokon’olona.
4. Ny Kristiana dia tsy maintsy miasa amin’ny famahana ny fahasamihafana amin’ny alalan’ny fanahin’ny fitiavana, fanekena, ary famelan-keloka.

### J. Fanavaozana indray ny fifandraisana amin'ny Fiangonana sy ny Mpitandrina

**122. Ny fijerena indray ny maha-ara-dalana ny asa fitandremana/Fiangonana.** Ny fifandraisana eo amin'ny fiangonana sy ny mpitandrina dia hojeren'ny Biraom-piangonana fivoriana miaraka amin'ny mpitantana ny distrika na mpanompo efa notokanana na laika iray voatendrin’ny mpitantana ny distrika ao anatin’ny 60 andro amin’ny tsingerin-taona faharoa niasan’ny mpitandrina ary isaky ny 4 taona aorian’izany. Ny mpitantana ny distrika na mpanompo efa notokanana na laika voatendrin’ny mpitantana ny distrika dia ho tompon’andraikitra amin’ny fandaharam-potoana sy ny fitarihana ny fivoriana miaraka amin’ny biraom-piangonana. Izany fivoriana izany dia alahatra araka izay aneken’ny mpitandrina azy. Ny fivoriana momba ny fijerena indray dia entina amin’ny fotoana izay hanapahan-kevitra hanatontosana azy (biraom-piangonana ary ao anatin'izany ny mpitandrina). Noho ny fahamalinan'ny mpitantana ny distrika, dia mety ho azon'ny mpivory hatao ny hitondra ny ampahan'ireo zavatra hojerena indray na tsy eo anatrehan'ny mpitandrina

aza. Raha voafidy ho mpikambana ao amin'ny birao ny vadin'ny mpitandrina, dia tsy handray anjara amin'ny fivoriana koa izy.

Hisy filazana an-tsoratra sy/na apetaka amin'ny rindrina ho an'ny be sy ny maro manazava ny fikasan'ny biraom-piangonana izay alefa amin'ny mpiangona ny Alahady mialoha ny hivorian'ny biraom-piangonana sy ny mpitantana ny distrika handinihana indray ny raharaham-pitandremana.

Ao amin'izany fivoriana izany, ny fanontaniana momba ny fanohizana ny asa fitandremana/fiangonana dia horesahina indray. Ny tanjona dia ny ahitana marimaritra iraisana mba tsy hisian'ny fifidianana ataon'ny biraom-piangonana amin'ny fahazarana fotsiny. Raha toa ka tsy mifidy ny hametra-panontaniana ny amin'ny hanohizana ny raharaha ara-pitandremana ny biraom-piangonana, dia hitohy ny fifandraisana eo amin'ny asa fitandremana.

Ny biraom-piangonana dia mahazo manao latsa-bato mba hampiseho amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana ny fanontaniana momba ny amin'ny fanohizana ny fiantsoana ny mpitandrina. Amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina ny fifidianana ataon'ny Birao ary mitaky ny vato azon'ny maro an'isa amin'ny mpikambana amin'ny biraom-piangonana.

Raha toa ny biraom-piangonana ka mifidy mba hampiseho ny fametraham-panontaniana momba ny fanohizana ny raharaha fitandremana amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana, izany zavatra izany dia haseho amin'ny fivoriam-piangonana izay natao manokana ho amin'ny izany, ary atao ao anatin'ny 30 andro manaraka izany asa izany. Hipetraka ny fanontaniana hoe: "Mbola hitohy ve ny asa fitandremana/fiangonana amin'izao fotoana izao?" Ny fifidianana dia amin'ny alalan'ny latsa-bato ary mitaky ny fandanian'ny roa ampahatelon'ny maro an'isa. Raha mifidy ny amin'ny hanohizana ny asa fitandremana/fiangonana ny mpikambana ao amin'ny fiangonana dia hotohizana izany ary atao tahaka ny hoe tsy nisy fifidianana akory, raha tsy izany kosa, ny asa fitandremana/fiangonana dia hijanona amin'ny daty voatendrin'ny mpitantana ny distrika tsy latsaky ny 30 andro ary tsy mihoatra ny 180 andro aorian'ny andro fifidianana. Raha toa ny mpitandrina ka mifidy ny tsy hanatanteraka ny fifidianana ataon'ny fiangonana, dia hametraka ny fialany izy. Amin'izany ny asa fitandremana dia hitsahatra amin'ny daty izay voatendren'ny mpitantana ny distrika tsy latsaky ny 30 andro ary tsy mihoatra ny 180 andro aorian'ny fanapahan-kevitry ny mpitandrina tsy hanohy amin'ny fifidianana ataon'ny fiangonana. Amin'ny fanaovana jery todika, dia manao tatitra ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana mikasika ny fivoaran'ny fanatanterahany ny iraka, ny vina sy ny votoatin'ny zava-manan-danja amin'ny fiangonana.

**122.1.** Ny Lehiben'ny Biraon'ny Mpanisa vato dia tokony hampandre manokana ny mpitandrina ny amin'ny vokatry ny fifidianana ny amin'ny asa fitandremana mialoha ny hanaovana izany ho ren'ny be sy ny maro.

**123. Fijerena manokana ny asa fitandremana/fiangonana.** Eny anelanelan'ny fotoana fijerena indray ny raharaha araka ny mahazatra, dia ho lasa fijerena manokana ara-dalàna amin'ny alalan'ny latsa-bato aneken'ny maro an'isa ao amin'ny biraom-piangonana voafidy manontolo ny fivorian'ny biraom-piangonana eo an-toerana, ka miaraka amin'ny mpitantana ny distrika manatrika eo na ny loholona iray voatondron'ny mpitantana ny distrika ho mpitarika. Raha mihevitra ny mpitantana ny distrika sy ny biraom-piangonana fa ny resaka momba ny fanohizana ny asa fitandremana dia tokony haroso eo amin'ny fiangonana, amin'ny alalan'ny latso-bato aneken'ny maro an-isa amin'ny mpikambana rehetra tonga, raha tsy hoe angaha takian'ny lalàna manan-kery eo amin'ilay tany voalaza ny mifanohitra amin'izany, dia handahatra ny resaka ho amin'ny fandatsaham-bato eo amin'ny fivoriam-piangonana

manokana ny mpitantana ny distrika sy ny biraom-piangonana. Toy izao manaraka izao no handrosoana ny resaka: "Hotohizana ve ny fitandremana ny fiangonana ankehitriny?" Ho entina amin'ny fotoam-pivoriana fanatanterahana azy io resaka fijerena indray eo amin'ny fivoriana manokana ny fitandremana ny fiangonana io. (113.14)

Raha toa amin'ny alalan'ny fifidianana atao lanin'ny roa ampahatelon'ny mpikambana feno taona ao amin'ny fiangonana tonga manatrika, raha tsy hoe takian'ny lalàna manan-kery eo amin'ilay tany voalaza ny mifanohitra amin'izany ka tapaky ny fiangonana ny hanohizana ny asa fitandremana amin'izao fotoana izao, ny faharetan'ny fotoam-piasan'ny mpitandrina dia hitohy ka tahaka ny hoe tsy nisy akory izany fifidianana izany.

Saingy, raha tsy resy lahatra ny amin'ny hanohizana ny asa fitandremana intsony ny fiangonana, dia ho tapitra ny fitondran'ny mpitandrina amin'ny daty izay voafetran'ny mpitantana ny distrika, tsy mihoatra ny 180 andro manaraka ny fifidianana (122-22.1)

**124. Fahasahiranana mahazo ny fiangonana eo an-toerana**. Amin'ny fahalalana fa mandalo fahasahiranana ny fiangonana eo an-toerana, ny mpitantana ny distrika, miaraka amin'izay fankatoavan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia hanana ny fahefana hanendry vaomiera iray hijery indray ny toe-java-misy ka hanao izay dingana mety hisorohana ny fahasahiranana. Hahitana loholona roa sy mpikambana tsotra roa ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ilay vaomiera ary koa ny mpitantana ny distrika izay ho mpitarika ny fivorian'ny vaomiera. (208.3)

**124.1** Raha heverin'ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy, fa ao anatin'ny fahasahiranana ny fiangonana eo an-toerana iray – sahirana ara-bola, ara-moraly, na hafa – ary manozongozona ny fiorenana sy ny ho avin'ny fiangonana izany fahasahiranana izany, *(a)* ny resaka momba ny fitohizan'ny fitandremana ny fiangonana dia mety hatolotra ny fiangonana eo an-toerana amin'ny alalan'ny mpitantana ny distrika na ny mpikambana iray ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izay notendren'ny mpitantana ny distrika, toy ny hoe notakian'ny Biraom-piangonana ny latsa-bato araka ny andininy 122, na *(b)* mety hifarana miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe manam-pahefana ny fotoam-piasan'ny mpitandrina sy/na ny biraom-piangonana, ary koa amin'ny alalan'ny latsa-bato aneken'ny maro an'isa ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Ny Mpitantana ny distrika, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy sy ny Birao Mpanolo-tsain'ny Distrika, dia afaka manendry mpikambana ao amin'ny Biraom-piangonana ho amin'izay fiangonana voalaza fa ao anatin'ny fahasahiranana. (208.3)

## K. Ny Biraom-piangonana

**127. Ny Mpikambana ao**. Ny fiangonana eo an-toerana rehetra dia tokony hanana biraom-piangonana ahitana mpitandrina, mpiandraikitra ny Sekoly Alahady, filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, filohan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana (na raha toa ka ny vadin'ny mpitandrina izany, ka tsy te-hirotsaka ao amin'ny birao izy dia ny filoha lefitra no maka ny toerana; saingy raha ny vadin'ny mpitandrina no filoha ka misafidy ny ho ao anatin'ny birao izy, dia tsy ho isan'ny mpanao tomban'ezaka ny amin'ny fitandremana izy), ny mpitandrim-panahy, ny mpitandrim-pananana ao amin'ny fiangonana, ary ireo mpikambana amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady rehefa voafidy ho komitin'ny fampianarana ao amin'ny biraom-piangonana tamin'ny alalan'ny fivoriam-piangonana fanao isan-taona. Tsy tokony hihoatra ny 25 ny isan'ny ao amin'ny biraom-piangonana avy amin'ny laika. Ireo mpanompo

efa notokanana nefa tsy nomen’ny distrika andraikitra dia tsy azo fidiana hiasa eo anivon’ny biraom-piangonana.

Tarihintsika ny fiangonana eo an-toerana mba tsy hifidy olona ho mpiandraikitra eo amin'ny fiangonana afa-tsy izay olona manambara ny traikefan'ny fanamasinana manontolo, ary hita koa fa ny fiainany dia vavolombelona ampahibemason'ny fahasoavan'Andraimanitra izay miantso antsika ho amin'ny fiainana masina; izay mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana, lalàm-panorenana sy ny fanaon'ny Fiangonan'ny Nazareana; ary koa manohana am-pahatokiana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fahatongavana tsy tapaka sy fanaovana ampahafolony sy fanatitra. (39, 113.9-13.12, 137, 141, 145, 146, 151, 153.2, 160.4)

**128. Fivoriana.** Ny biraom-piangonana dia handray ny asany amin’ny fanombohan’ny taonan’ny fiangonana ary hanana fotoam-pivoriana ara-dalàna isam-bolana ary hivory indrindra indrindra rehefa antsoin’ny mpitandrina, ny mpiandraikitra ny distrika, ny mpitan-tsoratry ny biraom-piangonana amin’ny fankatoavan’ny mpitandrina ihany, na ny mpitantana ny distrika rehefa tsy misy mpitandrina. Eo anelanelan’ny fivoriam-piangonana isan-taona sy ny fanombohan’ny taonan'ny fiangonana, ny biraom-piangonana vao nitsangana dia afaka mivory ho amin’ny fandaminana, ka amin’izany fotoana izany no hifidianana ny mpitan-tsoratry ny fiangonana sy ny mpitam-bolan’ny fiangonana araka ny voalaza etsy ambany ary koa ireo tompon’andraikitra hafa izay tsy maintsy hofidiny. (129.19-130)

**129. Raharaha.** Ny raharahan’ny biraom-piangonana dia ny:

**129.1.** Mikarakara izay mahasoa ny fiangonana sy ny asany, raha tsy nisy torolàlana nomena mikasika izany, izay ifandrindrana miaraka amin’ny mpitandrina. (156, 415)

**129.2.** Manolotra loholona na mpanompo nahazo alalana izay olona mendrika ho tonga mpitandrina, ho an'ny fiangonana aorian'ny fifampidinihana amin'ny mpitantana ny distrika, ary raha toa ka ankatoavin’ny mpitantana ny distrika ilay fanolorana. (115, 208.9)

**129.3.** Miara-miasa amin’ny mpitandrina vaovao amin’ny fanatsarana ny fametrahana an-tsoratra ny tanjona sy ny zavatra andrasana. (115.2)

**129.4.** Mitarika indray mandeha isan-taona farafahakeliny, miaraka amin’ny mpitandrina, ny fivoriana fanaovana drafitra ho an'ny fanavaozana an-tsoratra mazava ny zavatra andrasana, ny tanjona, ny planina ary ny zava-kendrena. (121)

**129.5.** Mandamina ny zavatra ilaina amin'ny asa fitandremana, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika, mandrapahatonga ny fotoana izay fiantsoan'ny fiangonana ny mpitandrina. (209, 421)

**129.6.** Manangana sy mampandroso ny teti-bola isan-taona ho an’ny fiangonana, sy ireo zavatra hafa miaraka amin’izany, ny fitaizana sy ny fanabeazana (manomboka amin'ny fahaterahana ka hatramin'ny sekoly ambaratonga faharoa) izay ilàna ny fidiram-bola sy ny fandaniam-bola koa.

**129.7.** Manendry komitin’ny birao tompon’andraikitra: *(a)* fitantanana ny teti-bolam-piangonana, *(b)* fanaovana tatitra any amin’ny birao ny toe-bola sy izay ilain’ny fiangonana.

**129.8.** Mamaritra ny habetsaky vola raisin’ny mpitandrina, ary mamerina mijery izany indray mandeha isan-taona farafahakeliny. (115.4, 122)

**129.9.** Manome ny fomba sy ny fitaovana hanohanana ny mpitandrina, sy ny fitaovana ilaina amin'ny asa fitandremana, na ireo mpiasa hafa izay mandray karama ao amin'ny fiangonana; mampahery sy manohana amin'ny alalan'ny fanaovana planina sy tetibola ho amin'ny fianarana mandritra ny androm-piainana nanoloran'ny mpitandrina sy ny mpiara-miasa aminy. (115.4)

**129.10.** Mba handrisihana ny fitandremana salama sy ny fianarana mandritra ny fiainana ataon'ny mpitandrina, dia tokony hihevitra ny amin'ny fisintahana sabatikan'ny mpitandrina aorian'ny fito taona mifanesy nanompoany tao amin'ny fiangonana iray ny biraom-piangonana miaraka amin'ny torohevitry ny mpitantana ny distrika. Ny famerana ny fotoana sy ny halavan'ny fetr'andro sabatika dia ho faritana miaraka amin'ny fifampidinihana miaraka amin'ny mpitandrina, ny Biraom-piangonana sy ny mpitantana ny distrika. Antitraterina mafy fa hitohy amin'ny fahafenoany hatrany ny karaman'ny mpitandrina, ary ny Biraom-piangonana no mihevitra ny amin'ny fanohanana ny fitorian-teny eny amin'ny pilipitra mandritra ny fe-potoana sabatika. Hitombo sy hozaraina amin'ny alalan'ny sampana mifandraika aminy ny fitaovana ao am-piangonana mba hitarihana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fametrahana sy fampiasana ny fomba fitondrana sy fiasa amin'ny fotoam-pisintahana sabatika.

**129.11.** Mamaritra ny fanampiana ara-bola sy ny hofan-trano tokony ho raisin'ny evanjelistra, ary mampahafantatra izany fanohanana izany amin'ny fotoana izay iantsoan'ny Biraom-piangonana azy.

**129.12.** Manome, na manavao ny fahazoan-dalana, araka izay hitany mahatsara azy ny olona iray izay natolotry ny mpitandrina mba, *(a)* ho mpanompo eo an-toerana, na *(b)* ho mpanompo tsotra. (402.3, 426.1, 426.3)

**129.13.** Manolotra any amin'ny fivorian'ny distrika, amin'ny fahamalinana, amin'ny fangatahana ataon'ny mpitandrina, araka izay hitany fa mahatsara azy, ny olona izay maniry ny handray taratasy fanamarinana amin'ny asa fanompoana izay voalaza, ahitana ireo mpirotsaka avy amin'ny laika sy ny mpanompo izay ekena ho mpanompo any ivelan'ny fiangonana eo an-toerana, raha toa izany fangatahana izany ka takian'ny *Boky Torolàlana.*

**129.14.** Manolotra any amin'ny fivorian'ny distrika, amin'ny fahamalinana, amin'ny fangatahana ataon'ny mpitandrina, araka izay hitany fa mahatsara azy, ny olona iray izay maniry ny hanana ny Taratasy Fanomezan-dalana ny mpanompo na ny fanavaozana izany. (426.5, 427.1)

**129.15.** Manolotra any amin'ny fivorian'ny distrika, amin'ny fahamalinana, amin'ny fangatahana ataon'ny mpitandrina, araka izay hitany fa mahatsara azy, ny fanavaozana ny fanomezan-dalana ny diakona izay mifanaraka amin'ny 406.

**129.16.** Mifidy, araka ny fanolorana ataon'ny Biraon'ny Sekoly Alahady, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitandrina, ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny ankizy sy ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny lehibe. (145.6)

**129.17.** Manome fankatoavana ny talen'ny Tanora Iraisam-pirenana Nazareana voafidin'ny fikambanan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana, araka ny satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana.

**129.18.** Manao fankatoavana ny fifantenana ny mpitantan-draharaha ao amin'ny ankanin-jaza sy sekoly Nazareana (hatramin'ny fahaterahana ka hatrany amin'ny ambaratonga faharoa). (152, 160.1, 208.12, 413.18)

**129.19.** Mifidy mpitan-tsoratra iray, avy amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana izay mahafeno ny fepetra takiana ho an'ny mpiandraikitra fiangonana araka ny voalaza manokana ao amin'ny *Boky Torolàlana,* andininy 39, tamin'ny fivoriana voalohan'ny birao vaovao, mba hanompo mandra-pahatonga ny fikatonan'ny taom-piangonana ary mandrapifidy sy mandrapandray izay handimby azy. (39, 113.6, 128, 135.1-35.7)

**129.20.** Mifidy mpitam-bola amin'ny fivoriana, avy amin'ny mpikambana ao am-piangonana izay mahafeno ny fepetra takiana ho an'ny mpiandraikitra fiangonana araka ny

voalaza manokana ao amin'ny andininy faha 39, tamin'ny fivoriana voalohan’ny birao vaovao, mba hanompo mandra-pahatonga ny fikatonan’ny taom-piangonana mandrapifidy sy mandrapandray izay handimby azy. Tsy misy olona avy ao amin'ny ankohonan'ny mpitandrina (vady, zanaka, mpiray tampo, ray aman-dreny) mahazo mirotsaka ho mpitam-bolan'ny fiangonana raha tsy efa nahazo fankatoavan'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (128, 136.1-36.6)

**129.21.** Mitazona tsara ny firaketana momba ny vola rehetra noraisin'ny fiangonana sy nolaniany hanaovana famatsiana, ao anatin'izany ny ankanin-jaza sy ny sekoly (hatramin'ny fahaterahana ka hatramin'ny ambaratonga faharoa) sy ny sampana hafa rehetra, ary hanao tatitra momba ireo amin'ny fivoriana fanaon'ny fiangonana isam-bolana sy amin'ny fivoriana fanaon'ny fiangonana isan-taona. (136.3-36.5)

**129.22.** Manangana komity izay ahitana mpikambana tsy latsaky ny roa mba hanisa sy hanao tatitra ny vola rehetra raisin’ny fiangonana.

**129.23.** Manendry komity hanao fanamarinana, farafahakeliny indray mandeha isan-taona, ny firaketana ara-bolan'ny mpitam-bolan’ny fiangonana, ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, ny Biraon’ny Sekoly Alahady, ny ankanin-jaza sy sekoly Nazareana, ary ny fandraiketana ara-bola hafa rehetra ao amin'ny fiangonana. Afaka mijery ny firaketana rehetra ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ny mpitandrina.

**129.24.** Manangana Komitin'ny Fitoriana Filazantsara sy Komitin'ny Fidirana ho Mpikambana ao amin’ny Fiangonana ahitana olona tsy latsaky ny telo. (110)

**129.25.** Miasa, raha azo ekena, ho Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin’ny fiangonana izay ahitana mpikambana tsy mihoatra ny 75. (145)

**129.26.** Manendry komitin'ny fitsarana ahitana olona dimy raha toa ka misy fitoriana natao an-tsoratra atao amin'ny mpikambana iray ao amin’ny fiangonana. (504)

**129.27.** Mifidy, avy amin’ny fankatoavana an-tsoratry ny mpitantana ny distrika sy ny fanoloran’ny mpitandrina, ireo mpanampy mandray karama izay notendren'ny fiangonana eo an-toerana. (151, 152, 160-60.1, 208.12)

**129.28.** Mifidy mpanompo eo an-toerana na mpanompo nomena fahazoan-dalana mba ho mpitandrina mpanampy tsy mandray karama raha toa ka mahazo fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny mpitantana ny distrika isan-taona.

**129.29.** Mametraka komity mpamolavola planina lavitra ezaka ho an’ny fiangonana miaraka amin’ny mpitandrina izay ho filohan'izany komity izany avy hatrany.

**129.31.** Manangana sy handroso planina mba hampihena ny zava-doza mety hitranga, mba tsy hoe hampiasa ny toeram-pitokisana na ny fahefana nomena azy ireo amin’ny fitondran-tena ratsy ireo olona napetraka amin'ny toeram-pahefana ao amin'ny fiangonana. Ny planina ho an’ny fiangonana eo an-toerana tsirairay dia tsy maintsy manisy lanja ny zava-misy manokana eo aminy avy.

**130.** Ny biraom-piangonana, miaraka amin’ny mpitandrina, dia tokony hanaraka ny planina napetraky ny Fihaonambe ary neken’ny fihaonan’ny distrika mba hanangonana Tahiry ho an'ny Asa Fanompoana eo amin’ny Distrika izay ataon’ny fiangonana eo an-toerana, ary hanangona sy handoa izany anjara vola izany ara-dalàna. (317.12, 334.8)

**131. Hevitry ny Fitantanana mahatoky**. Jereo ny andininy faha 38-8.4.

**132.** Ny biraom-piangonana no hiantsoroka ny andraikitry ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny fiangonana izay vao voarindra mandra-pifidy izany birao izany amin'ny fifidianana ara-dalàna. (145)

**132.1.** Ny biraom-piangonana sy ny mpitandrina ny fiangonana voarindra no hanapa-kevitra ny amin'ny fotoana hifidianana ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady. (129.25, 145, 146)

**133.** Ny biraom-piangonana dia afaka manala ao amin'ny lisitry ny anaran'ny mpikambana tsy miasa aorian'ny roa taona, manomboka amin'ny daty izay nilazana ny anarany ho tsy miasa. (109-9.4, 112.3)

**134.** Ny Biraom-piangonana dia afaka mampiato na misintona ny fahazoan-dalana nomena ny olona iray nahazo izany.

**135. Ny sekreteran'ny Fiangonana.** Ny **andraikitry ny sekretera**n'ny biraom-piangonana dia:

**135.1.** Mandray an-tsoratra marina tsara sy hitahiry amim-pahatokiana ireo zavatra voadinika amin'ny antsipirihany tao amin'ny fivoriam-piangonana sy tao amin'ny fivorian'ny biraom-piangonana, ary hanao izay zavatra rehetra mety ilaina amin'ny asa. (119.1, 129.19)

**135.2.** Manolotra amin'ny fivoriana fanao isan-taonan'ny fiangonana ny tatitra isan-taona momba ireo asa lehibe natao'ny fiangonana eo an-toerana, tafiditra ao anatin'izany ny antontan'isa momba ny mpikambana. (113.8)

**135.3.** Mijery raha voatahiry amim-pahatokiana amin'ny toerana voaaro amin'ny afo ireo taratasy, tahirin-tsoratra sy raki-tsoratra ara-panjakana momba ny fiangonana eo an-toerana, ao anatin'izany ny zavatra natao, ny zavatra nesorina, fiantohana, raki-tsoratra momba ny findramam-bola, taratasin'ny maha mpikambana, tahirin-tsoratra ara-tantara, fandraisana an-tsoratra ny fivorian'ny biraom-piangonana, ary ny taratasim-piombonana; na koa voatahiry amin'ny toerana azo antoka ao amin'ny banky eo an-toerana na orinasa mitovy amin'izany. Ifampizaran'ny mpitandrina sy ny mpitam-bolan'ny fiangonana mandrakariva ny fahazoana mijery izany, ary ny fikarakarana ireo dia omena avy hatrany ny mpandimby ny mpitantsoratra miadidy.

**135.4.** Ho sekreteran'ny fivoriam-piangonana fanao isan-taona sy fivoriana manokana rehetra; ary ho mpitahiry ny tahirin-tsoratra momba ny fivoriana sy ny taratasy hafa momba izany fivoriana isan-taona sy manokana izany. (113.6)

**135.5.** Manao fanamarinana an-tsoratra amin'ny mpitantana ny distrika ny vokatry ny latsa-bato tamin'ny fiantsoana mpitandrina iray sy ny fanohizana ny fitandremana ny fiangonana. Hatao ao anatin'ny herinandro aorian'ny fifidianana izany fanamarinana izany.

**135.6.** Mandefa any amin'ny mpitantana ny distrika ny dika mitovy ny tatitra an-tsoratra ny fivoriam-piangonana sy ny fivorian'ny biraom-piangonana ao anatin'ny telo andro nivoriana raha tsy manana mpitandrina ilay fiangonana eo an-toerana.

**135.7.** Manao sonia miaraka amin'ny mpitandrina ny taratasy rehetra momba ny tany, antoka, fanafoanana trosa momba ny tany, taratasy fifanarahana, ary ny tahirin-tsoratra ara-panjakana rehetra mety tsy voalaza tamin'ny fomba hafa ao amin'ny *Boky Torolàlana*. (102.3, 103-4.2)

**136. Ny Mpitam-bolan'ny Fiangonana.** Ny andraikitry ny mpitam-bolan'ny biraom-piangonana dia ny:

**136.1.** Mandray ny vola rehetra izay tsy nomena tamin'ny fomba hafa, ary hampiasa izany araka ny baikon'ny biraom-piangonana ihany. (129.21)

**136.2.** Mametraka isam-bolana any amin'ny Mpitam-bolan'ny Distrika ny vola miditra amin'ny distrika rehetra, ary toy izany koa amin'ny vola miditra ankapobeny alefa any amin'ny mpitam-bola Foibe, raha mbola tsy natao tamin'ny fomba hafa izany. (413.17)

**136.3.** Manao firaketana mazava tsara amin'ny boky ny vola rehetra izay miditra sy mivoaka. (129.21)

**136.4.** Manao tatitra ara-bola amin'ny an-tsipirihany isam-bolana ny amin'ny fitsinjarana izany any amin'ny biraom-piangonana. (129.21)

**136.5.** Manao tatitra ara-bola isan-taona amin'ny fivoriam-piangonana isan-taona. (113.8, 129.21)

**136.6.** Manolotra ho an'ny biraom-piangonana ny tatitra feno avy amin'ny mpitam-bola amin'ny fotoana izay hijanonan'ny mpitam-bola amin'ny asany.

## L. Ireo mpitandrim-panahy

**137.** Ny mpitandrim-panahy ao amin'ny fiangonana dia tsy tokony ho latsaky ny 3 ary tsy hihoatra ny 13. Hofidina amin'ny alalan'ny latsa-bato ireo, amin'ny fivoriam-piangonana isan-taona na manokana, avy amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana, mba hanompo ho amin'ny taom-piangonana manaraka mandra-pifidy sy mandra-pandray izay handimby azy ireo. (39, 113.7, 113.10, 127)

**138.** Ny **andraikitry ny mpitandrim-panahy** dia ny:

**138.1.** Manompo toy ny komity misahana ny fampitomboana ny fiangonana, raha tsy efa napetraka tamin'ny fomba hafa izany, miaraka amin'ny andraikitra amin'ny fikasihana ny hafa, ny fitoriana filazantsara ary ny fanitarana, ao anatin'izany ny fanohanana ara-bola ireo fiangonana vaovao sy misiona, miaraka amin'ny mpitandrina ho mpitarika izany avy hatrany.

**138.2.** Manampy sy manohana ireo mahantra sy ao anatin'ny hakiviana. Ny andraikitra ara-Baiboly ho an'ny mpitarika laika dia ny fanompoana amin'ny toerana izay ahafahana miasa azo ampiharina amin'ny fiainana an-davanandro mihitsy (Asa 6:1-3; Romana 12:6-8). Noho izany ny mpitantana dia tokony hanome ny fotoanany sy ny fanomezam-pahasoavany ho amin'ny fanompoana, fitantanan-draharaha, famporisihana, famindram-po, famangiana, ary asa fanompoana hafa.

**138.3.** Manompo, araka izay iheveran'ny biraom-piangonana azy, ho toy ny Komitin'ny Fitoriana Filazantsara sy Komitin'ny Fidirana ho Mpikambana ao amin'ny Fiangonana araka izay hita ao amin'ny 110-10.8.

**138.4.** Manampy ny mpitandrina amin'ny fandaminana ny fiangonana mba hahatonga ny fahafahana manao fanompoana Kristiana ho azon'ny mpikambana rehetra atao. Asiana fijerena manokana ny fampandrosoana ny asa fanompoana any amin'ireo izay manana kolontsaina sy toe-karena hafa amin'ny fiaraha-monina manodidina.

**138.5.** Manompo amin'ny maha mpampitohy azy eo amin'ny fiaraha-monina Kristiana manao asa sy ny fikambanana manao asa fanompoana.

**138.6.** Manampy ny mpitandrina amin'ny fanompoam-pivavahana iraisan'ny be sy ny maro sy ny famahanana ny Kristiana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

**138.7.** Manomana ireo zavatra rehetra amin'ny Fanasan'ny Tompo, ary raha takian'ny mpitandrina, dia hanampy amin'ny fizarana izany. (34.5, 413.11)

**139.** Ny fahabangan'ny toeran'ny mpitantana dia hofenoin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fivorian'ny fiangonana nantsoina ho amin'izany. (113.14)

**140.** Ny mpandrindra dia hametraka ny Komitin'ny fitandremam-panahy, ka ny adidin'izany dia ny hampandroso ny fitantanana Kristiana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fiaraha-miasa amin'ny mpitandrina sy ny biraon'ny fanompoana amin'ny fitandremam-panahin'ny mpitambola foibe. (38-38.4)

## M. Ny Mpitandrim-pananana

**141.** Ny mpitandrim-pananana ao amin'ny fiangonana dia tsy tokony ho latsaky ny 3 ary tsy mihoatra ny 9. Ireo dia tsy maintsy hofidina avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana mba hanompo mandritra ny taom-piangonana manaraka sy mandra-pandray izay hisolo azy ireo indray. (39, 113.10, 127)

**142.** Amin'ny lafiny rehetra izay itakian'ny lalàna misy ny fomba fifidianana manokana mpitandrim-pananana, dia tsy maintsy arahina an-tsakany sy an-davany izany fomba izany. (113.4)

**142.1.** Raha toa ny lalàna misy ka tsy mitaky fomba fifidianana manokana, ireo mpitandrim-pananana ireo dia hofidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato amin'ny fivoriana isan-taona fanaon'ny fiangonana eo an-toerana na amin'ny fivoriana manokana ho amin'izany fotsiny. (113.7, 113.10)

**143.** Ny **andraikitry ny mpitandrim-pananana** dia:

**143.1.** Mitahiry ireo taratasy momba ny fiangonana ka hitantana izany amin'ny maha olona itokisan'ny fiangonana eo an-toerana azy ireo, raha toa ny fiangonana eo an-toerana ka tsy tafakambana, na koa hoe mitaky izany ny lalàna misy, na koa noho ny antony hafa izay hitan'ny mpitantana ny distrika na ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika fa tsara indrindra, araka ny fitarihana sy ny famerana izay hita ao amin'ny 102-4.4.

**143.2.** Mitari-dalana amin'ny fampandrosoana ny fananana ara-materialy sy ny fanaovana planina ara-bola, raha toa ka tsy mbola nomen'ny biraom-piangonana tamin'ny fomba hafa izany.

**144.** Raha misy toerana banga ao amin'ny biraon'ny mpitandrim-pananana dia hofenoin'ny fiangonana eo an-toerana izany amin'ny alalan'ny fivoriam-piangonana mety amin'izany. (113.14)

## N. Ny Birao ny Sekoly Alahady

**145.** Ny fiangonana eo an-toerana tsirairay dia hametraka ny **Biraon'ny Sekoly Alahady**, na **Komitin'ny Fanabeazana** ho isan'ny biraom-piangonana, amin'ny fivoriana isan-taona ataon'ny fiangonana, mba ho tompon'andraikitra amin'ny fanabeazana Kristiana ao amin'ny fiangonana. Ao amin'ny fiangonana ahitana mpikambana 75 na latsaka, ny andraikitra dia mety ho raisin'ny biraom-piangonana. Ny mpikambana ao dia: ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady (146) izay ho mpikambana avy hatrany; ny mpitandrina; ny filohan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana, ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana; talen'ny asa fanompoana ho an'ny ankizy; talen'ny asa fanompoana ho an'ny olon-dehibe; ary olona 3 ka hatramin'ny 9 voafidy avy amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana amin'ny fivoriam-piangonana fanao isan-taona. Ny mpikambana rehetra dia azo fidiana hiasa roa taona tsy tapaka ary mandra-pifidy sy mandram-pandray indray izay handimby azy ireo. Raha misy fahabangana eo amin'ny toeran'ny mpikambana voafidy, dia hofenoina mandritra ny fivoriam-piangonana nantsoina ho amin'izany izany. Raha toa ka mifidy Komitin'ny Fanabeazana ny fiangonana ho isan'ny biraom-piangonana, dia mila manaraka izay takian'ny *Boky Torolàlana* izany ny amin'ny isa kely indrindra amin'ny mpitandrim-panahy (137, 141). Ho mpikambana avy hatrany ireo mpikambana ao amin'ny komity, na dia tsy mpikambana ao amin'ny biraom-piangonana aza ny sasany.

Tarihintsika ny fiangonana eo an-toerana mba tsy hifidy olona ho mpiandraikitra eo amin'ny fiangonana afa-tsy izay olona manambara ny traikefan'ny fanamasinana manontolo, ary hita koa fa ny fiainany dia vavolombelona ampahibemason'ny fahasoavan'Andriamanitra

izay miantso antsika ho amin'ny fiainana masina; izay mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana, lalàm-panorenana sy ny fanaon'ny Fiangonan'ny Nazareana; ary koa manohana am-pahatokiana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fahatongavana tsy tapaka sy fanaovana ampahafolony sy fanatitra. (39)

Ny **andraikitra sy ny fahefan'ny Biraon'ny Sekoly Alahady na ny Komitin'ny Fanabeazana** dia:

**145.1.** Manao planina, mandrindra, mampandroso, ary mitarika ny fanompoana momba ny fanabeazana Kristiana ho an'ny fiangonana eo an-toerana. Izany dia atao eo ambany fiahian'ny mpitandrina mivantana, ary ny fitarihan'ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady, ary ny fitarihan'ny biraom-piangonana eo an-toerana, amin'ny fihazonana tanjona kendren'ny fiangonana sy ny fenitra napetraky ny Birao Foibe ary nampandrosoina tamin'ny alalan'ny asan'ny Sekoly Alahady sy ny biraon'ny asa fanompoana ho an'ny lehibe, ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, ary ny asa fanompoana ho an'ny ankizy. Ireo dia ahitana ny fandaharam-pianarana sy ny fandaharan'asa miompana amin'ny asa fanompoana ho an'ny lehibe sy ny ankizy. Ny Sekoly Alahady, miaraka amin'ny asa fitoriana teny, no tena fototry ny fianaran'ny fiangonana ny Soratra Masina sy ny foto-pampianarana. Ny fitaizana ankizy sy sekoly (manomboka eo amin'ny fahaterahana ka hatramin'ny sekoly ambaratonga faharoa) sy asa fanompoana isan-taona na manokana ary fanofanana, toy ny ilay antsoina hoe "caravane", Sekoly Baiboly amin'ny Fialan-tsasatra (SBF), sy ny asa fanompoana ho an'olona tsy manambady, manome vahana ny foto-pampianaran'ny Soratra Masina mba hiainana sy ho tonga eo amin'ny fiainan'ny fiangonana. (413.23)

**145.2.** Mikasika olona maro izay mbola tsy mpandeha am-piangonana hanatona an'i Kristy sy ho an'ny fiangonana, ka mitondra azy ireo ho amin'ny fiombonana, mampianatra ny Tenin'Andriamanitra amim-pahombiazana, ary mitarika azy ireo ho amin'ny famonjena; mampianatra azy ireo ny foto-pampianarana momba ny finoana Kristiana sady mampandroso ny toetran'i Kristy ao amin' izy ireo, toy izany koa ny toe-tsaina, ary ny fahazarana; manampy azy ireo hanorina tokan-trano Kristiana, manomana ireo mpino ho amin'ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny fiangonana ary manofana azy ireo ho amin'ny asa fanompoana Kristiana sahaza azy ireo.

**145.3.** Mamaritra ny fandaharam-pianarana ho amin'ny asa fanompoana samihafa, amin'ny fampiasana mandrakariva ny bokin'ny Nazareana ho fototra amin'ny fianarana ara-Baiboly sy fanazavana ny foto-pampianarana.

**145.4.** Manao planina sy mandamina ny asa fanompoana iray manontolo momba ny Sekoly Alahady ao amin'ny fiangonana eo an-toerana miaraka amin'ny lalàn'ny Sekoly Alahady. (812)

**145.5.** Manolotra olona hofidiana amin'ny fivoriam-piangonana fanao isan-taona, olona iray na maromaro izay ankatoavin'ny mpitandrina, hofidiana ho Biraon'ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady. Ny fanolorana anarana dia atao amin'ny fivoriana izay tsy atrehan'ny mpitantana tompon-toerana.

**145.6.** Manolotra olona amin'ny biraom-piangonana izay ankatoavin'ny mpitandrina, mba hiasa ho toy ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny ankizy sy talen'ny asa fanompoana ho an'ny lehibe.

**145.7.** Mifidy ny filan-kevitry ny ankizy sy ny lehibe amin'ny fanolorana anarana ataon'ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny ankizy sy ny asa fanompoana ho an'ny lehibe miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitandrina sy ny mpitantana ny Sekoly Alahady.

**145.8.** Mifidy mpanara-maso, mpampianatra, ary mpiandraikitra amin'ny Sekoly Alahady ho an'ny sokajin-taona rehetra izay efa nanambara ny amin'ny finoany ny maha-Kristiana azy, ohatra tsara eo amin'ny fiainana, ary mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana sy ny fiainan'ny Fiangonan'ny Nazareana, avy amin'ny fanolorana anarana nataon'ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny ankizy sy ny lehibe. Ny fanolorana anarana dia hankatoavin'ny mpitandrina sy ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady.

**145.9.** Mifidy tale eo an-toerana ho amin'ny Fanofanana Mitohy ho an'ny Laika, izay handrindra, hampandroso, ary hanara-maso ireo fanofanana mitohy ho an'ny asa fanompoana ataon'ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady sy ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny fiangonana. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady dia hanana ny safidy hanendry ny talen'ny Fanofanana Mitohy ho an'ny Laika mba ho mpikambana avy hatrany amin'izany Birao izany.

**145.10.** Mitarika ny fivoriana ara-potoana; ary handrindra amin'ny alalan'ny fifidianana sekretera sy tompon'andraikitra hafa raha ilaina, amin'ny fanombohan'ny asa fanompoana isan-taonan'ny Sekoly Alahady, izay hitovy amin'ny taonam-piangonana (114). Ny mpitandrina na ny mpitantana ny Sekoly Alahady dia afaka miantso fivoriana manokana.

**146. Ny Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady.** Ny fivoriam-piangonana fanao isan-taona dia hifidy mpiandraikitra ny Sekoly Alahady mba hanompo mandritry ny herin-taona (39), na mandram-pifidy izay handimby azy ireo. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady, amin'ny fankatoavan'ny mpitandrina, dia afaka mangataka ny Mpitantana ny Sekoly Alahady miadidy mba hofidiana amin'ny latsa-bato "eny" na "tsia." Ny toerana banga dia hofenoin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fivoriam-piangonana nantsoina ho amin'izany. (113.10, 145.5). Ny Mpitantana ny Sekoly Alahady, izay voafidy, dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fihaonan'ny distrika (201), ny biraom-piangonana eo an-toerana (127), ary ny Biraon'ny Sekoly Alahady (145).

Tarihintsika ny fiangonana eo an-toerana mba tsy hifidy olona ho mpiandraikitra eo amin'ny fiangonana afa-tsy izay olona manambara ny traikefan'ny fanamasinana manontolo, ary hita koa fa ny fiainany dia vavolombelona ampahibemason'ny fahasoavan'Andriamanitra izay miantso antsika ho amin'ny fiainana masina; izay mifanaraka tsara amin'ny foto-pampianarana, lalàm-panorenana sy ny fanaon'ny Fiangonan'ny Nazareana; ary koa manohana am-pahatokiana ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fahatongavana tsy tapaka sy fanaovana ampahafolony sy fanatitra. (39)

Ny **andraikitra sy ny fahefan'ny Mpitantana ny Sekoly Alahady** dia:

**146.1.** Manantanteraka ny fanaraha-maso ny asa fanompoana ao amin'ny Sekoly Alahady ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

**146.2.** Mitantana ny Sekoly Alahady araka ny lalàna mifehy ny Sekoly Alahady. (812)

**146.3.** Manatsara ny fandaharan'asa mba hitomboan'ny fisoratana anarana, fanatrehana tsy tapaka, ary ny fanofanana mpitarika.

**146.4.** Mitarika ny fivoriana ara-potoana ataon'ny Biraon'ny Sekoly Alahady, ny Komitin'ny Fanabeazana ao amin'ny biraom-piangonana, sy mitarika ny Biraon'ny Sekoly Alahady eo amin'ny fanatanterahany ny adidiny.

**146.5.** Mametraka teti-bola isan-taona ho an'ny asa fanompoana momba ny Sekoly Alahady any amin'ny biraom-piangonana.

**146.6.** Manao tatitra isam-bolana ho an'ny biraom-piangonana sy mandefa tatitra an-tsoratra any amin'ny fivoriam-piangonana fanao isan-taona.

**147. Tompon'andraikitra sy Talen'ny Sekoly Alahady ho an'ny ankizy sy ho an'ny Lehibe.** Mora kokoa ny asan'ny Sekoly Alahady raha alamina araka ny taona: ankizy, tanora, ary lehibe. Tokony hanana tompon'andraikitra ny tsirairay ao amin'ireo sokajin-taona ireo amin'ny fandaminana sy ny fitantanana ny asa. Ny Tompon'andraikitra toy izany dia ahitana ny talen'ny sokajin-taona sy ny solontena avy amin'ny Sekoly Alahady sy ny avy amin'ny asa fanompoana hafa izay atolotry ny fiangonana ho an'izany sokajin-taona izany. Ny andraikitry ny Tompon'andraikitra dia hiasa miaraka amin'ny talen'ny sokajin-taona mba hanao planina ny amin'ny asa fanompoana ho an'izany sokajin-taona izany, ary mba hamatsy ny fampiharana ireo planina ireo. Ny asa rehetra ataon'ny tompon'andraikitry ny ankizy sy ny lehibe dia eo ambany fankatoavan'ny taleny sy ny Biraon'ny Sekoly Alahady.

Ny **andraikitry ny talen'ny sokajin-taona** dia:

**147.1**. Mitarika ny Filan-kevitry ny sokajin-taona izay iandraiketany ka mitondra ny Filan-kevitra amin'ny alalan'ny fandaminana, sy fanatsarana, ary fandrindrana ny asa fanompoana ao amin'ny Sekoly Alahady iray manontolo ho an'ny olona ao anatin'izany sokajin-taona izany.

**147.2.** Mitari-dalana ny sokajin-taona mifanaraka amin'izany ao amin'ny Sekoly Alahady amin'ny fanatsarana ny fandaharan'asa hitomboan'ny fisoratana anarana sy fanatrehana tsy tapaka ho an'ny ankizy, ny tanora ary ny lehibe, ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady.

**147.3.** Manome fitarihana ho amin'ny Sekoly Alahady na sekoly fanabeazana ankizy (hatramin'ny fahaterahana ka hatramin'ny ambaratonga faharoa) fanampiny, isan-taona ary amin'ny asa fanompoana manokana, fitoriana filazantsara ary hetsika ho an'ny sokajin-taona isoloany tena.

**147.4.** Manolotra anarana any amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady ho mpitarika amin'ireo asa fanompoana isan-karazany izay voatokana ho an'ny sokajin-taona misy azy, ao anatin'izany ny mpanara-maso, ny mpampianatra, ary ny tompon'andraikitra ao amin'ny Sekoly Alahady, afa-tsy ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana izay hanendry kosa mpanara-maso, mpampianatra ary tompon'andraikitra ho an'ny Sekoly Alahadin'ny Tanora (39). Ireo anarana natolotra ireo dia ho eken'ny mpitandrina sy ny mpitantana ny Sekoly Alahady.

**147.5.** Maka ny fankatoavan'ny Biraon'ny Sekoly Alahady mialoha ny anaovana fandaharam-pianarana fanampiny.

**147.6.** Manome fanofanana ho an'ny mpitarika ho an'ireo mpiasa ao amin'ny sokajin-taona amin'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady sy ny talen'ny Fanofanana Mitohy ho an'ny Laika.

**147.7.** Mametraka teti-bola isan-taona any amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady sy/na ny biraom-piangonana, ary mitantana ireo vola ho enti-miasa mifanaraka amin'ny fankatoavana izany teti-bola izany.

**147.8.** Mandray ireo tatitra rehetra ny amin'ny asa fanompoana isan-karazany izay mandeha ao anatin'ny sokajin-taona ao amin'ny fiangonana eo an-toerana eo ambanin'ny fitarihany. Hisy tatitra iray fanao isam-bolana ny amin'ny fisoratana anarana, fanatrehana tsy tapaka ny Sekoly Alahady, ary ny zavatra rehetra atao amin'izany asa fanompoana izany izay apetraka any amin'ny mpiandraikitra ny Sekoly Alahady.

**147.9.** Mametraka ny fandaharam-potoana isaky ny efabolan'ny zavatra ataon'ny sokajin-taona misy azy any amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady mba hifandrindra amin'ny asa fanompoana rehetra atao ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

**148. Ny filan-kevitry ny asa fanompoana ho an’ny ankizy.** Ny filan-kevitry ny asa fanompoana ho an’ny ankizy dia tompon’andraikitra amin’ny fanaovana planina ny amin’ny asa fanompoana rehetra ao amin’ny Sekoly Alahady ho an’ny ankizy manomboka amin’ny fahaterahana ka hatramin’ny faha-12 taona ao amin’ny fiangonana eo an-toerana. Ny Filan-kevitra dia ahitana farafahakeliny solontenan’ny Sekoly Alahady iray sy ireo tale avy amin’ny asa fanompoana hafa ho an’ny ankizy izay misy ao amin’ny fiangonana eo an-toerana, tahaka ny: fiangonan’ny ankizy, Caravane, SBF na Sekoly Baiboly amin’ny Fialan-tsasatra, fifaninana ara-Baiboly, iraka fitoriana filazantsara, lisitry ny ankizy madinika, sy ny hafa izay heverina fa ilaina. Ny halehiben’ny Filan-kevitra dia miovaova arakaraky ny asa fanompoana izay atao ho an’ny ankizy ao amin’ny fiangonana eo an-toerana rehefa voafaritra ny zavatra ilaina ary misy mpitarika afaka hanao izany.

Ny **andraikitry ny talen’ny asa fanompoana ho an’ny ankizy** dia ny :

**148.1.** Hanatanteraka ireo adidy omena ny talen’ny sokajin-taona ao amin’ny 147.1-47.9.

**148.2.** Hiara-hiasa amin’ny komity mpanatanteraky ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana amin’ny fiangonana eo an-toerana amin’ny fanendrena talen’ny iraka misiona ho an’ny ankizy. Ny olona izay voatendry dia lasa mpikambana ao amin’ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana ary koa mpikambana ao amin'ny filan-kevitry ny asa fanompoana ho an’ny ankizy. Ireo voatendry ho amin’izany toerana izany dia mila fankatoavana avy amin'ny mpitandrina sy ny mpitantana ny Sekoly Alahady.

**149. Ny Filan-kevitry ny asa fanompoana ho an’ny lehibe.** Ny Filan-kevitry ny asa fanompoana ho an’ny lehibe dia ho tompon’andraikitra amin’ny fanaovana planina amin’ny asa fanompoana rehetra ho an’ny Sekoly Alahady ho an’ny lehibe ao amin’ny fiangonana eo an-toerana. Ny Filan-kevitry ny asa fanompoana ho an’ny lehibe dia ahitana farafahakeliny solontena iray avy amin’ny Sekoly Alahady sy ireo talen’ny asa fanompoana hafa atao ao amin’ny fiangonana eo an-toerana, toy ny: fanambadiana sy fiainam-pianakaviana, asa fanompoana ho an'ny efa zokinjokiny, asa fanompoana ho an’ny tokan-tena, fianarana Baiboly ho an'ny vondron’olona vitsivitsy, asa fanompoana ataon’ny laika, asa fanompoana ataon’ny vehivavy, asa fanompoana ataon’ny lehilahy, ary izay rehetra hita fa ilaina. Ny halehiben’ny Filan-kevitra dia miovaova arakaraky ny isan’ny asa fanompoana izay atao ho an’ny lehibe ao amin’ny fiangonana eo an-toerana rehefa voafaritra ny zavatra ilaina ary misy mpitarika afaka hanao izany.

Ny **andraikitry ny talen’ny asa fanompoana ho an’ny lehibe** dia:

**149.1.** Manatanteraka ireo adidy napetraka amin’ny talen’ny sokajin-taona voalaza ao amin’ny 147.1-47.9.

### O. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana / Ny Filan-kevitry ny TIN

**150.** Ny fanompoan'ny tanora Nazareana dia voarindra ao anatin'ny fiangonana eo an-toerana izay eo ambany fiarovan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana. Voarindra eo ambany Satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy ny manam-pahefana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana ny vondrona tanora eo an-toerana.

**150.1**. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana dia hanao rindran-damina ho azy araka ny Planin'ny Fanompoana eo an-toerana misy ny TIN, izay afaka ampifanarahana amin'ny zavatra ilain'ny asa fanompoan'ny tanora eo an-toerana, mifandraika amin'ny Satan'ny TIN sy ny *Boky Torolàlana Fiangonan'ny Nazareana*.

**150.2**. Ny TIN eo an-toerana dia ho eo ambany fandrindran'ny ny filan-kevitry ny TIN, izay tompon'andraikitry ny fanaovana planina sy ny fandaminana asa fanompoana

manomboka amin'ny faha 12 taona no ho mihoatra, ny mpianatry ny kolejy/oniversité, ary ny tanora lehibe; hamantatra ny vina ho an'ny asa fanompoan'ny tanora izany filan-kevitra izany. Ny asa rehetra ataon'ny filan-kevitry ny TIN mikasika ny Sekoly Alahady dia ilàna ny fankatoavan'ny mpitantana ny Sekoly Alahady sy ny Biraon'ny Sekoly Alahady.

**150.3.** Ny filan-kevitry ny TIN dia hahitana ny filoha ary ireo mpiandraikitra hafa manana ny asa fanompoana araka izay tena filàn'ny fiangonana eo an-toerana, solontenan'ny tanora sy ny talen'ny asa fanompoana araka izay ilàna azy, ary koa ny mpitandrina eo an-toerana sy/na mpitandrina ny tanora. Ny filan-kevitra mpiandraikitra ny tanora dia tokony ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana izay anompoany. Ho mpiandraikitra eo anatrehan'ny Biraom-piangonana io filan-kevitra io.

**150.4** Ny mpiandraikitry ny TIN sy ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra dia fidian'ny mpikambana ao amin'ny TIN. Ireo mpikambana ao amin'ny TIN ihany sady mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana no mahazo alalana hifidy ny filohan'ny TIN.

**151. Ny Filohan'ny TIN.** Ny filohan'ny vondrona Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana dia ho fidiana araka ny Planin'ny Asa Fanompoana eo an-toerana ataon'ny TIN, izay mpikambana ihany koa ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ireo voatendry dia hankatoavin'ny mpitandrina eo an-toerana sy ny Biraom-piangonana. Ny filohan'ny TIN dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny Biraom-piangonana (127), ny Biraon'ny Sekoly Alahady (145), ary ny fihaonan'ny distrika (201). Raha tsy dia mety loatra amin'ny kolontsaina iray manokana ny teny hoe "filoha", dia azo hampiasaina izay anarana mifanaraka amin'izany amin'ny alalan'ny fifidianana ataon'ny filan-kevitry ny TIN.

Ny **andraikitry ny filohan'ny TIN** dia:

**151.1.** Mitarika ny filan-kevitry ny TIN amin'ny fanamorana ny fampivelarana ny asa fanompoan'ny tanora ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

**151.2.** Miara-miasa amin'ny filohan'ny IIN amin'ny fampivelarana ny fanindriana ny iraka ataon'ny tanora.

**151.3.** Manatanteraka ireo adidy ireo eo amin'ny Sekoly Alahady tanora araka ny nanendrena ny sokajin-taona rehetra ao amin'ny 147.1-47.9.

**151.4.** Manao tatitra isam-bolana amin'ny Biraom-piangonana eo an-toerana sy amin'ny fivoriana isan-taonan'ny fiangonana eo an-toerana. (113.8, 127)

**151.5.** Rehefa miasa amin'ny fiangonana iray ny mpitandrina ny tanora iray, ny mpitandrina, miaraka amin'ny fifampidinihana amin'ny Biraom-piangonana sy ny filan-kevitry ny TIN, dia manome fiandraiketana ny TIN ho an'ilay mpitandrina ny tanora. Amin'izay tranga izay dia misahana ny sasany amin'ireo adidy nomena tamin'ny fomba hafa ho an'ny filohan'ny TIN eo an-toerana ilay mpitandrina ny tanora. Na izany aza dia mbola mijanona ho manan-danja ihany ny filohan'ny TIN amin'ny famolavolana mpitarika laika, fanohanana, ary ny fisoloan-tena amin'ny asa fanompoan'ny tanora eo an-toerana. Miara-miasa ny mpitandrina, ny mpitandrina ny tanora mba hamaritra ny anjara asa sy ny andraikitr'ireo toerana roa ireo sy ny fomba hiarahany miasa ho an'ny tombontsoan'ny asa fanompoan'ny tanora ao amin'ny fiangonana. Afaka ny tsy ho filohan'ny TIN ny mpitandrina ny tanora. (160.4)

## P. Ny Akany fitaizana/Sekoly Nazareana
## (Vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa)

**152.** Ny akany fitaizana/sekoly Nazareana (vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa) dia azon'ny biraom-piangonana eo an-toerana alamina aorian'ny fahazoana

fankatoavana avy amin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ary amin'ny fanarahana ny fepetra apetraky ny departemantan'ny Sekoly Alahady na ny fanompoana ho an'ny ankizy. Ho tompon'andraikitra manoloana ny biraom-piangonana eo an-toerana ny tale sy ny biraon'ny Sekoly ary handefa tatitra fanao isan-taona ho an'ny Biraom-piangonana eo an-toerana. (129.18, 208.12-8.13, 222.11, 413.23, 414)

**152.1. Fikatonan'ny Sekoly.** Raha sendra ka hitan'ny fiangonana eo an-toerana fa ilaina ny mampiato ny fandehan-draharaha eo amin'ny akany fitaizana/sekoliny, (vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa), dia aorian'ny fifampidinihana tamin'ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon'ny Filan-kevitra ny Distrika sy ny fanolorana ny tatitra ara-bola ihany vao tokony hatao izany.

### Q. Ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana

**153.** Araka ny fanomezan-dalan'ny biraom-piangonana, ireo Iraka Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana dia azo ajoro amin'ny sokajin-taona rehetra mifanaraka amin'ny Lalam-panorenana amin'izany fikambanana manokana izany izay nankatoavin'ny Fifanarahan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe sy ny Komitin'ny Misiona Maneran-tanin'ny Birao Foibe. (811)

**153.1.** Ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana dia ho ampahany ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ary eo ambanin'ny fanaraha-maso sy ny fitarihan'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana. (414)

**153.2.** Ny filohan'ny IIN eo an-toerana dia hatolotry ny komity ahitana mpikambana ao amin'ny IIN izay miisa telo ka hatramin'ny fito izay voatendrin'ny mpitandrina, ka hiasa amin'ny maha mpitarika azy. Io komity io dia hanolotra anarana iray na maromaro ho eo amin'ny asan'ny filoha ary tokony hahazo ny fankatoavan'ny Biraom-piangonana. Ny filoha dia hofidin'ny maro an'isa amin'ny latsa-bato ataon'ny mpikambana tonga mifidy (tsy ho ao anatin'izany ny mpikambana vao miroso). Ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana misy ny IIN hiasany ny filoha, ary ho mpikambana avy hatrany amin'ny biraom-piangonana (na raha amin'ny fiangonana izay ny vadin'ny mpitandrina no filoha, ny filoha lefitra dia afaka miasa ao amin'ny biraom-piangonana), ary mpikambana ao amin'ny fihaonan'ny distrika izay atao avy hatrany mialoha ny taona hiasany. Ny filoha dia hanao tatitra ao amin'ny fivoriana isan-taona ataon'ny fiangonana eo an-toerana. (113.8, 114, 122, 127, 201)

**154.** Ny vola ho enti-miasa rehetra izay voaangon'ny IIN eo an-toerana ho an'ny zavatra ilain'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny ankapobeny dia arotsaka ho anjaran'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny Vola natokana ho an'ny Fitoriana Filanzantsara Maneran-tany afa-tsy ireo tetik'asa manokana amin'ny iraka izay nankatoavin'ny komitin'ny Folo isan-jato.

**154.1.** Aorian'ny fandinihana manokana ny amin'ny fandoavana ny Vola ho an'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany, dia azo atao ny manao rakitra ho amin'ny fanohanana ny asa fitoriana filazantsara maneran-tany, ary izany fandraisana anjara izany dia fantatra amin'ny hoe "fanatitra manokana nahazo fankatoavana ho an'ny iraka fitoriana filazantsara".

**155.** Ny vola enti-manohana ny tombontsoa ankapobeny dia angonina araka ireto fomba manaraka ireto:

**155.1.** Avy amin'ny fanomezana sy ny rakitra natokana ho an'ny Vola ho an' ny Fitoriana filazantsara Maneran-tany sy ny tombontsoa ankapobeny.

**155.2.** Avy amin'ny rakitra manokana toy ny Paska sy ny Andro fankalazana hafa.

**155.3.** Tsy misy ampahany avy amin'ireo ambony ireo ho azo ampiasaina amin'ny fandaniana eo an-toerana na amin'ny distrika na amin'ny fanaovana asa soa.

**R. Fandraràna ny Fitadiavana Fanampiana ara-bola**

**156.** Tsy ara-dalàna ho an'ny fiangonana eo an-toerana, sy ny mpiandraikitra, na ny mpikambana ao aminy, ny mangataka fanampiana ara-bola any amin'ny fiangonana eo an-toerana hafa, sy any amin'ireo mpiandraikitra izany, ary ny mpikambana ao aminy, noho ny filàn'ny fiangonana eo an-toerana na ny tombon-tsoa hafa izay mety hotohanana. Ambara kosa anefa fa izany fangatahana izany dia azo atao amin'ireo fiangonana eo an-toerana sy ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana ao anatin'ny faritry ny fihaonan'ny distrika izay misy ny mpangataka, saingy amin'ny fepetra tokana izay milaza fa ny fangatahana dia ankatoavin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika an-tsoratra.

**157.** Ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izay tsy nahazo alalana avy amin'ny Birao Foibe na avy amin'ny iray amin'ireo komitiny dia tsy mahazo mangataka fanampiana ara-bola ho amin'ny iraka fitoriana filazantsara na asa mitovy amin'izany ankoatry ny Vola ho an'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany, avy amin'ny mpiangona ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, na avy amin'ny mpikambana amin'izany fiangonana izany.

**S. Fampiasana ny Anaran'ny Fiangonana**

**158.** Ny anaran'ny Fiangonan'ny Nazareana, na izay mety ho fiangonana eo an-toerana, na koa izay mety ho fiombonana izay ampahany na mifandraika amin'ny fomba maro samihafa amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, na izay mety ho ampahan'izany anarana izany dia tsy azon'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, na fiombonana, na fiaraha-miasa, na fikambanana, na vondron'olona, na anarana manana fifandraisana amin'izany mety ho hetsika na asa (na ara-barotra izany, na sôsialy, na fanabeazana, na asa soa, na hafa koa) raha tsy nahazo fahazoan-dalana an-tsoratra mialoha avy amin'ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, saingy izany fanomezan-dalana izany dia tsy mihatra amin'ny asa ataon'ny Fiangonan'ny Nazareana toy izany araka izay lazain'ny *Boky Torolàlana* ofisialiny.

**T. Fikambanana tohanan'ny Fiangonana**

**159.** Tsy misy fiangonana eo an-toerana, na biraom-piangonana eo an-toerana, na fiombonana ao amin'ny distrika, na biraon'ny distrika, na ireo mpikambana roa na mihoatra ao amin'ny iray amin'ireo, izay mandeha irery na tsia, afaka manao na miditra mivantana na ankolaka amin'ny fiombonana hafa, na fikambanana, na fiaraha-miasa, na vondrona, na ny toy izany izay mampandroso, na manohana, na mamporisika, na amin'ny fomba hafa mba hampiditra amin'ny zavatra ataony (na ara-barotra izany, na sôsialy, na fanabeazana, na asa soa, na hafa koa) izay idiran'ireo mpikamban'ny Fiangonan'ny Nazareana ka angatahana azy ireo na hitadiavana azy ireo ho toy ny mpandray anjara ao, na mpividy, na mpanofa, na mpanjifa, na mpikambana, na mpiara-miasa, na any amin'ny zavatra hafa (na ara-barotra io, na sôsialy, na fanabeazana, na asa soa, na hafa koa) izay mitono-tena ho tohanana na miasa amim-pahombiazana amin'ny ankapobeny na manokana ho amin'ny tombontsoa na ny asan'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, raha tsy misy ny fanekena an-tsoratra omen'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

**U. Ireo Mpiara-miasa ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana**

**160.** Mety hisy ireo izay mahatsapa fa voantso mba hanomana ny tenany ho amin’ny asa fanompoana fototra sasany ho an’ny laika ao amin’ny fiangonana, na matihanina izany na tsia. Ny fiangonana dia mahatsapa ny toeran’ny mpiasa laika toy izany, ary amin’ny ankapobeny izany dia lasa sokajin-draharaha atao an-tsitra-po, amin’ny fanompoana an’Andriamanitra sy ny hafa, amin’ny adidy sy ny tombontsoa ho an’ny mpikambana ao aminy araka izay vitany. Raha toa ka lasa ilaina ho amin’ny fahombiazana misimisy kokoa ny fisian’ny mpanampy mandray karama ao amin’ny fiangonana eo an-toerana, na any amin’ny fikambanana mpanohana ara-bola mifandraika amin’izany, na mpanompo izy na laika, dia tsy tokony hamono ilay toe-tsaina enti-manompo maimaim-poana ananan'ny mpikambana rehetra ao aminy izany na hitaky hetra amin’ny volam-piangonana ao anatin’izany ny fandoavana vola ny fitsinjarana ara-bola rehetra. Saingy, azo atao kosa ny manao fangatahana an-tsoratra hojeren’ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika manokana indray amin’ny tranga manokana. (129.27)

**160.1.** Ny mpiara-miasa eo an-toerana rehetra, na voakarama na tsia, izay manao asa fanompoana manokana ao anatin'ny sehatra iainan'ny fiangonana, ao anatin'izany ny talen'ny fitaizana ankizy/sekoly (vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa), dia hofidian’ny biraom-piangonana, aorian’ny fanoloran’ny mpitandrina azy. Ny fanolorana anarana rehetra dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavana an-tsoratra ataon’ny mpitantana ny distrika, izay hamaly ao anatin’ny 15 andro aorian’ny fandraisany ny fangatahana. (160.4, 208.12)

**160.2.** Ny fampiasana ireo mpiara-miasa ireo dia tsy hihoatra ny herintaona ary azo havaozina araka ny fanolorana ataon’ny mpitandrina miaraka amin’ny fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny mpitantana ny distrika ary mila mahazo vato betsaka amin’ny fifidianana ataon’ny biraom-piangonana. Ny mpitandrina no ho tompon'andraikitra amin’ny fitondrana ny fijerena indray isan-taona ny mpiasa tsirairay. Ny mpitandrina, araka ny fifampidinihana tamin’ny biraom-piangonana, dia afaka manao soso-kevitra ho amin’ny fampitomboana ny mpiasa na fanovana ny asa ataony araka izay voalaza tao amin’ilay fijerena indray. Ny fanesorana mpiasa toy izany mialohan’ny fiafaran’ny fotoam-piasana dia tsy maintsy amin’ny alalan’ny fangatahan’ny mpitandrina, sy ny fankatoavana avy amin’ny mpitantana ny distrika, ary ny fifidianan’ny maro an’isa ao amin’ny biraom-piangonana. Tsy maintsy omena ny taratasy fanamarihana na mariky ny tsy fanavaozana an-tsoratra tsy latsaky ny 30 andro, manomboka amin'ny famaranana ny fampiasana azy.(129.27)

**160.3.** Ny adidy sy ny asan’ireo mpiara-miasa ireo dia tsy maintsy faripäritan’ny mpitandrina sy arahiny maso. Ny filazalazana mazava momba ny andraikiny dia tsy maintsy omena azy ireo ao anatin’ny 30 andro amin’ny fanombohan’ny andraikiny ao amin’ny fiangonana eo an-toerana.

**160.4.** Tsy misy olona karamain'ny fiangonana ka azo fidina ho biraom-piangonana. Raha misy mpikambana ao amin’ny biraom-piangonana izay ho lasa mpiasa mandray karama ao amin’ny fiangonana, dia tsy afaka ny hijanona ho mpikambana ao amin’ny biraom-piangonana izy.

**160.5.** Amin’ny fotoana fiatoan'ny mpitandrina iray, dia zava-dehibe ny fizotra, firaisana sy fitohizan'ny asa fanompoana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana. Noho izany, amin'ny fialana na fiafaran'ny fitandreman'ny mpitandrina eo, dia mety hitaky ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika ny fitohizan'ny asa ny Biraom-piangonana eo amin'ireo mpiara-miasa. Izany fankatoavana izany raha iantohana, dia afaka hitohy hatramin'ny 90 andro aorian'ny fandraisan'ny mpitandrina vaovao ny andraikiny, na mandra-panendrin'ilay mpitandrina vao tonga ny mpiara-miasa aminy izay voakarama ho an'ny taona ho avy manaraka, izay

mifanaraka amin'ny *Boky Torolàlana*, paragrafy 160. Ny talen'ny fitaizana ankizy/sekoly (vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa) dia tsy maintsy mametraka ny fialany amin'ny fiafaran'ny taom-pianarana izay handraisan'ny mpitandrina vaovao ny asany. Ny filoha mpanatanteraka tompon' andraikitr'izay mety ho fikambanana mpanohana ara-bola dia hametraka ny fialany amin'ny faran'ny fotoana nifanarahana izay anombohan'ny mpitandrina vaovao ny adidiny. Ny mpitandrina vaovao dia manana ny tombontsoa hangataka ny fampiasana ireo mpiasa efa niasa teo aloha.

**160.6.** Ny fifandraisana eo amin'ny samy mpiasa, eo amin'ny biraom-piangonana, ary ny mpiangona manoloana ny vokatry ny 160.5 eo amin'ny mpiasa amin'ny fotoana hiovan'ny mpitandrina dia ho andraikitry ny mpitantana ny distrika. (208.12)

**160.7.** Ny mpitandrinan'ny fiangonana nahazo fankatoavana mba hiasa toy ny fiangonana eo an-toerana araka ny 100.1 dia tsy horaisina ho toy ny anisan'ny mpiasa.

**160.8.** Ny olona rehetra izay manompo mandray karama dia tsy azo fidiana ka antsoina ho mpitandrina ao amin'ny fiangonana izay maha-mpikambana azy raha tsy mahazo ny fankatoavan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (115)

TOKO II

## NY FIHAONAN'NY DISTRIKA

### A. Faritra sy Anarana

**200.** Ny Fihaonambe dia handrindra ny mpikambana ao amin'ny fiangonana ho an'ny distrika.

Ny faritra sy ny anaran'ny distrika dia tokony ny Fihaonambe no manao fanambarana momba izany, na ny fivorian'ny distrika voakasik'izany miaraka amin'ny fankatoavana farany nataon'ny mpitantana foibe na ny mpitantana nomena fahefana hanao izany. (30)

**200.1. Famoronana Distrika Vaovao.** Ny distrika vaovao ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia azo foronina amin'ny alalan'ny:

1. Fizaran'ny distrika iray ho roa na maromaro (mitaky ny roa ampahetelon'ny vato tao amin'ny fihaonamben'ny distrika);
2. Fampitambarana distrika roa na maromaro ka avy amin'izany no hiforonan'ny distrika hafa;
3. Fananganana distrika vaovao amin'ny toerana izay tsy ao anatin'ny distrika efa misy;
4. Fampitambarana distrika roa na maromaro, na
5. Ny tolo-kevitra hananganana distrika vaovao dia hapetraka ho eo an-tanan'ny mpitantana foibe miadidy. Ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsain'ny Distrika na ny Birao Nasionaly dia afaka hanao fankatoavana ary hanankina ny raharaha amin'ny fihaonamben'ny distrika mba hofidiana miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe manam-pahefana sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. (30, 200, 200.4)

**200.2.** Ny asa ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia mety manomboka amin'ny maha toerana namakiana lay azy ary mitarika amin'ny fananganana distrika vaovao sy faritry ny fivorian'ny distrika. Ny distrika ao amin'ny Dingana faha 3 dia mety hipoitra faran'izay haingana arak'izao ohatra manaraka izao:

**Dingana 1.** Ny distrika ao amin'ny Dingana 1 dia atsangana raha toa ka misy fahafahana miditra amin'ny toerana iray izay naseho, araka ny fitsipiky ny paik'ady fampandrosoana sy ny fitoriana ny filazantsara. Azon'ny tale isam-paritra, na isaky ny distrika atao ny manao fangatahana amin'ny alalan'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra, na ny mpitantana ny distrika izay manohana sy/na ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ho amin'ny fankatoavana farany ataon'ny mpitantana foibe manam-pahefana sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.(200.1, #5)

Ny mpitantana ny distrika ao amin'ny Dingana voalohany ao amin'ny faritra mifandray amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany dia atolotry ny talen'ny faritra, araka ny fifampidinihana tamin'ny talen'ny departemanta, amin'ny mpitantana foibe nomena fahefana izay hanendry. Ny faritra no hanome tari-dalana ho an'ny distrika ao amin'ny Dingana 1 momba ny zavatra ananana azo ampiasaina amin'ny fandrosoana. Any amin'ny faritra hafa, ny mpitantana ny distrika dia hotendren'ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany aorian'ny fifampidinihana tamin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izay manao ny fanohanana. (204.2)

Raha, araka ny hevitry ny mpandrindra tetik'ady amin'ny zana-paritra sy ny talem-paritra, fa ao anatin'ny olana ny distrika Dingana 1 amin'ny faritra mifandray amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany—na ara-bola na ara-moraly na zavatra hafa—ka misy fiantraikany ratsy amin'ny fiorenana sy ho avin'ny distrika izany olana izany, dia afaka ambara fa manana olana ilay distrika amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe ary rehefa avy nifampidinihana niaraka tamin'ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany. Ny talem-paritra, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe manam-pahefana no afaka hanendry birao tetezamita ho an'ny fitantanana ny distrika ary eo amin'ny toeran'ny birao misy rehetra, mandrapahatongan'ny fotoanan'ny fihaonan'ny distrika ara-dalàna manaraka. Amin'ireny distrika tsy hanompoan'ny talem-paritra sy Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra ireny, ny mpitantana foibe manam-pahefana, miaraka amin'ny fifampidinihana amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, dia afaka mandray fanapahan-kevitra toy izany.

**Dingana 2.** Ny distrika amin’ny Dingana 2 dia azo tendrena raha toa ka ampy ny isan’ny fiangonana izay efa mitsangana tsara sy ny isan’ny loholona voatendry, ary misy ny rafitra mifanaraka amin’ny fahamatorana izay ilaina mifanaraka amin’ny distrika mba hanolorana ny fanendrena toy izany.

Ny fanendrena toy izany dia ataon’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe amin’ny fanoloran’ny Mpitantana Foibe miadidy aorian'ny fifampidinihana tamin’ ny talen’ny departemanta, talen’ny faritra, ary ireo olona hafa koa sy ny birao voakasiky ny fanendrena ny mpitantana ny distrika. Ny mpitantana ny distrika dia ho fidina na hotendrena.

Toy izao ny tari-dàlana maneho tarehimarika azo omena: 10 farafahakeliny ny isan’ny fiangonana efa voarindra, 500 ny isan’ny mpikambana feno, ary 5 no isan’ny loholona voatokana ary farafahakeliny ny 50%-n’ny fandaniam-bola amin'ny fitantanan-draharahan'ny distrika dia omen'ny vola miditra amin'ny asa fanompoana amin'ny distrika amin'ny fotoana fotoana fanendrena. Ny Birao Mpanolo-tsaina ny distrika na ny birao nasionaly dia afaka mangataka amin'ny mpitantana foibe miadidy fepetra hafa takiana ankoatra ireo. (204.2)

Raha, araka ny hevitry ny mpandrindra ny tetik'ady amin'ny zana-paritra sy ny talem-paritra, fa mandalo olana ny distrika dingana faharoa amin'ny faritra mifandray amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany—ara-bola, ara-moraly na hafa—ary misy fiantraikany ratsy amin'ny fiorenana na ny ho avin'ny distrika izany, dia afaka ambara fa mandalo olana ny distrika, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy ary nifampidinihana niaraka tamin'ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany. Ny talem-paritra, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy, dia afaka hanendry birao tetezamita ho an'ny fitantanana ny distrika sy amin'ny toerana misy ny birao rehetra, mandrapahatongan'ny fotoanan'ny fihaonan'ny distrika ara-dalàna manaraka. Amin'ireny distrika tsy hanompoan'ny talem-paritra sy Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra ireny, dia ny mpitantana foibe miadidy, miaraka amin'ny fifampidinihana tamin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, no afaka mandray fanapahan-kevitra toy izany.

**Dingana 3.** Ny distrika amin’ny dingana 3 dia azo atsangana raha toa ka ampy ny isan’ny fiangonana izay mijoro tsara, sy ny an’ireo loholona izay voatokana, ary ireo mpikambana izay misy dia mamela ny fanendrena toy izany. Tsy maintsy aseho koa ny fahatokiana eo amin’ny fitondrana, fandaminana, andraikitra momba ny toe-bola, ary ny foto-pampianarana. Ny distrika amin’ny Dingana 3 dia tsy maintsy afaka mitondra ireo enta-mavesatra ary mizaka ny fanamby ny amin’ny Iraka Lehibe ao anatin’izay kendren’ny fiangonana Iraisam-pirenena.

Anisan’ny fepetra takiana amin’izany ny tokony hisian’ny fiangonana izay efa mijoro tsara miisa 20 farafahakeliny, ary 1000 ny isan’ny mpikambana feno, miampy loholona

voatokana 10. Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika na ny birao nasionaly dia afaka mangataka amin'ny mpiandraikitra manana fahefana amin'izany ny amin'izay mety ho hafa noho ireo fepetra ireo.

Ny distrika amin'ny Dingana 3 dia tsy maintsy manohana tanteraka 100% ny tenany eo amin'ny fitantanan-draharahan'ny distrika. Ny mpitantana ny distrika dia ho fidin'ny fivorian'ny distrika araka ny voalazan'ny *Boky Torolàlana*.

Ireo distrika ao amin'ny dingana 3 dia ampahany iray manontolo ao anatin'ny faritra misy azy. Any amin'ny faritra izay manana talem-paritra, ny Mpitantana Foibe miadidy dia afaka manao lisitra ny fanampiana ataon'ny talem-paritra mba hanamora ny fifandraisana amin'ny distrika sy ny fanaraha-maso ny distrika.

**200.3. Ny zavatra takiana ho an'ny fizaran'ny Distrika na ny fiovan'ny faritry ny Distrika.** Mety hisy tolo-kevitra azo aroso amin'ny Mpitantana Foibe miadidy momba ny fampandrosoana ny distrika sy ny fiovan'ny fetran'ny distrika izay ataon'ny biraon'ny faritra, birao nasionaly, ary ny birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Ny planina toy izany dia tokony ahitana:

1. Fa ny distrika vaovao izay aroso dia toerana be mponina izay manamarina ny fananganana izany distrika izany;
2. Fa ny fitaovam-pifandraisana sy ny fitaterana dia atao hanamoràna ny asan'ny distrika;
3. Fa ampy ny isan'ny loholona efa matotra sy mpitarika laika izay afaka hanao ny asan'ny distrika;
4. Fa ny distrika izay manohana dia manana, amin'ny fotoana rehetra, fidiram-bola enti-miasa ho amin'ny asa fanompoana ataon'ny distrika izay ampy mba hitazonana ny satan'ny distrika amin'ny dingana 3;

**200.4 Fanakambanana.** Mety hatambatra ny distrika Dingana 3 roa na mihoatra araka ny latsa-bato lanin'ny roa ampahatelon'ny vato ataon'ny isaky ny fivorian'ny distrika voakasik'izany, ilaina noho izany ny: fanolorana avy amin'ny Biraon'ny Distrika tsirairay avy izay hatambatra, (ary ny birao nasionaly koa izay ampiharana izany), nahazo fankatoavana an-tsoratra avy tamin'ny mpitantana foibe miadidy tamin'ireo distrika voakasika ireo.

Ny fanambarana sy ny raharaha rehetra misongadina dia ho tanterahina amin'ny fotoana sy toerana efa voafaritry ny fivorian'ny distrika voakasika, ary ny mpitantana foibe tsirairay avy miadidy amin'izany.

Noho izany ilay fandrindrana noforonina dia hanambatra ny ara-bola sy fananana isaky ny distrika. (200.1)

Ny distrika Dingana 1 sy Dingana 2 dia mety hitambatra araka ny nomena ho an'ny fananganana distrika vaovao voatsipiky ny paragrafy 200.2.

**200.5.** Raha toa ka tsy mahavita izay tokony ataony ny fivorian'ny distrika izay resahina, na koa raha tsy mifanaraka amin'izay tokony ho izy ny asan'ny fivorian'ny distrika maromaro, ny fangatahana dia atolotra ny Fivoriambe mba hanaovany ny asa, raha toa ka eken'ny maro an'isa roa ampahatelony amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

**200.6.** Ny Mpitantana ny Distrika dia afaka mampiasa mpiandraiki-paritra mba hanampy azy:

1. Manangana fiarahamonina sy firalahiana eo amin'ny samy mpitandrina amin'izany faritra na toerana hanaovana iraka izany;

2. Mampivelatra ny fanjakan'i Kristy amin'ny famporisihana sy fametrahana tetik'ady ho amin'ny fampandrosoana ny asa fanompoana, fitomboan'ny fiangonana, fitoriana filazantsara, fanombohana sy famerenana fiangonana indray;
3. Miandraikitra anjara asa manokana voafaritra tsara amin'ny anaran'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika; ary
4. Manao ny asa fanompoana ho toy ny tetezam-pifandraisana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana sy ny distrika.

**B. Ny Mpikambana sy ny Fotoam-pivoriana**

**201. Ny Mpikambana.** Ny fivorian'ny distrika dia ahitana ireo loholona voatendry rehetra (429-29.3, 430-30.1, 433.9); ireo diakona voatendry rehetra (428-28.4, 433.9); ireo mpanompo manana fanomezam-pahefana voatendry rehetra (427.8); ireo mpanompon'Andriamanitra efa nisotro ronono rehetra (431-31.1); ny mpitantsoratry ny distrika (216.2); ny Mpitahiry volan'ny Distrika (219.2); ireo olona mpitarika ao amin'ny komitin'ny distrika efa mijoro izay manao tatitra amin'ny fivorian'ny distrika; ireo filoha laika amin'ny fikambanana Nazareana momba ny fianarana ambony, izay mpikambana amin'ny fiangonana eo an-toerana ao anatin'ny distrika; ny lehiben'ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika (238.2); ny talen'ny asa fanompoana isan-tsokajin-taona ao amin'ny distrika (ankizy sy lehibe); ny Biraon'ny Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika; ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (239.2); ny filohan'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana (240.2); ny mpiandraikitra vaovao voafidy na ny mpiandraikitra lefitra ao amin'ny Biraon'ny Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady (146); ny filoha vaovao voafidy sy ny filoha lefitra amin'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (151); ny filoha voafidy na ny filoha lefitry ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana (153.2); na ny olon-kafa voafidy mba hisolo dia afaka misolo tena ireo fikambanana ireo amin'ny fivorian'ny distrika; ireo izay manompo eo amin'ny sehatr'asa fanompoana voatendry araka ny 402-23.1; ireo mpikambana laika ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika (221.3); ireo misionera nisotro ronono izay voatendry sady mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana izay ao amin'ny distrika; ary ireo solontena laika avy amin'ny fiangonana eo an-toerana tsirairay ao amin'ny fivorian'ny distrika. (30, 113.13, 201.1-1.2)

**201.1.** Ireo fiangonana eo an-toerana ao amin'ny distrika izay ahitana fiangonana manana mpikambana feno latsaky ny 5000 dia azo ekena ho solontena any amin'ny fivorian'ny distrika arak'izao manaraka izao: solontena laika roa avy amin'ny fiangonana eo an-toerana tsirairay izay ahitana mpikambana feno miisa 50 na latsaka, ary solontena laika iray fanampiny ho an'ny tsirairay amin'ny mpikambana manaraka izay miisa 50 ary ireo ampahany be indrindra amin'ny mpikambana feno amin'ny fiangonana izay miisa 50. (30, 113.13, 201)

**201.2.** Ireo fiangonana eo an-toerana eo amin'ny distrika ahitana mpikambana feno ao amin'ny fiangonana miisa 5000 na mihoatra dia mahazo mandefa solon-tena any amin'ny fivorian'ny distrika araka izao manaraka izao: solontena iray avy amin'ny fiangonana eo an-toerana ahitana mpikambana feno 50 na latsaka ary solontena laika iray fanampiny ho an'ireo manana mpikambana feno 50 no mihoatra ary ny ampahany lehibe sy farany amin'ny mpikambana feno 50 ao amin'ny fiangonana. (30, 113.13, 201)

**202. Ny Fotoam-pivoriana.** Ny fivorian'ny distrika dia atao isan-taona, amin'ny fotoana voatendrin'ny Mpitantana Foibe miadidy, ary amin'ny toerana voatondron'ny fivorian'ny distrika na voalamin'ny mpitantana ny distrika.

**202.1. Ny Komity Mpanendry.** Mialoha ny fiantsoana fivoriana ho an'ny distrika, ny mpitantana ny distrika amin'ny fifampidinihana amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hanendry komity mpanendry mba hiasa ao amin'ny fivorian'ny distrika; izany komity izany dia afaka manomana fanendrena ho an'ny komity mahazatra sy ny birao mialoha ny fiantsoana fivoriana ho an'ny fivorian'ny distrika. (212.2)

### C. Ny Andraikitry ny Fivorian'ny Distrika

**203. Fitsipi-pandaminana.** Araka ny lalàna mihatra, ny Andinin-dalàna momba ny fikambanana sy Lalànan'ny fitondrana ao anatin'ny *Boky Torolalàna*, ireo fivoriana sy fomba fiasan'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana, distrika, sy ny foibe, ary ny komitin'ny fikambanana, dia mila arindra sy fehezina araky ny *Fitsipika sy Fandaminana nataon'i Robert izay vao nohavaozina* (edisiona farany) (*Robert's Rules of Order Newly Revised* (latest edition)), ho amin'ny fizotra araka ny antenimiera. (40)

**203.1.** Ny **andraikitry** ny fivorian'ny distrika dia:

**203.2.** Mihaino sy mandray tatitra isan-taona avy amin'ny mpitantana ny distrika izay mamintina ny asa fanompoan'ny distrika ka ao anatin'izany ny fiangonana vaovao izay vao narindra.

**203.3.** Mihaino sy mandray ireo tatitra avy amin'ny mpanompo efa notokanana sy manana fanomezan-dalana rehetra izay miasa ho toy ny mpitandrina na evanjelistra nanatanteraka iraka; ary mijery ny toetran'ny loholona, diakona, ary ny dorkasy rehetra. Amin'ny fifidianana ataon'ny fivorian'ny distrika, ny firaiketana atao amin'ny tatitra an-tsoratra voarain'ny mpitan-tsoratra dia azo ekena ho solon'ny tatitra am-bava izay ataon'ny loholona rehetra, diakona, ary ny dorkasy, sy ireo mpanompo manana fanomezan-dàlana nefa tsy nirotsaka tamin'ny asa fanompoana, ary ireo mpanompo izay manana fanamarinana avy amin'ny distrika araka ny 402-23.1. (418, 427.9, 433.9)

**203.4.** Manolotra fanomezan-dàlana ireo mpanompo ao aorian'ny fandinihana tsara, ireo olona izay natolotry ny Biraom-piangonana na ny Birao mpanolo-tsaina ny distrika, ireo voaantso ho amin'ny asa fanompoana na hanavao ny fanomezan-dàlany araka ary fangatahan'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (129.14, 426.5, 427.1, 427.3)

**203.5.** Manavao ny fanomezan-dàlana ny dorkasy ao aorian'ny fandinihana tsara, ireo olona natolotry ny Biraom-piangonana sy ireo noheverina fa voaantso ho amin'ny toeran'ny dorkasy araka ny fanoloran'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (129.15)

**203.6.** Mifidy ny loholona na ny diakona nahatanteraka ny fepetra rehetra sady natolotry ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (428.3, 429.3)

**203.7.** Manaiky ny filaharana amin'ny asa fanompoana sy ny taratasy fanamarinana avy amin'ny fiangonana hafa, izay mety azo ekena ho ao amin'ny Fiangonana Nazareana araka ny fanolorana avy amin'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (427.2, 430-30.2)

**203.8.** Mandray ireo olona avy amin'ny distrika hafa manana fanamarinana, mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana sy ireo mpanana anjara asa fanompoana mifanaraka amin'ny 402, 406-9.1. Tafiditra amin'izany ny mpisolo-toerana nankatoavin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ary azo heverina ho anisan'ny mpikambana ao amin'ny

fivorian'ny Distrika araka ny fanoloran'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (228.9-28.10, 432-32.2)

**203.9.** Mamela ny fifindran'ny mpitondra fiangonana sy ireo mpanana anjara asa fanompoana araka ny 402, 406-9.1. Tafiditra amin'izany ny fifindran'ny mpisolo toerana nankatoavin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izay maniry hifindra any amin'ny Distrika hafa araka ny fanoloran'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (228.9-28.10, 432-32.1)

**203.10.** Maniraka na manendry mandritra ny herin-taona ireo olona azo ekena mahavita ny asa fanompoana izay voalaza ao amin'ny 402-23.1 araka ny fanolorana nomen'ny Birao Mpanome alalana ny Asa Fanompoana.

**203.11.** Mifidy loholona iray hitana ny toeran'ny mpitantana ny distrika, amin'ny alalan'ny latsa-bato andanian'ny roa ampahatelon'ny mpifidy, hiasa mandritry ny 30 andro manaraka ny tena fiafaran'ny fivoriana faharoan'ny distrika aorian'ny fifidianana azy ka mandra-pifidy na mandra-panendry izay mahafeno ny fepetra takiana ho solony. Ny fomba fifidianana fanindroany ny mpitantana ny distrika dia amin'ny alalan'ny fanaovana latsa-bato "eny" na "tsia." Tsy azo atao ny manendry loholona izay efa nametraka ny taratasy fanamarinany noho ny antony famaizana na oviana na oviana, ho amin'izany toerana izany. Tsy misy mpitantana ny Distrika azo fidiana na haverina fidiana ao aorian'ny fitsingerenan'ny faha-70 taonany.

**203.12.** Rehefa niasa farafahakeliny taom-pivoriana roa ny mpitantana ny Distrika amin'ny dingana faha-2 na dingana faha-3 (200.2), dia mbola azo fidiana indray izy ho amin'ny efa-taona araka ny fankatoavan'ny Mpitantana Foibe miadidy. Ny fomba fifidiana na ho amin'ny fanalavana ny fotoam-piasana ho amin'ny ilay toerana dia amin'ny alalan'ny fanaovana latsa-bato "eny" na "tsia" andanian'ny roa ampaha-telony.

**203.13.** Raha toa ny Mpitantana Foibe sy ny tompon'andraikitra ao amin'ny distrika, izany hoe ny Birao Mpanolo-tsaina ny distrika, ny Filohan'ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika, ny filohan'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny distrika, ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny distrika, ny mpitantsoratry ny distrika, ary ny Mpitahiry volan'ny Distrika, ka mitovy hevitra fa tsy tokony hanohy ny fotoam-piasany amin'izao taona diavina izao ny mpitantana ny Distrika, dia ny Mpitantana Foibe miadidy sy ireo tompon'andraikitra ao amin'ny distrika no afaka mangataka ny fametrahana ilay fanontaniana izay hapetraka ho fidian'ny fivorian'ny distrika. Tahaka izao ny endrik'ilay fanontaniana: "Mbola havela hanohy ny asany ve ny mpitantana ny distrika ao aorian'izao fivorian'ny distrika izao?"

Raha toa ny 2/3 ny mpivory miandany ny amin'ny hanohizany ny asany, dia afaka manohy ankalalahana ny asany ilay mpitantana ny Distrika.

Saingy, raha toa ny fivorian'ny distrika ka nanapa-kevitra ny amin'ny tsy hanohizan'ny mpitantana ny distrika ny asany tamin'ny alalan'ny fifidianana, ny fe-potoana iasany dia hifarana ao anatin'ny 30 ka hatramin'ny 180 andro aorian'ny fikatonan'ny fivorian'ny distrika ka ny daty marina dia ny mpitantana foibe miadidy no hamaritra azy amin'ny alalan'ny fiaraha-midinika amin'ireo birao mpiandraikitry ny distrika. (204.2, 206)

**203.14.** Mifidy, amin'ny alalan'ny latsa-bato, mpanompo voatokana hatramin'ny telo sy olona laika hatramin'ny telo ho ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, hiasa mandritra ny fotoam-piasana izay tsy mihoatra ny 4 taona, araka izay ameran'ny fivorian'ny distrika azy, sy mandra-pifidy izay hisolo toerana azy.

Saingy, raha mihoatra ny 5000 ny mpikambana ao amin'ny distrika, dia afaka mifidy mpanompo voatokana iray sy laika iray isaky ny mpikambana miisa 2500 manaraka ary ny ampahany betsaka amin'ny mpikambana miisa 2500. (221)

**203.15.** Mifidy Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana eo anivon'ny distrika izay ahitana mpanompo voatokana tsy latsaky ny 5 ary tsy mihoatra ny 15, ka ny iray amin'ireo dia ho Mpitantana ny distrika, hiasa mandritra ny 4 taona sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy. Io Birao io dia hivory mialoha ny fivorian'ny distrika mba hijery ny zavatra rehetra izay eo ambanin'ny fahefany ary, ary hamita ny asany araka izay azo atao mialohan' ny fivorian'ny distrika. (226-28.10)

**203.16.** Mifidy ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ahitana mpanompo voatokana miisa 5 na mihoatra, izay hiasa mandritra ny 4 taona sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy. (229)

**203.17.** Manamora ny fandrindrana eo anivon'ny distrika ny amin'ny fampiasana olona izay tena afaka manao asa manokana ho amin'ny fanomanana ireo olona hirotsaka ho amin'ny fanokanana, ny distrika dia afaka mifidy ireo olona araka ny isa izay ilaina hiasa ao amin'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana eo anivon'ny distrika, sy hiasa ao amin'ny Biraon'ny Fianarana amin'ny Asa Fanompoana eo anivon'ny distrika ho toy ny Biraon'ny Asa Fanompoana ao amin'ny distrika.

Amin'ny fotoam-pivoriana voalohany ataon'ny Biraon'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika, ny mpitantana ny distrika dia afaka mandrindra io vondrona io ho Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana, Biraon'ny Fianarana amin'ny Asa Fanompoana, Komitin'ny Fanarenana, ary izay mety ho Komity hafa ilaina koa. (226, 229)

**203.18.** Mifidy Birao Miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika, araka ny 234. (204.1)

**203.19.** Mifidy araka izay hitany fa mety ny iray amin'ireto manaraka ireto na izy roa miaraka: (1) Birao misahana ny Fitoriana Filazantsara ao amin'ny Distrika ahitana mpikambana tsy latsaky ny 6 ka ao anatin'izany ny Mpitantana ny distrika, (2) talen'ny fitoriana filazantsara ao amin'ny distrika. Ireo olona izay voafidy dia hiasa mandra-pahatongan'ny tena fiafaran'ny fivorian'ny distrika manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo. (204.1, 212)

**203.20.** Mifidy ny Birao Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika mifanaraka amin'ny fomba fanaovana izany izay voalaza ao amin'ny 239, hiasa mandra-pifidy ireo olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy. (204.1, 212)

**203.21.** Mifidy ny Komitin'ny Vola ao amin'ny Fivorian'ny Distrika ahitana solontena avy amin'ny laika sy mpanompo voatokana amin'ny isa mitovy hanompo amin'ny fotoana ka hiasa mandritra ny fivorian'ny distrika, tsy mihoatra ny efa-taona, araka ny voafaritry ny fivorian'ny distrika, sy mandra-pifidy ireo mpandimby manana ny fahaiza-manao. Ny mpitantana ny distrika sy ny Mpitahiry volan'ny Distrika dia ho mpikambana avy hatrany. (235-35.2)

**203.22.** Mifidy ny Fitsarana Avon'ny Distrika, ahitana mpanompo voatokana telo, tafiditra ao anatin'izany ny mpitantana ny distrika, laika roa, mba hanompo ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatran'ny efa-taona ka mandra-pifidy ny mpandimby manana ny fahaiza-manao. (509)

**203.23.** Mifidy, amin'ny alalan'ny latsa-bato, mandritra ny fihaonana 16 volana mialohan'ny Fivoriambe, na 24 volana amin'ny toerana izay ilàna ny fanaovana visa na homanana hafa, ireo solontena rehetra avy amin'ny laika sy avy amin'ny mpanompo voatokana afa-tsy ny iray amin'ity farany ity ihany, noho io olona iray farany io izay ho

Mpitantana ny distrika. Ny fivorian'ny distrika ao amin'ny Dingana 3 rehetra dia afaka manana solontena any amin'ny Fivoriambe izay ahitana solontena avy amin'ny mpanompo voatokana mitovy isa amin'ny solontena avy amin'ny olona laika. Ny mpitantana ny distrika amin'ny fotoan'ny Fivoriambe dia ny iray amin'ireo solontena avy amin'ny mpanompo, ary ny solontena sisa dia ho mpanompo voatokana. Raha toa ka tsy afaka manatrika ny mpitantana ny distrika, na koa raha misy fahabangan-toerana nefa mbola tsy voatendry ny mpitantana ny distrika vaovao, dia izay olona voafidy ara-dalàna hisolo toerana azy no haka ny toeran'ny Mpitantana ny distrika. Ny Komity Mpanendry dia handrotsaka anaran'olona miisa avo roa heny amin'ny isan'ny olona tokony ho fidiana amin'izany distrika izany, ao amin'ireo sokajy tsirairay, dia ny ao amin'ny mpanompo voatokana sy ny laika izany. Avy amin'ireo olona voatendry ireo, no hifidianana ny olona mahazo misolo tena sy ireo olona mpandimby toerana ny solontena araka ny paragrafy 301.1-1.3. Ireo solontena izay voafidy dia antenaina hanatrika tsy tapaka ny fivoriana rehetra ataon'ny Fivoriambe manomboka amin'ny fisokafana ka hatramin'ny fiafaran'izany raha tsy hoe noho ny antony tsy azo hanoharana. (31.1-31.3, 301.1-1.3, 303, 330)

**203.24.** Mametraka araka izay hitany fa mety, karazan'olona izay atao hoe mpikambana vao miroso ho an'ny fiangonana eo an-toerana misy azy, saingy izy ireo dia tsy tokony hatao ho isan'ny mpikambana feno raha ny fisoloana tena no resahina.

**203.25.** Manao ny fijerena akaiky ny bokin'ny mpitam-bola rehetra ao amin'ny distrika isan-taona, na amin'ny alalan'ny Komity voafidy hanara-maso akaiky ao amin'ny distrika na amin'ny alalan'ny fikambanana mpanao fanaraha-maso na mpitantam-bolam-panjakana manana taratasy fanamarinana ny amin'izany.

**203.26.** Manolotra amin'ny Fivoriambe, amin'ny alalan'ny mpitantsoratry ny distrika, ny fitanana an-tsoratra ofisialy mikasika ny efatra taona teo aloha, mba hotehirizina alahatra araka ny tokony ho izy. (205.3-5.4, 217.7)

**203.27.** Manome taratasy manambara ny fisotroandronon'ny mpanompon' Andriamanitra iray araka ny fangatahana ataon'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika. Ny fanovana rehetra atao amin'ny sata dia tsy maintsy ankatoavin'ny fivorian'ny distrika, araka ny fangatahan'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana. (228.8, 431)

**203.28.** Mandinika sy miandraikitra ny asan'ny Fiangonan'ny Nazareana iray manontolo ao anatin'ny faritry ny fivorian'ny distrika.

**203.29.** Mitondra izay mety ho raharaha hafa mikasika ny asa, raha tsy hoe efa voarindra tamin'ny fomba hafa, araka ny fomba fiasa sy ny firindran'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**204. Ireo Fitsipika hafa mifandraika amin'ny Fivorian'ny Distrika.** Ny fivorian'ny distrika dia afaka manome alalana ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ho tonga fikambanana, araka izay fetra hamelan'ny lalàna sivily izany. Aorian'izany fahatongavany ho fikambanana araka ny voalaza etsy ambony izany, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hanana fahefana araka ny safidiny: hividy, hanana ho azy manokana, hivarotra, hanakalo, hampanofa, hanao findramam-bola, hametraka antoka, hanofa na hamindra izay mety ho fanaka na fananana tsy azo afindrafindra na fananana manokana, araka izay mahamety izany na araka ny tanjon'ny fikambanana. (222.5)

**204.1.** Ny isan'ny mpanompo sy ny laika mpikambana ao amin'ny biraon'ny distrika sy ny komitin'ny distrika dia hitovy araka izay azo atao raha tsy hoe efa voalaza manokana ao amin'ny *Boky Torolàlana* izany.

**204.2. Ny mpitantana ny distrika amin'ny Dingana 1 sy ny Dingana 2** dia hofidiana araka ny paragrafy 200.2 ao amin'ny *Boky Torolàlana*. Ny distrika ao amin'ny Dingana 2 dia afaka mandeha eo ambanin'ny sata mifehy ny Dingana 1 mandrapahatongan'ny fotoana hahafenoany ny fepetra takiana ho amin'ny satan'ny Dingana 2.

**204.3.** Raha toa ny tompon'andraikitra mitarika ny fivorian'ny distrika mahita fa tsy mety intsony ny hitohizan'ny raharaham-pivorian'ny distrika ary noho izany dia manemotra, manafoana na manendry daty ho an'ny fivorian'ny distrika, ny Mpitantana Foibe miadidy, araka ny fifampidinihana tamin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, dia hanendry ny tompon'andraikitry ny distrika rehetra izay tsy voafidy talohan' ny fanakatonana ny fivorian'ny distrika, mba hiasa mandritra ny herintaona.

### D. Ny Fitanana an-tsoratra ny Fivorian'ny Distrika

**205.** Ny diary dia firaketana an-tsoratra ny fandehan'ny zavatra mahazatra fanaon'ny fivorian'ny Distrika.

**205.1.** Ny diary dia tsy maintsy atao sora-tanana na atao amin'ny milina fanoratana, na vita pirinty, ary voatambatra tsara ho boky.

**205.2.** Isaky ny lafin-zavatra iray nodinihana dia atao amin'ny paragrafy iray.

**205.3.** Ny diary dia tokony hatonta araka ny tokony ho izy mba halefa ho jeren'ny ao amin'ny Fivoriambe. (203.26, 217.7)

**205.4.** Ny diary ofisialy iray manontolo ho an'ny efatra taona mifanesy tsirairay dia tehirizina sy alahatra araka ny tokony ho izy any amin'ny firaketan'ny distrika sy ny Fivoriambe. (217.5, 217.7)

**205.5.** Ny diary dia tokony harindra araka izay azo atao araka ny fizahan-takila nomanin'ny sekretera jeneraly nifampidinika tamin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Ny fizahan-takila dia homena ny mpitantsoratry ny distrika mialoha ny fiantsoana fivoriana ataon'ny fivorian'ny distrika.

**205.6.** Ny diary dia tokony ahitana, tsy ny andraikitra ho an'ny mpitandrina amin'ny fiangonana eo an-toerana ihany, fa koa ireo fanapahan-kevitra na zavatra ara-dalàna na manokana rehetra ataon'ny mpanompo sy ny laika mpikambana ao amin'ny fivorian'ny distrika izay mandray anjara miasa ho an'ny fiangonana ka mahatonga azy ireo hanana ny zo sy tombotsoa raha toa ka mangataka ny fanampian'ny Biraon'ny miandraikitra ny fanomezana fisotroan-dronono izay tompon'andraikitry ny fandaharana amin'ny fanaovana fisotroan-dronono sy ny tombotsoan'izany distrika izany. (115)

### E. Ny Mpitantana ny Distrika

**206.** Ny fotoam-piasana voalohany ananan'ny mpitantana ny distrika izay voafidy tao amin'ny fivorian'ny distrika dia manomboka amin'ny 30 andro aorian'ny fikatonan'ny fivorian'ny distrika. Hiasa mandritra ny taom-pivoriana 2 feno izy io ary hifarana 30 andro aorian'ny fikatonan'ny fivoriana izay manamarika ny tsingerin-taona faharoan'ny fifidianana. Amin'ny fotoan'io fivoriana voalaza io dia azo fidiana indray ny mpitantana ny distrika (203.11-3.12) na koa fidiana na tendrena olona mahafeno ny fepetra takiana sady mahavita ka afaka ny handimby azy. Ny fotoam-piasana voalohany ho an'ny mpitantana ny distrika izay notendren'ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany dia manomboka amin'ny fotoana nanendrena azy, tafiditra ao anatin'izany ny fotoana sisa rehetra ao anatin'ny taom-piasan'ny fiangonana izay nanendrena ilay mpiandraikitra, ary izany moa dia mitohy hatrany amin'ny taom-piasan'ny fiangonana manaraka. Ny fotoam-piasana dia mifarana 30 andro aorian'ny

fikatonan’ny fivoriana izay manamarika ny fiafaran’ny roa taona feno niasana. Amin’io fivoriana voalaza io dia azo fidiana ho amin’ny taom-piasana manaraka indray ny mpitantana ny distrika (203.11-3.12), na koa ny fifidianana na fanendrena izay olona mahafeno ny fepetra takiana sady mahavita ka afaka handimby azy. (203.11-3.13)

**207.** Raha misy ny fahabangana eny antenantenan’ny fotoam-piasan’ny fivorian’ny distrika noho ny antony samihafa, ny Mpitantana Foibe, miaraka maromaro, dia afaka mameno ny toerana banga, amin’ny alalan’ny fifampidinihana tamin’ny komity ahitana ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny filohan’ny Birao Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika, ary ireo filohan’ny Fikambanan’ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana ao amin’ny Distrika sy ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, ny mpitantsoratry ny distrika, ary ny Mpitahiry volan'ny Distrika. Ny fifampidinihana dia tokony ahitana fanasana ho an'ny komity, amin'izy rehetra mba hanendry anarana azo atolotra ho fanampiana ireo anarana efa nalefa taloha tamin'ny mpitantana foibe miadidy. (307.6)

**207.1.** Azo lazaina hoe banga ny toeran'ny mpitantana distrika eo amin'ny Dingana 1 sy Dingana 2 noho ny antony voalazan'ny mpitantana foibe miadidy. Azo lazaina hoe banga ihany koa ny toeran'ny mpitantana distrika eo amin'ny Dingana 3 noho ny latsa-baton'ny roa ampahatelon'ny vaton'ny maro an'isa nalatsaky ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny filohan'ny mpitarika ny Biraon'ny Asa fanompoan'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika, ny Filohan'ny IIN sy TIN, ny mpitantsoratry ny distrika, ary ny mpitahiry volan'ny distrika. (321)

**207.2.** Amin’ny fotoana tsy hahafahan’ny mpitantana ny distrika manao ny asany tampoka ao anatin’ny fotoana fohy, ny Mpitantana Foibe miadidy, araka ny fifampidinihana tamin’ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, no afaka manendry loholona iray izay mahafeno ny fepetra takiana hiasa ho toy ny mpisolo-toerana ny mpitantana ny distrika. Ny famariparitana ny amin’ny hoe tsy fahafahana manao ny asa dia ho fariparitan’ny Mpitantana Foibe miadidy amin’izany sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (307.7)

**207.3.** Noho ny fialana na fiafaran'ny fe-potoan'ny mpitantana distrika, ny mpiasa mpikambana ao amin'ny asan'ny distrika, ny filohan'ny mpiandraikitra mpanatanteraka na izay mpisolo toerana rehetra sy/na fiombonana mifandray amin'ny distrika, mandray karama na tsia, izay miasa ho mpitantana mpanampy na mpitan-tsoratra ao amin'ny toeram-piasana, dia hametraka koa ny fialany marina arak'izany, miaraka amin'ny fetrandro farany niasany amin'ny fitantanana ny distrika. Na izany aza, ny iray na mihoatra amin'ireo mpiasa mpikambana dia afaka ny hijanona amin'ny asany miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, fa tsy mihoatra ny fetrandro handraisan'ny mpitantana vaovao ny adidiny. (241.3)

**207.4.** Aorian'ny fifampidinihan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika sy ny fankatoavan'ny Mpitantana Foibe miadidy, dia afaka hanana ny tombon-tsoa manokana amin'ny fampiasana ny mpiasa mpikambana efa niasa teo aloha ilay mpitantana ny distrika vao nofidiana na notendrena. (241.3)

**208.** Ny **andraikitry ny Mpitantana ny Distrika** dia ny:

**208.1.** Mandamina, mamantatra, ary manara-maso ny fiangonana eo an-toerana ao anatin’ny faritry ny fivorian’ny distrika misy azy, ary izany dia eo ambany fankatoavan’ny Mpitantana Foibe miadidy amin’izany. (100, 433.12)

**208.2.** Manana fotoana hatrany homena ny fiangonana eo an-toerana eo amin'ny fivorian'ny distrika misy azy araka izay ilàna azy, mivory miaraka amin'ny Biraom-piangonana raha ilaina izany, mandinika ny amin'ny resaka ara-panahy, ara-bola, ara-pitandremana, ka manome toro hevitra izay tena manampy tokoa sy fanampiana izay tokony hataon'ny mpiandraikitra.

**208.3.** Amin'ny toe-java-miseho izay voafaritry ny mpitantana ny distrika fa ny fiangonana iray dia tsy salama, midina ny toerana misy azy, ka ny fitohizan'izany dia mety hampitahotra ny fiainan'ny fiangonana sy ny fahombiazan'ny iraka ataony, dia mila manana fifandraisana amin'ny mpitandrina na ny mpitandrina sy ny Biraom-piangonana ny mpitantana distrika mba hanao jery todika ny zava-niseho. Atao amin'ny fiaraha-miasa amin'ny mpitandrina sy ny Biraom-piangonana ny ezaka rehetra manoloana ny famahana ny olana rehetra mety azo atao mba hitarihana ny toe-java-mitranga hitondra fahombiazana amin'ny iraka atao.

Raha toa ny mpitantana ny distrika, taorian'ny fiaraha-miasa tamin'ny mpitandrina sy/na birao, manao tsoa-kevitra fa mbola ilaina ny manohy hatrany ny fandraisana anjara, dia izy, miaraka amin'ny fankatoavan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika sy ny mpitantana foibe miadidy, no handray andraikitra araka izay maha-mety azy ka hanitsy ny toe-java-misy. Izany fandraisana andraikitra izany dia ahitana, fa tsy voafetra ny: (1) fanalana ny mpitandrina; (2) fandravana ny Biraom-piangonana; (3) ny fanombohana izany fandraisana anjara manokana izany dia mety ilaina mba hamerenena indray ny fahasalaman'ny fiangonana sy ny fahombiazan'ny iraka. (124-24.1)

**208.4.** Manao fandaharam-potoana sy mitarika, miaraka amin'ny biraom-piangonana eo an-toerana tsirairay, ny fijerena indray ny amin'ny raharaha fitandremana araka ny voalazan'ny 122.

**208.5.** Manara-maso manokana ny Fiangonan'ny Nazareana rehetra mbola eo amin'ny toeran'ny misiona ao anatin'ny faritry ny fivorian'ny distrika misy azy.

**208.6.** Manendry olona iray hameno ny toerana banga, any amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika raha misy fahabangan-toeran'ny mpitantsoratry ny distrika. (216.1)

**208.7.** Manendry olona iray hameno ny toerana banga any amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, raha misy fahabangan-toeran'ny mpitahiry volan'ny distrika. (219.1)

**208.8.** Manendry ny talen'ny asa fanompoana atao eny anivon'ny fonja na hopitaly, ao amin'ny distrika mba hanamafy ny fitoriana filazantsaran'ny fahamasinana amin'ny alalan'ny asa fanompoana manokana atao ho amin'izany. (236)

**208.9.** Mifampidinika amin'ny biraom-piangonana ny amin'ny fanendrena loholona na mpanompo manana fahazoan-dalana mba hitandrina fiangonana eo an-toerana iray ka hanome fankatoavana na tsia izany fanendrena izany. (115, 129.2, 160.8)

**208.10.** Manao fandaharam-potoana hijerena manokana ny amin'ny fiarahan'ny fiangonana/mpitandrina (123), ao anatin'ny 90 andro anaovan'ny biraom-piangonana fangatahana izany fijerena izany, ny amin'ny fanohizana ny asa fitandremana eo amin'ny fiangonana/mpitandrina.

**208.11.** Mankatoa na mitsipaka ny fanomezana alalana ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana Nazareana na iza izy na iza, izay mangataka fahazoan-dalana hanao asa fanompoana na manavao izany avy amin'ny biraom-piangonana eo an-toerana izay tsy manana loholona ho mpitandriny. (426.1, 426.3)

**208.12.** Mankatoa na mitsipaka an-tsoratra ny fangatahana avy amin'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana eo an-toerana ny amin'ny fampiasana olona mpanampy mandray karama

na tsia avy eo an-toerana (toy ny mpitandrina mpanampy, mpanompon'Andriamanitra na talen'ny fanabeazana Kristiana, ankizy, tanora, lehibe, mozika, fikarakarana ankizy/sekoly {hatramin'ny fahaterahany ka hatramin'ny ambaratonga faharoa}, sns.). Ny zavatra takiana voalohany indrindra ho amin'ny fanapahan-kevitry ny mpitantana ny distrika ny amin'ny hanomezany fankatoavana na fitsipahana, amin'ny ankapobeny, ny fanakaramana olona dia araka izay fahavononana sy fahafaha-manao ny fiangonana mba hahatontosa ny andraikiny eo an-toerana, eo anivon'ny distrika ary amin'ny ankapobeny. Andraikitry ny mpitandrina matihanina ny manao sivana sy mifidy ny mpanampy amin'ny asa fitandremana. Na izany aza, ny mpitantana ny distrika dia manana ny zo hitsipaka ilay olona voatendry. (129.27, 160-60.8)

**208.13.** Mankatoa na mitsipaka, miaraka amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ireo fangatahana avy amin'ny fiangonana eo an-toerana ny amin'ny fanaovana fandaharan'asa momba ny asa fanompoana amin'ny fikarakarana ankizy/sekoly Kristiana (hatramin'ny fahaterahana ka hatramin'ny ambaratonga faharoa). (153, 222.11, 414)

**208.14.** Manatanteraka sy manao sonia, miaraka amin'ny sekreteran'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ireo antontan-taratasy ara-panjakana rehetra ao amin'ny distrika. (222.5)

**208.15.** Manendry sy manara-maso ireo mpanampy mandray karama rehetra ao amin'ny distrika any amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (241)

**208.16.** Manendry mpitandrina araka ny voalaza ao amin'ny 116.

**208.17.** Ny mpitantana ny distrika, miaraka amin'ny fankatoavan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia afaka manendry ireo mpikambana ao amin'ny Biraom-piangonana (mpitandrim-pahany, mpitandrim-pananana), ny filohan'ny Birao Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady, ary ireo tompon'andraikitra hafa ao amin'ny fiangonana (sekretera, mpitam-bola) raha toa ka vao latsaky ny dimy taona izay no nandrindrana ilay fiangonana, na latsaky ny 35 ny isan'ny mpikambana afaka mifidy, na koa mahazo fanampiana ara-bola tsy tapaka avy any amin'ny distrika, na efa nambara fa ao anaty fahasahiranana. Ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Biraom-piangonana dia tsy latsaky ny telo. (116, 124)

**208.18.** Manao fanadihadiana mikasika ireo fanamelohana vita an-tsoratra natao tamin'ny mpanompo ao amin'ny fivorian'ny distrika misy azy, araka ny 505-5.3.

**208.19.** Ny mpitantana ny distrika dia manamboatra ny fandaharam-potoana sy mitarika ny fanaovana tombatombana sy ny jery todika miaraka amin'ny evanjelistra matihanina araka ny paragrafy 407.4.

**209.** Ny mpitantana ny distrika, miaraka ny fankatoavan'ny biraom-piangonana, dia afaka manendry mpitandrina mpisolo toerana hameno ny banga eo amin'ny toeran'ny mpitandrina mandra-pahatongan'ny fivorian'ny distrika manaraka. Izany mpitandrina mpisolo toerana voatendry izany dia azon'ny mpitantana ny distrika esorina amin'ny toerany raha toa ka tsy mahafa-po ny biraom-piangonana sy ny fiangonana eo an-toerana ny asa ataony. (129.5, 421, 426.6)

**210.** Ny mpitantana ny distrika dia manana fahefana hanatontosa ny asa rehetra tokony hataon'ny mpitandrina ho an'ny fiangonana eo an-toerana ao anatin'ny fivorian'ny distrika misy azy raha toa tsy manana mpitandrina na mpitandrina mpisolo toerana izany fiangonana eo an-toerana izany. (412)

**210.1.** Ny mpitantana ny distrika dia afaka mitarika ny fivoriana isan-taona na manokana ataon'ny fiangonana eo an-toerana, na manendry olona mpisolo toerana hanao izany andraikitra izany. (113.5)

**211.** Raha tsy afa-manatrika na manendry olona hisolon-tena azy hanatrika ny fivorian'ny distrika ny Mpitantana Foibe miadidy, dia afaka manokatra sy mitarika izany ny mpitantana ny distrika, mandram-pandraisan'ny fivorian'ny distrika fanapahan-kevitra hafa. (307.4)

**212.** Ny mpitantana ny distrika dia afaka mameno ny toerana banga ny Komitin'ny vola ao amin'ny fivorian'ny distrika (203.21), ny komitin'ny mpanara-maso ny taratasim-bola ao amin'ny distrika (203.25), ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika (226.1), ny Biarao misahana ny fandinihana ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika (229.1), ny Birao misahana ny Fitoriana Filazantsara ao amin'ny Distrika na ny talen'ny fitoriana filazantsara ao amin'ny distrika (232), ny Birao miandraikitra ny fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika (233), ny Birao Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika (237), ary ny Fitsarana Avo ao amin'ny Distrika (509), sy ireo filan-kevitra na komity hafa mijoro izay tsy voalazan'ny *Boky Toralalàna* na nandraisana fanapahan-kevitra tamin'ny alalan'ny fivoriana.

**212.1.** Ny mpitantana ny distrika dia afaka manendry ny filoha sy ny sekretera rehetra ao amin'ny Biraon'ny distrika ary ireo komity maharitra raha toa ka tsy hita ao anatin'ny *Boky Torolàlana* izany na ny fanapahan-kevitry ny tao amin'ny fivoriana.

**212.2.** Ny mpitantana ny distrika, tamin'ny fifampidinihana tamin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia hanendry komity mpanendry iray mba hanomana ny fanendrena olona ho ao amin'ny komity sy ny toerana izay efa mahazatra mialoha ny fivorian'ny distrika. (202.1)

**213.** Ny Mpitantana ny distrika dia ho mpitarika avy hatrany ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika (221.2), sy ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika (227.1).

**213.1.** Ny mpitantana ny distrika dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny Birao nofidina sy mijoro rehetra ary ny komity misy eo amin'ny Distrika izay hanaovany fanompoana. (203.20-3.21, 233, 237, 810, 811)

**214.** Ny asa ofisialy rehetra ataon'ny mpitantana ny distrika dia tsy maintsy ampandalovina sy alefa ho jeren'ny fivorian'ny distrika, ka azo hiantsoana fivoriana.

**214.1.** Ny mpitantana ny distrika dia haneho fankatoavana hatrany ny toro-hevitra mifanaraka amin'ny hevitry ny Mpitantana Foibe miadidy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe mikasika indrindra ny fandaminana amin'ny asa fitandremana sy ny zavatra hafa rehetra mifandraika amin'ny biraon'ny mpitantana ny distrika.

### F. Ny Mpitantsoratry ny Distrika

**216.** Ny mpitantsoratry ny distrika, izay nofidian'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia hiasa mandritra ny iray ka hatramin'ny telo taona sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy. (222.16)

**216.1.** Raha hijanona tsy hiasa intsony ny mpitantsoratry ny distrika noho ny antony samihafa, manelanelana ny fotoam-pivorian'ny distrika, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hifidy izay ho solony araka ny fanendren'ny mpitantana ny distrika. (208.5)

**216.2.** Ny mpitantsoratry ny distrika dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny distrika (201)

**217.** Ny **andraikitry ny mpitantsoratry ny Distrika** dia ny:

**217.1.** Mandrakitra an-tsoratra mazava tsara sy mitahiry amim-pahatokiana ny antsipirihany momba ny fivorian'ny distrika.

**217.2.** Mandrakitra an-tsoratra mazava tsara sy mitahiry ny antontan'isa rehetra ao amin'ny distrika.

**217.3.** Mandefa ny tabilaon'ny antontan'isa rehetra any amin'ny sekretera jeneraly mba hodinihina tsara mialoha ny fanontana izany any amin'ny gazety ofisialy (325.6)

**217.4.** Mitahiry ireo antontan-taratasy rehetra amin'ny fivorian'ny distrika, ary manolotra izany any amin'izay handimby azy.

**217.5.** Mitahiry sy mandahatra ny gazety ofisialy feno rehetra isaky ny efa-taona (205.4)

**217.6.** Mandefa ireo dika mitovy araka ny ilaina amin'ny gazety vita printy amin'ny fivorian'ny distrika tsirairay any amin'ny Birao Foibe, mba hotsinjaraina amin'ireo tompon' andraikitra foibe sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**217.7.** Manolotra ny gazety ofisialy feno an'ny efa-taona teo aloha amin'ny Fivoriambe, ho an'ny fivorian'ny distrika, mba ho teherizina sy alahatra (203.26, 205.3-5.4)

**217.8.** Manao izay rehetra tokony ataony mifandraika amin'ny asany.

**217.9.** Manolotra izay zavatra rehetra tonga eo am-pelatanany mandritra ny taona amin'ny fivorian'ny komity na ny birao maharitra tokony handray izany.

**218.** Ny mpitantsoratry ny distrika dia mety manana mpanampy betsaka araka izay ho fidian'ny fivorian'ny distrika.

### G. Mpitahiry volan'ny Distrika

**219.** Ny Mpitahiry volan'ny Distrika, izay nofidian'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia hiasa mandritra ny iray taona ka hatramin'ny telo taona ary mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka ny handimby azy. (222.15)

**219.1.** Raha hijanona tsy hiasa intsony ny Mpitahiry volan'ny Distrika, noho ny antony samihafa, eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny ao amin'ny fivorian'ny distrika, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hifidy izay handimby azy araka izay fanendrena ataon'ny mpitantana ny distrika. (208.7)

**219.2.** Ny Mpitahiry volan'ny Distrika dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny distrika. (201)

**220.** Ny **andraikitry ny Mpitahiry volan'ny Distrika** dia ny:

**220.1.** Mandray ny vola rehetra avy amin'ny distrika misy azy araka izay ameran'ny Fivoriambe azy, na ny fivorian'ny distrika, na ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, na araka izay mety ho ilain'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary hamoaka izany araka ny fitarihana sy ny fomba fiasan'ny fivorian'ny distrika ary/na ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

**220.2.** Mandray an-tsoratra mazava tsara ny vola voaray sy ny vola mivoaka ary handefa tatitra isam-bolana any amin'ny mpitantana ny distrika sy tatitra isan-taona any amin'ny fivorian'ny distrika, izay maha tompon'andraikitra azy.

### H. Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika

**221.** Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia ahitana ny mpitantana ny distrika avy hatrany sy mpanompo miisa hatramin'ny telo ary laika miisa hatramin'ny telo koa izay fidiana isan-taona amin'ny latsa-bato ataon'ny fivorian'ny distrika isan-taona na ho amin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny 4 taona, hiasa mandrapifarana tanteraky ny fivorian'ny distrika manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo. Na izany aza, ny fe-potoana iasany dia mety hijanona amin'ny alalan'ny fifidianana ny ampahan'ny ao amin'ny birao isan-taona.

Raha toa ny distrika iray ka ahitana mpikambana mihoatra ny 5000, dia afaka mifidy mpanompo efa voatokana iray fanampiny ary laika iray fanampiny avy isaky ny mpikambana miisa 2500 na ny ampahany betsaka amin'ireo mpikambana miisa 2500. (203.14)

**221.1.** Ny fahabangan-toerana misy ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia azon'ireo mpikambana sisa fenoina.

**221.2.** Ny mpitantana ny distrika dia ho filoha avy hatrany ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.

**221.3.** Ireo laika mpikambana ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny distrika, ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady ao amin'ny distrika, ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana ao amin'ny distrika, ary ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana ao amin'ny distrika. (201, 221)

**222.** Ny **andraikitry ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika** dia ny:

**222.1.** Mametraka daty ho amin'ny fisokafana sy fikatonan'ny taonan'ny antontan'isa mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny 114.1.

**222.2.** Manome vaovao sy mifampidinika amin'ny mpitantana ny distrika mikasika ny mpanompo sy ny fiangonana eo an-toerana ao amin'ny fivorian'ny distrika. (416)

**222.3.** Manendry komity mpanao fanadihadiana ahitana mpanompo telo na mihoatra raha toa ka misy fitoriana fanamelohana atao amin'ny mpikambana iray amin'ny mpitondra fiangonana. (505-5.3)

**222.4.** Manao ny fitsarana raha toa ka misy ny fitoriana atao amin'ny mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana. (505.5-5.6)

**222.5.** Manorina fikambanana, araka izay amelan'ny lalàna sivily azy sy anomezan'ny fivorian'ny distrika fahefana azy. Aorian'izany fahatongavana ho fikambanana izany, araka ny voalaza etsy ambony, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hanana fahefana araka ny safidiny, hividy, hanana ho azy manokana, hivarotra, hanakalo, hampanofa, hanao findramam-bola, hametraka antoka, hanofa na hamindra izay mety ho fanaka na fananana tsy azo afindrafindra na fananana manokana, araka izay mahamety izany na araka izay ilaina ho amin'ny tanjon'ilay fikambanana. Ny mpitantana ny distrika sy ny mpitantsoratry ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, na ireo olona izay nahazo fahefana avy tamin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, efa lasa fikambanana na tsia, dia hanatanteraka sy hanao sonia ny famindrana rehetra momba ny fananan-tany na trano, fametrahana antoka, sy fanesorana izany antoka napetraka izany, fanaovana fifanarahana, ary ireo taratasim-panjakana hafa ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (204)

**222.6.** Any amin'ireo fanjakana tsy amelan'ny lalàna sivily ny fananganana fikambanana, ny fivorian'ny distrika dia afaka mifidy ny Birao Mpanolo-tsaina ny distrika ho toy ny olona hametraham-pitokisana ao amin'ny distrika manana fahefana araka ny safidiny, hividy, hanana ho azy manokana, hivarotra, hanakalo, hampanofa, hanao findramam-bola, hametraka antoka, hanofa na hamindra izay mety ho fanaka na fananana tsy azo afindrafindra na fananana manokana, araka izay mahamety izany na araka izay ilaina ho amin'ny fanatontosana ny asany ao amin'ny distrika. (102.6, 106.2, 222.5)

**222.7.** Any amin'ny toerana izay ahafahan'ny fiangonana mijoro ho fikambanana, dia anjaran'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika no manomana ireo taratasy fananganana

Fikambanana miaraka amin’ny toro-hevitry ny mpahay lalàna eo an-toerana. Izany fananganana fikambanana izany dia tokony hifanaraka amin’izay voaloza amin’ny 102-2.5.

**222.8.** Manompo amin’ny toeran’ny mpanolo-tsaina ho an’ny mpitantana ny distrika amin’ny fanarahany maso ny departemanta, ny birao, ary ny komity rehetra ao amin’ny distrika.

**222.9.** Mametraka izay mety ho planina tiana haroso rehetra ho amin’ny famoronana foiben-toerana ho an’ny distrika any amin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe. Ny planina toy izany dia mitaky ny fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny Biraon’ny Mpiandraikitra Foibe mialoha ny hanatanterahana izany. (319)

**222.10.** Manolotra ny fanavaozana ny fahazoan-dalana ho an’ireo mpanompo manana fahazoan-dalana miasa ho toy ny mpitandrina. (427.5)

**222.11.** Mankatoa na mitsipaka ny fangatahana avy amin’ny fiangonana eo an-toerana ny amin’ny hanaovana fandaharan’asa fanompoana hikarakarana ankizy/sekoly Kristiana (hatramin'ny fahaterahana ka hatramin'ny ambaratonga faharoa). Araka izay hitan’ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny Komity Kristiana misahana ny fikarakarana ny zaza/sekoly eo amin'ny distrika arak'izay maha mety azy, no hanorenana izany. Ny anjara asany amin’izany dia ny hanolotra fitsipika, fomba fiasa, ary ny filôzôfia any amin’ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika mba hampiharina eo amin’ny fiangonana eo an-toerana ny fikarakarana ny zaza/sekoly (hatramin'ny fahaterahana ka hatramin'ny ambaratonga faharoa), ary manampy amin’ny fananganana, fanohanana, ary fanaraha-maso izany akanin-jaza/sekoly izany (hatramin'ny fahaterahana ka hatramin'ny ambaratonga faharoa). (152, 208.13, 414)

**222.12.** Mifidy na mampiato amin’ny asany ireo mpanampy mandray karama izay ampiasain’ny distrika. (241-41.1)

**222.13.** Miasa, ka mifampidinika amin'ny mpitantana ny distrika, amin'ny maha-komitin'ny vola eo anelanelan'ny fihaonana miaraka amin'ireo manam-pahefana hanitsy ny teti-bola ampiasaina arak'izay ilàna azy sy hanao ny tatitr'izany any amin'ny fivorian'ny distrika. (220.1)

**222.14.** Miaro ny fananan'ny distrika rehetra, na iombonana izany na manokana, ao anatin'izany ny renivola ho enti-miasa, amim-pahamarinana tanteraka, mba tsy havilivily lalana hampiasain’ny olona na fikambanana ho toy ny fananany manokana fa hampiasain’ny Fiangonan’ny Nazareana. (102.4, 106.5, 204)

**222.15.** Mifidy ny Mpitahiry volan'ny Distrika, manompo mandritra ny iray ka hatramin'ny telo taona ary mandra-pifidy ny mpandimby azy manana ny fahaiza-manao. (219)

**222.16.** Mifidy ny mpitantsoratry ny distrika, izay hiasa mandritra ny iray ka hatramin’ny telo taona ary koa mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy sy manana ny fahaiza-manao. (216)

**222.17.** Manamarina ny fisintahana na ny fikasam-pisintahan’ny fiangonana eo an-toerana rehetra tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana mba ahafahana manatanteraka ny famindrana filazam-panana araka ny voalaza ao amin'ny paragrafy 106.2.

**222.18.** Raha takiana, araka ny voalaza ao amin'ny paragrafy 203.26, dia mifidy komity Mpanamarim-bolan'ny Distrika mba hiasa mandra-pikaton'ny fivorian'ny distrika manaraka. (203.26)

**222.19.** Manome tatitra isan-taona ho an'ny fivorian'ny Distrika, izay mamintina ny hetsika arak'asan'ny birao miaraka amin'ny isan'ny fivoriana nifanarahana.

**223.** Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia afaka manao taratasy famindrana mpikambana ho an'ny mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana, mpanompon'Andrimanitra misahana ny fanabeazana Kristiana (409), na dorkasy (405), izay maniry ny hifindra any amin'ny fivorian'ny distrika hafa, mialoha ny fihaonan'ny fivorian'ny distrika izay nisy ny maha-mpikambana ilay olona. Ny famindrana toy izany dia azon'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izay mandray azy ekena, ka manome azy ireo ny zo sy ny tombontsoa feno amin'ny maha mpikambana azy ao amin'ny distrika izay handraisana azy. Ny fivorian'ny distrika izay mandray azy no hanana ny teny farany amin'ny fankatoavana izay mety ho famindrana rehetra ataon'ny Birao Mpanolo-tsaina araka izay fanolorana ataon'ny Birao mpanome alalana ho amin'ny Asa Fanompoana. (203.8-3.9, 228.9-28.10, 432-32.2)

**223.1.** Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, raha manao fangatahana, dia afaka mamoaka Taratasy Fanamarinana izay mangataka Famindrana (813.2) ho an'ny mpikambana ao amin'ny fivorian'ny distrika izay maniry ny hifindra any amin'ny fiangonana hafa.

**224.** Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, eo ambany fankatoavan'ny Mpitantana ny distrika, dia afaka mampiato dorkasy manana fahazoan-dalana amin'ny asany raha ilaina izany hahasoa ny fiangonana, aorian'ny fiaraha-midinika miaraka amin'ny Biraom-piangonana eo an-toerana izay maha-mpikambana ilay dorkasy, ao ary ao aorian'ny fanomeana azy fahafahana miaro tena.

**225.** Raha toa misy mpanompo manana fahazoan-dalana na voatokana iray maneho ny taratasy fanamarinana azy avy any amin'ny fiangonana evanjelika hafa, eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny distrika, ka manao fangatahana hiditra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, izany taratasy fanamarinana azy izany dia hodinihan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika akaiky. Ny olona manao fangatahana toy izany dia ho raisina ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny alalan'ny fanolorana ataon'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika irery ihany. (417, 427.2, 430)

### I. Ny Birao mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika

**226.** Ny Birao mpanome taratasy fanamarinana ho amin'ny asa fanompoana ao amin'ny Distrika dia ahitana mpanompo efa notokanana tsy latsaky ny 5 ary tsy mihoatra ny 15, ka ny iray amin'ireo dia ho ny mpitantana ny distrika. Izy ireo dia hiasa mandritry ny 4 taona sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka ny handimby azy ireo indray. Na izany aza, ny fe-potoana iasan'izy ireo dia mety hiantona amin'ny alalan'ny fifidianana ny ampahan'ny olona ao amin'ny birao isan-taona. (203.15)

**226.1.** Ny fahabangan-toerana misy eo anivon'ny Birao mpanome taratasy fanamarinana ho amin'ny Asa Fanompoana eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny ao amin'ny fivorian'ny distrika dia azo fenoina amin'ny alalan'ny fanendrena ataon'ny Mpitantana ny distrika. (212)

**227.** Aorian'ny fifidianana ataon'ny Birao mpanome taratasy fanamarinana ho amin'ny Asa Fanompoana, ny mpitantana ny distrika dia hiantso fivoriana ho an'ny birao ho amin'ny fandaminana toy izao manaraka izao:

**227.1.** Ny mpitantana ny distrika dia hiasa ho toy ny filoha avy hatrany ao amin'ny birao; na izany aza, araka ny fangatahana ataony, ny birao dia afaka mifidy filoha mpisolo toerana hanompo izany fifandraisana izany mandra-pikaton'ny fivorian'ny distrika manaraka. (213)

**227.2.** Ny birao dia hifidy sekretera maharitra avy amin'ny mpikambana ao aminy ka izy no handamina araka ny tokony ho izy ny firaiketana an-tsoratra rehetra mikasika ny fivorian'ny distrika, ary izany moa dia ho fananana mipetraky ny distrika. Ny sekretera dia

handrakitra an-tsoratra tsara ny fanapahan-kevitra rehetra noraisin'ny birao sy hitahiry izany amim-pahatokiana tokoa miaraka amin'ireo raki-tsoratra hafa izay mifandraika amin'ny asan'ny birao ka hanolotra izany avy hatrany any amin'ny izay mpandimby toerana azy.

**228.** Ny **andraikitry ny Birao mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana** dia ny:

**228.1.** Mandinika tsara sy manombatombana ny amin'ny olona rehetra izay naroso teo anoloan'ny fivorian'ny distrika mba hofidiana ho eo amin'ny toeran'ny loholona, toeran'ny diakona, sy homena ny fahazoan-dalana ho an'ny mpanompo.

**228.2.** Mandinika tsara sy manombatombana ny amin'ny olona rehetra maniry hahazo taratasy fanamarinana ho amin'ny iray amin'ireo andraikitra sahanina ao amin'ny asa fanompoana, tafiditra ao anatin'izany ny mpanao fangatahana rehetra na laika izy na mpanompon'Andriamanitra maniry ny hanana izany fanamarinana izany amin'ny asa fanompoana atao any ivelan'ny fiangonana eo an-toerana, sy any amin'ireo fikambanana hafa manokana araka izay hita ao amin'ny *Boky Torolàlana*.

**228.3.** Mametraka fanontaniana araka ny tokony ho izy amin'ireo mpanao fangatahana tsirairay sy manao fanadihadiana hafa izay hita fa tokony hatao mikasika ny traikefany manokana mikasika ny famonjena; ny traikefany manokana ny amin'ny fanamasinana manontolo amin'ny alalan'ny batisan'ny Fanahy Masina; ny fahalalana ny foto-pampianaran'ny Baiboly; ny fanekena feno ny foto-pampianarana, ny fanekena ny toetra Kristiana sy ny fanekena ny fitondran-tena Kristiana, ary ny fitsipika ny fiangonana; isehoan'ny fahasoavana, fanomezam-pahasoavana, fahalalana, fitondran-tena, ary ara-panahy, sy ny fahakingany amin'ny ankapobeny mifanaraka amin'ny asa fanompoana izay heverin'ilay mpanao fangatahana fa iantsoana azy.

**228.4.** Manao fanadihadiana amim-pitandremana mikasika ny fitondran-tenan'ny mpanao fangatahana tsirairay ka hikatsaka hamantatra raha toa ka eny na tsia, ny mpanao fangatahana ka mandray anjara na manana fitondran-tena izay raha mitohitohy hatrany ny fanaovany izany dia mety hitarika amin'ny tsy fandraisana azy ho amin'ny asa fanompoana izay nanaovany fangatahana.

**228.5.** Mamerina mijery ho amin'ny fankatoavana ny fanendrena indray ny mpanompon' Andriamanitra eo an-toerana izay efa notendrena ho mpitandrina mpisolo toerana ny amin'ny tokony mbola hanohizany izany asa izany ao aorian'ny fivorian'ny distrika manaraka ilay fanendrena. (426.6)

**228.6.** Manao fanadihadiana sy mijery indray izay mety ho anton'ny tsy nahatanterahan'ny mpanompo efa notokanana iray ny fanaovana tatitra any amin'ny fivorian'ny distrika nandritra ny roa taona mifanesy ary manao fangatahana any amin'ny fivorian'ny distrika mikasika ny mbola hametrahana ny anarany ao amin'ny lisitra ofisialy misy ny anaran'ny loholona na diakona.

**228.7.** Manao fanadihadiana ny tatitra mikasika ny mpanompo efa notokanana iray izay manambara fa izy dia niditra ho mpikambana any amin'ny fiangonana hafa, na mandray anjara amin'ny asa fanompoana ataon'ny fiangonana na vondrona hafa na koa mandray anjara amin'ny zavatra atao tsy miankina tsy nahazoana alalana ny amin'izany akory, ary manao fangatahana any amin'ny fivorian'ny distrika mikasika ny mbola tokony hitazonana ny anarany ao amin'ny lisitry ny loholona na diakona. (112, 433.11)

**228.8.** Manolotra any amin'ny fivorian'ny distrika ny amin'ny fandefasana hisotro ronono izay mpanompo mangataka izany, izay araka ny fahitan'ny birao azy, dia tsy afaka manohy ilay asa fanompoana noho ny tsy fahafahany manao izany (203.27, 431) na koa maniry ny tsy hanohizany izany asa fanompoana niandraketany izany noho ny taonany izay efa mandroso.

**228.9.** Manolotra any amin'ny fivorian'ny distrika, ireo mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana, sy ireo nahazo fahazoan-dalana hanohy ny asa fanompoana, mba hafindra any amin'ny distrika hafa, anisan'izany ny fifindrana eny anelanelam-potoana nankatoavin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (203.9, 432-32.2)

**228.10.** Manolotra any amin'ny fivorian'ny distrika, ireo olona izay manana taratasy fanamarinana ho amin'ny asa fanompoana, mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana, ary ireo nahazo fahazoan-dalana ho amin'ny fanohizana ny asa fanompoana mba ho raisina ny fifindrany avy any amin'ny distrika hafa, tafiditra ao anatin'izany ny famindrana eny anelanelam-potoana nankatoavin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (203.8, 432-32.2)

### J. Ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika

**229.** Ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika dia ahitana mpanompo efa notokanana miisa 5 na mihoatra, izay nofidian'ny fivorian'ny distrika, hiasa mandritra ny 4 taona sy mandra-pifidy indray izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy. Na izany aza, ny fe-potoana iasan'izy ireo dia mety hiato amin'ny alalan'ny fifidianana ny ampahan'ny olona ao amin'ny birao isan-taona. (203.16)

**229.1.** Ny fahabangan-toerana mitranga eo anivon'ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika, eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny fivorian'ny distrika, dia azo fenoina amin'ny alalan'ny fanendrena ataon'ny mpitantana ny distrika. (212)

**230.** Mialoha ny fikatonan'ny fivorian'ny distrika izay nifidianana ny birao, ny mpitantana ny distrika na ny mpitantsoratry ny distrika dia hiantso fivoriana ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny birao ho amin'ny fandaminana sy ny andraikitra voalaza araka izao manaraka izao:

**230.1.** Ny Birao dia hifidy ny filoha iray sy sekretera iray maharitra avy amin'ireo mpikambana ao aminy. Hifidy mpanompo voatokana ho mpitan-tsoratra izy ireo izy, hanana ny andraikitra amin'ny fandinihana sy ny fampandrosoana ireo mpiadina amin'ny alalan'ny Fandaharam-pianarana misy tari-dalana natao ho an'ny mpanompo mba hamitany ny fianarana takiana ho amin'ny fanokanana. Hitahiry ny rakitra an-tsoratry ny salan'isa rehetra azo mandra-panokana ilay mpiadina izy ireo. (230.5, 424.1-24.3)

**230.2.** Ny filoha dia hametraka amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny birao ny fiandraiketana sy ny fanaraha-maso ny mpanao fangatahana rehetra izay efa nisoratra anarana tamin'ny Fandaharam-pianarana misy mitari-dalana. Ny andraikitra napetraka toy izany dia hitohy hatrany raha toa ireo mpanao fangatahana ka mbola mandray anjara mavitrika amin'izany ihany mandritry ny fotoam-piasan'ny mpikambana ao amin'ny komity raha tsy hoe efa nasiana fanamboarana angaha ny amin'izany.

**230.3.** Ny filoha dia hanatrika ny fivoriana rehetra ataon'ny birao, raha tsy hoe tsy afaka noho ny antony tsy azo hanoharana angamba izy, ary hanara-maso ny asan'ny birao isan-taona. Amin'ny fotoana tsy maintsy mahabanga ny filoha, dia ny sekretera no handray an-tanana vonjy maika ny asany.

**230.4.** Ny mpitantsoratra, eo ambany fiahian'ny fivorian'ny distrika, dia hanao boky misy ny raki-tsoratra momba ny fandinihana ny asa fanompoana, ka izany moa dia ho fananan'ny fivorian'ny distrika, ary hampiasaina araka ny toromarika hita ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fampivelarana ny Asa fanompoana.*

**230.5.** Ny mpikambana hafa ao amin'ny birao dia hanatrika tsy tapaka ny fivorian'ny birao sy hanara-maso ireo olona nanao fangatahana napetraka taminy amin'ny alalan'ny (1) fampaherezana, toro-hevitra, ary tari-dalana ampirahalahiana; (2) fanofanana amin'ny

alalan'ny ohatra sy fifampiresahana mikasika ny fitondran-tena mendrika ho an'ny mpitondra fiangonana miaraka amin'ny fanindriana manokana ny amin'ny hoe ahoana no ahafahan'ny mpikambana ao amin'ny fitondram-piangonana miala lavitra ny fitondran-tena ratsy amin'ny filan'ny nofo. (230.1).

**230.6.** Miara-miasa amin'ny mpitantana ny distrika ny birao sy ny biraon'ny Fampivelarana ny Mpitondra Fiangonana amin'ny alalan'ny komity Mpanolo-tsain'ny Fandaharam-pianarana (COSAC) amin'ny fitadiavana làlana samihafa hamporisihana, hanampiana, sy hitarihan-dalana ireo mpianatra nanolo-tena izay manaraka fandaharam-pianarana ao amin'ny toeram-pianarana Nazareana iray.

**231.** Ny birao dia afaka manao kilasy na seminera mba hanampiana ireo mpanompon' Andriamanitra voatokana na ireo mpanao fangatahana hafa amin'ny fanarahana ny fanadaharam-pianarana samihafa fianarany, ary hanangana trano famakiam-boky foibe misy ireo boky azo indramina rehetra rehefa ilaina izany, araka ny fanampiana ara-bola nankatoavin'ny distrika.

**231.1.** Ny filoha sy ny mpitan-tsoratry ny Biraon'ny Fianarana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Distrika dia manana fahefana hampiditra mpianatra ao amin'ny fandaharam-pianarana, efa nifampidinihana tamin'ny mpitantana ny distrika. (230.1-30.2, 424.1-24.3)

**231.2.** Ny birao dia hanatontosa ny andraikiny araka izay voalaza ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana*.

**231.3.** Ny birao dia hanao tatitra ny vaovao farany rehetra mikasika ny fandrosoan'ny fianarana ataon'ny kandidà any amin'ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana ara-potoana mba ahafahan'io birao io mandinika izany vaovao azony izany mialoha ny fivorian'ny distrika. Ny Biraon'ny Fianarana Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika dia hanolotra any amin'ny fivorian'ny distrika ny fametrahana sy ny fampandrosoana ary ny fahavitana ny fandaharam-pianarana maro samihafa. Izany fametrahana, fampandrosoana, ary fahavitana ny fandaharam-pianarana izany dia hifanaraka amin'ny toro-marika nomen'ny Biraon'ny Mpitondra Fiangonana amin'ny fampandrosoana amin'ny alalan'ny Komitin'ny Mpanolo-tsainan'ny Fianarana (COSAC).

**231.4.** Ny biraon'ny Fianarana ho amin'ny asa fanompoan'ny Distrika dia ho tompon'andraikitra, amin'ny fiaraha-miasa amin'ny toeram-pianarana Nazareana efa nekena ara-panjakana ho amin'ny fanomanana amin'ny asa fanompoana ary ny Biraon'ny Fampivelarana ny asa fitandremana amin'ny alalan'ny Komity Mpanolo-tsain'ny Fianarana (COSAC), ary eo ambany fitarihana fototry ny mpitantana ny distrika, ho amin'ny fampandrosoana ny fanabeazana mitohy natao ho an'ny mpanompo voatokana sy ireo mpanompo hafa ao amin'ny distrika. Ny fianarana mitohy dia ahitana ny fianarana momba ny etika amin'ny fitondran-tena mendrika ho an'ny mpitondra fiangonana ka tsindriana manokana amin'izany ny hoe ahoana no fomba ahafahan'ny mpikambana ao amin'ny fitondram-piangonana miala lavitra ny fitondran-tena ratsy amin'ny filàna ara-nofo.

### K. Ny Birao misahana ny Fitoriana ny Filazantsara ao amin'ny Distrika na ny Talen'ny Fitoriana ny Filazantsara

**232.** Ny fivorian'ny distrika dia afaka mifidy ny iray amin'ny Birao misahana ny Fitoriana ny Filazantsara ao amin'ny Distrika na ny Talen'ny Fitoriana Filazantsara. Ireo olona izay voafidy amin'izany dia hiasa mandra-pahatongan'ny fotoana farany hikatonan'ny fivorian'ny distrika manaraka sy mandra-pifidy ireo olona mahafeno ny fepetra takiana afaka mandimby azy. (203.19)

**232.1.** Ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny mpitantana ny distrika, ny Birao misahana ny Fitoriana Filazantsara ao amin'ny Distrika na ny Talen'ny Fitoriana ny Filazantsara ao amin'ny distrika, dia hikatsaka izay hampandroso sy hanamafy ny antony ilàna ny fitoriana ny filazantsaran'ny fahamasinana, amin'ny alalan'ny fanomezana fotoam-piofanana, fanaovana fivoriana hanaovana fifampidinihana sy konferansa, fanindriana mafy ny maha ilaina ny fifohazam-panahin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny alalan'ny evanjelistra voantson'Andriamanitra, sy amin'ny alalan'ny fomba hafa rehetra izay misy eo ampelatanana, mba hanairana ny distrika ny amin'ny Iraka Lehibe nomen'i Jesosy Kristy izay lohalaharana amin'ny fampandehanana ny Tenan'i Kristy.

### L. Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika

**233.** Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika dia ahitana ny mpitantana ny distrika izay avy hatrany sy mpikambana avy ao amin'ny mpanompo tsy latsaky ny roa sy mpikambana laika miisa roa. Ireo mpikambana dia azon'ny fivorian'ny distrika fidiana hiasa mandritra ny 4 taona sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo. Ny Birao mpanolo-tsaina ny Distrika dia afaka ny hiasa ho toy ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika raha mahazo vato betsaka amin'ny fifidianana ataon'ny fivorian'ny distrika.

**234.** Ny **andraikitry ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana ao amin'ny Distrika** dia ny:

**234.1.** Mampandroso ny fanorenana trano fiangonana eo an-toerana sy ny trano hafa mifandraika amin'ny fiangonana izay ao anatin'ny faritry ny fivorian'ny distrika, ary izany moa dia iarahany miasa amin'ny Sampana momba ny Fitoriana Filazantsara sy ny Fandrosoan'ny Fiangonana.

**234.2.** Manamarina sy mitahiry ny taratasy fanamarinana ny amin'ny fananan'ny fiangonana eo an-toerana.

**234.3.** Mandinika ireo tolo-kevitra naroson'ny fiangonana eo an-toerana mikasika ny fividianana tany na trano, na koa fananganana trano fiangonana na trano fonenana ho an'ny mpitandrina ary manoro hevitra azy ireo manoloana ny tolo-kevitra naroso. (103)

**234.4.** Manome fankatoavana na mitsipaka, miaraka amin'ny mpitantana ny distrika, ireo tolo-kevitra naroson'ny fiangonana eo an-toerana momba ny planina fanorenana trano fiangonana sy ny fanefana trosa tamin'ny fividianana trano na tany na ny fanorenan-trano. Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana amin'ny ankapobeny dia manome fankatoavana ny fangatahana hampitomboana ny trosa eo ambanin'izao toromarika manaraka izao:

1. Ny fiangonana eo an-toerana izay mangataka ny fankatoavana ny hampitomboana ny trosa dia efa nandoa ny teti-bola feno rehetra ho amin'ny roa taona mialoha ny fangatahana.
2. Ny totalin'ny trosa dia tsy tokony hihoatra ny in-telon'ny salan'ny totalin'ny vola voangona rehetra mandritra ny tsirairay amin'ireo 3 taona teo aloha.
3. Ny andinindininy mikasika ny fanavaozana na fanorenana dia tokony ho efa nahazo fankatoavana avy amin'ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana.
4. Ny totalin'ny trosa sy ny fe-potoana andoavana izany dia tsy tokony hanimba ny fiainana ara-panahin'ny fiangonana.

Ny Birao miandraikitra ny Fananan'ny Fiangonana dia afaka manome fankatoavana ny fangatahana izay tsy mifanaraka amin'ireo toro-marika ireo, amin'ny fepetra tokana ihany,

raha toa ka ankatoavin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izany.

**234.5.** Manao izay rehetra mety hitarihan'ny fivorian'ny distrika azy momba ny raharaha mikasika ny fananan'ny fiangonana eo an-toerana.

### M. Ny Komitin'ny Vola ao amin'ny Fivorian'ny Distrika

**235.** Ny **andraikitry ny Komitin'ny Vola ao amin'ny Fivorian'ny Distrika** dia ny:

**235.1.** Mivory mialoha ny fivorian'ny distrika sy manao fanolorana any amin'ny fivorian' ny distrika momba ny ampaham-bola rehetra sy ny fanomezana izany anjara vola izany any amin' ireo fiangonana eo an-toerana.

**235.2.** Manao izay rehetra hitarihan'ny fivorian'ny distrika azy eo amin'ny sehatra ara-bola ao amin'ny distrika. (203.21)

**235.3.** Hamoaka amin'ny gazetin'ny distrika ny fomba ampiasaina sy ny taha isan-jaton'ny vola ampiharina hamaritana ny teti-bola fototra ho an'ny teti-bola nekena rehetra.

### N. Ny Filoha Mpitaiza ara-panahy ao amin'ny Distrika. (Aumonerie)

**236.** Ny mpitantana ny distrika dia afaka manendry ny Tale Mpiandraikitra ny Fanompoana Manokana ao amin'ny Distrika. Amin'ny fiaraha-miasany amin'ny mpitantana ny distrika, ny Tale Mpiandraikitra ny Fanompoana Manokana ao amin'ny Distrika dia mikatsaka ny hampandrosoana sy ny hanamafisana ny fitoriana ny filazantsaran'ny fahamasinana amin'ny alalan'ny asa fanompoana manokana amin'ny aumonerie ireny. mampandroso sy manohana ny fitoriana filazantsara izay azony atao eny anivon'ny orinasa, toeram-pitsaboana na figadrana, toeram-pianarana, ary eny anivon'ny toby miaramila ny Tale. manome lanja manokana ireo mpikambana Nazareana sy ireo mpanao raharaha miaramila eny anivon'ireny toby miaramila ireny izy, hanendry sy hanampy ireo mpitandrina tompon-tanana mipetraka akaikin'ireny toby ireny mba hanatratra ireo olona mandray anjara amin'ny raharaha miaramila sy ny fianakaviany ho an'i Kristy, mampifamatotra azy ireo amin'ny fiangonana misy an-tsika mandritra ny fotoana hanompoany ny tanindrazany. (208.8)

### O. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika

**237.** Ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika dia ahitana ny mpitantana ny distrika, ny filohan'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana ao amin'ny distrika, ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, ary ny filohan'ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika, ka tafiditra ao anatin'izany ny Komity Mpanatanteraka, ary mpikambana fanampiny miisa 3 farafahakeliny. Ireo mpikambana fanampiny ireo dia hofidian'ny fivorian'ny distrika na ny fivoriana Fanekena amin'ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika hiasa mandritra ny 3 taona misesy sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka ny handimby azy ireo. Araka ny fandaminana izay raisin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady, ireo mpikambana 3 fanampiny ireo dia natao hofidiana avy amin'ny olona 6 voatendry ho amin'izany, ka ny iray amin'izy ireo dia fidiana hiasa mandritra ny 3 taona, iray mandritra ny 2 taona, ary ny iray farany mandritra ny 1 taona. Na izany aza, raha toa ka mihoatra ny 5000 ny isan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana, dia azo atao tsara ny mampitombo avo roa heny ny isan'ny olona voatendry sy voafidy, ary, raha azo atao dia aoka ho laika ny 4 amin'ireo olona 10 mpikambana ao amin'ny birao. Ny fahabangan-toerana eo anivon' ny Biraon'ny Sekoly Alahady, eo anelanelan'ny fotoam-

pivorian'ny fivorian'ny distrika, dia azo fenoina amin'ny alalan'ny fanendrena ataon'ny mpitantana ny distrika. (212)

Ny **andraikitry ny Biraon'ny Sekoly Alahady** dia ny:

**237.1.** Mivory ao anatin'ny herinandro aorian'ny nifidiana azy ireo ary manao ny fandrindrana ao anaty amin'ny alalan'ny fifidianana mpitantsoratra, mpitam-bola, filohan'ny asa fanompoana ho an'ny lehibe, asa fanompoana ho an'ny ankizy, ary Fanofanana Mitohy ho an'ny Laika ao amin'ny Distrika, izay ho lasa mpikambana avy hatrany ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady. Ireo tale hafa ao amin'ny distrika dia azon'ny Komity Mpanatanteraka tendrena ary fidian'ny birao raha toa ka hita fa ilaina izany.

**237.2.** Manao ny fanaraha-maso ny zavatra mety ilaina amin'ny Sekoly Alahady ao amin'ny distrika.

**237.3.** Mifidy ny Filan-kevitry ny asa fanompoana ho an'ny Ankizy* ka ny filohan'izany dia ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny ankizy ao amin'ny distrika, ary ny mpikambana ao aminy dia ireo tale ao amin'ny distrika misahana ny: lasy ho an'ny ankizilahy sy ny ankizivavy, Caravane**, Sekoly Baiboly mandritra ny Fialan-tsasatra (SBF), Fifaninana ara-Baiboly, fiangonana ho an'ny ankizy, ny fikambanan'ireo ray aman-drenin'ireo zaza mena vava, ary ireo maro hafa koa izay hita fa ilaina.

**237.4.** Mifidy ny Filan-kevitry ny asa fanompoana ho an'ny Lehibe[3] ka ny filohan'izany dia ny talen'ny asa fanompoana ho an'ny lehibe ao amin'ny distrika, ary ny mpikambana ao aminy dia ireo tale ao amin'ny distrika misahana ny: fanambadiana sy ny fiainam-pianakaviana, asa fanompoana ho an'ny tanora zokiny, asa fanompoana ho an'ny olona mbola tsy manam-bady, fisotroan-drononon'ny laika, vondrona fianarana Baiboly ahitana olona vitsivitsy, asa fanompoana ho an'ny vehivavy, asa fanompoana ho an'ny lehilahy, ary ireo maro hafa koa izay hita fa ilaina.

**237.5.** Mandrindra ny amin'ny Fihaonamben'ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika izay fanao isan-taona. (237)

**237.6.** Mamariparitra, miaraka amin'ny fifampidinihany amin'ny mpitantana ny distrika, raha toa ny fifidianana ny mpikambana sy ny filoha ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika ka atao amin'ny fivorian'ny distrika na amin'ny Fihaonamben'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika.

**237.7.** Mampahery ireo filohan'ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady eo an-toerana sy ny filohan'ny asa fanompoana isaky ny sokajin-taona/ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana mba hanatrika ny fihaonamben'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika sy mandray anjara amin'izany araka izay tratrany.

**237.8.** Mandrindra ny distrika ho fizarazaram-paritra ary manendry ireo filohan'izany fizarazaram-paritra izany hanampy ny birao araka izay hitarihany azy amin'ny fanatontosana ny asa iandraiketan'ny Sekoly Alahady ao amin'ny distrika.

**237.9.** Manao planina sy hanorina kilasy fanaovana Fiofanana Mitohy ho an'ny Laika any amin'ny distrika na ny fizarazaram-paritra.

---

* Raha mila fanazavana fanampiny momba ny andraikitry ny Filan-kevitry ny Asa Fanompoana ho an'ny ankizy sy ny lehibe, dia jereo ny *Boky momba ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady*.

** Ny Caravane dia fanabeazana amin'ny alalan'ny hetsika ara-panahy, ara-tsaina ary ara-batana miaraka amin'ny famantarana mampiavaka.

3

**237.10.** Manampy ny Sampana Asa Fanompoana Sekoly Alahady ao amin’ny Birao Foibe amin’ny fitahirizana ireo vaovao mifandraika amin’ny zavatra ilain’ny Sekoly Alahady ao amin’ny distrika sy eo an-toerana.

**237.11.** Manolotra any amin’ny Komitin’ny Vola ao amin’ny Fivorian’ny Distrika ny tetibola isan-taonan’ny Biraon'ny Sekoly Alahady.

**237.12.** Tompon’andraikitra ny amin’ny fisotroan-drononon’ny laika ao amin’ny distrika. Ny talen’ny asa fanompoana ho an’ny lehibe ao amin’ny distrika no ho mpikambana avy hatrany ao amin’ny Komitin’ny Fisotroan-drononon’ny Laika ao amin’ny Distrika.

**237.13.** Manome fankatoavana ny tatitra ataon’ny filohany mba ho aroso any amin’ny fivorian’ny distrika.

**237.14.** Mivory matetika araka izay hitan’ny mpitantana ny distrika na ny filohan’ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika raha ilaina izany, hanao planina sy hanatanteraka amim-pahombiazana ny andraikitry ny birao.

**238. Ny Filohan’ny Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika.** Ny fivorian’ny distrika na ny fivoriana Fanekena ataon'ny Asa Fanompoana Sekoly Alahady, avy amin’ny olona voatendry miisa 2 na mihoatra natolotry ny Komity Mpanendry ao amin’ny Distrika, dia hifidy ny Filohan’ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika hiasa mandritra ny 1 na 2 taona. Ny filoha izay eo amperin’asa dia azo fidiana indray amin’ny alalan’ny fanaovana “eny” na “tsia” raha toa ka natolotry ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin’ny distrika izany fifidianana izany, miaraka amin’ny fankatoavan’ny mpiandraikitra ny distrika. Ny fahabangan-toerana misy eo anelanelan’ny fotoam-pivorian’ny fivorian’ny distrika dia azo fenoina araka ny voalaza ao amin’ny 212. (237.6)

Ny **andraikitra sy ny fahefan’ny Filohan’ny Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika** dia ny:

**238.1.** Hanome mpitarika tompon’andraikitra ao amin’ny Sekoly Alahady ao amin’ny distrika amin’ny alalan’ny fampandehanana fandaharan’asa fampitomboana ny isan’ny mpisoratra anarana sy ny fanatrehana ny fotoana, ary handrindra ny fandaharam-potoana rehetra mifandraika amin’ny asa fanompoana ho an’ny ankizy sy ny lehibe, ary hiara-miasa amin’ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana amin’ny fandrindrana ny Sekoly Alahadin’ny Tanora.

**238.2.** Mpikambana avy hatrany ao amin’ny fivorian’ny distrika sy ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika.

**238.3.** Hanao tatitra any amin’ny Birao Foiben’ny Sampana Sekoly Alahady ny antontan’isa mazava tsara momba ny Sekoly Alahady isam-bolana ary hanomana ny tatitra an-tsoratra ho amin’ny gazetin’ny fivoriana isan-taona ho an’ny Biraon'ny Sekoly Alahady ao amin’ny Distrika.

### P. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana ao amin’ny Distrika

**239.** Ny asa fanompoan'ny Tanora Nazareana dia narindra eo amin'ny distrika eo ambany fiahian'ny Tanora Iraisam-pirenen'ny Nazareana, eo ambany Satan'ny TIN, sy fahefan'ny mpitantana ny distrika, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ary ny fivorian'ny distrika. Hahitana ireo mpikambana ao amin'ny vondrona eo an-toerana misy ny Tanora Iraisam-pirenen'ny Nazareana amin'ny fivorian'ny distrika ny TIN-n'ny distrika.

**239.1.** Ny TIN distrika dia mandamina araka ny planin'ny Asa Fanompoan'ny TIN distrika, izay azo ampifanarahana ho valin'ny filan'ny asa fanompoan'ny tanoran'ny distrika, mifandraika amin'ny Satan'ny TIN sy ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana*.

**239.2.** Ny TIN distrika dia mandrindra, amin'ny alalan'ny Konsily TIN distrika, miandraikitra ny planina sy fandaminana ny asa fanompoana ho an'ny tanora 12 taona no miakatra, ny mpianatra amin'ny Kolejy/Oniversité, ny olon-dehibe tanora, ary miara-mamantatra ny vina ho an'ny asa fanompoan'ny tanoran'ny distrika. Ny Filan-kevitry ny TIN rehetra mikasika ny Sekoly Alahady dia mila mandalo ny fankatoavan'ny filohan'ny Asa Fanompoan'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika sy ny Biraon'ny Asa Fanompoan'ny Sekoly Alahady.

**239.3.** Ny Filan-kevitry ny TIN Distrika dia ahitana ny filoha, ny filoha lefitra, ny mpitan-tsoratra, ny mpitam-bola, ny solontenan'ny tanora ary ireo talen'ny asa fanompoana raha ilaina izany, ary ny mpitantana ny distrika. Ireo birao mpiandraikitra ao amin'ny TIN Distrika sy ny mpikambana ao amin'ny Konsily dia fidiana amin'ny Fivoriana Faneken'ny TIN Distrika izay atao isan-taona araka ny Planin'ny Asa Fanompoan'nyTIN Distrika, ary hanompo tsy mandray karama. Ny mpitantana ny distrika no hanao fankatoavana ny anaran'ireo voatendry. Raha tsy mahomby loatra ny teny ampiasaina hamariparitana ireo mpiandraikitra ireo noho ny kolotsaina, dia azo ampiasaina amin'ny alalan'ny latsa-baton'ny Filan-kevitry ny TIN distrika ny anarana metimety kokoa azo entina ho amin'izany.

**239.4.** Ny andraikitry ny filohan'ny TIN dia ny manome tari-dalana sy fitarihana ho an'ny TIN distrika, mba hitarika ny Mpanolo-tsaina ny TIN distrika amin'ny fanamorana ny fampivelarana ny asa fanompoana eo amin'ny distrika hitarika amin'ny maha-filoha azy ny fivoriana Faneken'ny TIN atao isan-taona, hisolotena amin'ny resaka tombontsoan'ny TIN distrika amin'ny biraon'ny distrika misy sy ny komity, ary hampirisika ny fampivelarana ny asa fanompoan'ny TIN ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ao anatin'ny distrika. Ny filohan'ny TIN distrika dia hanao tatitra amin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ary amin'ny fivorian'ny distrika isan-taona. (201)

### Q. Ny Fikambanan’ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana ao amin’ny Distrika

**240.** Ny Fikambanan’ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana ao amin’ny distrika dia ahitana ireo Fikambanan’ny IIN eo an-toerana ao anatin’ny faritry ny fivorian’ny distrika. Io fikambanana ao amin’ny distrika io dia ho fikambanana fanampiny ao amin’ny Fikambanan’ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe. (811)

**240.1.** Ny Fikambanan’ny IIN ao amin’ny Distrika dia tantanina araka ny Lalàm-panorenan’ny Fikambanan’ny IIN amin'ny alalan'ny fivoriana Fanekena ataon'ny IIN foibe sy ny komitin'ny Misiona Maneran-tany eo amin'ny foibe. Ho ao ambany fiahian'ny mpitantana ny distrika izany, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny fivorian’ny distrika ary ny Filan-kevitry ny IIN. (811)

**240.2.** Ny filohan’ny Fikambanan’ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana dia miasa tsy mandray karama ary mpikambana avy hatrany ao amin’ny fivorian’ny distrika. (201)

### R. Ny Mpanampy karamain'ny Distrika

**241.** Raha hita fa tena ilaina tokoa ny fisian’ny mpanampy karamaina ho amin’ny fahombiazana lehibe ny amin’ny fitantanan-draharaha ao amin’ny distrika, izany olona izany, na mpanompo na laika, dia ho tendren’ny mpitantana ny distrika, aorian’ny nahazoany ny fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny Mpitantana Foibe manana fahefana amin’izany. Ireo olona ireo moa dia ho fidian’ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Ny fampiasana ny olona mpanampy toy izany dia tsy hihoatra ny herintaona saingy azo havaozina kosa amin’ny

alalan'ny fanolorana ataon'ny mpitantana ny distrika sy ny fifidianana andanian'ny maro an'isa ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina. (208.15)

**241.1.** Ny fanesorana ny mpanampy toy izany mialoha ny fifaranan'ny fotoam-piasany dia tsy maintsy amin'ny alalan'ny fanolorana ataon'ny Mpitantana ny distrika sy ny fifidianana andanian'ny maro an'isa ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (222.12)

**241.2.** Ny adidy sy andraikitr'ireo mpanampy ao amin'ny distrika ireo dia ho fariparitan'ny mpitantana ny distrika sy ho arahany maso.

**241.3.** Ao anatin'ny 30 andro ao aorian'ny andraisan'ny mpiandraikitra vaovaon'ny distrika ny andraikiny amin'ny fitantanana ny distrika, no ifaranan'ny fe-potoana iasan'ny mpiasa mpanampy mandray karama, raha tsy hoe angaha hafa noho izany no ambaran'ny fitsipika mifehy ny asa eo amin'ilay firenena. (Ireo mpiasa mpanampy amin'ny firaiketana an-tsoratra toy ny mpitantsoratry ny birao dia tsy voafaritra ao anatin'io voalaza etsy ambony io.) (207.3-7.4)

**241.4.** Ny asa ataon'ny olona iray ho toy ny mpanampy mandray karama ao amin'ny distrika dia tsy hanakana io olona io hiasa amin'ny toerana hafa izay nifidianana na nanendrena azy ao amin'ny distrika toy ny mpitantsoratry ny distrika na Mpitahiry volan'ny Distrika.

## S. Ny Faharavan'ny Distrika

**242.** Raha hitan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe mazava fa tsy tokony handeha tahaka izao toerana efa misy azy izao intsony ny distrika iray, dia azo atao amin'ny alalan'ny fanolorana ataon'izy ireo ny mandrava izany distrika izany amin'ny alalan'ny fifidianana handresen'ny roa ampatelon'ny ao amin'ny Birao Foiben'ny Fiangonana Nazareana izay arahin'ny fanambarana izany amin'ny fomba ofisialy. (200)

**242.1.** Raha toa ny distrika iray ka rava ary nambara ofisialy izany, izay rehetra mety ho fananan'ny fiangonana ao dia tsy azo avilivily ho amin'ny zavatra hafa velively, fa atao eo ambany fanaraha-mason'ny Birao Foibe, ampiasain'ny Fiangonan'ny Nazareana, araka izay hitarihan'ny ao amin'ny Fivoriambe azy; ary ireo mpitandrim-pananana nametrahana ny fananana, na fikambanana noforonina mba hitazona ny fananan'ny distrika izay rava dia tsy mivarotra na mitana izany fananana izany raha tsy nahazo baiko sy eo ambany fitarihan'ny olona tompon'andraikitra izay notendren'ny Birao Foibe, ka mamerina ny vola any amin'io olona notendrena tompon'andraikitra voalaza etsy ambony io. (106.2, 106.5, 222.5)

TOKO III

# NY FIHAONAMBE

## A. Asa sy Fandrindrana

**300.** Ny Fihaonambe no manana ny fahefana ambony indrindra amin'ny famolavolana ny foto-pampianarana, fanaovana lalàna, ary ny fahefana hifidy ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary izany dia mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenan'ny Fiangonana. (31.1-31.9)

**300.1.** Ny Fihaonambe dia iarahan'ny Mpitantana Foibe maromaro mitondra. (31.6, 307.2)

**300.2.** Ny Fihaonambe no mifidy ireo tompon'andraikitra ao aminy sy mandrindra ny ao anatiny ny amin'ny fanatontosana ny asany araka ny fahendreny sy izay hitany fa mety. (31.7)

**300.3. Ny Fitsipiky ny Fandaminana:** Anton'ny fampiharana ny lalàna, andininy momba ny Fanakambanana, sy araka ny lalànan'ny fitondrana ao amin'ny *Boky Torolàlana*, ny fivoriana sy ny dingana atao ho an'ny mpikambana amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana, amin'ny distrika, ary eran-tany, sy ny komitin'ny fikambanana samihafa dia tokony alamina sy fehezina araky ny *Fitsipika sy Fandaminana nataon'i Robert izay vao nohavaozina* (edisiona farany) (*Robert's Rules of Order Newly Revised* (latest edition)) ho an'ny dingam-pifanarahana ara-parlemanta atao (40).

## B. Ny mpikambana ao amin'ny Fihaonambe

**301.** Ny Fihaonambe dia ahitana ireo solontena avy amin'ny mpanompo sy avy amin'ny laika avy ao amin'ny distrika Dingana 3 izay mitovy ny isany, ny mpitantana ny distrika izay miasa ho toy ny iray amin'ireo solontena avy amin'ny mpanompo, ireo solontena sisa rehetra avy amin'ny mpanompo, ary ireo solontena laika rehetra voafidin'ireo fivorian'ny distrika ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ho amin'izany; ny mpitantana foibe manana anaram-boninahitra sy misotro ronono; ny sekretera jeneraly; ny mpitahiry vola foibe; ny mpandaha-teny amin'ny gazety boky "*Holiness Today*"; ireo talen'ny sampana, asa fanompoana, ary ny raharaha eo anivon'ny Birao Foibe; ireo mpisahana ny fanabeazana; ireo talem-paritra; ny filoha nasionalin'ny Fiangonan'ny Nazareana any Kanada; ny filohan'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana Foibe; ny filohan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana Foibe; ireo talen'ny Kolejy/Oniversite (amin'ny faritra izay ahitana sekoly mihoatra ny iray, dia hisy solontena iray avy amin'ireo sekoly ireo ho fidian'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra); ireo filohan'ny fikambanana amin'ny faritra maro ka ny talen'ny Birao ao amin'izy ireo dia nofidian'ny solontena maro avy ao amin'ny distrika; ny filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana; solontena iray avy amin'ny misionera ho an'ny faritra ahitana misionera miisa 50 na latsaka ary solontena roa avy amin'ny misionera ho an'ny faritra ahitana misionera miisa 51 na mihoatra, nofidian'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra ao amin'ny faritra tsirairay. Raha toa ka tsy misy ny fifidianana toy izany, dia ho fidian'ny ao amin'ny Komitin'ny Misiona Maneran-tany ilay misionera solontena.

**301.1.** Ny distrika ao amin'ny Dingana 3 tsirairay avy dia afaka ny hanana solontena ao amin'ny Fivoriambe amin'ny alalan'ny: mpanompo voatokana iray sy laika iray ho an'ny fiangonana ahitana mpikambana feno miisa 2 000 na latsaka, ary mpanompo iray hafa sy laika

iray fanampiny ho an'ny mpikambana feno miisa 1 ka hatramin'ny 3 500, sy ho an'ny fanampiny sisa rehetra ahitana mpikambana miisa 1 ka hatramin'ny 3 500[1]. Ny loholona sy ny diakona dia samy voafaoka ao anatin'ny teny hoe "mpanompo voatokana notendrena" avokoa.

**301.2.** Ny distrika ao amin'ny Dingana 2 tsirairay avy dia afaka ny hanana solontena ahitana laika iray sy mpanompo iray ao amin'ny Fivoriambe. Ilay solontena avy amin'ny mpanompo voatendry sy voatokana moa dia ho ny mpitantana ny distrika. Azo atao ihany koa ny mifidy mpisolo toerana ho an'ny solontena tsirairay.

**301.3.** Ny distrika ao amin'ny Dingana 1 tsirairay dia afaka ny hanana solontena iray tsy mbola mifidy ao amin'ny Fivoriambe. Ny mpitantana ny distrika no ho solontena amin'izany, raha toa ka mpikambana ao amin'izany distrika izany izy, hofidiana kosa ny olona iray mpikambana izay afaka asolo azy raha tsy mpikambana ao amin'ilay distrika ny mpitantana ny distrika.

**301.4.** Ny zon'ny solontena avy amin'ny mpanompo izay voafidy tao amin' ny Fihaonambe hisolo tena ny fivorian'ny distrika izay nifidy azy, dia ho foanana raha toa ka nifindra nanao asa fanompoana hafa any amin'ny faritry ny distrika iray izy, na raha toa koa ilay solontena izay voafidy ka nandao ny asa fanompoana matihanina izay nandraisany anjara mavitrika tao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana mialoha ny fiantsoana fivoriana ataon'ny Fivoriambe.

**301.5.** Ny zon'ny solontena avy amin'ny laika izay voafidy tao amin'ny Fivoriambe hisolo tena ny fivorian'ny distrika izay nifidy azy, dia ho foanana raha toa ka manaisotra ny maha-mpikambana ao amin'ny fiangonana azy ho any amin'ny fiangonana eo an-toerana hafa any amin'ny fivorian'ny distrika hafa izy mialoha ny fiantsoana fivoriana ataon'ny Fivoriambe.

### C. Ny Fotoana sy ny Toerana Ivoriana

**302.** Ny Fihaonambe dia tokony hihaona ny volana Jiona, isaky ny 4 taona, amin'ny fotoana sy ny toerana voafaritry ny Komisiona ao amin'ny Fihaonambe izay ahitana ireo mpitantana ny distrika ary olona mitovy isa amin'izy ireo izay nofidian'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Ireo Mpitantana Foibe sy io Komisiona voalaza io dia hanana fahefana hanova ny fotoana sy ny toerana ivorian'ny ao amin'ny Fihaonambe, raha toa ka misy ny zavatra maika manoloana izany.

**302.1.** Ny Fihaonambe dia hisokatra ny Alahady amin'ny fanaovana fotoam-pivavahana mafana sy ahazoana aim-panahy mandritra ny tontolo andro. Hisy ny fandaminana atao ny amin'ny fitondran-draharaha araka ny tokony ho izy, koa azo atao ny manao izany amin'ny fiafaran'ny fotoana mandritra ilay fotoam-pivavahana. Ny Fihaonambe no hamaritra ny fotoana hamaranany io fotoam-pivoriany io. (31.4)

### D. Fotoam-pivoriana Manokana

**303.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, na ny maro an'isa amin'izy ireo, amin'ny alalany sy miaraka amin'ny fankatoavana an-tsoratra avy amin'ny roa ampahatelon'ny mpitantana ny distrika rehetra, dia hanana fahefana hiantso fivoriana manokana ho an'ny ao amin'ny Fihaonambe raha misy zavatra maika, ka ny fotoana sy ny toerana hanaovana izany dia hofaritan'ireo Mpitantana Foibe sy komisiona iray nofidian'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

[1] 0-2 000; 2 001-5 500; 5 501-9 000; 9 001-12 500; 12 501-16 000; 16 001-19 500; sns.

**303.1.** Amin'ny fotoam-pivoriana manokana ataon'ny Fihaonambe, ireo solontena sy ireo mpisolo toerana azy nandritry ny Fihaonambe farany teo, na ireo olona nahafeno ny fepetra takiana voafidy sy afaka handimby azy ireo, dia hiasa ho toy ny solontena sy ny mpisolo toerana azy ireo any amin'ny fivoriana manokana.

### E. Ny Komity Mpandamina ao amin'ny Fihaonambe

**304.** Ny sekretera jeneraly, sy ny mpitahiry vola foibe, ary olona 3 izay notendren'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe herintaona fara fahakeliny mialohan'ny fotoana hiantsoana fivoriana ho an'ny Fihaonambe no ho lasa Komity mpandamina ao amin'ny Fihaonambe.

**304.1.** Ny Komity mpandamina ao amin'ny Fihaonambe dia hanana fahefana handamina ny antsipirihan'ny zavatra ilaina rehetra momba ny birao, fanaovana fampisehoana mivelatra sy ny toerana hanaovana izany, fialam-boly sy sakafo, sy izay rehetra mety ho ilaina hampitombona tsara, sy hampahomby ary handehanan'ny Fihaonambe araka ny tokony ho izy, ary hiditra an-tsehatra amin'ny fanaovana ny fifanarahana ilaina mba hahazoana izany.

**304.2.** Ny Komity mpandamina ao amin'ny Fihaonambe miaraka amin'ny mpitantana foibe dia hanamboatra fandaharan'asa ho an'ny Fihaonambe, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanindriana mafy ny momba ireo zavatra fototra izay hita fa mahasoa; fotoam-pivavahana handraisana ny Fanasan'ny Tompo; ary fotoam-pivavahana hafa ho amin'ny telo andro voalohany amin'ny Fihaonambe na mandra-panendry ny komity misahana ny fanompoam-pivavahana iraisan'ny maro; ka ny fandaharan'asa rehetra amin'izany dia ho eo ambany fankatoavan'ny Fihaonambe avokoa.

### F. Ny Andraikitry ny Fihaonambe

**305.** Ny andraikitry ny Fihaonambe, araka ny paragrafy 31.9 ao amin'ny Lalam-panorenan'ny fiangonana dia ny:

**305.1.** Mampita, amin'ny alalan'ny Komity Mpanomana, ny vahaolana, ny fanoloran-kevitra sy fitarihana, ary ny fametrahana ny lalàna sy ny antotan-taratasy hafa rehetra avy amin'ny tatitry ny komisiona sy ny komity manokana any amin'ny komity maharitra na manokana mpanao lalàna ao amin'ny fivoriana, na any amin'ny fivoriana natao hanaovana fanendrena isam-paritra mba ho dinihana mialoha ny hitondrana izany any amin' ny fivoriana. Ny Komity Mpanomana izany fampitana izany dia afaka manolotra lalàna tsy mahakasika afa-tsy faritra manokana iray/maro any amin'ny solontenan'ny Fihaonambe ao amin'ilay/ireo faritra voalaza ireo izay mivory ho amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Ny fanovana izay misy fiantraikany amin'ny *Boky Torolàlana* dia tsy maintsy andraisan'ny ao amin'ny Fihaonambe iray manontolo fanapahan-kevitra.

**305.2.** Mifidy, amin'ny alalan'ny latsa-bato andanian'ny roa ampahatelon'ny mpikambana tonga mifidy, mpitantana foibe maro araka izay hita fa ilaina, izay afaka hitazona ny birao mandra-pahatongan'ny 30 andro mandram-pifaran'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona hita fa mahafeno ny fepetra takiana rehetra afaka ny handimby azy indray; raha toa ny latsa-bato voalohany ka nifidianana "eny" na "tsia" manoloana ny Mpitantana Foibe eo am-perin'asa, ary ny fahabangana sisa rehetra aorian'ny fifidianana voalohany dia hofenoina amin'ny alalan'ny latsa-bato atao aorian'izany mandra-pahafenon'ny fifidianana. Raha toa ka misy olona izay tsy azo fidiana araka io voalaza io mahazo vato amin'ny latsa-

bato voalohany, dia ho fafana tsy ho amin'ny anaran'ny olona hanaovana fandatsaham-bato ny anaran'io olona io ary ny tatitra momba ny latsa-bato voalohany dia hahitana izao fehezanteny manaraka izao: "Nisy anarana iray na maromaro nofafana noho ny izy ireo tsy azo fidiana ho amin'ilay toerana." Tsy misy loholona izay efa nametraka ny fanomezam-pahefany noho ny antony famaizana azo ekena hirotsaka ho fidiana ho amin'ny toeran'ny Mpitantana Foibe. Ary tsy misy olona koa azo fidiana ho mpitantana foibe raha mbola tsy nahafeno ny faha 35 taonany na efa nahatratra ny faha 68 taonany azo fidiana ho amin'ny toeran'ny Mpitantana Foibe. (31.5, 306, 900.1)

**305.3.** Mifidy Mpitantana Foibe iray omena ny anaram-boninahitra amin'ny maha ela nihetezana azy teo amin'io toerana io raha hita fa azo atao izany, raha toa izany mpitantana ny distrika izany ka tsy afaka manohy ny asany intsony na efa nahatratra ny faha 65 taonany, ary nitana ny toerana maha Mpitantana Foibe azy nandritry ny fotoam-piasana roa farafahakeliny, ka ny fotoam-piasana iray dia ny voafaritra ho ny halavan'ny fotoana niasany tao amin'ny Fihaonambe mankany amin'ny iray manaraka. Mazava tsara araka izany fa ny fifidianana ho amin'ny fankasitrahana noho ny fahaelan'ny fotoana niasana dia ho maharitra mandritra ny androm-piainana. (314.1)

**305.4.** Mametraka ny Mpitantana Foibe ho amin'ny toeran'ny misotro ronono rehefa nahatratra ny faha-68 taona, na koa, araka ny fahitan'ny ao amin'ny Fivoriambe azy, efa tsy afaka manohy ny asany intsony, na noho ny fahanterany, na noho ny antony hafa koa izay tsy ahafahan'io olona io manatontosa antsakany sy andavany ny asa maha Mpitantana Foibe azy; ary raha toa ka nitana ny toerana maha Mpitantana Foibe nandritry ny fotoam-piasana maromaro izy. Ny Fihaonambe dia afaka manome ny sata maha-mpisotro ronono raha toa ka misy Mpitantana Foibe mahafeno ny faha-65 taonany mangataka izany.

Raha toa ka mangataka fisotroan-dronono eo anelanelan'ny Fihaonambe roa ny Mpitantana Foibe iray nahafeno ny faha-65 taonany, dia azon'ny Birao Foibe izay manao fivoriana ara-potoana atao ny manome izany araka ny fanolorana ataon'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. (314.1)

**305.5.** Mametraka mari-bola sahaza amin'ny fisotroan-dronono ho an'ny Mpitantana Foibe tsirairay avy izay nisotro ronono, araka ny hita ao amin'ny paragrafy 314.2.

**305.6.** Mifidy ny Birao Foibe, araka ny hita ao amin'ny 331.1-32.4, hiasa mandrapikaton'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo indray. (330, 901.1)

**305.7.** Mifidy ny Fitsarana Ambony Foibe, izay ahitana mpanompo dimy, miasa mandrapifaran'ny Fivoriambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka ny handimby azy ireo. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no hifidy ny filoha sy ny mpitan-tsoratra. (31.8, 510, 901.2)

**305.8.** Mifidy ireo birao mpanao fanaraha-maso ho an'ny sampam-panabeazana izay miasa eny anivon'ny faritra maro, miasa mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo indray sy araka izao manaraka izao:

*a.* Ny birao mpanao fanaraha-maso dia ahitana olona avy amin'ireo toerana maro misy ilay sampam-panabeazana.

*b.* Raha toa ilay sampam-pampianarana ka misahana faritra maro, ny fifidianana izany birao izany ho entina ao amin'ny fotoam-pivoriana isam-paritra natao hifidianan'ny ao amin'ny Fihaonambe izay ahitana ireo solontena avy amin'ireo faritra izay niasan'ilay sekoly voalohany indrindra.

**305.9.** Manao ny zavatra hafa, mifanaraka amin'izay voalazan'ny Soratra Masina, ka ny fahendrena no hanapaka ho amin'izay mety ho mahasoa ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny ankapobeny sy noho ny amin'i Kristy, araka ny Lalàm-panorenan'ny fiangonana. (31.9)

### G. Ny Mpitantana Foibe

**306.** Ireo Mpitantana Foibe, izay nofidian'ny Fihaonambe dia hiasa mandra-pifaran'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy ireo izay mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo indray. (305.2)

**306.1.** Ny Mpitantana Foibe dia tsy mitazona andraikitra hafa ao amin'ny fiangonana raha mbola ao anatin'ny fanompoana amin'ny maha Mpitantana Foibe azy. (307.10)

**306.2.** Ireo Mpitantana Foibe dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fihaonambe. (301)

**307.** Ny **andraikitra sy ny fahefan'ny Mpitantana Foibe** dia ny:

**307.1.** Manara-maso amin'ny ankapobeny ny Fiangonan'ny Nazareana, anton'ny lalàna sy ny fitsipika izay apetraky ny Fihaonambe.

**307.2.** Miara-misalaha amin'ny fitarihana ny Fihaonambe sy ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana. (300.1, 334.3)

**307.3.** Manokana, na manendry olon-kafa hanokana ireo izay efa voafidy ho diakona na loholona, ka iarahany manao amin'ireo mpanompo efa notokanana manatrika eo (433.5-33.6)

**307.4.** Mitarika ny fivorian'ny distrika ao amin'ny Dingana 3 tsirairay avy; na, raha sanatria tsy afaka manao izany, dia hanao fifandaminana araka izay azo atao mikasika izany fitarihana izany. (202, 211)

**307.5.** Ny Mpitantana Foibe izay mitarika ny fivorian'ny distrika, ny mpitantana ny distrika, ary ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, miara-mifanaiky amin'ireo solontenan'ny fiangonana eo an-toerana, dia hanendry mpitandrina ho amin'ireo fiangonana eo an-toerana rehetra izay tsy mbola niantso mpitandrina araka ny tokony ho izy. (214.1)

**307.6.** Ireo Mpitantana Foibe, ao anatin'ny fiaraha-misalahany, dia afaka manendry mpitantana ny distrika ho eo amin'ireo fivorian'ny distrika izay ahitana fahabangana eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny ao amin'ny fivorian'ny distrika, ka izany dia iarahany manao amin'ny komity izay ahitana ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny filohan'ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika, ary ireo filohan'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana (IIN) sy ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (TIN) ao amin'ny Distrika, ny mpitantsoratry ny distrika ary ny mpitahiry volan'ny distrika. (207)

**307.7.** Amin'ny fotoana tsy ahafahan'ny mpitantana ny distrika tompon-toerana manao ny asany ao anatin'ny fotoana voafetra ihany, ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany, efa nifampidinika tamin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia afaka manendry loholona mahafeno ny fepetra takiana hiasa ho toy ny mpitantana ny distrika mpisolo toerana. Ny resaka momba ny hoe tsy fahafahana miasa moa dia ny Mpitantana Foibe miadidy ho amin'izany sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika no mamariparitra azy. (207.2)

**307.8.** Ny Mpitantana Foibe miadidy dia afaka mandidy ny Biraon'ny mpitantana foibe izay mametraka ny distrika dingana 3 ho amin'ny toeran-tsarotra; (200.2, 322).

**307.9.** Ny Mpitantana Foibe miadidy ho amin'izany dia ny fivoriana fanaon'ny fiangonana eo an-toerana isan-taona na manokana, na manendry solontena hanao izany. (113.5)

**307.10.** Ireo mpitantana foibe dia tsy ho mpikambana ny amin'ny iray amin'ireo birao foibe ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. (306.1)

**307.11.** Ny asa ofisialy rehetra ataon'ireo mpitantana foibe dia tsy maintsy jerena sy dinihan'ny ao amin'ny Fihaonambe.

**307.12.** Izay mety ho asa ofisialy ataon'ny mpitantana foibe dia mety ho foana amin'ny alalan'ny fifidianana hiarahan'ireo mpikambana sisa rehetra ao amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

**307.13.** Ny biraon'izay mety ho Mpitantana Foibe tsirairay avy dia ambara ho banga, noho izay mety ho antony, amin'ny alalan'ny fifidianana hiarahan'ny mpikambana sisa rehetra ao amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe manao, izay tohanan'ny fifidianana ataon'ny maro an'isa ao amin'ny mpitantana ny distrika rehetra ao amin'ny distrika ao amin'ny Dingana 3 sy ny distrika ao amin'ny Dingana 2 manao.

### H. Ny Mpitantana Foibe amim-boninahitra sy Misotro Ronono

**314.** Ny Mpitantana Foibe amim-boninahitra sy misotro ronono rehetra dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fihaonambe. (301)

**314.1.** Ny Mpitantana Foibe izay efa nosokajiana ho isan'ny misotro ronono, na nofidiana hahazo anaram-boninahitra, dia tsy ho mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe ka esorina tsy ho amin'ny andraikitra ofisialy rehetra. Na izany aza anefa, amin'ny fotoana tsy ahafahan'ny Mpitantana Foibe tompon-toerana manao ny asany vokatry ny tsy fahasalamana, fidirana hopitaly, na noho ny antony hafa izay tsy azo hanoharana ka tsy ahafahany manao ny asany, ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia manana fahefana hiantso Mpitantana Foibe iray efa misotro ronono handray an-tanana izany asa izany mandritra ny fe-potoana voafetra ihany. (305.3-5.5, 900.1)

**314.2.** Ny vola fisotroan-dronono ho an'ny Mpitantana Foibe dia karakarain'ny ao amin'ny sampana misahana ny famatsiana ny Planina ankapoben'ny Fisotroan-dronono ao amin'ny Fiangonana, planin'ny fiangonana izay efa voasokajy tsara ho amin'izany. (305.5)

### I. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

**315.** Ireo Mpitantana Foibe dia hirafitra ho birao iray ka handamina sy hametraka andraikitra manokana ho an'ny mpikambana ao aminy manoloana ny asa manokana ataony izay ananany fahefana manokana ihany koa.

**316. Fahabangana.** Raha misy fahabangana ao amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny ao amin'ny Fivoriambe, noho ny fahafatesana na antony hafa, ny resaka momba ny fiantsoana fifidianana hamenoana ny toerana banga dia hotapahin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Aorian'ny fahazoan'ny sekretera jeneraly ny fanapahan-kevitry ny birao, dia hampita izany any amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Birao Foibe izy. Raha misy fiantsoana fifidianana, ireo mpikambana ao amin'ny Birao Foibe dia hifidy, amin'ny alalan'ny latsa-bato andanian'ny roa ampahatelon'izay afaka mifidy rehetra, loholona iray ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana mba hameno ny toerana banga sy handray ny andraikitry ny Mpitantana Foibe mandra-pifaran'ny Fihaonambe manaraka. (31.5, 305.2)

**316.1.** Ny sekretera jeneraly dia hanao tatitra ny vokatry ny fifidianana any amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, izay hanaparitaka izany vokatra izany any amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**317.** Ny **andraikitry ny Biraon'ny Mpitantana Foibe** dia ny:

**317.1.** Manao fanaraha-maso ny Fiangonan'ny Nazareana manerana ny firenen-drehetra. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no hanisy lanja manokana ny amin'ny fanaraha-maso ny eo

amin'ny lafiny fitarihana, toro-marika, fandrisihana ary ny fidirana ho ao amin'ny distrika ao amin'ny Dingana 3 rehetra.

**317.2.** Manolotra, miaraka amin'ny fifampidinihana tamin'ny talen'ny Sampana momba ny Misiona Maneran-tany, sy ireo tale nasionalin'ny fandraharahana sy/na tale isam-paritra, fanovana eo amin'ny asa atao any amin'ireo toerana jeografika izay eo ambany fankatoavan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe sy ny Birao Foibe.

**317.3.** Manara-maso ny birao foibe sy ny departemanta rehetra ao amin'ny Birao Foibe. Ny fomba fiasa sy ny planina natsangan'ny birao na departemanta dia mitaky ny fankatoavan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia hanana tombontsoa manokana hanao ny fanolorana toy izany any amin'ny Birao Foibe sy ireo departemanta voalaza ireo raha hitany fa tokony hatao izany. Izy ireo no manome fankatoavana na mitsipaka ny fanendrena rehetra ataon'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany any amin'ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana ny amin'ny fanendrena ho misionera.

**317.4.** Miasa ho toy ny komity mpanendry, miaraka amin'ny Komity Mpanatanteraky ny Birao Foibe, hametraka anarana iray na maromaro ao amin'ny Birao Foibe ho amin'ny fifidianana ny sekretera jeneraly sy ny mpitahiry vola foibe.

**317.5.** Manambara ny fahabangan-toerana miaraka amin'izay antony amin'ny alalan'ny fifidianana ataon'ny roa ampahatelon'ny ao biraon'ny sekretera jeneraly, mpitahiry vola foibe, ary ny filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana, na ny talen'ny sampana.

**317.6.** Mameno ireo toerana banga mety hisy eo amin'ny mpikambana ao amin'ny Fitsarana Ambony Foibe eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny Fihaonambe, ary hifantina ny filoha sy ny sekreteran'ny fitsarana. (305.7, 511, 901.2)

**317.7.** Mameno ireo toerana banga mety hisy eo anivon'ny komisiona na komity manokana eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny ao amin'ny Fihaonambe na ny Birao Foibe.

**317.8.** Manome fankatoavana ny fanendrena sy fifidianana ataon'ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny famenoana ny toerana banga misy eo anivon'ny mpikambana.

**317.9.** Mameno ny toerana banga, amin'ny alalan'ny fanendrena ataon'ny mpikambana sisa ao, ao amin'ny Biraon'ny Trano Famoaham-boky Nazareana. (337)

**317.10.** Manendry ireo Mpitantana Foibe hiasa ho toy ny mpanolo-tsaina ny sampam-panabeazana amin'ny fampianarana ambony rehetra mifandraika amin'ny Birao Iraisam-pirenena momba ny Fanabeazana sy hiasa ho toy ny Mpitantana Foibe tompon'andraikitry ny sampana rehetra ao amin'ny Birao Foibe. (901.5)

**317.11.** Mandamina, miaraka amin'ny Fampandrosoana ny Klerjy, asa fanompoan'ny fianarana ho an'ny mpanompo eo an-toerana, ireo mpanompon' Andriamanitra manana fahazoan-dalana, ary ireo izay miasa eo anivon'ny asa fanompoana samihafa, na olon-tsotra izany na manana fahazoan-dalana. (424-25)

**317.12.** Manao planina, mitahiry, ary mampandroso ny fampandehanana ny asa misiona amin'ny ankapobeny ataontsika, ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, miaraka amin'ny Birao Foibe, dia manana alalana sy fahefana hitsinjara ny teti-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany any amin'ny fivorian'ny distrika maro. (130, 334.8)

**317.13.** Manome fankatoavana an-tsoratra ny famerenana indray ny fanomezam-pahefana ho an'ny loholona na diakona iray izay efa nanana izany teo aloha araka ny fangatahany. (434.7, 435.2)

**318.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no manana fahefana ny amin'ny fanazavana sy fandikana ny lalàna sy ny foto-pampianaran'ny Fiangonana'ny Nazareana, ary ny hevitra sy ny fananan-kerin'izay voalaza ao amin'ny *Boky Torolàlana*, ka izany dia ho eo ambanin'ny fangatahan'ny Fihaonambe.

**319.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia mandinika sy mametraka planina ho an'ny foiben-toerana ao amin'ny distrika, izay tsy hotanterahina raha tsy efa nahazo fankatoavana an-tsoratra avy amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. (222.9)

**320.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia hanana fahefana araka izay fantany fa maha mety ny fanokanana ireo olona izay efa nisara-panambadiana ho amin'ny toeran'ny loholona na diakona ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. (35.1-35.3, 428.3, 429.3)

**321.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia afaka manambara fa banga ny toeran'ny mpitantana ny distrika eo amin'ny Dingana 2 sy Dingana 1 araka ny fanolorana nataon'ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany ary afaka manambara fa banga ny ao amin'ny biraon'ny mpitantana ny distrika eo amin'ny Dingana 3 amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny roa ampahatelon'ny maro an'isa ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ny filohan'ny Mpiandraikitra ny Sekoly Alahady ao amin'ny Distrika, Tanora Iraisam-pirenena Nazareana ao amin'ny Distrika, ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana ao amin'ny Distrika, ny mpitantsoratry ny distrika, ary ny mpitambolan'ny distrika.(207.2)

**322.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia mety hanana fahefana hanamarina fa manatrika olana ny distrika amin'ny Dingana 3 iray. (200.2, 307.8)

**323.** Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia tokony hiadidy ny asa hafa rehetra ihany koa eo anivon'ny Fiangonan'ny Nazareana, na dia tsy mbola voambara aza izany, araka ny fahendrena ananany, mifanaraka amin'ny firindran'ny fiangonana amin'ny ankapobeny, ary eo ambanin'ny Lalàm-panorenan'ny fiangonana.

## J. Ny Sekretera Jeneraly

**324.** Ny sekretera jeneraly, izay voafidin'ny Birao Foibe araka ny Lalànan'ny Birao Foibe, dia hiasa mandra-pifaran'ny fotoam-pivorian'ny Fivoriambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka ny handimby azy ireo indray, na mandra-panaisotra azy araka ny 317.5 na ny Lalànan'ny Birao Foibe. (900.2)

**324.1.** Ny sekretera jeneraly dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fivoriambe. (301)

**324.2.** Raha toa misy ny fahabangana eo amin'ny toeran'ny sekretera jeneraly eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny Birao Foibe noho izay mety ho antony samihafa, izany dia hofenoin'ny Birao Foibe, amin'ny alalan'ny fanendrena araka izay hita ao amin'ny 317.4. (334.22)

**324.3.** Ny sekretera jeneraly dia tokony ho tompon'andraikitra manoloana ny Biraon'ny Mpitantana Foibe sy ny Birao Foibe.

**325.** Ny **andraikitry ny Sekretera Jeneraly** dia ny:

**325.1.** Mandrakitra an-tsoratra am-pahamarinana tsara sy mitahiry ny fandraisana an-tsoratra momba ny zavatra nataony tao amin'ny Fihaonambe sy ny Birao Foibe.

**325.2.** Mandrakitra an-tsoratra am-pahamarinana tsara sy mitahiry ny antontan'isa ankapobeny ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**325.3.** Mitahiry tsara ny antontan-taratasy rehetra tamin'ny Fivoriambe, ary manolotra izany avy hatrany any amin'ny mpandimby azy.

**325.4.** Mitahiry amim-pitandremana tokoa, ny taratasy natao voalohany (na original), ny fanapahan-kevitra rehetra noraisin'ny Fitsarana Ambony Foibe. (513)

**325.5.** Mandamina sy mitahiry ny taratasy fanomezam-pahefana napetraka, nesorina, ary naverina izay an'ny mpanompo mba ho tehirizina, ary tsy handefa izany raha tsy araka ny baiko mavaza nomen'ny ao amin'ny fivorian'ny distrika avy ao amin'ny distrika izay nandraisana izany. (434-34.1, 434.6)

**325.6.** Manara-maso sy manao fanamarinana ny tabilaon'antontan'isa ao amin'ny fivorian'ny distrika mialoha ny hamoahana izany. (217.3)

**325.7.** Mitahiry tsara amim-pahatokiana ireo taratasy milaza ny mombamomba ny olona rehetra nomena alalana hanao asa fanompoana amin'ny distrika.

**325.8.** Manao ny tatitry ny Fivoriambe ho azo raisina avy hatrany isaky ny misy fivoriana, ho an'ireo solontena notendrena hanao fivoriana manokana izay manao fangatahana ho azy ireo amin'ny alalan'ny distrikany avy, na eo amin'ny sehatry ny Misiona Maneran-tany, eo amin'ny faritrany. Mety azo atao anaty diska izany.

**325.9.** Manamboatra ny fahazoana maka amin'ny internet avy amin'ny http://www.nazarene.org ny lahatsoratra feno amin'ny dikan'ny Boky Torolalàna nivoaka farany, amin'ny endrika azo ampiasaina mivelatra indrindra arak'izay azo atao ka hatramin'ny solosaina manokana, na fanampiana manokana amin'ny fitaovana "numériques" sy ny sisa.

**325.10.** Manao am-pahatokiana izay mety ilaina hahazoana manatanteraka ny asa aman'andraikitry ny birao.

**326.** Ny sekretera jeneraly no ho mpitahiry sy ametraham-pitokisana amin'ny fitehirizana ireo taratasy ara-panjakana an'ny fiangonana foibe.

**326.1.** Ny sekretera jeneraly dia nomena fahefana hanangona ireo rakitra ara-tantara izay misy mifandraika amin'ny nipoirana sy ny nivoaran'ny fiangonana, ka izy no hiandraikitra ny fitehirizana izany raki-tsoratra sy ny fitaovana izany.

**326.2.** Ny sekretera jeneraly no mitahiry ny rakitra an-tsoratra mikasika ny Toerana sy ny Faritra manan-tantara araka ny paragrafy 902.10.

**327.** Mialoha ny hisokafan'ny Fihaonambe, ny sekretera jeneraly, miaraka amin'ny Mpitantana Foibe, dia manomana izay taratasy ilaina rehetra, tafiditra ao anatin'izany ny *Fitsipi-pandaminana voafintina* izay hodinihina, ary ireo zavatra hafa ilaina amin'ny fampandehanana ny asa sahanin'ny ao amin'ny Fihaonambe. Ny vola mety lany ao anatin'izany dia ho tsoahina avy amin'ny vola tokony hivoaka ao amin'ny tahirin'ny Fivoriambe.

**327.1.** Ny sekretera jeneraly dia afaka manana mpanampy maro araka izay fidian'ny Fihaonambe ny amin'ny fanatontosana ny asany, na araka izay hanendren'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe azy eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny Fihaonambe.

## K. Ny Mpitahiry vola Foibe

**328.** Ny mpitahiry vola foibe, izay voafidin'ny Birao Foibe, araka ny Lalànan'ny Birao Foibe, dia hiasa mandra-pifaran'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno fepetra takiana afaka ny handimby azy ireo na mandra-panaisotra azy ireo araka ny 317.5 na ny Lalàna'ny Birao Foibe. (900.3)

**328.1.** Ny mpitahiry vola foibe dia ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fihaonambe. (301)

**328.2.** Ny mpitam-bola foibe dia tokony ho mahatoky manoloana ny Mpitantana Foibe tompon'andraikitra ho an'ny biraon'ny Fitantanam-bolan'ny Foibe, ny Biraon'ny Mpitantana foibe, ary ny Birao Foibe.

**329.** Ny **andraikitry ny mpitahiry vola foibe** dia ny:

**329.1.** Mitahiry ny vola voaangona rehetra ho amin'ny fanatontosana ny zavatra ilain'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny ankapobeny.

**329.2.** Mandray, sy mitsinjara araka izay baiko voaray, ny volan'ny Komitin'ny Iraka/ Fitoriana filazantsara ho an'ny Etazonia/Kanada, ho an'ny Komitin'ny vola, ny komitin'ny Sekoly Alahady sy Tanora Iraisam-pirenen'ny Nazareana, ho an'ny Komity ny Misiona Maneran-tany ary ireo vola hafa izay an'ny Birao Foibe, na an'ny iray amin'ireo departemanta hafa ao aminy; ny vola ho an'ny Mpitantana Foibe; ny vola hampiasaina amin'ny fotoana hisian'ny tampoka, ny vola ho amin'ny fandanian'ny Fihaonambe; ny vola ho amin'ny fanasoavana ny fiangonana amin'ny ankapobeny; ny vola ho an'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana amin'ny ankapobeny, ary ny vola ho an'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana. (330.3)

**329.3.** Manao petra-bola ampy araka ny tokony ho izy any amin'ny sampan-draharaha azo itokiana ho amin'ny fanatontosana amim-pahatokiana ny andraikitra napetraka taminy araka izay hitarihan'ny Birao Foibe azy.

**329.4.** Manao tatitra any amin'ny birao sy ny departemanta rehetra, ny amin'izay manana petra-bola hiandraketany, araka izay takian'izy ireo.

**329.5.** Manao tatitra isan-taona any amin'ny Birao Foibe ny momba ny fitantanam-bolan'ny Fiangonan'ny Nazareana, ka tafiditra ao anatin'izany ny vola nampiasaina. (334.13)

**329.6.** Mitahiry ireo anjara vola isan-taona arotsaka ho amin'ny fananan-tany na trano amin'ny fanaovana fiantohana ara-dalàna sy hiarovana ny mety ho tsy fetezan'izany.

**329.7.** Mitahiry ny tatitra isam-bolana momba ny fandraisana sy ny fitsinjarana vola avy amin'ny sekoly, toby fitaizana kamboty, toby mpamonjy voina, ary ireo sampam-panabeazana hafa rehetra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

### L. Ny Birao Foibe

**330.** Ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana, izay fikambanana ara-pivavahana sy mpanao asa soa eo ambanin'ny lalàna misy eo amin'ny fanjakan'i Missouri ao Kansas City, Missouri, U.S.A., dia ahitana mpikambana izay ho fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato ataon'ny Fihaonambe avy amin'ny olona izay voatendry araka ny 331.1-32.4. Raha te ho fidiana ho isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Foibe ho toy ny solontenan'ny faritry ny fiangonana ny olona iray dia tsy maintsy mponina avy eo amin'izany faritra izany no sady mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana amin'izany faritra izany. (305.6, 333)

**330.1.** Tsy misy olona mpiasa ao amin'ny Birao Foibe, na sampana hafa ka anisan'izany ny sampam-panabeazana eo ambany fanaraha-mason'ny Birao Foibe azo alatsaka ho fidiana ao amin'ny Birao Foibe na hijanona ho mpikambana ao amin'ny Birao Foibe. Tsy azo arotsaka ho fidiana toy izany koa ireo olona avy amin'ny distrika na sampana hafa mandray vola ho enti-miasa avy amin'ny fiangonana amin'ny ankapobeny.

**330.2.** Ny sekretera jeneraly dia ho mpitantsoratra avy hatrany ao amin'ny Birao Foibe.

**330.3.** Ny mpitahiry vola foibe ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ho mpitahiry vola avy hatrany ao amin'ny Birao Foibe sy ao amin'ny sampana koa. (329.2)

**331. Ny fanendrena amin'ny Birao Foibe** dia ho toy izao manaraka izao:

**331.1.** Aorian’ny nifidianana ireo solontena ho amin’ny Fihaonambe, ny solontena tsirairay avy ao amin’ny distrika ao amin’ny Dingana 3 dia hivory hifantina olona halatsaka hotendrena ao amin’ny Birao Foibe amin’izao fomba manaraka izao. Ny distrika ao amin’ny Dingana 3 tsirairay avy dia afaka manolotra anarana mpanompo efa notokanana sy laika roa avy. Tokony heverina ny hisian’ny mpikambana avy amin’ny kolotsaina samihafa ao amin’ny distrika mpanendry manoloana ny fifantenana anarana ho amin’ny fanendrena. Ny anaran’ireo kandida ireo dia halefa avy hatrany any amin’ny biraon’ny sekretera jeneraly hanaovana latsa-bato hatolotra ny solontena isam-paritry ny Fihaonambe. (203.23)

**331.2.** Avy amin’ny lisitr’ireo kandida ireo, no hanendren’ny solontenan’ny Fihaonambe avy amin’ny faritra tsirairay ho an’ny Fihaonambe araka izao manaraka izao:

Isaky ny faritra tsirairay ahitana mpikambana feno miisa 100.000 na latsaka dia hanendry loholona iray sy laika iray; ny faritra ahitana mpikambana feno mihoatra ny 100.000 ka hatramin’ny 200.000 dia hanendry loholona roa, mpitantana distrika iray sy mpitandrina na evanjelistra iray, ary laika roa; ary laika iray fanampiny sy loholona iray fanampiny ho an’ny faritra ahitana mpikambana feno mihoatra ny 200.000, araka ireto manaraka ireto:

1. Amin’ireo faritra izay ahitana mpikambana feno mihoatra ny 200.000, dia loholona iray izay na mpitandrina na evanjelistra; ny iray kosa dia ho mpitantana ny distrika; ary ny loholona iray hafa mety ho amin’ny iray amin’ireo sokajy ireo.
2. Tsy misy distrika afaka manana mpikambana mihoatra ny roa ao amin’ny Birao Foibe, ary tsy misy faritra izay afaka manolotra mpikambana mihoatra ny enina (ankoatra ny solontenan’ny sampam-panabeazana sy mpikambana fanampiny). Raha misy kandida mihoatra ny roa avy amin’ny distrika iray nahazo vato betsaka mihoatra noho ny an’ny kandida avy amin’ny distrika hafa ao amin’ilay faritra, ireo izay avy amin’ny distrika hafa nahazo vato betsaka manaraka tamin’ny fifidianana no ho fantenana ho voatendry avy amin’ny faritra. (305.6, 901.1)
3. Ao amin’ny faritra tsirairay ny laika, ny mpitandrina na ny evanjelistra, sy/na ny mpitantana ny distrika izay nahazo vato be indrindra amin’ny fifidianana amin’ireo sokajy tokony hisy azy avy ireo dia hotendren’ny maro an’isa amin’ny fifidianana ho ao amin’ny Fihaonambe. Ho an’ny faritra lehibe kokoa izay tokony hifidianana mpikambana enina, ny laika sy ny loholona mahazo vato betsaka indrindra manaraka no ho olona voatendry ho fanampiny. (902.9)
4. Raha mamaritra ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsainan’ny Faritra no mamaritra fa angamba mety misy sakana tsy hahafahan'ny ny ankamaroan’ny solontena voafidy hanatrika ny Fihaonambe dia azo atao ny manao fifidianana manokana amin’ny alalan’ny paositra na mailaka ao anatin’ny enim-bolana mialohan’ny Fihaonambe. Ny dingana manokana izay atao amin’ny fanolorana anarana amin’ny alalan’ny paositra na ny mailaka ho an’ny mpikambana amin’ny Birao Foibe ho an’ny Fihaonambe atrehana, dia tsy maintsy angatahana fankatoavana avy amin’ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsainan’ny Faritra ary atolotra eo anatrehan’ny Biraon’ny Sekretera Jeneraly angatahana fankatoavana mialohan’ny fametrahana azy.

**331.3.** Ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fampianarana (BIF) dia hanendry olona efatra avy amin’ny sampam-pampianarana, loholona roa ary laika roa ho amin’ny Fihaonambe. (330.1)

**331.4.** Ny Mpanolo-tsaina Foibe ao amin’ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia hanendry mpikambana roa avy ao amin’ny Filan-kevitra ho ao amin’ny Fihaonambe. (341.4)

**331.5.** Ny Mpanolo-tsaina Foibe ao amin'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana dia hanendry mpikambana roa avy amin'ny Mpanolo-tsaina Foibe. (342.3)

**332. Ny fifidianana ho amin'ny Birao Foibe** dia hatao araka izao manaraka izao:

**332.1.** Ny olona voatendry rehetra izay natolotry ny faritra tsirairay nanendry azy dia ho fidian'ny Fihaonambe amin'ny alalan'ny latsa-bato "eny" nolanian'ny maro an'isa. (902.9)

**332.2.** Avy amin'ireo olona voatendry natolotry ny Birao Iraisam-Pirenena misahana ny Fanabeazana, no hifidianan'ny Fihaonambe olona roa, ka ny iray amin'ireo dia loholona ary ny iray laika.

**332.3.** Avy amin'ireo olona voatendry natolotry ny Filan-kevitra Foibe ao amin'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, no hifidianan'ny Fihaonambe olona iray. (341.4, 901.3)

**332.4.** Avy amin'ireo olona voatendry natolotry ny Mpanolo-tsaina Foibe ao amin'ny Fikambanan'ny Iraka Irasaim-pirenena Nazareana, no hifidianan'ny Fihaonambe olona iray. (342.3, 901.4)

**333.** Handray ny asany mandra-pifaran'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno fepetra takiana afaka handimby azy ireo ny mpikambana ao amin'ny Birao Foibe. Raha toa ny mpikambana iray ao amin'ny Birao Foibe ka manaisotra ny maha mpikambana azy ao amin'ny fiangonana na mifindra fonenana miala amin'ny faritra izay soloany tena, na raha toa miova tsy ho amin'ny sokajin-toerana izay misy ny asa fanompoana nifidianana azy ny mpanompo iray, mialoha ny fivoriana ara-potoana faharoa isaky ny efa-taona, dia ho foanana avy hatrany ny maha mpikambana azy. Ny fahabangan-toerana izay nitranga vokatr'izany dia ho fenoina avy hatrany koa. (330)

**333.1. Ny fahabangan-toerana mitranga eo anivon'ny mpikambana ao amin'ny Birao Foibe,** sy ireo komity ao amin'izany koa, dia hofenoina amin'ny alalan'ny fanendrena ataon'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, izay hanolotra any amin'ny sekretera jeneraly haingana araka izay azony atao, ny anaran'ireo olona roa azo fidiana, ka avy amin'izany no hifidianana ny solontena isam-paritry ny Birao Mpanolo-tsaina ny distrika ao amin'ny faritra izay nitrangan'ny fahabangan-toerana amin'ny alalan'ny fifidianana ataon'ny maro an'isa, ny Dingana 2 sy Dingana 3 amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika tsirairay avy dia manana zo hifidy indray. Ho fisoloana tena eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny anaran'ireo olona voatendry dia hatolotra ny Birao Foibe mba hifidianany iray amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa. Ho fisoloana tena ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, ny anaran'ireo olona voatendry dia hatolotra ny Filan-kevitra Foibe mba hifidianany iray amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa. Ho fisoloana tena ny Fikambanan' ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana, ny anaran'ireo voatendry dia hatolotra avy amin'ny Komity Mpanatanteraky ny Mpanolo-tsain'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe araka ny fifampidinihany tamin'ny Mpitantana Foibe tompon'andraikitra, ary miaraka amin'ny fankatoavan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe ho any amin'ny Mpanolo-tsain'ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe mba hifidianany iray amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa.

## NY ANDRAIKITRY NY BIRAO FOIBE

**334.** Ny Birao Foibe dia mamporisika sy manentana ny birao nasionaly, faritra, distrika ary birao eo an-toerana rehetra mba hanatontosa ny iraky ny Fiangonan'ny Nazareana, dia ny mampiely ny fahamasinana Kristiana amin'ny fomba amam-panao Wesleyana, sy manamora ny fandrosoan'ny fiangonana amin'ny ankapobeny ao amin'ny firenena tsirairay sy/na isaky ny faritra. Ny Birao Foibe dia mampandeha ny raharaha ara-bola sy ny fampitaovana ny

komity rehetra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, eo ambanin'ny toro-marika araka izay omen'ny Fihaonambe. Izy no mandrindra ny fiara-miasa, mampifandray ary mampitambatra ny planina sy ny hetsika rehetra ataon'ny komity izay mandrafitra ireo komity mba ahafahana manangana fomba fiasa sy fitsipika iraisana ny amin'ny zavatra rehetra ataon'ny Fiangonan'ny Nazareana. Izy no miadidy sy mitantana ny fanaraha-maso ny fitantanam-bolan'ny departemanta sy ny sampam-pampianarana rehetra mifandraika na mikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ka ny tanjona amin'izany dia ny hananana fomba fiasa sy fahafenoana eo amin'ny rafitra mitovy araka izay mety ho mahomby indrindra; ary izy koa dia ho mpanolo-tsaina iray eo amin'ny fanaovan-draharaha sy ny fitantanan-draharaha ao amin'ireo sampana maro amin'ny Birao Foibe sy ao amin'ireo fikambanana sy sampam-pampianarana izay ampahany na mifandray na mikambana amin'ity fiangonana ity. Ireo sampana, fikambanana, na sampana na rafi-pampianarana ireo dia hanisy lanjany tokoa ny toro-hevitra sy ny fanolorana ataon'ny Birao Foibe.

**334.1.** Ny Birao Foibe dia manana fahefana hividy, hanana, hihazona, hitantana, hanao antoka, hivarotra, hanome, na koa hanolotra na hihary sy hampiasa ireo fitaovana na trano izay namidy, amim-pitokiana noho ny antony manokana mba hanatanterahana tanjona mifanaraka amin'ny lalàna; hampindrana sy hihindram-bola ho fanatanterahana ireo tanjona.

**334.2.** Ny Birao Foibe dia mameno ny toerana banga amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe araka ny paragrafy 316 sy 305.2.

**334.3.** Ny Birao Foibe dia mivory mialoha na raha vantany vao mikatona ny Fihaonambe sy mandrindra ny ao anatiny amin'ny alalan'ny fifidianana izay ho tompon'andraikitra sy ny komity, ary izay ho mpikambana ao amin'ny departemanta araka izay takian'ny fitsipika fananganana izany sy ny lalàna mifehy izany, ka hiasa mandritra ny 4-taona manaraka sy mandra-pifidy ireo olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy indray. Ireo Mpitantana Foibe rehetra miaraka no hitarika ireo fivorian'ny Birao Foibe.

**334.4. Fivoriana.** Mivory in-telo farafaha-keliny ny Birao Foibe mandritry ny 4-taona ao amin'ny toerana efa voalaza araka ny fitsipika efa napetraky ny Birao ao Kansas City, Missouri, Etazonia; na izany aza, ny ora, ny daty sy ny toerana izay fanaovana ny fivoriana mahazatra dia azo ovaina araka ny fanapahan-kevitra lanin'ny be sy ny maro mandritra ny fivoriana mahazatra na manokana ho amin'ny tombon-tsoan'ny Birao Foibe sy ny Komitiny.

**334.5. Ny Fivoriana Manokana** ataon'ny Birao Foibe dia azon'ny filoha mpitarika, ny filoha, na ny mpitantsoratra antsoina.

**334.6. Komitin'ny Vola.** Ny Komitin'ny Vola, izay nofidian'ny Birao Foibe, no hiandraikitra ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny vola izay nametrahana fitokisana azy. Ny Birao Foibe, aorian'ny filazany amin'io komity io ny fangatahana teti-bola napetraky ny sampana sy ny birao maro ao amin'ny Foiben-toerana ho amin'ny taona manaraka, dia handray tatitra mikasika ny fanolorana nataony momba ny fangatahana tsirairay avy, avy ao amin'ilay departemanta. Io departemanta io dia manatanteraka izay mety ho asa hafa hampiandraiketan'ny Birao Foibe azy. Izy no miandraikitra an-tsoratra ny antsipirihany amin'ny fivoriany rehetra sy manolotra izany any amin'ny Birao Foibe ho amin'ny fankatoavana.

**334.7. Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany.** Ny Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany no tokony ho fitambaramben'ny fitsinjaram-bola sy ny vola hafa rehetra izay tokony hangonin'ny fiangonana iray manontolo ho amin'ny fanohanana, fikolokoloana, ary fampandehanana ny zavatra ataony amin'ny ankapobeny.

Avy amin'ny lisitra mirakitra ny fangatahana teti-bola natolotry ny departemanta sy ny sampana isan-karazany ao amin'ny fiangonana, sy avy amin'ny filazalazana ny teti-bola eo am-pelatanana ataon'ny mpitahiry vola foibe, no hamariparitan'ny Birao Foibe ny sandan'ny vola harotsaka amin'ny Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany ho an'ny sampana sy ny tahiry tsirairay avy. Raha toa ka efa nekena ny Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany miaraka amin'ny fitsinjarana natolony ny sampana tsirairay avy momba izany, dia atolotra ny Biraon'ny Mpitantana Foibe izany ho dinihany, hanaovany soso-kevitra na fanitsiana mialoha ny faneken'ny Birao Foibe izany farany.

**334.8.** Rehefa voapetraky ny Birao Foibe, ny totalin'ny vola ao amin'ny Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany ho amin'ny taonan'ny vola manaraka, ny Birao Foibe sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia manana alalana sy fahefana hitsinjara ny Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany amim-pahamarinana tokoa manoloana ny tombotsoan'ny distrika sy ny tombotsoa amin'ny ankapobeny izay voakasik'izany. (130, 317.12)

**334.9.** Ny Birao Foibe dia manana fahefana ampitombo na hampihena ny sandam-bola angatahin'ny sampana na ny tahiry. Ny fanapahan-kevitra momba ny vola izay najoron'ny Fihaonambe dia atolotra ny Birao Foibe, izay homena fahefana hanitsy araka ny tokony ho izy ny vola fanampiana omena ny sampam-panabeazana na sampan-draharahan'ny fiangonana mba hifandanjalanja amin'ny toe-bola misy eo an-tanana, ary izany dia mifanaraka amin'ny totalim-bola natokan'ny fiangonana amin'ny ankapobeny ho amin'izany.

**334.10.** Ny Birao Foibe no mankatò ny fitsinjaram-bola avy ao amin'ny Tahirim-bola ho amin'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany ho an'ny Seminera Teolojika Nazareana (any Etazonia) sy ny Kolejy Fianarana Baiboly Nazareana (any Etazonia) araka izay hita fa mahamety ary mifanaraka amin'ny vola eo am-pelatanana.

**334.11.** Ny Birao Foibe dia mijery indray mandeha isan-taona sy manao fanitsiana araka ny tokony ho izy ny amin'ny karama sy ny tombontsoan'ny Mpitantana Foibe mifanaraka amin'izany eo anelanelan'ny fotoanan'ny Fivoriambe.

**334.12. Tatitra.** Ny Birao Foibe, amin'ny fivoriana ara-potoana ataony, dia mandray tatitra momba ny zavatra rehetra nataon'ny sampana tamin'ny taon-dasa amin'ny antsipirihany, ka tafiditra ao anatin'izany ny tatitra ara-bola. Ny sampana tsirairay koa dia hanolotra ny teti-bola novinavinaina ho amin'ny fandaniana atao ny taona manaraka io.

**334.13.** Ny mpitam-bola foibe dia manolotra ny tatitra ara-bola amin'ny antsipirihany momba ny vola niditra sy ny notsinjaraina isan-taona any amin'ny Birao Foibe, ka izy no tompon'andraikitra nametrahana izany nandritra iny taona lasa iny, tafiditra ao anatin'izany ny vola izay natao ho tantaniny sy ny fandrotsaham-bola ho amin'ny zavatra iray, miaraka amin'ny lisitra maneho amin' ny antsipirihany ny mety ho fandaniana heveriny hatao ny taona manaraka ny amin'ireo vola izay tsy tafiditra ao anatin'ny teti-bolan'ny sampana ao amin'ny Birao Foibe. Ny mpitam-bola foibe dia ho tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Birao Foibe ny amin'ny fanatanterahana amim-pahatokiana ny adidy ofisialy napetraka taminy. (329.5)

**334.14.** Ny Birao Foibe dia mivory mialoha na raha vantany vao tonga ny fikatonan'ny fivorian'ny ao amin'ny Fihaonambe ka hifidy ny sekretera jeneraly, ny mpitam-bola foibe, araka izay hita ao amin'ny Lalànan'ny Birao Foibe, izay hanao ny asany mandra-pikaton'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo indray.

**334.15.** Ny Birao Foibe izay misolotena ny Faritr'i Etazonia no mifidy ny Birao mikarakara ny Vola Fisotroan-dronono sy ny Tombotsoa miaraka amin'izany ho an'ny

Etazonia, izay ahitana solontena mpikambana iray isaky ny faritra any Etazonia, ary mpikambana iray izay fidina ho solontenan'ny faritra maromaro. Tsy maintsy ampandalovina amin'ny biraon'ny Mpitantana Foibe ny fanendrena araky ny voalazan'ny lalànan'ny Birao mikarakara ny Fisotroan-dronono sy ny Tombotsoa miaraka amin'izany ho an'ny any Etazonia (336).

**334.16.** Ny Birao Foibe dia hifidy ny Birao miandraikitra ny Trano Famoaham-boky Nazareana isaky ny aorian'ny Fihaonambe, ka miasa mandra-pikaton'ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo indray. (337).

**334.17.** Ny Birao Foibe dia mifidy ny filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana araka ny fanao amin'izany izay voarakitra ao amin'ny 334.20 sy ny Lalànan'ny Birao Foibe.

**334.18.** Ny fandaharan'asan'ny Birao Foibe izay mahakasika faritra/firenena iray ihany dia alefa hankatoavin'ny Komity Mpanatanteraky ny Birao Foibe sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, ho any amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Birao Foibe ao amin'io faritra/ firenena voalaza io izay mivory midinika ny amin'izany.

**334.19.** Ny Birao Foibe dia mampifandray araka ny tokony ho izy ny komity na ny komisiona nahazo alalana na fahefana tamin'ny Fihaonambe na ny Birao Foibe amin'ny sampana sasany na rehetra, na amin'ny birao amin'ny ankapobeny, ka hametraka aminy ny asany, ny andraikiny, ary ny teti-bolany.

**334.20. Ny Talen'ny Sampana.** Ny Birao Foibe no hifidy ny talen'ny sampana, amin'ny alalan'ny latsa-bato, ho an'ny tsirairay amin'ireo sampana maro ao aminy, hiasa mandra-pikaton' ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo indray, raha tsy hoe angaha nesorina tamin'ny toerany araka ny voalaza ao amin'ny paragrafy 317.5 izy. **Hotendrena araka izao manaraka izao** izy ireo: Raha misy tale iray efa eo am-perin'asa, ny Komity Mpanendry dia afaka mampanao fifidianana hanaovana "eny" na "tsia" na manolotra anaran'olona maro hotendrena. Ny fikarohana ireo kandidà ho amin'izany toerana izany dia ho tarihin'ny komity mpanao izany fikarohana izany araka ny ambaran'ny Lalànan'ny Birao Foibe. Izany komity izany dia hitondra anarana roa na maromaro any amin'ny Komity Mpanendry miaraka amin'ny antony fototra entiny hanohanana ny fanolorana ireo olona ireo.

Ny Komity Mpanendry, izay ahitana Mpitantana Foibe enina sy Komitin'ny Mpiasa rehetra avy amin'ny departemanta mifandraika amin'izany, dia hanolotra anarana roa na maromaro any amin'ny Birao Foibe mba ho fidiana amin'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa araky ny Lalàna.

**334.21. Ny Karaman'ny Mpanatanteraka.** Ny Birao Foibe no manangana sy manamboatra tahirin-kevitra mikasika ny "fanaovana tombatombana ny zavatra efa vita" sy fandaharan'asa fandrindrana ny karama izay mahafaoka ny talen'ny sampana sy ny talen'ny asa fanompoana/ sampan-draharaha ka hanao rafitra momba ny karama izay mijery ny haavon'ny andraikitra napetraka sy ny fahamendrehana manoloana izany. Ny Birao Foibe dia mijery indray mandeha isan-taona sy manome fankatoavana ny karaman'ireo talen'ny sampana, ny filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana, ary ireo tompon'andraikitra hafa izay nomena fahefana sy nofidian'ny Birao Foibe.

**334.22.** Ny Birao Foibe, eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny Fivoriambe sy/na ny Birao Foibe, amin'ny alalan'ny fanendrena araka ny Lalànan'ny Birao Foibe sy ny 317.4, dia mameno ireo toerana banga izay mety hitranga amin'ny birao araka ny lisitra hita ao amin'ny

334.14, 334.20, sy ireo birao mpanatanteraka hafa rehetra natsangan’ny Fihaonambe, Birao Foibe, na ireo komity nofidiany.

**335.** Ny **fisotroan-dronono** ho an’ny tompon’andraikitra rehetra sy izay tale hafa voatanisa ao amin’ny 334.14 sy 333.20, ary ny filohan’ny sampan-draharaha hafa ampiasain’ny Fihaonambe na ny komisiona voafidiny, ny Birao Foibe sy ny sampana ao aminy, dia mitranga amin’ny fotoanan’ny fivorian’ny Birao Foibe manaraka ny faha-70 taonany. Raha misy fahabangan-toerana, dia ho fenoina izany araka ny fepetra mifehy izany ao amin’ny *Boky Torolàlana*.

### M. Ny Birao Mifandray amin'ny Fiangonana Foibe

BIRAO MIANDRAIKITRA NY FISOTROAN-DRONONO

**336.** Misy ny Birao miandraikitra ny Fisotroan-dronono, na birao mitovy lenta aminy izay nahazo alalana, izay manana andraikitra ny amin’ny fanaovana planina tsirairay ny amin’ny fisotroan-dronono mifandraika amin’ny fiangonana. Ny planina momba ny fisotroan-dronono dia azo ampiharina eo anivon’ny fikambanana, distrika, distrika maro mitambatra, firenena, faritra, na faritra maro mitambatra araka izay mety ilàna izany. (334.15)

**336.1.** Ny Birao Foibe dia mametraka sy mitana ny tari-dalana naroso izay mifanaraka amin’ny fandaharan’asa momba ny fisotroan-dronono manerana izao tontolo izao. Ny Birao Foibe dia tsy manome antoka ny amin’izay mety ho planina fisotroan-dronono ny amin’ny fahaverezana na fihenan-danjan’ny vola na fananana. Ny Birao Foibe dia tsy manome antoka ny fandoavana ny vola izay mety ho na tokony homena olona iray amin’ny planina momba ny fisotroan-dronono, ary tsy tompon’andraikitra amin’ny tsy fahampiam-bola amin’ny planina fisotroan-dronono.

**336.2.** Ny planina momba ny fisotroan-dronono rehetra dia hanaovana tatitra isan-taona any amin’ ny Birao Foibe amin’ny alalan’ny Sampana Iraisam-pirenena misahana ny Fisotroan-dronono sy ny Tombontsoa miaraka amin’izany amin’ny taratasy sy ny endrika tokony hanaovana izany.

BIRAO MIANDRAIKITRA NY TRANO FAMOAHAM-BOKY NAZAREANA

**337.** Ny Trano Famoaham-boky Nazareana, fikambanana iray any Kansas City, Missouri, Mo. ETAZONIA, dia manana Biraon’ny Tale ahitana mpikambana sivy: ny filohan’ny Trano Famoaham-boky, izay lehibe mpanatanteraka amin’ny fikambanana; ny sekretera jeneralin’ny Fiangonan’ny Nazareana, izay ho sekretera avy hatrany amin’ilay fikambanana; ny iray amin’ny mpikambana amin’ny Birao Foibe dia avy amin’ny sampam-panompoan’ny Sekoly Alahady sy ny komitin’ny Tanora Iraisam-pirenen’ny Nazareana ary nofantenan’io komity io; ary mpikambana enina fidiana ho an’ny sampana rehetra, izay notendren’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe ary nofidian’ny Birao Foibe. Izy ireo dia manao ny asany mandram-pikaton’ny Fihaonambe manaraka sy mandra-pifidy izay olona mahafeno ny fepetra takiana afaka handimby azy ireo. Ny fahabangan-toerana mitranga ao dia ho fenoin’ny mpikambana sisa ao amin’ny alalan’ny fanendrena ataon’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe.

**337.1.** Ny Biraon’ny Tale dia mijery sy mamolavola ary manome fitarihana amin’ny fitsipika, ny planina, ary ny fitantanan-draharaha amin’ny Trano Famoaham-boky sady manao asa mifanaraka amin’ny sata sy ny lalàna nankatoavin’ny Trano Famoaham-bokin’ny Nazareana sy ny Birao Foibe.

**337.2.** Ny Birao miandraikitra ny Trano Famoaham-boky Nazareana dia mivory isantaona, na matetika kokoa, araka izay voafariparitra ao amin'ny Lalànan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana.

**337.3.** Ny renivola hanaovana fandaniana lehibe sy ny teti-bola isan-taona dia ny filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana no manomana azy mba ho ankatoavin'ny Birao miandraikitra ny Trano Famoaham-boky Nazareana mialoha ny haneken'ny Birao Foibe izany.

**337.4.** Ny Filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Biraon'ny Talen'ny ao amin'ny Trano Famoaham-boky Nazareana ny amin'ny fampandehanana amim-pahombiazana ny Trano Famoaham-boky amin'ny maha sampandraharaha miandraikitra ny famokarana sy ny famatsiana boky izay an'ny Fiangonan'ny Nazareana azy.

**337.5.** Ny filohan'ny Trano Famoaham-boky Nazareana dia fidiana araka ny 334.20, raha tsy hoe angaha hifantina olona iray avy ao aminy ny Birao miandraikitra ny Trano Famoaham-boky Nazareana ka hiasa eo anivon'ny Komity Mpikaroka amin'ny fotoana tokony hifidianana filoha vaovao, ary ny Komity Mpanendry dia hahitana Mpitantana Foibe enina, mpikambana telo avy amin'ny Birao miandraikitra ny Trano Famoaham-boky Nazareana izay tsy mpikambana avy hatrany ary mpikambana telo avy amin'ny Komity Mpanatanteraky ny Birao Foibe. Mila misokatra amin'ny soso-kevitra omen'ny Mpitantana Foibe eo amin'ny sehatry ny fahefana mitsara izay filoha.

**337.6.** Ny filohan'ny Trano Famoham-boky Nazareana dia mpikambana ao amin'ny Fiaraha-miasan'ny samy Tale Foibe sy ny Planina ary ny Teti-bola.

### N. Ny Komitin'ny Asa Kristiana

**338.** Aorian'ny Fihaonambe, ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia manendry **Komitin'ny Asa Kristiana**, ka ny iray dia ny sekretera jeneraly, izay hanao tatitra ny asan'ny komity any amin'ny Birao Foibe.

Ny **andraikitry ny Komity Foiben'ny Asa Kristiana** dia ny:

**338.1.** Mitondra fampianarana sy fampivelarana izay manampy ny olona ao amintsika manoloana ny olana amin'ny zava-pisotro misy alikaola, ny paraky, sy ny zava-mahadomelina, ary ny filokana sy olana amin'ny zavatra hafa ara-moraly sy ara-tsosialy mety tsy mifanaraka amin'ny foto-mpampianaran'ny fiangonana, sy manaparitaka ny filazambaovao amin'ny alalan'ny serasera ao amin'ny fiangonana.

**338.2.** Manindry mafy ny amin'ny fahamasinan'ny fanambadiana sy ny maha masina ny tokantrano Kristiana ary hampivoitra ny olana sy ny faharatsian'ny fisaraham-panambadiana. Tsindriana manokana amin'izany ny planina ao amin'ny Baiboly mikasika ny fanambadiana izay toy ny fanekena maharitra mandritra ny androm-piainana, ka ny fahafatesana ihany no ahatapaka izany.

**338.3.** Manome fampaherezana ny olona ato amintsika izay miasa, mitana ny toeran'ny mpitarika eny anivon'ny fikambanana izay miady ny amin'ny zon'olombelona sy ny fahamarinana eo anivon'ny fiaraha-monina.

**338.4.** Manaitra ny olona manoloana ny fitandroana ny Andron'ny Tompo, ny zavatra hanaovana fianianana miafina, fialam-boly tsy mifanaraka amin'ny etika Kristiana, sy ny fiainan'izao tontolo izao amin'ny endriny samihafa, ary ireo zavatra hafa mifandraika amin'izany izay mety ho ilaina tsindriana tsara ny momba azy. (34.1);

**338.5.** Manampy sy mamporisika ny distrika tsirairay mba hanangana Komitin'ny Asa Kristiana; ka manome ny toro-marika sy ny fitaovana na boky mikasika ny olana ara-moraly mitranga amin'izao fotoana izao mba ho aparitaka manerana ny fiangonana eo an-toerana tsirairay avy mba ho ampiasaina amin'ny asa mifanaraka amin'izany.

**338.6.** Manara-maso ny fandehan-draharaha mikasika ny olana ara-moraly izay mibahan-toerana eo anivon'ny firenena sy iraisam-pirenena sy maneho izay ambaran'ny Soratra Masina momba izany any amin'ny fikambanana voakasik'izany mba ho dinihany.

### O. Komity Mpiahy ireo Evanjelistra Voaantson'Andriamanitra

**339.** Ny Komity Mpiahy ireo Evanjelistra Voaantson'Andriamanitra dia ahitana ny mpandrindra ny fifohazam-panahy, izay ho filoha mpitarika avy hatrany ao amin'ny komity, miampy ireo evanjelistra matihanina efatra sy mpitandrina iray. Ny talen'ny Iraka/Fitoriana filazantsara ao Etazonia/Kanada, amin'ny fangatahana ny hevitry ny mpandrindra ny fifohazam-panahy dia tokony hanolotra lisitra anarana ho an'ny komitin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe ho fankatoavana sy fanendrena. Ny komity na izay olona notendreny dia hanao resadresaka (interview) manokana amin' ireo evanjelistra nahazo iraka izay natolotry ny fivorian'ny distrika avy any amin'ny faritra misy azy avy ho amin'ny satan'ny "evanjelistra matihanina" (408.3). Izy koa no hijery indray ny toerana misy ireo evanjelistra mandeha mitety toerana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana sy hanao fangatahana ny mikasika ny fifohazam-panahy sy ny evanjelistra ho amin'ny departemanta sahaza izany ao amin'ny Birao Foibe. Mila fenoin'ny Biraon'ny Mpitantana foibe amin'ny alalan'ny fanendrena ny fahabangan-toerana araka ny toro-marika voaray avy amin'ny Talen'ny Fitoriana Filazantsara Etazonia/Kanada, izay ilàna ny hevitry ny mpandrindra ny fifohazam-panahy. (317.7)

### P. Ny Komity Mpanolotsainan'ny fampianarana Iraisam-pirenena

**340.** Manaraka ny Fihaonambe, ny Talen'ny fampandrosoana ny klerjy, izay miara-midinika amin'ny mpandrindra ny fampianarana eo amin'ny faritra, dia tokony hanolotra lisitry ny anaran'olona izay hanompoana eo anivon'izany Komity Mpanolotsainan'ny Fampianarana Iraisam-pirenena izany. Ny anaran'olona atolotra amin'io komity io dia misy mpitandrina, mpandraharaha, mpanabe, ary solontenan'ny laika**.** Tokony ahitana solontenan'ny fiangonana amin'ny ankapobeny ny mpikambana ao amin'io komity io. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no tokony hanendry io komity io hiasa mandritra ny efa-taona.

Ny Komity Mpanolo-tsainan'ny fampianarana iraisam-pirenena dia mila mivory fara-fahakeliny indray mandeha isaky ny roa taona ao amin'ny toerana izay tendren'ny talen'ny Fampandrosoana ny Klerjy (424.1-24.2, 424.5)

### Q. Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana Foibe

**341.** Amin'ny ankapobeny ny asa fanompoana amin'ny tanora Nazareana dia narindra teo ambany fitarihan'ny Tanora Iraisam-pirenen'ny Nazareana, tamin'ny alalan'ny Satan'ny Tanora Iraisam-pirenen'ny Nazareana, ary nomen'ny mpitantana foibe fahefana ho araky ny lalàna ho an'ny TIN sy ny Birao Foibe. Ny TIN amin'ny ankapobeny dia ahitana ny mpikambana, ny vondrona eo an-toerana ary ny fandrindran'ny distrika, eo amin'ny sehatry ny Tanora Iraisam-pirenen'ny Nazareana manerana ny tany. Amin'ny alalan'ny Satan'ny TIN ny fitondrana ny TIN ankapobeny sy ny Planina amin'ny asa fanompoana amin'ny TIN Foibe izay ankatoavin'ny Fihaonambe.

**341.1.** Tsy maintsy misy ny Fivoriana ankapobeny isaky ny efa-taona ataon'ny TIN izay mifanaraka amin'ny fotoana apetraky ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, izay efa nanaovana fiaraha-midinika niaraka tamin'ny Filan-kevitry ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana Foibe. Ny fivoriana isaky ny efa-taona dia tokony ahitana ireo mpikambana efa notendrena ao amin'ny Planina ny asa fanompoana ankapoben'ny TIN (810).

**341.2.** Ny fivoriana dia mila mifidy ny filoha foibe sy ny filoha lefitra foibe, izay ho mpikambana avy hatrany amin'ny Filan-kevitry ny TIN foibe ary hanao ny asa fanompoana an-tsitrapo tsy misy karama.

**341.3.** Ireto avy ny ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Foibe: ny filoha, ny filoha lefitra, ny mpikambana afaka manompo amin'ny sehatra rehetra, ary ny solontena isaky ny faritra arak'izay tendren'ny Planina amin'ny asa fanompoana amin'ny TIN Foibe (810). manompo amin'ny maha-mpikambana avy hatrany azy amin'ny filan-kevitry ny TIN ny Tale. Tompon'andraikitra eo anatrehan'ireo Birao Foibe amin'ny alalan'ny Sekoly Alahady sy ny komitin'ny TIN ny filan-kevitra, ary tompon'andraikitra eo anatrehan'ny mpitantana foibe amin'ny fanarahana ny lalànan'ny TIN, ary mitondra tena manokana eo ambanin'ny fahefan'ny Satan'ny TIN sy ny Planin'ny asa fanompoana TIN Foibe. Tokony hitazona ny toerana misy azy ny mpikambana amin'ny TIN Foibe mandra-pifaran'ny Fihaonambe, rehefa voafidy sady efa manana ny fahaiza-manao amin'izany ny mpandimby azy.

**341.4.** Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana Foibe dia manana solontena eo amin'ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny alalan'ny mpikambana iray izay nofidian'ny Fihaonambe tamin'ny fanendrena nataon'ny Filan-kevitry ny TIN Foibe. (331.4, 332.3)

**341.5.** Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana Foibe dia soloina tena amin'ny Fihaonambe amin'ny alalan'ny Filohan'ny TIN foibe amin'ny famaranany ny fitondrany (301).

### R. Ny Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana Foibe

**342.** Ny Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana Foibe dia ahitana ny filoha foibe, ny tale jeneraly, ary mpikambana maro araka ny voalazan'ny Lalàm-panorenan' ny Fikambanan'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana Foibe izay fidiana araka izay voalaza amin'izany.

**342.1.** Ny Filan-kevitra Foibe dia tantanina araka ny Lalàm-panoren'ny I I N Foibe. Ny Filan-kevitra Foibe dia sampana amin'ny Komitin'ny Misiona Maneran-tany amin'ny Birao Foibe. (811)

**342.2.** Ny tale jeneraly dia tendren'ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany, izay niara-nidinika tamin'ny Mpitantana Foibe tompon'andraikitra araka ny lalànany ao amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany, ary ankatoavina amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa ataon' ny Filan-kevitra Foibe mialoha ny hanolorana izany any amin'ny Komitin'ny Misiona Maneran-tany mba ankatoavina amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa miaraka amin'ny fanolorana napetraka mba ho fidian'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Raha toa ka tsy nankatoavina ilay fanendrena, ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia manolotra anarana indray mandra-pisian'ny olona iray izay ankatoavina amin'ny alalan'ny latsa-bato ataon'ny maro an'isa ao amin'ny Filan-kevitra Foibe. Ny tale jeneraly dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe ary mpikambana iray ao amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany.

**342.3.** Ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe dia manana solontena ao amin'ny Birao Foibe amin'ny alalan'ny mpikambana iray nofidian'ny Fihaonambe ho amin'izany avy amin'ny fanendrena nataon'ny Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe. (331.5, 332.4)

**342.4.** Misy ny Fivoriana fanao isaky ny 4-taona izay atao eo ambany fitarihan'ny Filan-kevitra Foiben'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana mialohan'ny Fihaonambe ara-potoana. Io fivoriana io no ifidy ny Filan-kevitra Foiben'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana mifanaraka amin'izay lazain'ny Lalàm-panorenana. Ny fivoriana no ifidy ny filoha foibe, izay mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe. (811)

**S. Birao Nasionaly**

**343.** Raha hita fa ilaina, dia azo atao ny manangana ny birao nasionaly hanamorana ny fanatontosana ny iraky ny fiangonana ahafahana manao tetikady iombonana amin'ny fitoriana filazantsara, fanaovana mpianatra, fanorenana fiangonana, fampandrosoana ny distrika, distrika vaovao, fanomanana amin'ny asa fanompoana, fampitomboana ny tahiry ao an-tanana, ary planina hanaovana fandrotsaham-bola ho amin'ny fisotroan-drononon'ny mpanompo; amin'ny alalan'ny fanamorana ny fahazoana, fihazonana, fivarotana, ary fandefasana fananana; na amin'ny alalan'ny fikarakarana ny fanaovan-draharaha eo amin'ny fitantanana sy/na ara-dalàna mifandraika amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ao amin'io firenena io, izay tsy voalaza ao amin'ny *Boky Torolàlana*. Izany birao izany dia ekena ho toy ny manam-pahefana ara-dalàna ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ao amin'io Firenena io.

Raha toa ka tsy misy afa-tsy distrika iray amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ao amin'ny firenena iray, dia ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izay voafidy ho amin'izany no ho birao nasionaly hitondra ny raharaha rehetra araka ny voalaza etsy ambony.

Raha toa ahitana distrika voarindra tsara miisa roa na maromaro eo amin'ny firenena iray, ny birao nasionaly dia ahitana ireo mpitantana ny distrika voatendry sy voafidy ho amin'izany, ary koa loholona iray sy laika roa solontena voafidin'ny Fihaonan'ny Distrika, avy ao amin'ny mpikambana ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika; na, miaraka amin'ny fankatoavan'ny Birao Foibe sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, ny mpikambana ao dia hahitana ireo olona izay voafidy sy voatendry ho mpitantana ny distrika sy solontena maromaro fanampiny avy amin' ny mpanompo efa notokanana sy ny laika araka izay ifanarahana eo.

Raha toa ka misy faritra mihoatra ny iray eo amin'ny firenena iray, ireo solontena voafidy avy amin'ireo faritra ireo ho ao amin'ny Birao Foibe sy ny solontena fanampiny amin'ireo mpanompo efa voatokana sy ireo laika sasany miara-mifanaiky no ho mpikambana ao amin'ilay Birao Nasionaly. (331-31.2)

Ny dika mitovy avy amin'ireo andininy momba ny fikambanana sy ny fampitambarana izany birao izany dia hapetraka avy hatrany any amin'ny sekretera jeneraly. Izay mety ho fitantanan-draharaha rehetra ataon'ny birao nasionaly dia ho eo ambany fankatoavan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Ny tatitra amin'ny fivoriana isan-taona sy fivoriana manokana ataon'ny birao nasionaly dia hatolotra ho jeren'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsain'ny Faritra izay hanao ny fankatoavana na tsia mialoha ny fanolorana izany amin'ny sekretera jeneraly ho vakiany sy hatolony ny Birao Foibe ho amin'ny fankatoavana.

**T. Ny Faritra**

**344. Ny Niandohany sy ny Tanjony**. Ao anatin'ny fitomboan'ny fiangonana manerana izao tontolo izao, dia misy koa fampivondronana distrika efa voarindra tsara maromaro ho amin'ny faritra jeografika izay fantatra amin'ny anarana hoe faritra. Ny distrika maromaro izay tompon'andraikitra nanoloana fitondrana amin'ny ankapobeny eo amin'ny Fiangonan'ny Nazareana sy toa ohatra ny manana ny maha izy azy manokana ara-paritra sy ara-kolotsaina dia azo ajoro ho faritra iray ho amin'ny fampandehanan-draharaha amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Birao Foibe sy ny fankatoavan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

**344.1. Fitsipika sy fomba fiasa Isam-paritra**. Amin'ny fihazonana ny fitsipika tsy manavakavaka momba ny fikambanana, ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, raha toa ka ilaina, ary amin'ny fifampidinihany amin'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra, dia afaka hametraka faritra ho amin'ny fampandehanan-draharaha araka izay zavatra ilaina manokana, ny olana mety mitranga, ny zava-misy, ary ny momba ny fahasamihafana ara-kolontsaina sy fanabeazana amin'io faritra jeografika manokana eto amin'izao tontolo izao io. Amin'izany tranga izany, ny Biraon'ny Mpitantana Foibe dia hanangana fomba fiasa izay mahafaoka ny fanoloran-tena izay tsy azo iadian-kevitra ka tafiditra ao anatin'izany ny Filazalazana ny *Teny Finoana*, ny fandraisana anjara amim-pahatokiana ny foto-pampianarana sy ny fomba fiainana maneho ny Fahamasinana, sy ny fanohanana ny ezaka fanatrarana ny hafa ataontsika amin'ny alalan'ny asa fitoriana filazantsara.

**344.2.** Ny **Andraikiny. Ny andraikitra fototry ny faritra** dia ny:

1. Mametraka ny iraky ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny alalan'ny toeram-panombohana, distrika, ary sampam-panabeazana maro izay hamakiana lay.
2. Mampandroso ny fahafantarana, ny fiombonana, ary ny tetik'ady eo amin'ny faritra mba hanatanterahana ny Iraka Lehibe, hitondrana miaraka ireo solontena avy ao amin'ny distrika sy ny sampam-panabeazana hanao planina, fitondram-bavaka, ary fifamporisihana isaky ny vanim-potoana voatendry hanaovana izany.
3. Manendry olona ao amin'ny Fihaonambe sy ny Fivoriambe ho amin'ny fifidianana izay ho ao amin'ny Birao Foibe.
4. Manangana sy mikolokolo ireo sekoly sy kolejy na sampam-pampianarana hafa araka izay hamaritany azy, fa mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny *Boky Torolàlana*.
5. Omena fahefana handray sy hanao sivana ireo mirotsaka ho misionera avy amin'ilay faritra araka ny fomba fiasa (344.3)
6. Manao planina ny fivorian'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra sy kaonferansa ho an'ilay faritra.
7. Manamora ireo asan'ny birao nasionaly araka ny voalazan'ny paragrafy 343 sy 344.3

**344.3. Ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra (FMI).** Ny faritra iray dia afaka ny hanana Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Isam-paritra ka ny andraikiny dia ny hanampy ny talem-paritra amin' ny tetikady fampandrosoana ny faritra, hijery indray sy hanao fanolorana fankatoavana na fitsipahana ny antsipirihan'ny zava-bita rehetran'ny birao nasionaly mialoha ny handefasana izany any amin' ny biraon'ny sekretera jeneraly, hiresadresaka sy hanao sivana ny mpirotsaka ho misionera ho amin'ny fanolorana atao any amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany sy/na fandefasana azy ireo ho misionera eo amin'ny faritra iray sy ny fanekena izay atao amin'ny Birao Foibe, handray tatitra avy amin'ny tale isam-paritra, talen'ny zana-paritra, ary ireo mpandrindra ny asa fanompoana, hifidy solontena avy amin'ny misionera ho amin'ny Fihaonambe araka ny voalazan'ny *Boky Torolàlana*, ary hifidy tompon'andraikitra/rektora/filoha, ho an'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana ho solontena any amin'ny Fihaonambe.

Ny maha-mpikambana amin'ny FMI dia azo ampifanarahana amin'izay mety ho filan'ny FMI, mifanaraka amin'ny fampandrosoana sy zavatra takian'ny faritra tsirairay. Ny talem-paritra no hanolotra ny isan'ny mpikambana ao amin'ny FMI amin'ny talen'ny Misiona Maneran-tany sy ny mpitantana foibe mandray hanaovany ny fankatoavana azy. Mpikambana avy hatrany ny mpitantana foibe miadidy ny faritra, ny talen'ny Departemanta ny Misiona Maneran-tany sy ny talem-paritra izay mpitarika ny fivoriana. Ny mpiasa ao amin'ny Departemanta Misiona Maneran-tany izay miasa eo ambany fifanarahana dia tsy azo atolotra ho fidiana amin'ny fifidianana ny FMI fa afaka miasa ho loharanon-kevitra izy. Fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato amin'ny Fihaonambe ny mpikambana amin'ny FMI. Mameno ny toerana mety ho banga mandritra ny Fihaonambe ny FMI.

Ny talem-paritra, amin'ny alalan'ny fiaraha-midinika amin'ny FMI, dia afaka manao konferansam-paritra na konferansa amin'ny sehatry ny fitoriana filazantsara arak'izay ilàna azy.

**344.4. Ny Talem-paritra.** Raha toa ka ilaina, ny faritra iray dia afaka ny hanana tale izay voafidin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe araka ny fifampidinihany tamin'ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany, ary nankatoavin'ny Birao Foibe tamin'ny fomba ofisialy, hiasa mifanaraka amin'ny fomba fiasa sy fanaon'ny Fiangonan'ny Nazareana izay manome mpitarika ho an'ny distrika, fiangonana, ary sampam-panabeazana ao amin'izany faritra voalaza izany amin'ny fanatanterahana ny misiona, ny tetikady, ary ny fandaharan'asan'ny fiangonana.

Mialoha ny fifidianana indray ny talem-paritra, dia manao jery todika izay tarihin'ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany sy ny mpitantana foibe miadidy, ka efa nisy fiaraha-midinika tamin'ny FMI. Ny fanolorana ho fidiana indray dia miankina amin'ny jery todika miabo.

Ny talem-paritra tsirairay avy dia tompon'andraikitra amin'ny fandraharahana atao amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany, sy ny Birao Foibe, ary ny lalàna mahakasika izany, dia manao tatitra ny andraikiny amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe izy.

**344.5 Ny Mpandrindra ny paikadin'ny zana-paritra:** Rehefa hita fa ilaina, dia afaka mametraka rafitry ny zana-paritra ny talem-paritra eo amin'ny faritra iandraiketany, ary manolotra izany amin'ny talen'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany amin'ny fanendrena ny mpandrindran'ny paikadin'ny zana-paritra mifanaraka amin'ny *fitsipika sy fomba fiasan'ny Misiona Maneran-tany sy ny dingana ao amin'ny Boky Torolàlana*. Ny mpandrindra ny paikadin'ny zana-paritra no tompon'andraikitra amin'ny fanaovana ny tatitry ny asany amin'ny talem-paritra.

**344.6 Ny komitin'ny fankatoavana ny fianarana:** Ny komitin'ny fankatoavana ny fianarana dia ahitana ny mpandrindra ny fampianarana amin'ny faritra, izay ho mpitarika avy hatrany ny fivorian'ny komity, miaraka amin'ireo solontena izay fantenana amin'ny fiaraha-midinika amin'ny talem-paritra. Tokony hisy ny solontena avy amin'ny lafin-kery rehetra liana amin'ny fanabeazana ny mpikambana ao amin'ny komitin'ny fankatoavana ny fianarana (izany hoe: mpitandrina, mpandraharaha, mpampianatra sy mpanabe, ary laika) ho an'ny faritra.

**344.7 Ny andraikitry ny komitin'ny fankatoavana ny fianarana amin'ny faritra**. Ny **andraikitra lehibe** ataon'ity komity ity dia:

1. Manamboatra sy mampandroso ny *Boky loharanon-kevitra amin'ny Ordinasiona* ho an'ny faritra amin'ny fanaovana drafitra ny fianarana faran'ny kely indrindra ilaina amin'ny fampianarana ho fanomanana ny ordinasiona eo amin'ny faritra ao amin'ny

Fiangonan'ny Nazareana. Ny *Boky Loharanon-kevitra momba ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana* an'ny faritra dia tsy maintsy mifanandrify amin'ny filàna kely indrindra izay amboarina avy amin'ny *Boky Torolàlana* ary fakafakaina avy amin'ny *Boky Loharanon-kevitra Iraisam-pirenena amin'ny Fampivelarana ifanarahana amin'ny Ordinasiona araka ny fenitra iraisana.*

2. Mampandroso dingana azo ekena ho an'ny fandaharam-pianarana amin'ny asa fanompoana eo amin'ny faritra misy azy, hanamarina ny fandaharana amin'ny fihaonana amin'ny Komitin'ny fankatoavana ny fianarana eo amin'ny faritra sy iraisam-pirenena amin'izay fetra kely indrindra ilaina.
3. Miara-miasa amin'ny mpanome ny fampianarana eo amin'ny faritra handika izany fenitra ilaina amin'ny fandaharam-pianarana amin'ny fampianarana izany.
4. Mamerina hijery ny fandaharam-pianarana amin'ny asa fanompoana izay atolotra hifandraika amin'ny fenitry ny Boky loharanon-kevitra misy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.
5. Manomana ny fandaharam-pianarana eo amin'ny faritra amin'ny komitin'ny fandaharam-pianarana iraisam-pirenena ho ekena sy hankatoavina.

TOKO IV

## FAMPIANARANA AMBONY

### A. Ny Fiangonana sy ny Kolejy/Oniversite

**380.** Ny Fiangonan'ny Nazareana, hatramin'ny fiandohany, no efa nanoka-tena ho amin'ny fampianarana ambony. Ny fiangonana no manohana ny kolejy/oniversite amin'ny fandefasana mpianatra, mpandraharaha sy mpitarika amin'ny fampianarana ho amin'izany, ary fanohanana ara-bola sy ara-panahy. Ny kolejy/ oniversite dia manabe ny tanoran'ny fiangonana sy ny ankamaroan'ireo olon-dehibe ao amin'ny fiangonana, ary mitari-dàlana azy ireo ho amin'ny fahamatorana ara-panahy, manatsara ny fampandehanana ny fiangonana, ary mandefa ho any amin'izao tontolo izao ireo mpanompon'i Kristy misaina sy be fitiavana. Ny kolejy/oniversiten'ny fiangonana, na dia tsy fiangonana eo an-toerana ihany aza, dia ampahany iray manontolo ao amin'ny fiangonana; fanehoana ny amin'ny fiangonana izy io.

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mino ny soatoavina sy ny maha-zava-dehibe ny ain'ny zanak'olombelona sy ny maha ilàna ny fanomezana tontolo ahafahana mamonjy sy mampitao ny olona eo amin'ny lafiny ara-panahy, ara-tsaina, ary ara-batana, "efa nohamasinina ka mahasoa ho an'ny Tompo, voavoatra ho amin'ny asa tsara rehetra" (2 Timoty 2:21). Ny anjara andraikitra voalohany sy ny fanehoana efa mahazatra ny asan'ny fiangonana eo an-toerana–fitoriana filazantsara, fanabeazana ara-pivavahana, asa fanompoana amin'ny fiantrana, ary fanompoam-pivavahana–dia manome ohatra ny amin'ny fitiavan'ny fiangonana an'Andriamanitra sy ny fiahiany ny olona ihany koa.

Eo amin'ny ambaratongan'ny fiangonana eo an-toerana, ny fanabeazana Kristiana atao ho an'ny tanora sy ny lehibe amin'ny dingana maro samihafa ny amin'ny fampivelarana ny maha olombelona dia manamafy ny fahombiazan'ny filazantsara. Ny fiangonana dia afaka mampiditra ao amin'ny tanjona kendreny sy ny asa fanaony ny fandaharam-pianarana rehetra atao mandritra ny herinandro ho ao amin'ny dingana sasantsasany na izy rehetra manomboka amin'ny akanin-jaza ka hatramin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Eo amin'ny ambaratongan'ny fiangonana ankapobeny, dia ho tazonina hatrany ilay fomba fanao mahazatra efa tao anatin'ny tantara dia ny fanomezana sampam-pampianarana ho amin'ny fampianarana ambony na fanomanana mpanompon'Andriamanitra. Na aiza na aiza no ahitana ireo sampam-pampianarana ireo, ireo dia hampandehanina ao anatin'ny fomba fiasa mifanaraka amin'ny filôzôfia sy ny teôlôjian'ny Fiangonan'ny Nazareana izay natsangan'ny Fihaonambe ary hita ao amin'ny *Boky Torolàlana* izany.

**380.1. Ny Fanambarana ny Iraky ny Fanabeazana.** Ny Fanabeazana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, izay mifototra amin'izay voalazan'ny Baiboly sy ny fanoloran-tena ara-lojikan'ny Wesleyana sy ny hetsika amin'ny Fahamasinana ary mifanaraka tsara amin'ny iraka natao ho an'ilay fiangonana, dia mikendry ny hitari-dàlana ireo izay manaiky ho mpikambana amin'ny fanekena, amin'ny famahanana, ary amin'ny fanehoana amin'ny alalan'ny asa atao eo anivon'ny fiangonana sy izao tontolo izao ny fahazoana ny maha-Kristiana: tsy miova sady mazava eo amin'ny fiainan'ny fiarahamonina sy manokana. Fanampin'izany, ireo sampam-pampianarana misahana ny fanabeazana ambony dia hikatsaka ny hanomezana fandaharam-pianarana sy fanabeazana tsara tokoa ary porofo mivaingana ny amin'ny fahombiazana tamin'ny fianarana natao hanomanana araka ny tokony ho izy ireo

nahavita fianarana mba ahafahan'izy ireo manao amim-pahombiazana ny asa na izay niantsoana azy ireo araka izay nisafidianany ihany koa.

**380.2.** Ny fanomezam-pahefana avy amin'ny Fihaonambe, araka ny fanolorana nataon'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana, dia takiana amin'ny fangatahana hanorina sampam-panabeazana afaka manome mari-pahaizana.

Ny fanomezam-pahefana ho amin'ny fampandrosoana na fanovana ny satan'ny sampam-panabeazana efa misy dia azon'ny Birao Foibe omena araka ny fanolorana ataon'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana.

Tsy misy fiangonana eo an-toerana na fiangonana maro mitambatra, na olona misolo tena ny fiangonana eo an-toerana na vondron'ny fiangonana maromaro, afaka manangana na manohana ara-bola ny sekoly ambony na sampam-panabeazana fanomanana mpanompon'Andriamanitra mitondra ny anaran'ny fiangonana na misolo-tena azy, raha tsy hoe tamin'ny alalan'ny fanolorana nataon'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana.

### B. Ny Filan-kevitra Iraisam-pirenen'ny Fampianarana Ambony

**381.** Hisy ny Filan-kevitra Iraisam-pirenen'ny Fampianarana Ambony izay ahitana ny filoha, ny mpitantana, ny rektora, na ny tale (na izay solontena notendreny) -n'ny sampam-pampianarana ao amin'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ireo mpandrindra ny fanabeazana isam-paritra, ny mpiandraikitra ny fanabeazana, ny talen'ny Departemanta Misiona Maneran-tany, ary ny Mpitantana Foibe tompon'andraikitry ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana.

### C. Ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana

**382.** Ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana dia mpisolo vavan'ny fiangonana amin'ny ankapobeny ho an'ny sampam-panabeazan'ny Fiangonan'ny Nazareana manerana izao tontolo izao.

Io birao io dia ahitana mpikambana miisa telo ambin'ny folo: valo voafidin'ny Birao Foibe, miampy mpikambana dimy avy hatrany: ny roa solontenan'ny Birao Foibe misahana ny fanabeazana, ny talen'ny departemanta Misiona Maneran-tany, ny talen'ny Asa Fitandremana, ary ny mpiandraikitra ny fanabeazana (383). Hisy komity mpanendry izay ahitana ny mpiandraikitra ny fanabeazana, ny talen'ny departemanta Misiona Maneran-tany, solontenan'ny Birao Foibe misahana ny fanabeazana miisa 2, ary ireo Mpitantana Foibe tompon'andraikitry ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana sy ny Departemanta Misiona Maneran-tany hanolotra olona 8 izay efa nankatoavin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe any amin'ny Birao Foibe mba hifidianany ireo mpikambana 8 voalaza etsy ambony.

Ao anatin'ny fiezahana ny hananana solontena isam-birao manerana ny fiangonana iray manontolo, ny Komity Mpanendry dia hanolotra olona araka izao manaraka izao: mpandrindra ny fanabeazana isam-paritra iray; laika telo; loholona efa voatokana roa avy amin'ny faritry ny Misiona Maneran-tany izay tsy nisy olona notendrena ho mpandrindra ny fanabeazana; olona roa notendrena "afaka misolo toerana maromaro". Tsy hisy faritry ny Misiona Maneran-tany afaka ny hanana mpikambana voafidy mihoatra ny iray ao amin'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana mandra-panànan'ny faritra tsirairay avy solontena.

Mandritra ny fanaovana ny fanendrena sy ny fifidianana, dia tokony hifantohana ny amin'ny fifidianana olona izay mikasika fahasamihafana ara-kolotsaina sy/na manana traikefa amin'ny maha-mpanabe azy.

Ny **anjara asan'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana** dia ny:

**382.1.** Manome antoka fa ireo sampam-panabeazana dia eo ambany fanaraha-maso ara-dalànan'ireo birao mpitantana isan'ambaratongany ka ny Lalàm-panorenany sy lalàna mifehy azy ireo dia mifanaraka amin'ny sata sy ny hitsivolan'ny fikambanana voalaza, ary izany dia hirindra ihany koa amin'ny toro-marika napetraky ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana.*

**382.2.** Manome antoka fa ireo mpikambana ao amin'ny birao mpitantana ao amin'ny sampam-panabeazana Nazareana dia mpikambana tsara laza ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Tokony ho manaiky tanteraka ny Fanambarana *ny Teny Finoana* izy ireo, ka tafiditra ao anatin'izany ny foto-pampianarana momba ny fanamasinana manontolo ary ny fomba fanaon'ny Fiangonan'ny Nazareana araka ny voasoritra ao amin'ny *Boky Torolàlan*'ny fiangonana. Raha azo atao, ny isan'ny mpikambana ao amin'ny biraon'ny fampianarana ambony manao fanaraha-maso dia tokony hitovy ny mpanompon'Andriamanitra sy ny laika.

**382.3.** Mandray ny fanampiana izay atolotra azy ireo ho amin'ny fanatsarana ny fanabeazana amin'ny alalan'ny fanomezana, fanolorana, ary manao fanolorana isan-taona ny fampiasana ireo fanampiana ireo ho amin'ny sampam-panabeazana tsirairay avy mifanaraka amin'ny fomba fiasa natsangan'ny Birao Foibe. Ny sampam-panabeazana dia tsy tokony hitohy mandray fanampiana ara-dalàna raha tsy hoe voatahiry any amin'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana angaha ny tatitra mikasika ny fenitry ny fanabeazana, ny planina ho amin'ny fandaminana, ary ny tatitra ara-bolany.

**382.4.** Mandray sy hanao araka ny tokony ho izy ny tatitra isan-taona avy any amin'ny mpiandraikitra ny fanabeazana izay mamintina ireto vaovao manaraka ireto avy amin'ny sampam-panabeazana rehetra ao amin'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana: (1) tatitra isan-taona momba ny antontan'isa, (2) tatitra isan-taona momba ny fanaraha-maso ny fitantanam-bola, ary (3) tatitra isan-taona momba ny teti-bola ho an'ny taona manaraka.

**382.5.** Manampy sy manohana ary misolo vava any amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe sy ny Birao Foibe, na dia fanoloran-tsaina ireo sampam-pampianarana aza no anjara asany.

**382.6.** Miasa eo anivon'ny fiangonana ny amin'ny zavatra rehetra mifandraika amin'ny sampam-panabeazana Nazareana mba hanamafisana ny fifamatorana misy eo amin'ny sampam-panabeazana sy ny fiangonana amin'ny ankapobeny.

**382.7.** Mametraka ny raharahany sy ny fanolorana ataony eny anivon'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe sy ny Birao Foibe mba hankatoaviny tahaka ny fanao amin'ny raharaha sy ny fanolorana ataon'ny departemanta ao amin'ny Birao Foibe.

### D. Ny Mpiandraikitra ny Fanabeazana

**383.** Ny mpitantan-draharaha ao amin'ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana no mpiandraikitra ny fanabeazana, dia voafidy amin'ny alalan'ny roa ampahatelon'ny vato amin'ny fifidianana nataon'ny Birao Foibe avy amin'ny olona iray na mihoatra natolotra, izay efa nankatoavin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no sady natolotry ny komity mpanolotra ahitana solontena roa avy ao amin'ny fanabeazana ao amin'ny Birao Foibe, ireo Mpitantana Foibe tompon'andraikitry ny Birao Iraisam-pirenena misahana ny Fanabeazana sy ny Departemanta Misiona Maneran-tany, ny talen'ny Departemanta ny

Misiona Maneran-tany, ary ny lehiben'ny Filan-kevitra Iraisam-pirenena misahana ny Fampianarana Ambony. (382)

Ny mpiandraikitra ny fanabeazana dia azo fidiana indray amin'ny alalan'ny latsa-bato "eny" na "tsia" ataon'ny Birao Foibe araka ny fankatoavan'ny komity mpanolotra.

Ny andraikitry ny mpiandraikitra ny fanabeazana dia ho hita amin'ny antsipirihany ao amin'ny Lalàn'ny Birao Foibe. (382)

**384.** Ny lalàm-panorenana sy ny lalànan'ny sampam-panabeazana rehetra dia tsy maintsy ahitana hitsivolana iray momba ny faharavana sy ny fahazoana mampiasa ny fananana ka izany dia manambara fa ny Fiangonan'ny Nazareana dia handray izany fananana izany hampiasaina ho amin'ny asa mahasahana ny fanabeazana ho an'ny fiangonana.

FIZARANA V

# Asa Fanompoana sy ny Fanompoam-pivavahana Kristiana

**NY ANTSO SY NY TOETRA TAKIANA AMIN’NY MPANOMPO**

**SOKAJY SY ANJARA ASA AMIN'NY ASA FANOMPOANA**

**FANABEAZANA HO AN’NY MPANOMPON’ANDRIAMANITRA**

**FITSIPIKA MOMBA NY TARATASY FANAMARINANA SY NY ASA FANOMPOANA**

TOKO I

## NY ANTSO SY NY TOETRA TAKIANA AMIN'NY MPANOMPON'ANDRIAMANITRA[1]

**400.** Ny fiangonan'ny Nazareana dia manaiky ary manindry mafy fa ny mpino rehetra dia efa samy nanolo-tena ho amin'ny fampielezana ny filazantsara ka manana adidy izy ireo, noho izany, ny mba hizara izany amin'ny olona rehetra.

Isika koa dia manaiky ary mbola mihazona fa ny Lohan'ny Fiangonana dia miantso olona sasantsasany (lehilahy sy vehivavy) ho amin'ny asa fanompoana ofisialy sy eny anivon'ny sarambabem-bahoaka. Tahaka ny iantsoan'ny Tompontsika izay tiany hankeo Aminy, ary nifidianany sy nanendreny ny apostoly 12 lahy "ho ao aminy sy hirahiny hitori-teny" (Marka 3:14), ary koa mbola miantso sy mandefa mpitondra hafatry ny filazantsara. Ny fiangonana, izay hazavain'ny Fanahy Masina, dia hahafantatra ny antson'ny Tompo.

Ny fiangonana dia ahafantatra ihany koa araka ny Soratra Masina sy ny traikefany fa Andriamanitra dia miantso ny olona tsirairay ho amin'ny asa fanompoana mandritra ny androm-piainany eny fa na dia tsy voaantso manokana ho amin'ny fitoriana teny aza izy.

Rehefa hitan'ny fiangonana ny antson'Andriamanitra, dia tokony raisina ireo dingana tokony arahina mba ahafantarana izany antso izany tokoa sy ho fanamafisana izany, miaraka amin'ny fanampiana izay tokony omena mba hanokafana ny làlana ho an'ilay kandidà ahafahany miditra amin'ilay asa fanompoana.

**401.** Ny faharetan'ny fisiana sy ny fahombiazan'ny Fiangonan'ny Nazareana dia miankina indrindra amin'ny toetoetra ara-panahy, ny toetra, ary ny fomba fiainan'ireo mpanompon' Andriamanitra ao aminy. (433.14)

**401.1.** Ny mpanompon'i Kristy dia tokony ho ohatra ho an'ny ondry amin'ny zavatra rehetra–amin'ny fahamarinana ara-potoana, fahamaotinana, fahazotoana miasa, fahatokiana tokoa; "amin'ny fahadiovana, amin'ny fahalalana, amin'ny fahari-po, amin'ny fahamoram-panahy, amin'ny Fanahy Masina, amin'ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy, amin'ny teny fahamarinana, amin'ny herin'Andriamanitra, amin'ny fiadian'ny fahamarinana, na amin'ny ankavanana na amin'ny ankavia (2 Korintiana 6:6-7).

**401.2.** Ny mpanompon'Andriamanitra mizara ny filazantsara ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia tsy maintsy manana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika, ary nohamasinina tanteraka tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Tokony ho tsapan'io mpanompon'Andriamanitra io any anatiny lalina any fa mandeha amin'ny fahaverezana ireo fanahy izay antony nahafatesan'i Kristy, ka dia antsoin'Andriamanitra mba hanambara na hampahafantatra amin'izy ireo ny vaovao mahafalin'ny famonjena izy.

**401.3.** Ny mpanompon'Andriamanitra dia tsy maintsy manana fahatsapana lalina ihany koa ny amin'ny maha-ilàna ny mpino hizotra amin'ny fahatanterahana sy ny fampandrosoana ny fahasoavana Kristiana amin'ny fiainana andavanandro, ary ny "mbola hitomboan'ny fitiavanareo bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra" (Filipiana 1:9). Ny olona izay te hanompo eo anivon'ny Fiangonan'ny Nazareana dia tsy maintsy mankasitraka tokoa ny famonjena sy ny fitsipi-pitondrantena na etika Kristiana.

---

[1] Ny mpanompo na mpanompon'Andriamanitra voalaza eto dia entina ilazana olona iray nomena alalana, na voatokana na manatontosa iraka.

**401.4.** Ny mpanompon'Andriamanitra dia tsy maintsy manana fanomezam-pahasoavana, ary koa fahasoavana ho amin'ilay asa fanompoana. Manana hetaheta mafy amin'ny fahalalana izy, indrindra ny Tenin'Andriamanitra, ary tsy maintsy manana fitsarana marina, fahalalana tsara, ary fomba fijery mazava mikasika ny planin'ny fanavotana sy famonjena araka izay ambara ao amin' ny Soratra Masina. Ireo olo-masina dia mila haorina mafy ary ireo mpanota hiova fo amin'ny alalan'ny asa fanompoana ataony. Ankoatr'izany, ny mpanompon'Andriamanitra mitondra ny filazantsara ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana dia tsy maintsy ho ohatra amin'ny vavaka ihany koa.

**401.5.** Ny mpanompon'Andriamanitra dia tokony hanararaotra ny fotoana ahafahany manolo-tsaina manokana na mitari-dalana ireo olona miomana ho mpanompon'Andriamanitra ary hanohana ny antso ho amin'ny asa fanompoana ho an'ireo izay efa hita mazava tsara fa manana fanomezam-pahasoavana sy fahasoavana ho amin'ny asa fanompoana iray na koa mahare ny antson'Andriamanitra miantefa amin'izy ireo mba ho amin'ny asa fanompoana Kristiana.

**401.6. Teolojia ho an'ny Ordinasiôna.** Eo am-panamafisana ny fototry ny finoany ara-tSoratra Masina ny maha-fanjaka-mpisorona sy ny maha-mpanompon'ny mpino azy, ny ôrdinasiôna dia taratry ny finoana ara-Baiboly fa hoe miantso lehilahy sy vehivavy sasantsasany ho an'ny fitarihana ny asa fanompoana ho an'ny Fiangonany Andriamanitra. Ny Ordinasiôna dia fanamarinana tsy azo lavina ny fanomezan-dàlana amin'ny asan'ny Fiangonana, izay arindra sy ambara miaraka amin'ny filazantsara sy ny Fiangonan'i Jesosy Kristy. Vokatr'izany, ny ôrdinasiôna dia mitondra fijoroana vavolombelona ho an'ny Fiangonana manerana ny tany sy amin'izao tontolo rehetra izao fa ilay kandidà dia maneho mibaribary ny ohatry ny fiainam-pahamasinana, manana fanomezam-pahasoavana ho an'ny fanompoana ny besinimaro, ary manana hetaheta amin'ny fahalalana, indrindra ho an'ny Tenin'Andriamanitra, sady manana ny fahaiza-mandahatra mazava amin'ny alalan'ny serasera ny foto-pampianarana marina.

(Asa 13:1-3; 20:28; Romana 1:1-2; 1 Timoty 4: 11-16; 5:22; 2 Timoty 1: 6-7; 5:22)

TOKO II

## NY SOKAJY SY NY ANJARA ASA AMIN'NY ASA FANOMPOANA

### A. Ny Mpanompo Laika

**402.** Ny Kristiana rehetra dia tokony hanao ny tenany ho mpanompon'i Kristy ary mitady ny fahalalana ny sitrapon'Andriamanitra mikasika ny hanaovana fanompoam-pivavahana mendrika hatrany. (400).

**402.1.** Na iza na iza mpikambana amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ka mahatsapa nandre antso hanao asa fanompoana toy ny mpanorina fiangonana, antso ho mpitandrina sy hanao asa hafa miaraka amin'izany, ho mpampianatra, ho evanjelistra laika, ho evanjelistra mpihira laika, ho mpanompo amin'ny fitantanana, ho isan'ny mpitantanana laika amin'ny fiangonana, sy/na andraikitra manokana atao amin'ny anaran'ny fiangonana, kanefa tsy mandre antso manokana aloha amin'izao ho lasa mpanompon'Andriamanitra voatokana, dia afaka manaraka fandaharam-pianarana ahazoana fanamarinana amin'ny maha-mpanompo laika.

**402.2.** Ny biraon'ny fiangonana eo an-toerana, araka ny fanolorana ataon'ny mpitandrina, no hanao ny fandinihana voalohany ilay mpanompo laika ny amin'ny traikefany mikasika ny famonjena azy manokana, ny fandraisany anjara feno amin'ny asan'ny fiangonana, ary ny fahalalany ny asan'ny fiangonana, sy ny fahatanterahany izany amin'ny maha-mpanompo manana ny fahaiza-manao ho amin'izany asa fanompoana izany azy.

**402.3.** Ny biraon'ny fiangonana eo an-toerana no manome ny fanamarinana fahazoan-dàlana hanaovan'ny mpanompo laika tsirairay avy asa izay ho soniavin'ny mpitandrina sy ny mpitan-tsoratry ny biraon'ny fiangonana.

**402.5.** Ho an'ny mpanompo laika manao asa fanompoana noho ny fanendren'ny distrika toy ny mpanorina fiangonana, mpisolo mpitandrina, mpitandrina sady manana asa hafa, sy/na asa fanompoana hafa manokana, miankina amin'ny fianarana nataony, dia azon'ny Biraon'ny Mpanolo-tsaina ny Distrika ny manome ny fanamarinana fahazoan-dalana noho izany, izay soniavin'ny mpitantana ny distrika sy ny mpitan-tsoratry ny Biraon'ny Mpanolo-tsaina ny Distrika. Azo havaozin'ny Biraon'ny Mpanolo-tsaina ny Distrika isan-taona ny fanamarinana fanomezan-dalana ho an'ny mpanompo laika araka ny fanoloran'ny mpitantana distrika.

**402.6.** Ny mpanompo laika izay manao asa fanompoana ivelan'ny fiangonana eo an-toerana izay misy ny maha-mpikambana azy dia tokony ho voatendry sy eo ambany fiandraiketan'ny mpitantana distrika sy ny Biraon'ny Mpanolo-tsaina ny Distrika, ary tokony hanao tatitra isan-taona amin'izy ireo. Raha tapitra ny fanendren'ny distrika, dia tokony hatao ny fanolorana ilay mpanompo laika hiverina amin'ny fiangonana eo an-toerana izay itazonany ny maha-mpikambana sy hanaovany fanavaozana sy tatitra indray.

**402.7.** Rehefa vita ny fanatanterahana ny fandaharam-pianaran'ilay mpanompo laika, dia afaka manomana ny fifantohana amin'ny fianarana manokana mikasika ny asa fanompoana nofidiany izy. (Jereo ny Rejisitra misy ny Fanohizana ny Fiofanan'ny mpanompo laika) Ny fanomezana ny vatsy ho an'ny mari-pankasitrahana sy ny firaketana mitovy dia ataon'ny Biraon'ny Fanohizana Fiofanana ho an'ny mpanompo laika.

**402.8.** Tsy afaka manatanteraka ny sakramentan'ny batisa sy ny Fanasan'ny Tompo ny mpanompo laika, ary tsy afaka manatanteraka ny fankalazana mariazy ihany koa.

## B. Ny Asa fanompoan'ny mpitondra Fiangonana na Klerjy

**403.** Fandaminana tokana ihany no eken'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny asa fanompoana fitoriana teny, dia ny loholona. Ekena ihany koa fa ny mpikambana ao amin'ny klerjy na mpitondra fiangonana dia afaka manao asa fanompoana amin'ny fahaiza-manao samihafa. Nantsoin'i Kristy "ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy" (Efesiana 4:11-12). Eken'ny fiangonana ny fanasokajiana manaraka amin'ny fanompoam-pivavahana ka ahitana ny fivorian'ny distrika afaka mametraka ny loholona, diakona, evanjelistra, misionera, mpampianatra, mpitantan-draharaha, mpitaiza ara-panahy, sy ny asa fanompoana manokana hafa. Ny fanompoam-pivavahana izay misy ireo fanasokajiana ireo ka milaza ny kalitao ho "mpanompo notendrena" dia ahitana ny fiofanana amin'ny fanompona sy ny ôrdinasiôna ho zavatra takiana ara-drariny, na tena irina mafy tokoa. Ny *Boky Loharanon-kevitra momba ny Ordinasiôna* no manome ny tari-dàlana amin'ny sokajy tsirairay amin'ny fanompoana izay manampy ny biraon'ny distrika hamantatra ny kalitao ilaina hametrahana ny fijerena izay ho tendrena ho mpanompo. Ny mpanompo notendrena ihany no ho mpikambana afaka mifidy amin'ny fivorian'ny distrika.

**403.1.** Ny olona rehetra notendrena ho amin'ny andraikitra manokana dia tokony hanana rakitry ny tatitra isan-taona izay nampanaovin'ny fivorian'ny distrika azy.

**403.2.** Ny olona rehetra notendrena ho an'ny andraikitra manokana dia afaka mangataka sy mahazo isan-taona fanamarinana ny andraikitry ny asa fanompoany avy amin'ny distrika nanendry azy, izay soniavin'ny mpitantana distrika sy ny mpitan-tsoratra.

**403.3.** Ny olona rehetra notendrena ho an'ny andraikitra manokana amin'ny asa fanompoana, rehefa voalaza fa olona tsy afaka manatanteraka asa araka ny porofo nomena ara-pahasalamana, dia azo sokajiana ho mpanompo "voatendry tsy afa-miasa".

Natao lisitra manaraka ny abidia ny andraikitra amin'ny fanompoana mba ho fandaminana arak'izay maha-mety azy.

## C. Ny Mpitantan-draharaha

**404.** Ny loholona na diakona izay mpitantan-draharaha dia olona iray izay voafidy tamin'ny Fihaonambe ho mpiandraikitra ambony; na mpikambana amin'ny mpitondra fiangonana na klerjy izay voafidy na nampiasain'ny Birao Foibe hanompo amin'ny fiangonana foibe; na loholona iray izay voafidy tamin'ny fivorian'ny distrika ho mpitantana ny distrika; na mpikambana amin'ny mpitondra fiangonana na klerjy izay voafidy na efa niasa amin'ny andraikiny voalohany amin'ny fanompoana eo amin'ny distrika. Izany olona izany dia mpanompo notendrena.

## D. Ny Mpitaiza ara-panahy

**405.** Ny loholona na diakona izay mpitaiza ara-panahy dia olona mahatsapa ny fitarihan'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana manokana eny amin'ny toby miaramila, na orinasa sy toeram-piasana manokana. Ny mpitaiza ara-panahy rehetra dia tsy maintsy nahazo fankatoavana tamin'ny mpitantana ny distrikany avy. Ny olona izay mangataka hanao asa matihanina na asa tendrena amin'ny fitaizana ara-panahy eny anivon'ny tafika Amerikana dia tsy maintsy miseho eo amin'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsainan'ny Mpitaiza ara-panahy sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Ny mpitaiza ara-panahy izay manompo amin'ity asa

fanompoana ity ho asa voalohany iandraiketany ka tsy manana fanohanana amin’ny fisotroan-drononony miaraka amin’ny fiangonana na departemanta hafa na rafitra hafa, dia tokony ho mpanompo notendrena, ary tokony hanao tatitra isan-taona amin’ny fivorian’ny distrika sady hitandrina ny toro-hevitra sy ny fitarihana avy amin’ny mpitantana ny distrika sy ny Filankevitry ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika**.** Afaka mandray mpikambana vao miroso ho ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana ny mpitaiza ara-panahy amin’ny alalan’ny fiaraha-midinika amin’ny Fiangonan’ny Nazareana efa voarindra ofisialy, manao fanatanterahana ny sakramenta mifanaraka amin’ny voalazan’ny *Boky Torolàlana,* manome fikarakarana izay fanaon'ny mpitandrina**,** mampahery ny malahelo, manohana sy mamporisika ary mitady ny fomba rehetra hahatonga fiovam-po amin’ireo mpanota, fahamasinan'ny mpino, ary fanorenana ny olon’Andriamanitra amin’ny finoana masina indrindra. (416, 433.9, 433.11)

## E. Ny Dorkasy

**406.** Ny vehivavy izay mpikambana ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana ary mino fa izy dia notarihin’Andriamanitra hiditra amin’ny asa fanompoana amin'ny marary sy ny tsy ampy fivelomana, hanome fampiononana sy fampaherezana ny malahelo, ary hanao asa fanasoavana Kristiana hafa, ary efa hita porofo teo amin’ny fiainany ny fahakingany manao izany, ny fahasoavany, ary ny maha-ilàna azy, ary efa nahazo fahazoan-dalana na notokanana ho dorkasy talohan’ny taona 1985 dia hitohy hitana izany toerany izany hatrany. Na izany aza, ireo vehivavy voaantso ho amin’ny asa fanompoana matihanina saingy tsy nantsoina hitory teny kosa dia hanatanteraka ny fepetra takiana ho amin’ny fanokanana hametrahana azy amin’ny toeran’ny diakona. Ireo vehivavy maniry ny hanana taratasy fanamarinana ho amin’ny fanaovana asa fiantrana dia afaka manatanteraka araka ny fepetra takiana ho an’ny mpanompo laika. (113.8, 402-2.8)

## F. Ny Mpanabe

**407.** Ny loholona, diakona na manompo nahazo fanomezan-dàlana izay mpanabe no ampiasaina hanao asa fanompoana ao amin'ny fitantanan-draharaha ao amin’iray amin’ireo toeram-pampianaran’ny Fiangonan’ny Nazareana.

## G. Evanjelistra

**408.** Ny loholona na mpanompo manana fahazoan-dalana izay evanjelistra dia olona nanolo-tena ho amin’ny fandehanana hitory ny filazantsara, ary koa nomen’ny fiangonana alalana hampandroso ny fifohazam-panahy sy hampiely ny filazantsaran’i Jesosy Kristy manerana ny tany. Ny Fiangonan’ny Nazareana dia manaiky ny fisian’ny sokajy telo eo amin’ny fitoriana filazantsara mifindrafindra toerana amin’izay mety hanirahan’ny fivorian’ny distrika ireo mpanompo: evanjelistra voasoratra anarana, evanjelistra nahazo iraka, ary evanjelistra raikitra. Ny evanjelistra izay manokana fotoana ho amin’ny fitoriana filazantsara any ivelan’ny fiangonana eo an-toerana misy azy, ary ho andraikitra voalohany sahaniny izany, sady tsy mitana ny toeran’ny mpisotro ronono ao amin’ny fiangonana, na ny iray amin’ireo departemanta na sampana ao aminy, dia ho mpanompo efa notendrena.

**408.1.** Ny evanjelistra voasoratra anarana dia loholona, na mpanompo manana fahazoan-dalana avy amin’ny distrika izay naneho ny faniriana hanao ny asa fitoriana filazantsara ho andraikitra voalohany amin'y asa fanompoany. Ny faharetan’izany fanoratana izany dia herintaona. Homena ny fanavaozana izany isaky ny aorian’ny fivorian’ny distrika saingy

miankina amin'ny fahatsarana sy ny fahabetsahan'ny asa fitoriana filazantsara nandritra ny taona mialoha ny fivoriana.

**408.2.** Ny evanjelistra nahazo iraka dia loholona izay efa nahafeno ny fepetra takiana rehetra amin'ny evanjelistra voasoratra anarana nandritra ny roa taona maninjitra. Ny iraka dia ao anatin'ny herintaona ary azo havaozina isaky ny aorian'ny fivorian'ny distrika ho an'ny olona izay mahafeno hatrany ny fepetra takiana rehetra.

**408.3.** Ny evanjelistra raikitra dia loholona izay efa nahafeno ny fepetra takiana rehetra amin'ny evanjelistra nahazo iraka nandritra ny 4 taona misesy sy tsy an-kiato mialoha ny fangatahany ny satan'ny evanjelistra raikitra, ary efa natolotry ny Birao Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana eo amin'ny Distrika no sady efa nankatoavin'ny Komity Mikarakara ireo Voantson'Andriamanitra ho Evanjelistra sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Izany fanendrena azy izany dia hitohy hatrany raha tsy hoe amin'ny fotoana izay tsy ahafenoan'ilay evanjelistra intsony ny fepetra takiana ho an'ny evanjelistra nahazo iraka, na rehefa tonga amin'ny toeran'ny mpisotro ronono izy. (228.2, 431)

**408.4.** Misy fotoana hanaovana tomban'ezaka sy fijerena indray ny amin'ny asany tahaka izay atao amin'ny asa fitandremana izay hotarihin'ny evanjelistra sy ny mpiandraikitra ny distrika miaraka, farafahakeliny, isaky ny efa-taona ao aorian'ny fifidianana azy hitana ny toerana maha matihanina azy. Ny mpitantana ny distrika no ho tompon'andraikitra amin'ny famolavolana ny fandaharam-potoana sy ny fitarihana ny fivoriana. Io fivoriana io moa dia harindra miaraka amin'ilay evanjelistra. Rehefa vita izany fandinihana izany, dia hisy tatitra mikasika ny vokatr'izany halefa any amin'ny Komity Mikarakara ireo Voantson'Andriamanitra ho Evanjelistra hanaovana tomban'ezaka ny amin'ny fahafenoana ny fepetra takiana ahafahany mbola mahazo fankatoavana hatrany. (208.19)

**408.5.** Ny loholona na mpanompo manana fahazoan-dalana izay mitana ny toerana maha mpisotro ronono azy ao amin'ny fiangonana na ny departemanta ao aminy, izay maniry ny hanao asa fanompoana amin'ny alalan'ny fifohazam-panahy na famoriana olona amin'ny fitoriana filazantsara, dia afaka mahazo fanamarinana ho an'ny "asa fitoriana filazantsara ataon'ny efa misotro ronono." Izany taratasy fanamarinana izany moa dia hanan-kery mandritra ny herintaona, ary ho fidian'ny fivorian'ny distrika araka ny fanolorana ataon'ny mpiandraikitra ny distrika, ary azo havaozina isaky ny aorian'ny fivorian'ny distrika arakaraka ny fahitana ny asa fitoriana filazantsara natao ny taona mialoha ny fivoriana.

**408.6.** Ny loholona na mpanompo manana fahazoan-dalana maniry ny hiditra amin'ny sehatry ny fitoriana filazantsara eo elanelan'ny fivorian'ny distrika roa dia hahazo fanekena avy amin'ny birao foibe misahana ny Asa Fitoriana Filazantsara araka ny fanolorana ataon'ny mpitantana ny distrika. Ny fisoratana anarana na ny fandefasana ho iraka dia ho fidian'ny fivorian'ny distrika amin'ny fangatahan'ny mpitantana amin'ny distrika.

**408.7.** Ny Tari-dalana sy ny fomba fanomezana ny taratasy fanamarinana ireo anjara asan'ny evanjelistra dia hita ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra amin'ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana.*

### H. Ny Mpanompo misahana ny Fanabeazana Kristiana

**409.** Ny mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana na klerjy manao asa fanompoana amin'ny fandaharan'asa momba ny fanabeazana Kristiana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana dia azo tendrena ho mpanompo misahana ny fanabeazana Kristiana.

**409.1.** Ny olona izay manana fahazoan-dalana na nahazo iraka ho mpanompo misahana ny fanabeazana Kristiana, mialoha ny taona 1985, dia hitohy ho amin'izany ihany. Na izany

aza, ireo olona izay maniry ny hanomboka hitana ny anjara asan'ny mpanompo misahana ny fanabeazana Kristiana dia afaka mameno ny fepetra takiana ho amin'ny fanokanana ho amin'ny toeran'ny diakona mba ho toy ny fanamarinana azy ireo ny amin'io asa fanompoana io.

### I. Ny Mpanompo misahana ny Mozika

**410.** Ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izay mahatsapa fa voaantso ho amin'ny asa fanompoana amin'ny alalan'ny mozika dia azon'ny fivorian'ny distrika omena iraka ho mpanompo misahana ny mozika mandritra ny herintaona, raha toa izany olona izany ka (1) natolotry ny biraon'ny fiangonana ao amin'ny fiangonana an-toerana maha-mpikambana azy ho amin'izany asa izany; (2) mampiseho ny porofon'ny fahasoavana noraisiny, fanomezam-pahasoavana, ary ny maha ilàna azy; (3) manana traikefa amin'ny fanompoana amin'ny alalan'ny mozika herintaona farafahakeliny; (4) nianatra ny feo amin'ny mozika teo ambany fiahian'ny mpampianatra manam-pahaizana manokana ny amin'izany nandritra ny herintaona farahafakeliny ary mbola manaraka izany fampianarana izany na izay mitovy lenta amin' izany izay natao ho an'ny mpanompo misahana ny mozika na efa nahavita izany; (5) mandray anjara tsy tapaka amin'ny fanompoana amin'ny alalan'ny mozika; (6) efa notomoerina tsara ny momba azy, teo ambany fitarihan'ny fivorian'ny distrika ao anatin'ny faritra misy ny fiangonana maha-mpikambana ilay olona, mikasika ny mahamendrika azy ho amin'izany eo amin' ny fahakingany sy ny lafiny ara-panahy, ary ny fahafahany manao izany asa izany amin'ny ankapobeny. (203.10)

**410.1.** Ireo olona izay manao io asa fanompoana io ka manao izany ho andraikitra voalohany amin'ny fanompoany sy ho antsony ary manana ny fanamarinana amin'ny asa fanompoana ihany no azo heverina ho mpanompo voatendry.

### J. Ny Misionera

**411.** Ny misionera dia mpikambana ao anatin'ny mpitondra fiangonana na klerjy na laika izay notendren' ny Birao Foibe hiasa ho an'ny fiangonana amin'ny alalan'ny Komitin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany na amin'ny alalan'ny Komitin'ny Fitoriana Filazantsaran'ny Etazonia/Kanada. Ny misionera izay nahazo fanendrena sy manana fanamarinana manome alalana amin'ny asa fanompoana no azo heverina ho mpanompo voatendry.

### K. Ny Mpitandrina

**412.** Ny mpitandrina iray dia mpanompo (115), izay nandre ny antson'Andriamanitra sy ny olony, ka mitandrina ny fiangonana eo an-toerana. Ny Mpitandrina izay miandraikitra ny fiangonana eo an-toerana dia mpanompo voatendry. (210)

**413. Ny andraikitry ny mpitandrina** dia ny:

**413.1.** Mitory ny Teny.

**413.2.** Mampitao ny olo-masina amin'ny asa fanompoana.

**413.3.** Mandray ny olona ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana araka ny 107 sy ny 107.1.

**413.4.** Mitantan-draharaha amin'ny sakramenta.

**413.5.** Miahy ny olona amin'ny alalan'ny famangiana araka ny asa fitandremana, singanina manokana amin'izany ireo marary sy ny mila fanampiana.

**413.6.** Mampionona ireo izay nidonam-pahoriana.

**413.7.** Manitsy, mananatra, ary mampahery amim-paharetana tokoa sy amin'ny fampianarana voatandrina fatratra.

**413.8.** Mikatsaka, amin'ny fomba rehetra, ny fiovam-pon'ny mpanota, ny fanamasinana manontolo ho an'izay efa niova fo, ary ny fampandrosoana ny olon'Andriamanitra ho amin'ny finoana masina indrindra. (25)

**413.9.** Miahy ny departemanta rehetra ao amin'ny asan'ny fiangonana eo an-toerana.

**413.10.** Manendry mpampianatra Sekoly Alahady araka ny 145.8.

**413.11.** Mitantana ny sakramentan'ny Fanasan'ny Tompo farafahakeliny indray mandeha isaky ny efa-bolana. Ny mpanompo manana fahazoan-dalana izay tsy mifanaraka tanteraka amin'ny voalazan'ny 427.7 (jereo koa 802) dia handamina ny amin'ny fitantanana ny sakramenta ataon'ny mpanompo efa notokanana. Azo atao ny mijery ny fanitarana ny Fanasan'ny Tompo ho amin'ireo olona voatery mijanona any an-trano, eo ambany fanaraha-mason'ny mpitandrina.

**413.12.** Mamaky amin'ny mpiangona ny Lalàm-panorenan'ny Fiangonan'ny Nazareana sy ireo fifanekena amin'ny fitondrantena Kristiana hita ao amin'ny 1-27, 33-39, izy roa indray miaraka, isan-taona (114), na koa manao printy ity ampahan'ny *Boky Torolàlana* ity ka hizara izany amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana isan-taona.

**413.13.** Manara-maso ny fanomanana ny tatitra momba ny antontan'isa rehetra avy amin'ny departemanta rehetra ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, ary hanolotra izany tatitra rehetra izany avy hatrany any amin'ny fivorian'ny distrika amin'ny alalan'ny mpitantsoratry ny distrika. (114.1)

**413.14.** Mitarika fandaharam-potoana amin'ny fitoriana filazantsara, fanabeazana, fotoam-bavaka, ary ny fandaharan'asa fanitarana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana mifanaraka amin'ny fandaharan'asa sy ny tanjona fampandrosoana ny fiangonana ao amin'ny distrika sy amin'ny fiangonana ankapobeny.

**413.15.** Manolotra ny tatitra amin'ny fivoriana fanaon'ny fiangonana isan-taona, tafiditra ao anatin'izany ny tatitra momba ny satan'ny fiangonana eo an-toerana sy ny departemanta ao aminy avy, ary ny lisitra momba ny lafin-javatra ilaina amin'ny ho avy miaraka amin'ny fanolorana ataon'ny fiangonana amin'izay mety ho tompon'andraikitra na departemanta ao aminy momba ny fandinihana sy/na fananganana amin'ny dingana manaraka ny amin'ny fitomboana sy fandrosoana.

**413.16.** Manendry komity mpanao fanadihadiana ahitana olona telo raha toa misy fitoriana mikasika mpikambana iray ao amin'ny fiangonana. (501-1.2)

**413.17.** Mijery raha toa ny vola rehetra natao ho amin'ny Tahirim-bolan'ny sampana Fitoriana Filazantsara Maneran-tany izay voaangon'ny Iraka Iraisam-pirenen'ny Nazareana eo an-toerana dia efa napetraka ara-potoana any amin'ny mpitahiry vola foibe; ary ny vola natokana ho an'ny Tahirim-bola ho amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika dia napetraka ara-potoana any amin' ny mpitahiry volan'ny distrika. (136.2)

**413.18.** Manendry ireo olona rehetra mandray karama ao amin'ny fiangonana eo an-toerana hiasa ao amin'ny biraon'ny fiangonana, ary miandraikitra ny fanaraha-maso azy ireo. (160.1-60.3)

**413.19.** Manao sonia, miaraka amin'ny mpitantsoratry ny fiangonana, ny taratasy rehetra momba ny fananan-tany sy trano, ny findramam-bola na fanafoanana izany findramam-bola izany, ny fifanarahana, ary ireo antontan-taratasy ara-panjakana hafa izay tsy voalaza ao amin'ny *Boky Torolàlana*. (102.3, 103-4.3)

**413.20.** Mampandre ny mpitandrina any amin'izay fiangonana akaiky indrindra raha misy mpikambana na namana avy ao amin'ny fiangonana eo an-toerana na iray amin'ireo sampana ao aminy mifindra any amin'ny toerana iray ao anatin'io fivorian'ny distrika iray io ihany raha toa ka tsy afaka ny hanana fiaraha-miasa akaiky miaraka amin'ilay fiangonana eo an-toerana teo aloha intsony izy, ka manome azy ny adiresin'ilay mpikambana na ilay namana. Raha toa ka any ivelan'ny faritry ny fivorian'ny distrika ny toerana ifindran'ilay olona, ny mpitandrina dia hampandre avy hatrany ny Sampana misahana ny Fitoriana Filazantsara sy ny Fandrosoan'ny Fiangonana izay Miandraikitra ny Fifindran-toerana, ka hanome azy ny anarana sy ny adiresy vaovao.

**413.21.** Mandrindra, miaraka amin'ny biraon'ny fiangonana, araka ny planina napetraky ny Fihaonambe sady neken'ny fivorian'ny distrika, ny amin'ny fanangonana ny ampahambola natao ho an'ny fiangonana eo an-toerana ho amin'ny Tahirim-bola ho an'ny Fitoriana Filazantsara Maneran-tany sy ny Tahirim-bola ho amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika ao amin'ny fiangonana eo an-toerana; ary hanangona vola ho amin'izany ampahambola izany. (38.2, 130, 154)

**413.22.** Ny Mpitandrina dia afaka manome taratasy fifindran-toerana ho an'ny mpikambana, taratasy manamarina ny fanolorana azy, na taratasy fampiatoana, raha toa ka misy mpikambana iray mangataka izany. (111-11.1, 112.2, 813.2- 13.5)

**413.23.** Ny Mpitandrina, avy hatrany, dia ho filohan'ny fiangonana eo an-toerana, ho mpitarika ny biraon'ny fiangonana, ary ho mpikambana ao amin'ny birao na komity mitsangana sy voafidy rehetra misy ao amin'ny fiangonana itandremany. Afaka hijery ny amin'ny fitanana an-tsoratra rehetra momba ny fiangonana eo an-toerana ny mpitandrina. (127, 145, 150, 152, 153.1)

**413.24.** Mikolokolo ny antso izay tsapan'ny olona ny amin'ny asa fanompoana Kristiana sy manomana ireo olona izay voaantso ireo. Voafaoka ao anatin'izany ny fitarihan-dalana azy ireo ho amin'ny fiomanana araka ny tokony ho izy ho amin'ny asa fanompoana.

**413.25.** Manatontosa izay antenain'Andriamanitra sy ny Fiangonana aminy mba hanana fandaharam-potoana hianarana hatrany mandritra ny androm-piainana.

**413.26.** Mikolokolo ny antso izay azony mandritra ireo taona hanaovany asa fanompoana, hitohy hanana fiainana feno fanoloran-tena sy fiderana an'Andriamanitra izay hampanankarena ny fanahiny, ary, raha toa ka efa manam-bady izy, dia hitahiry ny fahamarinana sy ny aina mamelona izany fifandraisana ara-panambadiana izany.

**414.** Ny mpitandrina dia hanana zo hanome ny heviny mikasika ny fanendrena ny filohan'ny departemanta rehetra ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, sy ny fikambanana Sekoly/akanin-jaza Nazareana (miatomboka amin'ny fahaterahana hatramin'ny ambaratonga faharoa).

**415.** Ny mpitandrina dia tsy hanao fifanarahana momba ny fanaovana trosa, tsy hamorona zavatra tsy maintsy hamoaham-bola, tsy hanisa vola ary tsy hamoaka ny vola voangon'ny fiangonana eo an-toerana raha tsy efa nahazo alalana sy toro-marika amin'ny alalan'ny fifidianana andanian'ny maro an'isa ao amin'ny biraon'ny fiangonana na tamin'ny alalan'ny fifidianana nataon'ny maro an'isa tao amin'ny fivorian'ny fiangonana; izany fanapahankevitra izany, raha toa noraisina, dia tsy maintsy efa nahazo fankatoavana an-tsoratra avy amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ary raiketina ao anatin'ny zavatra notapahan'ny biraon'ny fiangonana na ny fivorian'ny fiangonana. Tsy misy mpitandrina na ao anatin'ny fianakaviany akaiky manana fahefana hanao sonia taratasim-bola (chèques) amin'ny anaran'ny fiangonana raha tsy efa nahazo ny fankatoavana an-tsoratra avy amin'ny

mpitantana ny distrika. Ny atao hoe fianakaviana akaiky dia ny vady, ny zanaka, ny iray tampo, na ny ray aman-dreny (129.1, 129.21-29.22)

**416.** Ny mpitandrina dia tokony hanisy lanjany hatrany ny toro-hevitra noraisina avy amin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina ny Distrika. (222.2, 433.2)

**417.** Raha toa ka misy mpanompo manana fahazoan-dalana na efa notokanana tonga maneho ny taratasy fanomezam-pahefana azy avy amin'ny fiangonana hafa, manao fangatahana ny hiditra ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny fivorian'ny distrika, ny mpitandrina dia tsy afaka ny handray avy hatrany izany olona nanao fangatahana izany raha tsy efa nahazo ny fankatoavana manaiky izany mialoha avy amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. (107, 225)

**418.** Amin'ny fanatontosany izany asa izany, ny mpitandrina dia tokony ho tompon'andraikitra manoloana ny fivorian'ny distrika izay tokony hanaovany tatitra isan-taona sy fijoroana vavolombelona ny amin'ny zavatra efa niainany manokana teo amin'ny finoana Kristiana. (203.3, 427.8, 433.9)

**419.** Ny mpitandrina dia ho tonga mpikambana avy hatrany ao amin'ny fiangonana izay maha mpitandrina azy; na ho tonga mpikambana ao amin'ny fiangonana izay tiany raha toa ka mitandrina fiangonana mihoatra ny iray izy. (433.8)

**420. Ny Andraikitra ara-pitandremana** dia mahafaoka ny asa fanompoana ataon'ny mpitandrina na ny mpitandrina mpiara-miasa, izay afaka miasa amin'ny seha-mpanompoana manokana efa nekena sy nankatoavin'ireo sampan-draharaha mpitantana ary mpanome alalana sy fankatoavana. Ny mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana izay nantsoina ho amin'ireo ambaratongan'asa ara-pitandremana ireo izay mifandray amin'ny fiangonana no azo heverina ho mpanompo voatendry.

**421.** Mpitandrina mpisolo**.** Ny mpitantana ny distrika dia manana fahefana hanendry mpitandrina mpisolo, izay hiasa araka izao fitsipika manaraka izao:

1. Ny mpitandrina mpisolo dia mety ho mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana na Klerjy manana andraikitra hafa, mpanompo eo an-toerana na mpanompo laika ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, mpanompo eo an-dalam-pifindrana avy amin'ny fiangonana hafa, na mpanompo avy amin'ny fiangonana hafa.
2. Ny mpitandrina mpisolo dia tendrena vonjy maika hitory teny ao am-piangonana sy hanao asa fanompoana ara-panahy, saingy tsy hanana fahefana hitantana ny sakramenta na hanatanteraka ny fitsofandrano fanambadiana raha tsy efa nananany angaha izany fahefana izany, ary tsy hiandraikitra ny fitantanan-draharaha izay anjara andraikitry ny mpitandrina izy ankoatry ny famenoana tatitra, raha tsy efa nahazo alalana avy amin'ny mpitantana ny distrika hanao izany.
3. Ny fidiran'ny mpitandrina mpisolo ho mpikambana ao amin'ny fiangonana izay iasany dia tsy mandeha ho azy.
4. Ny mpitandrina mpisolo dia mpikambana tsy manana zo hifidy ao amin'ny fivorian'ny distrika raha tsy hoe mpikambana manana zo hifidy amin'ny alalan'ny zo hafa izy
5. Ny mpitandrina mpisolo dia azon'ny mpitantana ny distrika esorina na soloina amin'ny fotoana rehetra.

### L. Mpitory Filazantsara an-kira

**422.** Ny mpitory filazantsara an-kira dia mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izay manana eritreritra ny hanokana ny ampahany betsaka amin'ny fotoanany hanao ny fitoriana filazantsara amin'ny alalan'ny mozika. Ny mpitory filazantsara an-kira manana taratasy fanomezam-pahefana amin'ny asa fanompoana izay manolotra ny fotoanany rehetra ho amin'ny fitoriana filazantsara ka manao izany ho lohalaharana, ary koa tsy mitana ny toeran'ny mpisotro ronono ao amin'ny fiangonana na ny iray amin'ny departemanta na sampam-panabeazana ao aminy, dia heverina ho mpanompo voatendry.

**422.1.** Ny tari-dàlana sy ny fomba fiasa hanomezana taratasy fanamarinana ny amin'ny asan'ny mpitory filazantsara an-kira dia voarakitra ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana.*

## M. Ny Asa Fanompoana Manokana

**423.** Ny mpikambana iray ao amin'ny mpitondra fiangonana na Klerjy manao asa fanompoana mavitrika izay tsy dia tena voafaritra mazava tsara dia ho tendrena ho amin'ny asa fanompoana manokana, raha toa ka ankatoavin'ny fivorian'ny distrika izany asa fanompoana izany, ary hataon'ny distrika ao anatin'ny lisitry ny mpanompo voatendry.

**423.1.** Ny loholona na diakona izay miasa eo anivon'ny sehatr'asa fanompoana ho toy ny tompon'andraikitry ny fikambanana iray mifandraika amin'ny fiangonana ary miasa ho an'izany fiangonana izany, na nahazo fankatoavana araka ny tomban'ezaka nataon'ny fivorian'ny distrika misy azy tamim-pitandremana mba hiasa amin'ny sampam-panabeazana na amin'ny fitoriana filazantsara, na fikambanana misionera tsy mifandray mivantana amin'ny fiangonana, dia azo tendrena hanao asa fanompoana manokana araka ny 433.11.

TOKO III

## FANABEAZANA HO AN’NY MPANOMPON’ANDRIAMANITRA

### A. Ho an’ny Mpanompo

**424.** Ny fandaharam-pianarana ho an’ny fanompoana dia natao hanampy amin’ny fanomanana ireo mpanompo voaantson’Andriamanitra izay manana andraikitra lehibe tokoa amin’ny fampielezana sy fanitarana ny hafatry ny Fahamasinana any amin’ny toeran-kafa vaovao izay ahafahana manao izany. Mahatsapa tokoa isika ny maha zava-dehibe ny fahazoana mazava tsara ny iraka nanirahana antsika izay mifototra indrindra amin’ny irak’i Kristy ho an’ny Fiangonana ao amin’ny Matio 28:19-20, mba “handeha sy hanao mpianatra.” Ny ampahany betsaka amin’ny fanomanana dia manana natiora ara-toelojia sy ara-Baiboly voalohany indrindra, izay mitarika ho amin’ny fanokanana ho amin’ny asa fanompoana ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana. Ny Biraon’ny Fianarana ho amin’ny asa fanompoana no hamaritra ny fametrahana ny tsirairay ho amin’ny toerany sy hanao tomban’ezaka ny amin’ny fandrosoan’ny mpianatra tsirairay avy amin’ny fianarana ataony.

**424.1. Fahatontosan’ny Fandaharam-pianarana Fototra ho an’ny Mpanompo efa notokanana.** Misy toeram-panabeazana maro sy fandaharam-pianarana maro samihafa izay atolotry ny Fiangonan’ny Nazareana manerana izao tontolo izao. Ny zava-misy any amin’ny faritra sasany eto amin’izao tontolo izao dia ahafahana manao sy mampivelatra fandaharam-pianarana mihoatra ny iray na manokatra làlana mihoatra ny iray ihany koa izay ahazoana manatontosa fandaharam-pianarana fototra ho amin’ny asa fanompoana. Ny zavatra andrandraina amin’izany amin’ny ankapobeny dia ny hoe ny mpianatra tsirairay handray tombontsoa amin'ny fahazoana fampianarana ilaina amin'ny asa fanompoana izay omen’ny Fiangonana azy any amin’ny faritra samihafa misy azy eto amin’izao tontolo izao. Indraindray ny zava-mitranga manokana eo amin’ny mpianatra no mety mahatonga ny tsy fahafahana manao izany. Ny Fiangonana dia hiezaka ny hampiasa izay zava-misy eo am-pelatanany araka izay azony atao ny amin’ny fomba fandefasana ny lesona mba ahafahana manome izany fiofanana izany ho azon’ny olona tsirairay avy izay nantsoin’Andriamanitra ho amin’ny asa fanompoana ao amin’ny Fiangonana. Ny taranjam-pianarana efa nahazo fankatoavana, izay notarihina sy voamarin’ny Biraon’ny Fianarana ho amin’ny asa fanompoana eo amin’ny distrika, sy ny fandaharam-pianaran’ny kolejy/Seminera, nohatsarain'ny sampan-draharaha misahana ny fanabeazana dia azo ampiasaina. Tokony samy ahitana ny foto-kevi-dehibe iraisana izy ireo araka ny drafitra ao amin’ny *Boky Lohanon-kevitra Iraisam-pirenena mikasika ny Fenitra fampivelarana* ny *Ordinasiôna* sy ny *Boky Loharanon-kevitra amin’ny Ordinasiôna* eo amin’ny faritra. Mahavita ny fianarany ireo mpanompo manana fahazoan-dalana raha toa ka nahatanteraka hatramin’ny farany tamin'ny fahafaham-po ny fandaharam-pianarana izay mitarika ho amin’ny fanokanan’ny kolejy/oniversite ary seminera ara-Baiboly sy ara-literatiora azy, ka ny fandaharam-pianarana mizotra ho amin’ny fanokanana izay omen’izy ireo dia tohanana sy ankatoavin’ny Komity Mpanolo-tsaina ny amin’ny Fandaharam-pianaran'ny Faritra, sady natolotry ny Komity Mpanolo-tsaina ny amin'ny Fandaharam-pianarana Iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny Fampandrosoana ny Asa Fitandremana, mba hatsangan’ny Birao Foibe sy hankatoavin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe.

**424.2. Fanamboarana ny Fandaharam-pianarana Fototra ho an'ny Mpanompo efa Notokanana hifanaraka amin'ny kolotsaina.** Ny fahasamihafan'ny tontolo manodidina ara-kolotsaina manerana izao tontolo izao dia mahatonga ny fandaharam-pianarana iray tsy ho azo ampiasaina amin'ny faritra rehetra manerana izao tontolo izao. Ny faritra tsirairay avy eto amin'izao tontolo izao dia ho tompon'andraikitra amin'ny famolavolana ny fepetra takiana amin'ny fandaharam-pianarana manokana mba ahafahana manome ny fandaharam-pianarana fototra ho amin'ny asa fanompoana amin'ny fomba izay ahitana taratra ny zavatra misy sy ny zavatra andrasana eo amin'io faritra io. Ny fankatoavana avy amin'ny Komitin'ny Fankatoavam-pianarana, ny Birao Foibe, ary ny Biraon'ny Mpitantana Foibe (424.5) dia takiana mihitsy mialoha ny hananganana fandaharam-pianarana iray natokana ho an'ny faritra iray mba ahafahana manome fandaharam-pianarana fototra ho amin'ny asa fanompoana. Eny fa na dia ao anatin'ny faritra iray eto amin'izao tontolo izao aza dia ahitana fahasamihafana eo amin'ny zava-misy sy andrandraina ara-kolotsaina. Noho izany, ny fahatsapana sy ny fahaizana manamboatra izany araka ny kolontsaina misy no mamaritra ny zavatra atolotra isam-paritra amin'ny fandaharam-pianarana fototra ho amin'ny asa fanompoana izay ho eo ambany fitarihana sy fanaraha-mason'ny Biraon'ny Fianarana amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika. Ny fanamboarana ny fandaharam-pianarana tsirairay avy isam-paritra hifanaraka amin'ny kolotsaina misy mba hanomezana fandaharam-pianarana fototra ho amin'ny asa fanompoana dia halefa ankatoavin'ny Fampandrosoana ny Asa Fitandremana sy ny Komitin'ny Fankatoavam-pianarana Iraisam-pirenena izay niaraha-nidinika tamin'ny Mpandrindra ny fanabeazana amin'ny faritra.

**424.3. Sehatry ny Fandaharam-pianarana Ankapobeny ho amin'ny fanomanana araka asa fanompoana.** Na dia heverina ho toy ny fandaharam-pianarana akademika sy votoatim-pampianarana fotsiny ihany aza matetika ny fandaharam-pianarana omena, ny hevitra fototra ao amin'izany kosa dia lehibe lavitra. Ny toetran'ny mpampianatra, ny fifandraisana eo amin'ny mpampianatra sy ny mpianatra, ny tontolo manodidina, ary ny traikefa niainan'ny mpianatra teo aloha dia mifanampy amin'ny votoatin'ny fampianarana mba hanamboarana fandaharam-pianarana feno. Na dia izany aza, ny fandaharam-pianarana ho amin'ny fanomanana araka asa fanompoana dia ahitana ireo ampahany kely indrindra amin'ny fandaharam-pianarana izay manome ny fanabeazana fototra ilaina ho amin'ny asa fanompoana.

Ny fahasamihafana eo amin'ny kolotsaina sy ny karazana zava-misy iaingana dia mitaky fahasamihafana amin'ny antsipirihany eo amin'ny firafitry ny fandaharam-pianarana. Na izany aza, ny fandaharam-pianarana rehetra izay natao hanomezana fandaharam-pianarana fototra ho amin'ny asa fanompoana hanokanana olona izay mila fankatoavana avy amin'ny Fampandrosoana ny Asa Fitandremana dia tsy maintsy hitandrina manokana ny amin'ny votoatiny, ny fahaizany, ny toetrany, ary ny zava-misy na ny tontolo manodidina. Ny tanjon'ny fandaharam-pianarana nankatoavina iray dia ny hisian'ny fampianarana izay mahafaoka ireo singa efatra fototra ao amin'ny dingana samihafa ka hanampy ny mpanompo hanatontosa ny iraky ny Fiangonan'ny Nazareana araka izay efa neken'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe toy izao manaraka izao:

> "Ny iraky ny Fiangonan'ny Nazareana dia manatanteraka ny Iraka Lehibe nomen'i Kristy, ao amin'ny Matio 28:19, 'mandeha sy hanao mpianatra ny firenena rehetra.' Ny tena tanjon'ny Fiangonan'ny Nazareana dia ny hampandroso ny fanjakan'Andriamanitra

amin'ny alalan'ny fitehirizana sy fanapariahana ny fahamasinana Kristiana araka izay voalaza ao amin'ny Soratra Masina."

"Ireo tanjona lehibe ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana dia 'ny fiombonana masina Kristiana, ny fiovam-pon'ny mpanota, ny fanamasinana manontolo ho an'ny mpino, ny fampandrosoana azy ireo ho amin'ny fahamasinana sy ny fahatsorana ary ny hery ara-panahy izay hita tao amin'ny fiangonana voalohany ao amin'ny Testamenta Vaovao, miaraka amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra'" (25)

Ny fandaharam-pianarana atolotra dia voafaritra amin'ireto sokajy manaraka ireto:

- Ny votoatiny – Ny fahalalana ny votoatin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao, ny teolojian'ny finoana Kristiana, ary ny tantara sy ny iraky ny Fiangonana dia zava-dehibe amin'ny asa fanompoana. Fahalalana ny fomba fandikana ny hevitra ambaran'ny Soratra Masina, ny foto-pampianarana momba ny fahamasinana sy izay mampiavaka antsika Wesleyana, ary ny tantara sy ny fomba fiasan'ny Fiangonan'ny Nazareana dia tsy maintsy tafiditra ao anatin'ny fampianarana.
- Ny fahaizany – fahakingana amin'ny fifaneraserana am-bava sy an-tsoratra; ny fitantanana sy ny fitarihana; ny momba ny vola; ary ny saina tia manadihady dia tena ilaina tokoa amin'ny asa fanompoana. Ho fanampin'ny fanabeazana ankapobeny amin'ireo sehatra ireo, dia tsy maintsy tafiditra ao anatin'izany ihany koa fandaharam-pianarana izay mahatonga ho kinga amin'ny fitorian-teny, fiahiana sy fanoroan-kevitra amin'ny maha mpitandrina, fanazavan-kevitra ara-baiboly, fitarihana fotoam-pivavahana, fanaovana fitoriana filazantsara amim-pahombiazana, fahaiza-mitantana ny fiainana ara-baiboly, fanabeazana Kristiana ary fitantanana ny ao amin'ny Fiangonana. Ny fahavitana ny fandaharam-pianarana sy ny fahazoana mari-pahaizana dia mitaky ny fiaraha-miasan'ny mpanabe sy ny fiangonana eo an-toerana mba ahafahana mitarika ny mpianatra ho amin'ny fampiharana avy hatrany ilay asa fanompoana sy ny fampivelarany ny fahaizany.
- Ny toetrany – ny fandrosoana amin'ny toetra, fitondran-tena, fiainana ara-panahy manokana, ary ny fifandraisanao manokana sy eo amin'ny fianakaviana dia zava-dehibe tokoa amin'ny asa fanompoana. Koa dia tsy maintsy tafiditra ao ihany koa ny fandaharam-pianarana izay mifantoka indrindra amin'ny sehatry ny etika Kristiana, ny fanabeazana ara-panahy, fampivelarana ny maha olombelona, ny tena maha izy azy ny mpanompon'Andriamanitra, ary ny hery manohana sy manetsika ny fiainam-panambadiana sy ny fiainam-pianakaviana.
- Ny tontolo manodidina (contexte) – Ny mpanompo dia tokony hahazo ny zava-misy ara-tantara sy ny zava-misy iainana ankehitriny no sady miezaka manazava ny fomba fijery sy ny tontolo ara-piarahamonina misy ao amin'ny kolontsaina ao amin'ny faritra izay anaovan'ny Fiangonana fijoroana vavolombelona. Dia tsy maintsy ampidirina ao izany ny fandaharam-pianarana izay miresaka ny olana momba ny "anthropologie" na ny siansa mandinika ny amin'ny olombelona sy sôsiôlôjia, ny fifandraisana eo amin'ny kolotsaina samihafa, ny iraka, ary ny fandinihana ny fiaraha-monina.

**424.4.** Ny fiomanana ho amin'ny fanokanana amin'ny asa fanompoana izay natao tany amin'ny sekoly tsy Nazareana na toeram-pampianarana tsy Nazareana dia tsy maintsy hanaovana tomban'ezaka sy dinihan'ny Biraon'ny Fianarana ho amin'ny Asa Fanompoana ao amin'ny Distrika ary tokony hifanaraka amin'ny fepetra takiana amin'ny fandaharam-

pianarana voalaza ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana* izay novolavolain'ny vondrom-paritra/fiteny.

**424.5.** Ny fianarana rehetra, ny fepetra takiana amin'ny fianarana ambony, sy ny fitsipi-pitantanan-draharaha ôfisialy, dia ho hita ao anatin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Ordinasiôna* izay novolavolain'ny vondrom-paritra/fiteny izay miara-miasa amin'ny Fampandrosoana ny Asa Fitandremana. Io *Boky Loharanon-kevitra* ho an'ny faritra io sy ny famerenana izay ilaina toy izany dia ho tohanan'ny Komitin'ny Fankatoavam-pianarana Iraisam-pirenena sy ankatoavin'ny Fampandrosoana ny Asa Fitandremana, ny Birao Foibe, ary ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Ilay *Boky Loharanon-kevitra* dia hifanaraka amin'ny *Boky Torolàlana* sy ny *Boky Loharanon-kevitra Iraisam-pirenena eo amin'ny Fenitra Fampivelarana ho amin'ny Ordinasiôna*, izay novokarin'ny ao amin'ny Fampivelarana ny mpanompon'Andriamanitra miaraka amin'ny Komitin'ny Fankatoavam-pianarana Iraisam-pirenena. Io Komity io dia ho tendren'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

**424.6.** Raha vao mahafeno ny zavatra andrasana aminy amin'ny fandaharam-pianarana fototra ho amin'ny asa fanompoana ny mpanompo iray dia hitohy amin'ny dingana izay hianarany mandritra ny androm-piainany izy mba hanatsarany ny asa fanompoana izay niantsoan'Andriamanitra azy. Ny fe-potoana kely indrindra andrasana aminy dia 20 ora isan-taona hanaovany fihaonana (lanjan'isa 2 azo amin'ny fianarana mitohy) na izay mitovy amin'izany araka izay nofaritan'ny vondrom-paritra/fiteny azy sy araka ny voalaza ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana*. Ny mpanompo efa notokanana sy nahazo alalana izay efa voatendry na mbola tsy voatendry rehetra dia hanao tatitra ny amin'ny fandrosoany eo amin'ny fianarana mandritra ny androm-piainana ho isan'ny tatitra izay alefany any amin'ny fivorian'ny distrika. Ny tatitra mifanaraka hatrany amin'ny zava-misy farany momba ny fianarana nataony mandritra ny androm-piainany dia hampiasaina amin'ny fijerena indray ny asa fitandremana sy ny amin'ny fomba fiantsoana ho mpitandrina. *Ny Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fampivelarana ny Asa Fanompoana* ho an'ny vondrom-paritra/fiteny dia ahitana ny andinindininy amin'ny fomba fanomezana sy fanaovana tatitra. Fe-potoana 20 ora hanaovana fihaonana isan-taona na izay mitovy lenta amin'izany no takiana isan-taona. (115, 122, 413.25, 433.15)

## B. Tari-dalana ankapobeny ho an'ny fanomanana ho amin'ny asa fanompoana Kristiana

**425.** Ny tari-dàlana ankapobeny ho an'ny fanomanana ho amin'ny asa fanompoana Kristiana dia ireto manaraka ireto:

**425.1** Ny taranja azo ekena amin'ny fianarana, miaraka amin'ny dingana mikasika ny fahavitana izany ho an'ireo mitady fanomezan-dalana amin'ny maha-loholona na diakona azy na mitady fanamarinana amin'ny sokajy samihafa sy andraikitra amin'ny fanompoana, dia tokony ho hita ao amin'ny *Boky Loharanon-kevitra ho amin'ny Fanokanana* avokoa.

**425.2.** Amin'ny faritra izay mifandray mivantana amin'ny Departemantan'ny Misiona Maneran-tany, ny taranja azo ekena rehetra, araka ny voalazan'ny *Boky Loharanon-kevitra amin'ny Fanokanana* ho an'ny faritra dia tsy maintsy eo ambany fitondran'ny *Boky Loharanon-kevitra amin'ny Fanokanana* ho an'ny faritra. (424.2-3, 424.5)

## TOKO IV

## FITSIPIKA MOMBA NY TARATASY FANAMARINANA SY NY ASA FANOMPOANA

### A. Ny asa fanompoana eo an-toerana

**426.** Ny mpanompo eo an-toerana dia laika mpikambana amin’ny Fiangonan’ny Nazareana izay nahazo alalana tamin'ny biraon’ny fiangonana eo an-toerana hanao asa fanompoana, eo ambany fitarihan’ny mpitandrina, ary raha misy ahafahana manao izany koa, dia afaka maneho, mampiasa ary mampivelatra ny fanomezam-pahasoavana ananany amin'ny asa fanompoana sy ny filàna izany. Miditra amin’ny dingana amin’ny fianarana tsy misy fiafarana mandritra ny androm-piainana izy.

**426.1**. Izay mpikambana rehetra ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana mahatsapa fa nantsoin’Andriamanitra hitory teny na hanaraka ny fiainam-panompoana amin’ny alalan’ny fiangonana dia afaka mahazo alalana ho mpanompo eo an-toerana mandritry ny herintaona amin’ny alalan’ny biraon’ny fiangonana izay manana loholona mpitandrina, amin’ny alalan’ny toro-mariky ny mpitandrina; na amin’ny alalan’ny biraon’ny fiangonana eo an-toerana izay tsy manana loholona mpitandrina, raha toa ka tolo-kevitry ny mpitandrina ny fanomezana alalana ary nankatoavin’ny mpitantana distrika. Tsy maintsy dinihina aloha ny momba ilay olona izay hiroso amin'ny asa fanompoana eo amin'ny fiainany ny famonjena, ny fahalalany ny foto-pampianaran’ny Baiboly, ary ny fitsipiky ny fiangonana; mila asehony ihany koa fa ny antsony dia voaporofo amin'ny alalan'ny fahasoavana, ny fanomezam-pahasoavana ary ny maha ilàna azy amin'izany asa izany. Tokony hanao tatitra ho an’ny fiangonana eo an-toerana isan-taona mandritra ny fivorian’ny fiangonana ny mpanompon'Andriamanitra iray. (113.8, 129.12,208.11)

**426.2.** Manome ny mpanompo tsirairay avy eo an-toerana fanomezan-dalana izay voasonian’ny mpitandrina sy ny mpitan-tsoratra ny biraon’ny fiangonana. Raha misy fiangonana iray iasan'ny olona izay tsy manana fahazoan-dalana avy amin’ny distrika, dia azon'ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika atao ny manome fahazoan-dalana ho an'ny mpanompo eo an-toerana, na fanavaozana ny fahazoan-dalana azy, araka ny tolo-kevitra omen’ny mpitantana ny distrika. (208.11,222.10)

**426.3.** Azon'ny biraon’ny fiangonana eo amin’ny fiangonana eo an-toerana izay manana loholona mpitandrina atao ny manavao ny fahazoan-dalana ho an'ny mpanompo eo an-toerana, araka ny tolo-kevitry ny mpitandrina; na koa havaozin'ny biraon’ny fiangonana izay tsy manana loholona mpitandrina, raha toa ka avy amin’ny mpitandrina ny fanavaozana ny fahazoan-dalana amin’ny asa fanompoana izay efa nahazo ny fankatoavan’ny mpitantana ny distrika. (129.12, 208.11)

**426.4.** Manaraka tarajam-pianarana efa nahazo fankatoavana ny mpanompo eo ambany fitarihan’ny Biraon’ny Fianarana ho amin’ny asa fanompoana. Tsy azo havaozina ny fahazoan-dalana amin’ny asa fanompoana ao aorian’ny roa taona raha tsy misy fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny mpitantana ny distrika raha toa ka tsy nahavita taranja roa farafahakeliny tao anatin’ny roa taona amin'ny fianarana takiana ao amin’ny taranjam-pianarana efa nahazo fankatoavana ilay mpanompo

**426.5.** Ny mpanompo eo an-toerana, izay efa nanompo araka izany fifandraisana izany farafahakeliny taona iray feno, ary efa nahavita ny fianarana nilaina atao, dia mety afaka

atolotry ny biraon'ny fiangonana ho amin'ny fivorian'ny distrika hahazo ny fahazoan-dalana amin'ny asa fanompoana; raha tsy mahazo izany izy, dia afaka mihazona ny fifandraisana efa nisy teo aloha. (129.12, 424, 427.1)

**426.6.** Ny mpanompo eo an-toerana izay voatendry ho mpitandrina mpisolo dia tsy maintsy nahazo ny fankatoavan'ny Biraon'ny Mpanome Alalana ho amin'ny fanompoana raha toa manohy ny andraikiny ao aorian'ny fivorian'ny distrika manaraka ny fanendrena azy. (209, 228.5, 421)

**426.7.**Tsy afaka mitondra raharaha amin'ny sakramentan'ny batisa sy ny Fanasan'ny Tompo ny mpanompo nahazo fahazoan-dalana, sady tsy afaka manao fitsofan-drano mariazy. (427.7)

### B. Ny mpanompo nomena fahazoan-dalana

**427.** Ny mpanompo nomena fahazoan-dalana dia izay manana antso sy fanomezam-pahasoavana efa nankatoavin'ny fivorian'ny distrika tamin'ny alalan'ny fanomezana fahazoan-dalana hanompo, izay manome alalana ny mpanompo, ary manendry azy, ho amin'ny asa mivelatra amin'ny andraikitra sy zo ary adidy bebe kokoa noho ireo mpanompo eo an-toerana, raha ny tokony ho izy dia dingana andalovana amin'ny Fanokanana ho an'ny loholona sy diakona izany. Ny fahazoan-dalana amin'ny asa fanompoana eo amin'ny distrika dia tokony hahitana fanambaràna milaza fa ny mpanompo iray dia manomana ny Fanokanana azy ho loholona na diakona na fahazoan-dalana omen'ny distrika fotsiny fa tsy mitarika amin'ny Fanokanana. (427.7)

**427.1.** Rehefa misy mpikambana ao amin'ny fiangonan'ny Nazareana mahatsapa ny antso ho amin'ny asa fanompoana mandritra ny androm-piainany, dia afaka mahazo ny fahazoan-dalana ho mpanompo izy amin'ny alalan'ny fivorian'ny distrika raha toa izy ireo ka (1) efa nahazo fahazoan-dalana ho mpanompo eo an-toerana nandritra ny taona iray feno; (2) efa nahavita ny iray ampaha efatry ny taranjam-pianarana nahazo fankatoavana ho an'ny mpanompo, na efa afaka tamin'ny tantaran'ny Nazareana sy ny fitsipiky ny fianarana ary tamin'ny taranjam-pianarana dimy fanampiny tamin'ny taranjam-pianarana efa nankatoavina ho an'ny mpanompo, na raha efa niditra tamin'ny kolejy/oniversiten'ny Nazareana na seminera, ka efa nahavita ny iray ampahefany tamin'ny taranjan'ny kolejy/oniversite na tamin'ny taranjam-pianarana ho amin'ny asa fanompoana amin'ny kolejy/oniversite-seminera, na nahavita ny iray ampaha-efatry ny taranjam-pianarana nahazo fankatoavana avy tamin'ny distrika na ivon-toeram-panofanana avy amin'ny faritra. Mety azon'ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny Asa Fanompoana atao ny manao fitakiana hafa ankoatra izao raha toa ka mitandrina fiangonana voarindra sy efa voasoratra anarana amin'ny fianarana efa nahazo fankatoavana ilay olona maniry ilay fahazoan-dalana, ary raha toa ka mahavita ny kely indrindra amin'ny fianarana isan-taona izay takian'ny *Boky Torolàlana* ho amin'ny fanavaozana ny fahazoan-dalana ilay mpanompo, ary raha toa ka efa nahazo ny fankatoavana avy amin'ny mpitantana ny distrika izany tranga manokana izany; (3) efa voatendry hanao asa tahaka izany avy tamin'ny biraon'ny fiangonana eo an-toerana izay maha-mpikambana azy, ary amin'izany dia ampiarahana amin'ny taratasy fanendrena ny fangatahana Fahazoan-dàlana hanao fanompoana efa voafeno tsara; (4) efa nanaporofo ny fahasoavana, sy ny fanomezam-pahasoavana; sy ny maha ilàna azy eo amin'ny asa fanompoana; (5) efa voadinika sy voazaha tsara, teo ambany fitarihan'ny fivorian'ny distrika, distrika izay ifamatoran'ny fiangonana maha-mpikambana azy, mikasika ny fiainam-panahiny, ny toe-tsaina ary ireo zavatra hafa mifandraika amin'izany asa izany, ao anatin'izany ny fanamarinana ny zavatra momba ny

lasany araka ny famaritana ataon’ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika. Amin’ny tranga izay nanamarinana fa nisy toetra tsy mendrika tamin'ny lasany talohan'ny famonjena azy, dia tsy voatery adikan’ny Biraon’ny Mpanome alalana amin’ny Asa Fanompoana hoe fanilihana ho azy ilay mpanompo tsy hiditra amin'ny asa fanompoana hanomezana alalana izany, raha tsy hoe angaha voakasik'izay voalazan’ny paragrafy 435.8 ihany; (6) efa nampanantena ny hanohy avy hatrany ny taranjam-pianarana efa nankatoavina izay efa voasoratra ho an’ny mpanompo nahazo fahazoan-dalana sy ireo miomana ho amin’ny Fanokanana; (7) efa nahazo tsy fanomezana alalana, izay mety notakian’ny fivorian’ny distrika, nesorina tamin'ny alalan'ny fanazavana an-tsoratra nataon’ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny distrika izay misy ilay distrika nisehoan’ny tsy fanomezan-dàlana; ary raha toa hidirana lalindalina kokoa ka mahatonga azy ireo tsy ho voafidy hahazo ny fahazoan-dalana omen’ny distrika na Fanokanana ny momba ny fanambadian’izy ireo; ary (8) amin’ny tranga izay efa nisaraham-panambadiana sy nanambadiany indray, ny fankatoavan’ny Biraon’ny Mpanome Alalana amin’ny Asa Fanompoana miaraka amin’ny antonta-taratasy manohana izany dia omena ny mpitantana foibe manam-pahefana amin’izany, izay mety hanaisotra izany amin’ny maha-sakana amin’ny fahazoan-dàlana na Fanokanana azy. (35.1-5.3, 129. 14, 205.6, 426.5)

**427.2.** Ireo mpanompo manana fahazoan-dàlana avy amin’ny fiangonana ara-pilazantsara hafa, manana faniriana hikambana amin’ny Fiangonan’ny Nazareana, dia mety ho afaka mahazo fahazoan-dàlana amin’ny maha-mpanompo azy amin’ny alalan’ny fivorian’ny distrika, raha toa izy ireo ka mampiseho ny fahazoan-dalana nomen’ny fiangonana niaviany izay naha-mpikambana azy teo aloha; ary raha toa koa ka (1) efa nahavita ny taranjam-pianarana mitovy lenta amin’ny taranjam-pianarana nahazo fankatoavana ao amin'ny Fiangonan’ny Nazareana ho an’ny mpanompo eo an-toerana izy ireo; (2) efa nahazo fankatoavana avy tamin’ny biraon’ny fiangonana eo amin’ny fiangonan’ny Nazareana eo an-toerana izay maha-mpikambana azy; (3) efa nanaporofo ny fahasoavana, ny fanomezam-pahasoavana ary ny ilàna azy; (4) efa voajery sy voadinika tsara teo ambany fitarihan’ny fivorian’ny distrika mikasika ny fiainam-panahiny, ny toe-tsaina, ary ireo zavatra hafa mifandraika amin'izany asany izany; ary (5) nanome toky ny hanohy avy hatrany ny fianarana efa nankatoavina voasoratra ho an'ny mpanompo nomena fahazoan-dàlana sy izay miomana ho amin’ny Fanokanana. (203.6)

**427.3.** Ny fahazoan-dalan’ny mpanompo iray dia tokony hifarana amin’ny fikatonan’ny fivorian’ny distrika. Mety azo havaozina izany amin’ny alalan’ny fifidianana amin’ny fivorian’ny distrika, raha toa ka (1) atolotr'ilay mpanompo izay hanavao ny fahazoan-dàlany eo amin'ny fivorian'ny distrika ny taratasy fangatahana fahazoan-dàlana ho an'ny mpanompo izay efa voafeno tsara; ary raha toa ka (2) nahavita fara-fahakeliny fianarana roa amin’ireo taranjam-pianarana nahazo fankatoavana ilay mpanompo mangataka fanomezan-dàlana; ary raha toa ka (3) nankatoavin'ny biraon'ny fiangonana amin'ilay fiangonana izay mahampikambana azy ny fanavaozana ny fahazoan-dalan'ilay mpanompo, araka ny fanendrena nataon’ny mpitandrina. Na izany aza, raha sendra ka tsy nahavita ny fianarana tokony nataony araka ny taranjam-pianarana efa notakiana nataony izy, dia mety raha havaozin’ny fivorian’ny distrika ihany ny fahazoan-dalany araka ny fanazavana an-tsoratra noho ny antony mety tsy nahavitany izany. Tokony hahafapo ny Biraon’ny Mpanome Alalana ho amin’ny Asa Fanompoana eo amin’ny distrika izany fanazavana izany ary mahazo ny fankatoavan’ny mpitantana foibe izay mitarika ny fivoriana. Mety hisafidy ny tsy handany ny

fanavaozana izany fahazoan-dalana izany koa ny fivorian’ny distrika noho ny antony sy ny fahamalinany.

Ireo mpanompo nomena fahazoan-dalana izay nahazo mari-pahaizana noho ireo taranjam-pianarana nankatoavina vitany sady napetraky ny fivorian'ny distrika eo amin'ny toeran'ny mpisotro ronono, miaraka amin'ny fangatahan'ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika, dia mahazo ny fanavaozana ny fahazoan-dalany kanefa tsy mila mametraka intsony ny fangatahana fanomezana alalana ho an'ny mpanompo. (203.4)

**427.4.** Mba hahatonga ny mpanompo iray ho azo tokanana, dia tsy maintsy efa nahazo mari-pahaizana tamin’ireo taranjam-pianarana nankatoavina tao anatin’ny 10 taona hatramin'ny nanomezana azy alalana hanao asa voalohany tao amin'ny distrika izy. Mety misy tranga hafa, izay vokatry ny toe-javatra tsy mahazatra, omen'ny Biraon’ny Mpanome Alalana amin’ny asa fanompoana, izay miankina amin’ny fankatoavan’ny mpitantana foibe miadidy.

Ny mpanompo nomena fahazoan-dàlana izay tsy mizotra mankany amin'ny fanokanana na tsy afaka ho tokanana noho ny tsy fahombiazana tamin’ny famitana ny taranjam-pianarana nankatoavina tao anatin’ny fotoana efa voafaritra mialoha dia mety afaka mahazo ny fanavaozana ny fahazoan-dalan’ny mpanompo ihany kanefa izany dia miankina amin’ny tolo-kevitry ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny distrika sy ny Biraon’ny Mpanome alalana amin’ny asa fanompoana.

**427.5.** Raha toa ka manompo amin'ny maha mpitandrina azy ilay mpanompo nomena fahazoan-dàlana, ny tolo-kevitra ho an’ny fanavaozana ny fanomezan-dàlana ho an'ny mpanompo dia ataon’ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika fa tsy ny biraon’ny fiangonana eo an-toerana. (222.10)

**427.6.** Ny mpitantana foibe izay manam-pahefana no hanome fahazoan-dàlana ho an’ny mpanompo tsirairay nomena izany, misy ny sonian’ilay mpitantana foibe manam-pahefana, ny mpitantana ny distrika, ary ny mpitan-tsoratry ny distrika.

**427.7.** Ny mpanompo nomena fahazoan-dàlana dia omena fahefana hitory teny ny Tenin’Andriamanitra sy/na hampiasa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fahasoavana amin’ny endriny samihafa miaraka amin’ny asa fanompoana amin’ny Tenan’i Kristy; ary, raha toa ka nanome antoka ny hamita isan-taona ny fianarana takiana ao amin’ny fandaharam-pianarana voafaritra sy ny maha-mpitandrina azy, na koa mandray anjara mavitrika amin’ny asa sy ny fanompoana nanendrena azy izay ankatoavin’ny distrika izay maha-mpikambana azy, omena fahefana amin’ny fitantanan-draharaha amin’ny sakramentan’ny batisa sy ny Fanasan’ny Tompo amin’ny kongregasiona misy azy izy ireo, ary mitondra raharaha amin'ny mariazy raha tsy manda izany ny lalàna misy ao amin'ilay firenena. (34.5, 35.2, 409-10, 413, 413.4, 413.11, 420, 428-28.2, 429-29.2, 800, 802, 803)

**427.8.** Ny mpanompo nomena fahazoan-dàlana rehetra dia tokony hitazona ny maha-mpikambana azy amin'ny fanompoana mandritra ny fivorian’ny distrika eo amin’ny distrika izay misy ny fiangonana maha-mpikambana azy, ary tokony hanao tatitra amin’izany vondrona izany isan-taona. (201,203.3, 418)

**427.9.** Amin’ny trangan’ny mpanompo nomena alalana izay miray amin’ny mpikambana, fiangonana na asa fanompoana amin’ny fiangonana hafa, ny maha-mpikambana azy amin’ny fiangonana sy ny asa fanompoany ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana dia ho tapitra avy hatrany noho izany zava-misy izany, ary ny fivorian’ny distrika dia hanao izay hampidirana ny anton’izany ao amin’ny rakitra an-tsoratra arak’izao fanambarana manaraka izao: “nesorina tsy ho mpikambana sy ho amin’ny asa fanompoan’ny Fiangonan’ny Nazareana noho ny firaisany amin’ny fiangonana hafa.” (107,112)

### C. Ny Diakona

**428.** Ny diakona dia mpanompo iray izay efa nanaporofo sy nanatsara ny antson'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana Kristiana, ny fanomezam-pahasoavana, ary ny ilàna azy tamin'ny alalan'ny fiofanana mety sy traikefa, izay efa voatokana ho amin'ny fanompoana an'i Kristy tamin'ny alalan'ny fifidianana iray amin'ny fivorian'ny distrika sy notokanana tamin'ny lanonana manetriketrika, sady efa nomena fahefana tamin'ny andraikitra sasany amin'ny asa fanompoana Kristiana.

**428.1.** Tsy natao hijoro vavolombelona ho amin'ny antso manokana hitory teny ny diakona. Mahatsapa ny fiangonana, araka ny fototra omen'ny Soratra Masina sy ny traikefa, fa miantso ny tsirairay ho amin'ny fiainam-panompoana an'Andriamanitra, izay tsy mijoro vavolombelona ho amin'ilay antso manokana, ary mino fa ny olona izay voaantso hanao izany asa fanompoana izany dia tokony ho ekena sy hamafisin'ny fiangonana sady mahafeno ny zavatra takiana, ary omena andraikitra sahaza, araka ny fanorenan'ny fiangonana azy. Lalam-panompoana maharitra izany.

**428.2.** Tsy maintsy mahatanteraka ny zavatra takiana amin'ny fitsipiky ny fianarana ny diakona, mampiseho ny fananany fanomezam-pahasoavana sy fahasoavana, ary ekena sy hamafisin'ny fiangonana izany. Manana fahefana hanatanteraka ny sakramentan'ny batisa sy ny Fanasan'ny Tompo, ary hitondra raharaha amin'ny mariazy ny diakona raha tsy mandrara izany ny lalàna ao amin'ilay firenena, ary indraindray dia mitarika fotoam-pivavahana sy mitory teny. Efa fantatra mazava tsara fa afaka mampiasa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fahasoavan'ny olona amin'ny asa fanompoana maro isan-karazany ny Tompo sy ny fiangonana. Amin'ny maha-famantarana azy ho mpanompo ao amin'ny Tenan'i Kristy, ny diakona dia afaka mampiasa ny fanomezam-pahasoavany any ivelan'ny rafitry ny fiangonana koa. (34.5, 35.2)

**428.3.** Olona izay nantsoin'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana, sy nahatanteraka ny zavatra rehetra notakian'ny fiangonana ho amin'izany, ka nahavita tamim-pahombiazana ny taranjam-pianarana nankatoavina voasoratra ho an'ny mpanompo nomena fahazoan-dalana sy ny mpiadina ho amin'ny Fanokanana ho diakona, izay nanana fahazoan-dalana avy amin'ny distrika tsy latsaky ny efa-taona ary nahazo fankasitrahana hanavao ny fahazoan-dalana avy amin'ny distrika tamin'ny alalan'ny biraon'ny fiangonana eo an-toerana izay maha-mpikambana azy na koa tamin'ny alalan'ny Biraon'ny Mpanolo-tsain'ny Distrika, ary efa nodinihina tsara sady nahazoana tatitra mendrika avy amin'ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny asa fanompoana ho an'ny fivorian'ny distrika, dia mety ho afaka ho fidiana ho amin'ny laharan'ny diakona amin'ny alalan'ny roa ampahatelon'ny vato amin'ny fivorian'ny distrika; efa fantatra fa mpanompo voatendry tsy latsaky ny efa-taona misesy izy; ary efa azo antoka koa fa ilay mpiadina dia tsy maintsy efa manao ny asa fanompoana notendrena ataony. Amin'ny tranga izay mpanompo mpanampy amin'ny fotoana voafetra izy, dia tokony ho fantatra mazava fa tokony hisy fanitarana amin'ny fifanesen'ny taona mandritra ny fotoana fiasana, miankina amin'ny haavon'ny fandraisana anjara eo amin'ny fiangonana eo an-toerana, ary ny fijoroana vavolombelona ataony sy ny asa fanompoany dia mampiseho fa ny antsony amin'ny asa fanompoana dia voalohany ary ny hafa sisa no manaraka. Manampy izany, izay sakana rehetra mety napetraky ny fivorian'ny distrika dia efa nesorina an-tsoratra nataon'ny mpitantana distrika sy ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny distrika tamin'io distrika voalaza io; ary efa mazava koa fa ny fifandraisana eo amin'ny fanambadiany

dia tsy sakana ho azy amin'ny hifidianana azy ho amin'ny Fanokanana. (35.1 - 35.3, 203.6, 320, 424)

**428.4.** Raha eo am-panatanterahany ny asa fanompoany no mahatsapa antso ho amin'ny fanompoana fitorianteny ny diakona, dia azo tokanana ho loholona izy araka ny fahavitany izay takian'ny mpanome alalana ary ny famerenany ny fahazoan-dalana ho diakona.

### D. Ny loholona

**429.** Ny loholona dia mpanompo iray izay efa nampiseho sy nampivelatra ny antson'Andriamanitra azy hitory teny, ny fanomezam-pahasoavana, ary ny filàna azy tamin'ny alalan'ny fiofanana mifanaraka amin'izany sy traikefa, ary efa nisaraka tamin'ny asa hafa ho amin'ny fanompoana an'i Kristy amin'ny alalan'ny Fiangonany tamin'ny alalan'ny fifidianana nataon'ny fivorian'ny distrika sy ny fanokanana manetriketrika amin'ny Fanokanana, ary efa nomena fahefana feno amin'ny andraikitra rehetra ho an'ny asa fanompoana Kristiana.

**429.1.** Tokana ihany no ekentsika ho amin'ny fanompoana fitorian-teny– dia ny loholona. Fepetra maharitra hitondrana ny fiangonana izany. Ny loholona dia natao ho mpanapaka tsara ao amin'ny fiangonana, mitory ny Tenin'Andriamanitra, manatanteraka ny sakramentan'ny batisa sy ny Fanasan'ny Tompo, ary manatanteraka ny fanambadiana, ary ny zavatra rehetra dia atao amin'ny anarana, sy eo ambany fahefan'i Jesosy Kristy, izay Loha sy Lehiben'ny Fiangonana. (34.5, 35.2, 412-13.3, 413.11, 433.12)

**429.2.** Manantena ny fiangonana fa izay mandre antso ho amin'ity asa fanompoana ofisialy ity dia ho mpitantana ny Teny ary hanome ny heriny rehetra mandritry ny androm-piainana manontolo ho fanambarana izany.

**429.3.** Olona izay nandre ny antson'Andriamanitra ho amin'ity asa fanompoana ity, sy izay nahatanteraka ny zavatra rehetra takian'ny fiangonana ho amin'izany, ka nahavita tamim-pahombiazana ny taranjam-pianarana nankatoavina izay voasoratra ho an'ny mpanompo nomena alalana sady mpiadina ho amin'ny fanokanana ho loholona, izay efa nanana fahazoan-dalana avy amin'ny distrika tsy latsaky ny telo taona ary nahazo fankasitrahana hanao ny fanavaozana ny fahazoan-dalan'ny distrika tamin'ny alalan'ny biraon'ny fiangonana eo an-toerana izay misy ny maha-mpikambana azy na koa tamin'ny alalan'ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny distrika, ary efa nodinihina tsara sady nahazoana tatitra mendrika avy amin'ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny asa fanompoana ho an'ny fivorian'ny distrika, dia mety ho afaka ho fidiana ho amin'ny laharan'ny loholona amin'ny alalan'ny roa ampahatelon'ny vato amin'ny fivorian'ny distrika. Mba ho afaka hofidiana amin'ny fifidianana, ny mpiadina dia tsy maintsy manana fahazoan-dalana ho amin'ny fanompoana tsy latsaky ny telo taona misesy amin'ny maha-mpitoriteny na evanjelistra voasoratra azy (nandany ampahavitrihana ny ankabeazan'ny fotoanany tamin'ilay zana-paritra), na koa tsy maintsy efa nanompo tsy latsaky ny efa-taona ho mpitandrina mpanampy ilay mpiadina; na koa mpitandrina nandritra ny herintaona ary roa taona misesy mpitandrina mpanampy notendrena; na koa nanompo efa-taona misesy ho mpampianatra notendrena teo amin'ny departemantan'ny fivavahana amin'iray amin'ireo rafitra ambony misy amin'ny Nazareana, na amin'ny asa fanompoana Kristiana amin'ny rafitra hafa sady manana andraikitra notendrena izay efa nankatoavin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, ary ilay mpiadina dia tsy maintsy eo am-panaovana asa amin'ny fanompoana iandraiketany. Amin'ny tranga izay ampaham-potoana fotsiny no iasany amin'ny maha mpanompo mpanampy azy, dia tokony ho fantatra mazava fa tokony hisy fihitaran'ny taona mifandimby nanaovana asa fanompoana,

izay miankina amin'ny haavon'ny fandraisana anjara eo amin'ny fiangonana eo an-toerana, ary ny fijoroana vavolombelona ataony sy ny asa fanompoany dia mampiseho fa ny antsony amin'ny asa fanompoana dia mialoha ny hafa sisa rehetra. Manampy izany, izay tsy fanekena rehetra mety napetraky ny fivorian'ny distrika dia efa nesorina an-tsoratra izay nataon'ny mpitantana distrika sy ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny distrika tamin'ilay distrika izay nisian'ny tsy fanekena talohan'ny fotoana izay nahatonga ilay mpanompo ho azo hofidiana ho aminy laharan'ny loholona. Ankoatr'izany, ny toerana misy ilay mpiadina eo amin'ny fanambadiana (manam-bady ve sa tsia) dia tsy sakana ho azy amin'ny hifidianana azy ho amin'ny Fanokanana. (35.1 - 5.3, 203.6, 320, 424)

### E. Ny fanekena ho ara-dalàna ny fanomezan-dàlana

**430.** Ny mpanompo efa voatokana avy amin'ny fiangonana evanjelika hafa, manana faniriana hitambatra amin'ny Fiangonan'ny Nazareana sady mampiseho ny taratasy nanaovana Fanokanana azy, dia afaka mahazo ny fankatoavana ny Fanokanana azy amin'ny alalan'ny fivorian'ny distrika, aorian'ny fandinihana tsara nataon'ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny asa fanompoana teo amin'ny fitondran-tenany, ny traikefany manokana sy ny foto-pampianarany, raha toa ka: (1) naneho fankasitrahana, fahazoana mazava ary fampiharana ny *Boky Torolàlana* sy ny tantaran'ny Fiangonan'ny Nazareana tamin'ny nahatanterahana feno tamim-pahombiazana ny taranjam-pianarana nankatoavina mifanaraka amin'izay ilaina izy ireo; (2) noraketiny an-taratasy sady nampirimina tsara niaraka tamin'ny fivorian'ny distrika ny fanontaniana mila valiana ho amin'ny Fanokanana/ Fankatoavina, izay nofenoina tsara; ary (3) izy ireo dia nahatanteraka ny fitakiana hafa rehetra ho amin'ny Fanokanana araka ny voalaza ao amin'ny 428-28.3 na 429-29.3. (203.6, 225, 424)

**430.1.** Ny mpitantana foibe miadidy no manome an'ilay mpanompo voatokana sy nekena ho ara-dalàna taratasy fanamarinana, izay misy ny sonian'ny mpitantana foibe miadidy, ny mpitantana ny distrika, ary ny mpitan-tsoratry ny distrika. (433.6)

**430.2.** Raha toa ka mahazo fankatoavana ny fanomezan-dalana avy amin'ny fiangonana hafa, dia mila averina amin'ilay fiangonana izany fanomezan-dalana izany izay mila soratana sady asiana fitomboka ao ambadik'ilay fanomezan-dalana arak'izao manaraka izao:

Nahazo alalana tamin'ny Fivorian'ny Distrikan'ny Fiangonan'ny Nazareana ao _____________________ tamin'ny __________________ (datin'andro) _______________ (taona) ho fototry ny fanendrena vaovao.

_______________________________, Mpitantana Foibe
_______________________________, Mpitantana ny Distrika
_______________________________, Mpitan-tsoratry ny Distrika

### F. Ny mpanompo misotro ronono

**431.** Ny mpanompo misotro ronono dia olona iray izay nomena ny toerana misotro ronono tamin'ny fivorian'ny distrika izay nisy ny maha-mpikambana azy amin'ny asa fanompoana, araka ny toro-mariky ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny asa fanompoana eo amin'ny distrika. Na inona na inona fanovana izany toerana izany dia mila fankatoavan'ny fivorian'ny distrika, eo ambany fankatoavan'ny Biraon'ny Mpanome alalana ny asa fanompoan'ny distrika izany. (203.27, 228.8)

**431.1.** Ny fisotroan-dronono dia tsy mahatonga ny fijanonana avy hatrany amin'ny asa fanompoana na mampiala tsy ho mpikambana ao amin'ny fivorian'ny distrika. Ny mpanompo izay manao asa fanompoana amin'ny andraikitra "notendrena" amin'ny fotoana angatahana

ny fandehanana misotro ronono na amin'ny fotoana ara-dalàna tokony handehanana misotro ronono dia mety ho sokajiana ho "misotro ronono notendrena". Na izany aza, ny mpanompo amin'ny toerana "tsy notendrena" ka mitovy amin'ireo voalaza eo ambony ireo ny toerany dia hapetraka amin'ny toeran'ny "misotro ronono tsy notendrena". (201,433.9)

### G. Fifindran'ny mpanompo

**432.** Rehefa maniry ny hifindra amin'ny distrika iray hafa ny mpikambana iray amin'ny mpitondra fiangonana na klerjy, ny famindrana ny mpikambana ao amin'ny asa fanompoana dia amin'ny alalan'ny fifidianana amin'ny fivorian'ny distrika, na avy amin'ny alalan'ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika ho mpisolo toerana ny fivoriana, amin'izay misy ny maha-mpikambana azy amin'ny fanompoana. Izany fifindran-toerana izany dia mety ho raisin'ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika izay misolo toerana mialohan'ny fivorian'ny distrika, manome ilay mpanompo voalaza ny zony rehetra sy ny tombontsoany amin'ny maha-mpikambana azy amin'ny distrika izay nandraisana azy, anton'ny fankatoavana farany amin'ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny asa fanompoana sy ny fivorian'ny distrika. (203.8-3.9, 223, 228.9-28.10)

**432.1.** Ny fifindran'ny mpanompo nomena fahazoan-dalana iray dia azo ekena raha toa ka ara-dalàna ny antsipirihan'ny firaketana amin'ny mari-pahaizana amin'ny fahazoan-dalana amin'ny taranjam-pianarana nankatoavina ho an'ilay mpanompo nomena fahazoan-dalana, nahazo fanamarinana mazava tsara avy amin'ny mpitan-tsoratry ny Biraon'ny fianarana amin'ny asa fanompoan'ny distrika izay azo avy amin'ny fivorian'ny distrika, ka efa nalefa tamin'ny mpitan-tsoratry ny Biraon'ny fianarana amin'ny asa fanompoana amin'ny distrika ho an'ilay distrika handray azy. Ny mpitan-tsoratry ny Biraon'ny fianarana eo amin'ilay distrika handray azy no hanamarika fa efa voarain'ny mpitan-tsoratry ny distrika ny filazam-pahaizana ho amin'ny fahazoan-dalany. Hanaraka ny tatitry filazam-pahaizany tamin'ny taranjam-pianarana nankatoavina amin'ilay distrika mandray azy ny mpanompo vao mifindra toerana. (230.1-30.2)

**432.2.** Ny fivorian'ny distrika nandray ilay olona nifindra no hampahafantatra amin'ny fivorian'ny distrika nivoahan'ilay voalaza fa nifindra ny amin'ny fandraisany ny maha mpikambana ilay olona nafindra. Mandra-pandray ilay fifindrana amin'alalan'ny fifidianan'ny fivorian'ny distrika izay nanolorana izany, dia mbola mpikambana ao amin'ny fivorian'ny distrika nialany ihany aloha ilay olona. Izany fifindrana izany dia azo ekena mandra-pifaran'ny datin'ny fivorian'ny distrika manaraka izay nandefasana azy. (203.8, 223, 228.10)

### H. Fandaminana ankapobeny

**433.** Ireto **famaritana** manaraka ireto dia ahitana ireo teny mifandraika amin'ny fandaminana ankapobeny ho an'ny mpanompo ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana:

**Klerjy na mpitondra fiangonana**–Loholona, diakona ary mpanompo nomena fahazoan-dalana

**Laika** – Mpikambana ao amin'ny fiangonan'ny Nazareana izay tsy klerjy.

**Mavitrika** – Manatanteraka andraikitra notendrena.

**Notendrena** – Toeran'ny mpikambana ao amin'ny klerjy izay miasa mavitrika amin'ny andraikitra iray izay vita lisitra ao amin'ny Toko II, fizarana V.

**Tsy notendrena** – Toeran'ny klerjy iray izay manana toerana tsara kanefa tsy manatanteraka asa amin'ny andraikitra izay vita lisitra ao amin'ny Toko II, fizarana V.

**Misotro ronono notendrena** – Toeran'ny mpitondra fiangonana na klerjy notendrena izay nangatahana ny fotoana hisotroany ronono.

**Misotro ronono tsy notendrena** – Toeran'ny mpisotro ronono mpitondra fiangonana na klerjy izay tsy voatendry na nangatahana ny fotoana fisotroan-drononony.

**Voafehy(voasazy)** – Toeran'ny klerjy na mpitondra fiangonana izay nesorina taminy ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny amin'ny maha-klerjy azy noho ny famaizana atao aminy.

**Fampirimana ny fanomezan-dàlana** – Toeran'ny fanomezan-dalana an'ny mpikambana iray ao amin'ny klerjy izay manana toerana tsara, fa noho ny tsy fanatanterahana andraikitra eo amin'ny asa fanompoany, dia nanala an-tsitrapo sy amin'ny fotoana voafetra ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny rehetra maha-mpikambana azy ao amin'ny klerjy na maha-mpitondra fiangonana azy amin'ny alalan'ny fampirimana ny fahazoan-dalany any amin'ny mpitan-tsoratra foibe. Ny olona izay nampirina ny fahazoan-dalany dia mijanona ho mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana na klerjy ihany ary mety manana zo, tombontsoa ary andraikitra amin'ny maha-mpitondra fiangonana na klerjy amin'ny famerenena indray amin'ny alalan'ny fangatahana ny fahazoan-dalany hiverina, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny 435.2. (434, 434.2, 434.8)

**Fametrahana ny fanomezan-dàlana** – Toeran'ny fanomezan-dalana ny mpikambana iray ao amin'ny klerjy izay, noho ny toetra tsy mendrika, fitoriana, fiaikena, vokatry ny hetsika nataon'ny biraon'ny fifehezana, na noho ny zavatra an-tsitrapo nataony noho ny antony samihafa izay hafa noho ny asa fanompoana tsy natao ka nahatonga azy tsy hanana ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny amin'ny maha-mpitondra fiangonana na klerjy azy. Ny olona izay namerina ny fahazoan-dalany dia mbola mpikambana ao amin'ny klerjy na mpitondra fiangonana ihany fa eo ambany fepetra. Mety azo averina amin'ny laoniny ihany ny zo, ny tombontsoa ary ny andraikitr'ilay klerjy.

**Niala** – Toeran'ny fanomezan-dalan'ny klerjy iray manana laza tsara izay, noho ny antony manokana, dia nanapa-kevitra tsy ho isan'ny mpanompo intsony, ary niala tamin'ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny amin'ny maha-mpikambana azy amin'ny klerjy ka ho lasa laika tsotra amin'ny fotoana mety maharitra. (434.1, 434.8) Ny mpikambana ao amin'ny klerjy izay tsy manana laza tsara dia mety hiala amin'ny fanomezan-dalany araka ny fampahafantarana omena ao amin'ny paragrafy 434.4. Ny olona izay niala dia tsy ho mpikambana ao amin'ny mpitondra fiangonana na klerjy intsony. Ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny amin'ny maha-mpitondra fiangonana azy na klerjy dia mety ho azo averina ihany, araka ny voalaza ao amin'ny 435.3.

**Nesorina** – Toeran'ny fanomezan-dalan'ny klerjy izay nesorina tsy ho amin'ny andraikitra maha-mpanompo intsony ny anarany araka ny fampahafantarana ao amin'ny 434.3.

**Famerenana indray ny fanomezan-dàlana** – Famerenana indray ny zo, ny tombontsoa ary ny andraikitra amin'ny klerjy ho an'izay nampirina ny fahazoan-dalany.

**Famerenana amin'ny laoniny ny fanomezan-dàlana** – Famerenana indray ny zo, .ny tombontsoa ary ny andraikitry ny klerjy amin'ny olona izay nametraka ny fahazoan-dalany, na ho an'ireo izay nesorina taminy ny fahazoan-dalany.

**Fampodiana amin'ny toerana** – Ny dingana atao amin'ny fitadiavan-kevitra hitondrana ny mpanompo iray niharan'ny famaizana na nanala an-tsitrapo ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny amin'ny maha-klerjy azy ho eo amin'ny toeran'ny fahasalamana ara-panahy, ara-pihetseham-po, ara-tsaina ary ara-batana ary ho amin'ny toeran'ny andraikitra ilaina sady

manorina. Ny fampodiana amin’ny toerana dia tsy voatery ho ao anatin’ny famerenana indray ny zo, ny tombontsoa ary ny andraikitry ny klerjy.

**Fiampangana** – Antotan-taratasy nosoratana iray misy sonia farafahakeliny roa avy amin’ny mpikambana ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana izay miampanga mpikambana iray ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana noho ny fitondran-tena izay voaporofo ka mahatonga ilay mpikambana ho azon'ny famaizana araka izay voasoratra ao amin'ny *Boky Torolàlana*.

**Fahalalana** – Ny fahafantarana ny zava-misy nianarana avy amin’ny fampiasana ny fahatsapan'ny olona.

**Vokatry ny fanadihadiana** – Zava-misy fantatra avy tamin’ny hafa.

**Finoana** – Ny tsoa-kevitra tratra tamin’ny finoana tsara izay mifototra amin’ny fahalalana sy ny fahampafantarana.

**Ny komity Mpanadihady** – Komity iray voatendry araka ny voalazan'ny *Boky Torolàlana* mba hanangona vokatry ny fanadihadiana eo anatrehan'ny fiampangana tsy misy porofo akory na ahiahiana fotsiny.

**Sazy** – Antotan-taratasy iray voasoratra milaza manokana ny fitondran-tenan’ny mpikambana iray ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana izay raha voaporofo dia ho eo ambany famaizana araka ny voalazan'ny *Boky Torolàlana*.

**Fampiatoana** – Karazana hetsika famaizana iray izay manda amin’ny fotoana voafetra ny zo, ny tombontsoa ary ny andraikitry ny mpikambana iray ao amin’ny klerjy.

**Manana laza tsara** – Toeran’ny klerjy izay tsy manana fiampangana mbola tsy voavaha, tsy eo ambany famaizana, ary tsy mbola namerina ny fahazoan-dàlany, na nesorina taminy ny fanomezan-dalany, na niala tamin'izany fanomezan-dalany izany.

**433.1.** Amin’ny tranga izay itondran'ny mpikambana iray ao amin'ny klerjy fanaovana hetsika tsy tapaka amin'ny fiangonana mahaleotena izay tsy eo ambany fitarihan’ny Fiangonan’ny Nazareana, na miasa ho mpikambana amin’ny mpitondra amin’ny fiangonana mahaleotena amin’ny vondrom-pivavahana hafa, kanefa tsy misy fankatoavana an-tsoratry ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika amin’ny fivorian’ny distrika izay misy ny maha-mpikambana ilay mpanompo, na fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny Mpitantana Foibe, dia hiharan'ny famaizana izy. (433.11, 505.1)

**433.2.** Ny mpikambana ao amin’ny klerjy dia tokony hampiseho firaisan-tsaina mandrakariva amin’ny toro-hevitra iraisan’ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika. (416)

**433.3.** Ny fandraisana anjara rehetra angatahan’ny mpikambana amin’ny klerjy, na ny olona ao amin'ny ankohonany amin’izay mety ho planina na famatsiam-bola izay mety ananan’ny fiangonana amin’izao fotoana izao na ao aoriana, izay entina hanampiana na hanohanana ny mpanompo tsy afa-miasa na efa antitra dia tokony hifototra amin’ny fandaminana tsy miovaova, fanompoana mavitrika omen’ny mpanompo amin’ny maha-mpitandrina voatendry azy na evanjelistra na andraikitra hafa efa nekena ho ara-dalàna, eo ambany fanasazian'ny fivorian’ny distrika. Tsy ao anatin’ity fitsipika ity ny fandraisana anjara amin’ireo rehetra izay miasa tapak'andro ary amin'ny fanompoana tsindraindray.

**433.4.** Ny mpanompo nomena fahazoan-dalana izay miasa amin’ny maha-mpitandrina voatendry azy na mpitandrina mpanampy amin’ny Fiangonan’ny Nazareana dia tokony ho mpikambana amin’ny mpifidy ao amin’ny fivorian’ny distrika. (201)

**433.5.** Ny mpiadina voafidy ho amin’ny laharan’ny loholona na laharan’ny diakona dia ho tokanana amin’ny alalan’ny fametrahan-tanan’ireo mpitantana foibe sy ireo mpanompo efa

voatokana miaraka amin’ny fampiasana ny fivavahana araka ny tokony ho izy, eo ambany fitarihan’ny mpitantana foibe izay mitarika ny fivoriana. (307.3)

**433.6.** Ny mpitantana foibe manam-pahefana no hanome ilay olona vao notokanana ny fanamarinana ny Fanokanana, misy ny sonian’ny mpitantana foibe manam-pahefana, ny mpitantana ny distrika, ary ny mpitan-tsoratry ny distrika. (430.1)

**433.7.** Amin’ny tranga izay tsy hita ny nametrahana ny fanomezan-dalan’ny loholona na diakona iray, na tsy azo ampiasaina, na potika dia azo hanaovana fanamarinana dika mitovy izy izay omena araka ny toro-mariky ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika. Izany toro-marika izany dia ilaina alefa mivantana any amin’ny mpitantana foibe manam-pahefana, ary miankina amin’izany fahefana ho amin’ny fankatoavana izany, ny mpitan-tsoratra foibe no hanome fanamarinana dika mitovy. Ao ambadik’ilay fanamarinana, dia tokony hisy ilay laharana tamin’ny voalohany miaraka amin'ny teny hoe DIKA MITOVY. Raha toa ka tsy afaka manao sonia intsony ilay mpitantana foibe sy ny mpitan-tsoratry ny distrika nanao sonia tamin’ny voalohany, dia ny mpitantana foibe miadidy, ny mpitantana ny distrika, ary ny mpitan-tsoratry ny distrika izay nanao ny fangatahana fanamarinana dika mitovy no hanao sonia. Ao amin’ilay lafiny fanamarinana izay misy ny soratra na printy, na izy roa miaraka dia ny soratra sy printy izany, ary voasonian’ny mpitantana foibe manam-pahefana, sy ny mpitantana ny distrika, ary ny mpitan-tsoratry ny distrika dia tokony hisy izao fanambarana manaraka izao.

Ity fanamarinana ity dia nomena ho solon’ny fanamarinana taloha tamin’ny Fanokanana nomena an’i (anarana) ______________________________, tamin’ny _______________ (andro sy volana)__________ taona, nataon'ny____________________________ (fikambanana nanao ny fanokanana). Ny taratasy fanamarinana ny fanokanana azy dia nosoniavin-dRa__________________________sy Ra____________________________.
Ny fanamarinana tamin’ny voalohany dia (tsy hita izay misy azy, tsy azo ampiasaina, potika).

_______________________________, Mpitantana Foibe
_______________________________, Mpitantana ny Distrika
_______________________________, Mpitan-tsoratry ny Distrika

**433.8.** Ny loholona rehetra sy ny diakona dia hanana ny fiangonana maha-mpikambana azy amin’ny fiangonana eo an-toerana. Raha tsy manana fiangonana maha-mpikambana azy eo amin’ny fiangonana eo an-toerana misy ny distrika izay mitazona ny fahazoan-dalany ny loholona na diakona, dia mety voaesotra amin’ny andraikitra maha-loholona azy na diakona izy.

**433.9.** Ny loholona sy ny diakona rehetra dia hitazona amin’ny maha-mpikambana azy ao amin’ny asa fanompoana amin’ny fivorian’ny distrika ao amin’ny distrika izay misy ny maha-mpikambana azy amin’ny fiangonana, izay tena ilainy hanaovana tatitra isan-taona. Na loholona na diakona tsy manao tatitra roa taona misesy amin’ny fivorian’ny distrika na izy tenany manokana na amin’ny alalan’ny taratasy, raha ny fivorian’ny distrika no mifidy izany, dia miato ny maha-mpikambana azy noho izany. (30, 201, 203.3, 418, 431.1)

**433.10.** Amin'ny tranga izay ny mpanompo voatokana dia mikambana amin’ny fiangonana na fanompoana hafa, ny maha-mpikambana azy amin’ny fiangonana sy ny maha-mpikambana azy amin’ny fanompoana ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana dia mijanona avy hatrany, noho ny zava-misy, ary ny fivorian’ny distrika no mampiditra izany amin’ny tatitra firaketana araka izao fanambarana manaraka izao: “Nesorina tamin’ny maha-mpikambana sy

ny fanompoana ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana noho ny fikambanany amin’ny fiangonana hafa”. (107, 112)

**433.11.** Tsy misy mpanompo voatokana hitondra fiangonana manokana hanao sehatr’asa samihafa amin’ny fotoana voalamina izay tsy eo ambany fitarihan’ny Fiangonan’ny Nazareana, na hizaka iraka manokana na sehatr’asa manokana tsy nahazoana alalana, na hitambatra amin’ny mpitondra hiandraikitra fiangonana manokana na antokom-pivavahana hafa na fiangonana hafa, raha tsy misy fankatoavana an-tsoratra voasoratra isan-taona avy amin’ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika na fankatoavana an-tsoratra avy amin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe. Raha mila atao amin’ny distrika mihoatra ny iray izany sehatr’asa izany, na distrika iray mihoatra ny distrika misy ny maha-mpikambana ilay mpanompo, ny taratasy fankatoavana avy amin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavana aloha voalohany indrindra amin'izany sehatr’asa izany. Ny Biraon’ny Mpitantana Foibe no hampahafantatra ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika fa ny fangatahana ho amin'io fankatoavana voalaza io dia miandry hodinihan'ny biraony.

Raha tsy mahatanteraka ireo fitakiana ireo ny mpanompo voatokana iray, dia mety ho, amin’ny alalan’ny fifidianana nahazoana roa ampahatelon’ny vato amin’ny mpikambana rehetra ao amin’ny Biraon’ny Mpanome alalana amin’ny asa fanompoana, sy amin’izay zavatra ataon’ny fivorian’ny distrika, dia ho voaesotra ny maha-mpikambana azy amin’ny Fiangonan’ny Nazareana. Ny hevitra farany hamaritana na “iraka manokana” izany asa manokana natao izany na “asan’ny fiangonana tsy nahazoana alalana” dia hijanona amin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe. (112-12.1)

**433.12.** Afaka manomboka fiangonana eo an-toerana ny mpanompo voatokana iray rehefa nahazo alalana hanao izany avy amin’ny mpitantana ny distrika na ny mpitantana foibe miadidy. Mila teherizin’ny biraon’ny Mpitan-tsoratra foibe amin’ny firaiketana ny fanomezan-dàlana an-tsoratra izay avy amin’ny mpitantana ny distrika. (100, 208.1)

**433.13.** Mpikambana avy hatrany amin’ny fivorian’ny distrika ny mpitandrina na mpanompo notendrena hafa izay ao am-perinasa ary mikajy hatrany ny asa amin’izany fanompoana izany amin’ny maha-antso voalohany azy amin’ny iray amin'ny andraikiny amin’ny fanompoana araka ny voafaritra ao amin’ny Toko II.

**433.14.** Adidy aman’andraikitry ny mpanompo tsirairay avy ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana ny mitana am-pahatokiana sy mitahiry izay mety resaka misy tsiambaratelo nambaran'ny mpanolo-tsaina ao amin’ny fiangonana amin'ny maha mpanompo nomena fahazoan-dàlana na mpanompo notokanana azy no iasany ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana. Melohina ny filazana izany ampahibemaso raha tsy efa nahazoana alalana an-tsoratra tamin’ilay olona nilaza izany. Izay mpanompo Nazareana mandika izany fepetra voalaza eo ambony izany dia hahazo sazy amin’ny fifampifehezana izay napetraka ao amin’ny Fizarana VI, sy ao amin'ny fizarana kely V ao amin’ity *Boky Torolàlana*. ity.

**433.15.** Ny loholona rehetra na diakona dia antenaina handray anjara amin’ny fianarana lava reny tsy tapaka mandritra ny androm-piainana amin’ny alalan’ny famitana fianarana mitohy ahazoana lanjan’isa mifandraika amin’izany roa (2) isan-taona izay eo ambany fitantanan’ny Biraon’ny Fianarana amin’ny distrika. (424.6)

### I. Ny fialana na fanesorana amin’ny Asa Fanompoana

**434.** Ny mpitan-tsoratra foibe dia mahazo alalana handray sy hitazona amin’ny toerana azo antoka ny fanomezan-dalan’ny klerjy manana toerana tsara izay, noho izy tsy amperinasa

amin'ny fanompoana mandritra ny fotoana voafaritra, dia maniry ny hametraka izany hampirimina. Amin'ny fotoana hampirimana ny fanomezan-dalana, dia hanamarina amin'ny mpitan-tsoratra foibe ilay mpikambana amin'ny klerjy fa ny fahazoan-dalany dia tsy nalefa amin'ny firaketana noho ny antony mety ho fialana amin'ny famaizana. Ny fametrahana ny fahazoan-dalana dia tsy misakana akory ny fampiharana famaizana amin'ilay mpikambana amin'ny klerjy. Ny mpikambana amin'ny klerjy izay nampirina ny firaketany amin'ny mpitan-tsoratra foibe dia afaka mahazo izany indray araka ny voalaza ao amin'ny 435.2.

**434.1.** Raha misy mpikambana amin'ny klerjy manana toerana tsara miato amin'ny maha-mpanompo voatendry azy noho ny antso hafa na asa hafa noho ny klerjy ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, dia mety hiala amin'ny zony, ny tombontsoany ary ny andraikiny amin'ny maha-klerjy azy izy ary hamerina ny fahazoan-dalany amin'ny fivorian'ny distrika izay iasany, ka hamerina izany ho amin'ny fikarakaran'ny mpitan-tsoratra foibe. Ny firaiketana ao amin'ny tatitry ny fivorian'ny distrika dia haneho ny "fialany amin'ny andraikitry ny mpanompo, miala tsy ho amin'izany laharany izany intsony". Mety azo averina amin'izany klerjy niala izany ny fahazoan-dalany araka ny voalaza ao amin'ny 435.3.

**434.2.** Raha misy mpikambana amin'ny klerjy tsy nahatanteraka ny andraikiny amin'ny maha-klerjy azy noho ny fahalavan'ny fotoana tsy nanendrena azy izay tsy tokony hihoatra ny efa-taona, dia milaza izany fa io olona io dia tsy mandray anjara amin'ny maha-klerjy azy intsony. Fa mety hisy koa ny fotoana, angatahana an'ilay olona handefa ny fahazoan-dalany hampirimina. Ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny fanompoana eo amin'ny distrika no hanao tatitra amin'ny fivorian'ny distrika fa ny "fanomezan-dalana ny (loholona na diakona voalaza eto) dia nalefa amin'ny firaketana tamin'ny alalan'ny Biraon'ny Mpanome alalana amin'ny asa fanompoan'ny distrika". Tsy nentina hitsarana izao zavatra izao. Mety ho afaka hahazo izany fahazoan-dalana izany hiverina aminy indray ilay olona araka ny voalaza ao amin'ny 435.2.

**434.3.** Azo esorina amin'ny maha-mpikambana azy amin'ny andraikitry ny mpanompo ny klerjy iray raha toa ka nahazo taratasy fanomezan-dalana amin'izany avy amin'ny fiangonana eo an-toerana izy ary tsy mampiasa izany hahazoany mikambana amin'ny Fiangonan'ny Nazareana hafa amin'ny alalan'ny fivorian'ny distrika manaraka, na raha milaza an-tsoratra izy fa efa niala tamin'ny Fiangonan'ny Nazareana, na raha manova ny toeram-ponenany amin'ny adiresy voarakitra izy ka tsy manome izany adiresy vaovao izany ao anatin'ny herintaona ho amin'ny firaiketan'ny Biraon'ny Fanomezan-dalana amin'ny asa fanompoana, na raha mandeha miaraka amin'ny fiangonana na fikambanana hafa izy ho mpikambana na mpanompo amin'izany, na raha tsy mahavita ny tatitra isan-taona izay takiana araka ny 427.8 sy 433.9; mety hanome toro-marika ny Biraon'ny Fanomezan-dalana amin'ny asa fanompoana ary mety hanome fangatahan'ny fivorian'ny distrika hanala ny anarany amin'ny Laharana maha-mpikambana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana sy ny Laharana maha-mpanompo azy amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**434.4.** Ny mpikambana amin'ny klerjy tsy mijoro tsara amin'ny fahamarinana dia afaka miala amin'ny fanomezan-dalany, araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika. (435)

**434.5.** Ny mpikambana ao amin'ny klerjy dia azo esorina amin'ny asa fanompoana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana na amin'ny alalan'ny famerenany ny fanomezan-dalany izany na amin'ny alalan'ny famaizana ampiharina aminy araka ny paragrafy 505-8.

**434.6.** Raha esorina ny loholona na diakona iray, dia halefa any amin'ny mpitan-tsoratra foibe ny fanomezan-dalan'ilay klerjy mba hampirimina sy hoterihirizina mba hodinihana

amin'ny fivorian'ny distrika amin'ny distrika izay maha-mpikambana ilay loholona na diakona tamin’ny fotoana nanesorana azy. (325.5)

**434.7.** Ny mpitandrina, ny biraon’ny fiangonana eo an-toerana, na hafa izay mamaritra ny andraikitra ao amin’ny fiangonana dia tsy haka klerjy tsy manana laza tsara amin’ny toeram-pitokisana na fahefana toy ny mpanompo mpanampy, talen’ny hira, mpampianatra Sekoly Alahady, na hafa mandra-piverenan’ny fanomezan-dalany. Afa-tsy hoe misy didy nahazoana nanala ny fandrarana noho ny fahazoan-dalana an-tsoratra sady avy amin’ny mpitantana ny distrika izay nahavery ny fahazoan-dalana sy ny mpitantana foibe manam-pahefana amin’io distrika io. (435.5-35.6)

**434.8.** Raha mijanona amin’ny fanompoana ataony amin’ny maha-mpikambana amin’ny klerjy ny loholona na diakona tsy mbola misotro ronono ka miasa any amin’izao tontolo izao matihanina, aorian’ny roa taona, ny Biraon’ny Fanomezan-dalana amin’ny asa fanompoana dia hitaky ny fialàny amin'ny toerana maha-klerjy azy na hametraka ny fanomezan-dalany amin’ny fitehirizana ary hamerina izany fanomezan-dalana izany amin’ny mpitan-tsoratra foibe. Io vanim-potoana roa taona io dia hanomboka amin’ny fivorian’ny distrika manaraka ny famaranana ny asa aman-draharaha nataony amin’ny maha-mpikambana amin’ny klerjy azy. Hanao tatitra ny amin’izany hetsika izany amin’ny fivorian’ny distrika ny Biraon’ny Fanomezan-dalan’ny asa fanompoana eo amin’ny distrika. Ity hetsika ity dia hatao ho isan’ny tsy fahasimban’ny toetra.

**434.9.** Izay mpikambana rehetra ao amin’ny klerjy nametraka antontan-taratasy ho fisaraham-panambadiana ao anatin’ny 48 ora, na famaranana ny fanambadiany ara-dalana amin’ny endrika hafa ataon’ilay mpanompo na koa fisarahana ara-batana ao anatin’ny 48 ora ataon’ilay mpanompo sy ny vadiny ka manana antony tsy ho fitohizan’ny fiaraha-monina ara-batana dia ilaina ny *(a)* mifandray amin’ny mpitantana ny distrika, mampahafantatra ny zavatra natao; *(b)* manaiky hihaona amin’ny mpitantana ny distrika sy mpikambana iray amin’ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika amin’ny fotoana sy toerana iray ifanarahana hihaonana, na raha tsy misy fotoana sy toerana voalamina hihaonana, dia amin’ny fotoana sy toerana izay tondroin’ny mpitantana ny distrika no hanaovana izany; *(d)* amin’ny fotoana izay voalaza ao amin’ny *b* eo ambony, ilay mpikambana ao amin’ny klerjy no hanazava ny zavatra manodidina ilay fanapahan-kevitra noraisina ary ny fifandirana ara-panambadiana koa miaraka amin’ny fototra ara-baiboly ho fanamarinana izany, sy ny antony hoe nahoana ny mpikambana iray ao amin’ny klerjy no mbola havela hanohy amin’ny fanompoana amin’ny maha-mpikambana ao amin’ny klerjy azy izay manana laza tsara. Raha toa ka tsy mahomby amin’ny fanarahana ny fitsipika araka ny voalaza eo ambony ny mpikambana iray ao amin’ny klerjy, ny tsy fanarahana fitsipika toy izany dia mety hitarika ho amin’ny famaizana.

### J. Ny famerenana indray ny mpikambana ao amin’ny Klerjy amin’ny maha-mpikambana azy amin’ny fiangonana sy amin'ny toerana tsara

**435.** Izay mpikambana amin’ny klerjy nesorina na niala tamin’ny maha-mpikambana azy amin’ny fiangonana eo an-toerana tamin'ny naha tsy tsara laza azy dia mahazo miverina mikambana indray amin’ny Fiangonan’ny Nazareana raha toa ka misy ny fankatoavana izany avy amin’ny fivorian’ny distrika izay nisy azy tamin’ny nanesorana azy na nialany. Raha misy fitarainana roa ho amin’ny famerenana indray na ho amin'ny maha-mpikambana amin’ny fiangonana na ho amin’ny toeram-panompoana lavina, dia afaka mandefa fangatahana iray ny Biraon’ny Mpitantana Foibe ho an’ny famindrana andraikitra ho an’ny famerenena indray any amin'ny distrika hafa izay mety hihevitra ny fametrahana azy. Raha

toa ka nolavina daholo ny fitarainana ho amin'ny famerenana indray ny fahazoan-dalana, dia mety ho lasa olona laika tsotra ilay mpanompo efa voatokana, araka ny fankatoavana ataon'ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika. (434.4)

**435.1.** Raha nisy antony nahatonga ny anaran'ny loholona na diakona ho voaesotra amin'ny laharana amin'ny fivorian'ny distrika iray, dia tsy ho fantatra amin'ny distrika hafa intsony ny maha-loholona na maha-diakona azy raha tsy nisy fanekena an-tsoratry ny fivorian'ny distrika izay nanesorana ny anarany, afa-tsy arak'izay voalaza ao amin'ny paragrafy 435. (Afaka manao ny fangatahana ny famindrana araka ny lalana eo anelanelan'ny fivorian'ny distrika ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika.)

**435.2.** Raha misy loholona na diakona manana laza tsara nampirina amin'ny firaketana ny fahazoan-dalany, izany fahazoan-dalana izany dia azo averina amin'ilay loholona na diakona amin'ny fotoana manaraka hananany fitondrantena tsara ihany araka ny didin'ny fivorian'ny distrika izay niraketana ilay fahazoan-dalana, raha toa ka nankasitrahan'ny mpitantana ny distrika sy ny Biraon'ny Mpanolo-tsainan'ny Distrika ny famerenana ny fahazoan-dalany.

**435.3.** Raha mametra-pialana amin'ny laharana maha-mpanompo azy ny loholona na ny diakona manana laza tsara araka ny 434.1 sy 434.8, dia mety azo averina amin'izany laharana izany izy araka ny fivorian'ny distrika, amin'ny alalan'ny famenoana taratasy misy fanontaniana ho amin'ny Fanokanana/ Fanekena ho ara-dalàna, manamafy indray ny voady ho amin'ny fanompoana, ary aorian'ny fandinihana sy ny fankasitrahana tsara ataon'ny Biraon'ny Fahazoan-dalana amin'ny asa fanompoan'ny distrika sy ny fankatoavan'ny mpitantana foibe manam-pahefana dia averina indray izy.

**435.4.** Raha maty ny mpanompo voatokana iray izay voapirina amin'ny firaketana ny fahazoan-dalany ary nanana laza tsara izy tamin'ny fotoana nahafatesany, amin'ny alalan'ny fangatahana an-tsoratra amin'ny mpitan-tsoratra foibe, miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika izay niraketana izany fahazoan-dalana izany, dia hahazo ny taratasy fanamarinana ny fanokanana an'ilay mpanompo ny fianakaviany.

**435.5.** Amin'ny fotoana izay mety hanajanonana ny mpikambana iray ao amin'ny klerjy ny fampiasany ny laharany amin'ny zony sy ny tombontsoany, dia hanomana tatitra an-tsoratra mikasika ny zava-misy sy ny anton-javatra izay niseho noho ny fanovana ny toerany ny Biraon'ny Fanomezan-dalana amin'ny asa fanompoana. Ho hita ao amin'ny tatitra ny toro-marika avy amin'ny Biraon'ny Fahazoan-dalana amin'ny asa fanompoana raha mety na tsia ny planina amin'ny famerenana indray. Hamporisihana ny distrika tsirairay avy hanomana planina voasoratra mifanaraka amin'ny fitarihan'ny *Boky Torolàlana*, hanampy amin'ny dingana famaliana, fanamboarana indray, fampihavanana ary ny mety ho fahazoana mamerina indray amin'ny fanompoana, ho an'ilay mpitondra fivavahana na klerjy voakasika amin'ny raharaha tsy ho tonga mpanompo. Raha toa ka mety ny planina ho amin'ny fanamboarana indray, dia hiasa miaraka amin'ilay olona manokana hampihatra ny planin'ny distrika amin'ny fanamboarana indray ny Biraon'ny Fanomezan-dalana amin'ny asa fanompoana, ho fanitarana ny fampiasana. Ny tanjon'ny planina dia hamerina indray ilay olona ho amin'ny fahasalamana ara-panahy, ara-pihetseham-po, ara-tsaina ary ara-batana. Ny andraikitra voalohany amin'ny fanatanterahana ny planina dia mipetraka amin'ilay olona izay tiana ho voamboatra indray, fa ny olona mpanampy manamora ny fanatanterahana izany dia solo-tenan'ny fiangonana manome ny fanohanana sy ny fanampiana. Ny mpanampy manamora ny fanamboarana indray dia hanao tatitra amin'ny Biraon'ny Fahazoan-dalana amin'ny asa fanompoana indray mandeha isaky ny telovolana mikasika ny fandrosoana amin'ny fanamboarana indray. Ilaina manaraka ny endrika nanaovan'ny Biraon'ny Fahazoan-dalana

amin’ny asa fanompoana azy ny tatitra. Mety hamerina hijery matetitetika ny planina amin’ny fanamboarana indray ny Biraon’ny Fahazoan-dalana araka ny fanomezan-toky.

**435.6.** Izay mpikambana amin’ny klerjy tsy nanana laza tsara dia tokony tsy hitory teny, tsy hampianatra Sekoly Alahady, na hitazona toerana na inona na inona ka ilana ny fitokisana sy ny fahefana ao amin’ny fiangonana na fotoam-bavaka, ary tsy homena andraikitra amin’ny fanompoana na inona na inona izy raha tsy ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika, ny Biraon’ny Fahazoan-dalana amin’ny asa fanompoana, ny mpitantana ny distrika, ary ny mpitantana foibe manam-pahefana no mamaritra fa io olona io dia mandroso mankamin’ny fanamboarana indray hanamarina ny fanomezan-dalana vaovao ho an'ilay olona voakasika ka ahafahany manompo eo amin’ny toeram-pitokisana sy fahefana. Mila dinihina tsara ireo làlana amin’ny fankatoavana ireo izay ijerena raha tena niaiky sy nifona araka ny tokony ho izy amin’ny fitondran-tena tsy mety nataony marina ilay olona teo amin’ny toerana tsy tsara na tsia. Ny fifonana marina dia mitarika fahatsapana lalina ny zavatra nahadiso manokana miaraka amin’ny fiovan’ny fitondran-tena izay mitohy mandritra ny fotoana ela ampy hanehoana miharihary fa ny fiovana dia ho maharitra. Azo omena noho izany ny fankatoavana hanao fanompoana amin’ny toeram-pitokisana sy fahefana miaraka na tsia amin’ny fepetra manokana. (505.1-5.2, 505.5, 505.11-5.12)

**435.7.** Azo atao ny mamerina ny mpikambana amin’ny klerjy iray izay very ny lazany ho amin’ny laza tsara indray ary azo averina aminy koa ny fahazoan-dalany izay amin’ny alalan’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe irery ihany no ahazoana manao izany araka ny toro-marika ho famerenena indray izay avy amin’ny fivorian’ny distrika izay nahavery ny toerana tsara nisy azy. Ny toro-marika amin’ny famerenena indray dia mitaky ny fankatoavana avy amin’ny mpitantana ny distrika, ny Biraon’ny Fahazoan-dalana amin’ny asa fanompoana eo amin’ny distrika, ary ny fankatoavan’ny roa ampahatelon’ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika. Amin'ny fandinihana ny mety ho fankasitrahana ho amin'ny famerenana indray ny fanomezan-dalana dia fepetra lehibe voalohany jerena ny fandrosoana tamin'ilay planina ho amin'ny fanamboarana indray, kanefa ilaina jerena ihany koa ny faharetan'ny fotoana teny am-pandehanana ho fanampin'izany.

Na izany aza, raha amin’ny toe-javatra toy ny fanaovana fitondran-tena tsy mendrika noho ny firaisana ara-nofo no nataon’ilay mpikambana amin’ny klerjy, dia tsy voafidy hangataka ho amin’ny famerenena indray ilay mpikambana amin’ny klerjy raha tsy afaka efa-taona. Tsy maintsy mampiseho dingana mahafapo amin’ny planina voasoratra mazava tsara amin’ny famerenana indray fara-hafakeliny efa-taona ny mpikambana amin’ny klerjy izay nahavery ny toerany tsara vokatry ny fitondran-tena ratsy tamin’ny alalan’ny firaisana ara-nofo, mialoha ny famerenana azy ho amin’ny lazan’ny olona mijoro tsara amin’ny fahamarinana. (505.1-5.2, 505.5; 505.11-5.12)

**435.8.** Koa satria mahalana ihany ny fitondran-tena tsy mendrika tahaka ny fitondran-tena tsy mendrika amin'ny firaisana amin'ny ankizy na ny firaisan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy, na ny fampirafesana vady miverimberina no vokatry ny fahalavoana ara-môraly indray mandeha, ny olona izay meloka tamin'ny faharatsiam-pitondran-tena tamin'ny alalan'ny fijangajangana miverimberina foana dia tsy tokony ho azo averina amin'ny toeran'ny olona manana laza tsara intsony. Ireo olona ireo koa dia tokony tsy havela hanompo amin’ny toeran’ny mpitarika, toeram-pitokisana na fanompoana hafa ao amin’ny fiangonana eo an-toerana. (505.1-5.2, 505.5,505.11-5.12)

FIZARANA VI

# Fitantanana ara-pitsarana

**FAMOTORANA MIKASIKA NY METY HO FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA SY NY FITSIPI–PIFEHEZAN'NY FIANGONANA**

**NY ATAO MANOLOANA NY METY HO FITONDRAN-TENA RATSY**

**FAMALIANA NY FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA ATAON'NY OLONA IRAY NAMETRAHAM-PITOKISANA NA MANAM-PAHEFANA**

**FITSIPI-PIFEHEZANA TOHERIN'NY OLONA LAIKA IRAY**

**FITSIPI-PIFEHEZANA TOHERIN'NY MPITONDRA FIANGONANA IRAY**

**FITSIPIKY NY FOMBA ARAHINA**

**FITSARANA AMBONIN'NY DISTRIKA**

**FITSARANA AMBONY FOIBE**

**FITSARANA AMBONIM-PARITRA**

**ANTOKA NY AMIN'NY ZO**

## I. FAMOTORANA MIKASIKA NY METY HO FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA SY NY FITSIPI–PIFEHEZAN'NY FIANGONANA

**500.** Ny tanjon'ny fitsipi-pifehezan'ny fiangonana dia ny hihazona ny fahamarinan'ny fiangonana, hiaro ny tsy manan-tsiny tsy ho voaratra, hiaro ny fandairan'ny fijoroana vavolombelona ataon'ny fiangonana, hananatra sy hanitsy ny tsy mitandrina, hitondra ny meloka ho amin'ny famonjena, hamerina ny meloka eo amin'ny toerany indray, hamerina ireo izay naverina tamin'ny toerany ho amin'ny asa fanompoana mandaitra, ary hiarovana ny laza sy ny fananan'ny fiangonana. Ny mpikambana ao amin'ny fiangonana izay mankahatra ny Fanekena ny amin'ny Toetra Kristiana na ny Fanekena ny amin'ny Fitondran-tena Kristiana, na izay mandika an-tsitrapo sy tsy mitana ny voadiny amin'ny maha-mpikambana azy, dia tokony ho faizina amim-pahatsaram-panahy sady amim-pahamarinana, araka ny haben'ny fandikan-dalàna nataony. Satria ny fahamasinam-po sy fiainana no fenitry ny Testamenta Vaovao, ny Fiangonan'ny Nazareana dia manindry ny fanompoana madio ary mitaky amin'ireo izay manana ny fahazoan-dàlana ho mpitondra fiangonana mba ho marina amin'ny fotom-pampianarana sy ho masina eo amin'ny fiainana. Arak'izany, dia tsy hanasazy na hanafay no tanjon'ny fitsipi-pifehezana fa hanatanteraka ireo tanjona ireo. Miankina amin'ny ambaratongam-pifehezana ihany koa ny famaritana ny laza sy ny fitohizan'ny fifandraisana amin'ny fiangonana.

## II. NY ATAO MANOLOANA NY METY HO FITONDRAN-TENA RATSY

**501.** Ilaina ny famaliana avy amin'ny manam-pahefana isaky ny misy loharanom-baovao avy amin'olona azo itokisana iray izay mihevitra izany ho mitombina, ka mety mahatonga olona iray hafa hino fa hanohintohina ny fiangonana, hiteraka fahavoazana ho an'ny hafa noho ny fitondran-tena ratsy, na hahavoa olon-kafa vokatry ny fitondran-tena ratsy ataon'olona nametraham-pitokisana na mpiandraikitra ao am-piangonana.

**501.1.** Rehefa misy olona iray, tsy manam-pahefana hamaly ho an'ny fiangonana, mahalala zavatra izay heverin'ny olona itokisana iray fa marina sy mety mahatonga ny olona malina iray hino fa mety hisy fitondran-tena ratsy hasehon'ny olona nametraham-pitokisana na manam-pahefana ao amin'ny fiangonana, dia hampahafantarin'ilay olona mahalala ny solontenan'ny fiangonana izay manam-pahefana hamaly izany zavatra izany.

**501.2.** Ny toerana misy ny olona na ireo olona, izay mety tafiditra amin'ny fitondran-tena ratsy ao amin'ny fiangonana no mamaritra ny olona izay manam-pahefana hamaly, ka toy izao manaraka izao izany:

| ***Olona voarohirohy*** | ***olona manam-pahefana hamaly*** |
|---|---|
| Tsy mpikambana | Mpitandrina ny fiangonana eo an-toerana izay nitrangan'ilay fitondran-tena |
| Laika | Mpitandrina ny fiangonana izay misy ilay olona laika. |
| Mpitondra fiangonana | Mpitantana ny distrika izay misy ilay olona voarohirohy na mpitandrina ilay fiangonana eo an-toerana. |
| Mpitantana distrika | Mpitantana Foibe miadidy ilay faritra. |
| Tsy voafaritra | Sekretera Jeneraly/<br>Mpiandraikitra ny fitantanan-draharaha Foibe |

Ny olona manam-pahefana hamaly dia afaka mangataka ny fanampian'ny hafa amin'ny fitadiavana ny marina na amin'ny famaliana.

**501.3.** Raha tsy misy fiampangana natao, ny tanjon'ny famotorana dia ny hamantarana raha ilaina ny fanaovana hetsika mba hisorohana ny fahavoazana hanamaivana ny fiatraikan'ny fahavoazana efa vita. Raha toa ka nino ny olona malina iray fa tsy ilaina ny fanaovana hetsika hafa hisorohana ratra na hanamaivana ny fiantraikan'ny ratra, dia tsy mitohy ny famotorana raha tsy efa misy fiampangana voasoratra ara-dalàna. Mety ho lasa fototry ny fiampangana iray ny zavatra fantatra nandritra ny famotorana iray.

## III. FAMALIANA NY FITONDRAN-TENA TSY MENDRIKA ATAON'NY OLONA IRAY NAMETRAHAM-PITOKISANA NA MANAM-PAHEFANA

**502.** Isaky ny misy olona nomem-pahefana hamaly mahatsapa fa misy olona tsy manan-tsiny niharan'ny fitondran-tena tsy mendrika nataon'ny olona iray nametraham-pitokisana na manam-pahefana, dia misy hetsika atao mba hahatonga ny fiangonana hamaly araka ny tokony ho izy. Ny valiny mety dia mikatsaka ny fisorohana fandratrana fanampiny amin'ireo niharan'ilay fitondran-tena ratsy, ny fikatsahana ny hamaly ny filàn'ireo niharan'izany, ny filàn'ny voampanga, ary ny hafa izay mijaly vokatr'ilay fitondran-tena ratsy. Tokony ho jerena manokana ny filàn'ny vady sy ny ankohonan'ilay voampanga. Ilay famaliana koa dia fitsinjovana ny filàn'ny fiangonana eo an-toerana, ny distrika ary ny fiangonana foibe mikasika ny fifandraisana amin'ny be sy ny maro, ny fiarovana ara-dalàna ary ny fiarovana ny fahamarinan'ny fiangonana.

Ireo izay mamaly ho an'ny fiangonana dia tsy maintsy manao an-tsaina fa mety hisy fiantraikany araka ny lalàna izay lazain'izy ireo sy ataony. Mifototra amin'ny adidy maha-Kristiana ny andraikitry ny fiangonana hamaly. Tsy misy olona manana fahefana hanaiky andraikitra ara-bola ho an'ny fiangonana eo an-toerana raha tsy misy fanapahan-kevitry ny biraon'ny fiangonana, na koa andraikitra ara-bola ho an'ny distrika iray raha tsy misy fanapahan-kevitry ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Raha misy ny fisalasalana amin'ny izay mety hatao dia tokony hieritreritra fangatahana toro-hevitra amin'olona manam-pahaizana manokana mikasika ilay raharaha.

**502.1.** Ny biraom-piangonana isaky ny fiangonana eo an-toerana dia tsara raha mamolavola valiny manoloana ny olana rehetra mety hitranga; na izany aza anefa, dia mety ilaina ny famaliana mialohan'ny fotoana ahafahan'ny birao mivory. Fahendrena ho an'ny fiangonana tsirairay eo an-toerana ny manana planim-pamaliana vonjy maika.

**502.2.** Ny Birao Mpanolon-tsainan'ny Distrika isaky ny distrika no manana ny andraikitra voalohany hamaly mikasika ny olana iray; na izany aza anefa, dia mety ilaina ny famaliana mialohan'ny fotoana ahafahan'ny birao mivory. Fahendrena ho an'ny distrika iray ny manao planim-pamaliana vonjy maika. Mety tafiditra ao anatin'ilay planina ny fanendren'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika tarika iray mpamaly izay ahitana olona manam-pahaizana manokana toy ny mpanolo-tsaina, mpiasa ara-tsôsialy, olona nofanina tao anatin'ny sehatry ny fifandraisana ary olona izay mahalala ny lalàna manan-kery.

**503. Famahana ny olana ara-pitsipi-pifehezana amin'ny alalan'ny fifanarahana.** Ny ambaratongam-pifehezana voalaza ao amin'ity *Boky Torolàlana* ity dia natao hanolorana ny fombafomba mety hamahana fiampangana fitondran-tena tsy mendrika rehefa lavin'ilay voampanga ireo fiampangana. Amin'ny tranga maro, dia tsara ny mamaha ny olana ara-pitsipi-pifehezana amin'ny alalan'ny fifanarahana. Amporisihina sy katsahina mandrakariva

araka izay azo atao ny ezaka famahana olana ara-pitsipi-pifehezana amin'ny alalan'ny fifanarahana.

**503.1.** Ny raharaha rehetra ao anatin'ny fari-piadidin'ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana eo an- toerana dia azo vahana amin'ny alalan'ny fifanarahana an-tsoratra eo amin'ilay olona voampanga sy ny mpitandrina raha ankatoavin'ny biraom-piangonana sy ny Mpitantana ny Distrika. Hanan-kery tahaka ny hetsiky ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana eo an-toerana ny fepetra ao anatin'izany fifanarahana izany.

**503.2.** Ny raharaha rehetra ao anatin'ny fari-piadidin'ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezan'ny Distrika dia azo vahana amin'ny alalan'ny fifanarahana an-tsoratra eo amin'ilay olona voampanga sy ny Mpitantana ny Distrika raha ankatoavin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika sy ny Mpitantana Foibe manam-pahefana. Hanan-kery tahaka ny hetsiky ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezan'ny Distrika ny fepetra ao anatin'izany fifanarahana izany.

## IV. FITSIPI-PIFEHEZANA TOHERIN'NY OLONA LAIKA IRAY

**504.** Raha voampanga ho naneho fitondran-tena tsy Kristiana ny mpikambana laika iray, dia atao an-tsoratra ny fiampangana ka soniavin'ny mpikambana roa farafahakeliny, izay nahatoky tamin'ny fahatongavany niangona nandritra ny enim-bolana farafahakeliny. Ny mpitandrina no hanendry komitin'ny mpanao famotorana izay ahitana mpikambana telo ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, ka ankatoavin'ny Mpitantana ny Distrika. Hanao tatitra an-tsoratra ny amin'ny famotorana nataony ilay komity. Tokony ho soniavin'ny olona maro an'isa ary atolotra ny biraom-piangonana io tatitra io.

Ao aorian'ny famotorana ary mifanaraka tsara amin'ny zavatra hita, mpikambana roa tsara laza eo amin'ny fiangonana eo an-toerana no manao sonia ny fiampangana sy manolotra izany amin'ny biraom-piangonana. Manaraka izany, rehefa nahazo ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika ny biraom-piangonana dia hanendry ny biraon'ny fitsipi-pifehezana ahitana mpikambana dimy, izay tsy manana fiandaniana mialoha ary afaka mihaino sy mitsara ny raharaha amin'ny fomba marina sy tsy miangatra. Raha mihevitra ny mpitantana ny distrika fa tsy mety ny fifantenana mpikambana dimy avy ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, noho ny habetsaky ny mpiangona na noho ny toetry ny fiampangana, na noho ny lanjan'ny fahefan'ilay voampanga, dia hanendry olona laika dimy avy amin'ny fiangonana hafa eo amin'ilay distrika ho Biraon'ny Fitsipi-pifehezana izy, rehefa avy nifandinika tamin'ny mpitandrina. Miroso amin'ny fihainoana sy ny fanadihadiana araka izay haingana azo atao io birao io mba hamaritana ny zava-nitranga. Ao aorian'ny fihainoana ireo vavolombelona sy ny fandinihana ny zava-misy dia, na hanafaka ilay voampanga ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana, na hanome famaizana sahaza ireo heloka. Tokony ifanarahan'ny rehetra ny fanapahan-kevitra. Mety haka endrika fanasaziana, fampiatona na fandroahana tsy ho mpikambana ao amin'ny fiangonana ny famaizana.

**504.1.** Azon'ny voampanga na ny biraom-piangonana atao ny mametraka fitarainana any amin'ny Fitsarana ambonin'ny Distrika ho fanoherana ny fanapahan-kevitry ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana eo an-toerana ao anatin'ny telopolo andro.

**504.2.** Rehefa nesorin'ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana eo an-toerana tsy ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ny olona laika iray, dia tsy afaka miverina ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo amin'ilay distrika izy raha tsy mahazo ny fankatoavan'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Raha azony izany fanekena izany, dia ho raisina ho mpikambana ao amin'ilay fiangonana indray izy amin'ny fanarahana ny fepetra

arahina ho an’ny fandraisana mpikambana ao amin’ny fiangonana. (27, 33 – 39, 112 – 112.4, 801)

## V. FITSIPI-PIFEHEZANA TOHERIN’NY MPITONDRA FIANGONANA IRAY

**505.** Miankina betsaka amin’ny fahalalana ara-panahy, sy ny toetra, ary ny fomba fiainan’ny mpitondra ao aminy no mampaharitra ela sy mampahomby ny asan'ny Fiangonan’ny Nazareana. Ny mpitondra fiangonana dia manaraka ny antso avo ary miasa amin'ny maha olona voahosotra izay nametrahan'ny fiangonana ny fitokisany. Manaiky ny fiantsoana azy izy ireo miaraka amin’ny fahafantarana fa ireo izay hanaovany asa fanompoana dia miandrandra fenitra avo. Noho ireo fanantenana avo apetraka amin’izy ireo, dia mora tratry ny fiampangana momba ny fitondran-tena tsy mendrika ny mpitondra fiangonana sy ny asa fanompoany. Noho izany dia amporisihana ny mpikambana mba hampihatra ireto fombafomba ireto miaraka amin'ny fahendrena sy ny fahamatorana ara-Baiboly izay mendrika ny olon’Andriamanitra.

**505.1.** Raha misy mpitondra fiangonana voampanga ho nanao fitondran-tena ratsy, fitondran-tena tsy mendrika ny mpanompo, na nampianatra zavatra tsy mifanaraka amin’ny foto-pampianaran’ny Fiangonan’ny Nazareana, na nanao an-tandrevaka be tamin'ny fampiharana ny Fanekena ny amin’ny Toetra Kristiana na ny Fanekena ny amin’ny Fitondran-tenan’ny Fiangonana ny mpitondra fiangonana iray, dia atao an-tsoratra ka soniavin'ny mpikambana roa tsara laza ao amin’ny Fiangonan’ny Nazareana fara-fahakeliny izany fiampangana izany. Tsy azon’ny olona izay nanaiky nandray anjara tamin’ilay fitondran-tena tsy mendrika soniavina ny fiampangana mahakasika fitondran-tena tsy mendrika momba ny firaisana ara-nofo. Tokony homena ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika izay anaovan’ilay voampanga ny asa fanompoany ilay fiampangana an-tsoratra. Ho lasa isan’ny taratasy momba ilay raharaha io fiampangana io.

Ny Biraon’ny Mpanolo-tsainan’ny Distrika no manao fampilazana an-tsoratra ka mampahafantatra ilay voampanga fa nisy fiampangana napetraka mahakasika azy. Ataony amin’ny fomba haingana araka izay azo atao izany. Rehefa tsy azo tanterahina haingana ny fampilazana, dia azo atao amin’ny fomba fampilazana mahazatra ao amin’ilay toerana ny fampilazana. Hanan-jo handinika ny fiampangana sy hahazo dika mitovy amin’izany avy hatrany ilay voampanga sy ny mpanolo-tsaina azy raha mangataka. (435.6-35.8).

**505.2.** Ny fisian’ny sonian’olona iray eo amin’ny fiampangana mpitondra fivavahana dia manamarina fa, araka ny fahafantaran’ilay nanao sonia, araka ny zavatra voaangona manodidina ilay zava-nitranga ary araka ny tsoan-kevitra natao tao aorian’ny fanadihadiana lalina, dia mitombina tsara araka ny zava-nisy tokoa ilay fiampangana. (435.6-35.8)

**505.3.** Rehefa tafapetraka ny fiampangana an-tsoratra iray, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hanendry komity ahitana mpanompo efa notokanana telo na mihoatra sy olona laika tsy latsaky ny roa (2) izay heveriny fa afaka manao famotorana ny amin’ny zava-misy sy ny toe-javatra tafiditra ao anatiny ary hanao tatitra an-tsoratra ny vokatry ny famotorana hitany, izay soniavin’ny ankamaroan’ilay komity. Aorian’ny fandinihana ny tatitr’ilay komity, raha tsapa fa misy antony mampitombina ny fiampangana, dia atao an-taratasy ara-dalàna sy soniavin’ny mpanompo efa notokanana roa izany fiampangana izany. Mampilaza ny voampanga haingana araka izay azo atao ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika. Rehefa tsy azo tanterahina ny fampilazana eo no ho eo, dia azo atao amin’ny fomba fampilazana mahazatra ao amin’ilay toerana ny fampilazana. Manan-jo handinika ny fiampangana voafaritra mazava sy

hahazo dika mitovy amin'izany avy hatrany ilay voampanga sy ny mpanolo-tsaina raha mangataka. Tsy misy voampanga azo terena hamaly fiampangana raha tsy efa nampahafantarina azy araka izay voalaza mazava ato. (222.3)

**505.4.** Raha hita, aorian'ny famotorana, fa tsy mari-pototra sy natao tamin'ny fisainana ratsy ny fiampangana mpitondra fivavahana iray, dia mety ho antony mahatonga fanasaziana ireo izay nanao sonia azy ny fanaovana ilay fiampangana.

**505.5.** Raha toa ka misy fiampangana apetraka, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika dia hanendry mpanompo efa voatokana dimy sy olona laika tsy latsaky ny roa izay heveriny fa afaka mihaino ny raharaha sy mamaritra ny olana; ireo mpanompo dimy efa voatokana izay notendrena ireo no ho Biraon'ny Fitsipi-pifehezan'ny Distrika hitarika ny fitsarana sy handray fanapahan-kevitra araka ny lalàn'ny fiangonana. Tsy misy mpitantana ny distrika mahazo manao mpampanoa lalàna na mpanampy ny mpampanoa lalàna ao amin'ny fitsarana mpanompo efa voatokana na mpanompo nahazo alalana. Io Biraon'ny fitsipi-pifehezana io dia manana fahefana hiaro sy hanafaka ilay voampanga amin'ny fiampangana voalaza na hanome famaizana mifanaraka amin'ilay heloka. Izany famaizana izany dia mety ahitana famaizana mikendry ny hitarika ho amin'ny famonjena sy ny fanarenana indray ilay meloka. Mety tafiditra ao anatin'ny famaizana ny fibebahana, ny fiaiken-keloka, fanonerana, fampiatoana, fangatahana ny fanesorana ny fahazoan-dalana ho amin'ny asa fanompoana, fanesorana amin'ny asa fanompoana na fanesorana tsy ho mpikambana ao amin'ny fiangonana, na izy roa, fanitsiana am-pahibe maso na mitokana, na famaizana hafa mety, ao anatin'izany ny fampiatoana na ny fanemorana ny sazy mandritra ny fe-potoana fizahan-toetra (222.4, 435.6-35.8, 505.11-5.12)

**505.6.** Raha mangataka ny voampanga na ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, dia ho Biraon'ny Fitsipi-pifehezan'ny Faritra ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana. Ny mpitantana foibe miadidy ny distrika misy ilay mpanompo voampanga no manendry ny biraom-paritra ho an'ny raharaha tsirairay.

**505.7.** Efa napetraka dieny mialoha fa tsy misy famaizana azon'ny distrika eo amin'ny Ambaratonga Voalohany ampiharina amin'ny misionera amin'ny maha eo amin'ny ambaratonga voalohany azy.

**505.8.** Tokony hifanarahan'ny be sy ny maro, natao an-tsoratra ary nosoniavin'ny mpikambana rehetra ny fanapahan-kevitry ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana, ary ahitana ny soratra "meloka" na "tsy meloka" isaky ny fiampangana sy ny famaritana tsirairay.

**505.9.** Ny fihainoana rehetra tarihan'ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana, araka izay efa voalaza, dia hatao ao anatin'ny faritry ny distrika nametrahana ny fiampangana sy amin'ny toerana izay tendren'ny birao hihainoana ny fiampangana hatrany.

**505.10.** Ny fomba arahina amin'ny fihainoana rehetra dia tokony ho araka ny Fitsipiky ny Fomba arahina voalaza manaraka. (222.3-22.4, 427.9, 433.11, 508)

**505.11.** Raha misy mpanompo voampanga nanana fitondran-tena tsy mendrika ny maha-mpanompo ka niaiky ny helony na mitsotra fa meloka nefa tsy misy fiampangana, dia afaka mampihatra ny famaizana voalaza ao amin'ny 505.5 ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana (435.6-35.8)

**505.12.** Raha misy mpanompo voampanga nanao fitondran-tena tsy mendrika ny maha-mpanompo ka niaiky ny helony; na nitsotra fa meloka mialohan'ny hitondrana azy eo anoloan'ny Biraon'ny Fitsipi-pihefehezana, dia afaka mampihatra ny iray amin'ireo famaizana voalaza ao amin'ny 505.5 ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana. (435.6-35.8)

**506.** Aorian'ny fanapahan-kevitry ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana, ny voampanga, ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, na ireo izay nanao sonia ny fiampangana dia manan-jo hanao fitarainana mikasika ilay fanapahan-kevitra any amin'ny Fitsarana Ambony Foibe ho an'ireo any Etazonia sy Kanada, na any amin'ny fitsarana Ambonim-paritra ho an'ny any amin'ny toeran-kafa. Ny fitarainana dia mila atao ao anatin'ny telopolo andro aorian'ny fanapahan-kevitry ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana, ary ny fitsarana dia hamerina hijery ny antontan-taratasy rehetra mikasika ilay raharaha sy ny dingana rehetra efa natao tao anatin'izany. Raha mahita fahadisoana manan-danja izay mety manimba ny zon'ny olona iray ny fitsarana, dia hanitsy izany fahadisoana izany amin'ny fandidiana, fihainoana indray ny raharaha mba ahafahana mampitony ilay olona voakasika tamin'ny adi-hevitra na ny fanapahan-kevitra teo aloha.

**507.** Raha tsy ho amin'ny tombontsoan'ny voampanga ny fanapahan-kevitry ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana ary mitaky ny fampiatoana amin'ny asa fanompoana na ny fanafoanana ny fanomezana alalana ho amin'ny asa fanompoana, tsy maintsy hijanona avy hatrany amin'ny asa fanompoany rehetra ilay mpanompo, ary ny fandavana hanao izany dia hiafara amin'ny fahaverezan'ny zo hampiakatra ny raharaha any amin'ny fitsarana ambony

**507.1.** Raha mitaky fampiatoana na fanafoanana ny fahazoan-dalana ho amin'ny asa fanompoana ny fanapahan-kevitry ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana iray ka maniry ny hanao fitarainana ilay mpanompo voampanga, dia mila mitondra ny taratasy fahazoan-dalany ho amin'ny asa fanompoana any amin'ny mpitantsoratry ny fitsarana anaovana ilay fitarainana amin'ny fotoana ametrahan'ny fitarainana izy, ary ny zony hanao fitarainana dia ho araka ny fanarahany ny fepetra ho amin'izany. Rehefa tafapetraka izany taratasy fahazoan-dalana izany dia hotazonin'ilay lazaina fa mpitantsoratra mandrapivoaky ny vokatr'ilay raharaha, ary ao aorian'izay dia na alefa any amin'ny sekretera jeneraly ny taratasy fahazoan-dalana na averina any amin'ilay mpanompo araka izay fanapahan-kevitry ny fitsarana.

**507.2.** Azon'ny voampanga na ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana atao ny mampiakatra any amin'ny fitsarana Ambony Foibe manoloana ny fanapahan-kevitry ny Fitsarana Ambonim-paritra iray; manaraka ny fitsipika sy ny fomba arahina tahaka ny fitarainana hafa any amin'ny fitsarana Ambony Foibe ny fitarainana toy izany.

## VI. FITSIPIKY NY FOMBA ARAHINA

**508.** Ny Fitsarana Ambony Foibe dia hamolavola Fitsipiky ny Fomba arahina itovizana izay hifehy ny fitarainana rehetra eo anoloan'ny biraon'ny fitsipi-pifehezana sy ny fitsarana ambony. Rehefa voavolavola sy voatonta ireo fitsipika ireo, dia izy ireo no fahefana faratampony amin'ny fandinihina raharaha ara-pitsarana rehetra. Azon'ny Fitsarana Ambony Foibe atao ny manova sy manampy ireo fitsipika ireo amin'ny fotoana rehetra, ary rehefa voavolavola sy voantonta ireo, dia azo ampiharina sy manan-kery amin'ny raharaha rehetra. Ny fanapahan-kevitra ho raisina manaraka izany dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo fanovana na fanampiana ireo. (505.1)

## VII. FITSARANA AMBONIN'NY DISTRIKA

**509.** Ny distrika voarindra tsirairay dia hanana fitsarana Ambonin'ny Distrika ahitana olona laika roa sy mpanompo efa notokanana telo, ao anatin'izany ny mpitantana ny distrika, izay fidian'ny fihaonan'ny distrika araka ny 203.22. Io fitsarana io dia hihaino ny fitarainan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana mikasika ny hetsiky ny biraon'ny fitsipi-pifehezana eo an-toerana rehetra. Ny filazana fitarainana dia tsy maintsy atao an-tsoratra ao

anatin’ny 30 andro aorian’izany hetsika izany na aorian’ny fahafantaran’ny mpanao fitarainana izany. Omena ny Fitsarana Ambonin’ny Distrika na ny mpikambana iray ao amin’izany fitsarana izany ilay filazana, ary omena dika mitovy amin’izany filazana izany ny mpitandrina ny fiangonana eo an-toerana sy ny mpitantsoratry ny biraom-piangonana voakasika. (203.22)

**509.1.** Ny fitsarana Ambonin’ny distrika dia manam-pahefana hihaino sy hanapa-kevitra amin’ny fitarainan’ny olona laika na ny fiangonana rehetra noho ny fihetsiky ny Biraon’ny Fitsipi-pifehezana voatendry hampihatra famaizana amin'ny olona laika iray.

### VIII. FITSARANA AMBONY FOIBE

**510.** Ny Fihaonambe eran-tany dia mifidy mpanompo efa notokanana dimy handrafitra ny Fitsarana Ambony Foibe mandritra ny efa-taona, na mandrapaha-voafidy sy hananan’ny mpandimby azy ireo ny traikefa amin’izany. Toy izao manaraka izao no fahefana ananan’ny fitsarana:

**510.1.** Mihaino sy mitsara ny fitarainana rehetra vokatry ny hetsika na fanapahan-kevitry ny Biraon’ny Fitsipi-pifehezan’ny Distrika na ny Fitsarana Ambonim-paritra. Rehefa voatsaran’ity fitsarana ity ireo fitarainana ireo, dia manan-kery sy tsy azo toherina intsony ny fanapahan-kevitra. (305.7)

**511.** Ny fahabangana mety hisy ao amin’ny Fitsarana Ambony Foibe mandritra ny fotoana manelanelana ny fotoanan’ny Fihaonambe dia ho fenoina amin’ny alalan’ny fanendren’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe. (317.6)

**512.** Mitovy amin’ny an’ireo mpikambana ao amin’ny Biraon’ny fiangonana Foibe ny vola omena ny mpikambana ao amin’ny Fitsarana Ambony Foibe amin’ny saran-dalana sy ny fandaniana isan'andro, rehefa ao anaty asam-pitsarana ofisialy ireo mpikambana, ary ny mpitahiry vola foibe no mandoa ny vola.

**513.** Ny sekretera jeneraly no miandraikitra ny antontan-taratasy maharitra sy ny fanapahan-kevitry ny Fitsarana Ambony Foibe rehetra. (325.4)

### IX. FITSARANA AMBONIM-PARITRA

**514.** Hisy Fitsarana Ambonim-paritra ho an’ny faritra tsirairay ankoatry an'i Etazonia sy Kanada. Ny Fitsarana Ambonim-paritra dia ahitana mpanompo efa notokanana dimy izay fidian’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe, ao aorian’ny Fihaonambe tsirairay. Ny fahabangana dia hofenoin’ny Biraon’ny Mpitantana Foibe. Hitovy ny Fitsipiky ny fomba arahina ho an’ny Fitsarana Ambonim-paritra sy ny Fitsarana Ambony Foibe, na ao amin’ny *Boky Torolàlana* ho an’ny fiangonana izany na ao amin'ny *Boky Torolàlana Ara-pitsarana*.

### X. ANTOKA NY AMIN’NY ZO

**515.** Tsy ho lavina na hahemotra tsy amin’ny antony ny zo mangataka fandinihina tsy miangatra sy marina ny fiampangana natao tamin’ny mpanompo na olona laika. Hodinihina haingana araka izay azo atao ireo fiampangana an-tsoratra mba hahatonga ny tsy manan-tsiny ho afaka madiodio sy hahatonga ny meloka hiharan’ny fitsipi-pifehezana. Ny voampanga rehetra dia heverina ho tsy meloka mandra-pivoakan’ny fitsarana milaza ny maha-meloka azy. Ny amin’ny fiampangana sy ny famaritana tsirairay, dia anjaran’ny mpiampanga no manome ny porofon’ny fahamelohana azo antoka sy mitombina tsara.

**515.1** Iantohan’ny distrika izay nisian’ny fihainoana sy nampiharana ny famaizana ny vola lany amin’ny fanomanana ny antontan-taratasy ilaina amin’ny raharaha iray, ao

anatin'izany ny fandraisana an-tsoratra ny teny tsirairay lazain'ny vavolombelona any amin'ny fitsarana mba ho fiomanana amin'ny fitarainana any amin'ny Fitsarana Ambony Foibe. Ny mpanompo rehetra izay manao fitarainana any amin'ny fitsarana ambony dia manan-jo hanolotra fanohanan-kevitra am-bava sy an-tsoratra ny amin'ny fitarainany, kanefa azon'ny voampanga atao ny manao fanambarana an-tsoratra milaza ny tsy fampiharany io zo io.

**515.2.** Ny mpanompo na ny olona laika voampanga nanana fitondran-tena tsy mendrika na nandika izay zava-boalazan'ny *Boky Torolalan'ny* fiangonana sy iantefan'ny fiampangana dia manan-jo hifanatri-tava amin'ny mpiampanga azy sy hanadina ireo vavolombelon'ny mpiampanga.

**515.3.** Tsy azo ekena na raisina ny fijoroana vavolombelona ataon'ny vavolombelona iray raha tsy manao fianianana na fanambarana am-pahibemaso izy.

**515.4.** Ny mpanompo na ny olona laika izay entina eo anoloan'ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana hamaly ny fiampangana azy dia manan-jo ho soloin'ny mpanolo-tsaina nofidiany, ary tokony ho mpikambana tsara laza ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ny mpikambana feno rehetra ao amin'ny fiangonana voarindra ara-dalana izay tsy niharan'ny fiampangana an-tsoratra, dia heverina ho tsara laza.

**515.5.** Ny mpanompo na ny olona laika iray dia tsy ho voatery hamaly fiampangana ny amin'ny zavatra niseho mihoatra ny dimy taona talohan'ny nametrahana ny fiampangana, ary tsy ho raisin'ny fitsarana ny porofo ao amin'ny raharaha izay niseho mihoatra ny dimy taona talohan'ny nametrahana ny fiampangana. Raha toa, kosa anefa, ka latsaky ny 18 taona na heverina ho manana olana ara-tsaina ilay olona niharan'ny fitondran-tena ratsy ka tsy afaka miampanga na mametraka fiampangana, dia tsy hanomboka ilay fe-potoana dimy taona raha tsy efa feno 18 taona na efa salama ara-tsaina izy. Amin'ny raharahan'ny fanolanana ankizy, dia tsy misy fe-potoana ampiharina.

Raha misy mpanompo melohin'ny ny fitsarana mahefa iray ho nahavita heloka bevava, dia hamerina ny taratasy fahazoan-dalany amin'ny fanaovana asa fanompoana any amin'ny Mpitantana ny distrika izy. Raha mangataka izany mpanompo izany, ary raha mbola tsy tafiditra ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana, dia hamotopototra ny anton'ny fanamelohana ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika ary mety hamerina ilay taratasy fahazoan-dalana hanao asa fanompoana raha hitany fa mety izany.

**515.6.** Tsy azo melohina in-droa amin'ny heloka iray ny mpanompo na ny olona laika iray. Tsy heverina ho tandindomin-doza, kosa anefa, izany olona izany raha mandalo fihainoana na fomba fanao ka nahitan'ny fitsarana ambony fahadisoana azo ahitsy tamin'ny fitantanan-draharaha voalohany manoloana ny Biraon'ny Fitsipi-pifehezana iray.

FIZARANA VII

# FOMBA FANAO AMIN'NY FOTOANA MANOKANA

**NY SAKRAMENTAN'NY BATISA**

**NY FANDRAISANA MPIKAMBANA AO AMIN'NY FIANGONANA**

**NY SAKRAMENTAN'NY FANASAN'NY TOMPO**

**NY FANAMBADIANA**

**NY FOTOAM-PIVAVAHANA AMIN’NY FANDEVENANA**

**NY FAMETRAHANA MPIANDRAIKITRA**

**NY FANOKANANA TRANO FIANGONANA**

## 800. NY SAKRAMENTAN'NY BATISA

### 800.1. Ny Batisan'ny mpino

RY HAVA-MALALA: Ny Batisa dia marika sy tombon-kasen'ny fanekem-pahasoavana vaovao, ary manamarina ny hevitr'izany i Paoly ao amin'ny epistily ho an'ny Romana, izay mivaky toy izao:

"Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesana? Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao. Fa raha nampiraisina tamin'ny endriky ny fahafatesana isika, dia ho tahaka izany koa amin'ny fitsanganany" (Romana 6:3-5).

Ny Fanekem-pinoan'ny Apostoly, izay mivaky toy izao manaraka izao, sady anaovana batisa anao no fanambarana ny finoana Kristiana voalohany sy tsotra indrindra:

"Mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho;

"Ary mino an'i Jesosy Kristy, Zanany lahi-tokana, Tompontsika, izay notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina; naterak'i Maria Virijiny; nijaly raha nanapaka i Pontio Pilato; nohomboana tamin'ny hazo fijaliana; maty ka nalevina; nidina tany amin'ny fiainan-tsi-hita; nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo; niakatra ho any an-danitra; mipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra Ray Tsitoha. Avy any no hiaviany hitsara ny velona sy ny maty."

"Mino ny Fanahy Masina aho, ny Fiangonana masina manerana izao tontolo izao, ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan-keloka, ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty, ary ny fiainana mandrakizay."

Manaiky hatao batisa ho amin'izany finoana izany ve ianao? Raha eny, dia valio hoe: "Eny, manaiky izany aho."

Valiny: Eny, manaiky izany aho.

Manaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjinao manokana ve ianao, ary mahatsapa fa mamonjy anao Izy izao?

Valiny: Eny, manaiky izany aho.

Hankatò ny sitrapo masin'Andriamanitra sy hanaraka ny Didiny ve ianao, ka hanaraka izany amin'ny androm-piainanao rehetra?

Valiny: Eny, hanao izany aho.

Ny mpitandrina dia hilaza ny anarana feon'ilay olona ary hampiasa ny fomba fanaovana batisa tiany– famafazana rano, fandrotsahana, na fanitrihana amin'ny rano be– ka hiteny hoe:

______________________________________, izaho manao batisa anao amin'ny anaran'ny Ray, sy zanaka, ary ny Fanahy Masina. Amena.

### 800.2. Ny batisan-jaza na ankizy madinika

Ny mpitandrina dia hangataka ny mpiantoka miaraka amin'ny zaza, ary hiteny hoe:

RY HAVA-MALALA: Na dia tsy mino aza isika fa manolotra ny fahasoavan'Andriamanitra izay mahatonga ny fahateraham-baovao ny batisa, dia mino kosa isika fa nomen'i Kristy ho marika sy famantarana ny fanekem-baovao io sakramenta masina io. Ny batisa Kristiana dia manambara ny fandraisan'Andriamanitra ity zaza ity araka ny fahasoavany ao amin'i Kristy, ary manondro ny fahazoany ny tombontsoan'ny Fanavotana rehefa tonga amin'ny taonan'ny fahamatorana izy ary mino an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy azy.

Ny fanoloranareo ity zaza ity hatao batisa dia maneho ny finoanareo sy ny fikasanareo hitarika azy dieny izao sahady amin'ny fahalalana an'i Kristy ho Mpamonjy. Noho izany, dia adidinareo sy andraikitrareo ny mampianatra azy ny toetra sy ny anton'ity sakramenta masina ity, amin'ny fotoana hahafahany mianatra izany; adidinareo sy andraikitrareo ny manara-maso ny fianarany, mba tsy hizorany any amin'ny lalana tsy izy; mitarika ny sainy mba hianatra ny tenin'ny Soratra Masina sy manazatra azy handeha any am-piangonana; misakana azy tsy hiaraka amin'ny naman-dratsy sy tsy hanana fomba ratsy; ary araka izay azo atao, manabe azy ao anatin'ny fampianarana sy ny anatry ny Tompo.

Hiezaka ny hanao izany miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra ve ianareo? Raha eny , dia valio hoe: "Eny, hanao izany izahay".

Mety hangataka ny ray aman-dreny na ny mpiantoka hanonona ny anaran'ilay zaza ny mpitandrina, ary avy eo dia hanao batisa ilay zaza ka hamerina ny anarany feno ary hiteny hoe:

______________________________________, izaho manao batisa anao amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Afaka manao izao vavaka manaraka izao ny mpitandrina na koa hanao vavaka hafa.

Ry Rainay any an-danitra ô, mangataka am-panetren-tena izahay mba handraisanao ity zaza ity ao amin'ny fiahianao. Fenoy ny fahasoavanao izy; arovy amin'ny lozan'ny fahazazana izy; afaho ami'ny fakam-panahin'ny fahatanorana izy; tariho ho amin'ny fahalalana manokana an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy; ampio hitombo fahendrena, vatana, sy hahita fitia eo imason'Andriamanitra sy eo imason'ny olona ary haharitra hatramin'ny farany izy. Tohano amin'ny fiahianao ny ray aman-dreniny (na ireo mpiantoka azy), ka ny toro-hevim-pahendrena sy ny ohatra masina no hanatontosany an-tsakany sy an-davany ny andraikiny amin'ity zaza ity sy Aminao. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

### 800.3. Ny fanoloran-jaza na ankizy

Rehefa avy manatona miaraka amin'ny zaza (na ireo zaza) ny ray aman-dreny na ny mpiantoka, dia hiteny ny mpitandrina hoe:

"Ary tamin'izay dia nisy zazakely nentina teo amin'i Jesosy mba hametrahany ny tanany sy hivavahany ho azy; fa ny mpianany niteny mafy ireny. Nefa Jesosy kosa nanao hoe: 'Avelao ny zaza, ary aza raràna tsy hanatona Ahy; fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra'" (Matio 19:13-14).

Rehefa manolotra ity zaza ity ianareo dia tsy maneho ny finoanareo ny fivavahana Kristiana fotsiny fa koa ny fanirianareo ny hahalalany sy hanarahany ny sitrapon'Andriamanitra dieny mbola kely, ny hiainany sy hahafatesany ho Kristiana, ary ny hahatongavany amin'ny fahasambarana mandrakizay.

Mba hahatratrarany izany tanjona masina izany, dia adidinareo, amin'ny maha ray aman-dreny (mpiantoka) anareo ny mampianatra azy hatahotra an'Andriamanitra dieny mbola kely, hitandro ny fanabeazana azy, mba tsy hizorany amin'ny lalana tsy izy; hitarika ny sain'ny tanora mba hianatra ny Tenin'ny Soratra Masina, sy manazatra azy handeha any am-piangonana; misakana azy tsy hiaraka amin'ny naman-dratsy sy tsy hanana fomba ratsy; ary araka izay azo atao, manabe azy ao anatin'ny fampianarana sy ny anatry ny Tompo.

Hiezaka ny hanao izany miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra ve ianareo? Raha eny, dia valio hoe: "Eny, hanao izany izahay."

*Ny mpitandrina:* Mitodika aminareo fiangonana kosa aho izao; amin'ny maha-Tenan'i Kristy anareo, manome toky ve ianareo fa hanohana sy hankahery ireto ray aman-dreny ireto ao anatin'ny fiezahany hanatanteraka ny adidiny amin'ity zaza ity sy hanampy an'i _________ ____________________ amin'ny fiahiana ny fitomboany mankany amin'ny fahamatorana ara-panahy?

*Valiny*: Eny, hanao izany izahay.

*Ny mpitandrina:*Ry Andriamanitra Rainay tsara sy malemy fanahy izay any an-danitra ô, manolotra an'i ___________________________________ amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina izahay. Amena.

Avy eo dia afaka manao izao vavaka manaraka izao, na koa hanao vavaka hafa ny mpitandrina.

Ry Rainay izay any an-danitra ô, mangataka am-panetren-tena izahay mba handraisanao ity zaza ity ao amin'ny fiahianao. Fenoy ny fahasoavanao izy; arovy amin'ny lozan'ny fahazazana izy; afaho amin'ny fakam-panahin'ny fahatanorana izy; tariho ho amin'ny fahalalana manokana an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy izy; tariho hitombo fahendrena, hitombo vatana, sy hahita fitia eo imason'ny olona, ary haharitra hatramin'ny farany. Tohano amin'ny fiahianao ny ray aman-dreniny (mpiantoka azy) ka ny toro-hevim-pahendrena sy ny ohatra masina no hanatontosany an-tsakany sy andavany ny andraikiny amin'ity zaza ity sy Aminao. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.

### 800.4. Ny Fanoloran-jaza na ankizy

(Fomba arahina ho an'ny Ray na Reny na Mpiantoka tokana)

Rehefa avy manatona miaraka amin'ny zaza (na ireo zaza) ilay ray na reny na ilay mpiantoka dia hiteny ny mpitandrina hoe:

"Ary tamin'izay dia nisy zazakely nentina teo amin'i Jesosy mba hametrahany ny tanany sy hivavahany ho azy; fa ny mpianany niteny mafy ireny. Nefa Jesosy kosa nanao hoe: 'Avelao ny zaza, ary aza raràna tsy hanatona Ahy; fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra'" (Matio 19:13-14).

Rehefa manolotra ity zaza ity ianareo dia tsy maneho ny finoanareo ny fivavahana Kristiana fotsiny fa koa ny fanirianareo ny hahalalany sy hanarahany ny sitrapon'Andriamanitra dieny mbola kely, ny hiainany sy hahafatesany ho Kristiana, ary ny hahatongavany amin'ny fahasambarana mandrakizay.

Mba hahatratrarany izany tanjona masina izany, dia adidinareo, amin'ny maha ray aman-dreny (mpiantoka) anareo ny mampianatra azy hatahotra an'Andriamanitra dieny mbola kely, hitandro ny fanabeazana azy, mba tsy hizorany amin'ny lalana tsy izy; hitarika ny sainy tanora mba hianatra ny Tenin'ny Soratra Masina, sy manazatra azy handeha any am-piangonana; misakana azy tsy hiaraka amin'ny naman-dratsy sy tsy hanana fomba ratsy; ary araka izay azo atao, manabe azy ao anatin'ny fampianarana sy ny anatry ny Tompo.

Hiezaka ny hanao izany miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra ve ianareo? Raha eny, dia valio hoe: "Eny, hanao izany izahay."

*Ny mpitandrina:* Mitodika aminareo fiangonana kosa aho izao; amin'ny maha-Tenan'i Kristy anareo, manome toky ve ianareo fa hanohana sy hankahery ireto ray aman-dreny ireto ao anatin'ny fiezahany hanatanteraka ny adidiny amin'ity zaza ity sy hanampy an'i _________ ____________________ amin'ny fiahiana ny fitomboany mankany amin'ny fahamatorana ara-panahy?

*Valiny*: Eny, hanao izany izahay.

*Ny mpitandrina:*Ry Andriamanitra Rainay tsara sy malemy fanahy izay any an-danitra ô, manolotra an'i __________________________________ amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina izahay. Amena.

Avy eo dia afaka manao izao vavaka manaraka izao, na koa hanao vavaka hafa ny mpitandrina.

Ry Rainay izay any an-danitra ô, mangataka am-panetren-tena izahay mba handraisanao ity zaza ity ao amin'ny fiahianao. Fenoy ny fahasoavanao izy; arovy amin'ny lozan'ny fahazazana izy; afaho amin'ny fakam-panahin'ny fahatanorana izy; tariho ho amin'ny fahalalana manokana an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy izy; tariho hitombo fahendrena, hitombo vatana, sy hahita fitia eo imason'ny olona, ary haharitra hatramin'ny farany. Tohano amin'ny fiahianao ny ray aman-dreniny (mpiantoka azy) ka ny toro-hevim-pahendrena sy ny ohatra masina no hanatontosany an-tsakany sy andavany ny andraikiny amin'ity zaza ity sy Aminao. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.

## 801. NY FANDRAISANA MPIKAMBANA AO AMIN'NY FIANGONANA

Rehefa tapitra mandroso sy mijoro eo anoloan'ny alitaran'ny fiangonana ireo ho raisina ho mpikambana, dia hiteny amin'izy ireo ny mpitandrina hoe:

RY HAVA-MALALA: Masina sy sarobidy ny tombontsoa sy ny fitahiana ateraky ny fiombonantsika ao amin'ny fiangonan'i Jesosy Kristy. Ao anatin'izany no misy fiombonana masina izay tsy mety hita any an-toeran-kafa.

Misy fifanampiana miaraka amin'ny fiahiana ary fifanoroan-kevitra amim-pirahalahiana izay tsy hita raha tsy ao amin'ny Fiangonana ihany.

Misy ny fitandremana araka ny sitrapon'Andriamanitra ataon'ny mpitandrina, miaraka amin'ny fampianarana ny Teny; ary koa ny aingam-panahin'ny fiaraha-midera izay tena manampy. Ary misy fiaraha-miasa amin'ny asa fanompoana, ka hahavitana izay tsy vita raha tsy atao miaraka. Fohy ny foto-pampianarana izay tànan'ny fiangonana ho zava-dehibe amin'ny finoana Kristiana.

**FANAMARIHANA: Afaka misafidy iray amin'ireto safidy mikasika ny fanekem-pinoana manaraka ireto ny mpitandrina.**

**SAFIDY 1:**

Mino an'Andriamanitra Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina isika. Ary manindry manokana ny maha-Andriamanitra an'i Kristy sy ny maha-Persona ny Fanahy Masina.

Mino isika fa teraka tao anatin'ny ota ny olona; ka mila ny asan'ny famelan-keloka amin'ny alalan'i Kristy sy ny fahateraham-baovao amin'ny Fanahy Masina; ary vokatr'izany dia misy ilay asa lalin'ny fanadiovana ny fo na ny fanamasinana manontolo amin'ny alalan'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina, ka ijoroan'ny Fanahy Masina vavolombelona amin'ny tsirairay amin'ireo asa-pahasoavana.

Mino isika fa mbola hiverina ny Tompontsika, ny maty dia hitsangana, ary handalo fitsarana farany ny rehetra ary handray ny valim-pitiany sy ny saziny.

Mino ireo fahamarinana ireo amin'ny fonao ve ianao? Raha eny dia valio hoe: "Eny, mino aho".

Manaiky ve ianao fa Mpamonjy ny tenanao manokana i Jesosy Kristy, ary fantatrao ve fa mamonjy anao Izy amin'izao fotoana izao?

*Valiny*: Manaiky aho.

Satria ianao maniry ny hikambana amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, dia manome toky ve ianao fa hanolo-tena ho amin'ny fiombonana sy hanao ny asan'Andriamanitra ao anatin'izany fiangonana izany, araka izay voalaza ao amin'ny Fanekena mikasika ny Toetra Kristiana sy ny Fanekena mikasika ny Fitondran-tena Kristiana ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana? Hiezaka amin'ny fomba rehetra ve ianao ny hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny fandehanana am-panetren-tena, ny fanaovan-dresaka mendrika, sy ny fanompoana masina; amin'ny fanomezana am-pitiavana araka izay azonao atao; amin'ny fikatsahana amin'ny hitsim-po ny harem-pahasoavana; ary amin'ny fisorohana ny ratsy rehetra, ary hazoto hikatsaka ny fahamasinam-po sy fiainana tanteraka amin'ny fahatahorana ny Tompo.

*Valiny*: Hanao izany aho.

Hiteny amin'ireo olona ny mpitandrina avy eo hoe:

Miarahaba anao (anareo) tonga mpikambana ato amin'ity fiangonana ity ny tenako, dia ao amin'ny firaisany masina, ny andraikiny, ary ny tombontsoany. Ilay Lohan'ny Fiangonana anie hitahy sy hiaro anareo ary hanome anao (anareo) ary hahatonga anao (anareo) hahatoky amin'ny asa tsara rehetra; enga anie ny fiainanao sy ny fijoroanao vavolombelona hahomby amin'ny fitarihana ny hafa hanatona an'i Kristy.

Rehefa vita izany dia handray tanana tsirairay azy ireo ny mpitandrina miaraka amin'ny teny fiarahabana tonga soa ao amin'ny fiangonana.

(Fomba fandraisana mpikambana mifindra toerana amin'ny alalan'ny taratasim-pifindrana:)

__________________________________, izay mpikambana tao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ao_____________________ teo aloha, dia tonga hiombona amin'ity fiangonana eto an-toerana ity.

Handray tanana ny tsirairay ny mpitandrina, na hitodika amin'izy ireo ka hiteny hoe:

Fifaliana ho ahy, amin'ny anaran'ity fiangonana ity, ny miarahaba anao (anareo) tonga soa ho mpikambana ao aminy. Matoky izahay fa ho loharanom-paherezana sy hery ho anareo izahay, ary ianareo kosa ho loharanom-pitahiana sy fanampiana ho anay. Andriamanitra anie hitahy anareo amin'ny famonjena fanahy sy fampandrosoana ny Fanjakany.

**SAFIDY 2:**

Isika dia mino:

An'Andriamanitra tokana–Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina.

Mino koa isika fa ny Soratra Masina, Testamenta Taloha sy Vaovao, izay nomena tamin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra feno, dia mirakitra ny fahamarinana rehetra ilain'ny finoana sy ny fiainana Kristiana.

Mino koa isika fa ny olona dia teraka miaraka amin'ny toetra tia manota, ary noho izany dia mirona tsy tapaka ho amin'ny ratsy.

Mino koa isika fa ny fanavotana amin'ny alalan'i Jesosy Kristy dia ho an'ny olombelona rehetra; ary noho izany izay rehetra mibebaka sy mino an'i Jesosy Kristy Tompo dia hamarinina sy hateraka indray ary vonjena amin'ny fanagejan'ny ota.

Mino isika fa ny mpino dia tokony ho masina tanteraka vokatry ny fahaterahana indray amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Tompo.

Mino isika fa ny Fanahy Masina dia manambara fahateraham-baovao ary ny fahamasinan'ny mpino tanteraka.

Mino isika fa mbola hiverina ny Tompontsika, hitsangana ny maty, ary hisy ny fitsarana farany (andalana 26.1-26.8).

Mino ireo fahamarinana ireo amin'ny fonao rehetra ve ianao? Raha eny, dia valio hoe: "Eny, mino izany aho".

Manaiky an'I Jesosy Kristy ho Mpamonjy anao manokana ve ianao, ary mahatsapa fa mamonjy anao Izy izao?

*Valiny*: Eny, manaiky izany aho.

Satria ianao maniry ny hikambana amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, moa ve ianao manome toky ny hanolo-tena amin'ny fiombonana sy amin'ny asan'Andriamanitra mifandray

amin'izany, araka izay voalaza ao amin'ny Fanekena mikasika ny Toetra Kristiana sy ny Fanekena mikasika ny Fitondran-tena Kristiana ato amin'ny Fiangonan'ny Nazareana?

Hiezaka ve ianao ny hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny fomba rehetra amin'ny fandehanana am-panetren-tena, ny fanaovan-dresaka mendrika, sy ny fanompoana masina; amin'ny fanomezana am-pitiavana araka izay azonao atao; amin'ny fiatrehana amim-pinoana fotoam-bavaka araka izay azonao, ary amin'ny fisorohana ny ratsy rehetra, ary hazoto hikatsaka ny fahamasinam-po sy fiainana tanteraka amin'ny fahatahorana ny Tompo?

*Valiny:* Hanao izany aho.

Hiteny amin'ilay olona na ireo olona ny mpitandrina avy eo hoe:

Miarahaba anao tonga soa ato amin'ity fiangonana ity ny tenako, ato amin'ny fiombonany masina, ny andraikiny, sy ny tombontsoany. Ilay Lohan'ny Fiangonana anie hitahy sy hiaro anao, ary hahatonga anao ho mahatoky amin'ny asa tsara rehetra, ary mba hitarika ny hafa hanatona an'i Kristy anie ny fiainanao sy ny fijoroanao vavolombelona.

Handray tanana ny tsirairay ny mpitandrina avy eo ary hiarahaba azy ireo tonga soa ao amin'ny fiangonana amin'ny teny fiarahabana manokana.

(Fomba hafa fandraisana mpikambana mifindra toeram-piangonana amin'ny alalan'ny taratasim-pifindrana:)

_____________________________________, izay mpikambana tao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ao _______________________ teo aloha, dia tonga hiombona amin'ity fiangonana eto an-toerana ity.

Handray tanana ny tsirairay ny mpitandrina, na hitodika amin'izy ireo ka hiteny hoe:

Fifaliana ho ahy, amin'ny anaran'ity fiangonana ity, ny miarahaba anao (anareo) tonga soa ho mpikambana ao aminy. Matoky izahay fa ho loharanom-paherezana sy hery ho anareo izahay, ary ianareo kosa ho loharanom-pitahiana sy fanampiana ho anay. Andriamanitra anie hitahy anareo amin'ny famonjena fanahy sy fampandrosoana ny Fanjakany.

## 802. NY SAKRAMENTAN'NY FANASAN'NY TOMPO

Ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia azo ampidirina amin'ny alalan'ny tori-teny mifanaraka amin'izany sy amin'ny famakiana ny I Korintiana 11:23-29; Lioka 22:14-20, na andalana hafa mifanentana amin'izany. Rehefa vita izany, ny mpitandrina dia hanao izao fanasana manaraka izao:

Ny Tompo mihitsy no nandidy ity sakramenta masina ity. Nandidy ny mpianany Izy hihinana ny mofo sy hisotro ny divay, izay manambara ny tenany sy ny rà nalatsany. Manoloana antsika ny latabany izao. Natao ho an'ny mpianany ny fanasana. Aoka izay rehetra efa nibebaka marina tamin'ny fahotany, sy mino ny famonjen'i Kristy, hanatona ka handray ireto famantarana ireto, ary hihinana sy hisotro, amim-pinoana, amin'ny fiainan'i Jesosy Kristy, ho fampaherezana sy ho fifalian'ny fanahiny. Aoka ho tsaroantsika fa fahatsiarovana ny nahafatesany sy ny nijalian'ny Tompontsika ity; ary famantarana ny fiverenany koa. Aoka tsy hohadinointsika fa iray isika, ary miray latabatra amin'ny Tompo.

Afaka manao vavaka fangatahana famelan-keloka sy fifonana ny mpitandrina, ary mamarana amin'ny vavaka fanamasinana manaraka:

Ry Andriamanitra Tsitoha, Rainay izay any an-danitra, ka nanome an'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana hijaly teo ambony Hazofijaliana ho fanavotana anay, henoy izao vavakay izao; mitalaho Aminao izahay. Ataovy mpiombona amin'ny tombontsoan'ny sorona nitondra fanavotana nataon'i Kristy izahay, eo am-pandraisanay ny mofo sy ny divay araka ny baiko masina nataon'i Jesosy Kristy Mpamonjy anay, ho fahatsiarovana ny nijaliany sy ny nahafatesany.

Fa Jesosy Tompo tamin'iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny ka hoy Izy: "Ity no tenako ho anareo; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy". Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: "Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin'ny ràko, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo."

Enga anie izahay ka hankeo anatrehanao amin'ny fanetren-tena sy amin'ny finoana marina eo am-piombonanay amin'ity sakramenta masina ity. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

Ny mpitandrina aloha no mandray ny fanasana miaraka amin'ny fanampian'ireo mpanompo hafa tonga eo, ary ny mpitandrim-panahy koa raha ilaina izany, ary avy eo dia mizara ny Fanasana amin'ny olon-drehetra.

Eo am-pizarana ny mofo, dia hiteny ny mpitandrina hoe:

Ny tenan'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay noratraina ho antsika, anie hitahiry anao tsy hanan-tsiny ho amin'ny fiainana mandrakizay. Raiso ka hano ity, ho fahatsiarovana fa maty ho anao Kristy.

Eo am-pizarana ny divay indray dia aoka ny mpitandrina hiteny hoe:

Ny ràn'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay nalatsaka ho anao, anie hitahiry anao tsy hanan-tsiny ho amin'ny fiainana mandrakizay. Sotroy ity, ho fahatsiarovana fa nalatsaka ho anao ny ràn'I Kristy, ary misaora ny amin'izany.

Rehefa avy nandray ny rehetra, dia afaka manao vavaka fisaorana sy fanoloran-tena ny mpitandrina ho famaranana. (34.5,413.4, 413.11, 427.7, 428.2, 429.1)

**FANAMARIHANA: Ranom-boaloboka tsy misy alikaola ihany no tokony hampiasaina amin'ny sakramentan'ny Fanasan'ny Tompo.**

## 803. FANAMBADIANA

Amin'ny andro sy fotoana voatondro hanaovana ny fitsofan-drano ny fanambadiana, ireo olona hivady –izay efa nahazo fankatoavana araka ny lalàna sy efa nahazo toro-hevitra tsara avy amin'ny mpitandrina –hitsangana, hanatrika ny mpitandrina, ka ny lehilahy eo ankavian'ny mpitandrina ary ny vehivavy eo ankavanana. Hitodika amin'ny fiangonana avy eo ny mpitandrina ka hiteny hoe:

RY HAVA-MALALA: Vory eto anatrehan'Andriamanitra sy eto anatrehan'ireto vavolombelona ireto isika androany, hampikambana ity lehilahy ity sy ity vehivavy ity amin'ny fanambadiana masina, izay zavatra mendri-kaja, sady nodidian'Andriamanitra tamin'ny andro tsy nanan'ny olona tsiny, ka manambara amintsika ny firaisana masina eo amin'i Kristy sy ny fiangonany. Izany zava-masina izany dia noravahan'i Kristy tamin'ny fanatrehany sy nanaovany ny fahagagana voalohany tao Kana any Galilia, ary nafatrafaran'i Paoly mba ho hajain'ny olona rehetra. Arak'izany dia tsy tokony ataotao foana tsy amim-piheverana ny fanambadiana, fa amim-panajana, amim-pahamalinana sy amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra.

Tonga hikambana amin'izany fanambadiana masina izany ireto olona ireto.

Hitodika amin'ireo olona hivady ny mpitandrina ka hiteny hoe:

_____________________________ sy _________________________, izaho dia manainga sy mangataka anareo roa hahatsiaro eto am-pijoroana eo anatrehan'Andriamanitra, fa ny fanoloran-tena ho amin'ny fanambadiana dia fanoloran-tena maharitra. Sitrak'Andriamanitra ny haharetan'ny fanambadianareo mandritry ny androm-piainanareo, ka ny fahafatesana irery ihany no hampisaraka anareo.

Raha mitana ny voady izay ifanomezanareo androany ianareo, ary mikatsaka mandrakariva ny hahalala sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra, dia hanjaka eo amin'ny fiainanareo Izy, ary hitoetra eo an-tokatranonareo ny fiadanana.

Aorian'izay fanambarana izay ny mpitandrina dia hiteny amin'ny lehilahy hoe:

_______________________________, moa ve handray an'ity vehivavy ity ho vadinao ianao, ka hitoetra eo aminy araka ny lalàn'Andriamanitra ao anatin'ny fanambadiana masina? Ho tia azy, hampahery azy, hanaja azy ary tsy handao azy na amin'ny aretina na amin'ny fahasalamana; ary hahafoy ny hafa rehetra, fa ho marina aminy irery raha mbola samy velona ianareo?

*Valiny*: Eny, hanao izany aho.

Hiteny amin'ilay vehivavy indray ilay mpitandrina avy eo hoe:

_______________________________, moa ve handray ity lehilahy ity ho vadinao ianao, ka hitoetra eo aminy araka ny lalàn'Andriamanitra ao anatin'ny fanambadiana masina? Ho tia azy, hanaja azy, tsy handao azy na amin'ny aretina na amin'ny fahasalamana; ary hahafoy ny hafa rehetra, fa ho marina aminy irery raha mbola samy velona ianareo?

*Valiny*: Eny, hanao izany aho.

Hanontany ny mpitandrina avy eo hoe:

Iza no manolotra ity vehivavy ity ho vadin'ity lehilahy ity?
Valiny (ataon'ny ray, na izay manolotra ilay ampakarina): Izaho no manolotra azy.

Hifanatrika sy hifandray tanana ankavanana izy roa ary hanao izao voady manaraka izao:

Hamerina izay lazain'ny mpitandrina ny lahy:

Izaho, ___________________, dia mandray anao, ____________________, ho vadiko manomboka androany ka mandritra ny androm-piainako sisa. Hiaraka aminao aho na faly isika na ory, na mahantra isika na manan-karena, na marary na salama, ho tia anao sy hanaja anao mandrapahafatiko araka ny didy masin'Andriamanitra aho; izay no voadiko.

Hamerina ny tenin'ny mpitandrina indray ny vavy:

Izaho ___________________, dia mandray anao____________________, ho vadiko, manomboka androany ka mandritra ny androm-piainako sisa. Hiaraka aminao aho na faly isika na ory, na mahantra isika na manan-karena, na marary na salama, ho tia anao sy hanaja anao mandrapahafatiko araka ny didy masin'Andriamanitra aho; izay no voadiko.

Raha tian'izy ireo, dia eto no anaovana ny fifanolorana peratra. Raisin'ny mpitandrina avy any amin'ny lahy ny peratra, ary avy eo atolony ny mpampakatra. Ary rehefa manatsofoka izany eo amin'ny rantsan-tanan'ilay ampakarina izy dia hamerina izay lazain'ny mpitandrina hoe:

Omeko anao ity peratra ity ho mariky ny fitiavako anao sy ho antoka fa ho marina aminao mandrakariva aho.

Averina ho an'ny fifanolorana peratra roa.

Handohalika avy eo izy ireo, eo am-panaovan'ny mpitandrina ny vavaka manaraka na vavaka izay anaovany azy:

Ry Andriamanitra maharitra mandrakizay, Mpahary sy Mpiaro ny olombelona, Mpanome ny fahasoavana ara-panahy rehetra, Tompon'ny fiainana mandrakizay, arotsahy amin'ireto lehilahy sy vehivavy izay vao avy notahiana tamin'ny anaranao ny fitahianao; ka ho tahaka ny niarahan'I Isaka sy Rebeka niaina tamim-pahatokiana no hanatanterahana sy hitazoman'ireto olona ireto koa ny voady sy ny fanekena nifanaovany androany ary hitoetra ao anatin'ny fitiavana sy ny fiadanana anie izy ireo. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

Hiteny avy eo ny mpitandrina hoe:

Satria efa nifanaiky tao anatin'ny fanambadiana masina ity lehilahy sy ity vehivavy ity, ary efa nivoady teo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona manatrika eto, ary efa naneho izany tamin'ny fifandraisan-tanana, dia ambarako fa mpivady izy ireo, amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Izay nakamban'Andriamanitra aoka tsy ho sarahin'olona. Amena.

Afaka manampy izao tso-drano izao ny mpitandriana:

Andriamanitra Ray, Zanaka ary Fanahy Masina anie hitahy sy hiaro ary hitahiry anareo; ny Tompo anie hitsinjo anareo amin'ny fitiavany ary hameno anareo amin'ny tso-drano sy

fahasoavana ara-panahy rehetra. Enga anie ka hiara-hitoetra eto amin'ity fiainana ity ianareo ary hanana ny fiainana mandrakizay kosa rahatrizay.

Afaka mamarana amin'ny vavaka tora-po iray sy/na amin'ny tso-drano (427.7) ny mpitandrina avy eo.

## 804. NY FOTOAM-PIVAVAHANA AMIN'NY FANDEVENANA

RY HAVA-MALALA: Vory eto isika androany haneho fanajana farany ny vatana mangatsiaka an'ity malalantsika sy namantsika ity. Ho anareo fianakaviany izay nilaozany, dia miombona alahelo aminareo tanteraka izahay. Aoka hozarainay aminareo ny fampiononana omen'ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fotoana tahaka izao:

"Aza malahelo ny fonareo, minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any Amiko, ka izay hitoerako no hitoeranareo koa" (Jaona14:1-3).

"Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay" (Jaona 11:25-26).

VAVAKA FIANTSOANA (amin'izay anaovan'ny mpitandrina azy na toy izao manaraka izao):

Andriamanitra Tsitoha, Rainay izay any an-danitra ô, tonga eto amin'ity toerana masina ity amin'alahelo izahay, ka mahatsapa ny fiankinanay tanteraka Aminao. Fantatray fa tia anay Ianao ary afaka manova ny aloky ny fahafatesana ho tara-pahazavan'ny maraina mihitsy aza. Ampio izahay hiandry Anao amin'ny fo feno fanajana sy fanekena eo anatrehanao.

Ianao no Aro sy Hery ho anay, Andriamanitro ô−Mpamonjy mora azo indrindra amin'ny fahoriana. Omeo ny famindram-ponao izahay. Aoka ireo izay nidonam-pahoriana ankehitriny hahita fampiononana sy balisamam-panasitranana ao amin'ny fahasoavanao. Amim-panetrentena no angatahanay izany amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena

HIRA NA HIRA MANOKANA

SORATRA MASINA NOSAFIDIANA:

"Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay niteraka antsika indray araka ny haben'ny famindrampony ho amin'ny fanantenana velona tamin'ny nitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty, ho amin'ny lova tsy mety simba, tsymisy loto, tsy mety levona, voatahiry any an-danitra ho anareo, izay arovan'ny herin'Andriamanitra amin'ny finoana ho amin'ny famonjena efa vonona haseho any am-parany. Izany no iravoravoanareo, na dia ampalahelovina vetivety ankehitriny amin'ny fakam-panahy maro samy hafa aza hianareo, raha tsy maintsy hisy izany, mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo (izay tsara lavitra noho ny volamena mety ho simba na dia voazaha toetra tamin'ny afo aza), dia amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy; Izay, na dia tsy mbola hitanareo aza, dia tianareo, ary na dia tsy hitanareo ankehitriny aza, anefa, satria inoanareo, dia iravoravoanareo amin'ny fifaliana tsy azo tononina sady be voninahitra, mandray ny anton'ny finoanareo, dia ny famonjena ny fanahy." (I Petera 1:3-9)

Andalan-tSoratra Masina hafa izay azo ampiasaina koa: Matio 5:3-4, 6, 8; Salamo 27:3-5, 11, 13-14; 46:1-6, 10-11)

TORITENY
HIRA MANOKANA
VAVAKA FAMARANANA

***

ENY AMIN'NY FASANA

Rehefa tafangona ny olona, dia afaka mamaky ny iray na rehetra amin'ny soratra Masina manaraka ny mpitandrina:

"Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any amparany eo ambonin'ny vovoka Izy. Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra; eny, izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery, fa tsy olon-kafa. Efa matim-paniriana ny saiko ato anatiko" (Joba 19: 25-27).

"Indro, zava-miafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, fa vetivety, toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hitsangana tsy ho lo intsony, ary isika hovana… dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe: Ny fahafatesana noresena ka ho levona. Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao? Fa ny ota no fanindronan'ny fahafatesana; ary ny lalàna no herin'ny ota. Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo" (I Korintiana 15:51-52, 54-58).

"Ary nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: Soraty: Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo hatramin'izao. Eny, hoy ny Fanahy, fa hitsahatra amin'izay nisasarany izy; fa ny asany manaraka azy" (Apokalypsy 14:13).

Hamaky ny iray amin'ireto teny manaraka ireto ny mpitandrina avy eo:

*Ho an'ny mpino*:

Satria efa niverina any amin'Andriamanitra, izay nanome azy, ny fanahin'ity malalantsika nodimandry ity, dia hametraka ny vatany mangatsiaka ao am-pasana isika. Koa amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny maty sy ny fiainana ho avy, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay hanome antsika tena vaovao tahaka ny Azy no anaovantsika izany. "Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo."

*Ho an'ny tsy mpino*:

Izao isika dia hamerina ny vatan'ity namantsika nodimandry ity amin'ny vovoka. Ny fanahy kosa dia avelantsika amin'Andriamanitra, satria fantatsika fa hanao izay marina ilay Mpitsara ny tany be famindram-po. Aoka isika izay mbola velona hanolo-tena hiaina amin'ny fahatahorana sy fitiavana an'Andriamanitra, mba hahazoantsika miditra amim-piravoravoana ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra.

*Ho an'ny zaza*:

Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganana amin'ny maty ho any amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'I Jesosy Kristy Tompontsika, no ametrahantsika ny vatan'ity zaza ity ao am-pasana. Ary aoka ho tahaka ny nandraisan'i Jesosy ny zaza teo an-tsandriny sy nitahiany azy ireo, fony Izy tety an-tany, no handraisany ity malalantsika ity ho ao Aminy koa anie, satria hoy Izy hoe: "An'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra."

VAVAKA:

Ry Rainay any an-danitra, Andriamanitra mpamindra fo, mitodika Aminao izahay amin'izao fotoana manjombona sy namoizana ny malalanay izao. Ampaherezo ireto olona izay manana fo malahelo sy mavesatra ireto. Mombà azy ireo Ianao; vimbino sy tariho izy ireo amin'ny ho avy. Tompo ô, ataovy tia Anao sy manompo Anao ary mahazo ny fahafenoin'ny fampanantenanao amin'ny fiainana rahatrizay izy ireo.

"Ary Andriamanitry ny fiadanana, Izay nitondra an'i Jesosy Tompontsika, Mpiandry ondry lehibe, hiala amin'ny maty, mitondra ny ran'ny fanekena mandrakizay, Izy anie hahatanteraka anareo amin'ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasony amin'ny alalan'i Jesosy Kristy; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena" (Hebreo 13: 20-21).

## 805. FAMETRAHANA MPIANDRAIKITRA

Aorian'ny fihirana hira mety na mifanaraka amin'ny zavatra hatao, dia aoka ny mpitan-tsoratra hamaky ny anarana sy ny asa hiandraiketan'ireo mpiandraikitra hapetraka. Afaka mandroso eny aloha sy mijoro eo amin'ny alitara, manatrika ny mpitandrina izy ireo. Tokony homena kara-panekena* tsirairay avy izy ireo. Hiteny ny mpitandrina avy eo hoe:

Noho ny fanekentsika ny fanokanan'Andriamanitra mpiasa manokana ho amin'ny sehatr'asa fanompoana Kristiana voafaritra, dia tonga amin'ity fotoana fametrahana ireto mpiandraikitra (sy/na mpampianatra) izay voafidy hanompo hiasa ato amin'ny fiangonantsika mandritra ny taona ho avy ireto isika. Andeha hojerentsika ny toro-marika omen'Andriamanitra antsika ao amin'ny Teniny Masina.

"Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety ataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina" (Romana 12: 1-2).

"Mazotoa manolotra ny tenanareo amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana" (II Timoty 2: 15).

"Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, mihirà amin'ny fahasoavana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra" (Kolosiana 3:16).

"Aoka izay ampianarina ny teny mba hahafoy zava-tsoa ho an'izay mampianatra" (Galatiana 6:6).

Ankehitriny isika dia tonga amin'ity fotoana manan-danja izay handraisanareo mijoro eto anoloan'ny alitara ny andraikitra hikarakara ny raharaham-piangonana sy ny fikambanana ao anatiny. Enga anie ka ho raisinareo ho toy ny tombontsoa manokana hanompoana ny Tompontsika ny andraikitra raisinareo, ary hahita fifaliana sy fitahiana ara-panahy ianareo amin'ny fanatanterahanareo ny andraikitrareo tsirairay.

Tsy maivana ny andraikitrareo, satria eo an-tananareo ny fandrosoan'ny fiangonana sy ny hiafaran'ny fanahy. Andraikitrareo ny fampiroboroboana ny toetra Kristiana, ary ny fitarihana ny tsy mbola voavonjy hanatona an'i Jesosy Kristy no tanjona avo indrindra hotratrarinareo. Andriamanitra anie hanome anareo fahendrena sy hery eo am-panatanterahana ny asany ho voninahiny.

Nomena karatra izay misy ny fanekena ianareo. Hovakiantsika miaraka izany, ary rehefa mamaky azy isika, dia aoka hataontsika ho fanoloran-tena manokana mihitsy izany.

### FANEKENA ATAON'NY MPIASA

Eo anatrehan'ny fahatokiana napetraky ny fiangonana tamiko tamin'ny nifidianana ahy ho eo amin'ity toerana ity, dia manome toky aho fa:

Hanana fomba fiainana Kristiana sy hanome ohatra mendrika mifanaraka amin'ny soa toavina sy ny fenitry ny fiangonan'ny Nazareana.

---

* Angatahana any amin'ny NPH

Hanaraka tsy tapaka ny Sekoly Alahady, ny fotoam-pivavahana amin'ny Alahady maraina sy ny Alahady hariva, ary ny fotoam-bavaky ny fiangonana an-davan'andro, raha tsy hoe angaha misy antony manokana tsy hahafahana.

Hanatrika ny fivoriana ara-potoana rehetra ataon'ireo birao, filan-kevitra, na komity isan-karazany izay misy na hisy ahy.

Hampandre ny mpiandraikitra eo amboniko raha tsy afaka ho tonga amin'ny fotoana voatondro aho, na tsy afaka manatanteraka ny andraikitro amin'ity asa ity.

Hamaky betsaka ny boky mikasika ny fiangonana sy boky hafa ary ny literatiora hafa izay hanampy ahy amin'ny fanatanterahako ny andraikitro.

Hampandroso ny talentako amin'ny fandraisana anjara amin'ny Fampiofanana Laika mitohy rehefa misy izany.

Hiezaka ny hitarika olona hanatona an'i Jesosy Kristy amin'ny fanehoana fahalinana mavitrika amin'izay mahasoa ny ara-panahin'ny hafa ary amin'ny fanatrehana sy ny fanohanana ny fivoriana ara-pilazantsara rehetra ao amin'ny fiangonana.

Hanao vavaka iray ny mpitandrina avy eo, ary afaka manao hira manokana iray. Aorian'izay ny mpitandrina dia hiteny hoe:

Satria efa nianiana tamin'ny fo sy tamin'ny tananareo ianareo fa hampandroso ny asan'ity fiangonana ity amin'ny asa manokana nampiandraiketina anareo, dia apetrako amin'ny toerana izay efa nifidianana na nanendrena anareo ianareo. Ampahany manan-danja amin'ny rafi-pitondrana sy ny fitarihana ato amin'ity fiangonana ity ianareo. Enga anie ianareo ka ho mpiasa tsara ao amin'ny tanim-boaloboky ny Tompo amin'ny ohatra asehonareo ary amin'ny asa fanompoanareo.

Hangataka ny fiangonana hitsangana ny mpitandrina, ary hiteny amin'izy ireo hoe:

Efa renareo ny toky sy ny fanekena izay nomen'ny mpitarika ny fiangonanareo ho amin'ny taona ho avy. Izao kosa aho dia mangataka anareo fiangonana ho mahatoky amin'ny fanohanana azy ireo. Mavesatra ny andraikitra izay iantsorohan'izy ireo, ary mila ny fanampianareo sy ny fanohananareo am-bavaka azy izy ireo. Enga anie ianareo ka hahazo foana ny olan'izy ireo sy handefitra amin'izay mety ho tsy fahombiazany. Enga anie ianareo ka hanolo-tanana amim-pifaliana rehefa ilaina izany mba hahatonga ny fiangonantsika ho fitaovana mahery amin'ny fitaomana ny very hanatona an'i Kristy, rehefa miasa miara isika.

Afaka manao vavaka famaranana ny mpitandrina avy eo na mangataka ny fiangonana hamerina miaraka ny Vavaka nampianarin'ny Tompo.

## 806. FANOKANANA TRANO FIANGONANA

*Ny mpitandrina*: Satria nambinin'ny tanan'ny Tompo isika ary nataony afaka namita ity trano ity tamin'ny fahasoavany sy ny heriny ho voninahitry ny anarany, dia tonga eto anatrehan'Andriamanitra isika izao, hanokana ity trano ity ho fampandrosoana ny fanjakany.

Ho voninahitr'Andriamanitra Raintsika, izay nanome ny fanomezana tsara sy tanteraka rehetra; ho voninahitr'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy; ary ho fiderana ny Fanahy Masina, Loharanom-pahazavana, sy fiainana ary hery– dia ilay Mpanamasina antsika,

*Ny fiangonana*: Ankehitriny izahay dia manokana ity trano ity amim-panetren-tena sy amim-pifaliana ary amim-pisaorana.

*Ny mpitandrina*: Ho fahatsiarovana ireo rehetra tia sy nanompo tato amin'ity fiangonana ity, ka nametraka ny lova ifaliantsika izao, ary anisan'ny Fiangonana Mpandresy izao,

*Ny fiangonana*: Am-pisaorana no anokananay ity trano ity (toerana masina, trano fianarana, sns…).

*Ny mpitandrina:* ho amin'ny fanompoana amin'ny vavaka sy hira, ho amin'ny fitoriana ny Teny, ho amin'ny fampianarana ny Soratra Masina, ary ho amin'ny fiombonan'ny olona masina,

*Ny fiangonana*: Amin-kaja no anokananay ity tranon'Andriamanitra ity

*Ny mpitandrina*: Ho amin'ny fampiononana ireo izay ory, ho fampaherezana ny osa, ho fanampiana ireo izay alaim-panahy, ary ho fanomezam-panantenana sy herim-po ireo rehetra izay tonga ato amin'ity trano ity.

*Ny fiangonana*: Manokana ity toerana fiombonam-bavaka ity izahay.

*Ny mpitandrina*: Ho amin'ny fizarana ny vaovao mahafalin'ny famonjena amin'ny ota, ho amin'ny fampielezana ny fahamasinana ara-tSoratra Masina, ho amin'ny fanomezana torolàlana amin'ny fahamarinana, ary ho amin'ny asa fanompoan'ireo mpiara-miombona amintsika.

*Ny fiangonana*: Amim-panajana no anokananay ity trano ity

*Miaraka*: Amin'ny maha mpiara-miasa anay amin'Andriamanitra, dia mifandray tanana sy fo izahay izao ary manolo-tena ho amin'ny tanjona avo sy masina izay nanokanana ity trano ity. Manome toky izahay fa hanolo-tena, hitandrina ary hazoto hanompo amim-pahatokiana hatramin'ny farany, ary enga anie ny anaran'ny Tompo homem-boninahitra ato amin'ity trano ity, ary mba hampandrosoina ny fanjakany; amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

FIZARANA VIII

# Lalam-panorenana fanampiny

**NY SATAN'NY TANORA IRAISAM-PIRENENA NAZAREANA**

**NY LALAM-PANORENAN'NY IRAKA IRAISAM-PIRENENA NAZAREANA**

**NY FITSIPIKA MIFEHY NY SEKOLY ALAHADY**

TOKO I

### 810. Ny satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana

*"Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana." I Timoty 4:12*

**I. Ny Andraikitsika**

Ny andraikitry ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia ny hiantso ny tanora mitovy amintsika ho amin'ny fiainana mavitrika ao amin'i Kristy.

**II. Ny Mpikambana ao amintsika**

Ny mpikambana ao amin'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia ahitana ny olona rehetra mandray anjara amin'ny asa fanompoana Nazareana amin'ny tanora izay mifidy ny hanaraka ny fahitana sy ny soatoavintsika.

**III. Ny Fahitantsika**

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mino fa ampahany manan-danja amin'ny fiangonana ny tanora. Ny antom-pisian'ny TIN dia ny hitarika ny tanora ho amin'ny fifandraisana amin'i Kristy mandritra ny androm-piainany rehetra sy hanamora ny fitomboan'izy ireo amin'ny maha-mpianatra ho amin'ny asa fanompoana Kristiana.

**IV. Ny soatoavintsika**

- Isika dia manome lanja ny ***Tanora*** . . . manan-danja ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra
- Isika dia manome lanja ny ***Baiboly*** . . . ny fahamarinan'Andriamanitra izay tsy miova ho an'ny fiainantsika.
- Isika dia manome lanja ny ***Vavaka*** . . . fifandraisana tena manan-danja amin'ilay Raintsika izay any an-danitra.
- Isika dia manome lanja ny ***Fiangonana*** . . . vondrom-pinoana masina maneran-tany, samihafa kolon-tsaina nefa iray ao amin'i Kristy.
- Isika dia manome lanja ny ***Fiankohofana*** . . . fihaonana amin'Andriamanitra akaiky izay manova ny fiainantsika.
- Isika dia manome lanja ny ***Fanaovana mpianatra*** . . . fomba fiainana ho tonga tahaka an'i Kristy.
- Isika dia manome lanja ny ***Fiarahamonina*** . . . manorina fifandraisana izay manampy antsika hifandray sy hiray amin'Andriamanitra
- Isika dia manome lanja ny ***Asa fanompoana*** . . . manolotra ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny tontolontsika.
- Isika dia manome lanja ny ***Fijoroana Vavolombelona*** . . . mizara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny teny sy amin'ny asa.
- Isika dia manome lanja ny ***Fahamasinana*** . . . asam-pahasoavana, amin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina, izay anomezan'Andriamanitra antsika

fahafahana miaina fiainana maneho an'i Kristy amin'ny toetrantsika sy amin'izay rehetra ataontsika.

Ampahany lehibe amin'ny fiainam-pahamasinana ireo soatoavina ireo ary tokony ho hita taratra eo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoan'ny TIN eo amin'ny ambaratonga rehetra misy ao amin'ny fiangonana. (Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ireo soatoavina ireo dia jereo ny Teny finoana ao amin'ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana*".) Rehefa mampiseho ireo soatoavina ireo isika dia manaiky ny fomba fitarihana manaraka.

**V. Ny fomba fitarihantsika.**

- ***Ny TIN dia atao ho an'ny tanora.***
  Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia atao hisarihana, hampitaovana, ary hampaherezana ny tanora ho amin'ny asa fanompoana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy hanamorana ny fidiran'izy ireo ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.
- ***Ny TIN dia mifantoka amin'i Kristy.***
  Kristy no ivon'ny tenantsika, ny Tenin'Andriamanitra no loharano manampahefana amin'izay rehetra ataontsika, ary ny fahamasinana no modelimpiainantsika.
- ***Ny TIN dia niorina amin'ny asa fanompoana mifandray amin'ny tanora ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.***
  Mety hitarika fiovàna eo amin'ny fahasalamana sy ny fahavitrihan'ny TIN ny asa fanompoana mahomby amin'ny tanoran'ny fiangonana eo an-toerana. Ny fifandraisana sy ny asa fanompoana amin'ny fahatongavana ara-nofo no fototry ny asa fanompoan'ny Nazareana amin'ny tanora, ka mitarika azy ireo ho any amin'ny fahamatorana ara-panahy ao amin'i Kristy.
- ***Ny TIN dia mampivelatra sy mampianatra tanora mpitarika.***
  Ny TIN dia manome fahafahana ny mpitarika vao misondrotra hivelatra sy hampiasa ny fanomezam-pahasoavany ao anaty tontolom-pitomboana sy fanoharana, ka miantoka fitarihana matanjaka ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana. Ny fanofanana mpitarika, ny fandraisana andraikitra, ary ny fomba fandrefesana sy fanaovana asa fanompoana dia zava-dehibe ho an'ny TIN.
- ***Ny TIN dia omena alalana hitarika.***
  Mba hampahomby ny asa fanompoana amin'ny tanora dia mila mpitarika ny TIN sy mpitondra mahefa mandray ny andraikitra amin'ny asa fanompoana sy mandray ny fanapahan-kevitra amin'ny fandaminana. Ny fahatsapana fa tompony sy tena ao anatiny, sy ny fitiavana ny asa fanompoana, ary ny fandraisana anjara amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra dia anisan'ny fanoitra ho an'ny tanora ao amin'ny TIN.
- ***Ny TIN dia mandàla ny fiombonana sy ny fahasamihafana ao amin'i Kristy.***
  Ny TIN dia manaiky ny hahazo sy hankalaza ny tsi-fitoviana sy ny fahasamihafana eo amin'ny fiteny, ny volon-koditra, ny firazanana, ny kolontsaina, ny sokajy arapiarahamonina sy ara-bola, ary ny maha-lahy sy ny maha-vavy. Tsy mampihena ny fiombonana ny fahasamihafana fa mampitombo ny fahaizantsika sy ny

fahombiazantsika. Tsy maintsy atao laharam-pahamehana voalohany ny fizarana ny vaovao mahafalin'i Jesosy Kristy mifanaraka amin'ny kolontsaina.

- ***Ny TIN dia mamorona tambazotra sy fiaraha-miombon'antoka.***
  Ny fiaraha miasa dia toetra mamaritra ny fifandraisantsika eo amin'ny ambaratonga rehetra ao amin'ny TIN. Manatsara ny fandrosoana sy ny fivelarana ny tanora amin'ny asa fanompoana ny fiarahamiasa ao anatin'ny fiangonana, ny TIN dia mandray anjara mavitrika amin'izany ezaka fiaraha-miasa izany.

**VI. Ny rafitry ny Asa fanompoantsika**

Ny satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia manome ny fototra fandaminana, fandrindrana, ary fampiharana ny asa fanompoana ny tanora amin'ny ambaratonga rehetra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana. Drafitr'asa modely (iombonana) no atolotra mba hamporisika ny vondrona TIN eo an-toerana, amin'ny distrika sy faritra ahafahany mampifanaraka ny filàn'ny asa fanompoana amin'ny zava-misy eo aminy. Tsy maintsy mifanaraka amin'ny satan'ny TIN sy ny torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana ny drafitr'asa fanompoana amin'ny ambaratonga rehetra.

**VII. Fanitsiana**

Ny fifanarahan'ny TIN dia azo ovaina amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra ankatoavin'ny Fivoriambe eran-tanin'ny TIN, araka ny drafitr'asa fanompoana maneran-tany.

## NY DRAFITR'ASA FANOMPOANA EO AN-TOERANA

### I. Ny mpikambana sy ny ifantohan'ny asa fanompoana

**Fizarana 1—Ny mpikambana ao anatiny sy ny andraikitra.**

1- Ny mpikambana ao amin'ny TIN eo an-toerana dia ahitana ireo olona izay mikambana amin'ny vondrona TIN iray amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny asa fanompoany sy ny fidirany ho isan'ilay vondrona eo an-toerana.
2- Ny TIN eo an-toerana dia manana lisitra mazava misy ireo mpikambana mavitrika.
3- Ny TIN eo an-toerana dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny mpikambana ao aminy, ny biraom-piangonana eo an-toerana, ary eo anatrehan'ny mpitandrina.
4- Ny TIN dia manao tatitra isam-bolana any amin'ny biraom-piangonana sy eo amin'ny fivoriana isan-taona fanaon'ny fiangonana.

**Fizarana faha-2—Ny ifantohan'ny asa fanompoana**.

1- Ny tanora 12 taona no ho miakatra, ny mpianatra any amin'ny oniversité (institut) ary ny tanora zokiny no ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN eo an-toerana amin'ny ankapobeny. Ny Filan-kevitry ny TIN eo an-toerana iray dia afaka manova ny fifantohan'ny asa fanompoana araka ny filàna misy raha mahazo ny fankatoavan'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana eo an-toerana.
2- Mikasika ny fisoloan-tena sy ny rindram-pandaharana, dia araka ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo an-toerana no ametrahan'ny filan-kevitry ny TIN sokajin-taona.

## II. Ny mpitarika

**Fizarana 1—Ny mpiandraikitra**

1- Ny mpiandraikitra ny TIN eo an-toerana dia ny filoha sy farafahakeliny, olona telo izay voafidy tamin'ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN ary nomena andraikitra amin'ny asa fanompoana araka ny filàn'ny fiangonana eo an-toerana. Ireo mpiandraikitra ireo no manao ny asan'ny Komity Mpanatanteraka.
2- Ny mpiandraikitra ny TIN eo an-toerana dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana izay iandreketan'izy ireo, mavitrika amin'ny asa fanompoan'ny tanora eo an-toerana, ary modely amin'ny ohatra omeny sy asa fanompoany.
3- Ho an'ny fiangonana izay tsy manana TIN voarindra (Tsy misy Filan-kevitry ny TIN eo an-toerana), dia azon'ny mpitandrina, izay mahazo ny fankatoavan'ny biraom-piangonana, atao ny manendry ny filohan'ny TIN mba ahafahan'ny fiangonana manomboka mikasika tanora ho an'i Kristy sy mamaly ny filàn'izy ireo fitomboana ara-panahy.

**Fizarana faha-2—Fifidianana**

1- Ny mpiandraikitra dia fidian'ny mpikambana ao amin'ny TIN eo an-toerana mandritra ny fivoriana isan-taona ary miasa mandra-paha-voafidy ny mpandimby azy ireo ka handraisany ny andraikiny amin'ny asa fanompoana.
2- Misy komity Mpanolotra iray manolotra ireo olona hofidiana ho mpiandraikitra ny TIN. Ny Komity Mpanolotra dia tendren'ny mpitandrina ary ahitana mpikambana ao amin'ny TIN, ny mpitandrina ary ny filohan'ny TIN. Ireo atolotra ho fidiana rehetra dia tsy maintsy ankatoavin'ny pasitera sy ny biraom-piangonana. Ny olona izay atolotra hofidina ho filohan'ny TIN eo an-toerana dia tsy maintsy feno 15 taona amin'ny fotoana fifidianana azy ireo.
3- Ny mpiandraikitra dia voafidy amin'ny alalan'ny fahazoana vato be indrindra avy amin'ny latsa-baton'ny mpikamban'ny TIN tonga manatrika ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN. Rehefa iray ihany no olona atolotra hofidiana ho amin'ny toerana iray, dia ny taratasy fandatsaham-bato "eny" na "tsia" no ampiasaina, ka mila mahazo ny roa ampahan-telon'ny vato. Ireo izay mpikambana ao amin'ny fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana ihany no afaka mifidy ny filoha.
4- Ny mpiandraikitra eo am-perin'asa dia mbola azo fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato "eny" na "tsia" rehefa atolotry ny Filan-kevitry ny TIN any amin'ny Komity Mpanolotra ka ankatoavin'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana, ary lany amin'ny fahazoana ny roa ampahan-telon'ny vato manan-kery mandritra ny fivorian'isan-taona fanaon'ny TIN.
5- Misy ny fahabangan-toerana rehefa misy mpiandraikitra tsy ho mpikambana ao amin'ny fiangonana, nametra-pialana na nesorina tamin'ny toerany tamin'ny alalan'ny fifidianana nolanian'ny roa ampaha-telon'ny filan-kevitra, noho ny fanaovana antsirambina ny asany na noho ny fitondran-tena tsy mendrika. Raha misy toerana banga eo amin'ireo mpiandraikitra, dia ny Filan-kevitry ny TIN no mameno ny fahabangana amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny roa ampahan-telon'ny mpifidy raha iray ihany no olona atolotra hofidiana na amin'ny alalan'ny vato be indrindra raha roa na mihoatra ny olona hofidiana. Raha ny toeran'ny filohan'ny TIN no banga, dia ny mpitandrina, ny mpitandrina ny tanora, na ny solontena tendreny no mitarika ny fivoriana hanaovana ny fifidiana.

**Fizarana faha-3—Andraikitra**

1- Ny andraikitry ny filohan'ny TIN dia ny:

a. Mitarika ny Filan-kevitry ny TIN hanome jery vina ho an'ny asa fanompoana ny tanora ao amin'ny fiangonana.

b. Manamora ny fandrosoan'ny asa fanompoana amin'ny tanora sy miara-miasa amin'ny Filan-kevitry ny TIN mba hamaritra ny ifantohan'ny asa fanompoana hamaly ny filàn'ny tanoran'izy ireo.

c. Isan'ny biraom-piangonana ary manao tatitra any amin'ny birao isam-bolana. Mialohan'ny fifidiana isan-taona, ny biraom-piangonana dia afaka mametra ny taona farany ambany takiana amin'ny filohan'ny TIN mba ahafahany miditra ao amin'ny biraom-piangonana. Raha latsak'izany taona izany ny filoha, dia afaka manendry solontena iray hafa avy amin'ny TIN ho isan'ny biraom-piangonana ny Filan-kevitry ny TIN, fa mila ny fankatoavan'ny birao aloha izany.

d. Manao tatitra isan-taona mikasika ny asa fanompoana sy ny toe-bola mandritra ny fivoriana isan-taona fanaon'ny fiangonana.

e. Manolotra ny teti-bola ho an'ny TIN eo an-toerana araka ny fankatoavan'ny Filan-kevitry ny TIN, any amin'ny biraom-piangonana.

f. Isan'ny mpikambana avy hatrany ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady mba handrindra ny Sekoly Alahadin'ny tanora ao amin'ny fiangonana.

g. Solontena any amin'ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny Distrika sy any amin'ny fihaonan'ny Distrika. Raha tsy afaka manatrika izany ny filoha, dia afaka misolotena azy ny solontena iray izay fidin'ny Filan-kevitry ny TIN ary ankatoavin'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana.

2- Ny andraikitr'ireo mpiandraikitra hafa ao amin'ny TIN:

a. Mampitombo sy manendry mpitarika ho an'ireo asa fanompoana isan-karazany eo an-toerana ataon'ny TN.

b. Modely sy mpitari-dàlana ara-panahy ho an'ny tanora ao anaty sy any ivelan'ny fiangonana.

c. Mamaritra sy manome lohahevitra sy andraikitra amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora araka ny filàn'ny eo an-toerana.

d. Mizara ireto andraikitra manaraka ireto mba hiandohan'ny fandraisana andraikitra sy ny fahombiazana.

1)Mandrakitra an-tsoratra ny fivorian'ny Filan-kevitry ny TIN rehetra ary miandraikitra ny taratasin'ny TIN eo an-toerana rehetra.

2) Mamoaka, mandray, ary mitahiry an-tsoratra ny volan'ny TIN araka ny fomba fiasan'ny biraom-piangonana.

3) Manao tatitra ara-bola isan-taona ny amin'ny vola rehetra miditra sy mivoaka mba hatolotra ny fivoriam-piangonana isan-taona.

4) Miara-miasa amin'ny filohan'ny TIN mba hamolavola teti-bola isan-taona atolotra hankatoavin'ny filan-kevitra sy ny biraom-piangonana.

e. Miara-miasa amin'ny filoha amin'ny fomba rehetra azo atao mba hanamorana ny asa fanompoan'ny TIN eo an-toerana.

f. Manatanteraka asa fanompoana hafa araka izay omen'ny Filan-kevitry ny TIN.

**Fizarana faha-4—Ny olona mpikarama.**

1-Rehefa misy mpitandrina ny tanora ampiasaina ao amin'ny fiangonana iray, dia azon'ny mpitandrina ampiandraiketana azy ny TIN rehefa avy nifandinika tamin'ny biraom-piangonana sy ny filan-kevitry ny TIN izy. Amin'izay tranga izay, dia manatanteraka ny ampahan'ireo andraikitra natokana ho an'ny filohan'ny TIN eo an-toerana ilay mpitandrina ny tanora. Na izany aza anefa, dia nitoetra amin'ny alalan'ny fitarihana, ny fanoharana ary fisolona tena ho an'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo an-toerana ihany ny lanjan'ny filohan'ny TIN. Ny mpitandrina, ny mpitandrina ny tanora ary ny Filan-kevitry ny tanora, dia miara-miasa hamaritra ny anjara sy ny andraikitr'ireo olona roa sy ny fomba fiarahan'izy ireo miasa ho an'ny tombotsoan'ny asa fanompoan'ny fiangonana amin'ny tanora.

2- Tsy afaka ny ho filohan'ny TIN ny mpitandrina ny tanora

3- Ny mpitandrina ny tanora dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN, ao amin'ny Komity Mpanatanteraka, ary ao amin'ny Komity Mpanolotry ny TIN.

4- Ny mpitandrina ny tanora dia azon'ny mpitandrina tendrena hanatanteraka andraikitry hafa an'ny TIN.

5- Raha misy olon-kafa mandray karama manao asa fanompoana amin'ny sokajin-taona manokana ao anatin'ny TIN ny fiangonana, dia azo ametrahana mpiandraikitra ny isam-tsokajin-taona eo ambany fitarihan'ny olona mandray karama sy faritana ny fomba tokony hisoloana tena ny TIN ao amin'ny biraom-piangonana, eo amin'ireo mpitantana ireo.

**III. Ny Filan-kevitra**

**Fizarana 1—Ny mpikambana ao anatiny**

1.Ny Filan-kevitry ny TIN eo an-toerana dia ahitana ireo mpiandraikitra ny TIN, solontenan'ny tanora hafa voafidy na voatendry sy mpitarika (asa fanompoana) mety ilaina ary ny mpitandrina sy / na ny mpitandrina ny tanora, izay miara-mamolavola vina ho an'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo an-toerana.

2. Ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo an-toerana. Amporisihana mafy ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ary andrasana ho lasa mpikambana ao amin'ny fiangonana ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN.

**Fizarana faha 2—Fifidianana**

1. Ny komity Mpanolotry ny TIN no manolotra ny mpikambana ao amin'ny TIN eo an-toerana ho fidiana ho ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN.
2. Ny mpikambana ao amin'ny TIN avy eo, no mifidy izay ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN avy amin'ny olona natolotra amin'ny alalan'ny fifidianana izay manam-bato be indrindra mandritra ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN.
3. Misy ny fahabangan-toerana rehefa misy mpikambana ao amin'ny filan-kevitra miala tsy ho mpikambana ao amin'ny TIN eo an-toerana, na mametra-pialàna, na esorina amin'ny toerany amin'ny alalan'ny fifidianana lanin'ny roa ampaha-telon'ny filan-kevitra, vokatry ny fanaovana antsirambina ny andraikitra na fitondran-tena tsy mendrika. Rehefa misy fahabangan-toerana eo anivon'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra, dia ny Filan-kevitry ny TIN no mameno ilay fahabangan-toerana amin'ny alalan'ny fahazoana ny roa ampaha-telon'ny vato amin'ny fifidianana raha iray ihany no olona atolotra, na amin'ny alalan'izay mahazo vato be indrindra raha roa na mihoatra ny olona atolotra.

4. Raha latsaky ny 7 ny mpikambana ao amin'ny TIN ao amin'ny fiangonana iray, dia azon'ny mpitandrina atao ny manendry ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN mba hampandrosoana ny asa fanompoana amin'ny tanora sy hikasihana tanora ho an'i Kristy.

**Fizarana faha-3—Andraikitra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN no tompon'andraikitry ny fandrindrana sy fandaminana ny asa fanompoana iray manontolo amin'ny tanora ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, ary manomboka sy mitantana ny asa fanompoana, amin'ny alalan'ny mpiandraikitra sy Tale ao aminy, mba hikasihana tanora ho an'i Kristy sy hamenoana ny filàna amin'ny fitomboana ara-panahy, ary izany dia ifanarahana amin'ny mpitarika ny fiangonana eo an-toerana.
2. Ny filan-kevitry ny TIN no mamaritra izay ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN eo an-toerana araka izay filàn'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo an-toerana, ary mandrafitra sy manome loha-hevitra sy famaritana asa ho an'ireo talen'ny asa fanompoana.
3. Ny filan-kevitry ny TIN no mitantana ny sehatry ny Sekoly Alahadin'ny tanora amin'ny alalan'ny famporisihana ny tanora hiditra sy hanatrika izany hatrany sy amin'ny alalan'ny fanendrena sy fanomezana fiofanana ny mpampianatra sy mpitarika ny Sekoly Alahadin'ny tanora, ary amin'ny alalan'ny fanolorana fandaharam-pampianarana sy loharanom-pampianarana hampiasaina, ary izany dia iarahana miasa amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady.
4. Ny Filan-kevitry ny TIN dia miara-miasa amin'ny filan-kevitry ny TIN ny Distrika amin'ny fampandrosoana ny asa fanompoan'ny TIN amin'ny tanoran'ny fiangonana eo amin'ny sehatry ny distrika, ny faritra ary ny foibe.
5. Ny Filan-kevitry ny TIN no mametraka sy mampita ny fomba fanolorana fanitsiana mikasika ny Asa fanompoana eo an-toerana.

**Fizarana-4—Ny komity**

1. Ny komity Mpanatanteraka ny TIN dia ahitana ny mpiandraikitra ny TIN voafidy ary ny mpitandrina na ny mpitandrina ny tanora. Afaka misahana ny raharahan'ny Filan-kevitry ny TIN ny Komity Mpanatanteraka, raha izany. Ny zavatra rehetra ataon'ny Komity Mpanatanteraka dia ampahalalana ireo mpikambana sisa ao amin'ny filan-kevitra ary mila ny fankatoavan'ny filan-kevitra iray manontolo amin'ny fivoriany manaraka.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN dia afaka manangana Komity manokana ho an'ny asa fanompoana na komity isan-tsokajin-taona araka izay filàn'ny asa fanompoana amin'ny tanora.

**Fizarana 5—Ny olona mandray karama.**

1. Ny mpitandrina no manondro ny andraikitry ny mpitandrina ny tanora iray, rehefa avy mifandinika tamin'ny biraom-piangonana sy ny Filan-kevitry ny TIN.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN sy ny mpitandrina ny tanora dia miara-miasa sy mifanaraka.
3. Raha manana olona mikarama maromaro izay manao asa fanompoana amin'ny sokajin-taona voafaritra ao anatin'ny TIN ny fiangonana iray, dia afaka manangana filan-kevitra na komitin'ny TIN eo ambany fitarihan'ny mpiandraikitra isan'isany. Afaka manangana sy mampiasa filan-kevi-pandrindrana ho an'ireo vondrona isan-karazany ny fiangonana.

## IV. Fivoriana

**Fizarana 1—Ny fivorian'ny TIN eo an-toerana**

1. Ny fihaonana isan-karazany ataon'ny TIN eo an-toerana dia hafahana manao asa fanompoana mandaitra amin'ny tanora.
2. Ny vondron'ny TIN eo an-toerana dia mandray anjara amin'ny fihaonan'ny TIN eo amin'ny distrika, eo amin'ny faritra ary rehefa mety ho fivoriana izay manatsara ny asa fanompoana amin'ny tanora ao amin'ny fiangonana.

**Fizarana 2—Ny Fivorian'ny Filan-kevitry ny TIN**

1. Ny filan-kevitry ny TIN dia mihaona matetika ho fanatanterahana ny asa sy ny vinan'ny TIN.
2. Ny fivorian'ny filan-kevitra dia azo atao manaraka ny fotoana voatondro mialoha na amin'ny fampiantsoana ataon'ny filoha na ny mpitandrina

**Fizarana 3—Fivoriana isan-taona**

1. Ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN eo an-toerana dia atao ao anatin'ny 60 andro mialoha ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny Distrika ary mifanaraka amin'ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana*.
2. Ny mpiandraikitra ny TIN, sy ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ary ny solontena ho any amin'ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny Distrika dia fidiana mandritra ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN.
3. Azo ovaina amin'ny alalan'ny fifidianana atao mandritra ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN ny drafitr'Asa fanompoan'ny TIN eo an-toerana, ka mila mahazo ny roa ampaha-telon'ny vato manan-kery izany vao azo ekena.

## V. Ny Asa fanompoana

**Fizarana 1—Fitoriana ny filazantsara**

Ny TIN dia manangana sy mampihatra karazan'asa fanompoana mitohy sy fotoana miavaka mba hikasihana tanora ho an'i Kristy

**Fizarana 2—Fanaovana mpianatra**

Ny TIN dia manangana sy mampihatra karazan'asa fanompoana mitohy sy fotoana miavaka mba hamahana sy hamporisihina ny tanora hitombo amin'ny fotoam-bavaka manokana, amin'ny fiankohofana, firaisana, asa fanompoana ary amin'ny fitarihana ny hafa hanatona an'i Kristy, amin'ny maha-mpianatr'i Kristy azy ireo.

**Fizarana 3—Fampiroboroboana mpitarika**

Ny TIN dia manangana sy mampihatra karazan'asa fanompoana mitohy sy fotoana miavaka. Mba hampianarana sy hampitaovana tanora ho lasa mpitarika ho an'i Kristy sy ho an'ny Fiangonany.

## VI. Fanitsiana

**Fizarana 1—Fandaminana**

1. Ity drafitr'asa fanompoana eo an-toerana ity dia manolotra torolàlana ho an'ny fandaminana, sy ny asa ary ny fitarihana ny TIN eo an-toerana. Azon'ny vondron'ny TIN eo an-toerana ampifanarahana amin'ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo an-toerana ilay asa, ary mifanaraka amin'ny satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy amin'ny *Boky Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana* izany.
2. Eo ambanin'ny fahefan'ny Filan-kevitry ny TIN eo an-toerana ny sehatra rehetra tsy voarakotr'ity drafitr'asa fanompoana eo an-toerana ity.

**Fizarana 2—Fizotry ny fanitsiana**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN no mametraka sy mampita ny fomba fanamboarana ny fanitsiana ny drafitr'asa fanompoana eo an-toerana ary tokony hankatoaviny ny volavolam-panitsiana mialohan'ny hitondrana azy ireo any amin'ny fivorian'ny TIN isan-taona.
2. Tsy maintsy zaraina amin'ireo mpikambana ao amin'ny TIN mialohan'ny fivorian'ny TIN isan-taona ireo volavolam-panitsiana.
3. Ny fanitsiana dia tsy maintsy lanian'ny roa ampahatelon'ny mpifidy sy mpikambana ao amin'ny TIN tonga manatrika ary koa mila ny fankatoavan'ny biraom-piangonana.
4. 30 andro aorian'ny fivorian'ny TIN isan-taona, farafaha-tarany, dia efa manan-kery ny fanovana rehetra mikasika ny drafitr'asa fanompoana eo an-toerana. Tsy maintsy hampahafantarina ny daholo aloha ilay drafitr'asa voahitsy vao manan-kery.

## NY DRAFITR'ASA FANOMPOANA EO AMIN'NY DISTRIKA

## I. Ny mpikambana sy ny ifantohan'ny asa fanompoana

**Fizarana 1—Ny mpikambana ao anatiny sy ny Andraikitra**

1. Ny vondron'ny TIN rehetra eo an-toerana sy ny mpikambana ao amin'ny TIN ao anatin'ny faritry ny distrika iray no manome ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny distrika.
2. Ny TIN'ny distrika dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny mpikambana ao aminy, eo anatrehan'ny Mpitantana ny distrika, ary ny birao mpanolo-tsaina ny Distrika.
3. Ny TIN'ny distrika dia manao tatitra isan-taona any amin'ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny distrika sy any amin'ny fihaonan'ny distrika amin'ny alalan'ny filohan'ny TIN'ny distrika.

**Fizarana 2—Ny ifantohan'ny Asa fanompoana**

1. Ny tanora 12 taona no ho miakatra, ny mpianatra eny amin'ny oniversite / institut, ary ny tanora zokiny no ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN'ny distrika amin'ny ankapobeny. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia afaka manova izay ifantohan'ny asa fanompoana araka ny filàna, kanefa kosa mila mahazo ny fankatoavan'ny mpitantana ny Distrika sy ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika.
2. Mikasika ny fisolontena sy ny fandaminam-pandaharana, dia araka ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika no ametrahan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika sokajin-taona.

## II. Ny mpitarika

**Fizarana 1—Ny mpiandraikitra**

1. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny distrika dia ny filoha, ny filoha lefitra, ny mpitan-tsoratra, ary ny mpitahiry vola.
2. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny distrika dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana ao anatin'ny faritr'ilay distrika amin'ny fotoam-pifidianana azy ireo, tsy maintsy mavitrika amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo an-toerana sy ao amin'ny distrika, ary hita ho fitaratra amin'ny asa fanompoany.
3. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny distrika dia tsy mandray karama. Ao anatin'ny teti-bolan'ny TIN'ny distrika ny fiantohana ny vola lanin'ny mpiandraikitra ny TIN'ny distrika amin'ny fanatanterahana ny asany.
4. Raha tsy mbola manana TIN voarindra ny distrika iray (Tsy misy Fivorian'ny TIN'ny distrika), dia azon'ny mpitantana ny distrika atao ny manendry ny filohan'ny TIN'ny distrikan'ny fiangonana eo an-toerana ho fanampiana amin'ny fikasihana tanora ho an'i Kristy sy amin'ny famenoana ny filàn'izy ireo fitomboana ara-panahy.

**Fizarana 2—Fifidianana.**

1. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny distrika dia fidian'ny Fivorian'ny TIN'ny distrika hiasa mandritra ny herintaona, manomboka amin'ny fotoana ifaranan'ny fivoriana mandrapaha voafidin'ny mpandimby azy ireo sy handraisany ny andraikiny. Raha manao tolo-kevitra ny Komity Mpanolotry ny TIN'ny distrika ary ankatoavin'ny mpitantana ny distrika, dia azo fidiana hiasa mandritry ny roa taona ny mpiandraikitra iray.
2. Ny komity Mpanolotry ny TIN'ny distrika no manolotra ny mpiandraikitra ny TIN'ny distrika hofidiana. Ny komity Mpanolotra dia tendren'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika ary ahitana mpikambana efatra, farahakeliny ao amin'ny TIN'ny distrika, ary koa ny mpitantana ny distrika sy ny filohan'ny TIN'ny distrika. Tsy maintsy ankatoavin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika sy ny mpitantana ny distrika ireo olona rehetra atolotra.
3. Ny mpiandraikitra arak'izany, dia fidiana ka izay mahazo vato be indrindra mandritra ny fivorian'ny TIN isan-taona. Raha olona iray ihany no atolotra ho an'ny toerana iray, dia ny taratasy fandatsahan-bato "eny" na "tsia" no ampiasaina, ka tokony ahazo ny roa ampaha-telon'ny vato vao lany. Raha manao tolo-kevitra ny Komity Mpanolotra, dia afaka mifidy ny fivoriana mba ahafahan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika manendry ny mpitan-tsoratra sy ny mpitahiry volan'ny TIN'ny distrika.
4. Ny mpiandraikitra eo am-perin'asa dia mbola azo fidiana amin'ny "eny" na "tsia" raha manolotra izany fifidianana izany ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika, ka ankatoavin'ny mpitantana ny distrika ary lanin'ny roa ampaha-telon'ny mpifidy ao amin'ny Fivorian'ny TIN'ny distrika.
5. Misy ny fahabangan-toerana rehefa misy mpiandraikitra iray miala tsy ho mpikambana ao amin'ny distrika, na mametra-pialàna, na esorina amin'ny toerany amin'ny alalan'ny fifidianana lanin'ny roa ampaha-telon'ny filan-kevitra noho ny fanaovana antsirambina ny andraikitra na noho ny fitondran-tena tsy mendrika. Raha ny toeran'ny filohan'ny TIN'ny distrika no banga, dia ny filoha lefitra no filoha mandra-pahatongan'ny Fivorian'ny TIN'ny Distrika manaraka. Raha eo amin'ireo mpiandraikitra hafa kosa no misy fahabangan-toerana, dia fenoin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika amin'ny alalan'ny

fifidianana. Mila mahazo ny roa ampaha-telon'ny vato vao lany, raha iray ihany no olona atolotra hofidiana. Raha roa na mihoatra ny olona atolotra hofidiana dia izay mahazo vato be indrindra no lany.

**Fizarana 3—Andraikitra**

1. Ny andraikitry ny filohan'ny TIN'ny distrika dia:
    a. Mitarika sy mitantana ny TIN'ny distrika, amin'ny fiaraha-miasa amin'ny TIN sy ny mpitarika ny distrika.
    b. Mitarika ny filan-kevitry ny TIN'ny distrika mba hanome vina ho an'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika.
    c. Manamora ny fandrosoan'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika ary miara-miasa amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika mba hamaritana izay ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN'ny Distrika araka ny filàna:
    d. Mitarika ny fivorian'ny TIN'ny Distrika.
    e. Mamporisika ny fampiroboroboan'ny asa fanompoan'ny TIN ao amin'ny fiangonana tsirairay eo an-toerana ao anatin'ilay distrika.
    f. Miaro ny tombontsoan'ny TIN ao amin'ny birao sy ny komitin'ny distrika rehetra.
    g. Manao tatitra isan-taona any amin'ny Fivorian'ny TIN'ny distrika sy any amin'ny fihaonan'ny distrika.
    h. Manolotra teti-bola ho an'ny taona mba ho ankatoavin'ny Komity mpitantam-bolan'ny distrika (na ny mifanentana amin'izany) sy ny Fivorian'ny TIN'ny distrika
    i. Manolotra Solontena any amin'ny Fivoriamben'ny TIN eran-tany. Raha tsy afaka manatrika izany ny filoha, dia afaka mandimby toerana azy ny solontena iray izay fidian'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika ka ankatoavin'ny mpitantana ny distrika sy ny Birao Mpanolo-tsain'ny distrika.
    j. Mpikambana ao amin'ny filan-kevitry ny TIN'ny faritra, raha voatondro mazava ao amin'ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny faritra.
2. Ny andraikitry ny filoha lefitra dia:
    a. Miara-miasa amin'ny filoha amin'ny fomba rehetra azo hatao mba hanatanterahana asa fanompoana mahomby amin'ny tanora eo amin'ny distrika.
    b. Manatanteraka ny asan'ny filoha rehefa tsy eo izy.
    c. Manatanteraka andraikitra hafa omen'ny filan-kevitry ny TIN sy ny fivoriana ny Distrika.
    d. Raha banga ny toeran'ny filohan'ny TIN'ny distrika, dia manatanteraka ny asan'ny filoha mandra-pahavoafidy sy mandra-pipetraky ny mpandimby toerana.
3. Ny andraikitry ny mpitan-tsoratra dia:
    a. Mandrakitra an-tsoratra ny zavatra rehetra ataon'ny filan-kevitry ny TIN'ny Distrika, ny Komity Mpanatanteraka, ary ny Fivorian'ny TIN'ny Distrika.
    b. Miandraikitra ny fifandraisana an-taratasy ny TIN'ny distrika rehetra.
    c. Mampita ny anarana sy ny adiresin'ireo mpiandraikitra ny TIN'ny distrika haingana araka izay azo atao, any amin'ny Birao Foiben'ny TIN sy any amin'ny filoham-paritry ny TIN aorian'ny fifidianana azy ireo.
    d. Manatanteraka andraikitra hafa omen'ny Filan-kevitry ny TIN sy ny Fivoriana ny distrika.
4. Ny andraikitry ny mpitahiry vola dia:
    a. Mamoaka, mandray, ary mitana an-tsoratra ny volan'ny TIN'ny distrika.

b. Manao tatitra ara-bola ny amin'ny vola niditra sy nivoaka izay atolotra any amin'ny fivorian'ny TIN'ny Distrika.
c. Miara-miasa amin'ny filoha mba hamolavola teti-bola ho an'ny taona, haseho izay tompon'andraikitra mifanandrify amin'izany.
5. Mety misy andraikitra hafa omena ireo mpiandraikitra araka izay filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika.

**Fizarana 4—Ny olona mandray karama.**

1. Rehefa mampiasa mpitandrina ny tanora ny distrika iray, ka efa nifampidinika tamin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika sy ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika ny mpitantana ny distrika, dia azo ampiandraiketina ilay mpitandrina ny tanora ny fitarihana ny TIN'ny distrika. Amin'izany tranga izay, dia manatanteraka ny ampahan'andraikitra nomena ny filohan'ny TIN'ny distrika ny mpitandrina ny tanoran'ny distrika. Na izany aza anefa, dia mitoetra hatrany ny maha-zava-dehibe ny filohan'ny TIN amin'ny fitarihana, ny fanoharana ary ny fisoloantena ny asa fanompoan'ny tanora amin'ny Distrika. Ny filan-kevitry ny TIN'ny distrika sy ny mpitantana ny distrika dia miara-miasa mba hamaritana ny asa sy ny andraikitr'ireo olona roa ireo sy ny fomba fiarahany miasa hanasoavana ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika.
2. Tsy afaka ny ho filohan'ny TIN'ny distrika ny mpitandrina ny tanora ny distrika.
3. Ny mpitandrina ny tanoran'ny distrika dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika, ao amin'ny komity Mpanatanteraka, ary ao amin'ny Komity Mpanolotry ny TIN'ny distrika.
4. Ny mpitandrina ny tanoran'ny distrika dia azon'ny mpitantana ny distrika tendrena hiandraikitra asa hafa mifandray amin'ny TIN.

## III. Ny Filan-kevitra

**Fizarana 1—Ny firafiny**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia ahitana ireo mpiandraikitra ny TIN'ny distrika, tanora mpikambana solontena hafa izay, voafidy na voatendry sy mpitarika asa fanompoana raha heverin'ny Filan-kevitra fa ilaina, ary ny mpitantana ny distrika sy / na ny mpitandrina ny tanoran'ny distrika.
2. Ny mpikambana ao amin'ny TIN izay mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo amin'ilay distrika ihany no azo atao mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika.

**Fizarana 2—Fifidianana**

1. Ny Komity Mpanolotry ny TIN'ny distrika no manolotra ny mpikambana ao amin'ny TIN'ny distrika hofidiana ho ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika.
2. Avy eo dia ny Fivorian'ny TIN'ny Distrika no mifidy izay ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika avy amin'ireo olona natolotra, ka izay mahazo vato be indrindra no lany.
3. Misy ny fahabangan-toerana rehefa misy mpikambana ao amin'ny filan-kevitra miala tsy ho mpikambana ao amin'ny distrika, na mametra-pialana, na nesorin'ny filan-kevitra amin'ny toerany amin'ny alalan'ny fifidianana lanin'ny roa ampaha-telon'ny filan-kevitra noho ny fanaovany antsirambina ny asany na noho ny fitondran-tena tsy mendrika. Raha

eo amin'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra no misy fahabangan-toerana, dia fenoin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika amin'ny alalan'ny fifidianana ka raha mahazo ny roa ampaha-telon'ny vato vao lany raha iray ihany ny olona atolotra hofidiana na amin'ny alalan'izay mahazo vato be indrindra raha roa na mihoatra ny olona atolotra hofidiana.

4. Ny Komity Mpanolotra dia afaka manome alalana ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika hanendry ireo Talen'ny asa fanompoana eo amin'ny distrika.

**Fizarana 3—Andraikitra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika no tompon'andraikitra amin'ny rindran-damina ny asa fanompoana iray manontolo amin'ny tanora ao anatin'ilay distrika, ary amin'ny alalan'ny mpiandraikitra sy ny tale, ao anatiny no hanombohany sy hitarihany asa fanompoana sy sahan'ny asa hikasihana tanora ho an'i Kristy sy hamaliana ny filàn'izy ireo amin'ny fitomboana ara-panahy, ary izany dia ifanarahana amin'ny mpitarika eo amin'ny distrika.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia mamaritra izay ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN'ny distrika araka ny filàna misy eo amin'ny fanompoana amin'ny tanora ary mametraka sy manome lohahevitra sy andraikitra ho an'ireo talen'ny asa fanompoan'ny TIN eo amin'ny distrika.
3. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia mamporisika sy mampitao ny fiangonana eo an-toerana manerana ny distrika ho amin'ny asa fanompoana mahomby amin'ny tanora.
4. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia mitarika ny sehatry ny Sekoly Alahadin'ny Tanora eo amin'ny distrika amin'ny alalan'ny famporisihana ny tanora hiditra sy hanatrika Sekoly Alahady sy amin'ny alalan'ny fanomezana fiofanana ho an'ny mpitarika sy mpampianatra Sekoly Alahadin'ny tanora, ary izany dia iarahana miasa amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika.
5. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia manao izay hampandroso ny asa fanompoan'ny tanora sy ny fandaharana eo amin'ny faritra sy maneran-tany ho an'ny vondron'ny TIN eo an-toerana.
6. Ny filan-kevitry ny TIN'ny Distrika no manome tolo-kevitra any amin'ny fivorian'ny TIN'ny distrika mikasika ny asa fanompoan'ny TIN. Afaka mandinika ireo tolo-kevitra ireo ny fivoriana mialohan'ny fankatoavana azy ireo.
7. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia mametraka sy mampita ny fomba fanaovana ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny distrika.

**Fizarana 4—Ny Komity**

1. Ny Komity Mpanatanteraky ny TIN dia ahitana mpiandraikitra. Ny TIN'ny distrika izay voafidy sy ny mpitantana ny distrika ary / na mpitandrina ny tanoran'ny distrika. Raha tendrena ho mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ny mpitan-tsoratra sy ny mpitahiry vola, dia afaka mifidy mpikambana roa hafa ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika ho isan'ny Komity Mpanatanteraka ny filan-kevitra, ka izay roa mahazo vato be indrindra no lany. Ny zavatra rehetra ataon'ny Komity Mpanatanteraka dia ampahafantarina ireo mpikambana hafa ao amin'ny filan-kevitra ary tokony mahazo ny fankatoavan'ny filan-kevitra iray manontolo amin'ny fivoriany manaraka.

2. Ny filan-kevitry ny TIN'ny Distrika dia afaka mametraka Komity manokana ho an'ny asa fanompoana na ny sokajin-taona ho setrin'ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika.

**Fizarana 5—Ny TIN eo amin'ny Saha**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika, miara-miasa amin'ny mpitarika eo amin'ny distrika, dia afaka manome alalana ny hisian'ny saha maromaro ao anatin'ny rafitra misy ao amin'ny distrika handaminana ny fitarihana ny TIN, mba handrindrana sy hampandrosoana ny asa fanompoan'ny TIN manerana ilay distrika.
2. Mety hisy ny fananganana filan-kevitry ny TIN'ny saha iray mba hiandraikitra asa fanompoana sy hisahana asa voafaritra eo amin'ilay saha.
3. Afaka ny ho isan'ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitry ny TIN'ny Distrika ny filoha na solontena avy amin'ny saha tsirairay, raha voatondron'ny Fivorian'ny TIN'ny distrika.

**Fizarana 6—Ny olona mandray karama**

1. Ny mpitantana ny distrika no manondro ny andraikitry ny mpitandrina ny tanoran'ny distrika iray, rehefa avy nifandinika tamin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika sy ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika.
2. Miara-miasa sy mifanaraka tsara ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika sy ny mpitandrina ny tanoran'ny distrika.

## IV. Fivoriana

**Fizarana 1—Ny Fihaonan'ny TIN'ny distrika**

1. Ny fihaonana isan-karazany ataon'ny TIN'ny distrika dia ahafahana manao asa fanompoana mahomby amin'ny tanora.
2. Ny TIN'ny distrika koa dia mamporisika sy manatsara ny asa fanompoan'ny TIN eo an-toerana amin'ny alalan'ny fihaonana amin'ny vondron'ny TIN eo an-toerana manerana ilay distrika mba hanome azy ireo izay ilainy hanaovany fanompoana mandaitra.
3. Ny TIN'ny distrika dia mandray anjara amin'ny fihaonan'ny TIN eo amin'ny faritra sy ny fihaonan'ny TIN maneran-tany mba hampandroso misimisy kokoa ny asa fanompoana amin'ny tanora manerana ilay distrika.

**Fizarana 2—Ny fihaonan'ny Filan-kevitry ny TIN' ny distrika**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika dia mihaona matetika mba hanatanteraka ny asa sy ny vinan'ny TIN'ny distrika.
2. Azon'ny filohan'ny TIN eo amin'ny distrika na ny mpitantana ny distrika atao ny mampivory ny filan-kevitra amin'ny fotoana voatondro mialoha na amin'ny alalan'ny fampiantsoana.

**Fizarana 3—Ny fivorian'ny TIN'ny distrika**

1. Ny Fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN'ny distrika dia manokana fotoana enti-manainga fanahy sy fandaharam-potoana hampandrosoana ny asa fanompoana amin'ny tanora manerana ilay distrika. Mandritra ny Fivoriana no anaovana ny tatitra, ifidianana ny mpitarika, ary handinihina ny toe-draharaha sy ny lalàna mahakasika ny asan'ny TIN maneran-tany ary koa ny solontena ho any amin'ny Fivorian'ny TIN maneran-tany.

2. Ny filan-kevitry ny TIN eo amin'ny distrika, miara-miasa amin'ny mpitantana ny distrika, no mandamina sy manara-maso ny fivorian'ny TIN eo amin'ny distrika. Ny Fivoriana dia tanterahina amin'ny fotoana sy toerana tendren'ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny Distrika, ka ankatoavin'ny mpitantana ny distrika ary ao anatin'ny sivy folo andro mialoha ny fihaonan'ny distrika.
3. Ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny distrika dia ahitana ireo mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny distrikan'ny TIN, ny mpitantana ny distrika, ny mpitandrina eo an-toerana, ireo mpanompo hafa nahazo fanendrena eo anivon'ny distrika ka mandray anjara amin'ny fanompoana ataon'ny TIN, ary ireo solontenan'ny TIN avy eo an-toerana.
4. Ny solon-tenan'ny TIN eo an-toerana rehetra ho any amin'ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny Distrika dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izay soloin'izy ireo tena.
5. Ny isan'ny mpikambana ao amin'ny tatitra farany indrindra nataon'ny mpitandrina mialohan'ny fihaonan'ny distrika no mamaritra ny isan'ny solontenan'ny TIN eo an-toerana isam-piangonana. Ny mpitarika ny TIN eo amin'ny distrika dia mamporisika ny fiangonana eo an-toerana hanao izay azo atao mikasika ny vola ilain'ny solontena hanatrika ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny Distrika.
6. Ny solontenan'ny TIN eo an-toerana ho any amin'ny Fivorian'ny TIN eo amin'ny distrika isaky ny fiangonana manana mpikambana 30 na latsak'izay dia ahitana:
   a. Ny mpitandrina sy ny mpitandrina ny tanora na izay olona manao asa fitandremana matihanina ary mandray anjara amin'ny asa fanompoan'ny TIN;
   b. Ny filohan'ny TIN eo an-toerana vao avy nofidiana;
   c. Solontena voafidy tsy mihoatra ny efatra, ka ny antsasany, farafahakeliny, dia ao anatin'ny ifantohan'ny asa fanompoana napetraky ny TIN'ny distrika.
   d. Ny fiangonana eo an-toerana dia afaka manampy solontena iray isaky ny andiana mpikamban'ny TIN eo an-toerana 30 na ny ampahany be amin'ireo mpikambana 30 ireo (izany hoe: 16-29 mpikambana). Tsy maintsy ao anatin'ny ifantohan'ny asa fanompoana napetraka ny TIN eo amin'ny distrika koa, farafahakeliny, ny antsasak'ireo solontena fanampiny.
7. Afaka manendry solontena iray ny mpitandrin'ny fiangonana eo an-toerana na ny talen'ny toby, nankatoavina ny Asam-pitsimbinana Nazareana (NCM) izay tsy manana TIN voarindra.

| Isan'ny mpikambana | Isan'ny solontena | Isan'ny mpikambana | Isan'ny solontena |
|---|---|---|---|
| 5 - 45 | 4 | 136 – 165 | 8 |
| 46 – 75 | 5 | 166 – 195 | 9 |
| 76 – 105 | 6 | 196 – 225 | 10 |
| 106 - 135 | 7 | 226 - 255 | 11 |

**V.Ny asa fanompoana.**

**Fizarana 1—Fitoriana ny Filazantsara**
Ny TIN' ny Distrika dia manangana ary manatanteraka asa fanompoana mitohy sy fotoana miavaka isan-karazany mba hikasihana tanora ho an'i Kristy.

**Fizarana 2—Fanaovana mpianatra**
Ny TIN'ny distrika dia manangana ary manatanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fotoana miavaka isan-karazany mba hamahanana sy hamporisihana ny tanora hitombo amin'ny fotoam-bavaka manokana, fiankohofana, fiombonana, asa fanompoana, ary ny fitarihana ny hafa hanatona an'i Kristy, amin'ny maha-mpianatr'i Kristy azy ireo.

**Fizarana 3—Fampiroboroboana mpitarika.**
Ny TIN'ny distrika dia manangana sy mantanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fotoana miavaka manokana isan-karazany mba hampianarana sy hampitaovana tanora ho lasa mpitarika ho an'i Kristy sy ny Fiangonany.

**VI.Fanitsiana**

**Fizarana 1—Fandaminana**
1. Ity drafitr'asa fanompoana eo amin'ny Distrika ity dia manome mari-drefy iombonana ho an'ny fandaminana, sy ny asa, ary ny fitarihana ny TIN eo amin'ny sehatry ny distrika. Azon'ny TIN'ny distrika hampifanarahana amin'ny filàna eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny distrika ny drafitra, saingy mila mifanaraka amin'ny Fifanarahan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy ny toromarika ny Fiangonana Nazareana izany.
2. Eo ambanin'ny fahefan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika ny sehatra rehetra tsy voarakotr'ity drafitr'asa fanompoana ity.

**Fizarana 2—Fizotry ny fanitsiana.**
1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny distrika no mametraka sy mampahafantatra ny fomba fanovàna sy fanitsiana ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny Distrika, ary tokony hankatoavina ireo volavolam-panitsiana ireo, mialohan'ny itondrana azy any amin'ny Fivorian'ny TIN'ny Distrika.
2. Tokony atao an-tsoratra ary zaraina amin'ireo vondron'ny TIN eo an-toerana mialoha ny fivoriana isan-taona fanaon'ny TIN ireo volavolam-panitsiana ireo.
3. Ny fanitsiana dia tsy maintsy ankatoavin'ny roa ampahatelon'ny solontena sy mpikambana tonga manatrika sy mifidy manatrika ny Fivorian'ny TIN'ny Distrika ary mila ny fankatoavan'ny mpitantana Distrika sy ny Birao Mpanolotsain'ny Distrika vao ekena
4. 60 andro aorian'ny fivoriana fara-fahatarany, dia efa manan-kery ny fanovana rehetra ao amin'ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny Distrika. Tsy maintsy atao an-tsoratra sy zaraina aloha ilay drafitr'asa voahitsy vao manan-kery.

**NY DRAFITR'ASA FANOMPOANA EO AMIN'NY FARITRA**

## I.Ny mpikambana sy ny ifantohan'ny asa fanompoana

### Fizarana 1—Ny firafitra sy ny andraikitra

1. Ny vondron'ny TIN eo an-toerana rehetra, sy ny asa fanompoan'ny TIN'ny distrika, ary ny mpikambana rehetra ao amin'ny TIN ao anatin'ny faritra iray no manome ny Tanora Iraisam-pirenena Nazarean'ny faritra.
2. Ny TIN'ny faritra dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny mpikambana ao aminy sy eo anatrehan'ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany. Raha azo atao, dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Talen'ny faritra sy ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina Faritra koa ny TIN'ny faritra.
3. Ny TIN'ny faritra dia mandefa tatitra isan-taona any amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, ary raha azo atao dia nandefa tatitra tsy tapaka any amin'ny Talen'ny faritra sy ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsain'ny Faritra.

### Fizarana 2—Ny ifantohan'ny Asa fanompoana

1. Ny tanora 12 taona no ho miakatra, ny mpianatra eny amin'ny oniversité / ambaratonga ambony, sy ny tanora zokiny no ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN'ny faritra amin'ny ankapobeny. Azon'ny Filan-kevim-paritry ny TIN atao ny manova izay ifantohan'ny asa fanompoana araka izay mety, kanefa kosa mila ny fankatoavan'ny distrika eo amin'ilay faritra sy ny an'ny talen'ny faritra, raha ilaina.
2. Mikasika ny fisolontena sy ny fandaminam-pandaharam-potoana, dia araka ny filàna eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny faritra no ametrahan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra sokajin-taona.

## II.Ny Mpitarika

### Fizarana 1—Ny mpiandraikitra

1. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny faritra dia ny filoha sy olona hafa tsy mihoatry ny telo izay nofidian'ny komitim-pifidianam-paritra tany amin'ny fivoriamben'ny TIN maneran-tany, izay nomena loha-hevitra sy andraikitra amin'ny asa fanompoana araka ny filàna eo amin'ny faritra. Mpikambana ao amin'ny Komity Mpanatanteraka ireo mpiandraikitra ireo.
2. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny faritra dia tsy maintsy mipetraka sy mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ao anatin'ny faritry ny faritra amin'ny fotoana ifidianana azy ireo, mavitrika amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora koa, ary fitaratra eo amin'ny fiainany sy amin'ny asa fanompoana ataony.
3. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny faritra dia tsy mandray karama. Iantohan'ny faritra ny vola lanin'ny mpiandraikitra amin'ny fanatanterahan'izy ireo ny asany.
4. Tsy mihoatry ny fe-potoam-piasana roa ny fotoana ijanonan'ny filohan'ny TIN'ny faritra eo amin'ny toerany.

### Fizarana 2—Fifidianana

1. Ny mpiandraikitra ny TIN'ny faritra dia fidian'ny Komitim-pifidianam-paritra amin'ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany, ary nankatoavin'ny Fivoriana. Ny mpiandraikitra dia miasa mandritry ny efa-taona feno, manomboka amin'ny fiafaran'ny Fihaonambe maneran-tany ka hatramin'ny fiafaran'ny Fihaonambe maneran-tany manaraka.

2. Ny komity Mpanolotry ny TIN'ny faritra no manolotra ireo hofidiana ho mpiandraikitra ny TIN'ny faritra. Ny Komity Mpanolotra dia tendren'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra ary ahitana mpikambana efatra ao amin'ny TIN'ny faritra farafahakeliny, ao anatin'izany ny filohan'ny TIN'ny faritra sy ny talen'ny faritra (raha azo atao). Anarana roa isaky ny toerana farafahakeliny no atolotra ny Komitim-pifidianana. Tsy maintsy ankatoavin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra sy ny talen'ny faritra (raha azo atao) aloha ireo olona rehetra atolotra hofidiana.
3. Ny filohan'ny TIN'ny faritra dia fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato anjakan'ny maro an'isa amin'ny komitim-pifidianana eo amin'ny faritra any amin'ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany, ary lanin'ny maro an'isa amin'io tonga manatrika, ny fivoriana, araka ny drafitr'asa fanompoan'ny TIN maneran-tany. Ireo mpiandraikitra hafa dia fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato anjakan'ny maro an'isa ataon'ny Komitim-pifidianana eo amin'ny Faritra.
4. Ny Filohan'ny TIN'ny faritra am-perinasa izay mbola azo fidiana fanindroany dia azo averina fidiana amin'ny latsa-bato "eny" na "tsia", rehefa atolotry ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra sy ankatoavin'ny talen'ny faritra (rehefa azo atao) izany fifidianana izany, ary mahazo ny roa ampaha-telon'ny vato tamin'ny latsa-bato miafina nataon'ny komitim-pifidianan'ny faritra nandritra ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.
5. Misy ny fahabangan-toerana rehefa misy mpiandraikitra iray miala ao amin'ilay faritra, na nametra-pialana tamin'ny asany, na nesorina tamin'ny toerany, tamin'ny alalan'ny fifidianana nolainan'ny roa ampaha-telon'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, noho ny fanaovany antsirambina ny asany na noho ny fitondrantena tsy mendrika. Raha misy toerana banga eo anivon'ireo mpiandraikitra, dia ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra no mameno azy amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny roa ampaha-telon'ny mpikambana ao anatiny raha iray ihany ny olona atolotra na izay mahazo vato be indrindra raha roa na mihoatra ny olona atolotra. Raha ny toeran'ny filohan'ny TIN'ny faritra no banga, dia mifidy filoha vaovao araka ny drafitr'asa fanompoan'ny TIN Maneran-tany ny faritra.

**Fizarana 3—Andraikitra**

1. Ny andraikitry ny filohan'ny TIN'ny faritra dia:
   a. Mitarika sy mitantana ny TIN eo amin'ny faritra, ka miara-miasa amin'ny TIN sy ireo mpitarika eo amin'ny faritra.
   b. Mitarika ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra mba hanome vina ho an'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ilay faritra.
   c. Manamora ny fandroson'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny faritra sy miara-miasa amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra mba hamaritana ny ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN eo amin'ny faritra araka ny filàna.
   d. Mitarika ny komitim-pifidianan'ny faritra any amin'ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany.
   e. Mamporisika ny fandroson'ny asa fanompoan'ny TIN eo amin'ny distrika na zana-paritra tsirairay ao anatin'ilay faritra.
   f. Miaro ny tombotsoan'ny TIN eo amin'ny faritra any amin'ny birao sy ny Komitim-paritra mifandraika amin'izany, sy any amin'ny komity iraisam-paritra, raha ilaina.
   g. Manao tatitra isan-taona any amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, ny talen'ny faritra sy ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaim-paritra (raha ilaina), ary any amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany.

h. Mandroso teti-bola ho an'ny taona any amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra sy any amin'ny biraom-paritra (raha ilaina).
i. Solontena any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany ary mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany, afa-tsy any Etazonia, izay solontena voafidy roa avy amin'ireo filohan'ny TIN'ny faritra no mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany ho an'i Etazonia. Raha tsy afaka manatrika ny filoha, dia afaka misolo-tena azy ny solontena iray fidian'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra ary nankatoavin'ny talem-paritra (raha azo atao).
j. Mampifandray ny TIN'ny faritra sy ny Sekoly fampianarana ambony Nazareana eo amin'ny faritra mba hampiroboroboana ny fifandraisana, fiaraha-miasa, ary ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny asa fanompoana.

2. Ny andraikitr'ireo mpiandraikitra ny TIN'ny faritra dia:
   a. Mampitombo sy manendry mpitarika ho an'ireo asa fanompoan'ny TIN isan-karazany eo amin'ny faritra.
   b. Mizara ireto andraikitra ireto mba ahazoana antoka ny amin'ny fandraisana andraikitra sy ny fahombiazana:
      1) Mandray an-tsoratra ny zava-boalaza rehetra ao amin'ny fivorian'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra ary miandraikitra ny fifandraisana an-taratasin'ny TIN'ny faritra rehetra
      2) Mamoaka, mandray, ary mitahiry an-tsoratra ny volan'ny TIN'ny faritra, araka ny fomba fandaminan-draharahan'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, sy ny Birao Foibe, ary ny biraom-paritra.
      3) Manampy ny filoha amin'ny fanaovana tatitra ara-bola isan-taona ny amin'ny vola rehetra niditra sy nivoaka atolotra ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny olona sahaza izany.
      4) Miara-miasa amin'ny filoha mba hanamboatra teti-bola ho an'ny tanora atolotra hankatoavin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny talem-paritra (raha azo atao).
      5) Mampita haingana araka izay azo atao ny anarana sy ny adiresin'ireo mpiandraikitra ny TIN'ny faritra isan-karazany sy ireo talen'ny asa fanompoana any amin'ny biraon'ny TIN sy ny biraom-paritra (raha ilaina), ao aorian'ny fifidianana na ny fanendrena.
   d. Miara-miasa amin'ny filoha amin'ny fomba rehetra azo atao mba hanamorana ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny faritra.
   e. Manatanteraka asa fanompoana hafa araka izay omen'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra na ny Komitim-pifidianan'ny faritra.

**Fizarana 4—Ireo olona mandray karama**

1. Raha misy faritra mampiasa mpandrindra ny TIN'ny faritra, dia azon'ny talen'ny faritra ampiandraiketana azy ny TIN'ny faritra rehefa avy nifampidinika tamin'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaim-paritra ny talem-paritra. Amin'izay fotoana izay, dia mety manatanteraka ny ampahan'andraikitra nomena ny filohan'ny TIN'ny faritra ilay mpandrindra ny TIN'ny faritra. Na izany aza anefa, dia mitoetra hatrany ny lanjan'ny filoham-paritry ny TIN amin'ny alalan'ny fitarihana fanampiny omeny, sy ny fanohanany ary ny fisolony tena ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny faritra.

2. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra sy ny talem-paritra dia miara-miasa mba hamaritana ny asa sy ny andraikitr'ireo olona roa ireo sy ny fomba fiarahany miasa ho an'ny tombotsoan'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny faritra.
3. Ny mpandrindra ny TIN'ny faritra dia tsy azo atao ho filohan'ny TIN'ny faritra.
4. Ny mpandrindra ny TIN'ny faritra dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, ao amin'ny Komity Mpanatanteraka, ary ao amin'ny Komity Mpanolotry ny TIN'ny faritra.
5. Ny mpandrindra ny TIN'ny faritra dia azon'ny talem-paritra tendrena ho amin'ny andraikitra mifandray amin'ny TIN.

### III. Filan-kevitra

**Fizarana 1—Firafitra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra dia ahitana ireo mpiandraikitra ny TIN'ny faritra sy tanora mpikambana solontena hafa voafidy na voatendry ary mpitarika asa fanompoana araka izay heverin'ny filan-kevitra fa ilaina, ary, ny talem-paritra sy / na ny mpandrindra ny TIN'ny faritra raha azo atao.
2. Ireo mpikambana ao amin'ny TIN izay efa mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo amin'ilay faritra ihany no azo atao mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra.
3. Raha azo atao, dia azo ampidirina ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra koa ny solontena avy amin'ny kolejy na oniversité Nazareana miandraikitra ny asa fanompoana iarahana amin'ny TIN'ny faritra.

**Fizarana 2—Fifidianana**

1. Ny Komity Mpanolotry ny TIN'ny faritra no manolotra mpikambana ao amin'ny TIN eo amin'ny faritra hofidiana ho ao anatin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra.
2. Ny Komitim-pifidianan'ny faritra, avy eo, no mifidy izay ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra avy amin'ireo anarana natolotra amin'ny alalan'ny fifidianana atao mandritra ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany, ka izay nahazo vato be indrindra no lany. Afaka manome alalana ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra hanendry talen'ny asa fanompoana eo amin'ny faritra ny Komitim-pifidianan'ny faritra.
3. Misy ny fahabangan-toerana rehefa misy mpikambana iray ao amin'ny filan-kevitra miala tsy ho mpikambana ao amin'ilay faritra, na mametra-pialana amin'ny asany, na nesorina tamin'ny toerany tamin'ny alalan'ny fifidianana nolanian'ny roa ampaha-telon'ny filan-kevitra noho ny fanaovany an-tsirambina ny asany na noho ny fitondran-tena tsy mendrika. Raha misy toerana banga eo anivon'ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra izay nofidiana na notendren'ny filan-kevitra, dia ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra no mameno ilay toerana banga amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny roa ampahatelon'ny Filan-kevitra raha iray ihany no olona atolotra na izay mahazo vato be indrindra raha roa na mihoatra ny olona atolotra. Raha misy fahabangan-toerana eo anivon'ireo mpikambana solontena distrika iray eo amin'ny faritra, dia araka ny drafitr'asa fanompoana eo amin'izany Distrika izany no amenoana ilay toerana banga.

**Fizarana 3—Andraikitra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra dia miandraikitra ny fandaminana sy ny fandrindrana ny asa fanompoana iray manontolo amin'ny tanora ao anatin'ny faritra, ary amin'ny alalan'ireo mpitarika sy tale ao aminy, manomboka ary mitantana ny asa fanompoana sy ny sahan'asa hikasihana tanora ho an'i Kristy sy hamenoana ny filàn'izy ireo amin'ny fitomboana ara-panahy, ka mifanaraka amin'ny mpitarika eo amin'ny faritra.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra no mamaritra izay ifantohan'ny asa fanompoan'ny TIN'ny faritra araka ny filàna misy eo amin'ny fanompoana amin'ny tanora eo amin'ilay faritra, ary mametraka ilay faritra, mamolavola sy mizara ny lohahevitra sy ny andraikitra ho an'ireo talen'ny asa fanompoan'ny TIN eo amin'ny faritra.
3. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra dia mamporisika sy mampitao ireo distrika manerana ny faritra hanao asa fanompoana mahomby amin'ny tanora.
4. Ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny faritra dia mitantana ny sehatry ny Sekoly Alahadin'ny Tanora eo amin'ny faritra amin'ny famporisihina ny tanora hisoratra anarana sy hanatrika Sekoly Alahady ary amin'ny fanomezana fiofanana ny mpitarika sy mpampianatra Sekoly Alahadin'ny tanora ary izany dia iarahana miasa amin'ny asa fanompoan'ny Sekoly Alahady.
5. Ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny faritra dia mampiroborobo ny asa fanompoana sy ny fandaharan'asan'ny TIN maneran-tany ho an'ny mpikambana eo amin'ny faritra.
6. Ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny faritra dia mitantana ny fampiasana ny vola omena ny faritra amin'ny alalan'ny sahan'asa sy ny fiaraha-miombon'antoky ny TIN.
7. Ny Filan-kevitry ny TIN dia mandroso soso-kevitra any amin'ny Komitim-pifidianan'ny Faritra mandritry ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany mikasika ny asa fanompoan'ny TIN. Ny filan-kevitra koa dia manendry olona iray na roa hisolo-tena ny faritra ho mpikambana ao amin'ny Komity Mpanapa-kevitra any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany, ka mifanaraka amin'ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany.
8. Ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny faritra no mamolavola sy mampahafantatra ny fomba fanitsiana ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny faritra.

**Fizarana 4—Komity**

1. Ny Komity Mpanatanteraky ny TIN dia ahitana ny mpiandraikitra ny TIN voafidy teo amin'ny faritra sy ny talem-paritra ary / na ny mpandrindra ny TIN eo amin'ny faritra (raha ilaina). Ny Komity Mpanatanteraka dia afaka misahana ny asan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra raha sarotra na tsy vita mihitsy ny mampivory ny filan-kevitra iray manontolo. Ny zavatra rehetra ataon'ny Komity Mpanatanteraka dia ampahafantarina ny mpikambana amin'ny filan-kevitra ary mila ny fankatoavan'ny filan-kevitra iray manontolo amin'ny fivoriany manaraka.
2. Ny filan-kevitry ny TIN'ny faritra dia afaka mametraka komitin'ny asa fanompoana manokana hamaly ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ilay faritra.
3. Ho an'ny firenena ahitana distrika maro, dia afaka mandamina ny fitarihana ny TIN eo amin'ilay firenena ny faritra mba handrindrana sy hanamorana ny asa fanompoana amin'ny tanora ao amin'ilay firenena.

**Fizarana 5—Ny zana-paritry ny TIN**

1. Raha azo atao sy miaraka amin'ny fiaraha-miasan'ny mpitarika fiangonana eo amin'ny faritra, dia afaka mandamina ny fitarihana ny TIN eo amin'ireo zana-paritra isan-karazany

misy ao anatin'ny rafitry ny faritra iray ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, mba handrindrana sy hanomezana vahana ny asa fanompoan'ny TIN manerana ny faritra.
2. Azo atao ny manangana filan-kevitry ny TIN eo amin'ny zana-paritra mba hiandraikitra asa fanompoana sy hisahana asa manokana eo amin'ilay zana-paritra.
3. Afaka ampidirina ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny faritra ny filoha na ny solontena voafidy avy amin'ny zana-paritra tsirairay, raha milaza izany ny Komitim-pifidianan'ny Faritra.

**Fizarana 6—Ny olona mandray karama**

1. Ny talen'ny faritra no manendry ny andraikitry ny mpandrindra ny TIN eo amin'ny faritra, rehefa avy mifandinika amin'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaim-paritra sy ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra sy ny mpandrindra ny TIN eo amin'ny faritra dia miara-miasa sy mifanaraka tsara.

**IV. Fivoriana**

**Fizarana 1—Fivorian'ny TIN eo amin'ny faritra**

1. Ny fihaonana isan-karazany ataon'ny TIN eo amin'ny faritra dia ahafahana mampahomby ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ny faritra.
2. Ny TIN eo amin'ny faritra koa dia mamporisika sy manatsara ny asa fanompoan'ny TIN eo amin'ny distrika manerana ilay faritra mba hampitaovana azy ireo ho amin'ny asa fanompoana mahomby.
3. Ny TIN eo amin'ny faritra dia mandray anjara amin'ny fihaonan'ny TIN maneran-tany izay mampiroborobo hatrany ny fahombiazan'ny asa fanompoana atao amin'ny tanora manerana ny faritra

**Fizarana 2—Fivorian'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Faritra dia mihaona tsy tapaka mba hanatanteraka ny asa sy ny vinan'ny TIN eo amin'ny faritra.
2. Ny filohan'ny TIN'ny faritra, ny talem-paritra (raha ilaina), ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany, na ny talen'ny TIN dia afaka mandahatra mialoha ny fotoam-pivoriana na mampiantso ny filan-kevitra hanao fivoriana tsy ara-potoana.

**Fizarana 3—Ny Komitim-pifidianan'ny faritra**

1. Mandritra ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany no ivorian'ny Komitim-pifidianan'ny faritra. Io fivoriana io no manolotra fandaharam-potoana fanentanana sy fampandrosoana ny asa fanompoana amin'ny tanora manerana ilay faritra. Amin'io fivoriana io no andraisana tatitra, ifidianana ireo mpitarika, sy anaovana lalàna mahakasika ny asan'ny TIN eo amin'ny faritra. Ny Komitim-pifidianan'ny faritra koa dia manolotra anaran'olona tsy mihoatry ny roa hofidiana ho mpikambana misolotena ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, araka ny drafitr'asa Fanompoana Maneran-tany.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, miaraka amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, no manomana sy manara-maso ny komitim-pifidianan'ny faritra.
3. Ny Komitim-pifidianan'ny faritra dia ahitana ireo mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, ny talem-paritra sy / na ny mpandrindra ny TIN eo amin'ny faritra (raha

azo atao), ary ny solontena avy amin'ny faritra voafidy hanatrika ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany, ka mifanaraka amin'ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany.
4. Ny Komitim-pifidianana dia mivory mandritra ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany amin'ny fotoana sy toerana voatondron'ny Filan-kevitry ny TIN eo amin'ny Faritra sy ny talem-paritra (raha azo atao), ary ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany dia azo atao ny mampivory ny komitim-pifidianana amin'ny fifampiantsoana an-tariby na fifandefasana mailaka ao anatin'ny enim-bolana mialohan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany mba hisahana raharahan'ny TIN'ny faritra raha misy antony manakana ny solontena voafidy maro an'isa hanatrika ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.

## V. Asa fanompoana

**Fizarana 1—Fitoriana ny Filazantsara**
Ny TIN eo amin'ny faritra dia manangana sy manatanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fandaharan'asa manokana hikasihana tanora ho an'i Kristy.

**Fizarana 2—Fanaovana mpianatra**
Ny TIN eo amin'ny faritra dia manangana sy manatanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fandaharan'asa manokana hamahanana sy hamporisihana ny tanora hitombo amin'ny fotoam-pivavahany manokana, fiankohofana, fiombonana, asa fanompoana, ary ny fitarihana ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny maha-mpianatr'i Kristy azy ireo.

**Fizarana 3—Fampandrosoana mpitarika**
Ny TIN eo amin'ny faritra dia mamolavola sy manatanteraka asa fanompoana mitohy, fotoana manokana sy hanofanana ary hampitaovana tanora ho tonga mpitarika ho an'i Kristy sy ny Fiangonany.

## VI. Fanitsiana

**Fizarana 1—Fandaminana**
1. Ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny faritra dia manolotra fomba itovizana ho an'ny fandaminana, ny asa, ary ny fitarihana ny TIN eo anivon'ny faritra. Ny TIN'ny faritra iray dia afaka manamboatra sy manitsy ilay drafitr'asa hamaly ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eo amin'ilay faritra, saingy mila mifanaraka amin'ny satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy ny Torolàlan'ny Fiangonan'ny Nazareana izany.
2. Ny sehatra rehetra tsy voarakotr'ity drafitr'asa fanompoana ity dia eo ambany fahefan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra.

**Fizarana 2—Fizotry ny fanitsiana**
1. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, miaraka amin'ny talem-paritra (raha azo atao), no mamolavola sy mampahafantatra ny fomba fampiharana sy fanitsiana ny drafitr'asa

fanompoana eo amin'ny faritra, ary tokony hankatoaviny ny volavolam-panitsiana atolotra mialohan'ny hitondrana azy ireo any amin'ny Komitim-pifidianan'ny Faritra

2. Ny volavolam-panitsiana ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny Faritra atolotra dia tsy maintsy atao an-tsoratra ka zaraina amin'ireo Filan-kevitry ny TIN'ny distrika mialohan'ny fivorian'ny Komitim-pifidianan'ny faritra an'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.
3. Ny fanitsiana dia tsy maintsy lanian'ny roa ampahatelon'ny solontena sy ny mpikambana tonga manatrika sy mifidy amin'ny fivorian'ny Komitim-pifidianan'ny Faritra ary mahazo ny fankatoavan'ny talem-paritra sy ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaim-paritra (raha azo atao) vao lany.
4. Tsy mihoatra ny 90 andro aorian'ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany dia efa manan-kery ny fanovana rehetra ao amin'ny drafitr'asa fanompoana eo amin'ny Faritra. Tsy maintsy atao an-tsoratra sy zaraina ilay drafitr'asa voahitsy vao manan-kery.

## NY DRAFITR'ASA NYASA FANOMPOANA MANERAN-TANY

### I. Ny mpikambana sy ny Ifantohan'ny Asa fanompoana

**Fizarana 1—Firafitra sy Andraikitra**

1. Ny vondron'ny TIN rehetra eo an-toerana, ny asa fanompoan'ny TIN'ny distrika sy ny faritra, ary ny mpikambana ao aminy no manome ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana maneran-tany.
2. Ny TIN maneran-tany dia tompon'andraikitra eo anatrehan'ny mpikambana ao amin'ny TIN, ny mpitantana foibe miadidy ny TIN, sy ny Sampana Sekoly Alahady ny Komitin'ny TIN eo anivon'ny Birao Foibe.
3. Ny TIN maneran-tany dia manao tatitra isan-taona any amin'ny Birao Foibe amin'ny alalan'ny Sampana Sekoly Alahady sy ny Komitin'ny TIN ary manao tatitra isaky ny efa-taona any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany sy any amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonan'ny Nazareana.
4. Ny talen'ny TIN dia miandraikitra ny fandrindrana sy ny fitantanana ankapobeny ho fampandrosoana ny asa fanompoana amin'ny tanora ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny alalan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana.
5. Ireo biraon'ny TIN maneran-tany dia miara-miasa amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany amin'ny fandavorariana ny asa fanompoana amin'ny tanora maneran-tany ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana.

**Fizarana 2—Ny ifantohan'ny asa fanompoana.**

1. Ny ifantohan'ny asa fanompoan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia ny tanora 12 taona no ho miakatra, ny mpianatra eny amin'ny oniversité / kolejy, ary ny tanora zokiny. Ny filan-kevitry ny eo amin'ny faritra, sy eo amin'ny distrika, ary eo an-toerana dia afaka manova izay ifantohan'ny asa fanompoana araka ny maha-mety azy, kanefa kosa mila mifanaraka amin'ny drafitr'asa fanompoana ho an'ilay ambaratonga.
2. Mikasika ny fisolontena sy ny fandaminam-pandaharam-potoana, dia mametraka sokajy telo ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana maneran-tany – ny tanora zandriny, ny tanora

zokiny, ary ny tanora mpianatra eny amin'ny oniversite kolejy / tanora zokiny – mba hampahomby ny fanompoana amin'ny tanora maneran-tany.

## II. Mpitarika

**Fizarana 1—Ny mpiandraikitra**

1. Ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany voafidy dia filoha iray sy filoha lefitra iray.
2. Ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny TIN sy ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, mavitrika amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora, ary fitaratra eo amin'ny fiainany sy ny asa fanompoany.
3. Ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany dia tsy mandray karama. Ao anatin'ny volan'ny TIN ny fiantohana ny vola lanin'ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany amin'ny fanatanterahan'izy ireo ny asany.
4. Tsy mihoatra ny fe-potoam-piasana feno iray no ahafahan'ny mpiandraikitra ny TIN iray mijanona eo amin'ny toerany.

**Fizarana 2—Fifidianana**

1. Ny mpiandraikitra ny TIN dia fidiana amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany. Ireo mpiandraikitra voafidy dia miasa mandritry ny efa-taona, manomboka amin'ny fiafaran'ny Fihaonambe ka mandra-pifaran'ny Fihaonambe manaraka.
2. Ireo komitim-pifidianan'ny faritra samihafa any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany no manolotra ireo mpiandraikitra ny TIN maneran-tany hofidiana. Ny Komitim-pifidianana dia afaka manolotra olona tsy mihoatry ny roa ho an'ny toerana tsirairay, izay nofantenan'ny maro an'isa tamin'ilay Komitim-pifidianana. Avy amin'ireo anarana natolotry ny komitim-pifidianana no hifidianana ny mpiandraikitra amin'ny latsa-bato miafina ka lanian'ny maro an'isa amin'ireo mpifidy amin'ny fivoriana.
3. Banga ny toeran'ny filoha na ny filoha lefitry ny TIN maneran-tany rehefa mametra-pialana izy na esorina amin'ny toerana amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny roa ampahan-telon'ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany noho ny fanaovany antsirambina ny asany na noho ny fitondran-tena tsy mendrika. Raha misy fahabangan-toerana eo amin'ireo mpiandraikitra ny TIN maneran-tany ao anatin'ny efa-taona, dia toy izao manaraka izao no hamenoina ny banga:
   a. Ny Komity Mpanatanteraky ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany, izay misahana ny andraikitry ny Komity Mpanolotra, dia manolotra olona roa na mihoatra any amin'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN,
   b. Rehefa avy mifandinika amin'ny Biraon'ny mpitantana Foibe ny mpitantana foibe miadidy ny TIN, dia hitondra taratasy fandatsaham-bato misy ireo olona natolotra ka nankatoavina ho any amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany;
   c. Izay mahazo ny roa ampaha-telon'ny vaton'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany no lany.

**Fizarana 3—Andraikitra**

1. Ny andraikitry ny filohan'ny TIN Maneran-tany dia:
   a. Manolotra vina sy fitarihana ny TIN miaraka amin'ny talen'ny TIN sy ny TIN ary ny mpitarika ny fiangonana isan'ambaratongany.

b. Mitarika ny fivoriana rehetra amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany sy ny fivorian'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany.
c. Mampandroso ny tombon-tsoan'ny TIN maneran-tany sy ny asan'ny TIN manerana izao tontolo izao.
d. Misolo tena ny TIN toy ny mpikambana ao amin'ny Birao Foiben'ny Fiangonan'ny Nazareana, raha mahazo ny fankatoavan'ny Fihaonambe ao aorian'ny fifidianana azy.
e. Misolo tena ny TIN toy ny mpikambana ao amin'ny Fihaonambe amin'ny fiafaran'ny fe-potoana fiasany.
f. Manatanteraka andraikitra hafa izay omen'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany azy.

2. Ny andraikitry ny filoha lefitry ny TIN maneran-tany dia:
   a. Miara-miasa amin'ny filoha amin'ny fomba rehetra azo atao hampahombiazana ny asa fanompoana amin'ny tanora maneran-tany.
   b. Miantoka ny fitanana an-tsoratra ny zavatra rehetra atao mandritry ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany sy ny fivoriana rehetra ataon'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany mba atolotra ny Birao Foibe amin'ny alalan'ny Sampana Sekoly Alahady sy ny Komitin'ny TIN ary mba atolotra ny Fihaonambe.
   c. Mitarika ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, mpisolo toerana fanampiny ao amin'ny birao na ny filan-kevitra rehetra, ary mba atolotra ny Fihaonambe.
   d. Mitarika ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany, mpisolo toerana fanampiny ao amin'ny birao na ny filan-kevitra rehetra, ary manatanteraka izay andraikitra tendrena rehefa tsy eo ny filohan'ny TIN maneran-tany. Mitarika ny fifidianana izay ho filohan'ny TIN maneran-tany vaovao raha banga izany toerana izany, na manampy ny faritra iray amin'ny fifidianana filohan'ny TIN ny faritra vaovao. Raha ny toeran'ny filoha lefitry ny TIN maneran-tany kosa no banga, dia ny filohan'ny TIN maneran-tany no manatanteraka ny asany.
   e. Manatanteraka andraikitra hafa omen'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.
   f. Mitarika ny fivorian'ireo filoham-paritry ny TIN vao avy nofidiana any Etazonia ho any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany mba hifidy solontenan'i Etazonia roa ho ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany.

**Fizarana 4—Ny olona mandray karama**

1. Ny mpitantana foibe miadidy ny TIN sy ny Birao Foibe no manome ny talen'ny TIN maneran-tany ny fiandraiketana ny TIN maneran-tany. Ny talen'ny TIN dia eo ambany fiahian'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe. Mitoetra hatrany ny mampanan-danja ny filohan'ny TIN maneran-tany amin'ny alalan'ny fanomezana fanampim-pitarihana, ny fanohanana, ary ny fisoloana tena ny TIN. Ny talen'ny TIN sy ny filohan'ny TIN maneran-tany dia miara-miasa mba hamaritana ny fomba fiarahany miasa ho tombon-tsoan'ny asa fanompoana amin'ny tanora, rehefa avy mifampidinika amin'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN sy ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany.
2. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no mifidy ny talen'ny TIN. Raha banga izany toerana izany, dia toy izao manaraka izao no amenoana azy:
   a. Ny mpitantana foibe miadidy ny TIN no manolotra anarana ho talen'ny TIN, rehefa avy mifampidinika tamin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.

b. Misy latsabato miafina no aroso eo amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany mba handanian'ny maro an'isa ny ho tale avy eo. Aorian'izay, dia alefa mba hankatoavin'ny maro an'isa amin'ny Sampana Sekoly Alahady sy ny Komitin'ny TIN amin'ny Birao Foibe ilay vokam-pifidianana, ary aroso hofidian'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe, amin'ny farany.

3. Ankatoavin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny maro an'isa ny fanolorana talen'ny TIN am-perinasa iray ataon'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN amin'ny fivoriana ara-potoana voalohany manaraka ny Fihaonambe, avy eo mbola mila ny fankatoavan'ny Sampana Sekoly Alahady sy ny Komitin'ny TIN amin'ny Birao Foibe amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny maro an'isa, ary aorian'izay vao fidian'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.
4. Ny talen'ny TIN dia tsy azo fidiana ho mpiandraikitra ny TIN maneran-tany.
5. Ny talen'ny TIN dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, ny Komity Mpanatanteraka ny Komitin'i Etazonia/ Kanada, ary Komitin'ny TIN Maneran-tany hafa notendrena.

## III. Filan-kevitra

**Fizarana 1—Firafitra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia ahitana ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany, ny talen'ny TIN, ny filohan'ny TIN'ny faritra rehetra ivelan'i Etazonia, ary filohan'ny TIN'ny faritra roa misolotena ireo faritra ao anatin'i Etazonia.
2. Misy solontenan'ny tanora telo anisan'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany koa. Ny solontena iray dia tokony ho eo anelanelan'ny 12 sy 14 taona tafiditra amin'ny fotoana fifidianana, ny iray eo anelanelan'ny 15 sy 18 amin'ny fotoana fifidianana, ary ny iray eo anelanelan'ny 19 sy 23 taona amin'ny fotoana fifidianana.
3. Ny mpandrindra ny TIN'ny faritra sy ny mpandrindra ny TIN'i Etazonia dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany. Mety misy olona hafa koa heverin'ny filan-kevitra maneran-tany fa ilaina ka tafiditra ao amin'ny filan-kevitra, nefa tsy manan-jo hifidy.
4. Ny mpikambana rehetra ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny TIN sy ny Fiangonan'ny Nazareana.

**Fizarana 2—Fifidianana**

1. Ny filoham-paritry ny TIN'ny faritra dia fidiana amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny maro an'isa amin'ny Komitim-pifidianana any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany ary ankatoavin'ny maro an'isa mpanatrika ny Fivoriana amin'ny alalan'ny fifidianana. Anarana roa farafahakeliny no atolotra ny Komitim-pifidianana ho an'ny toerana tsirairay. Raha toa ka misy antony misakana ny ankamaroan'ny solontena voafidy tsy hanatrika ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany, dia azon'ireo solontena voafidy amin'ny faritra atao ny manao latsa-bato alefa paositra / mailaka / fax ao anatin'ny enimbolana mialohan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany, raha ankatoavin'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, ny talem-paritra (raha azo atao), ary ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany izany.
2. Ny filohan'ny TIN'ny faritra am-perinasa iray izay niasa nandritry ny fe-potoam-piasana iray dia mbola azo fidiana amin'ny alalan'ny fifidianana "eny" na "tsia", raha aroson'ny

Filan-kevitry ny TIN'ny faritra izany fifidianana izany ka ankatoavin'ny roa ampaha-telon'ny komitim-pifidianan'ny faritra sy ny Fivoriambe amin'ny alalan'ny fifidianana. Tsy misy olona afaka mijanona eo amin'ny toeran'ny filohan'ny TIN'ny faritra mihoatry ny fe-potoam-piasana feno roa.

3. Misy filoham-paritry ny TIN roa avy any Etazonia fidiana ho mpikambana ao amin'ny filan-kevitry ny TIN maneran-tany, ka ireo filoham-paritry ny TIN vao avy nofidiana tao Etazonia no manatontosa ny fifidianana lanian'ny maro an'isa any amin'ny Fivoriamben'ny TIN manerantany.
4. Anarana telo farafahakeliny no atolotra amin'ny fivoriana manokana ataon'ireo filohan'ny TIN'ny faritra ao Etazonia izay tarihan'ny filoha lefitry ny TIN Maneran-tany an-dalam-pialana. Ireo Komitim-pifidianan'ny faritra samihafa any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany no manolotra solontenan'ny tanora hofidiana ho ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany. Afaka manolotra olona hatramin'ny roa ho amin'ny toerana tsirairay, izay nofantenan'ny Komitim-pifidianana tamin'ny alalan'ny latsa-bato lanian'ny maro an'isa, ny komitim-pifidianana iray. Avy amin'ireo anarana natolotra, avy eo, no ifidianana izay ho solontena ao amin'ny Filan-kevitra, ka izay lanin'ny maro an'isa amin'ny fifidianana atao mandritry ny Fivoriambe no voafidy. Tsy misy olona afaka manao solontenan'ny tanora mihoatry ny fe-potoana iray.
5. Ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia miasa mandra-pifaran'ny Fihaonambe manaraka.
6. Misy ny fahabangan-toerana eo anivon'ny fikambanana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany rehefa misy mpikambana iray mametra-pialana, na esorina amin'ny toerany amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny roa ampaha-telon'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany noho ny fanaovany an-tsirambina ny asany, na noho ny fitondran-tena tsy mendrika, na, ho an'ny filohan'ny TIN'ny faritra, raha mifindra monina na mifindra fiangonana ivelan'ny faritra iandreketany izy na esorin'ny filan-kevitry ny TIN'ny faritra amin'ny toerany. Raha eo amin'ireo solontenan'ny tanora kosa no misy fahabangan-toerana, dia ny filan-kevitry ny TIN Maneran-tany no mameno ilay toerana banga amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny maro an'isa avy amin'ireo olona roa na mihoatra atolotry ny Komity Mpanatanteraka, izay misahana ny asan'ny komity Mpanolotra. Raha banga ny toeran'ny filohan'ny TIN'ny faritra ao anatin'ny efa-taona, dia toy izao manaraka izao no ifidianan'ny faritra filoha vaovao:
    a. Raha afaka manao fivoriana tsy ara-potoana ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, dia azo atao fifidianana ny anton'izany fivoriana izany. Ny Komity Mpanolotry ny TIN'ny faritra izay tendren'ny filoha lefitry ny TIN maneran-tany dia manolotra olona roa hifidianan'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, ka izay mahazo ny roa ampaha-telon'ny vato no lany. Ny filoha lefitry ny TIN Maneran-tany na ny olona tendreny, na ny talen'ny faritra (raha mety) no mitarika izany fivoriana tsy ara-potoana izany.
    b. Raha tsy azo tanterahina ny fivoriana tsy ara-potoana dia azon'ny filoha lefitry ny TIN Maneran-tany atao ny manao ny fifidianana amin'ny alalan'ny latsa-bato alefa paositra, atao an-telefonina, na alefa mailaka.
    c. Misy ny fahabagan-toerana eo anivon'ireo filohan'ny TIN'ny faritra roa misolo tena an'i Etazonia, ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia fenoina amin'ny alalan'ny fifidianana anjakan'ny maro an'isa ataon'ny filohan'ny TIN'ny faritra ao Etazonia.

**Fizarana 3—Andraikitra**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, miaraka amin'ny talen'ny TIN sy ny mpiasan'ny TIN, no mametraka ny fomba arahina ho an'ny fandaharam-potoana sy ny fandaharan'asan'ny TIN maneran-tany ary manondro sy manohana ny enti-manana hampandrosoana ny asa fanompoana amin'ny tanora amin'ny ambaratongan'ny TIN rehetra, rehefa mahazo ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN sy ny Birao Foibe. Amoraina amin'ny alalan'ny talen'ny TIN sy ireo mpitarika ny TIN manerana izao tontolo izao ireo fandaharan'asa, sy fotoana, ary ny enti-manana ny asa fanompoan'ny TIN izay natao hikasihana tanora ho an'i Kristy sy hamaliana ny filàn'izy ireo amin'ny fitomboana ara-panahy.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia seham-pivoriana ho fanohanana sy fampandrosoana ny fandaharan'asa, ny fandaharam-potoana, ary ny zavatra ilaina amin'ny asa fanompoana mahomby amin'ny tanora eo anivon'ny faritra, izay mifanaraka amin'ny iraka sy ny vinan'ny TIN.
3. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia sehatra iray ahitana ny solontenan'ny TIN avy amin'ny faritra, ny distrika, ary ny eo an-toerana amin'ny alalan'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra eo amin'ny mpiasan'ny TIN. Ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra koa dia misolo tena ny TIN Maneran-tany amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny faritra, ny distrika, ary ny fiangonan'izy ireo eo an-toerana amin'ny anaran'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny biraon'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana.
4. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia manampy amin'ny fanomanana sy ny fikarakarana ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany isaky ny efa-taona.
5. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia manome toro-hevitra ho an'ny sehatry ny Sekoly Alahadin'ny tanora ary manampy amin'ny fampiroboroboana ny fidiran'ny tanora ao amin'ny sekoly Alahady sy ny fanatrehany izany ary manome fiofanana ny mpitarika sy ny mpampianatra Sekoly Alahadin'ny tanora maneran-tany, miaraka amin'ny fiaraha-miasan'ny Sampana Sekoly Alahady.
6. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany no mitantana sy mandinika ny fandaniam-bola ataon'ny TIN amin'ny alalan'ireo fandaharam-potoana manokana sy fiaraha-miombon'antoka, ary izany dia mila ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN.
7. Ny Filan-Kevitry ny TIN Maneran-tany no mitantana sy mandinika ny fampiasana ny vola azo amin'ny alalan'ireo fotoana manokana sy fiaraha-miombon'antoka, ary izany dia mila ny fankatoavan'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN.

**Fizarana 4—Komity**

1. Ny Komity Mpanatanteraka dia ahitana ny mpiandraikitra ny TIN Maneran-tany voafidy, ny talen'ny TIN, ary mpikambana telo hafa ao amin'ny filan-kevitra izay lanin'ny maro an'isa tamin'ny filan-kevitra. Ny Komity Mpanatanteraka dia afaka misahana ny asan'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany rehefa tsy vita ny mampivory ny Filan-kevitra iray manontolo. Ny zavatra rehetra ataon'ny Komity Mpanatanteraka dia ampahafantarina ny mpikambana sisa ao amin'ny filan-kevitra ary mila mahazo ny fankatoavan'ny filan-kevitra iray manontolo amin'ny fivoriany manaraka.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia afaka manangana komitin'ny asa fanompoana manokana araka izay ilaina hampandrosoana ny asany.
3. Ny Komitin'ny TIN'i Etazonia / Kanada dia mihaona isan-taona handrafitra asa fanompoana sy fotoana miavaka ary hampiroborobo ireo fitaovana amin'ny asa

fanompoana amin'ny tanora ho an'i Etazonia sy Kanada, rehefa avy mifampidinika amin'ny mpiasan'ny TIN voatendry hiasa ao Etazonia sy Kanada, izay manamora ny asan'ity komity ity. Ny Komitin'ny Etazonia / Kanada dia ahitana ireo filohan'ny TIN'ny faritra rehetra misy ao Etazonia sy Kanada, ny filoha lefitry ny Fikambanan'ny Mpianatra Mpitarika Nazareana, ny mpandrindra ny TIN'i Etazonia / Kanada, izay solontenan'ny tanora mpikambana ao amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany na mpiandraikitra ny TIN Maneran-tany monina ao Etazonia na Kanada, ary solontenan'ny tanora hafa sy mpitarika asa fanompoana izay heverin'ny Komitin'ny TIN'i Etazonia / Kanada fa ilaina. Ny mpiandraikitra ho an'ny Komitin'ny TIN'i Etazonia / Kanada dia ahitana filoha iray, filoha lefitra iray, ary mpitan-tsoratra, izay lanin'ny maro an'isa avy amin'ireo filohan'ny TIN'ny faritra telo (Etazonia sy Kanada) miasa ao anatin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany. Ny filohan'ny TIN maneran-tany sy ny talen'ny TIN dia mpikambana avy hatrany ao amin'ity komity ity ary mandrindra ny asany miaraka amin'ny TIN eran'izao tontolo izao. Manao tatitra any amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany isan-taona ny Komitin'ny Etazonia / Kanada.

**Fizarana 5—Ny olona mandray karama**

1. Ny talen'ny TIN dia eo ambanin'ny fanaraha-mason'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe ary manao tatitra any amin'ny Sampana Sekoly Alahady sy ny Komitin'ny TIN. Ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany dia afaka manolotra tolo-kevitra fanitsiana andraikitra mankany amin'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN.
2. Ny talen'ny TIN, izay mifampidinika amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, no manondro ny andraikitr'ireo mpiasan'ny TIN mandray karama, ao anatin'izany ny an'ireo voatendry hiasa ho an'i Etazonia sy Kanada. Ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany sy ny biraon'ny mpiasan'ny TIN dia miara-miasa sy mifanaraka tsara.
3. Ny talen'ny TIN, izay mifampidinika amin'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN sy ny Komitin'ny TIN ho an'i Etazonia / Kanada, no manendry mpandrindra ny TIN ho an'i Etazonia / Kanada
4. Ny mpandrindra ny TIN ho an'ny faritra ivelan'i Etazonia sy Kanada dia miara-miasa sy mifanaraka amin'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, ny talen'ny TIN, ary ny talem-paritr'izy ireo.
5. Ny talen'ny TIN dia tsy azo atao filohan'ny TIN Maneran-tany

## IV. Fivoriana

**Fizarana 1—Fihaonan'ny TIN Maneran-tany**

1. Mba hanaovana asa fanompoana mahomby amin'ny tanora, ny asa fanompoan'ny TIN maneran-tany dia afaka mpampiditra karazam-potoam-pivavahana, fampianarana, fiofanana, fiombonana, ary fitoriana ny filazan-tsara. Ny mpitarika ny TIN maneran-tany dia miara-miasa amin'ny mpitarika ny TIN eo amin'ny faritra, ny distrika, ary ny eo an-toerana handrafitra asa fanompoana iombonana, izay mifandray amin'ny vondrona manokana, ary natao ho an'ny faritra maro, mba hahatonga ny asa fanompoana amin'ny tanora ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana hahomby indrindra.
2. Ny mpitarika ny TIN maneran-tany dia mandray anjara mavitrika ao amin'ny TIN isan'ambaratongany ho toy ny loharanom-pitaovana hanaovana asa fanompoana mandaitra.

**Fizarana 2—Fivorian'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany dia mihaona isan-taona hampandroso ny asa sy ny vinan'ny TIN. Ampifandraisina amin'ny fivoriana fanaon'ny birao foibe isan-taona ilay fotoam-pivoriana.
2. Ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany na ny talen'ny TIN dia afaka mampanao fivoriana tsy ara-potoana raha ilaina, rehefa avy mifandinika amin'ny mpitantana foibe miadidy ny TIN.

**Fizarana 3—Fivoriamben'ny TIN maneran-tany**

1. Ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany isaky ny efa-taona dia manolotra fotoam-pivoriana manome haingam-panahy sy fandaharam-potoana hampandrosoana ny asa fanompoana amin'ny tanora manerana izao tontolo izao. Amin'ity Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany ity no hanaovana ny tatitra, hifidianana ny mpitarika, ary handinihana ny tolo-dalàna mahakasika ny asan'ny TIN.
2. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no mamaritra ny faharetan'ny Fivoriambe sy ny fotoam-panombohany araka izay tolo-kevitra aroson'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany any amin'ny Komity mpandahatra ny Fihaonambe. Ny mpiandraikitra ny TIN maneran-tany, ny talen'ny TIN, ary ny mpiasan'ny TIN sy ireo mpandrindra ny TIN, miaraka amin'ny fanampian'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany no mandrindra ny Fivoriambe.
3. Ny solontena rehetra ao amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana sy ao amin'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana ary 12 taona no ho miakatra amin'ny fotoam-pivoriamben'ny TIN Maneran-tany. Ho fanampin'izany ny solotenan'ny distrika tsirairay ary dia tsy maintsy mpikambana sy mponina ao amin'ny distrika izay soloiny tena amin'ny fotoanan'ny fivoriambe.
4. Ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany dia ahitana ny mpiandraikitra sy ny solontenan'ny TIN Maneran-tany, ny talen'ny TIN, mpiandraikitra mpanatanteraka isam-paritra izay voafidy amin'ny fomba mazava (tsy mihoatry ny telo), ny mpandrindra ny TIN'ny faritra sy ny mpandrindra ny TIN ho an'i Etazonia / Kanada, ny mpandrindra ny TIN amin'ny zana-paritra, ny firenena, ary ny distrika, ary ny solontenan'ny TIN'ny distrika izay toy izao manaraka izao:
   a. Ny distrika manana mpikambana ao amin'ny TIN 1000 no midina dia afaka mandefa ny solontena manaraka:
      1) Ny filohan'ny TIN'ny distrika am-perin'asa amin'ny fotoanan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany;
      2) Solontena mpanompo iray mavitrika amin'ny fitarihana ny TIN sady loholona voatendry, diakona, na mpanompo nahazo alalana avy amin'ny distrika.
      3) Solontena laika iray mihoatry ny 23 taona amin'ny fotoanan'ny Fivoriamben'ny TIN maneran-tany ary mavitrika amin'ny fitarihana ary
      4) Solontenan'ny tanora iray eo anelanelan'ny 12 sy 23 taona amin'ny fotoan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany sady mavitrika ao amin'ny TIN.
   b. Fanampin'izany, ny distrika iray dia afaka mandefa solontenan'ny mpanompo fanampiny iray, solontena laika fanampiny iray, ary solontenan'ny tanora fanampiny iray eo anelanelan'ny 12 sy 23 taona amin'ny fotoanan'ny Fivoriamben'ny TIN

Maneran-tany, isaky ny mpikambana ao amin'ny TIN 1500 amboniny na ny ampahany lehibe farany amin'ny mpikambana 1500 (mpikambana 751 1499).

c. Ny habetsahan'ny solontenan'ny delegasionan'ny distrika dia miankina amin'ny tatitra mikasika ny mpikambana ao amin'ny TIN ataon'ny distrika any amin'ny Fihaonan'ny distrika ny taona mialohan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.

d. Ny solontenan'ny distrika rehetra dia fidiana amin'ny alalan'ny fifidianana anjakan'ny maro an'isa izay atao mandritry ny fotoam-pivorian'ny TIN'ny distrika ao anatin'ny 18 volana nialohan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany na ao anatin'ny 24 volana ho an'ny toerana izay ilana taratasy fahazoana mivezivezy na ilana fiomanana lehibe hafa. Ao aorian'ny fifidianana ireo solontena dia azo atao ny mifidy mpisolo toerana amin'ny taratasy fandatsaham-bato iray hafa avy amin'ireo olona natolotra sisa tsy lany ka arakaraky ny isam-bato azo no isokajiana izay mpisolo toerana voalohany, mpisolo toerana faharoa, mpisolo toerana fahatelo, sns... Ny solontena sy ny mpisolo toerana rehetra dia tsy maintsy voafidy mialohan'ny 31 Desambra ny taona mialohan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.

e. Ny filohan'ny mpianatry ny oniversité, kolejy, na sekolim-pampianarana teolojia Nazareana tsirairay dia azo atao solontena izay masoivohon'ny fiaraha-miombon'antoky ny TIN amin'ny toeram-pianarany. Raha tsy afaka manatrika ny Fivoriambe izy, dia afaka misolo toerana azy ny solontena iray izay nofidin'ny fikambanan'ny mpianatra.

5. Ho an'ny distrika tsy manana TIN voarindra (tsy nanao Fivorian'ny TIN'ny Distrika), dia mety raha solontena iray amin'ny taonan'ny mpikambana ao amin'ny TIN iray izay nofidian'ny fihaonan'ny distrika no atao solontena any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany. Raha mihemotra ny solontena iray mialohan'ny Fivoriambe, dia afaka manendry solontena iray mety amin'izany toerana izany ny Biraon'ny Mpanolotsain'ny Distrika.
6. Azo apetraka miavaka tsara ny vondron'ny mpifidy amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany mba ahafahan'ny solontena voafidy ara-dalana rehetra mandray anjara amin'ny fifidianana ao amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany. Azo atao amin'ny fomba rehetra mety ilaina io fifidianana io.
7. Misy fivorian'ny Komitim-pifidianan'ny faritra tsirairay mandritra ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany ary izany dia ahitana ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra, ny talem-paritra sy ny mpandrindra ny TIN eo amin'ny faritra (raha azo atao), ary solontenan'ny TIN'ny distrika voafidy avy ao amin'ilay faritra.

| Isan'ny mpikambana | Isan'ny solontena | Isan'ny mpikambana | Isan'ny solontena |
|---|---|---|---|
| 4 - 1 750 | 3 | 4 751 - 6 250 | 12 |
| 1 751 - 3 250 | 6 | 6 251 - 7 750 | 15 |
| 3 251 - 4 750 | 9 | 7 751 - 9 250 | 18 |

## V. Asa fanompoana

**Fizarana 1—Fitoriana ny filazantsara**
Ny tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny sehatra maneran-tany dia mamolavola sy manatanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fandaharan'asa miavaka isan-karazany hikasihana tanora ho an'i Kristy.

**Fizarana 2—Fanaovana mpianatra**
Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny sehatra maneran-tany dia manangana sy manatanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fandaharan'asa miavaka hamahana sy hamporisihana ny tanora hitombo amin'ny fotoam-bavaka manokana, fiankohofana, fiombonana, asa fanompoana, ary fitarihana ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny maha-mpianatr'i Kristy azy ireo.

**Fizarana 3—Fampandrosoana mpitarika**
Ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana eo amin'ny sehatra maneran-tany dia manangana sy manatanteraka karazan'asa fanompoana mitohy sy fandaharan'asa miavaka hanofanana manokana sy hampitaovana tanora ho lasa mpitarika ho an'i Kristy sy ny Fiangonany.

## VI. Fanitsiana

**Fizarana 1—Fandaminana**

1. Ny Satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany dia manolotra rafitra ho an'ny fandaminana, ny asa, ary ny fitarihana ny TIN eo amin'ny sehatra maneran-tany. Ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany dia afaka manitsy ny Satan'ny TIN sy ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany hifanaraka amin'ny filàna misy eo amin'ny asa fanompoana amin'ny tanora eran'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny tolo-kevitra naroso. Ny fanovana rehetra atao ao amin'ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Satan'ny TIN sy ny Torolàlan'ny *Fiangonana Nazareana.*
2. Ny sehatra rehetra tsy voarakotry ny Satan'ny TIN na ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany dia eo ambanin'ny fahefan'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny talen'ny TIN.

**Fizarana 2—Fizotry ny fanitsiana**

1. Ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, izay miara-miasa amin'ny talen'ny TIN, no mametraka sy mampahafantatra ny fomba fanovana ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany sy ny Satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana amin'ny alalan'ny fanolorana tolo-kevitra.
2. Ny Filan-kevitry ny TIN'ny Distrika rehetra, ny Filan-kevitra ny TIN'ny Faritra rehetra, ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany, na farafahakeliny solontena enina mpiandany, dia afaka mandroso ireo tolo-kevitra ireo mankany amin'ny Filan-kevitry ny TIN maneran-tany. Ny tolo-kevitra dia tsy maintsy manaraka ny fepetra natokana ho an'ny fametrahana ary voaray alohan'ny fe-potoana voalaza eto ambany.
3. Ny tolo-kevitra rehetra dia tsy maintsy voarain'ny biraon'ny TIN, fara-faharatsiny, 30 andro mialohan'ny fivoriana isan-taona fanaon'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany amin'ny taona anaovana ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.

4. Ny tolo-kevitra dia tsy maintsy atao an-tsoratra sy zaraina amin'ny solontenan'ny TIN ho any amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany mialohan'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany.
5. Dinihan'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany sy ny Komitin'ny Tolo-kevitry ny TIN Maneran-tany aloha ny tolo-kevitra. Ny Komitin'ny Tolo-kevitry ny Fivoriamben'ny TIN dia ahitana solontenan'ny TIN tsy mihoatry ny roa tendren'ny Filan-kevitry ny TIN'ny faritra avy amin'ny faritra tsirairay. Avy eo dia dinihan'ny fivoriana indray ireo tolo-kevitra nahazo ny fankatoavan'ny Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany na ny Komitin'ny Tolo-kevitra amin'ny latsabato maro an'isa.
6. Ny tolo-kevitra dia tsy maintsy ankatoavin'ny roa ampahatelon'ny solontena rehetra manatrika sy mifidy amin'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany amin'ny alalan'ny fifidianana vao lany.
7. Tsy mihoatra ny 90 andro aorian'ny Fivoriamben'ny TIN Maneran-tany dia efa manan-kery ny fanovana rehetra nankatoavina mahakasika ny satan'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy ny drafitr'asa fanompoana Maneran-tany. Tsy maintsy atao an-tsoratra sy zaraina ny Sata na ny drafitr'asa voahitsy vao manan-kery.

TOKO II

## 811. NY LALAM-PANORENAN'NY IRAKA IRAISAM-PIRENENA NAZAREANA

### Andininy I. Anarana

Iraka Iraisam-pirenena Nazareana no anarana hisaloran'ity fikambanana ity ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.

### Andininy II. Tanjona

Ireto avy ny tanjon'ny fikambanana:

- Manetsika ny fiangonana manontolo handray anjara mavitrika, amin'ny fiombonam-bavaka, ary amin'ny fianarana ny filàn'izao tontolo izao famonjena.
- Mampahafantatra bebe kokoa ny sehatra hiasan'ny Fiangonan'ny Nazareana.
- Manentana sy mamporisika ny ankizy sy tanora mba hisokatra amin'ny antson'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana ary manamora ny fanofanana ny ankizy, ny tanora, sy ny lehibe amin'ny antson'izy ireo tsirairay avy.
- Manangona vola araka izay efa voalaza ato amin'ity lalam-panorenana ity, mba hanitarana ny fanjakan'i Jesosy Kristy maneran-tany.

### Andininy III. Rafitra

**Fizarana 1. Eo an-toerana**

Ny iraka Iraisam-pirenena Nazareana (IIN) eo an-toerana dia fikambanana iray amin'ny fiangonana eo an-toerana ary miara-miasa akaiky amin'ny mpitandrina sy ny biraom-piangonana amin'ny alalan'ny filan-kevitry ny IIN eo an-toerana.

Afaka mifidy ny hanana vondrona iray na maromaro ny IIN eo an-toerana mba hampandrosoana ny tanjon'ny IIN (oh: Fampianarana Sekoly Alahady, fotoam-bavaka ho an'ny ankizy, vondron'ny tanora, sampam-pikambanana ao amin'ny fiangonana, iraka manokana, sns...) Ny vondrona tahaka izany sy ny fanendrena / fifidianana ny mpitarika ao amin'ny birao dia tsy maintsy mahazo alalana avy amin'ny filan-kevitry ny IIN eo an-toerana miaraka amin'ny fankatoavan'ny mpitandrina sy ireo mpitarika isan'ambaratonga mifanaraka amin'izany

**Fizarana 2. Ny distrika**

Ny Iraka Iraisam-pirenena Nazarean'ny distrika dia tokony ho sampana eo anivon'ny Distrikan' ________________ ary miara-miasa akaiky amin'ny mpitantana ny distrika sy ny birao mpanolo-tsaina ny distrika ary ireo mpitarika hafa mifanaraka amin'izany ao amin'ny distrika, amin'ny alalan'ny filan-kevitry ny IIN.

Ireo vondron'ny IIN rehetra eo an-toerana, izay ao anatin'ny faritry ny Distrikan'__________________ no mandrafitra ny IIN'ny distrika.

**Fizarana 3. Ny foibe**

Ny IIN Foibe dia vondrona iray ao anatin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ka miara-miasa akaiky amin'ny Filan-kevitry ny IIN Foibe, ny Departemanta ny Iraka Maneran-tany, ny Komitin'ny Iraka Maneran-tany ao amin'ny Birao Foibe ary ny Mpitantana Foibe miadidy.

Ny distrika sy ireo vondron'ny IIN eo an-toerana rehetra no mandrafitra ny IIN Foibe; rantsana fanampiny ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana izany.

## Andininy VI: Ny mpikambana

A. Mpikambana: Afaka ny ho mpikambana ao amin'ny IIN ao amin'ny fiangonana eo an-toerana misy azy ny olona rehetra izay efa mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ka manohana ny zava-kendren'ny IIN.
   1. Ny fifidianana sy ny fitazonana andraikitra dia natokana ho an'ireo mpikambana feno 15 taona no ho miakatra, afa-tsy ny an'ireo vondron'ny ankizy sy tanora.
   2. Ankoatra ny voalazan'ity lalàm-panorenana ity, ny tiana ho tondroina amin'ny hoe "mpikambana" dia ireo mpikambana ao amin'ny IIN izay mpikambana ao amin'ny fiangonana.

B. Mpikambana vao miroso (mpivami): Ireo olona izay tsy mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana kanefa manohana ny tanjon'ny IIN dia azo raisina ho mpivami (mpikambana vao miroso) ao amin'ny IIN.

## Andininy V: Ny filan-kevitra sy ny birao mpitarika

### Fizarana 1. Filan-kevitra eo an-toerana

A. Tanjona: Ny filan-kevitra eo an-toerana dia mampahafantatra ny zava-kendren'ny IIN eo anivon'ny fiangonana eo an-toerana

B. Firafitra:
   1. Ny filan-kevitra dia ahitana olona mpitantana 4: filoha iray, filoha lefitra iray, mpitan-tsoratra iray, ary mpitahiry vola iray.
   2. Ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra no tompon'andraikitra amin'ny fanabeazana ho an'ny iraka, LINKS (TILINAFAFY: Tia, Liana, Nazareana, Fahalalana, Fizarana), vavaka sy fifadian-kanina, fiantsoana ho amin'ny Iraka, Alabastara, fitsaboana, Asa Fijoroana Vavolombelona, asa fitoriana amin'ny alalan'ny onjam-peo, fanaovana dokam-barotra, asa fiantran'ny Nazareana, iraka ho an'ny ankizy, iraka ho an'ny tanora sy izay rehetra heverin'ny filan-kevitra eo an-toerana ilaina hatao. Ireo birao mpitarika isan-tsokajiny dia tsy maintsy mpikambana ao amin'ny IIN eo an-toerana avokoa. Afaka misahana andraikitra mihoatra ny iray ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra iray, saingy amin'ny fifidianana dia vato iray ihany no arotsany.
   3. Ny komity mpanatanteraka dia ahitana ny mpitandrina (mpikambana avy hatrany) sy ireo mpitarika ny IIN ary mpikambana roa hafa ao amin'ny filan-kevitra.
   4. Ny rehetra ao amin'ny filan-kevitry ny IIN eo anivon'ny distrika dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny filan-kevitry ny IIN eo an-toerana, rehefa nahazo ny fankatoavan'ireo filan-kevitry ny IIN eo an-toerana.

C. Fanolorana - Fifidianana-Fanendrena ary Fahabangan-toerana.
   1. Fanolorana: Ny filan-kevitra dia atolotry ny komity ahitana mpikambana ao amin'ny IIN tsy latsaky ny telo ary tsy mihoatra ny fito. Ny mpitandrina no manendry ny komity mpanolotra ary hisahana ny fitarihana izany. Ireo rehetra atolotra dia tokony ho mpikambana ao amin'ny IIN ao anatin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana.

2. Fifidianana: Ny birao mpitantana ary farafahakeliny mpikambana roa fanampiny amin'ny filan-kevitra dia fidiana mandritry ny fivoriambe fanao isan-taona, ary koa manomboka ny asany amin'ny andro voalohany amin'ny taom-piangonana vaovao aorian'ny fifidianana. Raha toa ka misy mpitahiry volam-piangonana iray eo an-toerana izay misahana ny fitahirizambolam-piangonana ary ao anatin'izany ny volan'ny IIN, nefa mbola voatendrin'ny biraom-piangonana, dia izy no lasa mpitahiry volan'ny IIN izay mpikambana avy hatrany ao amin'ny filan-kevitry ny IIN eo an-toerana ka manana ny zo sy andraikitra feno, raha tsy ohatra angaha ka efa nofaritan'ny filan-kevitra eo an-toerana.
   a. Ny Filoha:
      (1) Hanolotra anarana iray na maromaro ho amin'ny toerana ho filoha ny komity mpanolotra saingy mila mahazo ny fankatoavan'ny biraom-piangonana izany
      (2) Mbola azo fidiana amin'ny alalan'ny latsabato miafina ENY / TSIA ireo efa nitana andraikitra, raha toa ka atolotry ny komity mpanolotra ary nankatoavin'ny mpitandrina izany fifidianana izany.
      (3) Lany ho filoha ka hiasa mandritra ny taom-piangonana iray na roa izay mahazo ny isam-bato ambony indrindra amin'ny latsa-bato miafina ataon'ireo mpikambana tonga manatrika sy mifidy. Ny filan-kevitry ny IIN sy ny mpitandrina no mamaritra ny halavan'ny fe-potoana hiasana.
   b. Ny tsirairay avy amin'ny mpitantana sisa dia fidiana hiasa mandritry ny taom-piangonana iray na roa amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina, ka ny halavan'ny fe-potoana hiasana dia faritan'ny filan-kevitry ny IIN sy ny mpitandrina amin'ny alalan'ny:
      (1) Latsa-bato hifidianana olona maromaro
      (2) Fifidianana ENY / TSIA raha toa ka atolotry ny komity mpanolotra sy ankatoavin'ny mpitandrina izany fifidianana izany.
   c. Ny mpikambana fanampiny ao amin'ny filan-kevitra izay manana fe-potoam-piasana amin'ny taom-piangonana iray, dia azo:
      (1) Fidiana ho amin'ny andraikitra manokana, na
      (2) Fidiana ho ao anatin'ny filan-kevitra tanteraka, ary ny andraikitra ho sahaniny dia hamafisina ao aoriana, na
      (3) Tendren'ny komity mpanatanteraka.
   d. Ny solontena sy ny mpisolo toerana amin'ny fivorian'ny distrika dia ho fidiana amin'ny latsa-bato miafina mandritry ny fivoriambe fanao isan-taona amin'ny alalan'ny fifidianana izay lanin'ny maro an'isa. Ny mpisolo toerana dia azo fidiana amin'ny taratasy fandatsaham-bato mitokana, na arakaraky ny fanamarihan'ireo filan-kevitra eo an-toerana dia azo ampiarahana amin'ny an'ny solontena (jereo ny andininy VI, fizarana 2, A, 3 ny amin'ny famaritana ny isan'ny solontena).
3. Fanendrena: Rehefa avy nifandinika tamin'ny mpitandrina ny komity mpanatanteraka dia afaka manendry mpikambana fanampiny ho ao amin'ny filan-kevitra izay hiasa mandritry ny taom-piangonana iray ary hanomboka hiasa ny andro voalohany amin'ny taom-piangonana vaovao na amin'ny fotoana mety aorian'ny fanendrena.
4. Fahabangan-toerana

a.Filoha: Hanolotra anarana iray na maromaro ny komity mpanatanteraka rehefa nahazo ny fankatoavan'ny biraom-piangonana. Ny fifidianana dia atao amin'ny alalan'ny latsa-bato anjakan'ny maro an'isa amin'ny mpikambana ao amin'ny IIN mandritry ny fotoam-pivoriana ara-potoana na tsy ara-potoana.

b.Ireo mpikambana hafa ao amin'ny komity mpanatanteraka: Hanolotra anarana iray na maromaro ny komity mpanatanteraka. Ny fifidianana dia atao amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina izay hahalany ny olona nahazo vato betsaka indrindra amin'ny mpikambana ao amin'ny IIN an-toerana mandritry ny fotoam-pivoriana ara-potoana na tsy ara-potoana. Raha toa ka manana mpitahiry vola iombonana ny fiangonana eo an-toerana, ny toerana banga dia hofenoin'ny biraom-piangonana.

c.Ireo mpikambana hafa ao amin'ny filan-kevitra: Ny komity mpanatanteraka no mameno ny banga amin'ny alalan'ny fanendrena.

D. Andraikitry ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra:

1 Filoha:

a.Mitarika ny asan'ny IIN eo anivon'ny fiangonana eo an-toerana.

b.Mitarika ireo fivoriana rehetra ara-potoana sy fivoriana manokana ataon'ny IIN.

c.Mampiroborobo na mizara andraikitra manan-danja izay tsy voafaritra nandritry ny fifidianana na ny filan-kevitra.

d.Manomana ny teti-bola isan-taona mandritry ny taona mba ho entina hankatoavin'ny filan-kevitry ny IIN sy ny biraom-piangonana.

e.Manao ny tatitra an-tsoratra isan-taona any amin'ny IIN eo an-toerana, any amin'ny fihaonana isan-taona fanaon'ny fiangonana, any amin'ny mpitandrina ny fiangonana eo an-toerana, ary any amin'ny mpitantsoratry ny IIN eo amin'ny distrika.

f.Miasa amin'ny maha mpikambana azy avy hatrany ao amin'ny biraom-piangonana, biraon'ny Sekoly Alahady, fivorian'ny IIN eo amin'ny distrika ary ao amin'ny fihaonan'ny distrika. Raha toa ka ny vadin'ny mpitandrina no filoha eo an-toerana ka mandà ny ho ao anatin'ny biraom-piangonana izy, dia omena alalana hanompo ao amin'ny biraom-piangonana eo amin'ny toeran'ny filoha ny filoha lefitra.

2. Filoha lefitra

a.Manatanteraka ny asan'ny filoha rehetra amin'ny fotoana tsy maha-eo azy.

b.Manantontosa asa amin'ny sehatra hafa tondroin'ny filan-kevitry ny IIN eo an-toerana.

3. Mpitantsoratra

a.Misahana ny taratasy ifandefasana amin'ny IIN, mitahiry an-tsoratra ny ara-statistika, ary mandray an-tsoratra ny zava-boalaza mandritry ny fotoam-pivoriana rehetra.

b.Mitahiry ny lisitra fenon'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny IIN.

4. Mpitahiry vola

a.Mandrakitra mazava tsara ny vola rehetra miditra sy mivoaka.

b.Manamarina fa lasa ara-potoana any amin'ny mpitahiry vola efa voatondro ny fanatitra rehetra.

c.Manome tatitra ara-bola rehetra ho an'ny filan-kevitra sy ny mpitahiry volam-piangonana eo an-toerana rehefa ilaina izany.

5. Komity mpanatanteraka
    a. Manendry ny mpikambana fanampiny ao amin'ny filan-kevitra na koa mameno ny toerana banga eo anivon'ny filan-kevitra,
    b. Misahana ny asa aman-draharaha mahazatra eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny filan-kevitra.
    c. Manolotra anarana iray na maromaro ho amin'ny toeran'ny filoha raha sanatria misy fahabangan-toerana manelanelana ny fivoriana fanao isan-taona.
6. Mpikambana hafa ao amin'ny filan-kevitra:
    a. Mampiroborobo ny zava-dehibe sy / na andraikitra izay napetraka taminy (jereo *ny Torolàlan'ny IIN*)

**Fizarana 2: Filan-kevitry ny Distrika**

A. Zava-kendrena: Ny Filan-kevitry ny Distrika dia tokony hampiroborobo ny zava-kendren'ny IIN eo anivon'ny distrika.

B. Firafitra:

1. Ahitana olona 4 ny filan-kevitra: filoha iray, filoha lefitra iray, mpitantsoratra iray, ary mpitahiry vola iray.
2. Ireo mpikambana ao anatin'ny filan-kevitra dia tompon'andraikitra amin'ny fampianarana ho an'ny iraka, LINKS (TILINAFAFY: Tia, Liana, Nazareana, Fahalalana, Fizarana), vavaka sy fifadian-kanina, fiantsoana hanao iraka, Alabastara, asa fitsaboana, Asa Fijoroana Vavolombelona, Asa fitoriana amin'ny alalan'ny onjam-peo, fanaovana dokam-barotra, asa fiantrana Nazareana, asa fanompoana ho an'ny ankizy, asa fanompoana ho an'ny tanora, fandefasana iraka, mpandrindra ny IIN eo amin'ny saha na faritra, na izay sehatra hafa heverin'ny Filan-kevitry ny Distrika ho manan-danja ka mila tsindrina. Ny mpikambana iray ao amin'ny filan-kevitra dia afaka misahana asa mihoatra ny iray saingy mandritry ny fifidianana kosa dia vato iray ihany no arotsany.
3. Ireto avy ny komity mpanatanteraka: ny mpitantana ny distrika, ny birao mpiandraikitra ny IIN, ary mpikambana roa hafa ao amin'ny filan-kevitra.

C. Fanolorana, Fifidianana, Fanendrena ary Fahabangan-toerana.

1. Fanolorana: Ny filan-kevitra dia atolotry ny komity izay ahitana mpikambana ao amin'ny IIN tsy latsaky ny dimy (5). Ny komity mpanatanteraka ao amin'ny distrika no manendry ny komity mpanolotra. Ny mpitantana ny distrika no mitarika ny komity mpanolotra amin'ny fanolorana anaran'olona ho filohan'ny distrika. Raha eken'ny mpitantana ny distrika dia afaka mitarika ny komity mpanolotra amin'ny fanolorana hafa ny filohan'ny IIN ny distrika. Izay rehetra atolotra hofidiana dia tokony ho mpikambana ao amin'ny IIN ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo an-toerana ao anatin'ny distrika misy azy ireo.
2. Fifidianana: Ny filoha ary farafakeliny mpikambana 4 ao amin'ny filan-kevitra ka ny iray amin'ireo dia tendrena ho filoha lefitra, no fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina mandritry ny fivoriana isan-taona fanaon'ny distrika. (Tsy tafiditra ao anatin'ireo olona 4 ireo ny mpitahiry vola sy mpitantsoratra. Jereo ny andininy V, fizarana 2, C.2.c) Ny faharetan'ny fe-potoana hiasana dia taom-pivoriana iray na roa. Ny taom-pivoriana iray dia miantomboka amin'ny fiafaran'ny fivoriana iray ka mandra-pahatongan'ny fiafaran'ny fivoriana manaraka.
    a. Filoha:

(1)Ny komity mpanolotra dia afaka mandroso, farafaharatsiny anarana roa na mihoatra ho amin'ny toeran'ny filoha, afa-tsy rehefa manolotra ny filoha am-perin'asa hofidiana ho amin'ny fe-potoam-piasana iray indray.
(2)Ireo rehetra izay mbola amperin'asa dia azo fidiana fanindroany amin'ny alalan'ny latsa bato ENY / TSIA, raha atolotry ny Filan-kevitry ny Distrika sy ankatoavin'ny mpitantana ny distrika izany fifidianana izany.
(3)Lany ho filoha izay mahazo ny roa ampaha-telon'ny vaton'ny mpikambana tonga nanatrika sy mifidy ka hiasa mandritra ny taom-pivoriana iray na roa mandra-pifidy ny mpandimby toerana azy. Anjaran'ny filan-kevitry ny IIN distrika sy ny mpitantana ny distrika no mametraka ny halavan'ny fe-potoana hiasana.

b. Filoha lefitra: Ny filoha lefitra dia fidiana amin'ny latsa-bato miafina amin'ny iray amin'ireto fomba manaraka ireto
(1)Ho amin'ilay andraikitra voafaritra miaraka amin'ny anarana roa atolotra hofidiana ho an’ilay toerana na,
(2)Ho ao amin'ny filan-kevitra feno fa manana anjara toerana manokana izay mbola ho faritan'ny filan-kevitra na;
(3)Amin'ny latsa-bato ENY / TSIA raha angatahin'ny komity mpanolotra sy ankatoavin'ny mpitantana ny distrika.

c. Ny mpitantsoratra sy mpitahiry vola dia fidiana amin'ny latsa-bato miafina ataon'ny
(1)Fivorian'ny distrika. Miaraka amin'ny fangatahan'ny komity mpanolotra sy fankatoavan'ny mpitantana ny distrika, dia fifidianana ENY / TSIA amin'ny latsa-bato miafina ho amin'ny fotoam-pivoriana iray na roa, na
(2)Ireo filan-kevitry ny distrika vao avy nofidiana raha angatahin'ny komity mpanolotra sy ankatoavin'ny mpitantana ny distrika. Miaraka amin'ny tolo-kevitry ny komity mpanolotra sy ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika, ny fifidianana atao dia amin'ny latsa-bato miafina ENY / TSIA ho amin'ny taom-pivoriana iray na roa.
(3)Raha toa ny distrika ka manana mpitahiry vola iombonana izay sady mikajy ny volan'ny distrika no mikajy ny volan'ny IIN dia, io olona io no ho mpitahiry volan'ny IIN ary ho mpikambana avy hatrany ao amin'ny filan-kevitry ny IIN'ny distrika, miaraka amin'ny zo sy andraikitra rehetra raha tsy ohatra angaha toherin'ny filan-kevitry ny distrika izany.

d. Mpikambana telo ao amin'ny filan-kevitra, ankoatry ny birao mpiandraikitra no ho fidiana hiasa mandritry ny taom-pivoriana iray na roa amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina ary ny andraikitr'izy ireo dia mbola ho faritan'ny filan-kevitra. Ny komity mpanolotra sy ny mpitantana ny distrika no mametraka ny halavan'ny fe-potoana iasana.

e. Mpikambana fanampiny ao amin'ny filan-kevitra, tafiditra ao ny mpandrindra ny IIN eo amin'ny saha na eo amin'ny toerana iray, dia mety
(1)fidiana ho amin'ny andraikitra manokana, na
(2)fidiana ao anatin'ny filan-kevitra feno ka hitanà andraikitra mbola ho faritan'ny filan-kevitra ao afara, na
(3)tendren'ny komity mpanantanteraka na ny filan-kevitry ny distrika araka izay fandaminan'ny komity mpanatanteraka.

Ny fe-potoana iasana dia taom-pivoriana iray na roa, ny komity mpanolotra sy ny mpitantana ny distrika no hamaritra ny halavan'ny fe-potoana iasana.

f. Solontenan'ny tanora.

(1)ny fivorian'ny distrika dia afaka mifidy amin'ny latsa-bato miafina tanora mpikambana iray ary tsy mihoatra ny roa, ho mpikambana ao amin'ny filan-kevitry ny distrika.

(2) ny filan-kevitry ny distrika vao avy nofidiana dia afaka mifidy tanora iray na tsy mihoatra ny roa ho ao amin'ny filan-kevitry ny distrika.

(3)ny fanolorana anarana dia azo takiana avy amin'ny komity mpanatanteraky ny TIN (Tanora Iraisam-pirenena Nazareana)

(4)ny fe-potoana iasana dia taom-pivoriana iray.

g. Ny mpikambana roa ao amin'ny komity mpanatanteraka ankoatry ny birao mpiandraikitra dia fidian'ny filan-kevitry ny distrika amin'ny latsa-bato miafina, hiasa mandritry ny taom-pivoriana na mandra-pifidy ny mpandimby toerana azy ireo.

h. Ny solontena sy ny mpisolo toerana ho any amin'ny fivoriambe iombonana, dia fidiana amin'ny latsa-bato miafina mandritry ny fivorian'ny distrika. Ny mpisolo toerana dia azo fidiana amin'ny taratasim-pandatsaham-bato mitokana na ampiarahina amin'ny an'ny solontena raha manolotra izany soso-kevitra izany ny filan-kevitry ny distrika (jereo ny andininy VI, fizarana 3, A.3.b ny amin'ny famaritana ny isan'ny solontena sy ny fotoam-pifidianana).

3. Fanendrena: Ao aorian'ny fifampidinihan'ny mpitantana ny distrika sy ny komity mpanatanteraka, ny mpikambana fanampiny ao amin'ny filan-kevitra dia azon'ny komity mpanatanteraka na ny filan-kevitry ny distrika tendrena araka ny famaritan'ny komity mpanatanteraka.

4. Fahabangan-toerana:

a.Filoha: Hanolotra anarana roa ny komity mpanatanteraka. Izay mahazo ny isam-bato ambony indrindra, amin'ny latsa-bato miafina ataon'ny filan-kevitra ny distrika nanatrika sy nifidy no lany. Izay olona voafidy eo dia miasa mandrapahatonga ny fiafaran'ny fivorian'ny distrika manaraka.

b.Ny mpikambana hafa ao amin'ny filan-kevitra: Ny komity mpanatanteraka na ny filan-kevitry ny distrika no hameno ny toerana banga amin'ny alalan'ny fanendrena. Ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra vao avy notendrena dia hiasa mandra-pahatongan'ny fiafaran'ny fivorian'ny distrika manaraka.

c.Ny mpitahiry vola iombonana: Raha toa ny distrika iray ka manana mpitahiry vola iombonana, dia hofenoin'ny Birao Mpanolon-tsainan'ny Distrika ilay toerana banga.

D. Andraikitry ny mpikambana amin'ny filan-kevitra.

1. Ny filoha:

a.Mitantana ny asan'ny IIN eo amin'ny distrika.

b.Mitarika ny fivoriana rehetra ataon'ny filan-kevitry ny distrika, komity mpanatanteraka ary ny fivorian'ny distrika

c.Mampiroborobo na mizara andraikitra manan-danja izay tsy voafaritra nandritry ny fifidianana na ny filan-kevitra.

d.Manomana ny teti-bola mandritry ny taona halefa hankatoavin'ny komitim-bolan'ny distrika,

e. Manao tatitra an-tsoratra isan-taona any amin'ny fivorian'ny IIN'ny distrika sy ny solontenam-paritry ny filan-kevitry ny IIN foibe
f. Mpikambana avy hatrany ao amin'ny filan-kevitry ny mpanolon-tsainan'ny distrika, biraon'ny Sekoly Alahady eo amin'ny distrika, fivorian'ny IIN'ny distrika, ary ao amin'ny fihaonan'ny distrika.

2. Ny filoha lefitra:
   a. Manatanteraka ny asan'ny filoha amin'ny fotoana tsy maha-eo azy;
   b. Manao ny asa fanompoana amin'ny sehatra hafa araka izay tendren'ny filan-kevitry ny IIN'ny distrika;
3. Ny mpitantsoratra:
   a. Miandraikitra ny taratasin'ny IIN sy mandray an-tsoratra ny zava-boalaza mandritry ny fotoam-pivoriana rehetra
   b. Mandefa ny tatitra voapirinty fenoina isan-taona any amin'ny filohan'ny IIN eo an-toerana;
   c. Mitahiry an-tsoratra ny statistika ary mandefa tatitra isan-taona any amin'ny filohan'ny distrika, ny tale jeneralin'ny IIN, ny solontenan'ny Filan-kevitra Foibe ary any amin'ny mpandrindra ny fandaharan'ny IIN ho an'ny iraka maneran-tany eo amin'ny faritra rehefa ilaina.
4. Mpitahiry vola
   a. Mitahiry an-tsoratra tsara ny vola miditra sy mivoaka rehetra
   b. Manome ara-potoana ny vola any amin'ireo mpitahiry vola efa voatondro mialoha.
   c. Manao tatitra tsy tapaka any amin'ny filan-kevitry ny distrika sy manomana tatitra isan-taona atao amin'ny fivorian'ny distrika.
   d. Mandamina ny fanamarinana ny bokin'ny mpitahiry volan'ny distrikan'ny IIN fanao isan-taona miaraka amin'ny olona ao amin'ny distrika ka natao hanao izany.
5. Ny komity mpanatanteraka
   a. Manendry ny mpikambana fanampiny ao amin'ny filan-kevitry ny distrika na mameno ny toerana banga eo anivon'ny filan-kevitra.
   b. Manantontosa ny asa aman-draharaha eo anelanelan'ny fotoam-pivorian'ny filan-kevitra;
   c. Manolotra anaran'olona roa ho filoha raha sendra misy fahabangan-toerana eo anelanelan'ny fivoriana fanao isan-taona.
6. Ny mpikambana hafa ao amin'ny filan-kevitra.
   a. Mampandroso ny asa rehetra sy ireo andraikitra nankinina taminy (jereo *Toro-làlana IIN*).

**Fizarana 3: Ny Filan-kevitra Foibe**

A. Tanjona: Ny filan-kevitra foiben'ny IIN dia mampiroborobo ny tanjon'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana.
B. Rafitra
   1. Tale jeneraly, filoha jeneraly ary solontena iray avy isaky ny faritra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana.
   2. Ny komity mpanatanteraka dia ahitana ny tale jeneraly, ny filoha jeneraly, ny filoha lefitra ary mpikambana roa hafa ao amin'ny filan-kevitra.

3. Ny talen'ny Departemanta ny Iraka Maneran-tany dia tokony ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Foibe sy Komity Mpanatanteraka.

C. Fanolorana anarana, fifidianana ary ny fahabangan-toerana

1. Fanolorana anarana ary fifidianana ny Tale Jeneraly:
   a. Ny tale jeneraly dia atolotry ny talen'ny Departemantan'ny Iraka Maneran-tany, rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitantana foibe miandraikitra ny DIM (Departemantan'ny Iraka Maneran-tany) izy.
   b. Ny Filan-kevitra Foibe no mandany ny tale jeneraly amin'ny antsasa-manila ny vato.
   c. Ny Komitin'ny Iraka Maneran-tany ao amin'ny Birao Foibe no mandany ny fanolorana amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina anjakan'ny maro an'isa ary mandroso ilay natolotra ho ao amin'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe.
   d. Ny Biraon'ny Mpitantana Foibe no mifidy ny tale jeneraly.
2. Fanolorana anarana sy fifidianana ny Filoha Jeneraly
   a. Ny komity mpanatanteraka dia hanendry ny komity mpanolotra ahitana ny tale jeneraly, solontenam-paritra telo avy amin'ny Filan-kevitra Foibe sy mpikambana dimy tsy ao anatin'ny Filan-kevitra Foibe. Tsy tokony hisy mpikambana roa avy amin'ny faritra iray ao anatin'ny komity mpanolotra.
   b. Ny tale jeneraly no misahana ny fitarihana ny komity mpanolotra
   c. Ny komity dia hanolotra anarana roa na telo ho amin'ny toeran'ny filoha jeneraly. Tokony hahazo ny fankatoavan'ny Biraon'ny Mpitantana Foibe ireo olona atolotra ireo.
   d. Avy amin'ireo olona natolotra ireo no isafidian'ny Fivoriambe ny filoha jeneraly izay tokony ahazo ny 2/3 ny vato amin'ny latsa-bato miafina.
   e. Ny fotoam-piasan'ny filoha jeneraly dia miantomboka amin'ny fiafaran'ny fivoriambe ka mandram-pifaran'ny fivoriambe manaraka na mandra-pifidy izay handimby azy sy hananan'ity farany traikefa.
   f. Voafetra ho fe-potoana roa feno no iasan'ny filoha jeneraly. Ny fe-potoam-piasana iray dia efa-taona. Raha misy olona iray fidiana hameno toerana banga eo amin'ny toeran'ny filoha jeneraly, dia mbola azo fidiana hiasa mandritry ny fe-potoana roa feno io olona io.
3. Fanolorana anarana sy fifidianana ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Foibe.
   a. Ny filan-kevitry ny IIN eo amin'ny distrika tsirairay dia afaka manolotra anarana 1 na 2 any amin'ny birao foiben'ny IIN avy amin'ny faritra misy azy ho solontenam-paritra atolotra ho fidiana
      (1) Ireo olona ireo dia tokony ho mpikambana ary monina ao amin'ny faritra izay soloiny tena. (Raha toa ka miala ny faritra ny mpikambana amin'ny Filan-kevitra iray ao anatin'ny enim-bolana mialoha ny Fivoriambe manaraka, dia hamita ny fe-potoam-piasany manontolo ihany izany mpikambana izany)
      (2) Izao fepetra izao dia tsy ampiharina amin'ny olona izay mipetraka tsy dia lavitra loatra ny sisin-tanin'ilay faritra misy ny fiangonana maha-mpikambana azy.
   b. Avy amin'ireo anarana natolotra ho fidiana no hifantenan'ny komitim-pifidianan'ny faritra tsirairay any amin'ny fivoriamben'ny IIN olona 2 atolotra amin'ny latsa-bato miafina. Ny roa mahazo ny isam-bato ambony indrindra no

hambara fa hatolotra. Na izany aza, ireo olona atolotra ireo dia tsy tokony avy amina-distrika iray. Raha izay anefa no mitranga, dia soloin'izay olona nahazo isam-bato ambony manaraka, nefa avy amina distrika hafa ilay olona faharoa nahazo isam-bato ambony.

c.Raha efa izany dia mifidy olona iray hisolo tena ny faritra eo anivon'ny Filan-kevitra Foibe ny komitim-pifidianan'ny faritra.

d.Ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra dia mandray ny asany manomboka amin'ny fotoana hifaranan'ny fivoriambe ka mandram-pahatonga ny fifaranan'ny Fivoriambe manaraka, na mandra-pifidy izay ho mpandimby azy ireo ka hananan'ireto farany traikefa.

e.Voafetra ho fe-potoana roa feno ny fotoana ahazoana miasa. Ny fe-potoam-piasana iray dia efa-taona.

f.Raha misy olona voafidy hameno ny toeran'ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra noho ny fahabangana, dia mbola azo fidiana hiasa mandritry ny fe-potoana roa feno ihany izany olona izany.

4. Fanolorana anarana sy Fifidianana ny komity Mpanatanteraka.

a.Amin'ny fivoriana voalohany ataon'ny filan-kevitra foibe no tokony hanolorany sy hifidianany filoha lefitra iray sy mpikambana fanampiny roa ho ao amin'ny komity mpanatanteraka.

b.Ny fifidianana dia atao amin'ny latsa-bato miafina ka izay lanin'ny maro an'isa amin'ny tonga manatrika sy mandatsa-bato.

5. Fanolorana anarana sy fifidianana ny solontenan'ny IIN ho ao amin'ny Birao Foibe.

a.Ny Filan-kevitra Foibe no hanolotra mpikambana roa avy amin'ny filan-kevitra mba hisolo tena ny IIN ao amin'ny Biraon'ny Fiangonan'ny Nazareana Foibe

b.Ny Fihaonambe maneran-tany no mifidy izay ho solontenan'ny IIN amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina.

6. Fahabangan-toerana

a.Raha misy fahabangan-toeran'ny filoha jeneraly eo anelanelan'ny fivoriambe roa, dia tokony hifidy filoha jeneraly vaovao avy amin'ireo natolotra sy notsongain'ny komity mpanatanteraka, rehefa avy nifampidinika tamin'ny Mpitantana Foibe miadidy amin'izany ka izay mahazo ny 2/3 n'ny vaton'ny filan-kevitra no lany. Hanatanteraka ny andraikitry ny filoha jeneraly ilay olona mandra-pifaran'ny fivoriambe manaraka Ny Filan-kevitra Foibe no manapaka ny fiantsoana hifidy mba hamenoana ny toerana banga, rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitantana foibe miadidy amin'izany.

b.Raha misy fahabangan-toerana eo anivon'ny filan-kevitra eo anelanelan'ny fivoriambe roa, dia angatahina ny Komity Mpanatanteraka amin'ny distrika tsirairay eo amin'ny faritra voakasika mba handefa anaran'olona iray avy amin'ny faritra any amin'ny komity mpanatanteraka foibe. Avy amin'ireo anarana ireo no hifantenana sy handrosoan'ny komity mpanatanteraka foibe anarana ho fidiana. Izay voafidin'ny maro an'isa amin'ny filohan'ny distrikan'ny IIN anatin'ny faritra no mameno ny toerana banga. Ny fanapahana ny fiantsoana ho amin'ny fifidianana mba hamenoana ny banga dia anjaran'ny komity mpanatanteraky ny Filan-kevitra Foibe rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitantana foibe miadidy amin'izany.

c. Raha banga ny toeran'ny tale jeneraly, dia ny fomba natao tamin'ny fanolorana anarana sy fifidianana filoha jeneraly ihany no arahina. (jereo And V, Fizarana 3.C.1).
d. Raha misy fahabangan-toerana eo anivon'ny komity mpanantanteraka eo anelanelan'ny Fivoriambe roa, dia hanolotra anaran'olona roa ny Filan-kevitra Foibe. Izay voafidin'ny maro an'isa amin'ny filan-kevitry ny IIN foibe amin'ny latsa-bato no mandray ny toerana.
e. Raha misy fahabangan-toerana eo amin'ny solontenan'ny IIN ho ao amin'ny Birao Foibe, dia hanolotra anarana roa ny komity mpanatanteraka foibe rehefa avy nifandinika tamin'ny mpitantana foibe miadidy amin'izany ary nahazo ny fankatoavan'ny biraon'ny mpitantana foibe. Ny filan-kevitry ny IIN no mifidy ny solontena ao amin'ny Birao Foibe ka izay mahazo vato be indrindra no lany.

D. Andraikitra

1. Mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Foibe
    a. Miara-miasa amin'ny tale jeneralin'ny IIN amin'ny fampiroboroboana ny tetik'ady sy fandaharan'asan'ny IIN.
    b. Mampiroborobo ny fandaharan'asan'ny IIN iray manontolo eo amin'ny fivelaram-paritra izay soloiny tena
    c. Manao tatitra momba ny asan'ny IIN tao amin'ny faritra isaky ny fivorian'ny Filan-kevitra Foibe
    d. Manolotra anarana mpikambana roa amin'ny filan-kevitra mba hisafidianan'ny fihaonambe izay ho solontenan'ny IIN eo anivon'ny Birao Foibe.
    e. Mampihatra avy hatrany ireo lalàna avy amin'ny fivoriambe mahakasika ny fisoloan-tenam-paritra.
    f. Mifidy filoha lefitra iray sy mpikambana roa hafa avy ao amin'ny filan-kevitra mba ho ao amin'ny Komity Mpanatanteraka.
2. Tale jeneraly.
    a. Mpiandraikitra mpanatanteraka eo anivon'ny IIN
    b. Mampandroso ny tombontsoan'ny IIN amin'ireo distrika maneran-tany amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Filan-kevitra Foibe.
    c. Manazava ny *Torolàlana* sy ny *Lalàm-panorena*n'ny IIN.
    d. Manome fitarihana ny mpiasa sy tari-dàlana eo amin'ny asa eo anivon'ny Birao Foibe
    e. Misahana ny andraikitry ny lehiben'ny asa fanontana sy famoahana ny bokin'ny IIN rehetra.
    f. Manome tari-dàlana amin'ny asa fanangonana sy fikajiana ireo taratasy sy tatitra
    g. Manao tatitra isan-taona amin'ny lafiny ara-bola sy ara-statistika any amin'ny Filan-kevitra Foibe, ny Komitin'ny Iraka Maneran-tany sy any amin'ny Birao Foibe.
    h. Manomana tatitra voafintina momba ny asa natao isaky ny fivorian'ny filan-kevitra mba hankatoavin'ny Komitin'ny Iraka Maneran-tany ao amin'ny Birao Foibe.
    i. Manome tari-dalana amin'ny fandaminana sy ny fandaharana ny Fivoriambe miaraka amin'ny Filan-kevitra Foibe

j.Manomana ny tatitry ny fivoriambe na ara-bola na ara-statistika, miaraka amin'ny famintinana izany amin'ny alalan'ny Departemantan'ny Iraka Maneran-tany ho an'ny Fihaonambe

k.Mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fihaonambe

3. Ny Filoha Jeneraly

   a.Mitarika ny fivorian'ny Filan-kevitra Foibe, ny komity mpanatanteraka ary ny Fivoriambe

   b.Mampiroborobo ny tanjona sy ny fandaharan'asan'ny IIN.

4. Ny Filoha Lefitra

   a.Manatontosa ny andraikitry ny filoha amin'ny fotoana tsy maha-eo ity farany.

5. Ny Komity Mpanatanteraka

   a.Manao ny asa mahazatra eo anelanelan'ireo fivorian'ny filan-kevitra.

   b.Manolotra anaran'olona roa ho amin'ny toeran'ny filoha jeneraly raha misy fahabangan-toerana eo anelanelan'ireo fivoriambe.

   c.Manolotra anaran'olona roa ho amin'ny toeran'ny komity mpanatanteraka raha misy fahabangana ao.

   d.Manendry ny komity mpanolotra ny ho filoha jeneraly.

## Andininy VI. Ny Fivoriana

### Fizarana 1. Fivoriana eo an-toerana

A.Isam-bolana

Tokony hisy fihaonana indray mandeha isam-bolana na mihoatra ho fampahafantarana ny iraka, fangalana aim-panahy, ary fiaraha-mivavaka.

1. Ilay fivoriana dia mety hanana endrika fotoam-piderana, fotoana hiresahana, fianarana mikasika ny iraka, sahan'asa sy hetsiky ny iraka, fotoana manokana ho an'ny iraka, fotoana fanehoana ny zava-tsindrin'ny IIN sns.
2. Ny filohan'ny IIN sy ny filan-kevitra dia miara miasa amin'ny mpitandrina amin'ny fandaharana ny fampianarana mikasika ny iraka sy amin'ny fampandraisana anjara ny fiangonana eo an-toerana.

B. Isan-taona

1. Tsy hihoatra ny 30 andro mialohan'ny fivorian'ny distrika no anaovana ny fivoriana fanao isan-taona, mba hifidianana ny komity/filan-kevitra mpanatanteraka ho an'ny taom-piangonana vaovao sy ireo solontena ho any amin'ny fivorian'ny distrika.
2. Ny fandatsaham-bato sy ny fifidianana amin'ny filan-kevitra eo an-toerana dia natokana ho an'ny mpikambana ao amin'ny IIN feno 15 taona no ho miakatra.

C. Fivorian'ny filan-kevitra

Mivory isan-telo volana fara-fahakeliny ny filan-kevitra eo an-toerana mba handaminana, hanaovana tatitra, handrefesana ny zava-bita, hampahalalana, hangalana ainga vaovao, sy hanatanterahana ny asan'ny fikambanana eo an-toerana. Ny fahamaroan'ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra tonga no mamaritra ny quorum (isa tratrarina).

### Fizarana 2. Fivorian'ny Distrika

A. Fivoriana
   1. Tokony hisy fivoriana indray mandeha isan-taona ataon'ny distrika mba hanaovana tatitra, hiombonam-bavaka, hampahafantarana, hangalana ainga vao, hanolorana planina, ary hanatanterahana asa mahakasika ny fikambanana.
   2. Ny fotoana sy ny toerana hanaovana ny fivoriana dia tapahin'ny filan-kevitry ny distrika rehefa avy nifandinika tamin'ny mpitantana ny distrika ny filan-kevitra, ary tokony ho ao anatin'ny 30 andro mialoha ny fivorian'ny distrika no hanaovana izany.
   3. Mpikambana.
      a. Ireo mpikambana ao amin'ilay distrika ihany no azo fidiana ho mpikambana avy hatrany na ho solontena voafidy.
      b. Mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivoriana: ny filan-kevitry ny IIN eo amin'ny distrika ny mpitantana ny distrika, ireo mpanompo manana andraikitra rehetra, mpanompo matihanina miasa ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, ny mpikambana laika ao amin'ny birao mpanolotsaina ny distrika, ireo filohan'ny IIN eo an-toerana vao nahavita ny asany, sy ireo vao avy nofidiana ho filohan'ny IIN na vao avy nofidiana ho filoha lefitra, raha sanatria tsy afaka ny filoha; ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Foibe, ny mpitandrina efa misotro ronono, ireo misionera efa misotro ronono, ireo misionera mamita iraka, ireo misionera voatendry, ary ny ireo filohan'ny distrika tsy miasa intsony kanefa mbola monina eo amin'ny distrika niasany.
      c. Ny solontena voafidy avy amin'ny isam-piangonana eo an-toerana dia raisina ho mpikambana ao amin'ny IIN (raha toa ka feno 15 taona no ho miakatra). Toy izao manaraka izao ny fomba fikajiana ny isan'ny solontena hofidiana: solontena roa avy amin'ny IIN eo an-toerana ahitana mpikambana 25 na latsaka (tsy tafiditra amin'izany ireo mpikambana vao miroso), ary miampy solontena iray isaky ny mpikambana 25 amboniny, na ny ampahany betsaka amin'izany.
   4. Ny isan'ny solontena tonga manatrika no manome ny isa tratrarina ilaina hanatanterahana ny fivoriana (quorum).

B.Ny filan-kevitra

Mihaona in-droa isan-taona farafakeliny ny filan-kevitry ny distrika mba hanatontosana ireo asa eo anelanelan'ireo fivoriana fanaon'ny distrika isan-taona. Ny fahamaroan'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra tonga no mamaritra ny quorum (isa tratrarina hanatanterahana ny fivoriana).

**Fizarana 3: Fivoriambe Maneran-tany**

A. Ny fivoriana
   1. Tokony hisy fivoriamben'ny IIN avy hatrany mialoha ny fihaonambe mba hanaovana tatitra, fiombonam-bavaka, fahampahafantarana, fangalana aim-panahy, hanolorana planina sy hanantontosana ireo asa mahakasika ny fikambanana. Raha tonga ny ankamaroan'ny solontena voasoratra dia azo tanterahana ny fivoriana.
   2. Ny fotoana sy ny toerana hanaovana ny fivoriana dia tapahin'ny Filan-kevitra Foibe rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitantana foibe miadidy amin'izany ny Filan-kevitra Foibe.
   3. Mpikambana

a. Mpikambana ao amin'ny Fivoriambe avy hatrany ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Foibe; ireo mpandrindra ny fandaharan'asan'ny IIN ho an'ny Iraka Maneran-tany eo amin'ny faritra; ireo filohan'ny IIN eo amin'ny distrika, na raha misy tsy fahafahan'ny filoha, dia omena alalana hisolo tena izany distrika izany ny filoha lefitra; ary ny filohan'ny IIN ao amin'ny distrika ambaratonga voalohany tsirairay, na raha misy tsy fahafahan'ny filoha, dia afaka manendry mpisolo toerana izy rehefa nahazo ny fankatoavan'ny mpitantana ny distrika.
b. Toy izao manaraka izao ny fomba fikajiana ny isan'ny solontena ho fidina ho amin'ny Fivoriambe: solontena 2 avy amin'ny distrika ambaratonga faha 2 sy ambaratonga faha 3 ahitana mpikambana ao amin'ny IIN miisa 1000 na latsaka, tsy tafiditra ao anatin'izany ireo mpikambana vao miroso, ary miampy solontena iray isaky ny mpikambana 700 amboniny, na ny ampahany betsaka amin'izany.
c. Hisy solontenan'ny misionera maneran-tany iray isaky ny faritra tsirairay ahitana misionera 50 na latsaka (Iraka Maneran-tany), na solontenan'ny misionera maneran-tany roa ho an'ny faritra ahitana misionera 51 no ho mihoatra, no ho fidian'ny Filan-kevitry ny Mpanolotsainan'ny Faritra isaky ny faritra.
d. Ireo solontena dia tokony ho voafidin'ny fivorian'ny distrika amin'ny latsa-bato miafina 16 volana mialoha ny Fivoriambe, na 24 volana mialoha ho an'ireo faritra izay ilàna ny fahazoan-dalana mifamezivezy na fiomanana manokana hafa.
e. Ny solontena voafidy rehetra dia tokony monina ao amin'ny distrika maha mpikambana azy amin'ny fotoanan'ny fivoriambe. Raha misy solontena voafidy miala ao amin'ilay distrika dia very ny zo ahazoany misolo tena ilay distrika nilaozany. Tsy voakasika izany ireo izay miorim-ponenana tsy lavitry ny distrika misy ny fiangonana maha-mpikambana azy.

B. Fivorian'ny Filan-kevitra

Tokony hivory in-telo fara-fahakeliny ny Filan-kevitra Foibe mandritry ny efa-taona hanantanterahana ny asa mifandraika amin'ny fikambanana. Tanterahina ny fivoriana rehefa tonga ny ankamaroan'ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra.

## Andininy VII. Ny Vola

### Fizarana 1: Voaangon'ny fiangonana eo an-toerana

A. Vola ho an'ny filazantsara maneran-tany:
1. Ny vola rehetra voaangona ho an'ny fitoriana ny filazantsara maneran-tany dia alefa ho any amin'ny mpitahiry vola foibe.
2. Toy izao manaraka izao ny fomba fanangonam-bola ho an'ny fitoriana ny filazantsara maneran-tany (FFM):
   a. Fanatitra mahazatra ho an'ny FFM
   b. Fanatitra amin'ny andro Paska sy ny santa-bokatra
   c. Ny ampahany amin'ny fanomezana avy amin'ny Voady Masina
   d. Fanatitra amin'ny vavaka sy fifadian-kanina.

B. Ireo iraka manokana ankatoavina.
1. Misy fomba hafa ahazoana manohana ny iraka manokana ankatoavina (toy ny Alabastara, Asa fitoriana amin'ny alalan'ny onjam-peo, Asa Fiantrana Nazareana,

Fisoloantena, Asa fitandrovam-pahasalamana, LINKS (TILINAFAFY: Tia, Liana, Nazareana, Fahalalana, Fizarana), Asa Fijoroana Vavolombelona, Vola fanampiana ireo mpianatra hanao iraka amin'ny IIN, sns...) ankoatra sy ambonin'ireo fanatitra FFM.

2. Ny Iraka manokana nankatoavina fanampiny dia mitaky fankatoavana manokana sy fanomezan-dalana avy amin'ny tompon'andraikitra ao amin'ny Foibe Iraisam-pirenena Nazareana.
3. Ny Filan-kevitry ny IIN Foibe dia hanome alalana ny iraka Manokana nankatoavina rehetra izay hampandrosoina sy hanangonam-bola amin'ny alalan'ny IIN maneran-tany.

C. Vola Voatokana
   1. Tsy misy na dia ampahany na dia kely aza amin'ny vola natokana ho amin'ny Fitoriana ny Filazantsara maneran-tany sy ho amin'ny Iraka Manokana Nankatoavina hampiasaina ho amin'ny fandaniana eo an-toerana, na ny eo amin'ny distrika, na ho an'ny asa fiantrana.

D. Fandaniana eo an-toerana
   1. Tokony hisy vola atokana ho an'ny IIN amin'ny iantsorohana ny fandaniana eo an-toerana araka izay tapaky ny filan-kevitry ny IIN eo an-toerana sy nankatoavin'ny biraom-piangonana.
   2. Misy ampahany amin'ny fandaniam-bola eo an-toerana izay atao iantsorohana ny fandanian'ireo solontena any amin'ny fivorian'ny distrika.

**Fizarana 2. Fanangonam-bola ataon'ny distrika**

A. Fandaniam-bolan'ny distrika
   1. Ny fandaniam-bolan'ny distrika iantsorohan'ny IIN dia araka izay voafaritry ny Filan-kevitry ny IIN ny distrika ka ankatoavin'ny komitin'ny volan'ny distrika.
   2. Misy ampahany amin'ny fandaniam-bolan'ny distrika natokana handoavana ny fandanian'ny solontenan'ny distrika ho any amin'ny Fivoriambe.
   3. Ny vola natokana ho an'ny FFM sy ny Iraka Manokana Nankatoavina dia tsy azo ampiasaina amin'izay mety ho fandanian'ny distrika.

**Fizarana 3. Ny karama**

A. Ny asa ao amin'ny IIN dia asam-pitiavana ho an'ny fiangonana. Tsy misy ny karama raisina ho an'ny ambaratonga rehetra– eo an-toerana, distrika ary foibe –ankoatry ny an'ny tale jeneraly, izay ampiasain'ny Birao Foibe.
B. Mifanaraka tsara amin'ny fandaniam-bolan'ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ny vola karama ho an'ny ambaratonga rehetra–eo an-toerana, distrika sy foibe.

### Andininy VIII. Ny paik'ady sy ny fomba hanantanterahana izany

Ny filan-kevitry ny foiben'ny IIN no hametraka paik'ady fanampiny, fomba fanaovan-draharaha, ary famaritana ny asa fanampiny ho an'ny IIN, mba hampidirina ao amin'ny *Torolàlan'ny IIN* miaraka amin'ny lalàm-panorenan'ny IIN.

### Andininy IX. Ny fahefan'ny mpanao lalàna

Ny fitsipika rehetra voarakitra araky ny *Fitsipika sy Fandaminana nataon'i Robert izay vao nohavaozina* (edisiona farany) (*Robert's Rules of Order Newly Revised* (latest edition)),

raha toa ka tsy mifanohitra amin'ny lalàna velona, ny Toko momba ny fampitambarana ny Fiangonan'ny Nazareana, ny lalàm-panorenan'ny IIN, sy izay mety ho fitsipi-dalàna eken'ny IIN, dia lasa sata mifehy ny fikambanana.

**Andininy X. Ny fanitsiana**

Azo atao ny fanitsiana ny lalàm-panorenan'ny IIN raha toa ka ankasitrahan'ny 2/3 ny mpikambana tonga sy mifidy izany, mandritry ny fivoriamben'ny IIN ary nankatoavin'ny Komitin'ny Iraka Maneran-tany avy amin'ny Birao Foibe.

TOKO III

## 812. NY FITSIPIKA MIFEHY NY SEKOLY ALAHADY

### FANAMBARANA NY IRAKA

Ny iraka ho an'ny Asa fampianarana Sekoly Alahady dia hanatanteraka ny asa lehibe amin'ny ankizy, tanora ary ny olon-dehibe ho amin'ny fiomanana amin'ny tena fiainana ao anatin'ny fahamasinana Kristiana.

### TANJONA

Telo sosona ny tanjon'ny Sekoly Alahady:

A. Mampianatra ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fomba mahomby hahatonga ny ankizy ho voavonjy, ho voa masina manontolo, ary hihamatotra amin'ny traikefa Kristiana.
B. Manampy ny Kristiana hitombo ara-panahy amin'ny fampandraisana anjara azy ireo amin'ny asa fikasihana olona, fampianarana ary fitaomana fanahy.
C. Mamantatra sy mitsidika ireo olona mbola tsy miditra am-piangonana mandrapahatonga azy ireo ho voasoratra anarana sy manatrika tsy tapaka ny Sekoly Alahady.

### ANDININY I. MPIKAMBANA

Lisitry ny olona iandraiketana:

Ny fiangonana eo an-toerana tsirairay avy dia tokony handray andraikitra amin'ny fikasihana ny olona rehetra ao amin'ny fiaraha-monina izay tsy mbola mandray anjara mavitrika amina fiangonana hafa misy eo an-toerana. Mba hahatontosa izany iraka izany dia hanampy be ny fananana ireto lisitra telo ireto:

A. Lisitry ny olona mavitrika: (Fisoratana anarana) (Andalana 25, tatitra isan-taona ataon'ny Mpitandrina (TIAM). Io no lisitra misy ny fanoratana anarana mahazatra izay ahitana ireo olona rehetra milaza ny fahavononany hanatrika tsy tapaka ny fianarana Sekoly Alahady (jereo andininy II, Fizarana I). Andrasana ho tompon'andraikitra amin'ny fanasoavana ara-panahy ireo ao anatin'ny Lisitry ny olona mavitrika ao amin'ny kilasiny ny mpampianatra tsirairay.
B. Lisitry ny olona tombanana ho tonga. Ity lisitra ity dia misy ireo anaran'olona afaka ho tonga mpanaraka tsy tapaka ny Sekoly Alahady eo an-toerana. Ny kilasy fampianarana Sekoly Alahady tsirairay dia tokony hiezaka mafy ny hitarika azy ireo ho tonga mpanatrika tsy tapaka ny fampianarana. Tokony ho hita ao amin'ity lisitra ity ny anaran'ireo olona mpamonjy ny fotoam-bavaka maraina fotsiny.
C. Lisitry ny asa fanitarana (Andalana 27, TIAM). Tokony ho hita ato amin'ity lisitra ity ireo olona tafiditra amin'ny asa fampianarana Sekoly Alahady fanitarana (fitoriana) (jereo andininy II, Fiz 2) fa tsy ao amin'ny fampianarana Sekoly Alahady mahazatra fanao isan-kerinandro.

FIZARANA 1. Ny mpandray anjara amin'ny asa fanompoana manaraka dia tokony ho tafiditra ao amin'ny iray amin'ireto: Lisitry ny olona mavitrika (Fisoratana anarana), Lisitry ny olona tombanana ho tonga, Lisitry ny asa fanitarana araka ny toromarika manaraka:

a. Lisitry ny ankizy madinika (Andalana 16, TIAM): Ny zaza latsaky ny efa-taona, miaraka amin'ny ray aman-dreniny, tsy manatrika ny fampianarana Sekoly Alahady dia azo ampidirina ao amin'ny lisitry ny olona tombanana ho tonga ho toy ny lisitry ny ankizy madinika.
    1. Ny ankizy dia raisina ho toy ny olona ho ao amin'ny kilasy natokana ho an'ny ankizy madinika, ary ny ray aman-dreny dia andrasana ho ao amin'ny kilasy natokana ho an'ny lehibe.
    2. Ny mpitantana ny Sekoly Alahady sy ny talen'ny asa fanompoana amin'ny ankizy, rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitandrina dia afaka manendry olona iray ho talen'ny lisitra ho an'ny ankizy madinika isaky ny taom-piangonana mba hisahana ny fitsidihana sy fitondrana ny fitaovana fampianarana any amin'ireny fianakaviana ireny.
    3. Rehefa manomboka miroso amin'ny fanatrehana matetika ny Sekoly Alahady izy ireo dia hafindra any amin'ny lisitry ny olona mavitrika misy ny sokajin-taona mifanaraka aminy.
    4. Raha tsy mbola manomboka ny fanatrehana Sekoly Alahady izy teo amin'ny faha 4 taonany, dia tokony hesorina ao amin'ny lisitry ny ankizy madinika ka hampidirina ao amin'ny lisitry ny olona tombana na hiditra ao amin'ny ny garabola sy ao amin'ny departemanta ho an'ny lehibe.
    5. Mandra-panatrehany matetika ny Sekoly Alahady, dia mijanona ao amin'io lisitry ny olona tombanana ho tonga io izy.
b. Departemantan'ny fitsidihana tokantrano: Ireo olona tsy afaka manatrika tsy tapaka ny Sekoly Alahady noho ny antony ara-pahasalamana, na noho ny faniriany manokana, dia azo raiketina ao amin'ny departemantan'ny fitsidihana tokantrano ary hampidirina ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika (Fisoratana anarana) NA ny lisitry ny asa fanompoana mihitatra, araka ireto toromarika manaraka ireto:
    1. Ny mpitantana ny Sekoly Alahady sy ny talen'ny asa fanompoana amin'ny lehibe, rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitandrina, dia afaka manendry mpiandraiki-draharaha ho an'ny departemantan'ny fitsidihana tokantrano isaky ny taom-piangonana, mba hisahana ny fitsidihana sy fampianarana ny leson'ny Sekoly Alahady isan-kerinandro.
    2. Ireo olona tsidihana sy hampianarina ny leson'ny Sekoly Alahady isan-kerinandro ireo dia atao ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika (fisoratana anarana), sy hampidirina ao amin'ny lisitry ny olona mpanatrika tsy tapaka ny Sekoly Alahady isan-kerinandro (Andalana 25, TIAM)
    3. Raha toa tsy mitohy ara-dalana ny fitsidihana isan-kerinandro, na tsy ampianarina ny fandaharam-pampianaran'ny Sekoly Alahady nahazo fankatoavana dia soratana ao amin'ny lisitry ny asa fanitarana (Andalana 27, TIAM) ary isaina ao amin'ny salam-panatrehana isan-kerinandro ao amin'ny asa fanitarana (fitoriana) ireo olona ireo (Andalana 28, TIAM)
c. Trano ho an'ny beantitra sy mpisotro ronono/ toeram-piarenana ara-pahasalamana/ toeram-pitsaboana: Ireo rehetra voatery monina ao amin'ny iray amin'ireo toerana ireo ka manatrika fampianarana isan-kerinandro izay iantohan'ny fiangonana eo an-toerana, dia azo ampidirina ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika na lisitry ny asa fanitarana, araka izao toromarika manaraka izao:

1. Raha toa ilay olona ka mandray anjara mavitrika amin'ny fianarana fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady nahazo fankatoavana dia azo ampidirana ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika (fisoratana anarana) (Andalana 25, TIAM) izy ary isaina ho ao anatin'ny salam-panatrehana isan-kerinandro (Andalana 26, TIAM)
2. Raha toa ilay olona manatrika fotoam-bavaka isan-kerinandro nefa tsy mahavita mandray anjara mavitrika, na tsy ampianarina ny fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady nahazo fankatoavana, dia ampidirana ao amin'ny lisitry ny asa fanitarana (Andalana 27, TIAM) sy isaina ho ao anatin'ny salam-panatrehana isan-kerinandro amin'ny asa fanitarana fitoriana izy (Andalana 28, TIAM)

d. Zana-piangonana. Ny vondrona rehetra tohanan'ny fiangonana eo an-toerana na ny distrika, ka mivory antsasak'adiny isan-kerinandro fara-fahakeliny amin'ny toerana iray mba hianatra ny fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady, nahazo fankatoavana ary mikasa ho tonga Fiangonan'ny Nazareana voarindra, dia ampidirana ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika (fisoratana anarana) (Andalana 25, TIAM) sy ao amin'ny salam-panatrehana amin'ny Sekoly Alahady mahazatra fanao isan-kerinandro (Andalana 26, TIAM), ao amin'ny fiangonana mpiantoka amin'ny alalan'ny fanomezana anarana /toerana ho an'ilay asa vaovao.
   1. Ny isan'ny olona mpanatrika ao amin'ny Zana-piangonana dia tsy ampiarahana amin'ny lisitry ny mpanatrika Sekoly Alahady tsy tapaka tazonin'ilay fiangonana mpiantoka rehefa manao tatitra isam-bolana any amin'ny distrika, kanefa kosa ampidirina ao amin'ny totalin'ny mpanatrika Sekoly Alahady isam-bolana ho an'ny distrika.
   2. Raha misy fiangonana eo an-toerana miantoka Zana-piangonana amin'ny toerana tsy dia lavitra an'ilay fiangonana, dia tokony atao ao anatin'ny tatitra sy ny lisitry ny mpanatrika ao amin'ilay fiangonana mpiantoka ny mpanatrika ao amin'ilay zana-piangonana kanefa kosa faritana ny anarana sy ny toeran'ilay zana-piangonana. Raha miantoka asa vaovao mihoatra ny iray ilay fiangonana eo an-toerana, dia ampitondraina ny anarany sy toerany avy ny asa rehefa manao lisitra.
   3. Toy izao manaraka izao ny fomba fitazonana an-tsoratra ny totalin'ny mpanatrika isan-kerinandro, isam-bolana ary isan-taona.

| | |
|---|---|
| Mpanatrika Sekoly Alahady tsy tapaka | 125 |
| Zana-piangonana (oh: Itaosy) | 30 |
| Zana-piangonana (oh: Ivato) | 15 |
| Asa fanitarana (Fitoriana) (oh: Vohipeno) | 25 |

   4. Raha misy distrika na fiangonana eo an-toerana manomboka manorina fiangonana vaovao maro, dia azo atao anaty lisitra manokana, ka ampitondraina ny anarana sy ny toerana misy azy ireo zana-piangonana ireo, raha toa ka tian'ny distrika izany.

e. Ny akanin-jaza /Ny sekoly: Rehefa mety ho vondrona mpianatra ao amin'ny ankanin-jaza /sekoly Nazareana (vao teraka ka hatramin'ny ambaratonga faharoa) tohanan'ny fiangonana eo an-toerana dia atao anatin'ny lisitry ny olona mavitrika (fisoratana anarana) NA ny lisitry ny asa fanitarana, araka izao toromarika manaraka izao:
   1. Raha misy mpianatra mbola tsy voasoratra anarana ara-dalàna ao amin'ny Sekoly alahadin'ny Nazareana nefa mazoto manatrika tsy tapaka ny fandaharam-pampianaranan'ny Sekoly Alahady nahazo fankatoavana antsasakadiny isan-kerinandro farafahakeliny dia ampidirina ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika

(fisoratana anarana), (Andalana 25, TIAM) izy ireo ary isaina ao anatin'ny salam-panatrehana isan-kerinandro amin'ny asa fanitarana (Andalana 26, TIAM)

2. Raha misy mpianatra manatrika fianarana Sekoly Alahady isan-kerinandro nefa tsy ampianarina ny fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady nahazo fankatoavana, dia ampidirina ao amin'ny lisitry ny asa fanitarana (Andalana 27, TIAM) izy ireo, ary isaina ao amin'ny salam-panatrehana isan-kerinandro amin'ny asa fanitarana (fitoriana) (Andalana 28, TIAM)

f. Fianarana Baiboly/ Vondrona madinika. Ny olona manatrika fivoriana eo ambany fiantohan'ny fiangonana eo an-toerana mba hianatra ny fahamarinana ara-Baiboly dia ampidirina ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika, na ao amin'ny lisitry ny asa fanitarana, araka izao toromarika manaraka izao:

1. Raha toa ilay vondrona ka mivory 30 minitra isan-kerinandro farafakeliny mba hianatra ny fahamarinana ara-baiboly sy ny fandaharam-pampianarana nankatoavina dia ampidirana ao amin'ny lisitry ny olona mavitrika (fisoratana anarana) (Andalana 25, TIAM) sy ao amin'ny salam-panatrehana Sekoly Alahady tsy tapaka isan-kerinandro ireo mpikambana ao anatiny (Andalana 26, TIAM).
2. Raha toa ilay vondrona ka mivory latsaky ny 30 mn isan-kerinandro mba hianatra ny fandaharam-pampianarana nankatoavina dia ampidirina ao amin'ny lisitry ny asa fanitarana (Andalana 27, TIAM) izany ary isaina ao amin'ny salam-panatrehana isan-kerinandro amin'ny asa fanitarana (andalana 28, TIAM).

FIZARANA 2. Fanesorana anarana

Raha vao soratana ao amin'ny lisitry ny olona iandraketana ny olona iray dia tokony hanao izay ahafahany miasa amin'zany olona izany ny fiangonana eo an-toerana ambara-pahatongany ho isan'ny mpiara-mivavaka amin'izany fiangonana izany. Ny fanesorana anarana dia tsy maintsy mila ny fankatoavan'ny mpitandrina ka atao rehefa:

a. Mifindra monina ilay voasoratra anarana
b. Manatrika fampianarana Sekoly Alahady hafa ilay voasoratra anarana
c. Mangataka an-tsitrapo ny hanesorana ny anarany ilay voasoratra anarana
d. Maty ilay voasoratra anarana.

## ANDININY II. FANATREHANA SEKOLY ALAHADY

Fanisana ny mpanatrika Sekoly Alahady

Ny tanjona amin'ny fanisana ny mpanatrika ny fampianarana Sekoly Alahady ao amin'ny fiangonana eo an-toerana iray dia mba handrefesana ny fahombiazan'ny ezak'izany fiangonana izany hikasika olona amin'ny hafatry ny Baiboly. Ny ezaka rehetra atao amin'ny fampianarana Sekoly Alahady dia tokony hitondra any amin'ny fitarihana olona hanana firaisana amin'i Kristy amin'ny alalan'ny fahaterahana indray sy ny fikambanana amin'ilay fiangonana eo an-toerana.

Tsara tadidiana fa na dia mandray anjara amin'ny sehatry ny fampianarana Sekoly Alahady mihoatra ny iray aza ny olona sasany, na izy isaina indray mandeha ao amin'ny lisitry ny mpanatrika Sekoly Alahady ara-dalana, NA izy isaina indray mandeha ao amin'ny lisitry ny mpanatrika amin'ny asa fanitarana. Ny fanisana ny mpanatrika fampianarana Sekoly Alahady amin'ny andavan'andro dia ampifanampiana amin'ny isan'ny mpanatrika amin'ny Alahady.

Ny departemantan'ny fampianarana Sekoly Alahady dia tokony hanana ny lisitry ny olona iandraiketana marina sy ny isan'ny mpanatrika Sekoly Alahady isaky ny distrika mba

ahazoana manangona tatitra marina ny amin'ny fitombon'ny Sekoly Alahady ao amin'ny toerana isan-taona.

Misokajy ho roa ny fanatrehana fampianarana Sekoly Alahady: Fianarana Sekoly Alahady mahazatra (Andalana 26, TIAM) ary Asa fanitarana (fitoriana) (Andalana 28, TIAM). Ireo sokajy ireo dia kajian'ny fiangonana eo an-toerana isan-kerinandro araka ny toromarika manaraka eto ambany sy ny Andininy I, Fizarana 1 etsy ambony.

FIZARANA 1. Fotoam-pampianarana Sekoly Alahady mahazatra. Izany dia voafaritra ho vondron'olona voarindra izay mifamotoana farafahakeliny 30mn isan-kerinandro amin'ny fotoana sy toerana voatondro mialoha. Ny tanjon'ny fihaonana dia tsy maintsy hoe hianatra fahamarinana ara-Baiboly mandritra ny antsasak'adiny farafahakeliny, amin'ny fampiasana ny fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady, izay nankatoavin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady eo an-toerana. Izay no miteraka ilay antsoina hoe: fanatrehana tsy tapaka ny Sekoly Alahady isan-kerinandro (Andalana 26, TIAM)

a. Ny fanisana ny mpanatrika dia atao mandritry ny ampaham-potoana voalohany amin'ny fotoam-pampianarana Sekoly Alahady mahazatra. Mbola ampiharina amin'ny fotoam-bavaka iombonana na itambarana ihany koa izany, rehefa tsy misy ny fampianarana Sekoly Alahady mahazatra noho ny fotoam-pivavahana manokana.
b. Ny olona iray ao amin'ny Sekoly Alahady eo an-toerana dia heverina ho toy ny tonga manatrika Sekoly Alahady, rehefa manatrika sahan'asa niantohan'ny fiangonana eo an-toerana, na ny zana-paritra, na ny distrika, na ny faritra na ny foibe toy ny fisintahana, fihaonana, lasy, sns... izy tamin'izany Alahady izany, raha tsy isaina any amin'ny toeram-pianarana Sekoly Alahady hafa atrehany izy. Ireo sahan'asa ireo dia tokony hisy fianarana momba ny fahamarinana ara-Baiboly 30 minitra fara-fahakeliny.
c. Ny fampianarana Sekoly Alahady mahazatra dia ampiasaina mba hamaritana ny salam-panatrehana mandritry ny taona, ary izany fanatrehana izany dia taterina isam-bolana any amin'ny distrika. Ho an'ny ankamaroan'ny fiangonana dia 52 no isan'ny fotoam-pampianarana Sekoly Alahady. Amin'ny toerana sasany, dia hanakana ny fotoam-pampianarana Sekoly Alahady ny toetr'andro indraindray. Koa anjaran'ny Biraon'ny fampianarana Sekoly Alahady eo amin'ny distrika, miaraka amin'ny mpitantana ny distrika no mamaritra ny fotoana azo ekena fa tsy hianarana.
d. Ny isan'ny mpanatrika mandritry ny fitsidihana tokantrano, ny toerana ho an'ny be antitra sy mpisotro ronono, ny toeram-piarenana ara-pahasalamana sy ny toeram-pitsaboana, ny Zana-piangonana, ny akanin-jaza/ sekoly Nazareana (fahaterahana hatramin'ny ambaratonga faharoa) ary ny fianarana Baiboly/ Vondrona madinika, dia azo ampidirina, ao amin'ny salam-panatrehana ho an'ny fampianarana Sekoly Alahady mahazatra isan-kerinandro, NA, ao amin'ny salam-panatrehana ho an'ny asa fanitarana isan-kerinandro, araka ny toromarika ao amin'ny Andininy I, Fizarana 1.

FIZARANA 2. Asa fanitarana (fitoriana ny filazantsara). Ny mpanatrika ny asa fanitarana sy ny asa fitoriana ny filazantsara ataon'ny fiangonana eo an-toerana dia isaina ho mpanatrika asa fanitarana (Andalana 28, TIAM). Ny mpanatrika ny asa fanitarana (fitoriana filazantsara) dia ahitana ireo olona mandray anjara amin'ny fianarana ny fahamarinana ara-Baiboly mandritra ny 30 mn fara-fahakeliny nefa tsy mahafeno ny fepetra hafa amin'ny fampianarana ny Sekoly Alahady mahazatra (jereo Andininy II, Fizarana 1)

a. Ny fiangonana eo an-toerana manana karazana asa fanitarana (fitoriana filazantsara) mihoatra ny iray dia tokony hanambatra ny isa ao amin'ny lisitry ny olona

iandraiketana ary hanao tatitra tokana isam-bolana. Mbola azo ampiharina koa izany ho an'ny fanatrehana asa fanitarana isan-kerinandro. (Fitoriana filazantsara)

b. Satria mety hanomboka na hifarana amin'ny fotoana tsy voafaritra ao anatin'ny taom-piangonana ny asa fanitarana (fitoriana), dia avy amin'ny fizarana ny fitambaran'isa, amin'ny isan'ny herinandro nanaovana ny asa no ahazoana ny salan'isa isan-taona.

**ANDININY III. Ny Kilasy sy ny Departemanta**

FIZARANA I: Zaraina ho kilasy ho an'ny ankizy sy ny tanora araka ny taona na farim-pahalalana ny Sekoly Alahady. Ny kilasy ho an'ny lehibe kosa dia faritana araka ny tombotsoa iombonana.

FIZARANA 2: Rehefa mitombo ny isan'ny kilasy ao anatin'ny sokajin-taona ho an'ny ankizy, tanora, lehibe dia tsara ny hitsinjarana azy ireo ho departemanta izay tarihin'ny mpiandraiki-draharaha isanisany, izay tendren'ny Biraon'ny Sekoly Alahady.

FIZARANA 3: Ny asan'ny mpiandraiki-draharahan'ny departemanta:

a. Mandrindra ny asan'ny mpampianatra ao anatin'ny departemanta
b. Mitarika ny fivorian'ny departemanta raha ilaina izany
c. Manamarina fa ny mpampianatra tsirairay ao anatin'ilay departemanta dia manana fandaharam-pianarana ilaina, ny loharanom-pahalalana fanampiny, ary ny fitaovana ampiasaina araka ny filàna
d. Miandraikitra ny fanafarana ny fandaharam-pampianarana sy ny fitaovana fampianarana ilain'ny departemanta (mandefa ny fanafarana any amin'ny mpitantsoratra miandraikitra izany)
e. Miara-miasa amin'ny talen'ny fandrindrana ny sokajin-taona ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady, mba hampiroborobo ny fisoratana anarana ho amin'ny Sekoly Alahady, hampitomboana ny isan'ny mpanatrika sy hametrahana fandaharan'asa voarindra.
f. Maneho amin'ny talen'ny fandrindrana ny sokajin-taona ny filàn'ny mpampianatry ny departemanta fiofanana mba haroso eo amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady.
g. Mihazona ny lisitra fisoratana anarana sy ny lisitry ny mpanatrika tsy tapaka ho an'ny departemanta ary mijery raha notsidihana matetika, ireo tsy tonga sy ireo tombanana ho tonga.
h. Miara-miasa amin'ny mpampianatra ao amin'ny departemanta mba hanaovana ny toeram-pampianarana hahasarika sy hifanentana amin'ny fampianarana.
i. Miandraikitra ny fitadiavana mpampianatra mpisolo toerana eo anivon'ny departemanta.

**ANDININY IV. NY MPAMPIANATRA**

FIZARANA 1. Ny mpiandraiki-draharaha sy ny mpampianatra ao amin'ny departemanta dia tendrena isan-taona araka ny andininy 145-8 ao amin'ny *Boky Torolàlana*.

FIZARANA 2. Na dia ny fanompoana mandritra ny taona iray manontolo aza no tena lafatra ho an'ny mpampianatra tsirairay dia tsara kokoa ny manendry mpampianatra ho amin'ny fe-potoana fohy kokoa amin'ny toe-javatra sasany.

FIZARANA 3. Raha misy fiviliana amin'ny foto-pampianarana, na fitondran-tena tsy mendrika, na fanaovana antsirambina ny andraikitra, dia azon'ny Biraon'ny Sekoly Alahady atao ny manambara fa banga ny toeran'ny tompon'andraikitra na mpampianatra manao izany araka ny andininy 145-8 ao amin'ny *Boky Torolàlana*.

FIZARANA 4. Ny mpampianatra Sekoly Alahady rehetra sy ireo mpisolo toerana dia tokony:

a. Manatrika ireo fivoriana fanao natokana ho an'ny mpampianatra sy ny mpiasa;
b. Mifandray tsy tapaka amin'ny mpianatra na olona tsy tonga, sy ireo olona tombanana ho tonga.
c. Manararaotra ny fiofanana rehetra misy
d. Manokana fotoana ahafahan'ny kilasy miombona am-piralahiana matetika
e. Mikajy ny toeram-pianarana mba hahasarika sy hifanentana amin'ny fampianarana.
f. Manomana mialoha ny lesona isan-kerinandro
g. Tsy manao ambanin-javatra ny fisokafan'ny mpianatra tsirairay ho amin'ny famonjena.

### ANDININY V. NY MPIANDRAIKITRA SY NY ANJARA ASANY

FIZARANA1 Ny mpitantana ny Sekoly Alahady dia fidiana isan-taona araka ny andininy 113.9-13.10 ary 127 ao amin'ny *Boky Torolàlana*. Ireto avy ny andraikiny:

a. Mitantana ny Sekoly Alahady eo ambany fitarihan'ny mpitandrina
b. Misolo tena ny sampana Sekoly Alahady amin'ny fivoriana isam-bolana ataon'ny biraom-piangonana
c. Mandrindra ny fivoriana ara-potoana natokana ho an'ny mpampianatra sy ny mpiasa
d. Manokatra varavaram-piofanana ho an'ny mpampianatra, ny mpisolo toerana sy ireo tombanana ho mpampianatra
e. Mampita ny lisitry ny andraikitry ny Sekoly Alahady sy ny vinavina paik'ady mba hampitomboana ny mpanatrika any amin'ny mpiasa rehetra
f. Manao tatitra ny statistika na ny antontan'isan'ny Sekoly Alahady any amin'ny filohan'ny zana-paritra isam-bolana.
g. Mandrisika ny mpanatrika (Sekoly Alahady) amin'ny fivorian'ny fampianarana Sekoly Alahady eo anivon'ny distrika sy ny sehatra iraisam-pirenena.

FIZARANA 2. Ny asan'ny talen'ny sokajin-taona dia voafaritra araka ny and 147.1-147.9 ao amin'ny *Boky Torolàlana*.

FIZARANA 3. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady dia tokony hifidy olona iray ho mpitan-tsoratry ny Sekoly Alahady. Izany olona izany dia handray an-tsoratra ny lisitry ny olona iandraiketana (fisoratana anarana), lisitry ny mpikambana tombanana ho tonga, lisitry ny asa fanitarana (fitoriana ny filazantsara), ny mpanatrika, ny mpitsidika sy izay antontan'isa mety ilaina ho an'ny Sekoly Alahady iray manontolo.

FIZARANA 4. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady dia tokony mifidy mpitahiry vola, handray an-tsoratra mazava sy hentitra ny vola fanatitra rehetra voaangon'ny Sekoly Alahady sy manome alalana ny vola mivoaka ho an'ny fandaniana araka ny tolo-kevitry ny birao. Misy tatitra isam-bolana omena ny mpitantana ny Sekoly Alahady.

FIZARANA 5. Ny Biraon'ny Sekoly Alahady dia tokony hifidy olona iray hiandraikitra ny fanafarana fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady sy izay mety ilain'ny talen'ny sokajin-taona na/sy mpiandraikitra ny departemanta. Io olona io no hisahana ny fizarana vaovao azo avy amin'ny Nazarene Publishing House (Trano famoaham-boky Nazareana) ho an'ny talen'ny sokajin-taona voakasik'izany, ary manomana ny komandy rehetra rehefa nahazo ny fankatoavan'ny mpitantana sy ny mpitandrina.

### ANDININY VI. NY FITANTANANA SY NY FITANDREMAN-DRAHARAHA

FIZARANA 1. Ny Sekoly Alahady dia eo ambany fiahian'ny mpitandrina, izay tompon'andraikitra manoloana ny biraom-piangonana eo an-toerana, ary eo ambany fitantanan'ny biraon'ny Sekoly Alahady sy eo ambany fitarihan'ny mpitantana sy ny talen'ny sokajin-taona tsirairay mivantana.

FIZARANA 2. Raha misy fiangonana mampiasa olona ho talen'ny fampianarana Kristiana matihanina ka maniry ny hifidy izany olona izany ho mpitantana ny Sekoly Alahady, dia toy izao ny fombafomba arahina:

a. Ny komity mpanolotra anarana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana dia tokony handroso tolo-kevitra any amin'ny fivoriana isan-taona fanaon'ny fiangonana fa tsy tokony hisy mpitantana ho fidiana ho amin'ny taom-piangonana ho avy, fa ilay olona miasa matihanina no ho mpitantana.
b. Ny mpivory dia tokony hanamafy ny fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny fifidianana lanian'ny maro an'isa.
c. Ilay olona mpiasa matihanina no ho lasa mpitantana ny Sekoly Alahady ary hanatrika ny fivorian'ny biraom-piangonana eo an-toerana mba hidinika ny tombontsoan'ny fampianarana Kristiana, fa kosa tsy ho anisan'ny mpikambana mifidy, araka izay voalaza ao amin'ny *Boky Torolàlana* 160.4.

Izany fombafomba izany ihany koa no arahina ho an'ireo olona matihanina mandray karama, izay nangataka ny ho talen'ny asa fanompoana amin'ny ankizy na amin'ny lehibe.

Tsara ny mampahafantatra fa fifanarahana tsy maharitra ihany ireo, ary ny tokony hiompanan'ny ezaka dia ny mba hanofanana sy hampitaovana mpitarika laika eo an-toerana mba handray ireo toerana ireo haingana araka izay azo atao.

FIZARANA 3. Raha misy mpitandrina ho an'ny ankizy, ho an'ny tanora na ho an'ny lehibe miasa ao amin'ny fiangonana iray, dia omen'ny mpitandrina ilay fiangonana ireo mpitandrina isan-tsokajin-taona ny fiandreketana ny ankizy, ny tanora ary ny lehibe, rehefa avy nifandinika tamin'ny biraom-piangonana, ny biraon'ny Sekoly Alahady, na ny filan-kevitry ny TIN ny mpitandrina ilay fiangonana. Amin'izay fotoana izay, ilay mpitandrina ho an'ny ankizy, ho an'ny tanora na ho an'ny lehibe dia misahana ny sasany amin'ireo andraikitra voatondro ataon'ny talen'ny ankizy eo an-toerana, ny filohan'ny TIN na ny talen'ny lehibe. Na izany aza dia mitoetra ihany ny lanjan'ny talen'ny ankizy eo an-toerana, ny filohan'ny TIN na ny talen'ny lehibe mba hanomezana fitarihana laika, fanohanana sy ny fisoloantena ho an'ireo asa fanompoana amin'ny ankizy eo an-toerana, amin'ny tanora ary amin'ny lehibe. Ny mpitandrina, ny mpitandrina ho an'ny ankizy, tanora sy ny lehibe, ny Biraon'ny Sekoly Alahady na ny filan-kevitry ny TIN dia miara-miasa mba hamaritra tsara ny asa aman'andraikitr'ireo olona telo ireo, sy ny fomba atao ho an'ny tombontsoan'ireo asa fanompoana isan-tsokajin-taona.

## ANDININY VII. NY FIVORIANA

FIZARANA 1. Fivorian'ny Sekoly Alahady amin'ny distrika. Tena zava-dehibe tokoa ny fananan'ny tsirairay fivorian'ny Sekoly Alahady isan-taona, mba hanomezana aingam-panahy, famporisihana, ary fiofanana ho an'ny mpiasa rehetra eo anivon'ny Sekoly Alahady. Ny fampandrosoana ny Sekoly Alahady dia tokony hivoatra isaky ny misy fivoriana.

a. Ireto avy ny mpikambana avy hatrany ao amin'ny fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika: ny mpitantana ny distrika; ny mpitandrina rehetra, ireo mpanompo efa notokanana sady manana andraikitra, ireo mpanompo nahazo alalana avy amin'ny distrika, ireo mpanompo nanana andraikitra efa nisotro ronono, ny mpanampy

matihanina, ny lehiben'ny Sekoly Alahady amin'ny distrika, sy ny mpitantana ny Sekoly Alahady eo an-toerana vao avy nofidiana mialoha ny fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny distrika ary efa mandray ny asany, ny talen'ny ankizy sy ny talen'ny lehibe rehetra eo an-toerana sy eo amin'ny distrika, ny filohan'ny TIN ao amin'ny distrika sy ireo filohan'ny TIN rehetra eo an-toerana; ireo mpikambana voafidy ho ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahady; mpikambana laika ao amin'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika, ary izay mpampianatra matihanina Nazareana amin'ny fampianarana Kristiana sady mpikambana ao amin'ilay distrika.

b. Mandritry ny fivoriana isan-taona ataon'ny fiangonana no hifidianan'ny Sekoly Alahady eo an-toerana ireo solontena fanampiny ho any amin'ny Fivoriana isan-taona, ka ny 25% amin'ny mpiandraikitra sy mpampianatra Sekoly Alahady ireo solontena ireo (Andalana 24, TIAM).
c. Ny Biraon'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika no misahana ny andraikitry ny komity mpanolotra, ka mifantina avo roa heny ny isan'ny atolotra izay tsy maintsy fidian'ny maro an'isa vao lany. Ireo olona atolotra ireo dia tokony ho mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, sy mpandray anjara mavitrika amin'ny iray amin'ny asa fanompoana ataon'ny sampana Sekoly Alahady, ary tokony ho voafantina avy tamin'ireo sokajin-taona isan-karazany (olona miasa amin'ny ankizy, amin'ny tanora, amin'ny lehibe). Raha misy tsy fahafahan'ny solontena voafidy dia hisy ny fanendrena mpisolo toerana araka ny vato azo.
d. Ny solontena ho any amin'ny fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika dia afaka mifidy izay ho filohan'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika sy ny mpikambana ho ao amin'ny Biraon'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika, araka ny andininy 239 ao amin'ny *Boky Torolàlana*, ary ny ho solontena any amin'ny sampana Sekoly Alahady iraisam-pirenena fanao isaky ny efa-taona.

FIZARANA 2. Fivoriamben'ny sampana Sekoly Alahady

Ny Sekoly Alahady koa dia manao fivoriambe izay mifampitohy amin'ny fihaonambe iraisam-pirenena tsirairay. Ny solontena voafidy (sy ny vahiny nasaina) dia hihaona ka ny tanjona amin'izany dia ny hitondrana aingam-panahy, hery mandrisika, ary koa fiofanana mba hampitaovana sy hanatevenana ny faharisihana amin'ny fanantanterahana ny iraka sy ny tanjon'ny Sekoly Alahady maneran-tany.

a. Ireto avy ireo mpikambana avy hatrany ao amin'ny Fivoriamben'ny Sekoly Alahady: ireo mpitantana ny distrika, filohan'ny Sekoly Alahadin'ny distrika, talen'ny asa fanompoana amin'ny ankizy sy ny lehibe ao amin'ny distrika, ny mpampianatra amin'ny fampianarana Kristiana any amin'ny kolejy oniversité sy seminera (zaika) Nazareana ary ny tale sy ny mpiasan'ny Departemantan'ny Sekoly Alahady Foibe.
b. Ny distrika tsirairay avy dia mifidy solontena fanampiny efatra izay marihina fa mitovy isa amin'ireo mpikambana avy amin'ny distrika na isa mifandraika amin'ny 1% amin'ny mpitarika ny Sekoly Alahadin'ny distrika, amin'izay isa ambony indrindra
c. Toy izao manaraka izao no toromarika arahina rehefa hifidy ny solontena ho any amin'ny fivoriamben'ny sampana Sekoly Alahady Iraisam-pirenena:
    1. Ny Komity Mpanolotra dia ahitana ny mpitantana ny distrika, ny filohan'ny sampana Sekoly Alahady ao amin'ny distrika, ary farafahakeliny olona 3 notendren'ny Biraon'ny Sekoly Alahadin'ny distrika. Tokony atao avo 3 heny ny isan'olona atolotra izay fantenana mba hofidiana.

2. Ny Fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny distrika dia tokony hifidy solontena sy mpandimby toerana amin'ny isa mitovy avy amin'ireo asa fanompoana Sekoly Alahady rehetra (tafiditra ao ny mpiasa/ mpampianatra Sekoly Alahady ho an'ny tanora). Ireo izay voafidy dia tokony ho olona mandray anjara mavitrika amin'ny sehatr'asa naha-voafidy azy avy. Tokony ho tafiditra ao anatin'ny isan'ny mpisolo toerana voafidy ny mpisolo toerana hisolo ireo mpikambana avy hatrany. Ireo olona nofidiana ho solontena any amin'ny fivoriamben'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana na ny fivoriamben'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana dia tsy tokony ho fidiana intsony, satria miaraka atao amin'ny fotoana mitovy ireo fivoriana ireo.
3. Ny solontena dia fidiana amin'ny latsabato miafina mandritry ny fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny Distrika, ka tokony ao anatin'ny 16 volana mialoha ny fivoriambe na 24 volana no anaovana izany ho an'ireo toerana izay mila fahazoan-dalana mivezivezy na mila fiomanana manokana.
4. Araka izay azo atao dia mifidy laika sy olona mpitondra fivavahana amin'ny isa mitovy– 50% olona laika ary ny 50% dia mpanompo matihanina mavitrika, loholona na mpanompo nahazo alalana. Raha toa ka tsy mitovy ny totalin'isa dia tokony ho olona laika ilay solontena fanampiny.
5. Ireo mpitarika ny Sekoly Alahady eo amin'ny distrika am-perin'asa vao avy nofidiana mialoha ny fivoriambe iraisam-pirenena ka efa mandray ny andraikiny amin'io fotoanan'ny fivoriambe dia ho mpikambana avy hatrany amin'ny fivoriambe.
6. Ireo solontena voafidy sy mpikambana avy hatrany tonga manatrika ny fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny distrika dia azo fidiana ho isan'ny solontena any amin'ny fivoriamben'ny sampana Sekoly Alahady.
7. Latsabato andraisan'ny daholo be anjara dia ampy ho an'ny fifidianana.
8. Raha tsy afaka manatrika ny fivoriana ny solontena voafidy, dia hisy fanendrena mpisolo toerana araka ny isam-bato azony.
9. Amin'ny fotoana hanaovana ny Fivoriamben'ny Sekoly Alahady dia tokony ho mponina sy mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eo amin'ny distrika nahavoafidy azy ho solontena ireo solontena tsirairay. (Tsy mihatra izany ho an'ireo izay mitoetra eo akaiky ny faritra ny distrika, ka ny toeram-ponenany dia mety any ivelan'ny faritry ny distrika misy ny fiangonana andehanany).
10. Raha tsy zakan'ny distrika ny fiantohana ara-bola ireo solontena rehetra ho any amin'ny Fivoriamben'ny Sampana Sekoly Alahady araka ny nifanarahana, dia azon'ny Biraon'ny Sekoly Alahady atao ny mifidy isan'olona izay zakan'ny distrika.
11. Ny solontena izay manatrika ny fivoriana dia tokony omen'ny distrika vola mitovy amin'izay omeny ny solontena ho any amin'ny fivorian'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana sy fivorian'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana.
12. Raha tsy vita nandritry ny Fivorian'ny Sekoly Alahadin'ny distrika ny fifidianana izay ho solontena ho any amin'ny Fivoriamben'ny Sampana Sekoly Alahady dia fidiana mandritry ny Fihaonan'ny Distrika ireo solontena ireo.

**ANDININY VIII. FANITSIANA**

Ireo sata ireo dia azo ahitsy amin'ny alalan'ny fifidianana anjakan'ny maro an'isa amin'ny mpikambana ao amin'ny Birao Foibe tonga manatrika sy mifidy.

FIZARANA IX

# Taratasy hofenoina

**NY FIANGONANA EO AN-TOERANA**

**NY FIHAONAN'NY DISTRIKA**

**NY TARATASIM-PIAMPANGANA**

TOKO I

## 813. NY FIANGONANA EO AN-TOERANA.

**813.1. Fangatahana any amin'ny Fihaonan'ny Distrika***

(Fenoina isan-taona ho an'ireo mpanompo nahazo alalana avy amin'ny distrika) (*Hamarino ny birao mifandraika aminy*.)

- ❑ Ny Biraom-piangonana ao_________________________________
- ❑ Ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrikan'i (araka ny *Boky Torolàlana* 222.10) _____________dia mangataka ny (Birao Mpanome alalana ho amin'ny asa fanompoana) fihaonan'ny distrika hanome an'i__________________________
  - ❑ **Fahazoan-dalana hanao asa fanompoana ao amin'ny Distrika**
  - ❑ **Fanavaozana ny fahazoan-dalana hanao asa fanompoana ao amin'ny Distrika**
  - ❑ **Fanavaozana ny Fahazoan-dalana ho Dorkasy**
  - ❑ **Fanavaozana ny Fahazoan-dalana ho Talen'ny Fampianarana Kristiana**

**Fanamarinana ny Anjara Asa Fanompoana (*Boky Torolàlana* 402-423)**

- ❑ **MFK–Mpanompo amin'ny Fanabeazana Kristiana**
- ❑ **FAN–Fanabeazana** (ampiasaina raha hiditra ho anisan'ny mpiandraiki-draharaha na mpampianatra amin'ny iray amin'ireo toeram-pampianaran'ny Fiangonan'ny Nazareana)
- ❑ **EVV–Evanjelistra, Voasoratra** (manokana ny fotoanany mivezivezy sy mitory ny filazantsara ho asa fanompoana voalohany, mamporisika ny fifohazam-panahy sy ny fampielezana ny filazantsara manerana ny tany)
- ❑ **MIS–Misionera** (notendren'ny Birao Foibe mba hanao asa fanompoana ho an'ny fiangonana amin'ny alalan'ny Komitin'ny Iraka Manerantany na amin'ny alalan'ny komitin'ny fitoriana Filazantsara /Iraka ho an'i Kanada /Etazonia)
- ❑ **AFMH na AFT–Asa fitandremana matihanina na an-tselika** (Mpitandrina mpanampy manao asa fitandremana mifandray amin'ny fiangonana iray, amin'ny sehatr'asam-panompoana manokana izay ekena sy ankatoavin'ny ambaratongam-pitondrana manohana sy manome alalana)
- ❑ **MKV–Mpitory an-kira Voasoratra** (manokana ny ankabeazan'ny fotoanany ho an'ny fitoriana filazantsara amin'ny alalan'ny mozika ho toy ny vaindohan-draharaha.)
- ❑ **AFM Asa Fanompoana Manokana /Ivelan'ny Fiangonan'ny Nazareana** (miasa amin'ny fomba tena hafa, izay tokony hankatoavin'ny fihaonan'ny distrika raha aroson'ny Birao Mpanolo-tsaina ny Distrika na ny Birao Mpanome Alalana ho amin'ny Asa Fanompoana)
- ❑ **MPI–Mpianatra**
- ❑ **TMA–Tsy manana andraikitra**

Avereno jerena indray ireo fepetra kely indrindra ilaina ho an'ny fanokanana (*Boky Torolàlana* 428.3, 429.3) sy ireo fomba arahina mba haha-ôfisialy ny fifandraisana amin'ireo olona mandray na tsy mandray karama. (*Boky Torolàlana* 160-60.3) Tena zava-dehibe izany ho an'ny fanaovana sy firaketana ny tantaran'olona iray eo amin'ny anjara asa fanompoana.

* Ity takelaka hofenoina ity dia azo ampiasaina amin'ny zavatra maro samihafa. Azafady mariho ny lohateny ampiasana azy, ary tondroy mazava ny asa fanompoana hanaovana ny fanamarinana

Raha misy fanendrena ankoatran'ny MPI sy TMA voalaza etsy ambony, dia lazalazao ny toerana teo aloha nisy an'ilay olona hofidiana, araka ny fankatoavan'ny biraom-piangonana sy ny mpitantana ny distrika. ______________________________________________

______________________________________________

______________________________________________

Izahay dia manamarina fa____________________________(anaran'ilay mpirotsaka) dia nahafeno ny fepetra rehetra ilaina ho amin'izany fangatahana izany.
Araka ny fifidianana nataon'ny birao androany faha__________ (daty), sy ny nandraisana ny taratasy fahazoan-dalana avy amin'ny mpitantana ny distrika androany faha ________ (daty).

______________________________________________

Ny filoha

______________________________________________

Ny mpitan-tsoratra

Araka ny______________ Tatitra________________Fepetra raisina________________

**813.2 Fanamarinam-pahamendrehana**

Izaho izay manao sonia eto ambany dia manamarina fa ____________________ ______________________ dia mpikambana teto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eto ________________hatramin'ny datin'ny andro androany, ary noho izany dia mendrika ny fitokisana Kristiana izy amin'ireo rehetra izay hampisehoana ity taratasy fanamarinana ity.

______________________________________________

Ny mpitandrina

Daty _____________________, ___________ (taona)

FANAMARIHANA: Rehefa naharay ny taratasy fanamarinam-pahamendrehana ny olona iray,dia mitsahatra avy hatrany ny maha mpikambana azy ao amin'ny fiangonana eo an-toerana nanome ilay taratasy fanamarinana (111.1)

**813.3. Taratasy fijanonana**

Izaho izay manao sonia eto ambany dia manamarina fa _____________ ___________________dia mpikambana teto amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eto _____________hatramin'ny datin'ny andro androany, ary dia omena azy ity taratasy fijanonana ity araka ny fangatahiny.

______________________________________________

Ny mpitandrina

Daty _____________________, ___________ (taona)

FANAMARIHANA: Mitsahatra avy hatrany ny maha mpikambana raha vao maharay ny taratasy fijanonana. (112.2)

### 813.4 Taratasy Fifindran'ny mpikambana

Izaho izay manao sonia eto ambany dia manamarina fa______________ ____________________dia mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana eto _______________, ary araka ny fangatahiny dia hifindra any amin'ny Fiangonan'ny Nazareana any_________________.ao anatin'ny distrikan'i _________________ izy.

Rehefa milaza ilay fiangonana mandray fa voarainy ity taratasy fifindrana ity dia mitsahatra tsy ho mpikambana ao amin'ny fiangonana nisy azy teo aloha intsony ilay olona voakasik'izany.

________________________________________________________________________________

Ny mpitandrina

________________________________________________________________________________

Adiresy

Daty______________________________________________________________

FANAMARIHANA: mandritry ny 3 volana ihany no manankery ny taratasy fifindrana. (111)

### 813.5 Fanekem-pifindrana

Izaho izay manao sonia eto ambany dia manamarina fa___________________________ dia noraisin'ny Fiangonan'ny Nazareana eto _________________________________ ho isan'ny mpikambana ao aminy manomboka ny vanin'andro anio, ____________________________ (sy taona).

________________________________________________________________________________

Ny mpitandrina

________________________________________________________________________________

Adiresy

**FANAMARIHANA: Ny fiangonana eo an-toerana ihany dia afaka manome ny taratasy hofenoina 813.2,813.4 ary 813.5 araka izay ilaina.**

### 813.6 Fahazoan-dalana ho an'ny mpanompo eo an-toerana*

IZAHAY IZAY MANAO SONIA EO AMBANY DIA MANAMARINA fa ______________ ___________________dia mahazo alalana ho mpanompo eo an-toerana ao amin'Ny Fiangonan'ny Nazareana mandritry ny herin-taona, raha hita fa mifanaraka amin'ny filazantsaran'i Kristy ny toe-panahy sy ny fitondran-tenany, ary mifanaraka amin'ny fampianarana ambaran'ny Soratra Masina araka izay eken'ilay fiangonana voalaza ny fampianarany.

Amin'ny anaran'ny Biraom-piangonan'ny Nazareana eto ____________________.

Natao androany________________________teto____________________

________________________________________________________________________________

* Azo alaina any amin'ny trano famoaham-bokin'ny Nazareana.

Ny mpitantsoratra

TOKO II

## 814. NY FIHAONAN'NY DISTRIKA

Ny taratasy ôfisialy ho an'ny distrika dia azo alaina any amin'ny Sekretera Jeneraly, 6401 The Paseo, Kansas City, MO 64131-1213, U.S.A.

TOKO III

## 815.NY TARATASIM-PIAMPANGANA

### Fizarana 1. Amin'ny fitsarana mpikambana iray ao amin'ny Fiangonana

### Fizarana 2. Amin'ny fitsarana mpanompo efa notokanana

### Fizarana 3. Amin'ny fitsarana mpanompo manana fahazoan-dalana

Ny taratasim-piampangana dia azo alaina any amin'ny Sekretera Jeneraly, 6401.The Paseo, Kansas City, MO 64131-1213, U.S.A.

FIZARANA X

# Fanampiny

**NY MPIANDRAIKI-DRAHARAHA FOIBE**

**NY BIRAO MPITANTANA, NY FILAN-KEVITRA SY NY TOERAM-PANABEAZANA**

**NY FITSIPIKA ARA-PITANTANANA**

**NY ADI-HEVITRA ARA-MORALY SY ARA-TSOSIALY MISY ANKEHITRINY**

TOKO I

## 900 NY MPIANDRAIKI-DRAHARAHA FOIBE

### 900.1 Ireo Mpitantana Foibe

James H. Diehl
Paul G. Cunningham
Jerry D. Porter
Jesse C. Middendorf
Nina G. Gunter
J. K. Warrick

### Ireo Mpitantana Foibe amim-boninahitra sy efa misotro ronono

Orville W. Jenkins, amim-boninahitra
William M. Greathouse, amim-boninahitra
Eugene L. Stowe, amim-boninahitra
Raymond W. Hurn, amim-boninahitra
Jerald D. Johnson, amim-boninahitra
Donald D. Owens, amim-boninahitra
John A. Knight, amim-boninahitra
William J. Prince, amim-boninahitra
Jim L. Bond, amim-boninahitra
W.Talmadge Johnson, amim-boninahitra

### 900.2. Ny Sekretera Jeneraly

Jack Stone

### 900.3. Ny Mpitahiry Vola Foibe

Marilyn J. McCool

FOIBEM-PITONDRANA IRAISAM-PIRENENA
6401 THE PASEO
KANSAS CITY, MO 64131-1213
U.S.A.

TOKO II

## 901. NY BIRAO MPITANTANA, NY FILAN-KEVITRA, NY TOERAM-PANABEAZANA

### 901.1. NY BIRAO FOIBE

MPIKAMBANA ISAM-PARITRA

| **Mpanompo** | **Laika** |
|---|---|
| *Faritra Afrika* | |
| Emmanuel David Lima Araujo | Stanley Bhebhe |
| Collen Smith Magagula | Jafete Alberto Mabote |
| Timothy Mogorosi | Mecildes Tavares |
| *Faritra Azia-Pasifika* | |
| Andrew Moime | Graeme Sheppard |
| *Faritra Kanada* | |
| D. Ian Fitzpatrick | Hugh Hawthorne |
| *Faritra Karaiba* | |
| Victor George | Carmen Luisa Checo Acosta |
| Raul Puig | William H. Woolford |
| *Faritra Etazonia Afovoany* | |
| Ted R. Lee | John O. Dickey, Sr. |
| *Faritra Etazonia Afovoany Atsinanana* | |
| Eddie Estep | James Couchenour, Sr. |
| *Faritra Etazonia Atsinanana* | |
| Jossie E. Owens | Jan Lanham |
| *Faritra Eoropa sy Azia* | |
| Hans-Guenter Mohn | Paul D. Tarrant |
| *Faritra Meksika sy Amerika Afovoany* | |
| Marcos Joel Galicia Rodriguez | Juan Alfonso Cienega R. |
| Danilo Solis | Ana Maria Crocker de Diaz |
| *Farika Etazonia Avaratra Afovoany* | |
| Edmond P. Nash | Larry McIntire |
| *Farika Etazonia Avaratra Andrefana* | |
| Randy J. Craker | Bob Helstrom |

*Faritra Amerika Atsimo*

Amadeu Aparecido Teixeira
Flavio Valvassoura
Haroldo Millet Neves
Oswaldo Quispe T.

*Faritra Etazonia Atsimo Afovoany*

Duane E. Srader
Ron Mercer

*Faritra Etazonia Atsimo Atsinanana*

Larry D. Dennis
Gary A. Henecke
Charles Davis
DennisMoore

*Faritra Etazonia Andrefana*

John H. Calhoun
Dan.W.Spaite

*Fanabeazana*

John Bowling
Loren Gresham

*Iraka Iraisam-pirenena Nazarean*a

Eunice Brubaker

*Tanora Iraisam-pirenena Nazareana*

Mark E. Holcomb

**901.2. Fitsarana Ambony Foibe**

David Wilson, filoha
Jossie Owens
Tim Stearman
Dan Boone, mpitantsoratra
Duane Srader

**901.3 Filan-kevitry ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana (TIN)**

***Filan-kevitry ny TIN Maneran-tany***

Gary Hartke, Talen'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana
Monte Cyr, *Filoha* (Afrika, Mpandrindram-paritra)
Mark Holcomb, *Filoha Lefitra* (Etazonia/Kanada, Filoham-paritra)
Ronald Miller, Afrika (Filoham-paritra)
Dave Harris, Azia-Pasifika (Filoham-paritra)
Rudolph Prescod, Karaiba (Filoham-paritra)
Tim Evans, Eoropa sy Azia (Filoham-paritra)
Josue Jimenez, Meksika sy Amerika afovoany (Filoham-paritra)
Ed Belzer, Etazonia/Kanada (Filoham-paritra)
Danny Dyer, Etazonia/Kanada (Filoham-paritra)
Paul Coy, Azia-Pasifika (Mpandrindram-paritra)
Eduardo Donath, Karaiba (mpandrindram-paritra)
Sabine Wielk, Eoropa sy Azia (Mpandrindram-paritra)
David Gonzalez Perez, Meksika sy Amerika afovoany (Mpandrindram-paritra)

Timothy McKeithen, Amerika atsimo (Mpandrindram-paritra)
Dave Curtiss, Mpandrindram-paritr'i Etazonia /Kanada
Jennifer Wilson, Solontenan'ny Tanora zandriny
Johanna Radziszewski, Solontenan'ny Tanora zokiny
Simone Finney, Solontenan'ny Tanora lehibe

***Filan-kevitr'i Etazonia / Kanada***

Gary Hartke, talen'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana
Dave Curtiss, Mpandrindram-paritr'i Etazonia/Kanada
Mark Holcomb, *Filoha* (Etazonia afovoany)
Danny Dyer, *Filoha Lefitra* (Etazonia atsimo afovoany)
Ed Belzer, Mpitantsoratra (Etazonia avaratra andrefana)
Pat Wiens, Kanada
Roger Bonzo, Etazonia atsinanana afovoany
James Heyward, Etazonia atsinanana
Brian Smith, Etazonia avaratra afovoany
Mickael Jonhson, Etazonia atsimo atsinanana
Charles Brodhead, Etazonia atsimo andrefana
Jennifer Wilson, Solontenan'ny Tanora zandriny
Carissa Ulmet, Solontenan'ny Tanora zokiny
Simone Finney, Solontenan'ny Tanora lehibe

Ny Mpitantana Foibe voatendry miadidy (Mpanolo-tsaina)

**901.4. Filan-kevitry ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana Foibe (IIN)**

Dr Daniel D. Ketchum, *Tale Jeneraly*
Rev. Eunice Brubaker, *Filoha*
Rtoa Esther Ribisi, Faritra Afrika
Rtoa Raquel Fausto, Faritra Eoropa sy Azia
Rtoa Elizabeth Wall, Faritra Kanada
Rtoa Jennifer Brown, Faritra Karaiba
Rev. Carol Techau, Faritra Etazonia Afovoany
Rtoa Geraldine Perry, Faritra Etazonia Atsinanana
Dr Philip Weatherill, Faritra Eoropa sy Azia
Sra. Ana Maria Crocker de Diaz, Faritra Meksika sy Amerika Afovoany
Rtoa Susan Dillow, Faritra Etazonia Avaratra Afovoany
Atoa Bob Shea, Faritra Etazonia Avaratra andrefana
Rev. Marcos Vinicio Pedrosa Monteiro, Faritra Amerika Atsimo
Atoa Wes Harper, Faritra Etazonia Atsimo Afovoany
Rtoa Carol Anne Eby, Faritra Etazonia Atsimo Atsinanana
Rev. Theron Friberg, Faritra Etazonia Atsimo Andrefana
Dr Louie E. Bustle, Talen'ny Departemanta ny Iraka Manerantany

Ny Mpitantana Foibe voatendry miadidy (Mpanolontsaina)

**901.5. Rafitra Nazareana ho an'ny Fampianarana Ambony**

FILAN-KEVIM-PANABEAZANA AMBONY IRAISAM-PIRENENA

*Faritra Afrika*

Africa Nazarene School of Extension
  Nairobi, Kenya
Africa Nazarene University
  Nairobi, Kenya
Institut Biblique Nazaréen
  Abidjan, Côte d'Ivoire
Nazarene College of Education
  Manzini, Swaziland
Nazarene College of Nursing
  Manzini, Swaziland
Nazarene College of Theology
  Siteki, Swaziland
Nazarene Theological College
  Honeydew, Afrique du Sud
Nazarene Theological College of Central Africa
  Lilongwe, Malawi
Nigeria Nazarene Theological College
  Abak, Akwa Ibom State, Nigeria
Seminario Nazareno em Mozambique
  Maputo, Mozambique

*Faritra Azia-Pasifika*

Asia-Pacific Nazarene Theological Seminary
  Manila, Philippines
Indonesia Nazarene Theological College
  Yogyakarta, Indonesia
Japan Christian Junior College
  Chiba Shi, Japon
Japan Nazarene Theological Seminary
  Tokyo, Japon
Korea Nazarene University
  Chonan City, Choong Nam, Corée du Sud
Luzon Nazarene Bible College
  Baguio, Philippines
Melanesia Nazarene Bible College
  Mount Hagen, Papouasie-Nouvelle-Guinée
Nazarene Theological College
  Thornlands, Queensland, Australie
South Pacific Nazarene Theological College
  Suva, Fiji
Southeast Asia Nazarene Bible College
  Mae Taeng, Chiang Mai, Thaïlande

Taiwan Nazarene Theological College
Peitou, Taiwan, Chine
Visayan Nazarene Bible College
Cebu, Philippines

*Faritra Karaiba*

Caribbean Nazarene College
Santa Cruz, Trinidad
Séminaire Théologique Nazaréen d'Haïti
Péton-Ville, Haïti
Seminario Nazareno Dominicano
Santo Domingo, République Dominicaine
Seminario Teologico Nazareno Cubano
Habana, Cuba

*Faritra Eoropa sy Azia*

CIS Education Centers
Moscow, Russia
Eastern Mediterranean Nazarene Bible College
Beirut, Lebanon
European Nazarene College
Busingen, Suisse
Nazarene Nurses Training College
Washim, Maharashtra, Inde
Nazarene Theological College
Manchester, Angleterre
South Asia Nazarene Bible College
Bangalore, Karnataka, Inde

*Meksika sy Amerika afovoany*

Instituto Biblico Nazareno
Coban, Guatemala
Seminario Nazareno de las Americas
San Jose, Costa Rica
Seminario Teologico Nazareno de Guatemala
Guatemala City, Guatemala

*Faritra Amerika atsimo*

Seminario Biblico Nazareno
Campinas, Brésil
Facultad Teologico Nazareno
Campinas, Brésil
Instituto Biblico Nazareno
Bagua Chica Amazonas, Pérou
Seminario Biblico Nazareno

Santiago, Chile
Seminario Biblico Nazareno
Chiclayo, Pérou
Seminario Teologico Nazareno de Bolivia
LaPaz, Bolivie
Seminario Teologico Del Cono Sur
Buenos Aires, Argentine
Seminario Teologico Nazareno Sudamericano
Quito, Equateur

*Etazonia sy Kanada*

Canadian Nazarene University College
Calgary, Alberta, Kanada
Eastern Nazarene College
Quincy, Massachusetts, Etazonia
MidAmerica Nazarene University
Olathe, Kansas, Etazonia
Mount Vernon Nazarene University
Mount Vernon, Ohio, Etazonia

Nazarene Bible College
Colorado Springs, Colorado, Etazonia
Nazarene Theological Seminary
Kansas City, Missouri, Etazonia
Northwest Nazarene University
Nampa, Idaho, Etazonia
Olivet Nazarene University
Bourbonnais, Illinois, Etazonia
Point Loma Nazarene University
San Diego, California, Etazonia
Southern Nazarene University
Bethany, Oklahoma, Etazonia
Trevecca Nazarene University
Nashville, Tennessee, Etazonia

TOKO III

## 902. NY FITSIPI-PITANTANANA

### 902.1. Fanomezana avy amin'ny zana-bola

Ny Birao Foibe sy ny sokajin-draharahan'ny fiangonana dia voarara tsy hampiasa ireo fanomezana avy amin'ny zana-bola raha tsy efa tonga fananany amin'ny alalan'ny fahafatesan'ny mpampisambotra izany. Ny fanomezana toy izany dia tokony hampidirina amin'ireo vola fantatra izay eken'ny fitsarana ao amin'ilay firenena ho vola atokana (2005).

### 902.2. TROSA

Tsy misy sokajin-draharaha mahazo miditra trosa noho ny fanomezan-toky. Ny fampantenana fanomezana dia tsy azo raisina ho toy ny reni-vola miasa. (2005)

### 902.3. Fikambanana Mampiely Baiboly

*(1) Fikambanana Mampiely Baiboly nahazo fankatoavana*

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manindry fa ny Baiboly dia fanambarana an'Andriamanitra voasoratra, mino isika fa io ihany no hany fitaovana mahomby ahazoana mitarika mpanara-dia vaovao an'i Jesosy Kristy, ary satria misy tsy mitsaha-mitombo ny filàna ny bokin'ny Soratra Masina, dia tokony ho vahana ny olana, ka

Voalohany, ny fivoriambe dia tokony haneho ny fankatoavany sy ny fankasitrahany tanteraka ireo asa tanterahin'ireo Fikambanana Mampiely Baiboly Miray manerana izao tontolo izao.

Faharoa, isika dia miandany amin'ny fitandremana ny Alahadin'ny Baiboly Maneran-tany, ka mampisongadina amin'io andro io ny toeran'ny Soratra Masina eo amin'ny fiainan'ny Kristiana.

Fahatelo, ny Fihaonambe dia tokony hanome alalana ny sekretera jeneraly sy ny talen'ny Departemantan'ny fampianarana Sekoly Alahady, na ireo hafa izay mety ho voatendry mba hanatrika ny fivoriana isan-taona ataon'ny Filan-kevitry ny Mpanolo-tsaina ny Fikambanana Mampiely Baiboly Amerikana atao isaky ny volana Desambra any amin'ny Trano Fanontana Baiboly any New york, mandritra ny efa-taona manaraka.

*(2) Fanatitra ho an'ny Fikambanana Mampiely Baiboly.*

*Tapaka*, fa Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manokana ny Alahady faharoa amin'ny volana Desambra, ho fotoana iray miavaka mba hanehoana ity resaka manan-danja ity sy hanaovana fanatitra ho an'ny Fikambanana Mampiely Baiboly ao amin'ny firenena tsirairay. Ny Fikambanana Mampiely Baiboly voafidy dia tokony ho mpikambana (eo an-dalana na feno) ao amin'ny fiombonan'ny Fikambanana Mampiely Baiboly Miray Maneran-tany, na raha tsy misy fikambanana mpikambana, dia manondro Fikambanana Mampiely Baiboly iray hafa ny distrika, tokony atao ezaka manokana koa ny famporisihana ny fiangonantsika handray anjara amin'izany (2005).

FANAMARIHANA: Mazava araka izany fa ny fiangonantsika any "Ecosse" dia mandefa ny fandraisany anjara ho an'ny Fikambanana Mampiely Baibolim-pirenena any Ecosse, ny an'ny fiangonana any Angletera dia mankany amin'ny Fikambanana Mampiely Baiboly britanika sy vahiny; ary ny an'ny fiangonana any Kanada dia mankany amin'ny Fikambanana Mampiely Baiboly kanadianina. Ny fiangonana any Etazonia dia mandefa ny fandraisany

anjara any amin'ny foibentsika iraisam-pirenena, 6401 The Paseo, Kansas City, Missouri 64131-1213, ho fanohanana ny Fikambanana Mampiely Baiboly Amerikana.

### 902.4 Teatra

SATRIA misy loza mananontanona ny amin'ny famokarana teatra be loatra eo anivon'ny sekoly sy oniversite-ntsika, koa dia:

*Tapaka*, fa ho ferana tsara ny fanaovana izany ary ho tsindrina hatrany ny fitaizam-panahy izay mitondra any amin'ny traikefa Kristiana mafy tsara. (1997)

### 902.5. Fanapahan-kevitra ny amin'ny fanontana ny *Boky Torolàlana*

*Tapaka* fa ny mpikambana ao amin'ny komitin'ny fanontana ny *Boky Torolàlana* izay tendren'ny biraon'ny mpitantana foibe no ho Komitin'ny Fanontana ny *Boky Torolàlana*, ary ambonin'izany,

*Tapaka* koa fa ny Komitin'ny Fanontana ny *Boky Torolàlana* dia omena alalana handravona ny teny mifanohitra izay mety ho hita ao amin'ny firaiketana ny amin'ny zavatra rehetra natao nandritry ny fivoriambe faha-26 mikasika ny fanitsiana tao amin'ny *Boky Torolàlana*; ary koa afaka manao fanovàna ny ao anatin'ny *Boky Torolàlana* kanefa kosa tsy manova ny hevitra raketiny, ary ambon'izany koa afaka manao fanitsiana ny firafitry ny rijan-teny vao avy nolaniana saingy tsy manova ny heviny.

Araka izany ny Komitin'ny Fanontana ny *Boky Torolàlana* dia afaka manolo ireo teny sarotra na fomba fiteny mety hiteraka fifandisoan-kevitra amin'ny fomba fiteny mora azo, mamerina mijery ny fanisana ny toko, ny andalana, ary ireo fizarana hafa ao amin'ny *Boky Torolàlana* izay mifanaraka tsara amin'ny fanapahan-kevitra noraisina nandritry ny fivoriambe faha-26.

Ankoatr'izany dia tapaka fa ho andraikitry ny Komitin'ny Fanontana ny *Boky Torolàlana* ny fanaraha-maso ireo fandikana ny *Boky Torolàlana* rehetra amin'ny fiteny hafa. (2005)

### 902.6. Fanitsiana ny fanampiny ao amin'ny *Boky Torolàlana*

Ny zavatra resahana tsy nasiam-panovana ao anatin'ny toko faha-III sy faha IV amin'ny fanampiny mandritry ny taona 4 intelo misesy (12 taona) ka tsy misy fiheverana manokana dia ampitain'ny Komity Mpanomana any amin'ny komitin'ny Fihaonambe misahana izany mba hodinihina ka raisina ho toy ny hevitra tapaka tao amin'ny Fihaonambe. (2001)

### 902.7. Faharetan'ny Komity

Rehefa mety ho komity najoro noho ny filàna manokana, raha tsy ohatra angaha ka voatondro mazava any an-toeran-kafa, dia hitsahatra amin'ny asany amin'ny fihaonambe manaraka. (2005)

### 902.8. Lahasan'ny Fihaonambe.

(Nalaina avy tamin'ny *Boky Toromarika ho an'ny Solontena 2005*)

TOLO-KEVITRA SY FANGATAHANA

**Fitsipika 26. Fanolorana.** Ny fihaonan'ny distrika, komity iray nahazo alalana tamin'ny fihaonan'ny distrika, ny filankevi-paritra, ny Birao Foibe na ireo departemanta nankatoavina

ho ara-dalàna, ny birao na ny vaomiera ôfisialin'ny fiangonana foibe, ny Fivoriamben'ny Iraka Iraisam-pirenena Nazareana, ny Fivoriamben'ny Tanora Iraisam-pirenena Nazareana, na mpikambana dimy na mihoatra ao amin'ny Fihaonambe dia afaka manolotra soso-kevitra na fangatahana ho dinihan'ny fihaonambe ary mifanaraka amin'izao fitsipika manaraka izao:

*a.* Ny soso-kevitra sy ny fangatahana dia atao dika roa mitovy ary amin'ny tarehin-tsoratra printy, eo amin'ny taratasy natokana ho an'izany izay omen'ny sekretera jeneraly.

*b.* Ny soso-kevitra na ny fangatahana tsirairay atolotra dia tokony ahitana ny lohahevitra sy ny anaran'ireo solontena na vondrona manao ny fanolorana.

*c.* Ny volavolam-panitsiana ao amin'ny *Boky Torolàlan'ny* fiangonana dia tsy maintsy atao an-tsoratra ary manondro mazava ny andalana sy ny fizarana voakasika sy ny rijan-teny fanitsiana, raha lany soa aman-tsara ilay soso-kevitra.

*d.* Ny soso-kevitra toy izany dia aroso ho amin'ny sekretera jeneraly, **fara-fahatarany ny voalohan'ny volana Desambra** mialoha ny fiantsoana amin'ny fihaonambe, mba ho alahatra sy alefa hojeren'ny komity mpanomana, araka ny Fitsipika faha-37 sy ny voatondro ao amin'ny 305.1 amin'ny *Boky Torolàlana*, ary mba afahany mandrakitra azy ireo ao amin'ny *Boky Torimarika* ho an'ny solontena.

**Fitsipika 27. Soso-kevitra sy fangatahana tratra aoriana.** Miaraka amin'ny fankatoavan'ny fihaonambe, ny soso-kevitra sy ny fangatahana, ary ny loha-hevitra hafa koa tokony ho dinihana eo amin'ny fihaonambe dia azo aroso eo amin'ny sekretera jeneraly mba ho jeren'ny komitin'ny mpanao lalàna, fara-faharatsiny ny **voalohan'ny volana Jiona** mialoha ny fiantsoana ho amin'ny fihaonambe ankoatr'ireo fivoriambe maneran-tany izay atao mialoha kelin'ny fihaonambe.

**Fitsipika 28. Fiovana amin'ny *Boky Torolàlana*.** Ny soso-kevitra noraisina nandritry ny fihaonambe dia atolotra ny Komitin'ny Fanontana ny *Boky Torolàlana* mba hampifanarahana amin'ireo zavatra hafa ao anatin'ny *Boky Torolàlana*.

### 902.9. Famerana ny maha-mpikambana– Biraon'ny Fiangonana Foibe

Tsy azon'ny olona iray atao ny misahana andraikitra amin'ny birao mihoatra ny iray amin'ireto birao manaraka ireto: Birao Foibe, Birao Mpitantana amin'ny Fanofanana Teolojika Nazareana (Etazonia), Birao Mpitantana ny Kolejy Biblika Nazareana (Etazonia). (2001)

### 902.10. Toerana manan-tantara sy toerana miavaka voatahiry

Ny fihaonan'ny distrika sy ny fihaonam-paritra dia afaka manondro toerana manana lanjany ara-tantara ao anatin'ny faritra ho toerana manan-tantara. Dimampolo taona fara-fahakeliny no mandalo vao azo lazaina ho manana lanjany ara-tantara ny toerana iray, ka azo raisina ho toerana manan-tantara izany. Tsy voatery mbola mijoro ireo trano sy rafitra tany am-boalohany vao azo antsoina ho toerana manan-tantara ilay toerana. Ny mpitantsoratry ny fihaonana no manao tatitra ny anaran'ireo toerana manan-tantara vaovao any amin'ny sekretera jeneraly, ka manondro mazava tsara ireo fepetra noraisina, ny mombamomba ilay toerana sy ny mampiavaka azy.

Ny fihaonan'ny distrika sy ny fihaonam-paritra dia afaka mangataka fihaonambe hanendrena toerana manana ny lazany manokana mba antsoina ho toerana voatahiry. Ny fanondroana anarana dia natokana ho an'ireo toerana izay efa nantsoina hoe toerana manan-

tantara ihany. Ny anarana atolotra dia tsy maintsy ankatoavin'ny mpitantana foibe na ny komity voatendry hifantina ireo anarana atolotra vao azo dinihan'ny Fihaonambe.

Ny sekretra jeneraly dia handray an-tsoratra ny toerana manan-tantara sy ny toerana miavaka, ary ampahafantra izany amin'ny daholo be amin'ny fomba maha mety izany (and 326.2). (1997)

TOKO IV

## 903. ADI-HEVITRA ARA-MORALY SY ARA-TSOSIALY MISY ANKEHITRINY

### 903.1. Fanomezana taova

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mamporisika ireo mpikambana ao aminy izay tsy mitsipaka ny mba hanohana ireo mpanome/mpandray taova amin'ny momba ny tenan'olombelona, amin'ny alalan'ny filazana izany ao anatin'ny didim-pananana sy ny fametrahana petra-bola hampiasaina ho amin'izany.

Ambonin'izany dia manao antso avo ny amin'ny fizarana taova amin'ny fomba mendrika sy rariny ho an'ireo izay tokony handray izany isika. (2001)

### 903.2. Fanavakavahana

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manamafy etoana ny fiandaniany hatrany amin'ny fangoraham-po Kristiana ho an'ny olona rehetra na inona firazanany na inona. Mino isika fa Andriamanitra no mpamorona ny olona rehetra, ary rà iray ihany no nanaovana ny olona rehetra.

Mino koa isika fa ny olona tsirairay tsy hijerena firazanana, volon-koditra, lehilahy na vehivahy na finoana, dia mitovy manoloana ny lalàna, ao anatin'izany ny zo hifidy, fahafahana hitovy ho amin'ny fanabeazana, manana zo mitovy amin'ny zavatra natao ampiasain'ny vahoaka, ary fahafahana mitovy araka ny fahaizany avy, hivelona an-kahalalahana tsy misy fanavakavahana arak'asa na ara-ekonomika.

Isika dia mamporisika ny fiangonantsika, any amin'ny toerana rehetra mba hanohy sy hanatevina ireo fandaharam-panabeazana mba hampiroboroboana ny fifankahazoana sy ny fiaraha-miaina eo amin'ny samy hafa firazanana. Mahatsapa koa isika fa ny anatra ara-tSoratra Masina ao amin'ny Hebreo 12:4 no tokony hitarika ny fihetsiky ny mpikambana ao amintsika. Amporisihantsika ny mpikambana tsirairay avy ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana mba handinika am-panetren-tena ny toetrany sy ny fihetsiny manoloana ny hafa, izay dingana voalohany amin'ny fanatrarana ny tanjona Kristiana amin'ny fandraisana anjara fenon'ny rehetra amin'ny fiainam-piangonana sy ny fiaraha-monina manontolo.

Mbola tsindrina ihany ny finoantsika fa ny fahamasinan'ny fo sy ny fiainana no fototry ny fiainana tsara. Mino isika fa ny fiantrana Kristiana eo amin'ny vondrona samy hafa firazanana na eo amin'ny lahy sy ny vavy dia ho tonga rehefa voaova amin'ny fanekena tanteraka an'i Jesosy Kristy ny fon'ny olona, ary ny fototry ny maha-Kristiana marina dia ny fitiavana an'Andriamanitra amin'ny fo rehetra, fanahy rehetra, saina rehetra ary ny hery rehetra, ary koa ny fitiavana ny namana tahaka ny tena. (2005)

### 903.3. Fanararaotana ny osa–Fanaovana tsindry hazo lena

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia tsy mankasitraka ny fanararaotana olona, na firy taona izy na firy taona, na lahy na vavy, ary mitaona ny fahatsiarovan-tenan'ny rehetra amin'ny alalan'ny boky aman-gazety izay avoakany, sy amin'ny fanomezana fampahafantarana ara-pitaizana mifandraika amin'izany.

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manamafy indray ny toerany ara-tantara fa ny olona rehetra eo ambany fahefan'ny fiangonana dia voarara tsy hanana fitondran-tena tsy mendrika amin'ny lafin'ny firaisana ara-nofo sy endrika hafa amin'ny fanararaotana ny osa. Raha mametraka olona amina toeram-pitokisana na fahefana ny Fiangonan'ny Nazareana, dia

mihevitra fa ny taratry ny fitondran-tenan'ny olona iray amin'ny ho avy matetika ny fitondran-tenany taloha. Tsy omen'ny Fiangonan'ny Nazareana toeram-pitokisana ireo olona izay nampiasa izany toerana izany ho amin'ny fitondran-tena tsy mendrika na fanararaotana ny osa tany aloha, raha tsy ohatra angaha ka efa nisy fepetra hentitra noraisina mba hisorohana izany amin'ny ho avy. Ny fialan-tsiny nataon'ilay nanao hadisoana dia tsy ampy mba hiantoka ny tsy hanaovany fitondran-tena toy izany amin'ny ho avy, raha tsy ampiarahany amin'ny fiovam-pitondran-tena azo tsapaina tanana nandritry ny filazany ny fanenenany mba ahafahana milaza fa tsy hitranga intsony ilay hadisoana. (1997)

### 903.4. Andraikitra manoloana ny mahantra

Mino ny Fiangonan'ny Nazareana fa Jesosy dia nandidy ny mpianany hanana fifandraisana manokana amin'ny mahantran'izao tontolo izao. Mino koa izy fa ny fiangonan'i Kristy aloha voalohany dia tokony hitoetra ho tsotra sy tsy manindry ny harena sy ny fandaniam-poana tafahoatra, ary faharoa dia tokony hifofotra amin'ny fikarakarana, fanomezana sakafo, fitafiana, ary fialofana ho an'ny mahantra izy. Manerana ny Baiboly sy teo amin'ny fiainana ary ny ohatr'i Jesosy, Andriamanitra dia nanampy sy nampitovy ny tenany tamin'ny mahantra, ny malahelo, ary ireo tsy mba afaka niteny tamin'ny anarany teo amin'ny fiaraha-monina. Torak'izany koa isika dia nantsoina mba hikambana amin'ny mahantra sy ho tena mpiara-dia aminy, fa tsy hionona amin'ny fanomezana fiantrana avy amin'ny toeram-piadanana misy antsika fotsiny. Mino koa isika fa ny asa fitsimbinana ireo mahantra dia ahitana asa fiantrana sy ady mba hisian'ny fahafahana ary fahamarinana ho an'ny mahantra. Ambonin'izany dia mino koa isika fa ny andraikitra Kristiana manoloana ireo mahantra dia zava-dehibe eo amin'ny fiainan'ny mpino tsirairay izay mikatsaka ny finoana miasa amin'ny alalan'ny fitiavana.

Farany dia heverintsika fa ny fahamasinana Kristiana dia tsy afa-misaraka amin'ny asa fanompoana amin'ny mahantra ary izany dia manosika ilay Kristiana handeha mihoatra ny fahatanterahany sy ho any amin'ny fananganana fiaraha-monina sy tontolo hanjakan'ny fahamarinana sy fitoviana kokoa. Ny fahamasinana izay lavitra amin'ny fampiatahana ny mpino amin'ny filàna ara-bola izay mitambesatra amin'ny olona miaina eto amin'izao tontolo izao, dia mamporisika antsika hanome izay ananantsika ho enti-mana-maivana izany filàna izany, sy hanitsy ny hetahetantsika mba hifanaraka amin'ny filàn'ny hafa. (2001)

(Eksodosy 23:11; Deotoronomia 15:7; Salamo 41:1; 82:3; Ohabolana 19:17; 21:13; 22:9; Jeremia 22:16; Matio 19:21; Lioka 12:33, Asan'ny Apostoly 20:35, II Korintiana 9:6, Galatiana 2:10)

### 903.5. Ny vehivavy ao anatin'ny asa fanompoana

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manohana ny zon'ny vehivavy hampiasa ny talenta sy fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra azy ao am-piangonana, manamafy ny zo ara-tantaran'ny vehivavy ho fidina sy ho tendrena ho eo amin'ny toeran'ny mpitarika ao anatin'ny Fiangonanan'ny Nazareana, ao anatin'izany ny toerana maha-loholona sy diakona.

Ny tanjon'ny asam-panavotan'i Kristy dia ny hanafaka ireo voaharin'Andriamanitra amin'ny ozon'ny fahaverezana. Izay rehetra ao amin'i Kristy dia tonga olom-baovao (II Korintianina 5:17). Ao anatin'izany fianakavian'ny olom-boavonjy izany dia tsy misy olona azo sokajiana ho ambany noho ny toerana misy azy eo amin'ny fiaraha-monina, na noho ny fihaviany, na noho izy lahy na vavy (Galatiana 3:26-28)

Amin'ny fahafantarantsika izay toa fifanipahana ateraky ny hafatr'i Paoly ho an'i Timoty (I Timoty 2:11-12) sy ho an'ny fiangonana tany Korinto (I Korintianina 14:33-34) dia inoantsika fa ny fandraisana ireo andalana ireo ho famerana ny anjaran'ny vehivavy eo amin'ny asa

fanompoana dia miteraka fifanoheran-kevitra lehibe amin'ireo andalan-tSoratra Masina voafaritra tsara manafatra ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny asa fitarihana ara-panahy (Joela 2: 28-29; Asan'ny apostoly 2:17-18, 21:8-9, Romana 16:1,3,7; Filipiana 4:2-3) ary mandika ny fomba sy ny fampiharana ny fomba fanao araka ny fahamasinana Wesleyana. Ary farany, dia tsy mifanaraka amin'ny toetran'Andriamanitra aseho amin'ny alalan'ny Soratra Masina, indrindra araka izay naseho tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy izany. (2001)

### 903.6. Ny Fiangonana sy ny Fahafahan'ny Olombelona

Raha tiana haharitra sy ho fantatra ny lova Kristiana lehibe, dia ampahatsiahivintsika ny olontsika fa ny fahalalahana ara-politika sy ara-pinoana dia miankina amin'ny hevitra ara-baiboly momba ny fahamendrehan'ny olombelona amin'ny maha voaharin'Andrimanitra azy, ary koa ny fahamasinan'ny fieritreretan'ny olona tsirairay. Amporisihana ireo mpikambana mba handray anjara amin'ny sahan'asa mety ho fanohanana ireo hevitra ara-baiboly ireo, ary mba ho mailo mandrakariva koa manoloana ny fandrahonana na fisakanana izany fahalalana sarobidy izany.

Tandindomin-doza mandrakariva ireo fahalalana ireo, noho izany dia amporisihinay ny fifidianana olona hanao raharaham-bahoaka eo amin'ny ambaratongam-pitondrana rehetra izay mino ireo fahamarinana ireo, ary koa tompon'andraikitra manoloana an'Andriamanitra sy ireo mifidy azy, rehefa manantontosa ny asany izy. Ankoatr'izany dia toherintsika ny fanafihan'ny vondrom-pivavahana izay mitady sitraka manokana an'ireo fahamarinana ireo.

Mino isika fa ny anjara asan'ny fiangonana dia ny manambara sy mampatsiahy tsy tapaka ny olona fa ny "fahamarinana manandratra ny firenena" (Ohabolana 14:34). (2005)

### 903.7. Ny Ady sy ny Raharaha Miaramila

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mino fa ny fandriam-pahalemana no mahasoa an'izao tontolo izao indrindra, ary adidin'ny fiangonana Kristiana ny mampiasa ny fahefany hitadiavana fomba ahafahan'ny firenena rehetra maneran-tany miaina izany fandriam-pahalemana izany, sy hanokana ireo irany ho amin'ny fampielezana ny hafa-piadanana. Na izany aza dia tsapa fa miaina ao anatin'ny tontolo izay hanjakan'ny herin'ny maizina sy fampianaran-diso mifanohitra tsy ankiato amin'ireo idealy Kristiana ireo isika, ary mety hisy ny olana iraisam-pirenena izay hanery firenena iray hiady mba hiarovany ny idealiny, ny fahafahany ary ny fisiany.

Na dia miandany tanteraka amin'ny fandriam-pahalemana aza ny Fiangonan'ny Nazareana dia manaiky kosa fa ny fankatoavana fara-tampony ho an'ny Kristiana dia amin'Andriamanitra, noho izany, tsy miezaka ny hifehy ny fieritreretan'ny mpikambana ao aminy ny amin'ny fandraisana anjara amin'ny raharaha miaramila izy raha misy ady, na dia mino aza fa adidin'ny Kristiana tsirairay avy, amin'ny maha-olom-pirenena azy ny manompo ny fireneny amin'ny fomba rehetra izay mifanaraka amin'ny finoana sy fomba fiainana Kristiana.

Manaiky koa isika fa vokatry ny fampianarana Kristiana sy ny faniriana Kristiana ny hisian'ny fandriam-pahalemana eto an-tany, dia misy ireo mpikambana ao aminy manana fomba fijery mitsipaka karazana raharaha miaramila sasantsasany. Noho izany, ny Fiangonan'ny Nazareana dia mitaky ireo manana fomba fijery mitsipaka ny raharaha miaramila ao anatiny hanana fahalalana sy fomba fijery toy izay nomena ireo mpikambana tsy mitana fiadiana.

Hanamboatra rejisitra ny Fiangonan'ny Nazareana amin'ny alalan'ny sekretera jeneraly, mba ahafahan'ireo olona mpikambana ao aminy mandrakitra ny fijoroany amin'izay mety ho fiheverana mitsipaka. (2005).

### 903.8. Ny Famoronana

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mino izay voasoratra ao amin'ny Baiboly momba ny famoronana. ("Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany…"– Genesisy 1:1). Tsipahantsika izay mety ho fiheverana tsy araka an'Andriamanitra mahakasika ny fiandohan'izao tontolo izao sy ny olombelona. Na izany aza, ny Fiangonan'ny Nazareana dia manaiky ireo fahitana zava-baovao izay azo hamarinina amin'ny fomba siantifika mahakasika ny jeolojia sy ireo sehon-javatra natioraly ho mari-pototra, satria inoantsika tsy misy adi-hevitra fa Andriamanitra no Mpamorona. (And I.1, V. 5.1, VII.). (2005)

### 903.9. Ny Mampitombina ny Batisan'ny Fanahy Masina

Mino ny Fiangonan'ny Nazareana fa ny Fanahy Masina dia vavolombelon'ny fahateraham-baovao ary izany dia aorian'ny asa fanadiovana ny fo na ny fanamasinana manontolo amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina.

Ambarantsika marimarina fa ny porofo ara-Baiboly maneho ny fanamasinana manontolo, na ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia ny fanadioavana ny fo amin'ny ota fototra amin'ny alalan'ny finoana, araka izay voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly 15:8-9: "Ary Andriamanitra, izay mahalala ny fo dia vavolombelony tamin'ny nanomezany azy ny Fanahy Masina tahaka antsika koa, fa tsy nataony misy hafa isika sy izy, fa nodioviny tamin'ny finoana ny fony". Ary izany fanadiovana izany dia aseho amin'ny alalan'ny vokatry ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainana masina. "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia: fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononampo, tsy misy lalàna manohitra izany. Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filany tamin'ny hazo fijaliana" (Galatiana 5:22-24)

Ny filazana fa ny fisian-javatra manokana na tranga ara-batana tsy mari-pototra, na "ny fitenenana amin'ny teny tsy fantatra" no porofon'ny batisan'ny Fanahy Masina, dia mifanohitra amin'ny fihevitry ny fiangonana ara-Baiboly sy ara-tantara. (1997)

### 903.10. Sary mamoafady

Zava-dratsy mikiky ny lafiny ara-moraly eo amin'ny fiaraha-monina ny sary mamoafady. Tokony ankahalaina izay zavatra amin'ny boky na an-tsary manambany ny fahamendrehan'ny olombelona sy mifanohitra amin'ny fomba fijery ara-tsoratra Masina ny fahamasinan'ny fanambadiana sy ny endriky fahatsaran'ny firaisana ara-nofo.

Mino isika fa noforonina araka ny endrik'Andriamanitra isika, ary ny sary mamoafady dia mampietry, manandevo sy manao tsinotsinona ny lehilahy sy vehivavy ary ny ankizy.

Ny famokarana sary mamoafady dia entanin'ny fitiavam-bola tafahoatra, fanetry ben'ny fiainam-pianakaviana, mitarika mankany amin'ny herisetra sy famonoana, manapoizina ny saina ary manimba ny vatana.

Mba hanomezana voninahitra ilay Andriamanitra Mpamorona sy Mpanavotra, dia amporisihina ny fanoherana mafy ny sary mamoafady amin'ny fomba ara-dalàna rehetra sy ny fiezahana hikasika ireo izay tafalatsaka amin'izany faharatsiana izany mba ho ao amin'i Kristy.(1997)

### 903.11 Ny fahamaotinam-pitafiana Kristiana

Satria iaraha-mahalala ny firongatry ny firononana amin'ny fitafy tsy maotina amin'ny toerana iraisan'ny be sy ny maro, dia mampahatsiahy ny mpikambana ny amin'ny fahamaotinana Kristiana ho toy ny fanehoana ny fahamasinana isika, ary mamporisika azy ireo haneho izany amin'ny fotoana rehetra eny imasom-bahoaka. (2005)

### 903.12. Fidorohana zava-mahadomelina

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manohy hatrany amin'ny fanoherana mafy ny fidorohana zava-mahadomelina izay toy ny homamiadana ho an'ny fiaraha-monina. Amporisihana ny mpikambana ao amin'ny fiangonana mba handray anjara mavitrika sy azo tsapain-tanana amin'ny fanabeazana mahakasika izany amin'ny traikefa Kristiana sy fahamasinam-piainana. (2001)

### 903.13. Fanesorana ny zava-pisotro mahamamo eo anivon'ny fiaraha-monina

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia manohana am-pahibemaso ny fanesorana eo anivon'ny fiaraha-monina ny zava-pisotro mahamamo. Mamporisika ireo masoivoho sy fikambanana ara-panjakana, fikambanan'ny mpiasa, ara-pandraharahana, ara-tsosialy, ny terem-panahy sy tsy miankina, hanohana izany fanesorana izany, mba ho enti-manohitra ireo dokambarotra sy fampihenam-bidy ataon'ny haino aman-jery ho fitaomana ny fiaraha-monina hanaiky ny "kolom-panabeazana anatin'ny alikaola".

### 903.14. Ny fandraisana paraky sy sigara ary ny dokambarotra mahakasika izany

Ny Fiangonan'ny Nazareana dia mamporisika mafy ireo mpikambana ao aminy mba hitohy hanohitra ny fampiasana paraky sy sigara, fa sady loza ho an'ny fahasalamana izany no faharatsiana eo amin'ny fiaraha-monina. Ny fototra ara-tantarantsika dia miorina amin'ny tenin'Andriamanitra, izay mitaona antsika hihazona ny tenantsika ho tempolin'ny Fanahy Masina (I Korintianina 3:16-17; 6:19-20).

Ny fanoherantsika ny fampiasana ny paraky sy ny sigara amin'ny endriny rehetra dia hamafisin'ny zava-misy ara-pitsaboana, hamarinin'ireo tahirin-kevitry ny masoivoho maro ara-tsôsialy, ara-panjakana sy ara-pahasalamana manerana izao tontolo izao. Navoitran'izy ireo fa ny paraky sy sigara dia fanetry be ho an'ny fahasalamana, ary mbola porofoiny tsy amim-pihambahambana fa ny fandraisana azy dia miteraka fiovàna lehibe sy maharitra amin'ny toe-batana salama.

Tsapantsika fa ireo tanorantsika dia tena voasarik'ireo vola dolara an-tapitrisany izay laniana amin'ny dokambarotra ho an'ny paraky sy ny alikaola, izay kambana aminy. Toherintsika izay rehetra mety ho dokam-barotra ho an'ny sigara sy alikaola any amin'ny gazety boky, peta-drindrina, na amin'ny fampielezam-peo na ny fahita lavitra. (2001)

### 903.15. VIH/SIDA
### (Virus de l'Immunodéficience Humaine/
### Syndrome Immunodéficitaire Acquis)

Nanomboka ny taona 1981, dia miatrika ilay aretina mandripaka indrindra izay antsoina hoe VIH /SIDA ny tontolo misy antsika. Manoloana ireo filàna tsy hita anavanavana ananan'ireo mijaly noho ny SIDA, ny fitsimbinana Kristiana dia mandrisika antsika mba hamantatra misimisy kokoa momba ny SIDA. Tian'i Kristy isika hitady fomba hampitàna ny fitiavany sy ny fiahiany ireo mijaly maneran-tany ireo. (2001)